


DON BOSCO

DON BOSCO

Imprimatur:

P. Odon Razanakolona
31 janvier 1992
Md. Jean Bosco

DON BOSCO

par Aimé RAVALIMANANA

Edisiona DON BOSCO

Madagasikara

105 Ivato Aéroport

Teny fanolorana

Niresaka tamiko i Mômpera Vittorio, lehiben' ny Salezianina teto Tuléar, telo taona lasa izay. Ary niangavy ahy izy mba hanoratra boky iray momba an' i Don Bosco, mpanorina ny Fikambanan' ny Salezianina ary mpitaiza tanora hafakely.

Dia natomboka ny fikarohana samihafa sy ny fanoratana. Ary indro vita soa aman-tsara izany boky izany ankehitriny.

Mafimafy ihany ny ady natrehina tamin' ny famolavolana azy ity. Satria maro ny fisedrana sy ny sampona nanembantsembana ny fisosan' ny fikarohana, ankoatry ny adidy aman' andraikitra fanao andavanandro. Singaniko manokana eto, amin' izany, ny fahafatesan' Itompokovavy RAZANAMAHENINA Marie Jeanne, Reniko, tao Ambatolampy tamin' ny 2 janoary 1988. Nisy akony be teo amin' ny fandrosoan' ny asa ny fangirifiriana vokatr' io fisarahana tsy fidiny tamin' i Mama io. Saika kivy mihitsy e!...

Nefa roso ihany ny dia noho ny fanampian' Andriamanitra Fitiavana sy noho ny fivavahan' i Don Bosco ary noho ny hafatr' i Mama farany nosoratany ho ahy tamin' ny 19 ôktôbra 1987, roa volana sy tapany talohan' ny nahafatesany. Fa na dia mafy tamiko aza ny herim-pisedrana noho ny nahafatesany, dia hery nampitraka koa ny teny fankaherezana napetrany tao amin' io hafatra farany io hoe: «(...) Aza kivy eo am-panaovan-tsoa, fa Andriamanitra akory tsy adala fa mahay mamaly soa an' izay manao soa tsy misy romoromo. (...) Ny soa atao levenam-bola, fa ny ratsy atao loza mihantona. Ka aza kivy, fa Andriamanitra no hanazava ny làlana izay hombanareo. Ary tsy misy very maina ny soa atao raha matoky Azy».

Soa atao ho an' ny taranaka malagasy mifandimby moa ny fanoratana boky toy itony, ka dia aleo nitraka am-pikirizana nanohy izay natomboka, teo ambany fanilovan' Andriamanitra...

Dia vita soa aman-tsara izy ankehitriny.

Koa atolotra àry ity boky ity:

- Ho fahatsiarovana ny faha-100 taonan' ny nahafatesan' i Don Bosco.

- Ho fahatsiarovana ireo Salezianin' i Don Bosco nifanerasera̧ko hatramin' izao sy ny olona hafa rehetra nankahery ahy hanatontosa ity boky ity.

- Ho fahatsiarovana an' Itompokovavy RAZANAMAHENINA Marie Jeanne, reniko (55 taona), izay nodimandry teo anivon' ny vanimpotoana nanoratana azy ity.

Dia atolotro ihany koa izy ity ho an' izay rehetra te hahalala bebe kokoa ny tantaram-piangonana, na te handalina ny finoany, amin' ny alalan' ny fandalinana ny tantaram-piainan' i Don Bosco.

Mangahazo mangidy malemy ihany anefa ity tantaram-piainan' i Don Bosco ity, ka tsy maintsy hanina amin' ny lemim-panahiny tsikelikely. Ary enga anie ny siramamim-pitiavana andraisan' ny mpamaky azy no hampisy tsirony ny tsy lavorary sy ny kely voatolotra.

Aimé RAVALIMANANA
(Tuléar, sabotsy 24 desambra 1988)

Taridresaka

VAVOLOMBELON'NY FITIAVANA
(1815-1888)

Iza moa i Don Bosco?

Anaram-baovao tsy mbola heno izany ho an'ny sasany. Fa anarana fanta-daza kosa ho an'ny hafa.

I Don Bosco, *Sakaizan' ny tanora* na *Apôstôly Vaovao,* matetika, no iantsoana azy. Fa azo atao koa ny miantso azy hoe: *Don Bosco, Vavolombelon' ny fitiavana.* Satria izany no lalam-piainana fototra niantsoan'Andriamanitra azy, teo anivon'ny taonjato fahasivy ambin'ny folo.

Vao sivy taona monja tokoa izy dia efa nandre, tao anatin'ny nofy miendri-pahitana, ny fiantsoana azy hanova ny *«bibidia tanora»* ho *«zanakondry bonaika»*, amin'ny alalan'ny fitiavana ombam-panetren-tena sy herimpo amam-pikirizana...

Dia ho hita taratra bebe kokoa hatrany, teo amin'ny fiainany manontolo, ny fijoroany ho *vavolombelon' ny fitiavana.*

Niezaka hijoro ho *vavolombelon' ny fitiavana* i Jean Bosco, teo anivon'ny mpiara-mianatra taminy isan'ambaratonga, mandrapandrosony tamin'ny laharan'ny pretra. Ary vao maika nibaribary izany rahefa lasa pretra izy, ka nantsoina hoe: Don Bosco. Eny! Nijoro ho *vavolombelon' ny fitiavana* izy teo anivon'ireo tanora marobe nokarakarainy, nandritra ny taona am-polony maro nifandimby: tsy mba fampitahorana na didy jadona no nanovany an'ireo *«tanora bibidia»* ho *«zanakondry bonaika»*, fa tsiky sy vazivazy vokatry ny fitiavana ombam-pinoana amam-panantenana...

Hatreny anivon'ny fisedrana maro loko, sy ny fanorenana ny Fikambanana Salezianina, ka hatreny anivon'ny fanenjehana amam-panesoana tsy an-drariny nihatra taminy, dia nijoro ho *vavolombelon' ny fitiavana* mandrakariva i Don Bosco, na dia nandrenesany mangirifiry aza izany.

Ary tsy nivaona tamin'izany izy hatreo anivon'ny fahantrana sy ny aretina ary hatreo ambavahaona. Fa mbola vokatry ny fitiavana ombam-pinoana velona amam-panantenana nivelomany, ireo hafatrafatra farany napetrany talohan'ny hahafatesany. Niangaviany tokoa i Don Bonetti hampita izao hafatra izao tamin'ny tanora marobe notiaviny: *«Lazao amin' ny zanako rehetra fa miandry azy ireo any am-paradisa aho»*. Ary nohafarany i Don Rua, mpandimby toerana azy nitantana ny Fikambanana Salezianina, mba hiezaka ihany koa ho *vavolombelon' ny fitiavana. «Ataovy izay hitiavan' ny olona anao»*, hoy izy mantsy an'i Don Rua...

Ho *vavolombelon' ny fitiavana* ombam-pinoana amam-panantenana!

Izany no aim-piantsoana fototra namelombelona ny fiainan'i Don Bosco, manontolo.

Don Bosco, vavolombelon' ny fitiavana! Izany no ho hita taratra miandalana ato anatin'ity tantaram-piainan'i Don Bosco ity izay mirakitra toko 24...

1

Fahazazana miraki-pisedrana

Hitondra antsika an'eritreritra any Italie any ny famisavisana ny tantaram-piainan'ilay *«Rain'ny kamboty»*, izay fanta-daza amin'ny anarana hoe: *«Don Bosco»*...

Zanak'olona tantsaha

Tao amin'ny tanàna kely iray ao atsinanana somary atsimon'i Turin no nipoiran'iny olona tsy lefy laza teo amin'ny fiantrana ny tanora mahantra sy ny kamboty iny. Becchi no anaran'io tanàna kely io tamin'ny fotoan'andro niainan'iny olona iny, fa Colle Don Bosco kosa no iantsoana azy ankehitriny.

Tamin'ny 16 aogositra 1815 izy no teraka tao amin'io tanàna kely io. Jean Melkiorre Bosco no anarana nampitondrain'ireo ray aman-dreniny azy. François Bosco no anaran-drainy ary Marguerite Occhiena no anaran-dreniny. Tantsaha hiringiriny izy ireto. Ary tamin'ny alalan'ny asa sy ny fahaiza-mitsitsy no niveloman'izy ireo ara-pahamarinana.

31 taona Ingahy François, rainy, tamin'ny vanim-potoana nahaterahan'i Jean kely. 27 taona kosa Ramatoa Marguerite, reniny. Ary olona dimy no efa tao an-tokantrano novantaniny teo ampahaterahana: tao aloha izy mivady tompon-trano, dia tao ny renin'Ingahy François izay efa nananika ny faha-70 taonany, dia tao koa i Antoine sy i Joseph, zokin'i Jean. Marihina kely anefa fa i Antoine dia tsy iray reny amin'i Joseph sy i Jean Bosco, na dia iray ray aza izy telo mirahalahy: zanak'Ingahy François tamin'ny vadiny voalohany (efa nodimandry) i Antoine ary zokin'i Jean fito taona izy. I Joseph kosa dia zokin'i Jean Bosco roa taona.

Amin'ny maha-tantsaha ny fianakavian'Ingahy François, dia mba nanana trano kely iray sy sombin-tany vitsivitsy nambolena izy, ankoatry ny fiompiana kely. Tsy ampy hamelomana ny fianakaviana manontolo anefa izany rehetra izany, ka dia voatery koa Ingahy François mbola niasa tamina mpanankarena anankiray manan-tany midadasika teny amin'ny manodidina teny. Azo lazaina ho mbola tanora nomban-kery tokoa Ingahy François (31 taona) tamin'ny vanim-potoana nahaterahan'i Jean Bosco, ka tsy nitaraintana-miempaka tamin'ny famelomana am-pitiavana ombankerimpo ny fianakaviana manontolo. Hany ka mba afaka nanana izay nilainy amin'ny maha-tantsaha azy ihany ilay fianakaviana kely...

Indrisy anefa! Tsy naharitra ela ny fiarahan'i Jean Bosco niaina tamin'izany ray be herimpo sy nahasambatra azy izany. Vao roa taona monja izy, dia efa nianjadiam-pisedrana mangirifiry ny fiainany. Ary azo lazaina fa namela fahatsiarovana tsy hay nokosehina teo amin'ny fiainany ireo fisedrana roa noraketin'ny fahazazany...

Kamboty ray vao erotrerony

Ny fahafatesan-drainy no voaloham-pahatsiarovan'i Jean Bosco momba ny fahazazany. Vao tsy ampy roa taona akory manko izy, dia efa nodimandry ny rainy...

Indray tolakandron'ny volana mey 1817 Ingahy François no nitrangan'aretina tsy nampoizina. Mbola nafana sy tsemboka avy niasa tany an-tsaha izy tamin'izay, nefa avy hatrany dia nandeha nidina tao amin'ny lavaka mangatsiaka fitahirizan-divain'ilay mpampiasa azy. Nisy akony teo amin'ny fahasalaman'Ingahy François izany toe-javatra izany. Satria ora vitsivitsy foana taorian'izay, dia nalamaky ny tazo mahery nomban'aretin-tratra izy. Nihombo hatrany ny aretina! Ary zara raha nisy efatra andro nialana nenina tamin'ny fitsaboana, dia nindaosin'ny fahafatesana ilay raim-pianakaviana be herimpo. 33 taona Ingahy François Bosco tamin'izay... Very andry teo ny fianakaviana manontolo!...

Namela fahatsiarovana teo amin'ny fiainan'i Jean Bosco izany fahafatesan-drainy izany. Ary mbola voatantarany an-tsoratra tamin'ny antsipiriany izany, taona maro be taty aoriana:

«Mbola tsy feno roa taona akory aho no maty ny raiko - hoy izy mitantara - ary tsy tadidiko intsony aza ny endriny. Ny hany mba tsaroako dia ny tenin'ny reniko hoe: "Tsy manan-dray intsony ianao izao, ry Jean kely". Efa nivoaka nandao ny efi-trano nitoeran'ny razana avokoa ny olona, fa izaho kosa mbola nikiry hijanona tao. "Avia, ry Jean a!" - hoy ny reniko nisintona ahy moramora. Fa namaly azy aho nanao hoe: "Raha tsy mandeha i Dada, dia tsy handeha koa aho". - "Etsy, anaka! Avia, sombinaiko! Tsy manana Dada intsony ianao". Rahefa avy nilaza ireo teny ireo i Neny, ilay vehivavy masina, dia nibata ahy sady nigogogogo nitomany... Dia nitomany koa aho, satria nitomany izy. Inona tokoa moa no zavatra ho hain'ny zaza fantarina marina amin'ny tonon-taona toy izany? Na izany aza anefa, dia tsy haiko nokosehina tao amin'ny fahatsiarovako ilay tenin'i Neny hoe: "Tsy manan-dray intsony ianao izao". Izany no zava-nitranga voalohany teo amin'ny fiainako ka mbola tadidiko»...

Fotoanan'ny mosary mampitebiteby

Honjohonjon-dRamatoa Marguerite samirery sisa ny fiantsorohana ny fiainam-pianakaviana manontolo taorian'ny nahafatesan'i Ingahy François. Ary tena mafy dia mafy ny ady natrehiny satria nifanojo tamin'io taom-pahalasanan'ilay andrim-pianakaviana io koa (1817) ny fotoanan'ny mosary tao amin'ny faritra avaratra andrefan'i Italie manontolo (Piemonte), izay nisy ny fonenan'izy mianakavy. Nodimbiasan'ny hain-tany lavabe ny fanalan-dohataona tamin'ny 1827, ka dia very avokoa ny vokatra rehetra teny an-tsaha... Hanoanana tsy hay lazaina no nahazo ny tany ambanivohitra rehetra tany! Misesisesy mitsoaponenana ny tambanivohitra ary mitanjozotra mamonjy an'i Turin, renivohi-paritany: mahia sy misaringi-boridamba ny ankamaroan'ny olona, mihamaro ny mpangataka ary misy amin'izy ireo aza ny maty eny am-pihinanambozaka ho solon-tsakafo...

Hanoanana mampitebiteby no nianjady tamin'izany faritra nonenan-dry Jean Bosco kely izany. Ary tsy afa-bela tamin'io hanoanana nampitebiteby ny maro io koa ny fianakavian'i Bosco, izay vao namoy an'Ingahy François. Nefa niezaka naneho ny herimpony ombam-panahy teo anoloan'ny zava-nitranga Ramatoa Marguerite, ka na dia teo aza ny tsy fahaizany taratasy, dia nahita mangirana ihany ilay fianakaviana kely...

Io fotoanan'ny mosary mampitebiteby io moa no sedra faharoa tsaroan'i Jean Bosco ho noraketin'ny fahazazany, ka dia nanoratra sombin-tantara momba izany koa izy, taona am-polony maro taty aoriana.

«Nanome sakafo tsy tapaka hohanin'ny fianakaviana i Neny, raha mbola nisy tahiry azo natokona koa tao an-trano. Taorian'izany kosa izy dia nampitondra vola an'Ingahy Bernardi Cavallo, mpifanolo-bodirindrina taminay, mba handehanany hitady izay mety hohanina. Nitety tsena maro samihafa Ingahy Bernardi, nefa tsy nahita zavatra hovidina, na dia efa nivonona hanavotra amin'ny vidiny lafo izay kely mety ho hita aza. Niverina tao an-tanàna izy roa andro taorian'ny nandehanany. Hariva izy no nigadona tao an-trano. Izahay tamin'izay efa tsindriandaona be ihany niandry azy. Ary rahefa namerina ny vola manontolo izy sady nilaza fa tsy nahita na inona na inona, dia feno tebiteby sy ketraka tanteraka izahay. Sady mbola tsy nitendry hanina mihitsy izahay tamin'izay andro izay. Fa i Neny kosa nilaza tamin-pahatonena hoe: "Teo ampiadiana aina i François dia nanafatrafatra ahy mba hatoky an'Andriamanitra. Koa aoka aloha isika handohalika sy hivavaka." Taorian'ny vavaka fohy natao, dia nitsangana izy sady nanampy teny hoe: "Manoloana ny toe-javatra tena sarotra tsy azo anoharana, dia tsy maintsy raisina ny vahaolana vaventy". Dia nandeha nankany an-trano fiompiana omby izy, niaraka tamin'Ingahy Bernardi, ary namono zanak'omby anankiray. Nandidy ampahany tamin'io izy, dia nasainy nahandroina ary nomeny hohaninay! Efa tena reraka mihitsy izahay tamin'izay... Nandritra ny andro manaraka kosa dia nanafatra voamaina avy lavitra izy ary navotany tamin'ny vidiny mihoapampana izany»...

Niraki-pisedrana tokoa ny fahazazan'i Jean Bosco, araka izay rehetra voalaza izay. Efa feno 58 taona iny *«Rain' ny kamboty»* iny vao nanomboka nametraka an-tsoratra ny fahatsiarovany momba ny fahazazany. Nefa dia tadidiny hatramin'ny antsipiriany ny sedra mafy nolalovany. Vao erotrerony tsy ampy roa taona akory izy, tamin'ny volana mey 1817, no maty Ingahy François, rainy; tsy hadinony anefa iny fotoam-pisedrana iny, fa zary voaloham-pahatsiarovany! Ary tsaroany toy izany koa ny sedran'ny mosary nampitebiteby izay niainan'izy mianakavy kely, volana vitsy monja taorian'ny nahafatesan'ilay andrim-pianakaviana...

...Dia hanana ny akony eo amin'ny fiainan'i Jean Bosco aty aoriana ireny fisedrana noraketin'ny fahazazany ireny...

2

Tao an-tokantranon-dreny...

Tsy dia fisedrana foana anefa no nanenika ny fahazazan'i Jean Bosco manontolo. Nisy koa ny lafim-piainana hafa nivelomany tao an-tokantranon-dreny tao, na dia tsy azo lavina aza fa rivo-piainana nahazatra tao ny rivo-pihafiana amam-pahantrana... Ary nanandanja be, teo amin'ny androm-piainan'i Jean Bosco manontolo, ny fomba nikolokoloan-dreniny azy tao an-tokantrano tao, nandritra ny folo taona eo ho eo (1817-1827).

Reny be herimpo sady vontom-pinoana

Tantsaha moa Ramatoa Marguerite, ka nifantoka indrindra tamin'ny fikarakarana ny fambolena amam-piompiana ny asany isan'andro. Nefa mbola nahita fotoana ihany koa izy, teo andanin'izany, hiatrehana ny kojakojan-tokantrano samihafa: na sasa vilia sy fafa trano izany, na tsaka rano sy fahandroan-tsakafo. Fa ankoatr'izany rehetra izany, dia hainy koa ny nanome fanabeazana nirindra tandrify ny ankohonany: satria niezahany nampiarahina mandrakariva, teo amin'ny fanabeazana nomeny am-pahatsorana, ny fihenjanana ombam-pahatonena sy ny hafaliana mampiadam-panahy. Ary tamin-kerim-po ombieniombieny no niatrehan-dRamatoa Marguerite ny adidy rehetra tandrify azy.

Voafetra ihany anefa ny herim-pon'olombelona manankim-po be loatra amin'ny tenany ary mety hiteraka fahakiviana sy famoizam-po izany, raha sendra tonga ny tsy fahombiazana. Fa matoa kosa tsy nety ritra ny herim-pon'ity vehivavy be adidy ity, dia satria: vontom-pinoana tokoa izy, ka niankina tanteraka tamin'ny herin'Ilay Andriamanitra Mpahary sy Mpitsimbina. Ary matoa

nahomby ny fanabeazana nomeny an'ireo zanany, dia noho ny fanekeny ny finoana ho fototra iorenan'ny lafim-piainana hafa rehetra maha-olombelona. Ny finoana niainan-dRamatoa Marguerite no nanazava azy tamin'ny asa fivelomana sy ny asa fanabeazana natrehiny, ka dia tsy nety ritran'ny adim-piainana koa ny herim-pony, na dia tsy mba nahay namaky teny sy nanoratra aza izy... Ary nampitainy tamin'ny ankohonany koa ny fiainam-pinoana nivelomany sy nanovozany hery, ka nahatonga an'i Jean Bosco hiantso azy taty aoriana hoe: «ilay vehivavy masina».

Famerimberiny matetika tamin'ny zanany tokoa, ohatra, ny teny hoe: «Tsarovy mandrakariva fa mahita anao Andriamanitra», na ny hoe: «Tsarovy fa mahalala ny hevitrareo ihany koa Andriamanitra». Tsy mba Andriamanitra mpanao andry maso sady masiaka kosa anefa no Andriamanitra nampahafantariny ny ankohonany, fa Andriamanitra henjana sy saro-piaro amin'ny ara-pahamarinana nefa feno fitiavana sy hatsaram-panahy. Akory izato filazalazany tamin'ireo zanany fa taratry ny fitiavan'Andriamanitra avokoa ny zavatra rehetra, na dia ny fisedrana tsy hay saintsainina aza, indrindra moa fa ny hamaroan'ny vokatra amin'ny fotoam-pijinjana: «Aoka isika hisaotra an'Andriamanitra - hoy izy - fa tsara fo tamintsika Izy! Nomeny antsika ny hanintsika isan'andro».

Vontom-pinoana tokoa Ramatoa Marguerite! Ary tsapany tao anatin'izany finoana izany fa ilaina dia ilaina ny vavaka, satria lalam-pihaonana amin'Andriamanitra ahafahan'ny olombelona manovo herim-po tsy ritra, hoenti-miatrika ny fiainana sy hanaovantsoa... Nahery vaika teo amin'ny fiainan-dRamatoa Marguerite manontolo izany fanomezam-pahasoavana izany, ka tsy hainy nokobonina ho azy samirery. Izany no nahatonga azy hampianatra ny ankohonany hihaona amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka, ankoatry ny famporisihana azy ireo hibanjina ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny zava-mitranga sy ny voaary manontolo.

Araka ny voalaza hatrany am-piandohana moa, dia tsy mba nahay namaky teny sy nanoratra iny reny vontom-pinoana sy be herim-po iny. Tsy midika anefa izany fa latsa-danja noho ny hafa izy teo amin'ny fanabeazana ny ankohonany araka ny foto-pinoana

kristianina nahazatra ny Fiangonana tamin'izany fotoan'andro izany. Nampitainy ho fantatr'izy telolahy zanany miandalana ireo sombin-tantara lava marobe tadidiny tsianjery, na mikasika ny Tantaram-pamonjena ao amin'ny Testamenta Taloha izany na mikasika ny Vaovao Mahafaly ao amin'ny Testamenta Vaovao. Ary ankoatr'izany, dia nampianariny azy telolahy koa izay tadidiny sy fiventiny tamin'ireo vavaky ny Fiangonana tandrify ny olon-tsotra, toy ny «Rainay any an-danitra» na vavaka nampianarin'i Kristy, ny «Arahaba, ry Maria» na «Fiarahaban'ny Anjely», sy ny maro hafa koa... Hoy ny vetsovetson'i Jean Bosco mitantara ny finiavan-dreniny hampianatra azy telolahy mivavaka: «Tamin'ny fotoana mbola naha-kely ahy, dia i Neny ihany no mampianatra ahy ny vavaka isan-tokony. Ampandohalihany miaraka amin'ireo zokiko aho amin'ny maraina sy hariva dia miara-miventy ny vavaka iombonana izahay».

Tsy vitan'ny nampianatra an-dry Bosco nivavaka fotsiny anefa Ramatoa Marguerite. Araka ny raki-pahatsiarovan'i Jean Bosco, dia izy mihitsy no manotrona sy mankahery ny zanany mandroso handray Sakramenta. Hoy tokoa i Don Bosco taty aoriana momba ny nandraisany voalohany ny Sakramentan'ny Famitranam-pihavanana na ny Kônfesy: «Ny reniko no nanomana ahy ho amin'izany. Niaraka tamiko hatrany am-piangonana izy; dia nikônfesy. Avy eo, dia nanampy ahy izy hanao ny vavaka fisaorana»...

Raha atao bango tokana àry, dia mazava fa nanabe ny ankohonany araka ny finoana nivelomany ilay Reny be herim-po sady vontom-pinoana...

Zaza sahisahy sy be herim-po sady lalin-tsaina sy liam-pahalalana

Tsy ny lafiny ara-pinoana ihany anefa no nimasoan-dRamatoa Marguerite nikolokoloana ny ankohonany. Teo koa ny lafim-piainana hafa nanomezany fanabeazana azy ireo, araka izay noheveriny ho tandrify azy ireo tsirairay avy.

Zary manana ny endriny manokana, araka izany, ny fana-beazana noraisin'i Jean Bosco kely tao an-tokantranon-dreny tao! Ary nisary zoro miandalana, teny am-pitomboana teny, ny toetra maha-Jean Bosco azy.

Vao efa-taona monja i Jean Bosco dia efa nozarin-dreniny tsikelikely handray anjara amin'ny fiveloman'ny fianakaviana tantsaha nipoirany. Tsy dia asa mananosarotra akory no nanirahan-dreniny azy, fa raharaha tsotsotra izay nataony niaraka tamin'izy roalahy zokiny: tao ny fakana kitay, tao ny famelomana afo amin'ny alalan'ny fahaiza-mitsoka vain'afo tahirizina ao anaty lavenona, fa tao koa ny tsaka rano, ny fafa trano, ny fandiovana ny trano fiompiana omby, eny, tao hatramin'ny fanaterana ny omby hiraoka ahitra any an-tsaha sy ny maro hafa koa...

Ary matetika dia arahin-dreniny maso ireny asa madinidinika ampanaoviny ireny.

Dia hita soritra miandalana teny anivon'ireny asa nirotsahan'i Bosco kely ireny fa zaza sahisahy sy be herim-po sady marani-tsaina izy.

Zaza sahisahy sy be herim-po

a) Fampihorohoroana mpangalatra

Anisan'ny ahitana taratra ny fananany herim-po sy fahasahiana, ohatra, ny fihetsika nirotsahan'i Jean sy i Joseph zokiny tany am-piandrasam-borona, indray andro izay.

Nirahin-dreniny tany an-tsaha hiambina izay mba andiamborontsilozam-pianakaviana tokoa i Joseph sy i Jean kely, indray andro: fito taona i Joseph tamin'izay, ary vao dimy taona kosa i Jean Bosco. Nalefan'izy roalahy hikarenjy hihaza angely ireo vorontsiloza ireo, rahefa mby tany an-tsaha izy ireo. Ary nandritra izany, dia mba nanararaotra nilalao teny amin'ny manodidina teny izy roalahy kely... Tampotampoka teo anefa, dia velona antso i Joseph, rahefa avy nanamarina fa tsy ampy iray foana teo ny vorontsiloza nasaina nambenan'izy ireo. Dia rafitra nikaroka izay very izy ireo, ka nisava ny vodibozaka sy ny akata manodidina!

Feno tebiteby be ihany izy ireo: vorombe iny ve dia hanjavona fotsiny foana eo e?... Mitohy hatrany ny fikarohana!... Nandeha nanodidina vala iray lobolobo i Jean, ary tamin'izay no nahitany toe-javatra tsy nampoiziny. Tsy ny vorombe nokarohina no tsinjony fa lehilahy iray.

... Dia nandefa eritreritra avy hatrany izy, ka nisaintsaina hoe: «Io no nangalatra ilay vorontsiloza». Nantsoiny teo no ho eo i Joseph, dia nanatona an-kasahiana an'ilay Rangahy izy sady niteny mivantana hoe:

- Avereno aminay ny vorontsiloza.

Nibanjina azy ireo ilay Rangahy vahiny, toa gagagaga be ihany izy namaly hoe:

- Vorontsiloza iray? Fa aiza izany?

- Ianao no nangalatra azy - hoy i Jean - ka avereno. Raha tsy izany dia hiantsoantso eto izahay hilaza hoe: «Mpangalatra e!» ary ho avy hisambotra anao ny olona ka hamango anao amin'ny langilangy.

Zaza ihany izy roalahy, raha heverina, ka tsy tokony ho sarotra ho an'ny lehilahy toy izany ny hampandositra azy ireo amin'ny alalan'ny fandrahonana. Tsy izany anefa no niseho, fa izy lehilahy lehibe indray no toa natahotra sy nihorohoro teo anatrehan'ny herim-po amam-pahasahian-dry Jean Bosco mirahalahy. Angamba lasa saina mihitsy izy ka nieritreritra mangina hoe: «Raha misy

tantsaha miasa tokoa moa ety akaikikaiky ety, ka miantso vonjeo eto koa ireto ankizy ireto, dia ho ratsy fiafara ny tetika»! Hany heriny dia namoaka ilay vorombe avy ao anaty kitapo iray, izay efa nasitriny tao amin'ny toerana lobolobo amin'ilay vala nozohin'i Jean Bosco. Sady niteny izy hoe:

- Sangisangiko fotsiny ihany, leireto, no kasaiko hatao taminareo â!

- Tena sangisangy tsotra tokoa ô? - hoy izy roalahy kely sady nanao tari-dositra izy ireo...

Araka ny efa nahazatra azy ireo isan-kariva, dia notantarain'izy roalahy an-dRamatoa Marguerite koa izay niseho tany am-piandrasam-borona tamin'iny andro iny. Dia hoy ny reniny, rahefa avy nitantara izy ireo:

- Tena nitady loza mihitsy ianareo.

- Fa nahoana - hoy izy ireo?

- Satria, voalohany indrindra, tsy azonareo antoka fa izy no mpangalatra.

- Ka tsy nisy olona hafa anie teo amin'ny manodidina teo e!

- Tsy ampy hiampangana olona ho «mpangalatra» izany voalazanareo izany. Sady izy koa lehilahy lehibe matanjaka; fa ianareo kosa kely sy bitika! Raha novonoiny teo moa ianareo dia mba ahoana?...

- Dia tsy maintsy ho navelanay hangalatra ny vorontsiloza izy izany?

- Eny e! Tsy ratsy aloha ny fanananareo herim-po nefa, aleo very vorontsiloza iray toy izay vonoin'olona.

- Marina aloha ny anao, ry mama, hoy i Jean ningonongonona sady lasa eritreritra. Nefa mba vorontsiloza lehibe ihany koa izy iny!...

b) Mpitari-dalana hafakely

Fa mbola ahitana taratra ny herim-po aman-pahasahian'i Jean Bosco ihany koa ny zava-nitranga anankiray, indray takarivampararano izay. Efa valo taona teo ho eo i Jean, tamin'izay.

Raha ny tena marina, dia tsy tao an-tokantranon-dreniny mivantana no niseho ny tantara, fa tao an-tokantranon'ny ray aman-drenin-dRamatoa Marguerite, reniny, tany Capriglio. Sendra namangy an-dry zareo tany indrindra i Jean kely sy ny reniny no nitrangan-javatra mampatahotra tao an-trano, nandritra ny sakafo hariva.

Mbola variana nisakafo tokoa ry zareo tamin'izay, no injany nisy feon-javatra hafahafa nanako avy any amin'ny rihana fitahirizam-boa mifanolotra amin'ny tafontrano. Niverina intelo ilay feo! Samy miandrandra am-pahatahorana ny mpianakavy, eo anivon'ny hazavana somambisamby apariakan'ny jiro solika ao an-trano... Dia niverina indray ny fahanginana. Nefa tsitapitapitra izay, dia injay indray ilay korontana hafahafa nandimby ny fahanginana, sady narahim-peon-javatra mibolisatra elaela sy toa kendakenda... Mihombo ny fahatahoran'ny mpianakavy! Manao famantaran'ny tanambokovoko ireo vehivavy lehibe! Ny ankizy kosa misitrika mitampify amin'ny reniny! Dia rafitra nitantara moramora, amin'izay, ny vaviantitra anankiray tao an-trano fa efa nandrenesam-peo mikorontana sy mampatahotra koa io rihana io fahizany; ary nanao ny famantaran'ny tanambokovoko izy sady nibitsibitsika nilaza fa «ny demony no nanakorontana tao fahiny, ary miverina indray izy izao».

Tamin'izay no niloa-peo mazava i Jean kely sady niteny miadana hoe:

- Tsy mba demony izao fa biby.

Nasain'ny olona nangina izy fa zaza. Ary tsitapitapitra teo, dia niverina indray ilay feon-korontana mamparenin-tsofina sy mampatahotra sady narahin-java-mikasokasoka sy mitaraindraina...

Dia niteny fanindroany indray i Bosco kely sady niala tamin'ny seza nipetrahany:

- Ndeha hojerentsika izao e!

- Adala ianao - hoy ny olon-dehibe sasany -. Tazony io zanakao io, Marguerite a! Ny demony tsy azo ilalaovana.

Tongotra mby an-dakana anefa ny an'i Jean. Naka jirofanala izy, dia nampirehetiny, dia naka kibay koa izy. Tamin'izay Ramatoa Marguerite, reniny, no nilaza taminy hoe:

- Tsy aleo ve miandry hatramin'ny rahampitso maraina?

- Neny â, tsy matahotra koa ve i Neny no milaza an'izany?

- Tsia - hoy reniny -. Ndeha àry hiarahantsika mijery e.

Dia niakatra ny tohatra hazo mankany amin'io rihana io izy mianaka. Zary mpitari-dalana hafakely i Jean tamin'izany. Ary tamy nanjohy azy ireo koa ny hafa rehetra, sady mitondra jiro no mivatsy kibay. Natosik'i Jean hivoha ny varavarambe, dia nakariny ambonimbony ny jirofanala mba hahitany mazava kokoa...

Ary tsy hitahita teo dia nikiaka tamim-peo kendakendam-pahatahorana ny vehivavy iray niaraka tamin-dry zareo:

- Iry an-joron-trano iry! Jereo!

Dia nijery tany avokoa izy rehetra... Io tokoa eo misy sobika iray, fametrahana voamaina; mihohoka ilay izy, dia mihetsiketsika sady mandroso. Nanatona hizaha i Jean. Dia nisy feon'olona indray niantso azy hoe:

- Tsia! Tandremo! Fa sobika nasiana ody io!

Noraisin'i Jean anefa ilay sobika ary ningainy. Indro reniakohobe iray toa raiki-tahotra no nikoropaka nanidina avy eo sady nikorapaka mafy izaitsizy. Tsy olona raiki-tahotra intsony no hitan'i Bosco kely manodidina azy, fa mpianakavy «toran'ny hehy» aok'izany!

Hay tsy demony, araka ny sahoan-dresaka nandritra ny sakafo, no tao ambony rihana tao, fa reniakoho nikoropaka nitady lalana hiala tao amin'ny sobika nanarona sy nanempotra azy... Aza manody ny tahotra sy ny finoanoam-poana!

Niharihary teto koa ilay toetra be herim-po sy sahisahy nampiavaka an'i Jean Bosco.

Zaza lalin-tsaina sy liam-pahalalana

Ny herim-po sy fahasahiana nananan'i Bosco kely anefa dia tsy manambara fa nisalotra ny fahalavorariana izy. Zaza toy ny zaza

hafa rehetra ihany izy, ka mba nanana izay mety ho ditrany. Vokatry ny fitiavan-dalao na ny fihantahantana madinidinika.

Tsy azo lavina koa anefa fa nahitana taratra ny haranitan-tsaina nampiavaka an'i Jean Bosco hatreny anivon'ireny ditra maha-zaza ireny. Hita taratra tamin'ny fahaizany miaiky ny hadisoana vitany ny maha-zaza lalin-tsaina azy. Ary azo lazaina ho nivelomany mihitsy ny zava-dalina raketin'ilay ohabolana malagasy hoe: *«Ny heloka ibabohana mody rariny»!*... Ny olona lalimpisainana tokoa no afaka miaiky ny hadisoana vitany!

Fa mba ditra toy inona moa izany nahitana taratra ny halalinan-tsain'i Jean Bosco izany? Hozohintsika kely indray ny tantarampahazazany tao an-tokantranon-dreny tao.

a) Halalinan-tsaina hita taratra teo anivon'ny ditra fahazaza

Araka ny maha-zaza an'i Jean, dia mba lian-dalao koa izy indraindray. Nahavitany hadisoana bevava tao an-tokantrano anefa izay toetra izay, indray andro. Dodona ny hilalao tokoa izy indray mandeha, ka tsy voahidiny ny varavaran'ny tranom-bitro. Dia nivoaka nihahaka tany an-tsaha daholo ireo bitro tao. Ary tena raharaha dia raharaha be ny nisamborana azy ireo... Rahefa tafaverina tao an-tranofiketrehana Ramatoa Marguerite, reniny, dia nanapa-kevitra hananatra an'i Jean.

Misy tsora-kazo kely mahitsy lava iray izay moa efa fitahiriny eo an-joron-trano, ho famaizana ny zanany manao hadisoana. Notondroiny ho hitan'i Jean ny zoron-trano fitahirizana an'ilay tsora-kazo. Dia hoy izy tamin'i Jean:

- Mandehana alaivo iry tsora-kazo iry, dia ento aty amiko.

Somary nanao tari-dositra nankeny am-baravarana i Jean, sady niteny hoe:

- Fa ataon'i Mama inona izy io?

Hentitra sy mazava anefa Ramatoa Marguerite nilaza hoe:

- Ento ety amiko io, dia ho hitanao!

Hany herin'i Jean dia naka ilay tsora-kazo sy nanolotra izany an-dreniny nefa tsy sahy nanatona.

- Hikapohanao ny soroko ve iny...

- Nahoana moa ianao no tsy hokapohina amin'itony hadisoana bevava ataonao itony?

- Neny â! Mifona aho fa tsy hamerina intsony.

Dia nitsiky indray ny reniny. Ary toraka izany koa i Jean... Nody rariny tokoa ilay heloka nibabohana!

Fa indray mandeha izay koa, dia nanao hadisoana noho ny hantahanta maha-zaza i Jean. Famaizana nampandinika azy no nampiharin-dreniny taminy.

Niverina avy any an-tanimboaloboka tokoa i Jean sy i Joseph, zokiny, indray andro. Vizaky ny lahasa sy ny hafanan'ny masoandro mibaliaka izy ireo, ka tena nangetaheta izaitsizy, rahefa tonga tao an-trano. Nandeha nanovo rano ho azy ireo tao an-davaka fantsakana Ramatoa Marguerite. Ary i Joseph no nomeny rano voalohany.

Nanao tarehy ratsy i Jean nahita izany. Tezitra mihitsy aza izy, noho ny zokiny nomena rano alohany. Koa rahefa nanome rano ho azy ny reniny, dia nidongy tsy nety nisotro izy. Tsy niteny Ramatoa Marguerite fa nentiny nankany an-tranofiketrehana ny rano sady nakatony ny varavarambe. Vetivety foana taorian'izay, dia iny i Jean niditra nanao hoe:

- Mama â!

- Fa misy inona? - hoy reniny.

- Mba omenao rano hosotroina koa aho?

- Noheveriko fa tsy nangetaheta intsony anie ianao e!

- Mama â! Miala tsiny aho fa diso.

- Eny àry - hoy reniny.

Dia nomeny rano hosotroina ihany koa izy. Satria ny heloka ibabohana mody rariny!...

Teo anelanelan'ny faha-5 sy faha-8 taonany no niseho, tao antokantranon-dreny tao, ireo zava-droa loha navohitra ireo. Nefa dia

efa nahitana taratra sahady ilay lalim-pandinika, ka afaka miaiky hadisoana.

Fa mbola haneho izany misimisy kokoa ny hadisoana anankiray nataony taoriana kelin'ireo. Efa feno valo taona teo ho eo izy tamin'izay.

Alakamisy ny andro tamin'izay. Nandeha nankany an-tsenan'i Castelnuovo toy ny isan'alakamisy Ramatoa Marguerite. Ry Jean kosa aty an-tanàna variana milalao miaraka amin'ireo namana mpiray vohitra! Izany lalao atao hoe: *lippa* izany no nahasondriana an-dry zareo. Ary tena niady ny lalao.

Tsy hitahita akory anefa, dia tapaka tsy fidiny teo ilay lalao, satria nisidina niantefa any ambony tafon-trano ilay kodiaran-kazo kely lalaovina.

- Mbola misy anankiray ao ambony lalimoara any an-tranofiketrehana - hoy i Jean -. Handeha aloha haka azy.

Dia lasa izy nihazakazaka nankany an-trano. Somary avo ihany anefa ilay «lalimoara» ho azy, ka voatery tsy maintsy miakatra ambony seza izy. Dia ny lohatongony roa ihany sisa mitehina amin'ny seza. Ary atsotrany amin'izay ny sandriny hanakatra an'ilay kodiaran-kazo kely... Loza anefa no nitranga fa voadonany ny tavoahangy menaka tao ambony «lalimoara» ka nianjera tamin'ny raribiriky ery ambany ary vaky! Dia nihanaka tamin'ireo raribiriky mena ao an-tranofiketrehana ny menaka. Rahefa hitan'i Joseph fa mbola tsy niverina hilalao foana ny zandriny, dia tonga nihazakazaka izy hitady azy. Akory ny hagagany nahita ny fahasimban-javatra tao an-trano, ka dia nanakom-bava fotsiny izy sady niteny hoe:

- Mahita amin'i Mama anio hariva...

Dia samy niezaka nandamindamina teo izy roalahy. Nofafana haingakaingana ireo vakivakin-tavoahangy. Saingy tsy voakosoka kosa ny dia-menaka fa vao mainka nihanaka sy nampitombo ny tahotr'izy ireo.

Gina tsy nandrenesan-teny aloha i Jean nandritra ny antsasakadiny eo ho eo. Nony ela dia naka antsy izy ary lasa nanapaka hazo kely marotsaka sady lava no mahitsy. Dia nanomboka namboatra an'io tsora-kazo io ho tsara endrika amin'izay izy sady nihirahira. Ary mandritra izany rehetra izany, dia miasa koa ny sainy ka miezaka mikaroka izay teny holazainy an-dreniny, amin'ny fotoampahatongavany avy any an-tsena.

Nony ela dia niseho endrika ireo ravaka vita sokitra nampisalorany an'ilay tsora-kazo. Ary vita lamina niaraka tamin'izay koa ny paika hoenti-mitsena an'i Neny miverina avy any ampandehanana...

Hariva àry ity ny andro! Iny eny Ramatoa Marguerite fa manatona ny tanàna, mivesatra an'ireo entan-kely novidiny tany Castelnuovo. Dia indreny ry Jean sy Joseph fa tamy mitsena azy toy ny fanao isan'alakamisy. Toa tsy navitrika loatra toy ny mahazatra anefa i Joseph tamin'ity indray mandeha ity, fa somary misalasala sy toa malaindaina. I Jean kosa dia nihazakazaka ery hanatona andreniny sady mitondra ilay tsora-kazo voasokitra efa nomaniny. Dia hoy izy nony mby teo anoloan-dreniny:

- Manao ahoana i Neny?

- Tsara! Ary ianao salama tsara?

- Neny a! Jereo ange! - hoy izy sady natolony an-dreniny ilay tsora-kazo tsara sokitra.

- Fa inona no nataonao? - hoy ny fanontanian-dreniny.

- Amin'ity indray mandeha ity, dia tena mendrika hokapohinao mihitsy aho, ry Neny. Indrisy fa novakiko ny tavoahangi-menaka!

Notantarainy tamin-dreniny fohifohy ny zava-niseho sady nofaranany hoe:

- Efa nitondrako tsora-kazo mihitsy ianao, ry Neny, satria tena mendrika hofaizina aho. Raiso ity, Neny an!

Izany no tenin'i Jean sady natolony an-dreniny ilay tsora-kazo. Ny masony amin'izany mibanjina an-dreniny ambony ambany, amin'ny fijery toa sady feno hafetsena no feno fanenenana koa.

Nijery an'i Jean kelikely Ramatoa Marguerite ary nanomboka nitsiky. Dia loky nihomehy koa i Jean. Toa nody rariny ny hadisoana nibabohana! Notantanan-dreniny i Jean kely, dia niara-nandroso ho any an-trano izy ireo.

Notsipazany teny kely ihany anefa i Jean fa tsy vita teo ny resaka. Hoy tokoa Ramatoa Marguerite tamin'i Jean:

- Tsy mba tsapanao ve, ry Jean, fa olona tena feno hafetsena no misary zoro ao aminao ankehitriny? Mampalahelo ahy ihany ny namakianao ny tavoahangi-menaka. Nefa faly koa aho fa tsy tonga nitantara lainga tamiko ianao. Ary mba tandremo ihany amin'ny sisa, fa lafo vidy anie ny menaka e!

Efa nahita azy mianaka nifampitantana sy niresaka am-pahatonena i Joseph vao sahy nandroso nitsena an-dreniny. Azony antoka manko fa nisava feizay ny raho-mitatao natahorany. Ary hita soritra eto ny tsy fitovizan'i Joseph toetra amin'i Jean kely. I Joseph dia olona tony sy malefaka, manam-paharetana sy feno fikaliana. I Jean kely kosa sady tia mihetsiketsika no sahisahy ratsy izay; ary moa ve tsy tsapan-dreniny tamin'ity raharaha menaka ity fa zary olom-petsy mihitsy i Jean rahefa tafaraka ny fahasahiany sy ny fandinihany lalina?

Tsy olom-petsy sahisahy sy lalim-tsaina fotsiny anefa i Jean, fa zazalahy liam-pahalalana ihany koa.

b) Zazalahy liam-pahalalana

Azo lazaina fa efa feno sivy taona mahery kely i Jean vao mba niatrika izany atao hoe fianarana izany. Tsara ho fantatra anefa fa tsy sivy volana, toy ny fahita amin'ny firenena maro ankehitriny, no faharetan'ny taom-pianarana tamin'izany andro izany tao Castelnuovo, izay fari-piadidiana iankinan'i Becchi. Zara raha feno efabolana sy tapany isan-taona ny fotoam-pianarana ary mandritra ny tonon-taonan-dririnina ihany izany. Satria eo no tsy mandeha miasa eny an-tsaha rako-panala ny fianakaviana tantsaha, toy ny an-dry Jean Bosco. Mazava tokoa manko fa mpandray anjara amin'ny asa fivelomana daholo, rahefa mety ho olona manantsandry hiasa, ao amin'ny ankohonan'ny tokantrano tantsaha: tsy

ny lehibe sy vantombantony ihany, fa hatramin'ny zazalahy sy ny zazavavy madinika... Manomboka eo amin'ny 3 nôvambra eo ny fianarana matetika ary miafara eo ho eo amin'ny faha-25 marsa amin'ny taona vaovao manaraka.

Raha ny momba an'i Jean Bosco manokana dia teo amin'ny tonon-taonan-dririnina Nôvambra 1824 - Marsa 1825 no azo lazaina ho nanombohany nianatra. Somary lavitra (5 km) avy eo Becchi ihany anefa ny sekolin'ny Firaisan'i Castelnuovo, ka dia tantsaha iray mahay mamaky teny, teo an-tanàna ihany, no zary mpampianatra voalohany nitarika an'i Jean ara-pianarana mamaky teny sy manoratra.

Taoriana kelin'ny nanombohany nianatra tao an-tanàna vao nahita lalam-pianarana tsaratsara kokoa Ramatoa Marianna Occhiena, rahavavin-drenin'i Jean Bosco. Mpiasa an-trano tao amin'i Mômpera Don Lacqua, pretra mpiadidy an'i Capriglio, Ramatoa Marianna. Dia mba niangavy an'io pretra niasany io izy mba handray ny zana-drahavaviny ao amin'ny sekoly iandraiketany.

Nanaiky moa ilay pretra ka dia nandeha tany Capriglio hanohy izay kely natomboka tao Becchi i Jean. Nipetraka telo volana tao amin'ny nenitoany izy, nandritra izany. Nony tonga indray ny tonon-taonan-dohataona 1825, dia nody tany an-tokantranon-dreny izy... Ary mbola tany Capriglio ihany izy no nianatra tamin'ny tonon-taonan-dririnina 1825-1826.

Fa teto dia nanomboka nisafoaka i Antoine zokiny, izay efa feno 17 taona:

- Nahoana moa - hoy izy - no mbola alefa any an-tsekoly i Jean? Efa mahay mamaky teny sy manoratra ny anarany izy izao; efa mihoatra noho ny ilaina izany. Aoka izy handray angady toy ny nandraisako azy koa.

Dia mba niezaka nanazava ny sain'i Antoine, Ramatoa Marguerite, nanao hoe:

- Vao mainka ilaina ny fianarana arakaraka ny androsoan'ny tantara. Tsy mba hitanao ve fa na dia ny mpanjaitra sy ny mpanao-

kiraro aza dia mankany an-tsekoly? Angamba tsy dia aingitraingitra izany mba manana olona mahay manisa ato an-trano izany.

Nanohy nianatra ihany moa i Jean. Ary raha vao nahay namaky teny izy, dia lasa zavatra nahaliana azy fatratra ny famakiam-boky. Niangavy an'i Mômpera Lacqua mba hampindram-boky azy izy ary dia laniny hamakiana pejy maro eny am-bodihazo malomaloka eny ny ampahany betsaka, amin'ny tolakandrom-pahavaratra migaingaina. Nanjary zazalahy liam-pahalalana i Jean Bosco. Koa itadiavany fotoana hamakiana boky, hatrany am-piandrasana omby; tsy laviny akory aza ny hiandry ny ombin'ny namany sasany, rahefa tsy manelingelina azy amin'ny famakiany boky izy ireo.

Tsy nampieboebo azy na oviana na oviana anefa izany toetrany liam-pahalalana izany. Tiany tokoa ny mamaky boky, nefa tsy nanimba ny fitiavany miara-milalao amin'ny namany izany sady tsy nanelingelina ny fitiavany manokana ny zava-boaary, indrindra ny voromanidina. Indray mandeha aza, dia vatrany mihitsy ny niompy karazampody kely iray. Nalainy mbola kely tao amin'ny akany nitoerany io voronkely io, dia nanamboarany tranomborona tamin'ny tsora-kazo voarary ary nampianariny nisioka. Hany ka rahefa tonga mijery azy i Jean, dia misioka mahafinaritra ery ilay voronkely miarahaba azy, sady mitsambikimbinkina an-kafaliana ery ao anatin'ny rovakely namboarin'i Jean ho azy...

Indray maraina izay anefa! Tsy nisioka niarahaba azy intsony ilay voronkely mahafatifaty, ka gaga foana teo i Jean. Hay nopotehin'ny saka anankiray ilay tranomborona ary nohaniny koa ilay voronkely! Velon-tomany tery i Jean! Nikaroka izay hampanginana azy ny reniny ka nilaza taminy fa raha izay voronkely sy akanimborona foana dia mbola hahita izy.

Eny e! Mbola hahita voronkely sy akanimborona maro hafa izy. Saingy mba mafimafy ihany izany hoe: «mamoy namana tsy ho hita intsony» izany. Nalahelo tokoa izy nandritra ny andro maromaro; ary tsy nisy olona afaka nampionona azy...

Dia nanomboka tsapany teo fa marefo ny zavatry ny tany ary mandalo, ka tsy misy tokony hanankinam-po. Fon'olombelona

ihany koa anefa ny azy ka mba tohina sy nandre mangirifiry ihany, teo anatrehan'ny fahavoazana nianjady tamin'izay mba notiavina... Ary dia hita soritra tsikelikely fa manana fo mora tohina izay koa i Jean kely...

Dia izany sy izany àry no sombin-dresaka kely, mikasika ny fiaimpiainan'i Jean Bosco tao an-tokantranon-dreny tao. Nanaiky ny fanabeazana ara-pinoana nomen-dreniny azy izy, ka afaka nanome lanja ny fisian'Andriamanitra-Fitiavana sy nanaja Azy teo amin'ny fiainany. Nobeazin-dRamatoa Marguerite ho mpandray anjara tamin'ny «asa fivelomana maha-tantsaha mahantra» tao antokantrano i Jean, ka nanjary zaza tia asa sy tso-piaina...

Raha fintinina, dia teo anivon'ny rivo-piaraha-monina tsotra tamin'ny lafiny maro no nitomboan'i Jean Bosco miadana. Ary teo anivon'izany rivo-piaraha-monina tsotra nitomboany izany koa no niseho taratra miandalana ireo toetra voajanahary nampiavaka azy manokana. Hita soritra tsikelikely fa zaza be herim-po sy sahisahy izy. Nihanazava miandalana ihany koa fa zaza lalim-pisainana sy liam-pahalalana izy. Ary niharihary tsikelikely fa manana fo mora tohina izay koa izy...

Hanana ny akony tsy azo lavina amin'ny fomba fiatrehany ny zava-mitranga izany rehetra izany, eo amin'ny fiainany manontolo aty aoriana...

3

Tonon-taona hafakely...

Nisary zoro bebe kokoa hatrany tao am-pon'i Jean Bosco tao arakaraka ny nitomboany taona, ny lalam-piantsoana tokony hizorany. Ary azo lazaina fa nisy hatreny amin'ny fotoam-pahazazany mihitsy ny tonon-taona manokana namariparitra ny hoaviny manontolo, na dia tsy fantatra mazava aza izany fa tao anatin'ny somambisamby ihany.

Anisan'ireny tonon-taona manokana ireny ny fahasivy taonany. Tsy tonon-taona nanombohany nianatra fotsiny manko io taona io, fa tonon-taona nahitany zava-mahagaga tao anatin'ny nofy ihany koa. Nanonofy tokoa izy indray alina izay! Nofy hafahafa izy izay! Nefa nofy iorenan'ny hoaviny manontolo! Satria nofy tsy hainy nokosehina tao am-pony, nandritra ny andrompiainany sisa rehetra...

Ilay nofy iorenan'ny hoavy

Hoy tokoa i Don Bosco mitantara an'io nofiny io taty aoriana:

«Nanonofy aho fony mbola sivy taona. Ary tafalentika lalina tsy hay kosehina ao an-tsaiko intsony izany nofy izany.

Toa hitako tao anatin'io nofy io fa teo akaikikaikin'ny tranonay ihany aho, tao amin'izany tokontany malalaka be izany, izay nivorian'ankizy marobe tsy hita isa milalao. Mitokelaky ny hehy ny sasany, fa ny ankamaroany kosa toa lany andro miteny ratsy sy manompa. Nirotsaka teo anivon'izy ireo aho rahefa nandre ireny ompa aman-teny ratsy ireny; nampiasa totohondry sy niteny mafy aho ho fampanginana azy ireo...

Kanjo tamin'izay indrindra no indro niseho ity lehilahy iray mendri-kaja sady mendri-pitafy. Namirapiratra izaitsizy ny tavany ka sarotra natrehina mivantana. Niantso ahy tamin'ny anarako izy ary nilaza tamiko hoe:

- Tsy amin'ny alalan'ny herisetra aman-totohondry, fa amin'ny alalan'ny halemen-panahy sy fitiavana no tsy maintsy hakanao azy ireo ho sakaizanao. Koa atombohy dieny izao àry ny firesadresahana amin'izy ireo ny haratsian'ny fahotana sy ny hasin'ny hatsaram-panahy.

Somary sadaikatra sy raiki-tahotra aho no namaly azy nilaza fa «zaza mahantra tsy mahalala na inona na inona aho». Ary tamin'izay no nitsahatra niady sy nikiakiaka ireo zazalahy teo amin'ilay tokontany malalaka, dia nivondrona daholo izy rehetra nanodidina an'ilay Olona niteny. Toy ny hoe tsy fantatro izay nolazaiko, ka dia nanontany Azy aho nanao hoe:

- Fa iza moa ianao no sahy mandidy ahy amin'ny zavatra tsy azo tanterahina?

- Noho ireo zavatra ireo toa ohatran'ny tsy azonao tanterahina indrindra no tsy maintsy irotsahanao hanatanteraka azy, amin'ny alalan'ny fanekena sy ny fandalinam-pahalalana.

- Fomba ahoana no hahafahako mandalim-pahalalana?

- Homeko reny mpampianatra ianao. Ary afaka ho tonga manam-pahalalana ianao, eo ambany fitarihany.

- Fa iza moa ianao?

- Izaho no Zanak'ilay Vehivavy nampianarin-dreninao hivavahana in-telo isan'andro. Anontanio an-dreninao ny Anarako.

Tsitapitapitra teo, dia indro hitako teo anilany Vehivavy lehibe iray mendri-kaja, misalotra akanjo lava mamirapiratra toy ny masoandro.

Nanatona ahy efa very hevitra be ihany Izy, dia nomeny famantarana handroso aho ary noraisiny tamin'ny tanako an-kamoram-po:

- Jereo! - hoy izy.

Rahefa nijery aho, dia nahatsikaritra fa nanjavona avokoa ireo ankizy nanodidina ahy. Ary karazam-biby samihafa marobe indray no hitako teo amin'ny toeran'izy ireo: zanak'osy, amboa, saka, orsa ary biby maro hafa koa.

- Io no anjara toeranao - hoy ilay Vehivavy - . Io no toerana tsy maintsy hiasanao. Koa aoka ianao hahay manetry tena sy ho be herim-po ary havitrika, ka izay hitanao mitranga ankehitriny izao amin'ireo biby ireo, dia ny zanako marobe tsy hita isa no hanaovanao azy.

Nanodina ny masoko àry aho, ka indreo biby hafa karazana indray no nisolo toerana an'ireo bibidia marobe samihafa teo aloha; zanak'ondry bonaika tsy tambo isaina indray no hita teo: mitsambinkimbinkina, mihazakazaka sy mibarareoka manodidina an'ilay lehilahy sy ilay Vehivavy, toy ny hoe manome voninahitra azy ireto.

Dia rafitra nitomany, hono, aho, tao anaty nofiko, sady niangavy an'ilay Vehivavy mendri-kaja mba hamelabelatra ny voalazany amin'ny fomba mazava kokoa, satria tsy azoko izay tena dikan'izany rehetra izany.

Napetrany teo ambony lohako ny tanany ary nilaza tamiko izy hoe:

- Ho azonao amin'ny fotoana voatondro ny zava-drehetra.

Zara raha voalazany izany teny izany, dia injay nisy feonkorontana nanaitra ahy... Nanjavona ny zava-drehetra. Nivarahontsana aok'izany aho. Toa henoko naharary ahy ny tanako noho ireo zeran-totohondry nozarazaraiko. Ary toa namaivay koa ny tavako nahazo tehamaina avy amin'ireto jiolahimbotokely marobe ireto.

Nony maraina, dia notantaraiko tao an-trano ilay nofy. Izy roalahy zokiko aloha no nitantarako azy, dia nihomehy izy ireo. taorian'izay aho vao nitantara azy tamin'i Neny sy i Nenibe. Samy nilaza izay heviny momba ilay nofy ry zareo tsirairay avy.

"Ho lasa mpiandry ondry ialahy" - hoy i Joseph. "Ho lehibenjiolahy ialahy" - hoy kosa ny eson-tenin'i Antoine. I Neny indray nilaza hoe: "Iza moa no mahalala raha ho lasa pretra ianao". Fa i

Nenibe no nanambara ny didim-pitsarana farany momba ilay nofy: "Aza mivaky loha sy mandany andro amin'ny nofy" - hoy izy. Niombon-kevitra tamin'i Nenibe Zokiolona aho, kanefa dia tsy afa-nikosoka izany rehetra rehetra izany tao an-tsaiko»...

Tonon-taona hafa kely teo amin'ny androm-pahazazan'i Jean Bosco ny fahasivy taonany, noho io nofy hafahafa io. Satria tsy nofy ririnina akory ity nofy ity, rahefa apetraka eo anivon'ny tantaram-piainan'i Jean Bosco manontolo. Nanana ny akony tsy azo lavina teo amin'ny taona sisa rehetra niainan'ilay *«Rain'ny mahantra sy ny kamboty»* manko io nofy io ka azo lazaina ho *«nofy iorenan'ny hoavy»!* Nofy manambara sori-dalana harahina sy mampahatsiahy ny ezaka takìna amin'i Jean Bosco: ezaka ho amin'ny fanetrentena omban-kerimpo amam-pahavitrihana.

Marihina koa, fanampin'izany, fa nofy nanana ny akony teo amin'ny fomba fanabeazan-dRamatoa Marguerite an'i Jean Bosco kely iny nofin-janany iny, satria nahitany mangina, tao anatin'ny finoany, ny sori-dalana tokony hitantanany ny faralahin'ny ainy, eo anatrehan'ny volana sy ny taona manaraka hodiavina. *Nofy iorenan'ny hoavy!*...

Ilay kely kingalahy

Nanomboka hatreo amin'io vanim-potoanan'iny *«nofy miavaka iorenan'ny hoavy»* iny àry, dia efa nihanazava tamin'i Jean kely ihany ny sori-dàlana tokony harahiny. Marina fa tsy azony tanteraka izay tena hevitr'ilay nofy, nefa tsy niafina taminy koa ny lalam-piainana iantsoana azy manokana: voaantso ho amin'ny lalam-pitiavana izy mba hanasoa ankizilahy marobe, ao anatin'ny fanetrentena omban-kerim-po amam-pahavitrihana.

Famakiana sombin-tantara

Tsy varimbarianan'ny lavitra akory i Jean Bosco tamin'izany fanaovantsoa niantsoana azy izany, fa nahita izay teo ambany masony izy, ka nampiasa ny tsirin-talenta kely mba nananany

tamin'izay, ho fanasoavana an'ireo ankizilahy maro fantany teo an-tanàna sy tamin'ireo vohitra manodidina. Ny fahaiza-mamaky teny io tsirin-talenta nampiasainy ho fanasoavana ankizilahy maro teo amin'ny tany ama-monina io. Tsy nanavakavaka izy tamin'izany, fa nizaràny ny kely nananany avokoa na ny hendry na ny mpiteniratsy. Ary azo lazaina fa tsy ny ankizilahy namany ihany no nanovo soa tamin'izany finiavan'i Jean izany. Nahita soa tamin'izany koa ny olon-dehibe maro hafa...

Fa fomba ahoana moa no nampiasan'i Jean kely ny fahaizany mamaky teny hanasoavana ny tany ama-monina?

Rahefa ririnina ny andro, dia fanaon'ny fianakaviana maro miara-mandany ny takariva ao anatin'ny «trano fiompiana omby» anankiray midadasika; ary ny omby isan-tokony matory ao, amin'izay, no zary mpanome hafanana... Dia amin'ireny takarivan-dririnina mamirifiry sy mampifitsaka ny mpianakavy maro any an-trano fiompiana omby ireny no indro i Jean Bosco tonga mivimbina ireo bokin-tantara mahasondriana nampidramin'i Mômpera Lacqua azy. Ary mirotsaka mamaky izany hotsakotsakoin'ny mpianakavy tafavory izy. Anisan'ireo boky nampindramin'i Mômpera Lacqua azy ireto manaraka ireto: *Le pauvre Guérin, L'histoire de Bertold, Les rois de France*.

Araka ny fitantaran'i Jean Bosco taty aoriana, dia tena nahasarika olona maro mihitsy ireny takarivan-dririnina namakiana tantara mahasondriana ireny:

«Nitady ahy daholo ny olona mba hotonga any an-trano fiompiana omby ivorian-dry zareo - hoy izy mitantara -. Olona marobe amin'ny ambaratongan-taona isan-tokony sy samy hafa fivelomana no tafavory niaraka tamin'ireo ankizilahy namako. Ary sambatra ery izy rehetra miari-tory mihaino tsy ankihetsika ilay mpamakiteny mbola votsa, izay mitsangana eo ambony sezalava mba hahafahan'ny olon-drehetra mahita azy».

Dia hoy koa i Jean Bosco hoe: «Aloha sy aorian'ny vakiteny ataoko, dia manao famantaran'ny hazofijaliana ny olon-drehetra tafavory ary miventy: "Arahaba, ry Maria" iray»...

Ilay kely kingalahy

Ny takarivan-dririnina manjombona ihany anefa no mampifitsaka ny besinimaro any an-trano. Fa rahefa injay migadona ny fizaran-taona mibaliaka, dia miova koa ny fandehan-javatra. Tsy mahasintona olona intsony ny sombin-tantara. Nazava tamin'i Jean teto fa tokony hanoman-java-mahaliana hafa indray izy, mba hampivondrona ireo ankizilahy sakaizany.

Tsy nibaribary taminy mazava kosa anefa izay zava-mahaliana azony tanterahina. Ny tsenabe na *«foara»* sendra mba novonjen'i Jean kely teny amin'ny vohitra tsy lavitra an'i Becchi no zary pitik'afo nampirehitra ny finiavam-pikarohana tao ampony tao.

Injany fa manako ery am-bohitra iray, tsy lavitra ny tanànandry Jean, ny feon'anjomaran'ireo mpanao fahakingana isan-tokony! Tonga ny andron'ny tsenabe na foara. Mba lasa nankeny koa i Jean sy ny reniny. Somebiseby ny olona mifamoivoy: ao ny tonga hividy, ao ny mivarotra, ao ny miady hevitra etsy sy eroa; fa ao koa ny tonga hanambàka na hilalao. Mivangongo ery ny olona manodidina an'ireo mpanao hakingan-tanana sy ireo mpiangaly hakingàmbatana. Ny tantsaha moa dia mivanàka sy mitanatana vava fotsiny mahita ireny hakingan-tanana ireny...

Dia nitsiry teo am-panatrehana ireny fampisehoana miharo hakingana ireny koa ny aingam-panahin'i Jean Bosco: nandrian'ny eritreriny fa itony karazana hakingana itony no mety hahafahany misarika olona maro; koa dia tapa-kevitra izy fa hitsikilo sy hamantatra akaiky ny tsiambaratelon'ireo mpiangaly hakingàmbatana mbamin'ny paikan'ireo mpanao fanovà-maso.

Tsy misy fampisehoana lehibe azo anaranam-po anefa raha tsy amin'ny fotoam-pankalazana ny olomasina mpiaro ny isambohitra. Amin'ireny fotoana ireny no tena ahitana izao karazampahakingana rehetra izao: ny olo-mandihy eo am-pitetezana tady mahitsy, ireo kingalahy amin'ny fanovà-maso izay afaka mamoaka voromailala sy bitro avy ao anaty satroka na mampanjavona olona

na koa manapa-droa olona iray amin'ny tsofa sy mamerina azy indray ho tsy maninon-tsy maninona. Ireo «mpanala nify tsy andrenesa-maharary» no tena nigagan'ny olona.

Andoavam-bola anefa ireny fampisehoana lehibe mahaliana ireny. Koa aiza no hahitam-bola?

Nanontany an-dreniny ihany i Jean kely raha mbola mahazo manatrika ireny fampisehoana ireny, ka izao no valin-teny azony:

- Ataovy izay tianao hatao amin'izany, fa aza mangata-bola amiko fotsiny satria tsy manana aho.

Dia nikofokofoka nitady vola i Jean: misambotra voronkely hamidy, mamboatra sobika sy garaba hifampiraharahana amin'ireo mpivaro-mandeha isan-tokony, mamory ahi-maitso fanao fanafody hoentina hamidy amin'ny mpivaro-panafody eny Castelnuovo.

Ary noho izany rehetra izany, dia afa-nahazo toerana anisan'ny aloha indrindra izy rahefa mijery fampisehoana.

Nahafahany nandinika ny fombafomban'ireo kingalahy isan-karazany ny toerana nipetrahany, hany ka tsikariny sy azony miandalana ireo tetika amam-paika feno hakingana nampiansain'ireo mpaneho zava-mahaliana ny olona marobe.

Nazava taminy miandalana ny antonanton'ny itondran'ny «mpitety tady» hazolava. Ary hitany hatramin'ny tetika ampiasain'ny mpanala nify tamin'izany fotoan'andro izany. Mbola tsy nisy «fanafody mahadonto» nampiasaina moa tamin'izany rehefa hanala nify, ka zary fijaliana be ho an'ny olon-drehetra izany mampanala nify simba izany. Tamin'ny taona 1845 vao nandramana tany Amerika tany ny «fanafody mahadonto» voalohany. Fa mbola tsy nisy izany tamin'ny foara na tsenabe nanatrehan'i Jean «fanalana nify tsy andrenesa-maharary» tamin'ny 1825. Araka ny henon'i Jean dia hoe: «misy vovoka mahagaga» izany, hono, ampiasain'ireo mpanala nify igagana, ka izany no tsy andrenesan'ny olona maharary rahefa alana nify. Te hahalala ny marina àry i Jean kely tamin'ity indray mandeha ity, ka nanara-maso tsara izay nataon'ireo mpanala nify. Tantsaha iray tena marary vazana mihitsy no indro

otronin'ireo mpitsoka anjomara sy mpively amponga mpiaradia amin'ilay tena mpanala nify. Injay fa velona amin'izay ny korontan'amponga sy anjomara. Atsobok'ilay kingalahy mpanala nify ao anatin'ilay vovoka mahagaga aloha ny fanondrony. Ary rafitra amin'izay ny fanalana ilay vazana manaintaina: misy tandra-mokotra mikorotsaka mangina avy any anaty tanan'akanjon'ilay mpanala nify, dia tsoahiny andrezatra maina fotsiny amin'izao ilay nify. Taitra sy tafatsangana ilay marary sady mikiakiaka. Nefa difotry ny feon'anjomara aman'amponga ny kiakiaka sy antsoantsony; ary mbola tamy nanoroka azy sy nanampina ny feony koa ilay mpively amponga sady niteny hoe: «Misaotra e! Misaotra! Fa tena nety ilay andrana»...

Anisan'ireo vitsy an'isa nahita ny tetikadin'ireto «mpanala nify tsy andrenesa-maharary» ireto i Jean kely. Nazava taminy daholo ny paika sy ny tetika fampiasa, ka dia nihomehy irery izy niala teo.

Mba te hisarika ny namany amin'ny alalan'ny fanehoana hakingana toy izao koa izy, ka tsy nihambahamba nanomboka nanao fanazarana rahefa tany an-trano. «Tsy nitsaha-nanaza-tena isan'andro isan'andro aho - hoy izy - mandra-pahatomomban' izay nokasaiko». Ary nilana faharetana amam-pikirizana izany fanazaran-tena izany, satria tsy nandeha ho azy izany fianarana mitety tadimahazaka na fianarana mitanisa kaopy izany. Nony ela anefa, dia nody ventiny ny rano nantsakaina, ka nanjary kingalahy mbola erotrerony i Jean, raha oharina amin'ireo olon-dehibe kingalahy efa mahazatra: «Mety tsy hino ahy angamba ianareo - hoy ny voasoratr'i Jean Bosco taty aoriana -, fa vao iraika ambin'ny folo taona aho dia efa nahay nitanisa kaopy sy nahatomombana ny vinki-mihodina ary efa nahay nihazakazaka sy nandihy teny ambony tadimahazaka».

Ary tsy ela intsony taorian'ireny fanazarantena nahitam-pahombiazana ireny, dia nanjary fanta-daza teo amin'ny tany amamonina *"ilay kely kingalahy"*.

Indray alahady tolakandro izy no nanasa ireo sakaizalahiny hanatrika ny fampisehoana voalohany nomaniny, teny anivom-

pahavaratra teny. Kitapo maromaro no navelatra teo ambony bozaka ho karazan-karipetra ilalaovany. Gaga foana ireto mpijery noho ny zavatra vitany. Fa hainy ny nampifanongoa maharitrafo sy kapoaka samihafa tsy hianjera teo ambony orony. Vitany ny namoaka karazan-kanety folo maroloko avy ao am-bavan'ity tovolahikely mpijery anankiray izay nasainy nanoka-bava. Tsy nananosarotra azy ny nanao fanovàn-javatra tamin'ny alalan'ny tehina mahagaga. Ary teo am-pamaranana, dia nitsambinkina nankeo ambony tadimahazaka mihantona amin'ny tendrony roa izy; ny rindran-tehak'ireo sakaizany nanodidina nijery azy no zary nentiny namindra nitety ilay tady...

Niely vetivety foana isan-trano isan-trano ny vaovao, ka dia nitombo isa ihany koa ny olona lian-kijery: na zaza madinika na olon-dehibe, na tovolahy na tovovavy, na zokiolona aza, dia samy te hahita ny zava-baovao hasehon'ilay mpamaky tantara mahasondriana ho azy ireo tamin'ny tonontaonan-dririnina.

Hagagana foana ny azy ireo mahita izato ataon'i Jean kely, izay nanjary «kingalahy»: mamoaka riam-bolamadinika avy ao anaty oron'ny tantsaha iray, manova rano ho divay, mampitombo isa atody, mamoa kitapom-behivavy iray sy mampanidina voromailala avy ao, sns... Sady mihomehy ny mpitazana no mitehaka azy.

Mba anisan'ireo lian-kahita izay ataon'i Jean kely koa i Antoine zokilahiny. Saingy tsy mba mamonjy ny laharana voalohany na oviana na oviana izy, fa miafina hitsikilo avy eny am-bodihazo eny. Ary matetika, dia maneso an'ilay «kely kingalahy» izay zandriny fito taona :

- Io indray ilay fatsoralahy ity! Izaho lany mondron-kery miasa eny an-tsaha fa izy kosa mikapotsaka manambàka olona!

Nampijaly an'i Jean izany ataon-jokiny izany. Ary indraindray, voatery mampiato ny fampisehoana izy sy mamerina izany amin'ny toerana lavidavitra kokoa. Amin'izay i Antoine vao tsy manaraby azy intsony.

Eny e! Heverina ho mpanambàka olona «ilay kely kingalahy», nefa tsy mitovy amin'ny hafa rehetra. Fa alohan'ny hiatrehany ny fandaharana farany amin'ny fampisehoana, dia alainy avy any am-paosiny ny sapileny; mandohalika izy ary mitaona ny mpijery rehetra hiara-mivavaka aminy. Indraindray aza dia ny toriteny reny tamin'ny maraina tany am-piangonana no averiny hohenoin'ny besinimaro.

Izany fitaomana ny olona hiara-mivavaka aminy izany, na hihaino ny famerenany ny toriteny tany am-piangonana, no mba fandraisana anjara na vidim-pidirana takìny amin'ny mpijery ny fampisehoana ataony, fa tsy mba mitaky vola toy ny kingalahy hafa rehetra izy.

Asa? Fanambakàna olona angamba izany! Saingy fanambakàna tsy mambotry ny hafa, fa mampahazo tombontsoa an'izay mandeha amin-kitsimpo.

Dia faranan'i Jean kely amin'ny hakingana fitetezana tady amin'izay ny fampisehoana. Matetika aza dia mbola misy vavaka fohy iarahan'ny rehetra manao alohan'ny hisarahana: «Aorian'ny ora vitsivitsy iaraha-mikorana toy ireny - hoy i Jean Bosco nanoratra - rahefa tena vizana be aho, dia ajanona ny lalao rehetra; miara-miventy vavaka fohifohy izahay, dia samy mamonjy ny tokantranony avy».

Tonontaona hafakely teo amin'ny fiainan'i Jean Bosco ihany koa ny tonontaona nahatonga azy ho «kely kingalahy»! Nefa tonontaona tsy azo sarahina amin'ilay tonontaona nanofisany zava-mahagaga...

Kômonio Voalohany

Fa eo anatrehan'izany tonontaona hafakely isan-tokony izany, dia vanin'andro iray tsy azo odian-tsy hita eo amin'ny fiainan'i Jean Bosco ny alahady 26 marsa 1826, andron'ny Paka, izay nandrosoany tamin'ny "Kômonio Voalohany" tao amin'ny fiangonan'i Castelnuovo. Hoy ny rakitsoratr'i Jean Bosco milazalaza momba izany:

«Teo akaikiko mandrakariva ny reniko. Nitondra ahy hikônfesy izy nandritra ny fotoanan'ny Karemy: "Ry Jean zanako, hoy izy, manomana fanomezan-dehibe ho anao Andriamanitra, koa miomàna tsara. Mibebaha tsara, aneneno ny hadisoanao ary manomeza toky an'Andriamanitra fa ho hendry kokoa ianao".

Nampanantenaiko ny zava-drehetra! Fantatr'Andriamanitra kosa raha niraiki-po tamin'ny fanomezan-toky sy ny fampanantenana nataoko aho.

Tamin'ny maraina nanaovako Kômonio Voalohany, dia nanotrona ahy hatreny amin'ny latabatra masina i Neny; niara-nanao ny vavaka fisaorana izahay. Ary nandritra iny andro iny, dia tsy navelany hisahana ny asa aman-draharaha tao an-trano aho, fa nasainy namakiteny sy nivavaka. Sady imbetsaka izy no namerimberina tamiko hoe:

"Vanin'andro lehibe ho anao izany. Noraisin'Andriamanitra ho azy ny fonao. Koa omeo toky Izy ankehitriny fa hanao izay azonao atao ianao hijoro ho tsara hatreo amin'ny farafofonainao. Mandehana matetika manao Kômonio; lazao mandrakariva ny zava-drehetra any amin'ny kônfesy; mahaiza manaiky mandrakariva; mandehana an-tsitrapo mianatra katesizy sy mihaino toriteny; ary ho fitiavana an'Andriamanitra kosa, dia andosiro toy ny aretimandoza ireo rehetra manao resaka vandambandana".

Nanao izay nilaina rehetra aho mba hanatanterahako ny torohevitr'i Neny. Ary toa tsapako fa nanomboka hatramin'izay andro izay, dia mba nisy fihatsarana kely tao amin'ny fiainako, indrindra teo amin'ny fanekena sy ny fankatoavana ny hafa izay nandrenesako dikidiky be ihany matetika».

I Jean sy Antoine

Raha atao indray mijery, dia tonontaom-pahasoavana avokoa ireo «tonontaona hafakely» nasongadin'ny fitantarana hatramin'izao. Tonontaom-pahasoavana ilay nahitana zava-mahagaga tao anatin'ny Nofy fony izy sivy taona! Tonontaom-pahasoavana ny nahatonga azy ho «kely kingalahy» nampitolagaga teo anivon'ny tany amamonina! Ary mbola tonontaom-pahasoavana ihany koa ny nandrosoany handray Kômonio Voalohany tamin'ny alahadin'ny Paka 26 marsa 1826, taorian'ny fiomanana nandritra ny fotoanan'ny Karemy...

Fa volana maromaro taorinan'izany, dia indro koa mbola nisy tonontaona hafakely nisongadina teo amin'ny fiainan'i Jean kely. Tsy mba tonontaom-pahasoavana mivantana anefa izy izay, fa tonontaom-pisedrana.

Tonga ny fotoan-dririnina 1826-1827. Ramatoa Marguerite sy izy telolahy ankizy sisa no tao an-tokantrano, satria efa nodimandry ny reniben'izy telolahy izay renin'Itompokolahy François Bosco, rain'izy ireo. Efa feno 18 taona izao i Antoine. Toa tsapa ho somary mihataka tsikelikely amin'izy telo mianaka izy. Angamba noho ny fahatsiarovan-tenany ho kamboty tanteraka no anton'izao: ny reniny niteraka azy moa efa maty elabe, ka nahatonga an-drainy hanambady indray an-dRamatoa Marguerite; Ingahy François rainy sy ny «renibeny avy amin-drainy» koa izao dia efa samy nodimandry... Koa hahagaga ve raha somary mahatsiaro tena ho irery sy madisadisa izy? Ramatoa Marguerite moa indraindray dia mahazo tenitsitsaroana avy aminy, noho izy fantany fa tsy reniny niteraka azy, na dia efa be mihitsy aza ny ezaka nataony hitondra ampitiavana an'i Antoine toy ny zanany naterany. Fa ny tena tsy azoazon'i Antoine dia i Jean kely, noho izy heveriny ho ampihantahantain-dreniny amin'izany resaka fianarana izany. Tena lasa tsitohinina mihitsy aza i Antoine, ka manjary misafoaka matetika amin'ny fotoana tsy ampoizina. Ary azo lazaina fa nihabe ny disadisa naterak'izany toetran'i Antoine izany tao an-trano, nanomboka hatreo amin'ny faramparan'ny volana ôktôbra 1826.

Efa higadona moa ny tonontaonan-dririnina tamin'izay fotoana izay. Tsy maintsy mijanona avokoa ny lahasan'ny mpamboly eny an-tsaha rahefa ririnina, satria mamirifiry ny hatsiaka sady mirotsaka ny fanala, ka zary rakotry ny ranomandry mangia-potsy ny voaary manontolo. Dia teo amin'izany vanim-potoana izany indrindra Ramatoa Marguerite no nanao tsiliantsofina tao antokantrano fa tokony mbola halefa, mandritra ny taom-pianarana iray, any amin'ny sekolin'i Mômpera Lacqua i Jean kely, mba hahafahany manomboka mianatra teny latinina.

Vao nahaheno izany anefa i Antoine, dia nanangam-bovona tampoka niteny hoe:

- Latinina? Inona no ilàntsika izay latinina ato an-trano? Ny miasa! Ny miasa no ilaina!

Tsy maintsy ho noheverin'i Antoine ho fikasana tsy hay tanterahina ny fikasan-dRamatoa Marguerite hanofana an'i Jean ho pretra. Satria zava-tsarotra izany mahatafita pretra iray izany, raha ny ara-bola no jerena. Izany no nahatonga azy hamerimberina tamin'i Jean fa «tsy latsaky ny iray alina (10.000) lira vao mahatafita pretra iray». Volabe tsy takatry ny fianakaviana tantsaha io, tamin'izany fotoan'andro izany.

Afaka nandeha tany Capriglio hihaona matetika tamin'i Mômpera Lacqua ihany anefa i Jean nandritra iny fotoan-dririnina 1826-1827 iny, na dia teo aza ny fisakanan'i Antoine tsy hianarany. Hanatitra na haka zavatra any Capriglio, any amin'ny Nenitoany (Ramatoa Marianne) sy ny Dadabeny avy amin'ny reniny, no ialàny, ao an-trano; fa rahefa mby any izy, dia manararaotra mandeha any amin'i Mômpera Lacqua.

Saingy nirotoroto ny fandehan-javatra, indray andro, fa vaky ny ady niotrika tao am-pon'i Antoine tao. Hoy ny rakitsoratr'i Jean Bosco nitantara ny teny hentitra nolazain'i Antoine ankaterena tao an-trano ka nahavaky ny ady.

- Ampy izay! Tsy te hahalala ny amin'izany fitsipi-pitenenana izany intsony aho - hoy i Antoine -. Lehibe sy matanjaka aho izao nefa tsy mba namaky izany boky izany na oviana na oviana.

Noho ny alaheloko sy ny hatezerako, dia teny tsy tokony ho nolazaiko no navaliko azy:

- Ny ampondrantsika koa anie tsy tany an-tsekoly na oviana na oviana e! Nefa mbola matanjaka noho ianao izy.

Nampisafoaka tanteraka azy ireo teny ireo, ka nananosarotra mihitsy aho nanao izay hialana tamin'ireo kapoka sy tehamaina nafitsony ahy. Hontsa sy nalahelo tanteraka i Neny, izaho koa nitomany».

Nanomboka hatreo dia disadisa be ihany no nifandraisan'i Antoine sy i Jean tao an-tokantrano. Toy ny romotra mihitsy i Antoine eo amin'ny fifandraisany amin'ity zandriny ity. I Jean koa moa manana izay toetrany tsy manaiky lembenana izay, ka manohitra rahefa anaovan'iry zokiny toetra-tsy zaka. Henjana dia henjana ny tadim-pifandraisan'izy mirahalahy ary madiva ho tapàka aza... Dia inona tokoa? Mbola tsy nisinda akory ny ririnina mamirifiry sy manjombona, dia indro tonga ny tsotsoromamba nisarahana.

Volana febroary 1827 ny andro! Tafavory tao an-tokantrano izy efa-mianaka, indray takarivan-dririnina, ary samy maka ny toerany ao an-tranofiketrehana hiatrika ny sakafo hariva. Namelatra boky anankiray teo akaikin'ny viliany (finga), teo ambony latabatra, toy ny mahazatra i Jean, tamin'iny takariva iny. I Antoine kosa nijery azy. Ary tsy hitahita teo dia nisafoaka i Antoine sady nitrerona mafy hoe:

- Hatsipiko any anaty afo io boky io an!

Niezaka indray Ramatoa Marguerite nandamina ny toe-draharaha, kanjo dia lasa fifamaliana ny azy sy Antoine:

- I Jean anie mba miasa toy ny olon-drehetra ihany e! Koa mampaninona anao moa raha mba mamakiteny izy rahefa avy miasa?

- Mampaninona ahy izany - hoy i Antoine - satria izaho no andry mampijoro ity tanàna ity. Lany mondron-kery miasa aho.

Ary tsy tiako ny hamelona olona ho tsara fivelomana sy hamela antsika hihinan-koba eto.

Nahery vaika koa ny valitenin'i Jean rahefa nandre izany satria tsy ny teny hasetriny no tsy nisy.

Tsy lefitr'i Antoine intsony izany, ka namely amin'izay izy. I Joseph dia mitazana fotsiny, fa raiki-tahotra. Ramatoa Marguerite kosa dia nirotsaka ho mpanelanelana, saingy asa very maina ny azy, satria tsy tana i Antoine. Mihoatra noho ny mahazatra ny kapoka aman-tehamainany niantefa teny amin'i Jean . Atody miady amimbato ihany, i Jean kely vao tsy ampy roa ambin'ny folo taona, raha oharina amin'i Antoine efa sivy ambin'ny folo taona. Teny mangidy sy mandratra no niharo tamin'ny sakafo tamin'izay takariva izay! Teny mavesatra sy mampitomany tsy ahitan-torimaso.

Ranomason-katezerana no nentin'i Jean niakatra natory tamin'iny hariva iny. Fa ranomason'alahelo kosa ny an-dRamatoa Marguerite Occhiena; mety ho tsy nopizin-tory aza izy nandritra ny alina, fa naminavina izay handaminana ity toe-javatra diavin'i Jean sy i Antoine ity. Ny alina manko mitondra fisainana...

Ny ampitso marainan'iny takarivan-kerisetra aman-dranomaso iny tokoa, dia nandray fanapahan-kevitra Ramatoa Marguerite ary nilaza tamin'alahelo tamin'i Jean kely hoe:

- Aleo ianao miala teto an-trano, anaka. Fa tsy hahazaka anao intsony i Antoine. Na ho ela na ho haingana, dia mety handratra anao izy indray andro.

- Dia ho aiza aho, ry Mama? - hoy ny fanontanian'i Jean tena kepoka tanteraka.

Toeram-piompiana teny amin'ny vohitra tsy lavitra loatra an'i Becchi ihany no noheverin-dRamatoa Marguerite handefasana an'i Jean:

- Be ny olona mahafantatra ahy amin'ny faritr'i Moriondo sy Moncucco - hoy izy -. Homen'ny olona asa hatao ianao, na dia mandritra ny fotoana fohy ihany aza. Dia ho hita indray aoriana.

Nandamindamina izay vatsy hoentin'i Jean kely handeha hifindramonina ny reniny, taorian'ny nilazany ny fanapahan-keviny

tamin-janany! Fonosan'entana kely ihany no nomaniny: zara raha nahitana akanjo vitsivitsy miampy boky roa sy sombi-mofo kely iray hohanin'i Jean kely eny an-dalana.

Ary nony nigadona ny marainan'ny andro nanaraka an'iny andro fiomanana iny, dia niainga i Jean kely. Nilaozany tsy fidiny ilay tokantranon-dreniny. Roso ny dia! Mijoro eo an-tokonam-baravarana i Neny Marguerite manara-maso an'ity faralahin'ny ainy vao erotrerony, izay manao tari-dositra moramora eo anivon'ny hirifirin-dririnina. Hofahofan-tanana amim-po mangotsoka no atolony ho fanaovam-beloma an-janany efa hidify ery am-badiky ny havoana mangia-potsin'ny ranomandry sy fanala...

Tsy mpifindramonina fotsiny ihany i Jean kely, raha dinihana, fa tena «mpitsoaponenana» tsy fidiny nitady toeran-kialofana, noho ny herisetra tsy nampandry fahalemana tao an-tokantrano. Ary azo lazaina fa tonontaona hafakely koa izao vanim-potoanan-dririnina nahatonga azy ho «Mpitsoaponenana» vao erotrerony izao! Fa izao fifindra-monina tsy fidiny diaviny amin'ny faharoa ambin'ny folo taonany izao dia hanana ny akony any aoriana, eo amin'ny fikarakarana ireo tanora mpitady ravinahitra na mandranto fahalalana lavitra ny tokantranon-dray aman-dreny...

4

Tantely amam-bahona!

Mpitsoaponenana mitady fialofana

Volana febroary 1827 ny andro! Ririnina mamirifiry sy manjombona no manenika an'i Europe! Nanjombona toy izany koa ny androm-pahazazan'i Jean Bosco tamin'izay fotoana izay, satria voatery nandao ny tokantranon-dreniny nahitany hafanana izy, noho ny herisetran'i Antoine izay tsy nampandry fahalemana azy tao an-tokantrano tao. Tsy mbola ampy roa ambin'ny folo taona akory i Jean tamin'izay, dia efa zary «mpitsoaponenana» sahady.

Eo amin'ny marainan-dririnina mamanala no mandao ny tanànan'i «Becchi» i Jean, mitondra izato entankely mba nomanin-dreniny hoentiny mivahiny. Dia iny izy fa manao tari-dositra tsimoramora, miaritra ny hirifirin-dririnina amim-po vonton'ala-helo. Tsy halahelo tokoa ve raha voatery hisaraka amin-dreny tsy fidiny? Olombelona ihany e! Hofahofan-tanana sisa ifanomezany amin-dRamatoa Marguerite, izay mijoro eo an-tokonam-baravarana manara-maso an'ity faralahin'ny ainy midify miandalana ery amin'ny faratazana... Handeha hitady fialofana any ho any ilay mpitsoaponenana Kely!

Mitety vohitra mangia-potsin'ny ranomandry sy fanala izy ary mizotra mora mandom-baravarana etsy sy eroa, amin'ireo toeram-piompiana nolazain-dreniny azy: mandom-baravarana hitady asa sy toeram-pialofana.

Izay rehetra nifanojo taminy hatramin'izao anefa dia samy milaza fa tsy misy asa ho an-jazalahikely toa azy. Ka aiza no haleha? Ny andro ity efa mitatao vovonana, ny sombi-mofo natao vatsy efa kely sisa; ny fanantenana koa efa mila ho ritra satria

mandà tsy handray azy daholo ny olona raha vao mahita ity hakeliny...

Alanenina sisa no nankanesany nandom-baravarana tao amin'ny fianakaviana Moglia, satria tsaroany ilay hafatry ny reniny hoe: «Ingahy Louis Moglia tadiavina rahefa mby any amin-dry zareo ianao».

Tody eo am-bavahadin'ny tanàna i Jean kely! Indro lehilahy efa somary zokiolona no manombatombana azy sady manakatona tsimoramora ny vavahady:

- Inona no tadiavinao, anaka?

- Asa hivelomana, hoy i Jean namaly!

- Tsara kosa izany ka! Mazotoa mitady! Amin'ny manaraka koa! Mandrapihaona indray...

Miezaka mitazona ny vavahady tsy hikatona kosa i Jean, mandritra izany rehetra izany. Nanangona izay fara herimpo nitampify tao aminy tao izy tamin'izany, satria hoy ny eritreriny hoe: «Tsy maintsy mihaona amin'Ingahy Louis Moglia aho». Dia niditra izy.

Mbola variana manendaka hodi-kazo hamatorana voaloboka, tsy lavitra ny vavahady, ny mpianakavy tamin'io fotoana nidirany io. Ary tovolahy mpiompy iray, mbola eo amin'ny valo amby roapolo taona eo ho eo, no indro gagagaga mijery an'i Jean.

- Mitady an'Andriamatoa Louis aho - hoy i Jean niloabolana.

- Izaho no izy - hoy ilay tovolahy namaly.

- Nirahin-dreniko aho. Nasainy nankety aminareo aho hanao ny asan'ny ankizilahy mpikarakara ny toeram-piompiana omby.

- Fomba ahoana moa no anirahana zaza toa an'ise hiala tao antrano toy izao? Fa iza moa izany renin'ise izany?

- I Marguerite Bosco - hoy i Jean -. Ampijalian'i Antoine zokiko aho, ka dia nasain'i Neny nandeha nitady toeram-piasana an-trano.

- Mampalahelo ise izany! Nefa ririnina izao. Tsy mampiditra mpiasa an-trano izahay raha tsy any amin'ny faramparan'ny volana marsa any. Mahareta kely ary mandehana mody any an-tranon'ise.

Kivy sy rera-po tanteraka i Jean nandre izany, ka tsy tànany intsony ny ranomason'ny fahadisoam-panantenany, fa dia navelany hikoriana nanorika ny tavany. Dia hoy izy sady nigogogogo nitomany:

- Miangavy anareo aho, rey olona ô! Mba tazony aty aminareo aho! Aza omena karama aho nefa aza dia roahina hody any aminay koa. Izay no izy! Hipetraka eto amin'ny tany eto aho ary tsy hihetsika intsony. Ataovy izay tianareo hatao amiko, fa izaho tsy hihetsika intsony.

Dia nanomboka niara-niasa tamin'ny mpianakavy avy hatrany izy teo am-pitomaniana.

Antra an'i Jean Ramatoa Dorothée, vadin'Ingahy Louis, ka niangavy am-badiny niteny hoe:

- Tano eto izy, ry Louis â! Ndeha aloha handramantsika na dia ho andro vitsivitsy ihany aza.

Nangoraka azy koa ilay zazavavy vao dimy ambin'ny folo taona atao hoe: Thérèse, ka nilaza tamin'ny mpianakavy tao antrano hoe:

- Efa lehibe afaka hiara-miasa aminareo eny an-tsaha ihany aho. Ka mety ho azon'io ankizilahy io atao tsara ny misolo toerana ahy eo amin'ny fikarakarana ny trano fitoeran'omby...

Toy izany àry no nahitan'i Jean Bosco, mpitsoaponenana, fialofana tao amin'ny fianakaviana Moglia, tamin'ny febroary 1827. Ary lasa mpiasan-dry Moglia mianakavy izy.

Tsy dia hoe asa mahamenatra na tsy fanao izany mirotsaka ho mpiasa an-trano vao mbola zaza izany. Toe-javatra fahita fahizany ny toy itony, tamin'ny toeram-piompiana maro teny amin'ny manodidina an'i Becchi sy Castelnuovo. Azo lazaina ho lalampivelomana ho an'ny zanaky ny fianakaviana mahantra mihitsy aza ny asa an-trano toy itony. Ka nanjary fanao nahazatra ny tompontoeram-piompiana vaventy maro koa ny mandeha mandranto mpiasa tanora eny amin'ny vohitra manodidina na eny an-tsena, rahefa tonga ny faramparan'ny volana marsa fisandratan'ny lohataona

izay mandimby ny ririnina. Ary saika mitovitovy ny fifanarahana ataon'ny mpampiasa isan-tokony amin'ireo tanora mirotsaka hiasa: valo volana ny faharetan'ny asa (avrily- nôvambra); ny mpampiasa no miantoka ny sakafo sy ny trano ipetrahana ary manome lelavola kely efa nifamerana mialoha mba hamidin'ilay mpiasa fitafiana na zavatra hafa...

Mpiasan-dry Moglia

Mpiasa hafakely

Nanjary anisan'ireny mpiasa an-trano ireny koa i Jean kely noho ny hasiahan'i Antoine zokilahiny tao an-tokantranon-dreny. Miavaka amin'ny mpiasa an-trano hafa rehetra anefa izy.

Tetsy andaniny manko dia tsy mba ny mpampiasa no nandeha nitady azy tany am-bohitra na tany an-tsena, fa izy no nanery ankolaka ny mpampiasa handray azy ary tamin'ny fotoana mbola tsy fitadiavana mpiasa no nanaovany izany: tsy tamin'ny faramparan'ny volana marsa no nahatonga azy ho mpiasan-dry Ingahy Moglia mianakavy fa iray volana talohan'izany (febroary 1827). Tetsy ankilany indray, dia azo lazaina ho tanora noho ny ankamaroan'ireo zazalahy milatsaka ho mpiasa an-trano izy raha ny taonany no jerena: tsy mbola tena ampy 12 taona izy fa vao 11 taona sy enimbolana, tamin'ny fotoana nandaozany ny tanànan'i Becchi tsy fidiny ka nahatonga azy ho «mpitsoaponenana mitady fialofana». Tena mpiasa hafakely tokoa i Jean!

Tojo fianakaviana tsara fanahy sy tia vavaka koa anefa i Jean Bosco, ka azo lazaina fa tsara vintana izy sady «tafahaona ny tia sy ny manina».

Vao andro vitsivitsy fotsiny aza no nikoriana, dia efa loabolana tamin'i Dorothée, vadiny, i Louis Moglia.

- Tsy nanenenana mihitsy ny nandraisana an'ity zazalahy ity ho mpiasa eto an-tanàna.

Hitan-dry zareo tokoa fa mifanentana amin'ny fanirian'ny mpianakavy ny fiaimpiainan'iny mpiasa kely vaovao izay tonga tsy nampoizina nitolo-tena teo an-tanàna.

Fa tsy mba nataon'i Jean kely ambin-javatra ny asa napetraka taminy. Niseho ho fatra-panaiky sy feno hafanampo izy tamin'izany. Ny fikarakarana ny trano fitoeran'omby moa no andraikitra nomena azy, ka dia noraisiny tamim-pahatsorana amin-kafanampo ny adidy mifaningotra amin'izany. Adidy tandrify azy araka izany na dia mafy aza, ny fanaovana isa-maraina ny lafika mololo andrian'ny omby sy ny fitaomana ny zezi-pahitra miavosa halefa any an-dava-jezika. Teo koa ny fandiovana ny omby mihosin-doto sy ny fitondrana ireo biby fiompy rehetra hisotro rano eny amin'ny toerana natao ho an'izany. Ary mbola anjaran'i Jean koa ny mameno mololo ny fihinanam-bilona isan'andro sy ny mitery ronono.

Marihina anefa fa tsy miasa irery i Jean kely amin'izany rehetra izany, satria efa misy mpikarakara omby za-draharaha miara-miasa aminy sy mitari-dalana azy. Ny hany anjarany dia ny manatanteraka ny baikon'ilay mpitari-dalana izay manome azy asa mifanentana amin'ny heriny.

Raha fintinina àry, dia azo lazaina fa tsy nandiso fanantenana ny mpianakavy mihitsy i Jean Bosco teo amin'ny asa nankinina taminy, nandritra ny telo taona, noho ny fahaizany nanaiky ny mpampiasa azy sy noho ny fananany hafanampo amam-pahatsorana.

Tsy nandiso fanantenana ny mpianakavy ihany koa i Jean kely teo amin'ny ara-pivavahana, satria azo nanankinana andraikitra momba izany tao an-tokantrano tao izy... Fa fianakavian'olona katôlika tia vavaka moa ny an-dry Moglia, ka dia zary fahazarana ho an'ny mpianakavy ny miara-mivavaka eny amin'ny takariva amorom-patana, alohan'ny hisarahana hamonjen'ny tsirairay ny fandriany. Nandray anjara tamin'ireny takarivam-bavaka ireny koa i Jean nandritra ny fotoana naha-mpiasa azy tao amin-dry Moglia mianakavy. Hitan'ny besinimaro aza ny hafanampony amam-pahavitrihany tamin'ny vavaka natao hany ka dia izy mihitsy indraindray no niangavian-dRamatoa Dorothée hitarika ny *«Sapile»*

amin'ireny takariva ireny... Vao mainka nampandrobona ny tsirim-pinoana efa nanazaran-dreniny azy tany Becchi izany fandraisana anjara tamin'ny fiainam-pivavahan'ny fianakaviana mpampiasa azy izany.

Raha ny toeram-patorian'i Jean Bosco tao amin-dry Moglia indray no topaza-maso, dia azo lazaina fa tsy mba nihafihafy izy raha oharina amin'ny tany an-tokantranon-dreniny. Efitrano iray madio sy mazava no nomen'Ingahy Moglia hatoriany ary nisy farafara tsara napetraka handriany tao. Nihatsara noho ny tany Becchi ny fari-piainany, raha jerena. Tany an-tokantranon-dreniny manko dia nifampizarany tamin'i Antoine sy i Joseph ny efitrano iray, fa azy irery ihany kosa izany tao amin-dry Moglia. Ary niharihary miandalana fa zary loharanom-pahasoavana ho an'i Jean Bosco ny nahazoany an'io efitrano io hiainana samirery, satria nahafahany nikolokolo ny tsirim-pahalalana kely efa nomen'i Mômpera Lacqua azy. Betsaka moa ny adidy tsy maintsy tontosainy amin'ny maha-mpiasan'olona azy mandritra ny andro, ka tsy mba nahita sombim-potoana kely akory izy hifantohana amin'ny fianarana nahaliana azy efa hatramin'ny taona vitsivitsy. Ny alina mangina maha-irery azy ao an'efitranony ao no sisa hararaotiny amakiana tsikelikely ireo boky nampindramin'i Mômpera Lacqua azy sy nampitondrain-dreniny azy fony izy nitsoaponenana. Andranandrana ihany, teo am-piandohan'ny fonenany tao amin'ny fianakaviana Moglia, no nahasahiany namaky boky alina tamin'ny tapa-jiro napetraky ny tompontrano tao aminy. Tsy nisy nanohintohina tamin'ny andrana nataony anefa izy, ka dia noraisiny ho fahazarana ny mba mamaky boky kely isan-kariva ao an'efitranony, alohan'ny hatoriany.

Tsy sarotiny tamin'izay mba nahadiavolana ny sain'i Jean tokoa ny mpampiasa azy, noho izy nahatoky teo amin'ny asa amandraharaha nankinina taminy sy teo amin'ny toerany mahay manaiky sy mafana fo. Hita taratra izany tamin'ny famelana an'i Jean hamaky boky mangina tao an'efitranony isan-kariva. Ary tsy niafina koa izany tamin'ny fanekena ny fahazoandalana mba nangatahan'ilay mpiasa hafakely. Indray sabotsy hariva izay ohatra, dia nangata-dalana tamin'ny mpampiasa azy i Bosco kely mba havela hitselika vao mangiran-dratsy eny Moncucco ny ampitso

alahady maraina. Tsy sarotiny tamin'izany ny mpampiasa azy, ka dia lasa tokoa izy nony vao mangiran-dratsy ny alahady maraina. Efa tafaverina sahady tao an-trano anefa izy, hamonjy ny sakafo maraina. Ary, tamin'ny folo maraina, dia efa iny indray izy nankeny Moncucco, niaraka tamin'Ingahy Louis Moglia sy ny mpianakavy rehetra, hamonjy ny Sorona Masina Lehibe isan'alahady.

Taorian'izay, raha vao tonga koa ny sabotsy hariva, dia mbola nangata-dalana matetika ho eny Moncucco amin'ny fotoana mahazatra azy i Jean. Tsy sarotiny ny tao an-trano niasany, fa namela azy handeha foana. Nefa lasa eritreritra ihany ry zareo mpampiasa, indrindra Ramatoa Dorothée, satria mahatsiaro tena ho tompon' andraikitra izy eo anatrehan-dRamatoa Marguerite, reniny, momba ny fiaimpiainan-janany. Koa dia niainga nankeny Moncucco talohan'ny mangiran-dratsy izy, indray alahady maraina: niainga hizaha izay anton-dian'i Jean eny. Avy eo amin'ny tranon'ny sakaizavaviny anankiray Ramatoa Dorothée no manara-maso ny fiavian'i Jean eo an-tanàna. Iny tokoa fa tonga i Jean: mizotra mangina miditra ao am-piangonana. Dia narahiny maso ihany koa izay nataon'i Jean tao am-piangonana tao. Ary niharihary taminy fa hay hivavaka no alehan'i Jean eny Moncucco rahefa alahady vao mangiran-dratsy: mandray ny sakramentan'ny fampihavanana (na kônfesy), mamonjy ny Sorona Masina Voalohany ary mandray ny Eokaristia (kômonio). Tsara homarihina kely eto fa mahalankalana ihany no ahazoan'ny olona manao kômonio mandritra ny Sorona Lehibe izay andraisan'ny ankamaroan'ny mpino katôkila anjara. Izay te handray kômonio dia tsy maintsy tonga amin'ny «Sorona manokana» atolotry ny pretra vao maraim-be.

Rahefa nazava tamin-dRamatoa Dorothée ny anton-dian'i Jean Bosco isan'alahady vao mangiran-dratsy eny Moncucco, dia nomeny fahazoan-dalana mazava ilay mpiasa hafakely:

- Manomboka androany, raha te handray anjara amin'ny sorona manokana ianao, dia ataovy izay tianao. Fa tsy ilaina intsony ny mangataka fahazoan-dalana momba izany.

Mazava izao ny lalan-kombana. Fahasoavana ho an'i Jean ny tojo mpampiasa malemy fanahy. Nanjary lala-mahazatra azy ny mankeny Moncucco isan'alahady vao mangiran-dratsy. Ary nohararaotin'i Jean ny fotoana toy ireny hamborahana ny raki-

piainany tamin'i Mômpera Cottino, mpiandraikitra ny Fiangonan'i Moncucco. Noborahiny tamin'io raiamandreny am-panahy io ny faniriany ho pretra rahatrizay ary nolazalazainy taminy koa ny zava-tsarotra mbola diaviny. Dia nankahery azy i Mômpera Cottino mba hitandro ny fahazotoana ara-pinoana, ka hikônfesy sy handray kômonio isan-kerinandro, hanokam-potoana ivavahana isan'andro sy hatoky am-paharetana an' Andriamanitra-Fitiavana satria raha sitrak'Izy Tompo, dia hikoro foana ihany ny zava-manahirana rehetra. Namporisika azy koa ilay pretra nitokisany mba tsy hanapahany ny fianarany.

- Vonona ny hampianatra teny latinina anao aho amin'ny hoavy - hoy i Mômpera - raha ohatra ka tsy mifanipaka amin'ny asanao izany, fa efa azoko atao dieny izao kosa ny mampindrana anao boky vitsivitsy.

Arak'ireo hafatra napetrak'i Mômpera Cottino taminy, dia niezaka nitandro ny fahazotoana ara-pinoana tokoa i Jean. Nanokam-potoana hivavahany izy, isan'andro vaky. Vao mainka aza nanamafy orina izay harem-pinoana nomen-dreniny azy tany Becchi ny toro-hevitra amam-pankaherezana avy amin'ilay pretran'i Moncucco. Dia efa nihanahazo fototra teo amin'ny fiainan'i Jean Bosco ny asa tsy sarahim-bavaka! Nanao izay tratry ny heriny izy hanatontosana ny asa napetraka taminy, nefa koa tsy nataony ambanin-javatra ny fivavahana teny anivon'ny asa nosahaniny. Fototra iorenan'ny fanatontosana ny asa ny vavaka atao, ho an'i Jean, ary mitera-bokatsoa ny asa tsy sarahim-bavaka: *«Raha tsy ny Tompo no manorina ny trano, dia zary miasa foana izay manorina azy ireny!» (Sal 126,1)*

Tonga tsy nampoizina tamin'ity zava-dalina ity tokoa, indray mandeha, ny resak'i Jean kely sy Ikaky Joseph, dadatoan'Ingahy Louis Moglia, mpampiasa azy, ka dia nazava teo ny fomba fijerin'i Jean: tsy azo sarahim-bavaka ny asa. Mitataovovonana ny andro tamin'izay. Tonga ny fotoana tokony hialana sasatra kely. Mamonjy fodiana ny mpiasa eny an-tsaha! Iny koa eny Ikaky Joseph milanja angady mamonjy fodiana! Drodroky ny lahasa sy ny hafanana mampivoa-dinitra anefa ilay zokiolona, dia mba namonjy nipetraka teo ambony mololo izy aloha haka aina kely... Mandritra izay

fotoana izay kosa, dia mbola manakoako mitanisa ny Anjelisy *(Angelus)* ny lakolosin'ny Fiangonan'i Moncucco. Fotoam-pivavahana izany ho an'i Jean Bosco, araka ny nanazaran-dreniny azy. Mbola eo anivon'ny mololo tsy lavitra an'Ikaky Joseph indrindra izy tamin'izay. Vao naheno ny feon-dakolosy nanakoako avy eny am-piangonana izy, dia nandohalika niventy ny *«Anjelin'Andriamanitra nilaza tamin'i Maria»*.

Tsinjon'Ikaky Joseph tsinahy izay nataon'i Jean kely ka velomonomonona izy hoe:

- Hay kosa! Izahay mpampiasa matin'asa hatramin'ny maraina ka hatramin'ny hariva ary lany mondron-kery mihitsy. Fa mandritra izany fotoana izany kosa ry zalahy mpiasa maka miadana sy lany andro mivavaka ao amin'ny fiadanan'Andriamanitra.

Dia namaly araka ny fomba nitenenan'ilay zokiolona ihany koa i Jean:

- Raha izany hiasa izany, ry Ikaky Joseph, dia fantatro tsara fa tsy mba mitaredretra aho, fa tena miolomay. Nefa nampianarin-dreniko ahy fa raha mivavaka, dia hamokatra salohy efatra ny voa roa afafy, fa raha tsy izany kosa dia salohy roa no hateraky ny voa efatra afafy. Noho izany, dia tsara raha mba mivavaka kely koa ianao.

- Ekena e - hoy sisa ilay zokiolona -. Manana Mômpera koa izahay izao ato an-trano.

Rahefa tonga ny fizaran-taona mibaliaka, dia alefa miandry omby i Jean: anjarany ny miambina an'ireo omby ireo tsy hankany an-tanimbolin'olon-kafa ary tsy maintsy ataony andrimaso tsara koa izy ireo mba tsy hiraotra ahitra mando loatra na hifanoto. Manan-javatra kendrena lavitra ezaka moa i Jean, ka dia hararao-tiny koa ireny fotoana iandrasana omby ireny mba hamakiam-boky kely. Tsy dia sarotiny taminy anefa Ingahy Louis Moglia rahefa mahita azy sondriana toy izany, eny ambany alokaloky ny hazo midoroboka eny, saingy mba lasa eritreritra ihany izy , ka velom-panontaniana:

- Fa dia nahoana loatra ise ity no mamaky boky toy izao e!

- Te ho pretra aho - hoy i Jean mamaly.

- Mba fantatri'ise moa fa izay te hianatra, amin'izao fotoana izao, dia tsy maintsy manana iray alina lira (10.000 lira) any ho any. Ka aiza no hahitan'ise an'izany?

- Raha sitrak'Andriamanitra ny haha-pretra ahy, dia tsy maintsy hisy olona hiantoka izany.

Toa an'Ingahy Louis, dia mba velon-teny koa i Anna kely zanany vavimatoa vao valo taona monja, rahefa mahita an'i Jean variana mamaky boky fa tsy mba manopy maso aminy milalao. Tezitra mihitsy aza izy indraindray:

- Jean! Avelao io vaky boky io!

- Ho pretra anie aho indray andro any e! Tsy maintsy hitoriteny sy hampikônfesy aho.

- Ho pretra aho, ho pretra - hoy ny eson-tenin'i Anna mamaly azy -. Hijanona ho mpiandriomby ianao!

Fa indray andro, dia mba namaly izany eson-teny izany ihany i Jean kely:

- Ry Anna, maneso sy manaraby ahy ianao ankehitriny. Fa indray andro any, dia ho avy hikônfesy amiko ianao.

Nanambady i Anna taty aoriana ary lava andro niainana tao Moriondo. Notantarainy matetika tamin'ireo zanany izany sombintantara izany. Ary inefatra na indimy isan-taona izy no mandeha mihaona amin'i Mômpera Bosco hikônfesy aminy. I Mômpera Bosco kosa nandray azy an-kafaliana toy ny anabaviny.

Rahefa mirotsaka kosa ny ririnina mamanala sy mahangoly, dia mba avelan'ireo mpampiasa azy handeha tsindraindray hianatra eny amin'i Mômpera Cottino, eny Moncucco i Jean. Saingy kely ihany ny zava-bita tamin'izany, rahefa atao indray mijery, sady tsy nahitam-bokatsoa firy koa, satria nahalana ihany ny fandehanany

nianatra teny Moncucco (tsindraindray, ka dia nifanalavitra noho izany koa ny fijerena ny lesona mifanarakaraka).

Tsy very maina kosa ny fandehanany teny Moncucco sy ny fifaneraserany tamin'i Mômpera Cottino, satria nampitsimoka ny fifankahazoany tamin'ny ankizilahy maro tao an-tanànan'i Moncucco. Ary nanjary ambohipihaonan'ireo mpifankahazo ny efitra iray tao amin'ny tranon'i Mômpera rahefa alahady. Efitrano fampianaran'i Mômpera Cottino izy io amin'ny andavanandro; fa fivorian'i Jean Bosco miaraka amin'ny namany kosa ao rahefa alahady. Ao izy no maneho ireo hakingana mahavariana samihafa efa nampalaza azy tany Becchi, mba ho hitan'ireo sakaizalahiny eto Moncucco, ao no amakiany amin'izy ireo ny sombintantara maro faran'izay mahasondriana notsongaina tao amin'ny Tantara Masina ary mbola ao koa izy no mampivavaka azy ireo.

Fa rahefa ratsy kosa ny andro ka tsy afaka mankeny Moncucco izy, dia tonga mamonjy eny an-tananan-dry Moglia hihaona aminy ireo ankizilahy sasany avy amin'ireo toeram-piompiana eny amin'ny manodidina eny. Dia manampy azy ireo hiala voly izy ary manazava ny katesizy amin'izy ireo koa...

Toy izany àry ny fiaimpiainan'i Jean Bosco tamin'ny nahampiasa azy tao amin'ny toeram-piompian-dry Ingahy Moglia mianakavy. Telo taona latsaka kely no niasany tao (febroary 1827-nôvambra1829) noho ny setrasetran'ny tsy fitovizam-pijery tamin'i Antoine, zokilahiny, ka nahatonga azy ho mpitsoaponenana vao erotrerony. Tantely amam-bahona ihany ny fisedrana nianjady taminy raha atao indray mijery. Vahona mangidy satria sady voatery nampiato ny fianarana efa nahitany rirany teny Capriglio. Tantely mamy kosa satria tsy nijaly izy tao amin-dry Moglia sady afaka nanampy ankizilahy maro hafa ankoatr'ireo efa nahazatra azy tany Becchi sy ny manodidina. Vao mainka niha-marim-pototra tamin'izany ilay nofy hafakely nahitany zava-maro tao Becchi tao. Ary mbola tantely mamy norantovin'i Jean Bosco tamin'izao naha-mpiasan'olona azy izao koa ny fahatsapana fa «tsara fototra ny asa tsy sarahim-bavaka».

Fahasoavana tsy hay kosehina nitsimoka avy tao anatin'ny fisedrana mangidy, noraisina am-pinoana sy am-pitiavana, izany sombin-tantely samihafa izany!

Fahasoavam-baovao

Tsy nahalala izay ho vokatry ny ampitso tsy hay vinavinaina amin'ny endriny manontolo i Jean, fa ampy ho azy ny nandray ampo sy nivelona ilay hafatr'i Mômpera Cottino hoe:

- Mivavaha hatrany fa raha sitrak'Andriamanitra, dia hiravona mora foana ny zava-tsarotra rehetra.

Nikorisa ny andro maro sy ny volana isan-tokony ka nitambatra ho taona. Fa i Jean kosa tsy nitsahatra nivavaka sy nametraka ny hoaviny teo am-pelatanan'Andriamanitra, nandritra izany fotoana izany. Dia inona tokoa fa niposaka ny mazava atsinanana! Misary zoro ny fahasoavam-baovao.

Fikarohan-dalam-baovao

Tsilo tafatsatoka tao am-pon-dRamatoa Marguerite tao ny fandaozan'i Jean an'i Becchi sy ny fipetrahany maharitra tsy fidiny tany amin-dry Moglia. Noresahiny tamin'Ingahy Michel, anadahiny, ny momba izao olana mianjady amin'i Jean kely zanany izao. Koa rahefa nanakaiky ho tapitra ny fe-potoana fampiasana mpikarama isan-taona eny ambanivohitra (31 marsa - 11 nôvambra) dia lasa Ingahy Michel nihaona tamin'i Jean, zanak'anabaviny, teny amin-dry Moglia.

Teo am-pamoahana omby indrindra i Jean no tonga Ingahy Michel. Avy dia napetrany tsotra tamin'i Jean ny vain-dohampanontaniana raha vao vita ny fifampiarahaban'ny mpianaka:

- Ka ahoana, ry Jean â? Mahafaly an'ise ve ny mipetraka aty? Eny sa tsia?

- Tsia! Marina aloha fa tsy ampijalian'ny olona aho eto; nefa te-hianatra aho. Mandeha sy mikoriana ny taona maro! Efa mihoatra ny efatra ambin'ny folo taona aho izao! Nefa dia volan-kakafotra ihany ny fianarako hatramin'ny telo taona no ho mankaty: ny omaly tsy miova!

- Raha izany àry no izy, dia ampidiro ireo omby ireo ary mandehana mody eny Becchi. Hiresaka amin'ireo mpampiasa an'ise aho, avy eo dia hiantsena eny Chieri aho. Nefa tsy maintsy handalo eny aminareo aho, anio hariva! Dia halamintsika amin'ny toerany ny zava-drehetra.

Lasa namboatra ny entankeliny i Jean. Ary nametra-beloma tamin'ny mpianakavy rehetra tao amin-dry Moglia izy. Dia nizorany ny lalana mankany Becchi, saingy tsy azo nokosehina teo amin'ny tantaram-piainany intsony ny telo taona tao amin-dry Moglia: satria tsy voafetra teo amin'ny maha-mpiasa sy mpampiasa intsony ny fifandraisana, fa nanjary mpinamana tsy nifankafoy, nandritra ny fiainana, ry Jean mbamin-dry Moglia...

Mbola teny lavidavitra ny tanànan'i Becchi teny i Jean, dia efa tsinjon-dreniny sy fantany, ka dia niolomay Ramatoa Marguerite nitsena azy:

- Ao an-trano i Antoine, anaka. Ka mahareta kely. Miafena aloha ianao mandra-pahatongan'i Dadatoanao Michel. Raha hitan'i Antoine manko ianao, dia hoheveriny fa miray tsikombakomba isika mianaka, ka tsy fantatra izay mety hitranga.

Dia lasa izy nisitrika haingana tao anjoron'ny fefy zava-maniry sy nitady toerana hipetrahana tao an-tevana iray. Ary azony an-tsaina teo fa tsy tena milamina ny toe-javatra.

Efa nikitroka ihany ny alina vao tody tao an-tanàna avy eny Chieri i Dadatoa Michel. Naka an'i Jean efa ngolin'ny hatsiaka tao an-tevana niafenany izy, dia nitondra azy nody tao an-trano. Mbola tsapa ho henjana ny fihaonana tamin'i Antoine, nefa tsy nisy ady aloha. Efa feno iraika amby roapolo taona moa izao i Atoine ary hanambady tsy ho ela intsony izy. Nohazavain-dry Dadatoa Michel taminy ny momba an'i Jean sy ny hoaviny. Koa rahefa azon'i

Antoine antoka tamin'izany fa tsy hitambesatra aminy ny famelomana an'i Jean sy ny fiantohana ny fianarany, dia tsy niseho ho sarotiny intsony izy.

Fahasoavam-baovao miditra eo amin'ny fiainan'i Jean izao firavonan'ny hàlozàn'i Antoine izao, satria mba afaka milamintsaina izy ankehitriny amin'ny fiaraha-miaina ao an-trano. Tsy mbola voavaha tanteraka kosa anefa ny olana mikasika ny hoaviny ara-pianarana. Nandeha nihaona tamin'ireo pretra mpitondra an'i Castelnuovo sy Buttigliera Ingahy Michel ary niala nenina nitady toerana hametrahany an'i Jean, zanak'anabaviny, mbola te-hianatra mba ho tonga pretra. Tsy nahita mangirana tamin'izany fikarohandalam-baovao izany anefa i Dadatoa Michel. Koa inona àry no hatao? Aiza ny lalan-kizorana?

Pretra tolojanahary

Tsy vao voalohany akory no nianjadiam-pisedrana toy izao ny androm-piainan'i Jean kely. Nanjary tandra vadin-koditry ny fiainany mihitsy aza ny fisedrana maro loko, ka tsy nahataitra azy firy intsony aza ny sedra sasany. Nikolokolo azy hahari-pery sy ho lalim-pinoana aza ny zava-tsarotra nodiaviny, ka tsy voahozongozona fa vao mainka nihamafy fototra ilay toe-panahy nentiny niatrika ny zava-misy: «Raha sitrak'Andriamanitra... Dia hiravona mora ihany ny zava-tsarotra rehetra».

Dia inona tokoa fa tonga tamin'ny fotoana tsy nampoizina ny vahaolana nahavelom-panantenana. Nisy pretra anankiray tolojanahary nanaiky hanampy an'i Jean teo amin'ny fiomanany ho pretra.

Efa zokiolona ihany io pretra tolojanahary io, satria efa fitopolo taona izy tamin'ny nôvambra 1829 nihaonany tamin'i Jean. Niandraikitra ny paroasin'i Bruino nandritra ny fotoana ela izy, saingy tsy afaka nisahana izany andraikitra izany hatramin'ny taon-dasa, noho ny fahanterany sy ny fahasalamany marefo. Mpiasa mahatoky sy ela nihetezana efa mendrika hiala sasàtra koa izy. Tao Morialdo tsy lavitra an'i Becchi izy no niorim-ponenana hiaina ny fahanterany nanomboka tamin'ny septambra 1829. Jean Melkior

Calosso no anarany. Ary kisendrasendra no nihaonany tamin'i Jean Bosco kely.

Nôvambra 1829 tamin'izay, izany hoe: tamin'ny vanimpotoana nodiavin'i Jean tao Becchi ary volana vitsy taorian'ny nahatongavan'i Mômpera Calosso tao Morialdo. Nisy andrompivavahana amam-pitorianteny lehibe niantsoana ny Kristianina tamin'ny manodidina tao Buttigliera, indray mandeha. Samy nankany hamaly ny antso niampita i Mômpera Calosso sy i Jean. Nony nirava ny fivoriana dia samy namonjy fodiana ny mpino isantokony. Dia teny an-dalam-podiana teny no nahatazanan'i Mômpera Calosso zazalahikely iray efatra ambin'ny folo taona, mandeha irery eo anivon'olona marobe.

- Avy aiza moa ianao, anaka - hoy ilay pretra zokiolona mantsy an'i Jean Bosco?

- Avy eny Becchi aho, fa mba nandeha nihaino ny toritenin'ireo misiônera teny Buttigliera aho, Mômpera.

- Ka mba inona moa izao no zavatra azon'ise tamin'ireny ventin-teny tamin'ny teny latinina ireny?

Ary nitsiky izy sady nikifikifi-doha moramora no niteny hoe:
- Azo antoka fa ny renin'ise no tokony ho nanao toriteny mifanentana amin'ny lohan'ise.

- Marina, Mômpera, fa manao toriteny tsara ho ahy matetika ny reniko. Nefa toa tsapako fa azoko tsara koa ny voalazan'ireo misiônera.

- Marina ve? Raha mahaverina teny efatra amiko tamin'ny toriteny androany ise, dia homeko vola.

Dia nanomboka niteny tsimoramora i Jean ary namintina ny toriteny manontolo hatrany am-boalohany ka hatrany amin'ny farany, toy ny olona mamaky boky.

Niezaka tsy naneho ny fihetseham-pony amam-pahagagany i Mômpera Calosso, na dia tena zendana aza. Ary nametra-panontaniana hoe:

- Fa iza moa no anaran'ise ity?

- Jean Bosco! Mbola zaza kely aho, dia efa maty ny raiko.

- Sekoly taiza moa no nianaran'ise?

- Nianatra namakiteny sy nanoratra teny amin'i Mômpera Lacqua teny Capriglio aho, saingy tsy te-hahalala ninoninona momba izany i Antoine zokilahiko. Ry Mômpera eny Castelnuovo sy Buttigliera koa tsy manam-potoana hanampiana ahy.

- Fa nahoana moa ise no te hianatra?

- Mba ho pretra rahatrizay.

- Ilazao àry ny renin'ise mba hijery ahy eny Morialdo. Fa angamba aho mbola afaka hanome fanampiana kely ho an'ise ihany, na dia efa antitra aza.

Dia lasa nihaona tamin'i Mômpera Calosso tokoa Ramatoa Marguerite, rahefa naharay ny hafatra nentin'i Jean. Ary hoy i Mômpera Calosso taminy:

- Manana fitadidiana mampitolagaga iny zanakao iny. Tsy maintsy mirotsaka mianatra avy hatrany izy ka tsy hanary fotoana. Efa be taona ihany aho, nefa hanao izay rehetra azoko atao aho.

Dia nifanaraka izy ireo fa ho tonga hianatra eny amin'i Mômpera Calosso, eny Morialdo, i Jean, ka ny alina hatory ihany izy vao mody eny an-trano ary hanampy ny fianakaviana izy mandritra ny fotoanan'ny fiasana amam-pambolena eny an-tsaha. Niaranitosaka tamin'i Jean tamin'izao fahitana pretra tolojanahary izao ny fahasoavan-tsamihafa banga teo aminy efa hatramin'ny ela: fikolokoloan'ny ray, filaminan-tsaina ary fahatokisana. Hoy tokoa ny rakitsoratr'i Jean Bosco, taty aoriana, mamisavisa izay fotoanan'ny fahasoavam-baovao izay:

«Nametra-tena avy hatrany teo am-pelatanan'i Mômpera Calosso aho. Nampahafantariko azy ny mombamomba ahy rehetra. Nankiniko taminy izay rehetra mba noheveriko sy nolazaiko. Ary tsapako tamin'izay ny lanjan'ny «fananana olona mpitantana maharitra na sakaiza mahatoky ara-panahy tsy mba nananako hatramin'ny elabe. Anisan'ny tolo-kevitra nomeny ny fandrarana

ahy tsy hanao fampijaliantena anankiray izay efa nandraisako fahazarana nataoko tamiko, nefa mbola tsy mifanentana tamin'ny taonako. Nampirisika ahy hikônfesy sy handray kômonio izy ary nampianatra ahy hanao fandinihana fohifohy eo anatrehan' Andriamanitra isan'andro, na hanao vakiteny masina kely, raha tiako».

Lavo ilay andrim-panantenana

Arakaraka ny nahabe ny fotoana nifandraisan'izy ireo no vao mainka nahatsara ny fikarakaran'i Mômpera Calosso an'i Jean. Teny amin'ny volana septambra 1830 teny, dia lasa nipetraka teny Morialdo, teny amin'ilay pretra zokiolona mpampianatra azy, mihitsy i Jean. Indray mandeha isan-kerinandro izy no mody eny an-tanàna hisolo lamba sy fitafiana. Feno dimy ambin'ny folo taona i Jean tamin'izany.

Nandroso tsara sy haingana tokoa ny fianarany, teo anivon'izany rivo-piainana nahitany fitokisana sy fiadanan-tsaina izany. Andrim-panantenana ho an'i Jean ilay pretra tolojanahary, ka nirehidrehitra ery ny fony rahefa nahatsiaro izany tonontaona izany taty aoriana:

«Tsy misy olona afaka hisaintsaina ny fahafahampoko. Notiaviko toy ny raiko i Mômpera Calosso, ka tsy nitsahatra ny nanampy azy aho raha vao nisy hirika nahafahako nanao izany. Naneho fitiavan-dalina tamiko iny olon'Andriamanitra iny ary tsy nitsahatra namerimberina tamiko imbetsaka hoe: "Aza manahy ny amin'ny hoavin'ise. Fa raha mbola velona koa aho, dia tsy havelako ho orin-javatra ise. Ary na ho faty aza aho, dia tsy maintsy hitsinjo izay ilain'ise koa aho". Tena nahatsiaro sambatra tanteraka aho no indro tonga ny loza amin'antambo nampirodana ny tsirim-panantenana rehetra tato amiko».

Indray marainan'ny nôvambra 1830 tokoa, raha mbola teny an-tanàna nisolo lamba i Jean, dia indro nisy olona tonga nilaza taminy fa marary mafy i Mômpera Calosso.

Toy ny nanidina i Jean namonjy azy, araka ny rakitsorany, fa tsy nihazakazaka. Tapaka lalan-dra ilay pretra mendri-kaja. Mbola nahatsiaro saina sy nahalala an'i Jean izy teo amin'ny fotoana farany, saingy tsy afa-niteny taminy intsony. Fanalahidim-batasarihana anankiray no natolony an'i Jean ary toy ny te hilaza taminy izy mba tsy hanome izany fanalahidy izany ho an'olonkafa mihitsy... Dia izay no izy! Nodimandry i Mômpera Calosso!

Lavo teo ilay andrim-panantenana niankinan'i Jean. Nirodana niaraka taminy koa ny fanantenana rehetra novimbininy. Ranomaso havozona ny an'i Jean nitomany an'ilay rainy faharoa.

Eny e! Raha ny marina dia mbola nisy tsilopim-panantenana kely ihany, satria teo ilay fanalahidy natolotr'i Mômpera Calosso ho azy. Vola eninarivo lira no notahirizin'ilay vatasarihana nihidy tamin'io fanalahidy io. Araka ny fihetsika nataon'i Mômpera Calosso sy ny fahazoan'ny olona sasany izay nanatri-maso ny zava-niseho tamin'io fotoana farany io, dia voatokana ho an'i Jean sy ny hoaviny ireo vola ireo.

Nefa nisy olona anankiray koa nilaza fa tsy misy na inona na inona ambaran'ny fihetsiky ny olona miala aina: «ny didimiafina voasoratra ara-dalàna ihany no manome hery na manesotra ny zo» araka ny filazany.

Sahiran-tsaina noho izany i Jean Bosco. Koa rahefa tonga ireo zanaky ny mpiraitampo amin'i Mômpera Calosso, dia nomeny azy ireo ilay fanalahidy sy ny sisa rehetra.

Marina fa tonga tsy nanao an-keriny izy ireo, fa nandeha ampahatsorana. Rahefa avy nanadihady ny momba an'i Mômpera Calosso, dadatoany, izy ireo, dia nilaza tamin'i Jean hoe:

- Tian'ny dadatoany hapetraka ho anao, hono ireto vola ireto. Koa raiso daholo izay tianao.

Nefa nieritreritra kely i Jean ary nilaza hoe:

- Tsy mila ninoninona aho!...

Tsotra ny famintinan'i Jean izany zava-nitranga izany ao amin'ny rakitsorany: «Tonga ny mpandova an'i Mômpera Calosso; dia naveriko tamin'izy ireo ny fanalahidy sy ny sisa rehetra».

Mamin'i Jean Bosco ny fiadanan-tsaina amam-panahy, ka izany no nanapahany hevitra hanalavitra ny raharaham-bola mahabe eritreritra. Ho hita taratra mandrakariva io fikatsahany ny fiadanana anaty io. Izany no nandraisany fehezanteny anankiray izay, ho baikom-piainany: «Omeo fanahy hokarakaraina aho, fa ny sisa tsy mahataitra ahy...»

Tantely aman-bahona koa ny fiainan'i Jean hatramin'ny nandaozany ny fiainana maha-mpiasa azy tao amin-dry Moglia. Tantely satria efa mba nilamindamina ny fifandraisany tamin'i Antoine zokilahiny, ka afa-niaina tao an-tokantranon-dreniny indray izy. Sady teo koa ny fahavelomam-panantenana lalina sy nahasambatra azy, noho ny fikarakaran'ilay pretra tolojanahary azy ara-panahy sy ara-pahalalana. Nefa vahona mangidy koa: satria lavo teo amin'ny fotoan-tsy nampoizina i Mômpera Calosso, andrim-panantenany...

Feno dimby ambin'ny folo taona izao i Jean. Irery indray izy tsy misy mpampianatra, tsy manam-bola sady tsy manana soridalana hanatrarana ny hoavy.

Lavo ilay andrim-panantenana zary rainy faharoa, sady tia azy no tiany! Ranomason'alahelo no nanjemby izany masony! Fahoriana tsy hay lazaina no nandrotika ny fony! «Nitomany aho - hoy ny raki-pahatsiarovany - Ary tsy laitra nampiononina!»...

5

Aiza indray no haleha?

Indray marainan'ny volana nôvambra 1830 tamin'izay! Nodimandry teo amin'ny fotoana tsy nampoizin'i Jean Bosco i Mômpera Calosso ilay pretra tolojanahary nampitsimoka indray ny herim-panantenany lalina sy nanome azy ny hafaliana maha-sambatra noho ny fitiavan-dray nasehony.

Very andry niankinana sy ray faharoa i Jean, ka nahatsiaro tena ho irery ary velon-tomany tsy laitra nampiononina! Aiza indray moa izao no haleha?...

Ady sarotra nodiavina tao Castelnuovo

Ny alina anefa mitondra fisainana!

Tsy nihemotra teo anatrehan'ny finiavany mangina hampandroso an'i Jean ara-pianarana Ramatoa Marguerite, reniny, ka nanapa-kevitra hizara ny fananam-pianakaviana tamin'ireo zanany, araka izay tandrify azy avy, mba hialana amin'ny fisakanan'i Antoine an'i Jean tsy hanohy fianarana.

Nozaraina avokoa na ny tanimboly teny an-tsaha na ny trano fonenana. Efa hampakatra an'i Anna Rosso avy eny Castelnuovo ho vadiny rahateo koa i Antoine (21 marsa1831), ka dia nomena azy ny ilan-trano iray sy ny anjara-tanimboliny hizakany tena. Izy telo mianaka kely sisa kosa nanohy nipetraka tao amin'ny ila-trano faharoa sy niezaka namelo-tena tamin'izay mba tanim-bolikeliny.

Desambra 1830! Voasoroka tamin'ny alalan'ilay fizarampananana ny mety ho fisakanan'i Antoine an'i Jean tsy hanohy

fianarana! Roso ary ny dian'i Bosco kely handranto fianarana teny Castelnuovo.

Tao amin'ny sekolim-bahoaka teny Castelnuovo i Jean Bosco no nanohy ny fianarany. Ankoatra ny fampianarana fototra izay nisy ambaratonga dimy, dia nanokatra fampianarana teny latinina misy ambaratonga dimy ihany koa ny Firaisan'i Castelnuovo. Nefa vitsy loatra moa ny mpianatra isan'ambaratonga, ka dia natambatra tao amin'ny efitrano iray ihany izy rehetra. Ary tokana ihany koa ny mpampianatra niandraikitra azy rehetra: i Mômpera Emmanuel Virano.

Ady sarotra no natrehin'i Jean Bosco tao Castelnuovo, raha fintinina, satria feno fihafiana sy nosembanim-panenjehana amam-piavonavonana ny rivo-piainany tao.

Fiainam-pihafiana

Dimy kilômetatra ny elanelana manasaraka an'i Becchi amin'i Castelnuovo. Nefa dia nodiavin'i Jean inefatra isan'andro izany teo am-piandohan'ny fianarany teny Castelnuovo. Satria adiny enina sy sasany isan'andro ny ora ianarana: adiny telo sy sasany ny maraina ary adiny telo ny tolakandro. Miainga maraina mivatsy ny tapa-mofokeliny avy eny Becchi ho eny Castelnuovo i Jean, dia miverina mamonjy sakafo eny Becchi izy ny antoandro. Avy eo, dia miainga avy hatrany indray izy hamonjy fianarana ary mody eny an-trano koa ny hariva. Roapolo kilômetatra isan'andro no ataon'i Jean an-tongotra, rahefa atambatra. Ady sarotra ihany izany, indrindra tamin'ny fotoana voalohany nirotsahan'ny fanalan-drirînina.

Nitadiavan'Ingahy Michel, dadatoany, lalana ihany izy nony afaka andro vitsivitsy. Mafy loatra tokoa izany manala dimy kilômetatra inefatra isan'andro izany, koa mba niangavian'Ingahy Michel hanome trano hisakafoanany ilay mpanjaitra sady mpahay zava-maneno fanta-daza eo amin'ny tany ama-monina: Ingahy Jean Roberto. Nanomboka nitondra sakafo avy eny Becchi indray

i Jean; dia tao amin'Ingahy Roberto izy no manapitra ny «iray viliany» isan'antoandro. Folo kilômetatra sisa mba ataony isan'andro.

Mbola ady sarotra ihany anefa ny manefa izany isan'andro, indrindra amin'ny fotoan'ny ririnina mampangia-potsy ny vohitra tetezina. Mizotra amin-kerim-po foana i Jean. Ary rahefa mirotsaka ny orana ka manova ny lalana ho riam-potaka, na rahefa lasa toeram-pikorisàna noho ny ranomandry ny lalana, dia esoriny ny kiraro ary lanjainy. Dia toy izany foana ny fiaimpiainany isan'androm-pianarana, nandritra ny fotoana ela ihany: ny orana, ny rivotra ary ny fanala na ny masoandro sy ny vovoka no mba mpiara-dia aminy eny an-dalana ombana! Fiainam-pihafiana tokoa! Indraindray aza, nandritra ny volana janoary, dia tsy narisika mihitsy izy ny hody eny Becchi rahefa hariva, noho ny fisian'ny tafiodrivotra mahery vaika sady mamanala: aleony mamoy ny sakafo hariva sy mangata-dalana amin'Ingahy Roberto hatory ao an-tranony, eo ambany tohatra toy izay hisedra ny tafiotra mamanala mandritra ny dimy kilômetatra.

Azon-dRamatoa Marguerite tsara ny herin-drirînina tetezin-janany ary mety hanimba ny fahasalamany tanteraka. Koa dia lasa nifampiraharaha tamin'Ingahy Roberto izy mba handray an'i Jean ho kilasimandry ao aminy, raha mety. Tsy sarotiny ilay mpanjaitra ny handray an'i Jean hiara-mipetraka aminy, ka dia natao tery omby ririnina ihany ny fifanarahana mba tsy hisian'ny zara mita-nila. Ramatoa Marguerite ihany no miantoka ny mofo hohanin'i Jean isan'andro mandritra ny fotoana tiany hipetrahana ao amin'ny trano nitadiavany fialofana. Ingahy Roberto mpanjaitra kosa no miantoka lasopy mafana ho an'i Jean isan'antoandro sy hariva sady hanome ny toerana eo ambany tohatra hatoriany, ary vola kely azon-dRamatoa Marguerite aloa sady azo soloana voamaina na divay no mba nangatahany ho sandan'izany.

Dia naterin-dreniny honina feizay teny Castelnuovo i Jean sy ny entan-keliny, taorian'izany fifanarahana izany. Niangaviany ilay mpanjaitra nampiantrano an'i Jean mba «hanara-maso an-janany tsindraindray eny ary hisintona ny sofiny mihitsy raha ilaina». Ary hoy ny hafatra napetrany tamin'i Jean:

- Mahaiza manaja an'i Masina Maria sy mangataka aminy mba hahazoany mivavaka ho anao ho tonga lavorary kokoa.

Efa lehibe ihany i Jean (15 taona) raha oharina amin'ireo ankizilahy folo sy iraika ambin'ny folo taona iray kilasy taminy. Ny fianarany koa anefa, hatramin'izao, dia eo ho eo ihany. Ny akanjony sy ny kirarony koa, ankoatr'izany, dia malalaka be tsy tandrify azy loatra. Nitambatra ho famantarana nampiavaka azy manokana izany rehetra izany, ka dia nanjary mpianatra niandronan'ny vazivazy (kizaka) sy esoeson'ireo mpiara-mianatra aminy izy. Nomen'izy ireo anarambositra mihitsy aza izy hoe: «ilay mpiandriombin'i Becchi».

Nijaly sy nahare fangirifiriana tamin'izao fandrabirabiana izao i Jean, ilay fitaratry ny ankizilahin'i Moncucco sy Morialdo vao tsy ela akory.

Tsy nanary toky teo anatrehan'ny esoeson'ny mpiara-mianatra anefa i Jean. Nanao izay fara heriny izy hifantohana tanteraka amin'ny fianarana. Tsapan'i Mômpera Virano, mpampianatra azy, izany finiavany hianatra izany, ka dia nanapa-kevitra izy hanampy azy manokana. Mpampianatra manan-talenta sy hentitra koa moa i Mômpera Virano, ka nalainy manokana i Jean hijereny ny lesoka hitany teo amin'ny fianarany. Niainga tamin'izay lesoka tsapany ny fanampiany azy, ka dia afa-nandroso haingana tokoa ilay mpiandriombin'i Becchi. Indray andro izay, ohatra, dia novakin'i Mômpera Virano tao an-dakilasy mihitsy ny lahatsoratra anankiray nataon'i Jean noho ny hatsarany. Ary nazava ny tenin'ilay mpampianatra tamin'ny mpianatra rehetra: «Ilay mpianatra afaka nanoratra zava-tsoa toy izany dia sahy mitondra kirarona mpiandriomby ihany koa».

Tsy azo odian-tsy hita fa nanampy an'i Jean, teo anivon'izao fiainam-pihafiana nombam-panesoana avy amin'ny mpiara-mianatra izao, ny fiainam-pivavahana mangina nifikirany. Tsy hadinony tsy akory ilay hafatry ny reniny nampirisika azy hanaja sy hitalaho amin'i Masina Maria. Ho fanatanterahana ny hafatra noraisiny no hiakarany matetika ao amin'ilay «trano fivavahan'ny rova» an'i Castelnuovo (roapolo kilômetra mahery kely eo atsinanan'i Turin).

Marina fa natoky an'Ingahy Roberto tokoa Ramatoa Marguerite ny mombamomba ny fanaraha-maso an'i Jean zanany. Nefa tsy nataony ambanin-javatra, amin'ny maha-reny azy, ny famangivangiana an'ilay faralahin'ny ainy eny Castelnuovo. Isan-kerinandro izy no mandeha mankeny Castelnuovo mitondra ny anjara mofo ilain'i Jean isan-kerinandro. Dia hararaotiny ny famangiana ataony hijerena akaiky ny fiaimpiainan-janany. Iza tokoa no mahalala? Eo amin'ny tonon-taona fialan-tsakana i Jean, ka mety ho voatarik'ireo jiolahimboto ao an-dakilasy hivaona any amin'ny lalandratsy.

Nitombina tokoa ny ahiahin'ilay reny lalim-pinoana, satria nisy tokoa ny mpiara-mianatra efa nanita-doha sahy namelapandrika an-janany. I Jean ihany no nitantara ny ady sarotra natrehiny teo anoloan'ny fandrika nivelatra: «Notandindomindoza aho tamin'izany taona izany, noho ny mpiara-mianatra sasany. Notadiavin'izy ireo hotarihina hiloka aho nandritra ny ora fianarana. Ary satria moa nolazaiko fa tsy manam-bola aho, dia hoy izy ireo namaly ahy: "Fotoana tokony hikofokofohan'ialahy izao. Tsy maintsy mianatra miaina. Mangalara amin'ny olona ipetrahan'ialahy; mangalara amin-drenin'ialahy". Tadidiko tsara fa namaly aho hoe: "Tia ahy fatratra ny reniko, ka tsy te hampidikizo azy aho"».

Fanenjehana tsy marim-pototra

Ankoatra ny fiainam-pihafiana natevenim-panesoana, dia mbola nisy endriny hafa koa ny ady sarotra nianjady tamin'i Jean tao Castelnuovo tao. Nisy fanenjehana tsy marim-pototra ihany koa nifafy taminy avy amin'olona tsy nampoiziny, ka nampanjavona izay rehetra nisasarany tao anatin'ny volana vitsivitsy.

Noho ny finiavan'i Jean sy ny fanampian'i Mômpera Virano azy, dia nandroso fatratra ny fianarany. Ary efa fenofeno avokoa ireo banga tamin'ny fari-pahalalana nananany iatrehana ny taompianarana, teny amin'ny volana avrily 1831 teny.

Tamin'io vanim-potoana io indrindra anefa no nisy zava-nitranga nitera-boka-dratsy tamin'izay nisasarany. Voatendry ho mpiandraikitra ny Fiangonan'i Mondonio i Mômpera Virano, ka dia voatery nametraka ny sekoly teo am-pelatanan'i Mômpera Nicolas Moglia izy.

Marina fa olona tia vavaka ity pretra ity sady entanim-pitiava-namana. Saingy efa antitra ihany raha jerena ny dimy amby fitopolo taona niainany. Tena tsy voafehy mihitsy ireo mpianatra amin'ny ambaratonga (kilasy) dimy nefa iray efitrano nianarana. Nentim-pahatezerana no niafarany, indray andro, ka nanomboka nikapoka ny ankizy tamin'ny rotsakazo izy. Vao mainka nampisa-hotaka ny mpianatra anefa izy.

Ireo zokinjokiny indrindra tao an-dakilasy no nampangainy ho tompon'andraikitra tamin'ny korontana nitohy. Ary nanehoany «tsy fitiavana» manokana i Jean, ilay «mpiandriombin'i Becchi» hany be taona indrindra tamin'ny mpianatra, na dia tsy azo lazaina aza fa mba nijaly mafy koa izy noho izao tsy fanajan-dalàna tambabe izao. Ataon'i Mômpera Nicolas Moglia mandre maharary foana i Jean isaky ny misy fotoana ahazoany mamely azy.

- Inona no mba ho azon'ialahy amin'izay teny latinina? Tsy misy afa-tsy ampondra no mitombo eny Becchi; ampondra tena tsara, mazava loatra, saingy tsy misy afa-tsy ampondra. Ny mitady holatra eny an-tsaha, ny maka voronkely any anaty akaniny: izany no asa hain'ialahy, fa tsy mianatra teny latinina!

Efa mba nanomboka tsy nanorisory an'i Jean intsony ny mpiara-mianatra taminy, noho i Mômpera Virano naneho fanajana azy manokana. Nefa nikoro izany nony nanevateva azy ilay mpam-pianatra vaovao efa zokiolona: velona indray ny fanesoana sy ny fanivaivana an'i Jean. Toa very hasina i Jean, ka namakivaky androm-pahakiviana.

Kanjo mba nitraka ihany izy, indray andro, fa te-hitsipaka ny fanenjehana tsy marim-pototra ampitondraina azy.

Nisy asa fandikan-teny latinina nomen'i Mômpera Moglia tao an-dakilasy. Raha ny tokony ho izy, dia ny lahatsoratra nomena ho an'ny ambaratonga misy azy no tokony hiononan'i Jean hadika. Nefa tsy nananosarotra azy izany, ka dia nangataka alalana tamin'ilay pretra antidahy mpampianatra izy mba hahazo manandrana hanao ny dikatenin'ireo lahatsoratra tandrify ny ambaratonga roa ambon' izay nisy azy.

Avy dia teny mahery no nasetrin'ilay mpampianatra ny fangatahany:

- Fa mihevi-tena ho iza moa ialahy? Miverena haingana eny amin'ny toeran'ialahy ary aza manandrana amin'ny maha-ampondra an'ialahy araka ny efa mahazatra.

Nanantitrantitra anefa i Jean ka resy lahatra ihany i Mômpera Moglia:

- Ataovy izay tian'ialahy. Nefa aza mihevitra ialahy fa hamaky izay hadalan'ialahy aho.

Nampitraka an'i Jean ihany ny toe-draharaha, ka dia nirotsaka nanao ny dikateny izy. Tojo zava-tsarotra ihany izy teo ampikatrohana, nefa tsapany fa azony atao tsara ny mamaha ny olana. Anisan'ireo nahavita voalohany izy. Nalain'ilay mpampianatra ny taratasiny ary napetrany tsy nojereny akory.

- Miangavy anao aho, Mômpera - hoy i Jean - mba vakio izay nataoko ary lazao ahy izay hadisoana vitako.

- Mandehana miverina eny amin'ny toeran'ialahy! Ary aza mandrebireby ahy.

Tsy nitakemotra noho izany anefa i Jean, fa sady nitsiky no nanizingizina hoe:

- Tsy mangataka fiezahana be avy aminao anie aho e! Ny hamaky izay nataoko fotsiny ihany no angatahiko aminao.

Dia namaky tokoa i Mômpera Moglia. Diso tsara loatra indray ilay dikatenin'i Jean, ka nampisafoaka foana an'ilay mpampianatra antidahy efa lotiky ny «tsy fitiavana» ambony ihany:

- Efa voalazako fa tsy misy ilàna an'ialahy. Nalain'ialahy tahaka hatrany amboalohany ka hatramin'ny farany ity asa nomen'ialahy ahy ity.

- Dia tamin'iza moa izy io no ho nalaiko tahaka?

Ny mpianatra mpifanila toerana aminy, tamin'izay, mbola tera-dinitra mikaroka izay handikana ny fehezanteny mbola tsy vita.

- Fanivaivana izao ataon'ialahy izao - hoy ilay mpampianatra. Mandehana eny amin'ny toeran'ialahy ary mihevera tena ho sambatra ialahy raha tsy roahiko amin'izao!

Na taiza na taiza, teo amin'ny fiainan'ny taranak'olombelona nifanolosolo, ny «fitsaratsaram-poana ambony ihany» ataon'ny mpiara-belona aminy, dia nampitondra fahoriana mandrakariva ny olona nianjadiany. Ary loharanon'ny fanosihosena ny zon'ny hafa sy ny fanapotehana azy mihitsy aza ny fiheverana ny tsy mitovy amin'ny tena ho tsinontsinona. Raha ny momba an'ilay mpampianatra azy, dia izao no filazany: «naparitany toy ny akofa entin-drivotra izay rehetra nianarako nandritra ireo volana vitsi-vitsy alohan'ny nahatongavany».

Noho ny fanenjehana tsy marim-pototra namelezan'ilay mpampianatra azy isan'andro vaky izao sady nampirongatra indray ny fanesoana maro endrika avy amin'ny mpiara-mianatra taminy, dia tsapan'i Jean ary naharesy lahatra azy fa ho very fotoana fotsiny izy raha mbola mikiry mianatra eo anivon'izao rivotra hafahafa mampadisadisa izao. Koa dia aleony niala tamin'ny fianarana hanao zavatra hafa, eo am-piandrasana ny maraina vaovao. Ary azo lazaina ho anisan'ny Orim-baton'ny hoavy ny zavatra nataony ho solon'ny fianarana an-dakilasy.

Orim-baton'ny hoavy

Noresadresahin'i Jean tamin-dreniny ihany ny fiovana nisy tamin'ny fianarany tao Castelnuovo noho ny fanenjehana tsy marim-pototra nafitsok'i Mômpera Moglia azy sy ny fanesoana

nitohy nataon'ireo mpiara-mianatra aminy. Ary noborahiny taminy koa ny faniriany te hanao zavatra hafa toy izay ho very fotoana ao am-pianarana ao... Dia nifanarahan'izy mianaka ny hiasan'i Jean ora vitsivitsy isan'andro eny Castelnuovo, ao amin'Ingahy Evasio Savio, mpanefy. Zary asa orim-baton'ny hoavy izao asa irotsahan'i Jean izao, satria loharanom-pahalalam-baovao ho azy eo amin'ny sehatry ny haitao izay mety hahavonjy azy, any aoriana any, sady loharanom-bola kely hatao tahiry, ho fibanjinana ny hoavy hanohizana fianarana.

Ny mangidy tojo an'i Jean tao an-tsekoly, tao Castelnuovo no nitondra azy hanovo ny mamy teo amin'ny sehatry ny haitao!

Tsy ny fianarana nanefy ihany anefa no orim-baton'ny hoavy nirotsahan'i Jean tao Castelnuovo tao. Na fony izy mbola mpianatra tan-tsekoly na fony izy mpiasa tao amin'Ingahy Evasio Savio, dia anisan'ny fanalan'androny ny fianarana mozika sy ny zaitra tamin'Ingahy Roberto, mpampiantrano azy.

Mpampianatra hiran'ny Paroasin'i Castelnuovo tokoa Ingahy Roberto. Nanana karazana piano kely izy tao an-trano. Ary izy koa no miandraikitra ny ôrga ao am-piangonana. Mba manaraka azy any amin'ny fianaran-kira ihany i Jean indraindray. Ary noho ny fifankazahoan'izy mianaka, dia mba navelan'Ingahy Roberto hanao fanazaran-tena tamin'ireo zava-maneno nananany fahefana i Jean.

Ny zavatra faharoa nianaran'i Jean tamin'Ingahy Roberto indrindra nandritra ny vanim-potoana mbola nianarany, dia ny zaitra. Mpanjaitra tokoa manko no tena nahalalan'ny maro an'Ingahy Roberto. Fanaon'i Jean, rahefa tsy mianatra, ny mba mipetrapetraka eo akaikin'Ingahy mpanjaitra eo sy mianatra manjaitra bokotra, na mamboatra sisin-damba sy moron'akanjo, na manjaitra mosara (mouchoirs) sy mandidy salotra. Tsy araka ny nahampianatra azy anefa ny zava-bitany fa tena kanto tokoa, ka dia nanipy hevitra taminy Ingahy Roberto mba handaozany ny sekoly tanteraka fa homeny asa ao aminy...

Tsy dia fantatr'i Jean loatra ny hoavy, fa izay fotoana rehetra nahafahany nianatra zavatra anankiray, dia tsy navelany ho very maina foana.

Eny e! Toe-tsaina tia karokaroka no nanentana an'i Jean teny am-pitetezana ny onjan'ny fiainana, ka na dia ny zava-tsarotra mampiahiahy aza, dia mbola nahitany lalana hitadiavam-bokatsoa ihany, nony ela. Noho izany àry, dia tsy voafetra teo amin'ny sehatry ny ara-tsaina (fianarana) sy ny haitao (tefy, zaitra) ary ny hairaha (mozika, hakingana) fotsiny ny fananganana orim-baton'ny hoavy, fa tafapaka hatrany amin'ny sehatry ny fitondran-tena mendrika ny maha-olona.

Tao Castelnuovo, tao tokoa, ohatra, dia nisy tsy azoazony loatra ny fihetsiky ny mpitondra fivavahana sasany. Tsy nentiny hanaratsiana ny Fiangonana sy ny Fivavahana anefa ny fangirifiriana nodiaviny vokatr'izany, fa vao mainka nentiny nandinika sy nikaroka izay hanatsarana kokoa ny endriky ny Fiangonana izay ivondronan'olona tsy lavorary sy mitady famonjena.

Araka ny fitantaran'i Jean Bosco taty aoriana, dia hoe: nifanena tamina pretra anankiroa mirebareba mainty izy, indray mandeha, teny an-dàlana. Ny Mômpera mpitondra Fiangonana eo an-tanàna ihany ny iray amin'izy ireo!

«Niondrika am-panajana teo anoloan'ny rebareban'izy ireo aho - hoy i Jean Bosco mitantara -. Saingy tsy mba nanatona akory izy ireo: sady mandeha ihany izy ireo no namaly ny fiarahabana nataoko. Toy ny hoe: "mampihataka azy ireo amin'ny olona rehetra ny rebareba maintiny"! Tena sadaikatra be mihitsy aho tamin'izay. Ary nolazaiko tamin'ny namako fa: "Raha mba tonga pretra aho, dia ny mifanohitra amin'izany fihetsika izany no hataoko. Hanatona ny tanora aho, hilazako teny soa mahafaly izy ireo ary homeko torohevitra mahasoa"».

Eritreritra nirongatra fony i Jean dimy amby folo taona izany. Nefa eritreritra sarobidy orim-baton'ny hoavy. Satria izay voakasan'i Jean tamin'izany vanim-potoana izany, tao Castelnuovo, no nivelomany teo anivon'ireo tanora marobe rahefa tonga pretra izy: hatsaram-panahy nombam-pitsikiana no nentiny nanatona ireo tanora nokarakarainy, fa izany no mampivelatra azy ireo sady mendrika ny maha-olona.

Nanjary toetra nambabo ireo pretra maro nifanerasera tamin'i Mômpera Bosco aza izany hatsaram-panahy ombam-pitsikiana izany ary lasa lova sarobidy iveloman'ireo pretra sy relijiozy «Salezianina» maro manaraka ny dian'i Jean Bosco, amin'izao fotoana izao. Samy hahatsikaritra izany ny olona izay mifanerasera amin'ireo Salezianina miasa eto Madagasikara...

Dia toy izany àry ny fiaimpiainan'i Jean tao Castelnuovo tao. Nanantena ho lasa lavitra ara-pianarana izy raha nandao an'i Becchi mba hitampify tao amin'Ingahy Roberto, mpanjaitra fantatr'olona sady mpampianatra hiran'ny Paroasy. Kanjo ady sarotra tsy azo nanoharana no tojo azy tao, rahefa tonga nisolo an'i Mômpera Virano hampianatra azy i Mômpera Moglia. Ka dia naleony nilatsaka ho mpiasa tao amin'Ingahy Evasio Savio, mpanefy. Neken-dreniny rahateo koa moa izany, ka dia nahazo fahalalam-baovao tamin'izany koa i Jean, sady nahazo tahirim-bola kely, satria mila vola tokoa izy hoenti-manohy fianarana any Chieri amin'ny taom-pianarana manaraka, araka ny fanapahan-kevitra noraisiny niaraka tamin-dRamatoa Marguerite, reniny.

Volana vitsivitsy ihany anefa no nijanonany hiasa ao amin'ilay mpanefy nandray azy ho mpiara-miasa taminy. Hiainga tsy ho ela hody any amin-dreniny izy. Ary any indray izy no hanohy ny fiandrasana ny fotoana handehanana hifoka rivo-baovao any Chieri.

Eo am-piandrasana rivo-baovao

Dia nandao an'i Castelnuovo tokoa i Jean rahefa avy nametrabeloma nombam-pankasitrahana tamin'Ingahy Roberto, mpampiantrano azy. Tsy nankeny Becchi intsony anefa ny diany fa nankeny Sussambrino indray. Nilatsaka ho mpiara-miasa tamin'izay lehilahy atao hoe: Febraro izay, teny manko i Joseph, zokiny iray tampo aminy. Ary nanaraka an'i Joseph teny Ramatoa Marguerite renin'izy roalahy. Ka dia nandeha teny koa i Jean rahefa nandao an'i Castelnuovo. Toeram-piompiana amam-pambolena i Sussambrino.

Tsy maintsy mianatra aho

Nanapa-kevitra i Jean fa tsy maintsy mianatra mafy mandritra izao fotoam-pahavaratra ipetrahana ety Sussambrino izao, mba tsy ho taraiky loatra rahefa mby any Chieri.

Saingy tsy tiany koa ny ho enta-mavesatra ara-pivelomana ho an'i Joseph, zokiny. Ka dia nirotsaka nanampy azy tamin'ny asam-pambolena sy fiompiana izy; mamboatra sy manefy ireo fitaovam-pambolena simba izy ary mandeha miandry omby eny an-tsaha.

Ahafahan'i Jean mamaky boky sy mianatra tsara ity fiandrasana omby ity. Nefa sondriana loatra amin'ny fianarany koa izy matetika, ka manjeny mandripaka ny katsaka eny an-tanimbolin' olona ny omby andrasany. Soa ihany fa nisy an'i Rose kely. Zanakavavin'Ingahy Febraro izy io ary vao folo taona monja tamin'izay. Izy matetika no mandeha mihazakazaka mandroaka ny omby tsy hihinam-bolin'olona sy manatitra azy ireo indray eo akaikin'i Jean.

- Mihinana ny katsak'olona ny ombinao - hoy i Rose.

- Misaotra e! - hoy i Jean. Mandinika an'i Jean kelikely i Rose, dia velom-panontaniana:

- Fa nahoana no entinao hivoaka ety ireo omby ireo, raha tsy handrasanao?

- Tsy maintsy mianatra aho, ry Rose, ary matetika aho dia variana be.

- Hay tokoa moa te ho pretra ianao?

- Eny!

- Raha tianao àry, dia avelao handrasako ny ombinao. Izaho manko tsy maintsy miandry ny ahy ihany koa.

Nisaotra an'i Rose kely indray i Jean ary rafitra nanohy ny fianarany.

Nofy mitampody

Fa teo anivon'izany ezaka fianarana samirery tao Sussambrino izany dia nitampody indray ilay nofiny fony izy mbola sivy taona, ka nahavelom-panantenana azy indray.

Nanjary naman'i Joseph Turco, mpiara-mianatra taminy i Jean, fony izy nianatra tany Castelnuovo. Ny rain'ity sakaizany ity anefa dia mipetraka tsy lavitra an-dry Jean noho izy manan-toerampambolena mifanila amin'i Sussambrino. Ary noho izany, dia nanjary mpifanerasera sy mpifankahazo koa i Jean sy Ingahy Turco. Manga aok'izany ny resaka rahefa mandalo Ingahy Turco, ka manatona an'i Jean mbola variana mianatra:

- Antenaiko, leiroa ry Jean, fa handeha amin'izay ny fianaran'ise?

- Misaotra, Tompoko! Izaho koa mba manantena. Ny hany mampatahotra ahy, dia ny reniko tsy hahaloa ny saram-pianarana eny Chieri.

- Misy anie, leiroa, Andriamanitra e! Raha sitrany izany, dia halaminy eny ihany ny làlan-kodiavin'ise.

- Izany no antenaina!... Nefa dia mbola matahotra ihany aho.

Nitsiky i Jean, tamin'izay! Nefa tsiky tsy tomombana fa nombàn'ahiahy...

Indray andro izay anefa, dia nihazakazaka i Jean rahefa nahita an'Ingahy Turco sy ilay zanany lahy! Toa marisika sy sambatra ery ny fahitana azy:

- Tsara ny vaovao, hoy izy. Nanonofy aho tamin'ny alina teo. Hitako tao fa tonga pretra aho ary hikarakara zazalahy maro tsy hita isa.

- Indrisy! Nofy ihany izany - hoy Ingahy Turco sahirankevitra!

- Tsy afaka hahazo izany ianao. Fa ho ahy, dia mazava. Tena zava-dehibe ity indray mandeha ity.

Nanonofy tokoa i Jean tamin'ny alina hifoha iny andro iny ary nitampody indray ilay lohasahan'ny nofiny fony izy sivy taona. Hitany indray ireo andiam-biby. Hitany koa ilay Andriambavy mamirapiratra tsy nitsahatra namerimberina hoe: «Miezaha hanetritena sy ho be herimpo ary havitrika; dia ho azonao amin'ny fotoana maha-mety azy ny zava-drehetra».

Mpianika hazomalama

Mbola nisy zavatra hafa niainan'i Jean koa teo am-piandrasana ny rivo-baovao, ankoatry ny «nofy mitampody». Nanjary mpianika hazomalama tokoa izy indray mandeha noho ny fitsinjovana ny hoavy.

Amin'ny fotoam-pahavaratra toy izao iandrasan'i Jean rivobaovao izao moa no fankalazan'ny tanànan'i Montafia ny olomasina mpiaro azy. Tsy lavitra ny toeram-ponenan-dry Jean izy io. Koa dia lasa nankeny izy, rahefa nahare fa misy hazomalama najoro anantonan-javatra samihafa eny, ka anisan'ny zavatra mihantona amin'izany ny kitapom-bola iray mirakitra lira roapolo.

«Misy hioriranako tsara izay - hoy ny eritreriny».

Tena avo tokoa ilay hazo izay nanantonana zava-maro eny antendrony ary voahosotra menaka tsara ka malama izaitsizy. Samy miandrandra ny ankizilahy madinika, mijery sy mitsiriritra ireo zava-maro mahaliana mihantona amin'ny boriborivy ery an-tendron-kazo ery. Mifandimby manandrana miakatra ireo entanimpaniriana mahery vaika, mandrora tanana dia lasa. Samy mavitrika

ery an-tsasa-dalana dia efa mikorisa midina tsy mahita hamikirana. Sioka mankarenin-tsofina sy horakoraka ny an'ny mpijery!

I Jean kosa mandritra izany fotoana izany mijery tsara ny fandehan-javatra sady tsy mitsahatra mikaroka tetika mahomby hanatrarana ny tanjona. Ary tsy hitahita teo, dia nandroso hiatrika ady koa izy. Nandrora tanana izy aloha, dia niakatra amin'izay: tsy taitra, tsy maika fa tony dia tony. Rahefa mahatsiaro sempotra izy, dia miato kely maka aina. Dia lasa indray! Miha-kely ilay hazo arakaraka ny iakarany. Tody izy nony ela! Gina ny vahoaka mpitazana. Natsotran'i Jean ny tanany! Nalainy amin'izay ilay kitapom-bola nokendreny. Notazoniny tamin'ny nifiny io, dia naka zavatra roa hafa koa izy vao nidina...

Mirotsaka ho mpangataka

Faly i Jean fa nahazo ireo roapolo lira nisasarany tamin'ny fianihana hazomalama. Mba nitombo kely indray ny tahirim-bola hibanjinana ny hoavy. Nefa raha jerena akaiky ny zavatra hilaina amin'ny fianarana any Chieri, dia zavatra tsy mankaiza firy ny vola voatahiry hatramin'izao. Ny kiraro, ny akanjo, ny boky mbola hovidina daholo. Ny vidin-tsakafo sy ny hofan-trano isam-bolana mbola tsy hita tokotaniny. Aiza indray no hahitana izany rehetra izany? Ny fiompiana amam-pambolena ao Sussambrino tsy dia loharanom-bola be manao ahoana...

Hevitra sendra tonga tao an-tsain'i Jean no naborany tamindreniny:

- Neny â! raha ekenao, dia hitondra kitapo roa aho ary hitety trano hanaty rakitra, hoentiko miatrika ady any Chieri.

Oktôbra 1831 tamin'izay!

Lasa mpangataka nitety trano i Jean. Zavatra tsy tantiny mihitsy izany mitso-tanana mangataka izany. Ny hambom-po mibaiko ny fiainany hatramin'izay mantsy dia ny hoe:«mihinana izay vokatry ny hatsembohan'ny tena». Nefa teren'ny zava-misy

tsy azo anoharana izy ankehitriny, manoloana ny faniriany ho pretra, ka mandray ny anjarany am-panetrentena.

Tonga hatreny Morialdo izay nipetrahany fahavelon'i Mômpera Calosso izy no nandom-baravarana:

- Zanak'i Marguerite Bosco aho - hoy izy -. Handeha hianatra eny Chieri aho mba ho pretra rahatrizay. Mahantra ny reniko . Koa mba ampio aho, raha sitrakareo.

Tsy vahiny tamin'ny olona i Jean noho ireo fampisehoana hakingana sy famerenana toriteny naharavo ny maro fahizay, ka dia nalala-tanana izy rehetra fa samy tia azy. Vitsy olona mpanana kosa anefa teny amin'ny toerana noteteziny, ka saika ny vokatry ny tany ihany no narotsaky ny maro: atodiakoho, katsaka, sns...

Tohina tamin'izao firotsahan'i Jean ho mpangataka izao izay vehivavy anankiray avy ao Becchi izay, ka lasa nandeha nivantana tany amin'i Mômpera Dassano, mpiandraikitra ny Paroasin'i Castelnuovo. Ary nolazainy an'ity pretra ity fa mahamenatra ihany ny tsy manampy ankizy hendry toa an'i Jean amin'ny fianarany sy ny mamela azy hangataka isam-baravarana toy izao.

Tsy nahalala ninoninona momba izany anefa i Mômpera Dassano. Noheveriny fa mbola hiverina hianatra eo Castelnuovo ihany i Jean. Koa rahefa avy nanao fanadihadiana momba ny zava-misy marina izy, dia namory vola kely halefa teny amin-dRamatoa Marguerite. Nandefasany hafatra ihany koa ny renin'i Jean mba ho avy hiresaka amin-dRamatoa Lucie Matta, vehivavy maty vady, izay handeha hipetraka tsy ho ela eny Chieri hanara-maso ny fianaran-janany lahy.

Tonga nifampiraharaha tamin'ity vehivavy ity àry Ramatoa Marguerite. Dia najoro ny fifanarahana mazava! Hiara-mipetraka amin-dRamatoa Matta mianaka i Jean rahefa mby any Chieri. Naraikitra ho iraika amby roapolo lira isam-bolana ny fandraisana anjaran-dRamatoa Marguerite momba ny sakafon'i Jean. Tsy afaka handoa izany vola rehetra izany anefa izy, fa dia mba hofenofenoiny amin'ny koba (lafarinina) sy divay eo izay tsy

voaloany vola. I Jean kosa hirotsaka ho mpiasa ao an-trano: hantsaka rano, hanomana ny kitay ilaina any an-dakozia sy amin'ny fitaovam-pamindroana, hanahy ny lamba voasasa...

Mazava àry izao ny lalan-kombana. Misokatra ho an'i Jean ny lalam-panantenana rivo-baovao eny Chieri. Voaomana avokoa ny entankely. Ary nokarakaraina koa ny taratasy rehetra ilaina momba ny fianarana. Anisan'izany ny taratasy fahazoan-dalana alaina eny amin'ny pretra tompom-paritany eny Castelnuovo. Satria ny mpianatra tsirairay avy izay te hiditra amin'ny Sekolim-bahoaka tamin'izay fotoana izay tany amin-dry zareo, dia tsy maintsy maka taratasy filazana ny ara-pitondrantena any amin'ny Mômpera mpiandraikitra ny Fiangonana ao amin'ny faritany iaviana. Faramparan'ny volana ôktôbra 1831 no nandehanan'i Jean teny Castelnuovo naka izany taratasy izany... Ary andro vitsivitsy taorian'izay, dia nandao an'i Neny Marguerite sy i Joseph izy. Roso ny dia hifoka rivo-baovao eny Chieri.

6

Chieri: rivo-baovao

4 nôvambra 1831: nandao an'i Sussambrino handeha hiatrika rivo-baovao any Chieri i Jean Bosco. Mizotra an-tongotra mandeha miankandrefana ny dia. Fa any andrefan'ny fari-piadidian'i Castelnuovo, fiavian'i Jean, no misy an'i Chieri, vohitra anankiray eo atsinanana atsimon'ny renivohitr'i Turin.

Mavesatra ny adidin'ny pretra

Zazalahy iray mitovitovy taona amin'i Jean ihany no miaradàlana aminy mizotra mankany Chieri: Jean Filippello no anarany. Nafana dia nafana ny tafa teny an-dàlana teny ary tonga hatrany amin'ny firesadresahan'i Jean Bosco am-pitokisana ny làlam-piainana nodiaviny sy ny fikasany ho pretra.

Gagagaga ihany i Filipello rahefa nahare izay nolazain'i Jean Bosco, ka velom-panontaniana tampoka hoe:

- Dia izao ve ialahy vao handeha hianatra eny amin'ny Kôlejy, nefa anie ka efa be izany zavatra hain'ialahy izany e? Ho lasa pretra vetivety foana ialahy.

Fa namaly i Jean nilaza ny heviny:

- Mba fantatr'ialahy moa izany atao hoe: pretra? Manana andraikitra mavesatra ny pretra. Na amin'ny maraina vao mifoha, na avy misakafo antoandro sy hariva, dia tsy maintsy manontany tena hoe: «Nihinan-kanina sy voky aho, fa ireo zanak'Andriamanitra iandraiketako, mba nihinana ve izy ireo?» Tsy maintsy ifampizarany amin'ny mahantra izay ananany. Raha izaho aloha,

leitsy, ry Filippello, dia tsy hanaiky na oviana na oviana ho pretra mitondra paroasy. Hanokana ny fiainako rehetra ho an'ny tanora no tiako.

Resaka am-pahatsorana sy am-pitokisana toy izany no nentin'izy roa lahy nanatona tsimoramora an'i Chieri, ka tonga ihany izy ireo nony farany.

Nivantana tany amin'ny trano nonenan-dRamatoa Lucie Matta mianaka i Jean araky ny efa tapaka tany Castelnuovo. Ary andro vitsivitsy taorian'izay, dia tonga koa ny katraka na saretin'olom-pantatra anankiray nitondra an-dRamatoa Marguerite, miaraka amina voamaina roa kitapo. Hihaona amin-dRamatoa Matta sy hijery an'i Jean ary hanatitra ny vatsy tandrify azy no nahatongavany.

- Io ary ny zanako e - hoy izy tamin-dRamatoa Matta -. Ary ireto ny zavatra ilaina handoavana ny sandam-ponenany ato aminareo. Nanefa ny anjarako aho! Hanefa ny azy koa ny zanako ary antenaiko fa tsy ho sosotra aminy ianao.

Rivo-baovao mahavelom-bolo

Rivo-baovao tokoa no novantanin'i Jean tao Chieri tao, raha ny lafiny ara-pianarana no jerena. Hafa dia hafa noho izay niseho tany Castelnuovo, tamin'ny andro nampianaran'i Mômpera Moglia ny fandehan-javatra, ka zary nahavelom-bolo sy nahavelom-panantenana an'i Jean aok'izany. Tsy hadinony mihitsy, araka ny rakitsoratra navelany, ilay olona nandray azy voalohany tao amin'ny Kôlejin'i Chieri: i Mômpera Placide Valimberti.

«Nanome ahy toro-hevitra mahasoa izy - hoy ilay rakitsoratr'i Jean Bosco - nitondra ahy hankany amin'ny mpandrindra ny fianarana ankapobeny ary nanolotra ahy ho fantatr'ireo mpampianatra».

Maro lafy moa ny zavatra nianaran'i Jean, talohan'izao fahatongavany eto Chieri izao, ka tsy hita soritra mazava izay

ambaratongam-pianarana tena tandrify azy. Mba hahamora ny fomba enti-manampy azy, dia napetraky ny tompon'andraikitra tao amin'ny kilasy fahaenina (6e) izy. Tsy tapitra akory anefa ny taompianarana 1831 - 1832, dia efa nafindra kilasy indroa izy. Hoy tokoa izy ao amin'ny rakitsoratra navelany: «Tapaka ny hevitra fa hapetraka ao amin'ny kilasy fahaenina aho. Nandray ahy tamin-pitiavan-dehibe i Mômpera Valérien Pugnetti. Raha ny taonako (maherin'ny 16 taona) sy ny haavoko no jerena, dia toy ny andry manaloka aho teo anivon'ireo mpiara-mianatra tamiko mbola zaza madinika. Tsindriandaona be ihany aho naniry hiala tamin'izany toe-javatra izany, ka nony afaka roa volana, dia nekena ny hanaovako fanadinana hifindrana kilasy fahadimy (5e) ary afaka aho. Niditra an-kafanam-po tao amin'ny kilasy vaovao nisondrotako aho. I Mômpera Valimberti tsy hay hadinoina no mpampianatra tao. Nony afaka roa volana indray, noho izaho nitana ny laharana voalohany imbetsaka, dia nampanalana fanadinana manokana indray aho ary voaray hifindra tao amin'ny kilasy fahaefatra (4e)».

I Vincent Cima, olona tena hentitra tamin'ny fanajana fitsipika, no nampianatra tao.

Vazivazy mahavelom-bolo no nifanaovan'i Jean sy ity mpampianatra vaovao ity teo am-pahatongavany voalohany tao an-dakilasy. Teny feno fitiavana no nolazain'i Vincent Cima hamaranana ny resaka:

- Raha vonona tsara ianao ny hianatra, dia tena ao amin'ny ilanao azy ny tanana mandray anao etoana. Tsy havelako hitomoepoana ianao. Matokia! Raha misy manahirana anao, dia ilazao haingana aho, fa hanampy anao aho.

«Nisaotra azy tamin'ny foko manontolo aho - hoy i Jean Bosco ao amin'ny akom-pahatsiarovany».

Rivo-baovao tena nahavelom-bolo an'i Jean tokoa ny fanehoam-pitiavana avy amin'ny olona isan-tokony izay nifandimby nampianatra azy. Ary tsy nananosarotra ny famaranany ny taompianarana 1831-1832 tao amin'ny kilasy fahaefatra. Hita taratra aza fa mpianatra hafakely nanana izay nampiavaka azy izy.

Mpianatra hafakely

Raha amin'ny lafiny ara-pivelomana aloha, dia tsy nisy nampiavaka an'i Jean loatra tamin'ireo mpianatra mahantra sy mafiady maro hafa, izay voatery nanao ny asa antselika kely (na kibaroa) etsy sy eroa mba hahazoa-manampy ny ray aman-dreny eo amin'ny vidim-piainana isam-bolana. Ao ny milatsaka ho mpamafa tranon'olona na mpikarakara soavaly sy ny sisa. Anisan'ireny mpianatra sady mpikarama ireny i Jean. Nataony daholo rahefa mety ho asa hahazoany manampy an-dreniny teo amin'ny fiantohana ny lany tamin'ny fianarana. Nirotsaka ho mpiasa antselika tao amin'ny mpandrafitra iray fantany aza izy. Sady nahazo vola tamin'izany izy no nampitombo ny fahalalana teo amin'ny haitao koa; nianarany hatramin'ny fampiasana fandraka sy vakona.

Tsy niavaka tamin'ny mpianatra mafiady maro hafa tokoa i Jean teo amin'ny ara-pivelomana? Fa tena mpianatra hafakely kosa izy raha ara-pianarana no topaza-maso. Araka ny raki-pahatsiarovana navelan'i Jean Bosco, dia nisy zavatra nitranga nahitan'ny mpampianatra sy ny mpiara-mianatra taminy ny maha-hafakely azy fony izy tao amin'ny kilasy fahefatra.

«Efa nianatra roa volana tao amin'ny kilasy fahaefatra aho no nisy zava-nitranga kely anankiray nahatonga resaka momba ahy. Tamin'izay ny mpampianatra "latinina" dia nanazava ny fiainan'i Agesilas izay nosoratan'i Cornelius Nepos. Hadinoko moa ny bokin-dahatsoratra nilaina, tamin'io andro io; ary mba tsy hahitan'ny mpampianatra an'izany, dia nosokafako teo anoloako ny bokiko momba ny fitsipi-pitenenana. Tsikaritr'ireo mpianatra mpifanila toerana amiko izany. Nanomboka nanosika tamin'ny kiho ny mpifanila taminy ny anankiray tamin'izy ireo, vaky nihomehy kosa ny anankiray hafa.

- Fa misy inona? - hoy ny mpampianatra.

Rahefa hitany fa nijery ahy ny ankamaroan'ny mpianatra, dia nasainy namerina ny fanazavana nataony aho, eo am-pamakiana ny lahatsoratr'i Cornelius Nepos amin'ny teny latinina. Nitsangana aho sady nitazona ilay boky fitsipi-pitenenana ary vitako soa aman-

tsara ny namerina tsianjery ilay lahatsoratra latinina sy ny fanazavana azy. Niara-nitehaka foana teo ho fihobiana ahy ireo namako nahita izany. Nisafoaka ilay mpampianatra:

- Sambany izao - hoy izy - niteny mafy - no tsy nahafahako nifehy mpianatra.

Namely tehamaina ny lohako izy, fa haiko nidifiana ihany. Napetrany teo ambonin'ilay boky teny amiko ny tanany avy eo, ary nampitantarainy an'ireo mpianatra nanodidina ahy ny anton'izao "korontana" izao.

- Tsy manana ny bokin'i Cornelius Nepos i Bosco - hoy ny feo nanazava -. Fa ny bokin'ny fitsipi-pitenenana fotsiny iny an-tanany iny. Nefa dia novakìny sy nohazavainy avokoa ny zava-drehetra, toy ny hoe teny an-tanany teny ilay bokin-dahatsoratra.

Nojeren'ilay mpampianatra ny boky notazoniko izay nametrahany ny tanany ary nangatahany indray aho "hamaky" fehezanteny roa amin'ilay lahatsoratra. Dia hoy izy tamin'ny farany:

- Mamela heloka anao aho noho ny fitadidianao tsara. Tsara vintana ianao, ka ataovy izay hampiasana izany tsara».

Io fitadidiana mampitolagaga io no mampiavaka an'i Jean Bosco ho «mpianatra hafakely». Nahafahany nambabo ny fon'i Mômpera Calosso hirotsaka ho mpanao soa azy teo amin'ny lafiny ara-pianarana io fitadidiany io tamin'ny taona 1829-1830. Ary nahalasa lavitra azy izy io, tao Chieri tao, sady nahafahany namerina ny fanazavana nomen'ny mpampianatra no nanampy azy teo amin'ny fametrahana an-tsoratra ny zavatra hitany tao anatin'ny nofy.

Fa nisy alina sasany tokoa nitrangan-javatra hafahafa sy nahatalanjona teo amin'ny fiainan'i Jean tao Chieri tao. Indray alina aloha dia nanonofy izy fa nanao asa an-tsoratra tao andakilasy mikasika ny taranja latinina. Ary raha vao taitra tamin'ny torimasony izy, dia napetrany an-tsoratra ilay lahatsoratra hitany tao amin'ny nofiny izay mbola tadidiny tsara, ka nadikany ho

amin'ny teny latinina teo ambany fanampian'ny pretra anankiray mpifankahazo taminy. Nony tonga tao an-dakilasy, dia ilay lahatsoratra latinina hitan'i Jean tao amin'ny nofy no nataon'ny mpampianatra soratononina hanaovana dikateny, ka azon'i Jean nomena tao anatin'ny fotoana haingana indrindra ny dikateny nataony.

Dia mbola niverina indray io fanofisana ny asa an-tsoratra hatao ny ampitso io, taty aoriana kely. Ary tena haingan-doatra mihitsy ny fotoana nanaovany ny asany, ka gagagaga ihany ny mpampianatra. Novakìn'ny mpampianatra ny asa nataony, nojereny ny taratasy nisy ny andran'asa (brouillon) ary zendana tanteraka izy teo am-pahitana izay voasoratra tao; voasoratra teo amin'ilay taratasy efa niforiporitra ihany koa ny ampahan'ilay lahatsoratra izay tokony ho nomeny hataon'ny mpianatra nefa navelany tampotampoka teo, fa toa lava loatra no fahitany azy. Dia hoy ilay mpampianatra velom-panontaniana:

- Taiza no nahitan'ialahy an'ity lahatsoratra ity?

- Tao amin'ny nofiko - hoy i Jean namaly mora.

Zavatra tsy dia nisy lanjany loatra ny nofy ho an'ny ankamaroan'ny olona, fa mavesa-danja kosa izy ireny ho an'i Jean. Ary arakaraka ny androsoan'ny taona nifandimby no vao mainka mihamanan-danja lehibe eo amin'ny fiainany ny nofy. Ao anatin'ny nofy no ahitany ny valin'ny olana sarotra tsy hain'ny saina mandinika vinavinaina lalina. Ao anatin'ny nofy no hamakiany ny fahotan'ireo ankizilahy hokarakarainy rahatrizay pretra izy, ary ho hitany amin'ny nofy hatramin'ny hoavy mamirapiratra hisaloran'ireo ankizilahy sasany toa misolitika ivelany...

Ilay «Fikambanan'ny hafaliana»

Rivo-baovao mahavelom-bolo no novantanin'i Jean tao Chieri, teo amin'ny sehatry ny fianarana. Tsy mba toy izany kosa anefa ny fandehan-javatra teo amin'ny fifandraisany tamin'ireo mpiara-mianatra taminy. Fa nisy tokoa ny mpianatra sadasada fitondrantena, na dia henjana ihany aza ny fanabeazana kristianina nifehezana ny sekoly. Nisy mihitsy mpianatra anankiray, tsy natahotra akory, namporisika an'i Jean hangalatra zavatra sarobidy tao an-tranon-dRamatoa Matta izay nipetrahany. Nitandritandrina ihany aloha i Jean tamin'ny fifandraisana tamin'ny mpianatra toy ireny, sao dia latsaka am-bovon'ny fakàmpanahy. Nefa nanova ny rivo-pifandraisana tsikelikely ihany ny fananan'i Jean talenta arapianarana, izay nahatonga azy ho mpianatra andrandrain'ny maro sy iantsoany vonjy amin'ny ady sarotra. Nohararaotin'i Jean àry izany fandehan-javatra izany ikaroham-panarenana tandrify ireo mila ho rendrika.

Ireo mpiara-mianatra mpanao an-tsirambina indrindra, araka ny rakitsoratr'i Jean Bosco, no tena nitarika azy ho amin'ny korontana. Nefa nivadika ny rasa rahefa hitan'izy ireo ny fahaizan'i Jean, ka nanjary izy ireo indray no nanomboka nanambitamby azy fa nitady fanampiana amin'ny asa an-tsoratra atao any an-dakilasy.

Nanampy azy ireo i Jean. Diso tafahoatra loatra indray aza izany fanampiana izany, satria nataony hatramin'ny fandefasana ny valin'adina ho azy ireo avy any ambany latabatra. Tratra tamin'izany fomba fanampiana namana diso tafahoatra izany izy indray fotoam-panadinana. Ary tsy tafavoaka tamin'izay izy raha tsy noho ny famindram-pon'ny mpampianatra anankiray namany, izay nanome dikateny latinina hafa indray hataony.

«Nobaboiko tamin'izany fomba izany - hoy i Jean - ny fanajana amam-pitiavan'ireo mpiara-mianatra tamiko sasany. Dia nanomboka tonga nitady ahy izy ireo nandritra ny fotoam-pakandrivotra, hangataka hatoro amin'ny asa enti-mody aloha, handre koa ireo sombin-tantara hoborahiko ary hihaona amiko fotsiny nony farany».

Nitsiry tsikelikely tamin'ireny fihaonana samy hafa loko ireny ny rohim-pihavanana nampifandray azy rehetra. Ka nanjary fikambanana kely miavaka mihitsy ny fivondronan'izy ireo! «Fikambanan'ny hafaliana» no anarana nomen'i Jean an'izany vondrona nipoitra izany ary nisy fitsipika tsotra dia tsotra najorony hifampifehezan'ny mpikambana tsy ankanavaka.

1e- Tsy manao fihetsika na fiteny mety hampitsanga-menatra ny Kristianina;

2e - Manefa ny adidy ara-pianarana sy ara-pivavahana;

3e - Mitafy hafaliana.

Zava-dehibe manokana tsy voasolon-java-kafa mihitsy ny hafaliana teo amin'ny fiainan'i Jean Bosco manontolo. Ny hafaliana, ho azy, no fahafahampo lalina vokatry ny fitokisana fa eo ampelatanan'Andriamanitra ny fiainany. Ny hafaliana no zary fanantenana Kristianina. Ny hafaliana no nokendren'i Jean ho tafalatsaka ao am-pon'izay rehetra nifaneraserany, indrindra ireo tao amin'ilay «Fikambanan'ny hafaliana»: «Nanjary toy ny kapitenin'ny tafika anankiray aho - hoy izy - teo anivon'ireo namako, tamin'ny 1832».

Izy no nanentana azy ireo teo amin'ny kilalao isan-karazany nenti-nitady hafaliana. Nanana ny lanjany manokana tamin'izany ny talenta nokolokoloin'i Jean hatramin'ny enina taona lasa, tany Becchi: fandehanana ambony tady mihenjana, hakingana maro endrika sy kilalao fanova-maso, sns... Kilalao sady mahagaga no mampihomehy ary mahafaly ny mpijery ny kilalao nanentanany ny maro, raha fintinina.

«Nataoko - hoy i Jean - ny namoaka kanety maroloko isan-karazany avy ao anaty kôpy tsy nisy ninoninona, toy izany koa ny famoahana atody avy ao anaty boaty foana. Nosintoniko hivoaka avy any anatin'ny oron'ny mpijery any ny baolina madinika; voavinaniko hatramin'ny isam-bola tany am-paosin'izy ireo ary rahefa mety ho vola madinika, dia nataoko lasa vovoka, tamin'ny alalan'ny fametrahana ny fanondro teo amboniny».

Hagagana sy hafaliana no vokatr'izany teo amin'ireo sakaizany marobe tao an-tsekolin'i Chieri. Toy ny tany Becchi ihany anefa: vavaka no iarahan'izy rehetra manandratra ny hafaliana, amin'ny farany, alohan'ny fisarahana hamonjy fodiana. Isaky ny andro fety aza ny mpikambana rehetra dia mandeha miara-mivavaka sy mihaino ny katesizy mampitolagaga ampianarin'ireo Mômpera zezoita, eny amin'ny Fiangonana Md Antoine.

Be hambom-po nefa antra olona

Indray alahady anefa, dia toa vitsy mpihaino mihitsy ny fampianarana mahavariana tao amin'ny Fiangonana Md Antoine. Nisy kingalahy malaza be anankiray tonga hanao fampisehoana tao Chieri tamin'ny tolakandron'io alahady io, ka nirohotra nankany daholo ny olona, hatramin'ireo naman'i Jean iray fikambanana taminy. Nampiseho hakingàna nahazendana tokoa izany kingalahy malaza izany ary sahy nihantsy fifaninanana hazakazaka sy vinkina tamin'ireo tanora faran'izay kinga tao an-tanànan'i Chieri. Dia mba lasa nijery tany koa i Jean. Lehilahy manantalenta sy feno hakingàna no hitany ary henony koa fa mikasa hijanona maharitraritra ao Chieri izy io.

Nampivoriany ireo sakaizany azony antoka indrindra, rahefa henony fa mbola hipetraka kely ao an-tanàna ilay kingalahy malaza. Dia hoy izy tamin'izy ireo:

- Mety ho potika mihitsy ny Fikambanantsika raha manohy manao fampisehoana toy izao foana izy io, rahefa alahady tolakandro. Tokony horesen'ny anankiray amin'ireo mifaninana aminy izy. Ary hapetraka mazava tsara ny fepetra amin'izany.

- Fa iza moa no handresy azy?

- Afaka mahita olona isika - hoy i Jean -. Tsy dia zava-tsarotra akory izany. Ho an'ny hazakazaka, ohatra, dia tsy mihevitra ny horesiny aho.

Efa handray ny fahafito ambin'ny folo taonany i Jean tamin' izay, ka nahatsapa ny tenany ho matanjaka.

Ary tsy ampy toy inona, dia tafita tany am-poto-tsofin'ilay kingalahy ny tenin'i Jean noho ny namany anankiray tsy dia nahazo resaka loatra, ka dia nalaza vetivety teo ny hoe: «mpianatra anankiray hifampitana amin'ny mpihazakazaka efa zadraharaha anankiray».

Koa dia raikitra àry fa hatao ny fifaninanana. Hazakazaka mamakivaky ny renivohitra no nifanarahana. Ary noferana ho 20 lira ny loka: izay resy amin'izy roalahy no mandoa 20 lira ho an'izay mandresy. Tsy dia nanana izany vola izany i Jean, fa izy rehetra mpinamana tao amin'ny Fikambanan'ny hafaliana no nanambatra izay kely tany aminy avy. «Maro ny olona nanatrika ny fifaninana» - hoy i Jean Bosco.

Nahery amboalohany ihany ilay kingalahy nifaninana tamin'i Jean, ka nitari-dalana kelikely ny hazakazaka. Saingy tsy nateza aina loatra izy, ka tsy nampanano-sarotra an'i Jean ny nanatratra azy: «Vetivety foana - hoy ny rakitsoratr'i Jean Bosco - dia nihanahazo laka aho ary navelako lavitra tany aoriana tany izy, ka dia nijanona teny an-tapa-dalana teny izy ary navelany ho ahy ny fandresena».

Tsy nanaiky izany fandresen'i Jean izany ho tompon'ny teny farany anefa ilay kingalahy, ka niantso valin'ady: «Sahy mifampitana amin'ialahy amin'ny vinkina aho - hoy izy -fa ataoko 40 lira kosa ny loka». Dia izy ihany no nifidy ny toerana: vinkina fandinganan-dreniranokely iray avo sisina hiantefana. Nampiseho ny faraheriny ilay kingalahy. I Jean koa mba nampiasa ny hafetseny... Azon'i Jean fanindroany indray ny fandresena.

Tezitra amin'izay ilay kingalahy malaza fa sady very fanindroany indray ny volany no nanomboka naneso azy koa ny olona.

Niantso an'i Jean hifampitana aminy fanintelony indray izy ary nomeny an'i Jean ny safidy momba izay lalaom-pahakingana tiany hatao.

«Nekeko ny faniriany - hoy ny rakitsoratr'i Jean Bosco taty aoriana -. Ny filalaovana ratsankazo mahagaga no nofidiko miaraka amin'ny loka 80 lira. Noraisiko ilay rantsankazo dia nasiako satroka teo an-tendrony ary najoroko teo amin'ny felantanako. Dia nalefako nitsambikina havezivezy teo amin'ny tendron'ny rantsantànako hatreo amin'ny ankihikely nankany amin'ny ankihibe, avy eo dia teo amin'ny vohon-tanako, teo amin'ny kiho, ny soroka, vao nankeo amin'ny saoka, ny vava, ny orona ary ny handrina. Dia naveriko tsikelikely nanaraka ny lalana efa nodiaviny indray ilay rantsakazo: niainga avy aty amin'ny handrina ary tafaverina teo amin'ny felantanako indray».

- Tsy resin'ialahy aho amin'ity indray mandeha ity - hoy ilay kingalahy nandimby an'i Jean.

Noraisiny amin'izay ilay rantsankazo ary navezivezin y tamim-pahakingana mahavariana hatreny amin'ny molony. Nahakasika ny orony lava loatra anefa ilay rantsankazo nalefany hankeo amin'ny molony, ka nitongilan; voatery nosamboriny tamin'ny tanana aza ilay izy mba tsy hianjera tamin'ny tany. Resin'i Jean indray koa ilay kingalahy. Very vola 140 lira izy tamin'izay fifaninanana intelo miantoana izay!

Tsy nety fay tamin'izay anefa izy, fa vao mainka nentin-karomotana, ka niantsoantso tamin'i Jean hoe:

- Mbola manana 100 lira aho, ka apetraho izay hanaovana fanamby amin'ny fianihana an'ity hazo ity. Izay mahatonga ny tongony akaikin'ny tendrony indrindra no mahazo ny loka.

«Nanaiky izahay - hoy i Jean taty aoriana -. Ary faly ihany izahay raha nandresy izy satria tsy te hambotry azy izahay».

Izy no nanomboka voalohany. Ary tena lasa lavitra mihitsy. «Neken'ny mpijery rehetra fa sarotra ny handehanana ambony mihoatra izay vitany.Tonga amin'izay àry ny anjarako. Tafakatra hatreo amin'ny dingana vitany koa ny tongotro».

Dia nampiasa ny hakingàny koa i Jean nony mby teo: nobedainy tsara ilay hazo nanihana, dia nitsingoloka izy ary nampanarahany mahitsy tsara ny tsangan'ilay hazo ny vatany ka ny tongony no teny ambony. Noho io tetika manokana io àry, dia nihoaran'i Jean iray metatra ny faritra ambony indrindra tratran'ny tongotr'ilay kingalahy malaza nifanandrina taminy. Azony indray ny loka fahaefatra. Fotsy kosa ilay mpifaninana taminy.

«Nirefodrefotra ny tehaka tery ambany - hoy ny rakipahatsiarovan'i Jean -. Nifanoroka ireo sakaizako ary nitsambinkimpifaliana. Nalahelo toy ny hitomany kosa izy (ilay kingalahy zadraharaha). Koa dia naverinay taminy daholo ny volany; nomenay fepetra kosa anefa izy mba hividy sakafo indray mihinana ho anay, eny amin'ny hôtelin'i Muretto».

Araka ny voalaza ao amin'ny «Rakipahatsiarovan'i Jean Bosco», dia 25 lira no fitambaran'ny vidin-tsakafo nomen'ilay kingalahy an-dry Jean sy ny namany. Nampiriminy kosa ny 215 lira sisa. Noraiketin'i Jean Bosco an-tsoratra ihany koa ny teny nolazain'ilay mpanan-talenta tamin'izy ireo tamin'izay: «Manavotra ahy amin'ny fahantrana ianareo amin'izao famerenanareo amiko ity vola ity izao. Misaotra anareo aho . Hotsarovako amim-pahafinaretana ianareo, saingy tsy hifanamby amina mpianatra na oviana na oviana intsony aho».

Raha tsorina dia izao: nanana ny hambom-pony i Jean tamin' izao raharaha izao, nefa antra olona ihany koa izy ka tsy sahy nanenji-dresy, ary nitarika ny namany hamerina ny volan'ilay kingalahy...

Nanamafy orina sy nampirehareha ilay Fikambanan'ny hafaliana ny fandresena inefatra niantoana nisaloran'i Jean tamin'ny fifaninanan'izy sy ilay kingalahy malaza, izay nahatonga ny namany hanadino ny fifamotoanana teny amin'ny Fiangonana Md Antoine, isaky ny andro fety. Lasa niara-nitsangantsangana izy rehetra mpiray fikambanana rahefa tonga ny fotoanan'ny fialantsasatra: mitety ny vohitra manodidina an'i Chieri. Tonga hatrany Turin mihitsy aza ny dia. Dia tamin'izao dia an-tongotra niarahan'ny mpisakaiza niriaria izao no sambany nahitan'i Jean an'i Turin, ilay renivohitra fanta-daza. Nananika ny fahafito ambin'ny folo taonany

i Jean tamin'izay... Rivo-baovao teo amin'ny fiainany koa izao fitomboan'ny fahalalany ny faritany onenany izao. Tsy teo amin'ny sehatry ny fianarana ihany, araka izany, no nifohan'i Jean rivo-baovao tao Chieri. Niatrehany rivo-baovao mahavelom-bolo koa teo amin'ny sehatry ny fitomboan'ny fahalalany ny tontolo voajanahary iainany...Dia toy izany àry ny ambangovangon'ny taompianarana voalohany niainan'i Jean tao anatin'ny rivo-baovao mahavelom-bolo tao Chieri...

7

Fotoam-pihavanana sy safidim-piainana

Rivo-baovao mahavelom-bolo no niainan'i Jean tao Chieri, nandritra ny taom-pianarana voalohany nodiaviny tao (1831-1832), satria tojo mpampianatra afa-nandray sy nanampy azy izy. Nandia taom-pahasoavana mihitsy aza izy ara-pianarana, noho ny dingan-dava nataony: kilasy telo samihafa no vitany tao anatin'iny taom-pianarana voalohany tao Chieri iny.

Rivo-baovao nahavelom-bolo an'i Jean avokoa izany rehetra izany ary rivo-baovao nankahery azy tamin'ny seha-piainana hafa sy tamin'ny fiatrehana ireo taom-pianarana telo manaraka.

Nitohy hatrany, araka izany, ny fijoroan'i Jean ho mpianatra mahafatra-po. Tsy nananosarotra azy ny fanatontosana ny kilasy fahatelo (troisième:1832-1833) sy ireo kilasy roa sisa famaranana sy dingam-pianarana mialoha ny ambaratonga ambony: ny kilasy nantsoina hoe «Humanités» (1833-1834) sy «Rhétorique» (1834-1835). Vao mainka nibaribary hatrany aza ny fitadidiana hafakely nananany sy ny fitiavany mamaky boky. Ny hany tsy hainy loatra tamin'izany vanim-potoana izany, araka ny rakitsoratra navelany taty aoriana, dia ny nanavaka ny famakiam-boky tamin'ny hoe: «mianatra».

Tsy azo lavina kosa anefa, na izany aza, fa fotoam-pivelarana ho an'i Jean ireo taom-pianarana telo sisa tsy maintsy nodiaviny tao Chieri, taorian'ny taom-pianarana voalohany: fotoam-pivelarana ara-tsaina, fotoam-pivelarana ara-pifandraisana amam-pihavanana ary fotoam-pivelarana ipoiran'ny safidim-piainana miha-mazava miandalana.

Efa voafintimpintina ihany moa ny sehatry ny ara-pianarana nandritra izany telo taona izany, ka tsy ivalamparana intsony. Fa hotopaza-maso kely kosa ny lafim-piainan'i Jean ara-pihavanana sy ara-pandinihana ny endri-piainana tiany hizorana.

Fotoam-pihavanana

Arakaraka ny nitomboan'i Jean taona no nahamaro ny olona nifanerasera taminy. Nisy tamin'ireny olona ireny no nijanona ho olom-pantatra tsotra ihany, fa nisy koa ny lasa sakaizan'i Jean tsy nifankafoy taminy.

Louis Comollo: antso ho amin'ny fiainam-pitiavana

Iray tamin'ireny sakaiza tsy nifankafoy tamin'i Jean ireny i Louis Comollo. Korontana nitranga indray mandeha, tao an'efitrano fianarana, no nahatonga an'i Jean ho sakaiza tsy nahafoy azy.

Tsy tonga ara-potoana mandrakariva ny mpampianatra, ka manjary kotaba sy korontana ary fotoam-pilalaovana, matetitetika ny fiantombohan'ny ora fianarana. «Ireo mpianatra tsy mazoto mianatra indrindra - hoy i Jean Bosco - no lohalaharana malaza amin'izany kotaba aman-dalao izany». Fa ireo mpianatra liam-pianarana kosa samy mahalala ny tokony hataony. Anisan'ireto liam-pianarana ireto i Louis Comollo. Azo lazaina ho mpianatra mbola vaovao ihany izy tamin'ny fotoana nahatonga azy ho sakaizan'i Jean.

Tsy tonga ara-potoana ny mpampianatra tamin'io fotoana io. Nandray ny toerany am-pilaminana i Louis Comollo, zazalahy tokony ho dimy ambin'ny folo taona (15) eo ho eo. Ny mpampikorontana manao ny ataony, fa izy kosa efa nanokatra ny boky fianarany.

«Tonga teo aminy ny mpikorataba anankiray - hoy i Jean Bosco - ary nandray azy tamin'ny sandriny sy nilaza taminy hoe:

- Avia koa ialahy hiara-milalao aminay.

- Tsy mahay aho - hoy i Comollo.

- Dia mianatra ialahy - hoy ilay mpandrahona -. Aza terena hampitsangana an'ialahy amin'ny daka aho.

- Raha te hikapoka ahy ialahy, dia ataovy, fa izaho tsy hihetsika.

Nofafazan'ilay mpampikorontana tehamaina indroa nanakoako eran'ny efitrano fianarana i Comollo. Henoko nandroatra be ihany tao anatiko tao ny rako teo am-pahitana izany. Niandry famaliana ara-drariny avy amin'ilay nasiana aho, indrindra koa fa matanjaka noho ilay mpamely izy. Tsy nihetsika anefa izy».

Araka ny rakitsoratr'i Jean Bosco, dia izao aza no nolazainy:

- Faly ialahy izao? Avelao hilamina amin'izay àry aho. Mamela heloka an'ialahy aho.

Ankona tanteraka i Jean teo anoloan'izany fihetsika «mampitolagaga» izany. Nataony izay hahafantarana ny anaran'ity mpianatra vaovao tsara toetra ity: i Louis Comøllo. Babon'ny harem-panahin'i Louis Comollo i Jean, ka lasa mpiaro azy antsitrapo teo anoloan'ny famelezan'ireo mpianatra mpiteny ratsy sy maherisetra! Hoy tokoa ny rakitsorany:

«Nanomboka tamin'izay fotoana izay, dia lasa sakaiza mahatoky ahy izy. Ary azoko lazaina fa noho izy no nanombohako nahay niaina araka ny maha-kristianina».

Nambabo an'i Jean tanteraka ary niantso azy ho amin'ny fiainam-pitiavana tsaratsara kokoa ny fihetsik'i Comollo. Ary vao mainka nahalalim-pototra izany antso izany ny teny natsipin'i Comollo taminy, taty aoriana kely.

Mbola tsy tonga ara-potoana indray ny mpampianatra tamin'izay andro izay. Velona toy ny efa mahazatra ny kotaba.

«Nisy tamin'ireo mpitabataba ireo saika hamely an'i Comollo sy ny mpiara-mianatra anankiray hafa mahafatra-po atao hoe:

Antonio Candelo. Nikiaka mafy nanome baiko aho mba tsy hikitikitihana azy ireo, nefa tsy nohenoina aho. Nanomboka amin'izay ny ompa variraraka.

- Izay mbola miteny ratsy eo - hoy aho - dia mahita faisana amiko».

Nivondrona nilahatra nisakana an'i Jean ireo lehibe sy mahery setra tsy nahay nipetraka; ary nisy tehamaina roa nipetaka indray teny amin'ny tarehin'i Comollo, nandritra izany fotoana izany. Naharomotra an'i Jean ny fandehan-javatra. Tsy nisy seza na kibay azony noraisina anefa, ka izay tandrify ny tanany no nampiasainy hamaizany ny mpisetrasetra:

«... noraisiko tamin'ny sorony roa ny anankiray tamin-dry zalahy nilahatra teo anoloako, dia izy no nampiasaiko toy ny kanonta namelezako an'ireo rehetra tandrify ahy. Nianjera tamin'ny tany ny efa-dahy ary nandositra sady niantsoantso ny sisa. Tamin'izay indrindra no niditra ny mpampianatra, ary rahefa nahita ny toe-javatra nisavorovoro be ihany izy, dia nanomboka nitrerona sy nizara tefaka tamin'izay tratrany. Nony nitony kely ny orambaratra, dia nampitantarainy ny mpianatra ny fomba nipoahan'ny korontana ary nasainy naverinay aza ny fandehan-javatra. Nihomehy aho, dia nihomehy koa ny mpianatra hafa, hany ka hadinon'ny mpampianatra teo ny nanasazy anay tamin'ilay korontana».

Nandinika ny herin'i Jean tamin'iny korontana iny i Comollo koa rahefa afaka niresaka samy irery izy sy i Jean, dia mba nolazainy azy ihany izay fomba fijeriny ny fandehan-javatra. Mpinamana tsy nifankafoy koa moa izy ireo ka noheverin'i Comollo ho adidy ny famborahana tamin'i Jean izay tao am-pony:

- Mampatahotra ahy, leitsy, ity herin'ialahy ity. Tsy nomen' Andriamanitra an'ialahy izy io mba hamotehan'ialahy ny naman'ialahy. Sitrak'Andriamanitra ny hamelantsika heloka sy ny hanaovantsika soa amin'ireo izay manao ratsy antsika.

Antso ho amin'ny fiainam-pitiavana miantefa amin'i Jean eny anivon'ny fianarana eny izany. Antso tsy maintsy anabeazany ny tenany ho akaikin'ny «Vaovao Mahafaly» bebe kokoa hatrany. Marina fa tsy dia mifanandrify loatra amin'ny toetrany voajanahary *«izany hanolotra ny takolaka an-kavia hokapohina izany rahefa misy mamely ny an-kavanana» (Mt 5,38-39).* Nefa moa lalana iantsoana azy izany amin'ny maha-kristianina azy. Toa mifanojo amin'izao tenin'i Comollo izao indrindra ilay hafatra niampita tamin'i Jean tao anatin'ilay nofiny mahagaga fony izy mbola sivy taona: «Tsy amin'ny alalan'ny herisetra no hahazoanao sakaiza, fa amin'ny alalan'ny fitiavana».

Havana sy sakaiza mahatoky ho an'i Jean tokoa i Comollo, tsy nijery arina an-tava izy tamin'ny tsy fitovizany hevitra tamin'i Jean mikasika ny lafin-javatra sasany, fa dia namboraka izay tao ampony tao.

Jean Bosco: mpiasa mahafatra-po

Maro ny fomba nahatonga ireo mpifanerasera tamin'i Jean ho sakaiza tsy foiny na tsy nahafoy azy. Ao ireo nanana toetra hafakely nahasarika ka nanjary sakaiza tsy foin'i Jean sady tsy nahafoy azy, toa an-dry Comollo. Fa ao koa ireo nahita sy nankamamy ny toetra miavaka nananan'i Jean ka lasa sakaizany tsy nahafoy azy.

Iray tamin'ireo lasa sakaiza tsy nahafoy an'i Jean, ohatra, ry Jean Pianta izay olom-pantatry ny fianakaviany. Nanomboka teo amin'ny fotoana nahavitan'i Jean ny kilasy fahatelo no tena nifaneraserany akaiky tamin'Ingahy Pianta.

Nahavita fianarana tamin'ny faran'ny taom-pianarana 1832-1833 ny zanakalahin-dRamatoa Lucie Matta izay nampiantrano azy hatramin'izay nahatongavany hianatra teto Chieri izay (nôvambra 1831). Nilaozan'izy mianaka i Chieri, ka tsy maintsy nitady olon-kafa hampiantrano azy indray i Jean.

Tamin'io tonom-potoana nandehanan-dry Ramatoa Matta mianaka io no nahatonga azy hitady fialokalofana tao amin'Andriamatoa Pianta.

Nanokatra trano fisotroana sady filalaovana tao Chieri manko Andriamatoa Pianta ary nolazainy an'i Jean fa vonona ny handray azy ho mpiasa ao amin'ny trano fivarotany izy. Nanaiky ny asa natolotra azy i Jean satria sady tsy nahita trano hafa hipetrahana no tsy nisy asa tsaratsara kokoa azony nirotsahana.

Tena mafy mihitsy ny adin'i Jean tao amin'Andriamatoa Pianta raha ny asany no jerena. Fa anjarany ny mandio ny trano isamaraina alohan'ny handehanany mianatra; anjarany ny manomana ny kafe sy ny mofomamy hamidy ary anjarany koa ny miaritory amin'ny alina misahana ny fivarotana sy ny fandaminana ny filalaovana kanety. Saika lany tamin'izany ny fotoana rehetra, ka nihafihafy ihany i Jean tamin'ny fitadiavam-potoana hianarana.

Ho sandan'izany rehetra izany kosa, dia lasopy indroa isan'andro miampy lozoka kely anankiray atoriana no mba omen'Ingahy Pianta an'i Jean. Nianjera tamin-dRamatoa Marguerite daholo ny fiantohana ny mofo sy ny famenon-tsakafo hafa.

Mafy ady mihitsy i Jean nipetraka tao amin'Ingahy Pianta, satria henjana ny asa sy ny fiainana nampitondrain'ity mpampiasa ity azy.

Tsy nitarain-tana-miempaka tamin'ny anjara fihafiana nentiny anefa i Jean, fa niatrika ny adidiny tamim-pitiavana hatrany. Nambabo an'Ingahy Pianta mihitsy aza ny fihetsiky ny mpiasa mahafatra-po nasehony, ka raiki-pitia tsy nahafoy azy ity mpampiasa izay tsy ampy fiantrana ity. Azo lazaina aza fa tsy maty tao ampon'Ingahy Pianta nandritra ny fiainany manontolo ny toe-panahin'i Jean Bosco. Satria mbola nitanisa ny mombamomba an'iny mpiasany fahiny iny foana Ingahy Pianta, dimampolo taona mahery taty aoriana (1888) : «Sarotra - hoy izy - ny hahitana mpiasa mendrika mihoatra noho i Jean Bosco. Mandeha isa-maraina any amin'ny Fiangonana Md Antoine izy ary manampy ny pretra amin'ny fanatontosana ny Sorona Masina. Ary tena nampiaiky

volana ny fitiavan-dehibe nasehony tamin'ny reniko antitra sy marary tao an-trano».

Nijoro ho mpiasa mahafatra-po hatramin'ny farany tokoa i Jean, ka nanjary sakaiza tsy nahafoy azy koa Ingahy Pianta mpampiasa azy, na dia teo ihany aza ny tsy fananany fo antra an'i Jean tototry ny asa.

Sakaiza mahatoky tsy manam-piovana

Nahalasa lavitra an'i Jean teo amin'ny fiaraha-miaina tamin'ny hafa mandrakariva ilay fiainam-pitiavana niezahany nivelomana, na dia teo aza ilay toetrany voajanahary somary mahery setra izay.

Noho io fiainam-pitiavana niezahany tsaratsara kokoa hatrany hivelomana io, dia tsy mba nandairan'ny toetsaina jembimpanavakavahana loatra i Jean. Hita taratra izany toe-piainany nentanim-pitiavana izany teo amin'ny fifandraisana tamin'ireo Jiosy mpiara-mianatra taminy.

Noheverin'ny fiaraha-monina ho ambinambin'olona ihany ny Jiosy tamin'izany fotoan'andro nianaran'i Jean tao Chieri izany, ka dia tsy nahazo niara-nipetraka tamin'ny kristianina izy ireo. Ary vao mainka nampitombo ny fanambaniana azy ireo ny foto-pinoana mifehy ny Jiosy hanaja ny sabata izay andro tsy fiasana sady tsy fianarana fa andro fivavahana. Noho io lalàna fanajana sabata io manko, dia tsy afa-manao ninoninona ohatra, ny mpianatra: avela daholo ny asa entimody sy ny fianaran-desona ary ny fandehanana any an-tsekoly. Misy akony amin'ny fianaran'ireo tanora mpianatra Jiosy izany, satria mampidina ny isa azo, matetika, ny fanapahana fianarana isaky ny sabotsy sy ny tsy fahaizan-desona mbamin'ny tsy fahavitana ny asa entimody. Dia mitombo noho izany ny fanesoan'ny mpiara-mianatra maro azy ireo ho tsy mahay ninoninona.

Tsy mba nandairan'izany fanavakavahana sy fanesoana Jiosy izany kosa anefa i Jean. Vao mainka aza nanampy azy ireo

tamin'ny fianarana izy, hatramin'ny fanaovana ny asa entimody isaky ny sabotsy ho azy ireo.

Noho ireny ezaka fanampiana ireny àry, dia lasa namana tsy foin'ny anankiray tamin'ireny mpianatra Jiosy nampiany ireny i Jean. «Jonas» no anaram-bositra nomen'ny mpianatra namany an'io Jiosy sakaizan'i Jean io, fa Jacques Lévi kosa no tena anarany. Zavatra iray no iombonan'izy roalahy: samy kamboty ray i Jonas sy i Jean. Valo ambin'ny folo taona eo ho eo i Jean tamin'izany fotoam-pihavanana hafakely izany.

Tena mpinamana tsy nifankafoy sy tena zaza niara-nihira (ara-bakiteny) tokoa i Jean sy i Jonas raha ny rakipahatsiarovan'i Jean Bosco no topazamaso: «Izaho no sakaizany akaiky indrindra. Any amiko izy no tonga mandany ny fotoana malalaka rehetra ananany. Zavatra maro no nandanianay ny fotoana nihaonana: mihira, mitendry pianô, mamaky boky ary miresadresaka».

Tafiditra hatrany amin'ny lafi-pinoana mihitsy aza ny resaka nony ela. Izay sarobidy indrindra teo amin'ny fiainan'i Jean no natolony ho fantatr'i Jonas sy hivelomany miandalana: ny finoana kristianina izany. Nampindraminy an'i Jonas àry ny bokikeliny mirakitra ny foto-pinoana Katôlika na katesizy. Novakin'i Jonas sy nanaovany fandalinana samirery nandritra ny volana vitsivitsy izany. «Faly tamin'izay nodinihiny izy» - hoy i Jean Bosco. Ary tsapa fa niezaka tsikelikely koa izy hanatsara ny fomba fiteniny sy ny fitondrantenany.

Saingy nampisavorovoro ny fianakavian'i Jonas ihany ny toe-javatra, satria hitan-dreniny tao an'efitranon'i Jonas ilay katesizy nampindramin'i Jean azy. Teny mahery miendrika ompa no nafafin'ny maman'i Jonas tamin'i Jean, satria, hono, mitondra ny zanany ho any amin'ny fahaverezana i Jean.

Mba niezaka nanome fanazavana araka izay tratra ihany i Jean. Nefa aim-bery foana izany. Voatery nanalavitra kely ny fianakaviany mihitsy aza i Jacques Lévi, fantatry ny maro amin'ny anarambositra hoe: «Jonas».

Nisinda tsikelikely ihany anefa, nony ela, ny raho-mainty nitatao. Nilamina ny toe-javatra, ka dia natao batemy tao amin'ny Katedralin'i Chieri i Jacques Lévi tamin'ny 10 aogositra 1833. Valo ambin'ny folo taona toa an'i Jean koa izy tamin'izay. Ary Louis no anarana noraisiny tamin'i Mômpera Sebastiano Schioppo izay nanao batemy azy.

Vao mainka nanamafy ny fatoram-pihavanan'i Jacques Lévi tamin'i Jean izao fidirany ho ao amin'ny fianakaviamben'ny kristianina izao. Ary nijanona ho sakaiza mahatoky tsy nanampiovana tamin'i Jean i Jonas nandritra ny andro sisa rehetra niainany. Mbola tonga namangy an'i Mômpera Jean Bosco izy, ohatra, tamin'ny taona 1880, ary novisavisain'izy ireo tamin'izay indray ireo andro mamiratra fahiny niaraha-nihira..

Ny fanampian'i Jean an'i Jonas teo amin'ny ady sarotra no nahatonga azy ireo ho mpisakaiza nifampatoky. Mazava araka izany fa tsy very maina tsy akory ny ezaka fitiava-namana nirotsahan'i Jean. Ny atao tokoa no mahatarika!

Voatariky ny fiainam-pitiavana niezahan'i Jean nivelomana ireo nifanerasera taminy akaiky, ka tsy nitomoe-poana tamin'izao! Ireo izay nampian'i Jean tamin'ny ady sarotra, dia nanjary sakaiza tsy nahafoy azy. Ny sasany izay babon'ny hatsarampanahy nasehony kosa nanjary namana mpiantra azy. Anisan'ireto farany ireto i Joseph Blanchard sy ny reniny.

Namana mpiantra an'i Jean

Araka ny zava-maro efa voatanisa hatrany am-piandohan'ny tantaran'i Jean, dia tsy takona afenina fa fianakaviana tantsaha mahantra no nipoirany. Hita soritra teny amin'ny fomba fiainan'i Jean ny akon'ny maha-olo-mahantra azy. Ary mbola noho ny fahantrany ihany no mahatonga azy hirotsaka ho mpiasan'olona hatramin'izao fahavalo ambin'ny folo taonany izao. Tsy mba satriny ve ny hampifantoka ny mondron-keriny rehetra amin'ny fianarana samirery rahefa tsy mankany an-tsekoly? Nefa tsy azony

atao izany, satria tsy ampiampy ara-pivelomana ny fianakaviany, ka tsy maintsy manao izay hanampiana an-dreniny izy eo amin'ny fikarohana izay ilaina hanatontosany ny fianarany eto Chieri. Izany no hahatonga azy ho mpiasan'Andriamatoa Pianta, na dia tsizarizary aza ny sandan'ny asa be ataony isan'andro ao: lasopy indroa isan'andro sy lozoka kely ahazoana matory amin'ny alina. Ny fahoriana mahazaka maniraka ary aleo homan-kely toy izay mandry fotsy.

Olona eo an-tampon'ny fotoam-pitomboana indrindra i Jean amin'izao izy mananika ny fahavalo ambin'ny folo taona izao. Mila sakafo betsaka hohanina ny olona amin'ny tonontaom-pitomboana toy itony. Tsy mba nahita ny ampy tandrify azy anefa i Jean tao amin'Ingahy Pianta mpampiasa azy, satria kelikely ihany ny lasopy nomena ho sandan'ny asa be nosahaniny, ka tsy nifanandrify tamin'izay nilain'ny toe-batany vaventy sy an-dalam-pitomboana. Vokatr'izany: mahatsiaro noana izy matetika, rahefa any am-pianarana any. Tsinjon'i Joseph Blanchard, iray tamin'ireo sakaizany, izany hanoanan'i Jean matetika izany. Koa mba hamonjeny an'i Jean, dia nanapa-kevitra i Joseph Blanchard hangalatra paoma sy voankazo hafa any amin'ny fivarotan-dreniny. Tazan-dRamatoa Blanchard avokoa izay nataon-janany, nefa nodiany tsy hita. Fantany fa asitrik'i Joseph hatramin'ny sakafo sasany ao an-trano, nefa tsy niteny izy. I Léandre, rahalahin'i Joseph, no nikotaba namaky bantsilana ny toe-javatra hitany, indray andro izay:

- Tena tsy mahita ninoninona mihitsy ianao ity, ry Mama. Amin-kilao ny voankazo angalarin'i Joseph aminao, nefa dia tsy hitanao akory.

- Hitako tsara daholo ireny, anaka - hoy Ramatoa Blanchard- nefa fantatro koa ny toerana anaterany azy ireny: ho an'i Jean Bosco. Zazalahy tsara toetra iny Jean iny ary zava-mafy mampijaly ny hanoanana amin'ny vanin-taona misy azy.

Nahalala ny hamafin'ny hanoanana nianjady tamin'i Jean, izay nampitolagaga tamin'ny hatsaran-toetrany, ry Joseph Blanchard

sy Ramatoa reniny, ka nirotsaka mangina ho namana mpiantra sy mpanao soa azy.

Tsy very mandeha tokoa i Jean, na dia nijanona ho tandra vadin-koditry ny lalana nodiaviny aza ny fiainam-pahantrana. Azo lazaina aza fa loharanom-pahasoavana ho azy ny fotoam-pihavanana nivelomany tamin'ny fomba samihafa, hany ka tsy resy tosiky ny adim-piainana izy. Ny hanoanana nianjady taminy aza dia tsy nahasakana azy tsy hiaritory ho fampandrosoana ny fianarany.

Raha tena fotorina lalina anefa ny fiaimpiainan'i Jean dia izao no azo lazaina: afaka nivelona tao anatin'ny toe-piaina mahatehotia sy feno fikirizana i Jean, na dia teo aza ny adim-piainana, satria nanentana ny fiainam-pahatanorany ny finoana ombam-pitiavana sy ny fanantenana ho tody pretra indray andro any.

Safidim-piainana nironan'ny fony fotsiny anefa izany ho pretra izany hatramin'izao. Arakaraka ny nitomboan'i Jean taona kosa no tsy maintsy niatrehany miandalana ny ambaindain'ny endri-piantsoana nironan'ny fony, mba hahafahany manapa-kevitra sy mandray safidy hentitra.

Safidim-piainana: sarotra raisina nefa tsy azo idifiana

Misy vanim-potoana, eny an-dalam-pisandratana eny, tsy maintsy andinihan'ny tanora isanisany izay mba hoaviny mazava, araka izay mba ironan'ny fitiavany. Io vanim-potoana io no mety hamariparitra miandalana ny safidim-piainana tian-kirotsahana.

Miankina amin-javatra maro mifamahofaho sy mifaningotra anefa io safidy io, ka mety tsy ho hita avy hatrany amin'ny endriny mazava. Mety ho ela fisinda aza ny somambisamby tsy ahafahana mitsinjo lavitra, ka ilaina ny faharetana ombam-pitiavana amampanantenana tsy sarahim-pinoana, eo am-pamakivakiana ny fotoana iandrasana ny mazava hiposaka. Mety ho amin'ny alalan'ny tsapa-

tsapa sy andranandrana atao amin-kitsimpo koa aza no hahitan'ny tanora iray ny safidim-piainana tandrify ny maha-izy azy. Izany rehetra izany no mahatonga anay manokana hilaza am-pahatsorana etoana fa tsy azo idifiana ny fandraisana safidim-piainana, nefa zava-tsarotra izy io.

Raha ny momba ny nanaovan'i Jean Bosco ny safidim-piainany, dia azo lazaina fa nitsapatsapa ihany izy. Nefa nataony tamin-kitsimpo moa izany fikarohan-dalana izany, ka dia ny zava-nitranga ihany no nentin'Andriamanitra nitantana azy ho amin'ny làla-mazava mety hahitany fivelarana kokoa sy hanampiany ny mpiarabelona ho amin'ny fivelarana mendrika ny maha-olona.

Safidim-piainana tsy mbola mazava

Taona 1834. Eo an-katoky ny faha-19 taonany i Jean. Mahery vaika tsy hainy idifiana intsony ny fitiavana hanana safidim-piainana mazava hoenti-manatratra ny tanjona ho pretra. Koa noheverin'i Jean fa ny fidirana ao amin'ny Fikambanan'ny Fransiskanina no lalana hahafahany mandroso amin'ny laharana maha-pretra. Napetrany tamin'ny volana marsa 1834 àry ny fangatahana hiditra amin'izany Fikambanana izany. Mbola tao amin'ny kilasy «*Humanités*» tao Chieri izy tamin'io fotoana io.

Tsy ela akory taorian'izay, dia tonga avy eny Turin ny valin'ny fangatahana nataony. Voaray hiditra ao amin'ny Fikambanana izy, ka tsy maintsy mankeny Turin hiresaka amin'ny Lehibem-Pikambanana, ao amin'ny Tranondrelijiozy Masina Marian'ny Anjely. Voatahiry ao amin'ny bokifiraketan'io Trano io ny fanapaha-kevitr'ireo Fransiskanina tompon'andraikitra nandray azy. Mitondra ny tonon'andron'ny 18 avrily 1834 io fanapahan-kevitra fandraisana azy io.

Nandeha an-tongotra nihaona tamin-dry Mômpera Fransiskanina teny Turin izy, talohan'ny nikarakarany ireo taratasy ilaina amin'ny fidirana ho Fransiskanina.

Antony roa indrindra, raha jerena akaiky, no nahatonga an'i Jean hanapa-kevitra hiditra amin'ny Fikambanan'ny Fransiskanina.

Teo aloha ny fahantran'ny fianakaviany. Te ho pretra tokoa i Jean ka mikiry mianatra ao anatin'ny fihafiana lava izao. Tsy eken'ny fisainany intsony koa anefa ny haha-enta-mavesatra azy lava izao ho an'ilay reniny mahantra; arakaraka ny itomboany taona tokoa no mahabe ny lany aminy.

Noresadresahiny tamina Mômpera Fransiskanina vitsivitsy ihany ny momba izany olana izany. Noho izy fantatry ry zareo ireto tsara moa, dia valiteny mahafapo avy hatrany no natolotr'izy ireo azy! «Midira ao amin'ny Fikambananay e». Nolazaina taminy aza fa tsy hampadoavina azy akory ny lelavola angatahina amin'ny zazavao rehetra eo am-pidirana amin'ny Fikambanana.

Noheverin'i Jean araka izany àry fa raha miditra ho Fransiskanina izy dia tsy ho enta-mavesatra ho an-dreniny intsony, eo amin'ny fanohizany ny fiomanany ho pretra.

Fa nisy antony faharoa koa nahatonga an'i Jean hangataka hiditra ho Fransiskanina.

Ho pretra moa no faniriana lalina efa nanitsiany ny fomba fiainany hatramin'ny taona maro izao. Tsy tokana kosa anefa ny lalam-piainan'ny pretra sady relijiozy tsy maintsy manana ankohonam-piainana (*communauté*), toy ny Fransiskanina, ary misy koa ny lalam-piainan'ny pretra fotsiny amin'izao tsy relijiozy sy antsoina hoe: pretra diôsezanina na «séculier». Koa tsy maintsy manontany tena i Jean amin'izay lalana mety ho azy: ho pretra relijiozy miaina ny voadin'ny fahantrana ao anatin'ny Fikambanandrelijiozy iray ve sa ho pretra «*séculier*» tsotra manan-jo hitantana samirery izay ananany, araka izay heveriny ho mety?

«Rahefa nandinika izany aho - hoy ny rakipahatsiarovan'i Jean Bosco taty aoriana - dia hoy ny eritreritro: Raha lasa pretra «*séculier*» aho, dia hotandindomin'ny lozam-paharendrehana ny lalam-piantsoana fidiko».

Fakam-panahy naharevo ny tanora maro tamin'izany androm-pahatanoran'i Jean Bosco izany tokoa manko ny fiandrandrana harena sy hoavy azo antoka tamin'ny alalan'ny fidirana ho pretra «séculier». Izany no nahamaro ny tanora niditra tamin'ny seminera. Nanjary nakan'ny tanora maro fahaizana hoenti-milatsaka ho mpampianatra na ho mpiasam-panjakana mihitsy aza ny seminera na toeram-panabeazana ho pretra.

Natahotra ny ho rendriky ny fakampanahin'ny harena i Jean ka tsy sahy nifidy ny lalan'ny pretra «séculier». Aleony nisafidy ny lalam-piainan'ny pretra relijiozy ao amin'ny Fikambanan'ny Fransiskanina, satria tiany ny hijoro ho pretra mahantra am-panahy, tsy voarohirohin'ny harena ivelany...

Noheverin'i Jean àry fa mazava ny lalan-kombana, ka tsy nisalasala intsony izy nametraka ny fangatahany hiditra ho Fransiskanina.

Arakaraka ny fandrosoan'ny tantara kosa anefa no hahatsapany fa mbola somambisamby tsy mbola tantera-pahazavana ihany izany safidim-piainana izany. Hiposaka amin'ny fotoana antonona azy eny ihany ny fahazavana mahavonjy tsy misaraka amin'ny fiadanam-panahy.

Safidim-piainana miorina eo amin'ny fandinihana sy fikarohana izay sitrak'Andriamanitra Fitiavana

Tamin'ny faramparan'ny volana avrily 1834, dia lasa nankeny amin'ny Fiangonana fiaviany eny Castelnuovo i Jean, mba hangataka amin'ny Mômpera mpiandraikitra ny paroasy ny taratasy ilaina amin'ny fidirany any amin'ny Fransiskanina.

Sahiran-tsaina be ihany i Mômpera Dassano, mpiandraikitra ny paroasy, teo am-pijerena an'i Jean:

- Dia ialahy ve no handeha hihiboka any amin'ny Tranon-drelijiozy any? Tena mba nandinika tsara ve ialahy?

- Heveriko fa tena nandinika aho - hoy i Jean namaly.

Nony afaka andro vitsivitsy, dia lasa niakatra teny amin'ny toeram-piompiana eny Sussambrino i Mômpera Dassano. Ary niresaka am-pahatsorana tamin-dRamatoa Marguerite izy:

- Te hirotsaka ho mpitokamonina Fransiskanina i Jean. Tsy manan-dromoromo amin'ireo mpitokamonina aho tsy akory, fa araka ny hevitro, dia mifanentana kokoa amin'ny asa any amin'ny paroasy ny zanakao. Hainy ny miresaka amin'ny olona. Hainy ny misarika ny tanora. Hainy ny mambabo ny fitiavan'ny olona. Koa nahoana moa izy no handeha hilevina any an-tranon-drelijiozy any? Sady te hiteny am-pahatsorana aminao aho, ry Marguerite. Tsy manankarena ianao sady efa antitra rahateo. Ka raha tonga ny andro tsy hahafahanao miasa intsony, dia mba mety ho afaka hanampy anao ihany ny zanakao pretra miandraikitra paroasy (séculier); fa ny zanaka lasa pretra mpitokamonina dia karazan'ny very ho anao. Inoako mihitsy fa tokony hahodinao amin'izany fikasany izany ny zanakao. Ho an'ny tombontsoanao no ilazako izany aminao.

Lasa nankeny Chieri hiresaka amin'i Jean, Ramatoa Marguerite, reniny, rahefa nahare izany tenin'i Mômpera Dassano izany.

- Tonga nampandre ahy i Mômpera Dassano fa te hiditra ho relijiozy, hono, ianao. Marina ve izany?

- Eny, ry Neny. Antenaiko fa tsy manan-javatra hanoherana izany faniriako izany ianao.

- Henoy tsara aho, ry Jean. Tiako ny handinihanao tsara sy ampahatonena. Rahefa handray ny fanapahan-kevitrao ianao, dia izory tsy am-pieritreretana na aiza na aiza ny lalanao. Ny zavadehibe dia ny hanaovanao izay sitraky ny Tompo.Tian'i Mômpera Dassano ny hampiovako hevitra anao, satria mety hilaiko, hono, ny fanampianao any aoriana any. Nefa dia lazaiko mazava aminao: tsy misy tokony hidiran'ny reninao amin'ny safidim-piainana toy itony. Andriamanitra no banjino alohan'ny zavatra rehetra. Tsy mila ninoninona avy aminao aho ary tsy miandrandra ninoninona

ihany koa. Teraka aho nahantra, niaina aho nahantra, tiako ny ho maty mahantra. Ary lazaiko anao avy hatrany aza: raha tody pretra ianao ka, sanatria, lasa mpanankarena, dia tsy mandingana izay tokonam-baravaranao intsony aho. Tadidio tsara izany.

Tsy hadinon'i Jean Bosco na oviana na oviana ireo tenin-dreniny ireo, na dia tsy nampiova firy intsony ny fanapahan-keviny hiditra ho Fransiskanina aza.

Teo am-piomanany tamin'ny fidirana any amin-dry Frera Fransiskanina indrindra anefa no niseho tampotampoka ny tsy nampoizina:

«Andro vitsivitsy talohan'ny hidirako tany - hoy i Jean - dia nanonofy izay aho. Frera marobe mitafy akanjo rovidrovitra no toa hitako. Samy mihazakazaka sy mifamoivoy amin'ny zotra mifano-hitra izy rehetra. Nanatona ahy ny anankiray tamin'izy ireo ary nilaza tamiko hoe: "Mikatsaka ny fiadanana ianao, nefa tsy hahita fiadanana ato ianao. Manomana toeran-kafa sy trano hafa ho anao Andriamanitra"».

Tsy azon'i Jean natao ambany maso tsy hita ity nofy hafahafa ity, satria efa tsapany matetika teny an-dalan'ny fiainany hatra-min'izao fa manambara zava-dalina mikasika ny hoaviny ny nofy toy itony. Tsy nampandry eritreritra azy àry ny zava-natrehiny tao anatin'ilay nofy, ka lasa nihaona tamin'ny pretra mpampikônfesy azy izy: «Notantaraiko azy ny zava-drehetra - hoy ny rakitsorany - nefa tsy te hahalala ny momba izay nofy sy mpitokamonina izy. Izao no navaliny ahy: "Amin'ny raharaha toy itony, dia tsy maintsy manaraka ny fironan'ny fony ny tsirairay fa tsy manaraka ny hevitry ny hafa; koa anjaran'ise àry ny mandinika sy manapa-kevitra"».

Vao mainka nahasanganehana azy anefa ny valiteny azony. Inona no hatao? Nahemotr'i Jean indray aloha ny fandraisany fanapahan-kevitra ary nanohy nianatra tao amin'ny sekolim-bahoaka ao Chieri ihany izy.

Toe-javatra mandrera-tsaina koa anefa izany fiainana tsy misy fanapahan-kevitra hentitra sy mazava izany, ho an'ny olona mandeha amin-kitsimpo sy mpandray andraikitra toa an'i Jean. Ka dia nila hevitra tamin'i Louis Comollo, namany mahatoky azy, ihany koa izy, fa te hahita mazava. Ny hevitry ny maro manko no mahataka-davitra ary ny hevitra tsy azo, tsy amin'olombelona.

Tolo-kevitra tsotra ihany no nomen'i Louis Comollo izay miavaka amin'ny fahamasinan-toetrany: «Miara-manao vavaka hasiviana andro izy sy i Jean; hanoratra any amin'i Mômpera Comollo dadatoany i Louis mba hila hevitra; aorian'izay, dia anjaran'i Jean ny manaiky an-jambany izay lazain'i Mômpera Comollo».

Samy nanao izay tandrify azy tsirairay avy izy mirahalahy ary samy niandry am-pahatonena sy am-paharetana izay toro-hevitra halefan'i Mômpera Comollo. Araka ny tsaroan'i Jean Bosco, dia izao no hafatra nalefan'ilay Mômpera:

«Rahefa lanjalanjaina tsara, dia toroako hevitra ilay naman'ise mba tsy hiditra ho relijiozy. Aoka handray akanjorebareba izy ary aoka izy tsy hatahotra ny ho very fiantsoana. Fa amin'ny alalan'ny fijanonany lavitra ny rendrarendran'izao tontolo izao sy ny fiezaha-mivavaka ombieniombieny no handreseny ny zava-manahirana rehetra»...

Vao mainka niharihary tamin'i Jean tao anatin'izao hafatr'i Mômpera Comollo miampita ho azy izao, fa toe-javatra tsy azo idifiana tokoa ny safidim-piainana nefa sarotra tadiavina! Mitaky fandinihana am-paharetana omban'ny tolo-kevitry ny hafa ny fitadiavana azy io fa tsy efan'ny irery; sady miorina amin'ny fikarohana ny sitrapon'Andriamanitra-Fitiavana ihany koa ny safidim-piainana marim-pototra fa tsy mionona fotsiny amin'izay mahafinaritra ny saina mpaminavina. Ny safidim-piainana nota-diavina an-kitsimpo sy am-paharetana sady miorina eo amin'ny fikarohana ny sitrapon'Andriamanitra ihany no mitondra amin'ny fiadanana anaty na fiadanam-po amam-panahy.

Izany no nahatonga an-dRamatoa Marguerite hanafatrafatra an'i Jean hoe: «Tiako ny handinihanao tsara sy am-pahatonena... Ny zava-dehibe dia ny hanaovanao izay sitraky ny Tompo».

Safidim-piainana mihamazava miandalana

Raha ny tenin'i Mômpera Comollo àry no arahina, dia mazava fa tsaratsara kokoa ho an'i Jean ny mirotsaka ho seminarista mba hiomana mivantana ho pretra *«séculier»* na Diôsezanina. Efa be ny ezaka fikarohana nataon'i Jean am-pinoana vao tonga tamin'izao fanapahan-kevitra izao izy. Azo lazaina ho nitsapatsapa ihany izy vao tonga tamin'izao sori-dalana mazava hilatsahana ho seminarista izao.

Na mazava aza anefa ny lalan-kizorana, dia mbola misy ny olana lehibe tsy azo odian-tsy hita: mila vola ny herintaona famaranana ny fianarana ao amin'ny sekolim-bahoaka sy ny fidirana ao amin'ny Semineran'i Chieri ho seminarista.

Nisy vahaolana ihany nokarohin'i Mômpera Cinzano, izay nisolo toerana an'i Mômpera Dassano tao amin'ny Paroasin'i Castelnuovo. Rahefa nahafantatra ny olan'i Jean ara-pivelomana tokoa i Mômpera Cinzano, dia nandeha nangataka fanampiana tamin'olona anankiroa mba manamanana tao an-toerana: nanaiky izy ireo hiara-miantoka ny sakafon'i Jean mandritra ny herintaona farany hianarany (kilasy «Rhétorique») ao amin'ny sekolim-bahoaka.

Nahafaly an'i Jean izany fanampiana hitan'i Mômpera Cinzano ho azy izany, nefa toa tsy nampandry eritreritra azy loatra ihany koa. Satria tsy mbola hita izay tokotanim-bola hiatrehana ny fiomanana mivantana ho pretra any amin'ny Seminera Lehibe..

I Evasio Savio, sakaizany, no nanome hevitra azy handeha eny Turin hijery an'i Mômpera Joseph Cafasso:

- Mandehana àry mangataka hevitra amin'i Mompera Cafasso eny Turin. Mbola tanora izy, nefa izy no pretra havanana indrindra amin'ny terak'i Castelnuovo.

Vao telo amby roapolo taona tokoa i Mômpera Cafasso izao, nefa dia efa fanta-daza ho «mpitantam-panahy» matoky sahady izy. Mipetraka eny Turin izy izao fa mbola manatevina ny fianarany ara-teôlôjia; ary mikarakara ny marary sy ny voafonja koa izy eo am-panatontosana ny fianarany.

Dia lasa nankeny Turin i Jean, araka ny toro-hevitr'i Evasio Savio. Ary noborahiny tamin'i Mômpera Cafasso ny fahasahiranan-tsainy rehetra. Dia namaly azy tamim-pahatonena lalina tsy nahitam-pisalasalana i Mômpera Cafasso:

- Vitao aloha ny kilasy «Rhétorique» ary midirà eny amin'ny seminera aorian'izay. Andriamanitra Mpitsimbina no hampahafantatra izay sitrany aminao. Aza dia manahy ny amin'ny vola, fa tsy maintsy misy olona hikarakara ny momba izany.

Tsapan'i Jean tamin'ny fihaonana tamin'i Mômpera Cafasso iny fa hitany ankehitriny ny olona ilainy hanampy azy amin'ny fandrindrana ny toetrany misamboaravoara sy ny fiainany feno tebiteby! Lasa mpanolo-tsaina sy namana mahatoky an'i Jean Bosco manomboka hatreto i Mômpera Cafasso, ilay mpitantampanahy anjakam-pahatonena sy mahay mankahery...

Nisosa teny ny andro sy ny volana ka nitambatra ho taompianarana iray. Vita soa aman-tsara ny fianaran'i Jean tao amin'ny sekolim-bahoakan'i Chieri. Ary mihamazava miandalana ny safidim-piainana tandrify azy kokoa satria efa manangasanga eny ho eny koa ny varavaran'ny Seminera Lehibe ao Chieri nasain'i Mômpera Cafasso hidirany.

Tokony ho tany Turin i Jean no hanao ny fanadinana hidirana ao amin'ny Seminera. Nefa notandindomin'ny aretina «kolerà» ny tanànan'i Turin nandritra ny tonontaom-pahavaratra 1835 tany (21 jiona - 22 septambra), ka dia tao Chieri ihany no nanaovana ny fanadinana. Afaka tamin'izany soa aman-tsara i Jean. Noho izany: misokatra ho azy ny varavaran'ny seminera. Ary fanampin'izany dia nahazo alalana hianatra maimaimpoana ao amin'ny seminera i

Jean mandritra ny taona voalohany, noho ny fampandrian-dresaka nataon'i Mômpera Cafasso tamin'ilay teôlôjianina antsoina hoe: Guala.

Mihamazava miandalana tokoa ny safidim-piainana mifanentana amin'i Jean, izay niezaka handeha tamin-kitsimpo mandrakariva teny anivon'ny fikarohan-dalana rehetra nataony.

Hafaliana sy fiadanana anaty no nentiny nandao an'i Chieri handeha «hanao ny vakansy farany» mialoha ny fandraisana akanjorebareba maha-seminarista! Teny Sussambrino sy teny Castelnuovo, tao amin-dry Mômpera no nandanian'i Jean izany fotoanan'ny fialamboly izany, ary izao no rakipahatsiarovany mikasika an'izany: «Nijanona tsy nampiseho intsony ny mahakingalahy ahy aho nandritra ireny fialamboly ireny ary tena nifantoka tamin'ny vakiteny soa. Nanohy nikarakara ireo ankizilahy maro ihany anefa aho: nanao izay hitarihana azy ireo tamin'ny tantara sy lalao ary hira. Maro (ary efa lehibe) no tsy mbola mahalala ny fotopinoana kristianina. Koa dia nampianatra azy ireo ny katesizy sy ny vavaka isan'andro aho. Tanora dimampolo eo ho eo no tia sy nanaiky ahy toy ny hoe: "izaho no rain'izy ireo"».

Dia teo anivon'izany fialamboly nitobaham-pahasoavana izany no feno roapolo taona i Jean: 16 aogositra 1835. Lehilahy tapakevitra izy ankehitriny, matotra, marani-tsaina ary vontom-pinoana sy entanim-pitiavana amam-panantenana, eo am-piandrasana ny fandraisana akanjorebareba sy ny fidirana ao amin'ny Seminera Lehibe eny Chieri...

8

Làlam-piainana mazava!

Feno roapolo taona izao i Jean. Tonga ny tonontaona idirany amin'ny lalam-piainana mazava: tapa-kevitra ny ho pretra izy. Hita soritra ny ezaka ataony hampifandrindra tsaratsara kokoa hatrany ny fomba fiainany amin'ny tanjom-piainana banjininy. Matotra ny safidy: *«Rahefa eny dia eny»* (Mat 5, 37). Ary zary fiomanana mivantana hiditra amin'izany lalam-piainana mazava mankamin'ny tanjona kendreny izany ny fialamboly lehibe 1835, nolaniany tao Sussambrino sy Castelnuovo. Satria efa vonona handray an'i Jean hiofana pretra ny semineran'i Chieri; ny fahataperan'ny fialamboly ihany sisa no andrasana.

Nefa alohan'ny tena hidirany ao amin'ny seminera hanomboka ny fianarana *Filôzôfia* izay maharitra roa taona, dia misy ny fandraisana akanjorebareba mainty izay hatao ao Castelnuovo, ho mariky ny fanapahan-keviny hirotsaka amin'ny lalam-piainana mazava izorana mankany amin'ny maha-pretra.

Fandraisana akanjorebareba mainty

Marainan'ny alahady 25 ôktôbra 1835: marainam-pahasoavana ho an'ny Fiangonan'i Castelnuovo sy ny vohitra maro manodidina miray fileovana na miray fari-piadidiana aminy. Indreny olona maro no mitanjozotra mankeny Castelnuovo, avy amin'ireo vohitra manodidina toa an'i Becchi sy i Morialdo ary ny maro hafa koa. Be kokoa noho ny fahita mahazatra ny mpino tafavory mameno Fiangonana. Handray akanjorebareba eo am-piandohan'ny fotoam-pivavahana, alohan'ny Sorona Masina lehibe, i Jean Bosco

«ilay kely kingalahy» fahiny izay tsy zovìna amin'ny maro, ka somebiseby be ihany ny vahoaka tafavory.

Zava-dehibe teo amin'ny fiainam-piangonana fahizany manko izany mandray akanjorebareba izany. Dingana lehibe irotsahan'ny tovolahy rehetra milatsaka ho seminarista lehibe miomana ho pretra izy io ary dingana atao ampahibemaso. Mandray ny fitafiana maha-olom-piangonana voatokana azy ny tanora mahatapa-kevitra: akanjorebareba mainty, bàn-kiraro mainty, kiraro mainty, satroka mainty, miampy vozon'akanjo fotsy, sy ny sisa maro hafa. Raha fintinina, dia ny loko mainty ranoray no tsy maintsy lokon'ny fitafiana ivelany entin'ny olom-piangonana sy izay miomana amin'izany mivantana, ampian'ny loko fotsy mitsangana kely manodidina ny vozona.

Raha amin'ny fitafian'i Jean sy ny kojakojan-javatra ilaina amin'izao fandraisana akanjorebareba izao, dia azo lazaina fa ny kristianina tao amin'ny fari-piadidian'ny Fiangonan'i Castelnuovo ihany no nanome azy ireo: na ny akanjo izany, na ny satroka, na ny kiraro, sns... Zanak'olo-mahantra izy, ka tsy hahavidy izao rehetra izao. Saingy natoky an'Andriamanitra-Mpitsimbina izy, ka nametraka ny zava-drehetra teo ampelantanany: raha sitrak'Andriamanitra ny hahatanterahan'ny faniriany ho pretra, dia homeny azy ny herim-panahy sy ny fitaovana ilaina amin'izany. Ka sahy nandroso an-kafaliana handray akanjorebareba mainty izy tamin'iny alahady maraina 25 ôktôbra 1835 iny.

Tonga ny fotoam-pahasoavana nandrasany hirotsahana amin'ny lalam-piainana mazava. Vonona izy ankehitriny ny hanao dingana lehibe ampahibemaso amin'ny fandraisana akanjorebareba mainty. Manambara zava-dalina tokoa manko ny fandraisan'ny tovolahy iray akanjorebareba fahizany! Fambaran'ny fandaozana ny fiainan'izao tontolo sy ny fombafombany ny fialana amin'ny akanjo tsotra fitondran'ny besinimaro sy ny fandraisana akanjorebareba mainty ho solon'izay nialana.

Vonona ny hirotsaka amin'izany dingana lehibe izany i Jean, ka sahy nandroso teo anatrehan'ny vahoakan'Andriamanitra hanatona ny Otely masina: iny efa vimbininy eny an-tsandriny eny

ilay akanjorebareba mainty. I Mômpera Cinzano, mpitondra ny fari-piadidian'i Castelnuovo, no hanolotra an'iny akanjorebareba iny amin'ny fomba manetriketrika, hotafian'i Jean. Araka ny voalazan'ny rakipahatsiarovany, dia nasain'i Mômpera Cinzano noesorina aloha ny akanjo tsotra nisalorany. Ary nisy vavaka nataon'izy pretra nandritra izany: «Hoesorin'ny Tompo aminao anie ny olona tranainy sy ny fahazarany mbamin'ny fomba-fombany». Teo anivon'izany kosa, hoy ny rakitsorany, «dia niteny anakampo aho hoe: "Be tokoa ny korontan'entana hoesorina! Andrimanitra ô, Andriamanitro, foano ny fahazarandratsiko"».

Ary «rahefa nanome ahy ny fehivozona fotsy i Mômpera, hoy ihany ny rakipahatsiarovan'i Jean Bosco, dia hoy izy nanampy: "Enga anie ianao hosaloran'ny Tompo olom-baovao, voaary araka ny fitiavan'Andriamanitra, ao anatin'ny rariny sy fahamarinana, amam-pahamasinana"; izaho kosa nanohy tao am-poko hoe: "Ry Andriamanitra ô, enga anie aho mba hanomboka fiainam-baovao marimarina, araka ny sitrakao. Ry Maria Virjiny ô, aoka Ianao ho vonjiko"».

Dia toy izany ary iny marainam-pahasoavana nandraisan'i Jean akanjorebareba mainty iny. Ary tsy ela taorian'iny andro sarobidy iny, dia nigadona ihany koa ny zomà 30 ôktôbra 1835 hidirany amin'ny semineran'i Chieri.

Fiovàm-piainana sy fidirana ao amin'ny seminera

Tsy nipetra-poana anefa i Jean teo am-piandrasana ny tonon'andro handaozany ny reniny ao Sussambrino sy hidirany eny amin'ny seminera lehibe eny Chieri.

Nohararaotiny tokoa ny andro efatra niandrasany ny tonon'andro fidirana, mba hivavahana sy handinihana am-pahanginana ny lasa sy ny hoavy tsy hay fantarina amin'ny endriny manontolo.

Nanakoako tao an'eritreriny mamisavisa avokoa ny lasa maro endrika sy ny fanapahankeviny hirotsaka amin'ny lalam-piainana mazava, efa nosantariny tamin'ny fandraisana akanjorebareba. Dia mirongatra eo anivon'izany akoakon'ny lasa efa zary tantara izany koa ny fibanjinana ny hoavy. Ary indreo fa mipoitra tsikelikely hapetraka an-tsoratra ireo fikasana fito samihafa, ho mariky ny *fiovam-piainana* mifanentana amin'ny lalam-piainana mazava nirotsahany.

Ireto avy ireo fikasana fito ireo:

1- Tsy hijery dihy sy teatra ary fampisehoana ankalamanjana aho;

2 - Tsy hanao kilalao fanovamaso sy hakingana intsony aho ary tsy handeha hihaza intsony;

3 - Hahalala onona (hahay hifehy tena) aho amin'ny sakafo sy ny fisotro ary ny fialantsasatra;

4 - Hamaky boky mikasika ny finoana aho;

5 - Horeseko ny hevitra sy ny resaka ary ny teny sy ny vakiteny mifanohitra amin'ny fahadiovam-po amam-panahy;

6 - Isan'andro dia mba hanao fandinihana masina sy vakiteny masina kely aho;

7 - Ary isan'andro aho dia hitantara zavatra sy dinika mety hitera-bokatsoa.

Nivavaka tamin'Andriamanitra i Jean rahefa voapetraka an-tsoratra izany rehetra izany. Ary nangataka ny fivavahan'i Masina Maria Virjiny ho vonjiny izy sady nanome toky am-pinoana fa hitandrina antsakany sy andavany ireo fikasana fito ireo, na inon-kidona na inon-kihatra.

Eny e! Nanao izay faraheriny tokoa izy niezaka nanatanteraka izay nokasainy sy nanomezany toky, ka tena lasa lavitra teo amin'ny sehatry ny fiovam-piainana nirotsahany. Tsy azo lazaina ho lavorary tanteraka anefa izany ezaka izany, satria olombelona nofo aman-drà ihany, ka mety misy ny vanim-potoana mahareraka eny am-pitetezana ny onjan'ny fiainana. Asakasak'izay manary toky anefa! *Tsy misy tsy diso, hono, manko izay mandia amin'ny tany, fa izay mivarilavo no adala indrindra...*

Fiomanana ara-panahy hidirana amin'ny fiainam-baovao no azo lazaina ho nandanian'i Jean ireo andro efatra mialoha ny fidirany eny amin'ny semineran'i Chieri. Tamin'izay manko, araka ny efa voalaza, no nametrahany an-tsoratra ireo fikasana fito ho entiny miaina mamakivaky ny lalam-baovao sy mazava nofidiny. Ary tamin'izay koa no nanaovany fianianana mangina hiezaka hanatontosa izay nokasainy.

Dia nikorisa tsy hitahita akory, teo anivon'izany rehetra izany ny fotoam-piandrasana ny fidirana any amin'ny seminera. Ary tsy ela dia nigadona ilay vanin'andron'ny 30 ôktôbra 1835 nandrasana.

Tamin'ny harivan'ny alakamisy 29 ôktôbra mialoha ny andro handaozany an'i Sussambrino, ho any Chieri, i Jean no nampirina ny fitaovany sasantsasany tao amin'ny vatakeliny efa nomanin-dRamatoa Marguerite ho azy. Tsy maintsy miainga vao maraina manko izy ny ampitso, ka aleo vonombonona dieny mialoha ny zava-drehetra. Tamin'izay indrindra, araka ny rakitsorany, no nametraka tan-kafatra ho azy Ramatoa Marguerite, reniny.

«Nifantoka teny amiko ny mason'i Neny toy ny te hilaza zavatra amiko izy. Ary tampotampoka teo, dia niantso ahy hihataka kely izy, ka nilaza tamiko hoe:

"Nisalotra ny fitafian'ny pretra ianao, ry Jean. Mandre ny hafaliana mety ho ren'ny reny aho amin'izany. Nefa! Tsarovy fa tsy ny akanjo no mahatonga anao ho mendri-kaja, fa ny hatsaram-panahy. Raha sendra manam-pisalasalana amin'izay heverinao ho fiantsoana anao ianao, indray andro any, dia aoka re, noho ny fitiavana an'Andriamanitra, mba tsy harianao hasina iny akanjo iny, fa apetraho eo no ho eo. Aleoko ny zanako mpamboly mahantra toy izay pretra manao tsirambina ny adidiny. Raha vao teraka ianao, dia natokako ho an'Ilay Renin'Andriamanitra. Raha nanom-boka ny fianaranao indray ianao, dia nametrahako hafatra mba ho tia tsara an'io Reny io, izay renintsika. Ankehitriny kosa, dia iangaviako ianao mba ho azy manontolo".

Tohina ny fon-dreniko, rahefa avy nilaza ireo teny ireo. Nitomany aho. Dia izao no navaliko azy: "Neny, misaotra anao amin'izay rehetra nataonao ho ahy aho. Tsy ho hadinoko na oviana na oviana izay vao nolazainao tamiko teo"».

Izany no tan-kafatra sy fanomezan-toky nifametrahan'izy mianaka teo amin'ny takariva farany mialoha ny andro hifandaozan'izy ireo.

Dia tantarain'i Jean fohifohy koa ny nandaniany ny androny ny zoma 30 ôktôbra 1835 nandehanany hiditra eny amin'ny Semineran'i Chieri: «Vao maraim-be dia niainga nankeny Chieri aho; ary ny harivan'iny andro iny ihany dia niditra tao amin'ny seminera aho».

Raha vao niditra ny seminera izy, dia fehezanteny latinina anankiray voasoratra mazava be eo amin'ny rindrina fotsy iray no niarahaba azy voalohany indrindra: *«Afflictis lentae, celeres gaudentibus horae»* (Tsy mandroso ny ora ho an'ireo vesaram-pahoriana, fa haingam-pandeha kosa izy ireny ho an'ireo izay sambatra).

Teny fankaherezana mampientana izany ho an'ny tanora vao manomboka ny fiofanany ho pretra . Ho haingam-pandeha tokoa ny enin-taona hiofanan'i Jean eto amin'ny semineran'i Chieri, raha fo amam-panahy entanin-kafaliana ombam-piadanampanahy mahasambatra no entiny miatrika ny adidiny, eo amin'ny lalam-piainana nofidiny izorana ankehitriny.

Manomboka tsy re tsaika amin'izay ny taom-pianarana! Vavaka sy fandinihana ao anaty fahanginana hentitra mandritra ny telo andro no anombohana ny taom-pianarana. Fa *«sasa-poana isika olombelona raha ilaozan' ny Tompo Andriamanitra e»*. Ilaina ny fanilovan'ny Fanahy Masina Mpanazava mba hifanarahan'ny làlam-piainan'ny olombelona mbamin'ny fikarohany amin'ny làlam-pahamarinan'Andriamanitra-Fitiavana: *«Raha tsy ny Tompo no manorina ny trano, dia zary miasa foana izay manorina azy ireny! Raha tsy ny Tompo no miaro ny tanàna, dia zary miandry foana ny mpiambina mitily»* (Sal 127,1).

Seminera onenan'olombelona nofo aman-drà

Toy ny trano fiofanana rehetra tamin'izany vanim-potoana izany, dia mba nanana izay fandaharam-potoanany nenti-nanabe ireo mpiomana ho pretra tao koa ny seminera lehiben'i Chieri. Saika nitovitovy avokoa ny andro mifandimby noho izany fandaharam-potoana mazava enti-mandany ny andro isanisany izany. Io endri-javatra io no nahatonga an'i Jean Bosco hanoratra tao amin'ny rakipahatsiarovany hoe: «Ny andro rehetra tao amin'ny seminera, dia saika mitovitovy avokoa». Ny feon-dakolosy baikoin'izany fandaharam-potoana izany no mandrindra ny fiaimpiainana ankapobeny sy ny fiaraha-mientana rehetra: na ny fakandrivotra na ny fotoam-pianarana, na ny fotoam-patoriana sy fotoam-pifohazana. Ary atao masaka an-tsain'ireo beazina voalohany indrindra fa mitondra ny feon'Andriamanitra ny feon-dakolosy manakoako manambara fiovan-javatra atao... Manentana ny beazina rehetra mandeha amin-kitsimpo hilofo tokoa ny fandaminana sy rafitra fanabeazana, rahefa atao indray mijery, na dia tsy azo lavina koa aza ny lafiny mahamonaina noho ny fitovizan'ny andro rehetra mifandimby. Olombelona nofo aman-drà ihany manko no miaina ao amin'ny seminera, ka na dia rafitra nokendrena hahasoa ny olona monina ao aza dia mety ho loharanon'ny disadisa mahamonaina: *«mamy ny fary fa misy faikany»!*

Raha ny sakafo indray no jerena, dia azo lazaina fa tsotra tsy misy haingitraingitra izay aroso hanavaozan'ny seminarista ny heriny lany tamin'ny ezaka samihafa nirotsahana. *«Mihinana mba ho velona, fa tsy velona mba hihinana»* no baikom-piainana nivelomana tao amin'ny semineran'i Chieri...

Araka ny voasoritra ao amin'ny fandaharam-potoana, dia misy koa isan'andro ny toerana ho an'ny fakandrivotra. Aradrariny izany! Satria: sady manana adidy aman-jo hiasa ny olombelona no manana adidy sy zo hiala sasatra. Ny asa sy ny fialamboly mifandanja eo amin'ny fiainan'ny isam-batan'olona no loharanom-pivelarana azo antoka ho azy.

Ireny fotoanan'ny fakandrivotra ireny no zary fialamboly ho an'ireo seminarista mbola eo an-tampon'ny hatanorana. Maro ny

zavatra nataon-dry Jean ho fialamboly tao amin'ny semineran'i Chieri tao. Anisan'ireny ny filalaovana karatra nametrahana loka mihitsy. Tsiahivin'i Jean Bosco ao amin'ny rakitsorany ny mba fandraisany anjara sy ny nialany tamin'ireny lalao karatra ireny: «Tsy dia mpilalao kinga aho tsy akory, kanefa dia saika nandresy mandrakariva aho. Feno volamadinika ny tanako roa, rahefa mifarana ny lalao. Saingy, eo am-pahitana ireo namako malahelo fa very vola, dia izaho indray no malahelo noho izy ireo». Fanampin'izany koa: arakaraka ny nitadiavan'i Jean an'ireo karatra lalaovina no nahatonga ny sainy hifantoka tamin'ireo karazan-karatra samihafa hatrany anivon'ny fianarana sy ny fivavahana.

«Noho ireo antony ireo - hoy izy taty aoriana - dia nandray fanapahankevitra tsy hilalao karatra intsony aho, tao antenantenan'ny taona faharoa amin'ny Filôzôfia».

Tamin'ny fotoana nahazoany loka be indray mandeha izay no nanapahany hevitra hentitra hijanona tsy hilalao intsony. Efa resiny indray mandeha ilay seminarista anankiray, nefa tsy nahay nionona tamin'ny fahareseny, na dia mahantra toa an'i Jean koa aza, fa mbola nanohy nanao lemozy nitaky valin'ady. Tsy taitra i Jean fa nanaiky ny valin'ady notadiavin'ity seminarista namany ity. Resin'i Jean ombieniombieny anefa izy io isaky ny milalao, ka dia ritra daholo ny mba tahiry kely tany am-paosiny, tamin'ny farany. Nipitrapitra toa hitomany izy teo anoloan'ny fahavoazany. Nandre henatra anaty kosa i Jean nony nahita izany, ka dia naveriny tamin'ilay namany avokoa izay azony taminy. Ary nofaranany hatreo ny filalaovan-karatra. Olombelona nofo aman-drà tokoa no niara-nonina tao amin'ny seminera, ka hita tao hatramin'ny tanora nanana hambom-po diso toerana toy ity seminarista niantso valin'ady tamin'i Jean ity, teo amin'ny lalao karatra.

Nitondra an'i Jean ho amin'ny fahatsiarovantena bebe kokoa hatrany ny fotoana niofanany tao amin'ny semineran'i Chieri. Nohararaotiny avokoa ny zava-nitranga tamin'ny fiainany teo anivon'ny mpiarabelona mba hanatsarany ny fomba fivelomany ny maha-kristianina azy. Azo lazaina araka izany àry, fa nampivelatra azy ny fiainana tao amin'ny seminera.

Na izany aza anefa, dia tsy azo lazaina fa nahitan'i Jean fahafahampo tanteraka ny fiainana tao amin'ny seminera. Nisy ihany manko ny endri-javatra sadasada noheveriny ho fositra nanimba ny lalam-piofanana tandrify ny tanora miomana ho pretra.

Anisan'ny zavatra voalohany tsy azon'i Jean tao amin'ny seminera, ohatra, ity fomban'ireo mpanabe toa tsy mifanerasera amin'ny tanora beazina. Tsy fahita firy izy ireo amin'ny andavan'andro, hany ka raha sendra mba miserana kely eny anivon'ny seminarista eny izy ireo indraindray, dia andosiran'ny mpiofana toa biby mampatahotra, noho ny fombafomban'izy ireo miseho ho ambony sy mitady fanajana manokana. Efa nandratra an'i Jean Bosco tany Castelnuovo fahizay izao fihetsika manavakavaka izao. Ny zavatra takin'i Jean amin'ny tena mpanabe marina dia ny fahaiza-mifandray am-pahatsorana amin'ny olona beazina. Ilaina ho antoky ny fanabeazana marim-pototra sy mahomby kokoa ny fifaneraseran'ny mpanabe matetika am-pitiavana amin'ny tanora beaziny. Hataon'izay mihevi-tena ho mpanabe ahoana moa no fanampy ny tanora tsy fantany hahita fivelarana maha-olona tena tandrify azy? Moa ve tsy ny fahalalana ny tebitebin'ny tanora iantsorohana, sy izay mety ho toetran'ny tsirairay, no lalana ahafaha-manampy bebe kokoa azy ireny hizotra amin'ny lalana tandrify azy avy?...

Hanana akony lehibe eo amin'ny fomba fanabeazan'i Jean Bosco tanora aty aoriana ny fikomiana anaty niainany teo anoloan' ny fihetsik'ireo mpanabe tao Chieri toa «miaramila masiaka» atahorana.

Ny lafin-javatra faharoa tsy azoazon'i Jean tao amin'ny seminera, dia ny toetra hafahafa asehon'ny seminarista sasany. Tsy lavin'i Jean fa maro tokoa ny seminarista mendri-piainana sy mahatarika. Nefa tsapany koa fa misy sasantsasany tena mampididoza eo amin'ny tany ama-monina, satria manao resaka kivalavala mendri-pamaizana, mampiditra boky hafahafa miteraka fakampanahy.

Olombelona nofo aman-drà tokoa no miara-monina, ka misy ihany ny maningana eo anivon'ny maro iray tanjona kendrena. Saonjo iray lohasaha e: tsy ilaozan'izay hamarara. Ny omby indray mandry koa aza tsy indray mifoha.

Ny lafin-javatra fahatelo nandrenesan'i Jean fikomiana anaty, dia ny fandrarana ny Seminarista tsy handray Kômonio matetika: «Amin'ny andro alahady sy ny andro fety lehibe manokana fotsiny ihany izahay no mahazo mandray Kômonio». Raha mba te handray ny Eôkaristia Masina amin'ny andavanandro, dia «tsy maintsy mandika ny fanekena» maha-mpiofana.

Sakafo fototra mamelombelona ny lalam-piantsoana nofidiny ny Eôkaristia - hoy i Jean, ka tsy azony natao ambanin-javatra. Aleony, matetika, tsy misakafo maraina, toy izay tsy handray Kômonio. Fanaon'i Jean sy ny seminarista sasany tokoa, araka ny rakitsorany, ny mangala-dia mankany amin'ny Fiangonana Masindahy Philippe handray ny Eôkaristia Masina, rahefa milahatra mitandavana handeha hisakafo maraina ny seminarista rehetra.

Mbola endrika isehoan'ny maha-nofo aman-drà tsy mety lavorary ny olona miara-monina ao amin'ny seminera ihany koa izany lafin-javatra izany. Noho ny tsy fahalavorariana tandra vadin-koditry ny fiainan'olombelona tokoa, dia indraindray lalàna tsy mifanentana amin'ny faniriana lalina maha-olombelona no ahindrahindran'ny manam-pahefana isan-tokony (ara-piangonana na ara-panjakana) hifehezana ny olona iadidiany... Na ho ela na ho haingana anefa, dia hipoitra tsy ampoizina ihany ny marina sy ny ara-drariny. Mila fotoana ny zava-drehetra...

Lafim-piainana nahitany hafaliana amam-panantenana

Marina àry fa nisy tokoa ny toe-javatra tsy dia azoazon'i Jean loatra tao amin'ny semineran'i Chieri izay niofanany. Nefa tsy azo lavina ihany koa fa nisy dia nisy tao ny lafim-piainana nahitany hafaliana amam-panantenana.

Anisan'ny nahitany hafaliana tao amin'ny seminera, ohatra, ny famangian'ny tanora azy rahefa alakamisy tolakandro. Endre izany haravoany rahefa injay ilazana izy amin'ireny tolakandro ireny fa misy mitady! Satria efa voavinaniny ihany ny olona mety hitady azy rahefa alakamisy tolakandro: ao ireo tanora akaiky azy indrindra sy niray aina taminy tao amin'ilay Fikambanan'ny hafaliana naoriny fony izy mbola tany amin'ny kôlejy, teto Chieri ihany; ao ireo namana mpiara-mianatra taminy fony izy tao amin'ny kôlejy ihany koa; ary ao ireo ankizy nampilalaoviny sy nitantarany sombintantara samihafa mbola liana ny hihaino azy indray. Hoy ilay seminarista anankiray sakaizany, izay iray trano fatoriana aminy: «Marobe tokoa ireo tanora vory manodidina azy an-kafaliana. Izy koa amin'izay ravo ery miresaka amin'izy ireo sy manipy teny amin'izy rehetra». Ary aorian'ny korana sy ny vazivazy mbamin'ny hehy manakoako ifampizarana, dia miara-mirohotra mankao ampiangonana hiara-mivavaka izy rehetra... Toa fisantarana ny hoavy, efa hitany mazava tao anatin'ny nofy, izao rehetra izao.

Efa hatrao amin'ny seminera tokoa manko i Jean no nahita tao anatin'ny nofy ny *«Oratorio» lehibe* handraisany sy hikarakarany tanora maro sesehena aty aoriana, rahefa pretra. Notantarainy ampahatsorana omban-kafaliana tamin'ireo seminarista nifankahazo am-po taminy ny fisian'ireny nofy fambaran'ny hoavy ireny. Satria lafim-piainana miafina nahitany hafaliana amam-panantenana ireny nofy ireny, ka tsy hainy nokobonina ho azy samirery. Ny iray tamin'ireo namany tany amin'ny semineran'i Chieri izay lasa Mômpera Basio mpitondra ny Fiangonan'i Levone Canavese taty aoriana, dia vaky vava mihitsy tamin'ny taona 1890 (roa taona taorin'ny nahafatesan'i Jean Bosco) raha namangy voalohany ilay

«akany» nimatimatesan'i Jean Bosco: «Toa tsy dia misy zava-baovao amiko loatra - hoy izy - izay hitako eto izao. Mbola tany amin'ny seminera izahay, dia efa nolazain'i Jean tamiko tamin'ny antsipiriany ny zava-drehetra; toy ny hoe efa hitany maso avokoa ny zavatra nolazainy izay tena mitovy amin'ny zava-misy hitako ankehitriny».

Anisan'ny lafim-piainana hafa nahitan'i Jean hafaliana ihany koa ny fomba nanentanan'ny mpanabe ny seminarista hianatra sy hiezaka teo amin'ny fiofanana nomena azy ireo. Intelo manao fanadinana isan-taom-pianarana ny mpianatra tao amin'ny seminera tamin'izany fotoana izany: fanadinan'ny telovolana voaloha-ny sy faharoa ary fanadinana famaranana. Mba tsy hampatoritory ny mpianatra, dia natao karazana fifaninanana ny fanadinana amin'ny faran'ny telovolana faharoa; ary homena valisoa 60 (enimpolo) lira ny seminarista izay mahazo isa tsara indrindra amin'ny fitondrantena sy ny fianarana, ao amin'ny dingana iray.

Mba nanao izay tratry ny heriny koa i Jean nilofo nianatra, ka dia tratrany ny laharana voalohany. Ary nahitany hafaliana ny mandrombaka ara-drariny ny loka isan-taona. Nilainy rahateo koa moa ny vola, noho ny fahantrana efa tandra vadin-koditry ny fiainany hatrizay! Nahafahany nandray anjara bebe kokoa tamin'ny lany teo amin'ny kojakojam-piofanany manko ireny loka azony ireny, ankoatry ny fanampiana avy amin'ireo mpanao soa natolotr'Andriamainitra hamonjy sy hiantoka azy tamin'ny ady sarotra.

Ary ankoatr'izay rehetra voatanisa izay, dia lafim-piainana nahitan'i Jean hafaliana ihany koa ny ezaka fanampiana ny mpiara-belona. Hasambarana ho azy mandrakariva ny asa fitiava-namana, ka tsy nahalalany sasatra: «Izay nila mpanala volombava na izay nanana akanjo hozairina na hamboarina - hoy izy - dia nahita ahy vonona mandrakariva».

Nampiavaka an'i Jean hatramin'ny androm-pahazazany tokoa io toepanahy feno fahavononana hanampy ny mpiarabelona io. Ary ny ezaka nentanim-pitiavana nivelomany tao amin'izany toe-

panahy izany dia nanefy azy miandalana ho olona manana hazondamosina sahy *mijoro amin'ny maha-izy azy*. Nisongadina bebe kokoa hatrany arakaraka ny nitomboany taona teo anivon'ny zavatra niainany, izany fananany ny maha-izy azy izany.

Mijoro amin'ny maha-izy azy...

«... ho mpiasa eo anivon'ny ankizilahy mahantra»

Anisan'ny zavatra anankiray niainan'i Jean, ka nahafantarany bebe kokoa ny maha-izy azy, ny fomba nandaniany ny fialamboly lehibe tamin'ny tonon-taom-pahavaratra 1836.

Vanim-potoanan'ny hafanana be toy ny isan-taona tamin'izay. Nisodisody nanao tampodiloha indray ny aretina kôlerà. Zary raiki-tahotra i Turin sy ny manodidina. Ireo Mômpera Zezoita niandraikitra ny Kôlejin'ny Carmes aza dia niolomay mihitsy nandefa ireo ankizilahy kilasimandry tao ho eny amin'ny Rovan'i Montaldo. Nitady olo-mahatoky ireto Zezoita ireto mba hiandraikitra ny fiambenana ny ankizy any an-tranofatoriana sy hanampy azy ireo amin'ny famerenan-desona momba ny teny grika... Nony nandre izany Mômpera Cafasso, dia nanoro hevitra an'i Jean Bosco hamaly ny antso miampita: «Mety hahazoanao vola kely io asa io».

Natoky an'i Mômpera Cafasso i Jean, ka nanaiky ny tolokevitra nipoitra ary nandeha niara-niaina tamin'ireo tanora kilasimandry nankinina taminy, nanomboka tamin'ny 1 jolay ka hatramin'ny 17 ôktôbra 1836. Saika zanaky ny fianakaviana mpanana avokoa moa ireto tanora niandraiketany nandritra ny telo volana sy tapany ireto, ka somary nanavao fiainana ihany i Jean niaraka tamin'izy ireo, satria sambany izy izao no mba miaramiaina amina zanak'olona mpanankarena. Lazainy am-pahatsorana aza fa tsapany ho tena sarotra mihitsy ny miasa eo anivon'ny tanora avy amin'ny sarangan'ny mpanana.

Nahafantaran'i Jean bebe kokoa ny maha-izy azy ny zavatra niainany tao Montaldo, raha atao indray mijery. Azony antoka

misimisy kokoa hatreo fa *ho mpiasa eo anivon'ny ankizilahy mahantra* no iantsoan'Andriamanitra azy. Nihanazava taminy ny lalam-piainany: antsoin'Andriamanitra hikarakara tanora izy, nefa tsy voaantso hanabe ankizivavy sy hanabe ny zanaky ny mpanana. Ary noho io finoany io no tsy hanekeny ny fanirian'i Mômpera Ruffino (mpikambana tao amin'ny Fikambanan'ny Salezianina naorina taty aoriana), izay niresadresaka fananganana Kôlejy ho an'ny zanaky ny andriana mpanana, tamin'ny 5 avrily 1864: «Tsy azo ekena na oviana na oviana izany! Fa hamotika antsika».

Nijoro tamin'ny maha-izy azy tokoa i Jean, araka izay noheveriny ho tandrify ny talentany sy ny fetra maha-olombelona azy, ka dia nahita mazava tamin'ny lalam-piainana nizorany.

«... ka tsy maka tahaka be fahatany»

Nandao ny Rovan'i Montaldo i Jean tamin'ny tapatapaky ny volana ôktôbra 1836 ary nandeha naka rivotra andro vitsivitsy tany Sussambrino fonenan-dreniny sy i Joseph zokilahiny. Tamin'izay fotoana nandaozany an'i Montaldo izay kosa, dia nandray akanjo-rebareba mainty koa i Louis Comollo, toy ny nataon'i Jean herintaona lasa izay. Tapa-kevitra ny hanara-dia an'i Jean hiomana ho pretra koa izy, ka dia nizotra nankao amin'ny semineran'i Chieri tamin'ny tonon'andro fidirana: faran'ny volana ôktôbra 1836.

Tafahaona eto amin'ny seminera indray àry i Jean Bosco sy i Louis Comollo, mpisakaiza tsy nifankafoy efa hatrany amin'ny sekolim-bahoaka tao Chieri ihany.

Zandrin'i Jean roa taona i Louis Comollo raha ny fotoana nahaterahana no jerena nefa zary mpanaitaitra nampiaiky an'i Jean kosa izy teo amin'ny ara-panahy. «Mahalana - hoy ny rakipahatsiarovan'i Jean Bosco - no tsy nahatongavany manapaka ny fakandrivotra ataoko. Raisiny amin'ny akanjoko aho, dia angatahiny handeha hiaraka aminy ary tarihiny mankany am-piangonana».

Nigagan'i Jean mihitsy ny fahamasinam-piainan'i Louis Comollo. Nefa nekeny koa fa somary nisy diso tafahoatra ihany ny

fihetsik'ity sakaizany ity, ka niezaka tsy hijery arina an-tava izy nanoro hevitra an'i Louis am-pitandremana fatratra. Ary nazava ihany koa, fanampin'izany, ny sori-dalam-piainana nizoran'i Jean: ekeny fa masin-toetra sy tia vavaka i Louis Comollo, nefa nabaribariny koa fa hafa noho ny an'i Comollo ny lalam-pahamasinana tandrify ny maha-Jean Bosco azy. Mijoro amin'ny maha-izy azy i Jean, ka tsy maka tahaka be fahatany izay ataon'ny hafa amin'ny fikaroham-pamonjena. Maro dia maro ny lalana ao an-tendrombohitra iray, fa ireo rehetra izay mizotra miakatra dia tsy maintsy miantefa any amin'ny faratampony. Toy izany koa: tsy tokana akory ny lalam-pahamasinana azo izorana manatona an'Andriamanitra-Fitiavana satria: *«Maro samihafa ny fanomezana, nefa iray ihany ny fanahy; maro samihafa ny fanompoana nefa iray ihany ny Tompo; ary maro samihafa ny asa, nefa iray ihany Andriamanitra izay manao ny zavatra rehetra ao amin'ny olona rehetra»* (1 Kôr 12, 4-6).

Nazava tamin'i Jean ny lalam-pinoana iantsoana azy, ka tsy nanandrana akory izy nanaraka ny lalam-pahamasinana feno fampijaliantena izay nizoran'i Comollo sy nahafohy ny andro niainany.

Hoy ny rakitsoratr'i Jean Bosco namintina izay nataon'i Louis Comollo, sakaizany tsy foiny: «Tsy nandramako akory ny nakatahaka azy tamin'ny fampijaliantena nataony. Nanao fifadiankanina hentitra dia hentitra izy nandritra ny fotoanan'ny Karemy manontolo, nifady hanina izy ny sabotsy... Vitany ny mamela ny sakafo aman-divay sy mionona amin'ny sombi-mofo atsoboka anaty rano ary lazainy fa izany, hono, no mety ho an'ny fahasalamany».

Tsy nanimba ny fihavanana lalina nampiombona an'i Jean sy i Louis kosa anefa ny tsy fitovian-kevitra teo amin'ny lalam-pahamasinana narahin'ny tsirairay avy. Samy nijoro tamin'ny maha-izy azy avy ny isanisany, ka nahita ny fahasambarana tandrify azy koa... Ny fampijaliantena somary mihoapampana ombambavaka amam-panajana ny mpiarabelona no lalam-pahamasinana nofidin'i Louis Comollo; fa ny ezaka tsy sarahim-bavaka hanampy mivantana ny mpiarabelona sahirankirana kosa no lalana nirosoan'i

Jean hanamasinan-tena sy handreseny ny mety ho kilema maha-olombelona azy. Satria nazava tamin'ny masom-panahiny ny lalam-piainana ahitam-pivelarana: ny fijoroana amin'ny maha-izy azy araka izay fanomezam-pahasoavana ananan'ny tena.

Mijoro ho mpanampy ny sahirana sy niezaka handresy kilema

Fa ankoatry ny fijoroana ho mpiasa eo anivon'ny ankizilahy mahantra sy ho olona manana hazondamosina tsy mpakatahaka be fahatany, dia nijoro ombieniombieny ho mpanampy ny sahirana i Jean tao amin'ny seminera tao, sady niezaka handresy ny kilemam-pahatezerana izay fironana voajanahary tao aminy.

Hita taratra tamin'ny fikarakarany an'izay seminarista vaovao anankiray tara fidirana izay, ohatra, io fanampiana ny sahirana io. Tamin'ny fiandohan'ny volana desambra 1836 no nisehoan'ny tantara. Efa nianatra nandritra ny iray volana ny seminarista rehetra vao mba tonga hiditra voalohany tao amin'ny semineran'i Chieri ilay seminarista anankiray nitondra ny anarana hoe: Jean-François Giacomelli. Sahirankirana ihany izy io teo ampiandohan'ny fiainany tao amin'ny seminer, fa vao mpanavao moa izy sady tsy nanana olom-pantatra rahateo, ka nahatsiaro tena ho irery. Dia teo anivon'izany fahasahiranana maha-mpanavao an'i Giacomelli izany no tonga tsy nantsoina nanampy azy i Jean Bosco, mpianatra Filôzôfia-taona faharoa.

Nametraka rakitsoratra mitanisa izay nataon'i Jean ho azy tamin'izay i Jean-François Giacomelli. Ary mbola voatantarany ao amin'izany rakitsarobidy vavolombelona izany koa ilay herim-panahy nentin'i Jean namola-tena tsy ho jembin'ilay toetrany voajanahary mora tezitra.

Hoy ny fitantaran'i Jean-François Giacomelli raha fintinina: «Niditra iray volana taorian'ny besinimaro tao amin'ny seminera aho, ka tsy nahalala olona mihitsy. Ary nisomaritaka ihany aho tamin'ireo andro voalohany fa jembin'ny maha-irery ahy. Tamin'ny

fotoana voalohany nandraisako toerana tao amin'ny efitrano fianarana, dia seminarista anankiray toa efa be taona noho ny sisa rehetra no hitako teo alohako. Olioly volo izay izy, tsara famindra, somary fotsihatsatra sy mahia ary toy ny olona marary. I Jean Bosco io. Tonga nanatona ahy izy tamin'ny fotoana voalohany nahitany ahy irery taorian'ny sakafo ary tsy nisaraka tamiko izy nandritra ny fakandrivotra manontolo. Naneho fitiavan-dehibe tamiko izy. Tsaroako koa, ohatra, fa diso avo loatra tsy nitovy amin'ny an'ny rehetra ny «satroka telotandroka» *(barrette)* nanaovako, ka noesoin'ny mpiara-mianatra tamiko aho. Vetivety foana ny nanamboaran'i Jean azy hifanentana amiko.

Olona mora tezitra izay izy: hita taratra sy tsapa ny fikirizana mavitrika sy mitohy nimasoany hamolahany tena tamin'izany. Tsy hay lazaina ny fitiavany ny tanora, ary ny miaina eo anivon'izy ireo no fahasambarany».

Toy izany àry ny fiaimpiainan'i Jean Bosco nanomboka tamin'ny volana ôktôbra 1835. Mariky ny fanapahan-keviny hirotsaka amin'ny lalam-piainana mazava izorana mankany amin'ny laharan'ny pretra, ny fandraisany akanjorebareba mainty sy ny fidirany tao amin'ny semineran'i Chieri, mba handalina Filôzôfia sy hianatra Teôlôjia.

Tsy ny fiainan'i Jean manontolo tao amin'ny seminera nandritra ny enin-taona niofanany tao anefa no natao topimaso hatramin'izao, fa lafin-javatra vitsivitsy saika mikasika ny fiainany nandritra ny taona roa nandalinany Filôzôfia: taom-pianarana 1835 - 1836 sy 1836 - 1837.

Arakaraka ny nitomboan'i Jean taona sy nandrosoany ara-pahalalana sy ara-pinoana no nampahiratra ny masom-pandinihany, ka nahafahany namantatra bebe kokoa ny tenany sy izay mety ho vitany ho fandraisana anjara amin'ny asam-pamonjena sahanin'ny Fiangonana. Ary ny zava-nitranga nivelomany dia narahiny fandinihana mandrakariva mba hikarohany izay tsaratsara kokoa tokony hatao amin'ny hoavy. Narahiny fandinihana ny fihetsik'ireo mpanabe tao amin'ny seminera, ka tsapany fa tokony hifandray am-pahatsorana amin'izay tanora beaziny ny tena mpanabe.

Narahiny fandinihana ny fiarahany niaina tamin'ireo zanaky ny mpanana teny amin'ny Rovan'i Montaldo, ka niaiky izy fa voafetran'ny fiainam-pahantrana nodiaviny; ary avy amin'izany no nahatsapany fa ny fikarakarana ny ankizilahy sahirankirana sy mahantra no lalam-piantsoana tandrify azy. Narahiny fandinihana koa, ohatra, ny fitaoman'i Louis Comollo azy ho amin'ny vavaka sy fampijalian-tena somary diso tafahoatra, ka nahatsapany fa hafa ny lalam-panamasinan-tena tandrify azy: nanaja an'i Louis Comollo, sakaizany, izy sady nijoro tamin'ny maha-izy azy.

Eny! Nodinihiny hatramin'ny fandrenesany ny fihetsehampony, ka nihafantany bebe kokoa fa fironana voajanahary ao aminy ny mora tezitra. Nampiezaka azy hamola-tena handresy izany kilema izany ny fahafantarany ny tenany, vokatry ny fandinihany. Ary nentiny niezaka nikatsaka ny tsaratsara kokoa, ho fanampiana ny mpiarabelona taminy sy ho fandreseny ny kilemany, ny fitiavandehibe miboiboika toa rano lalina avy ao am-pony, izay nomen' Andriamanitra azy ho fitaovam-pikirizany ombam-pinoana amampanantenana..

9

An-dalam-pisandratana ho pretra

Misosa ny andro sy ny volana ka mitambatra ho taona... Tsy hitahita akory dia nigadona ny fahataperan'ireo taom-pianarana roa nandalinan'i Jean Bosco ny Filôzôfia, tao amin'ny semineran'i Chieri. 24 jiona 1837 tamin'izay: andro fankalazan'ny Fiangonana katôlika an'i Masindahy Jean Baptiste sady andro fankalazan'i Jean Bosco manokana ny olomasina mpiaro azy. Manomboka eto koa izao ny fialambolin'i Jean alohan'ny hiatrehany ny fianarana Teôlôjia: fialamboly lehibe tsy latsaky ny efa-bolana!

Fialamboly fibebahana sady fampibebahana

Nandao an'i Chieri i Jean ary nandalo kely teny Castelnuovo izy, talohan'ny nandehanany nanjohy ny lalankely miakatra mankeny Sussambrino.

Fomba maro samihafa no nentin'i Jean nandany izany fialamboly izany tao Sussambrino tao. Nohararaotiny indrindra izany vanimpotoana izany hanampiana an-dreniny sy ry Joseph rahalahiny mianakavy, teo amin'ny fiompiana amam-pambolena izay fiveloman'izy ireo hatramin'izay. Efa feno efa-taona tokoa manko izao no nampakaran'i Joseph an'i Maria Calosso, avy eny Castelnuovo, ho vadiny: zara raha feno telo volana i Marguerite kely, zanak'izy ireo voalohany, dia nodimandry; ary tamin'ny 1835 indray no teraka i Philomène faharoan-janak'izy ireo.

Sady mpandrafitra sy mpanefy moa i Jean Bosco, ka dia ny rafitra sy ny tefy no anisan'ny nandaniany ny fialamboly, ankoatry ny zaitra sy ny asa eny an-tsaha.

Fialamboly fiasana, raha fintinina, ny fialambolin'i Jean Bosco tany an-tanànany tamin'ny 1837. Nefa fialamboly fibebahana sy fampibebahana koa iny fialamboly iny, rahefa tomorina.

Nahoana moa?

Indray andro izay, raha niasa tany an-tsaha indrindra izy teny anivon'ny foto-boaloboka teny, dia nahatsinjo bitrodia anankiray nitsoriaka. Rahefa nahita izany i Jean, dia niolomay nankany an-trano naka sy basin'i Joseph, zokiny. Noheveriny ho vetivety ihany dia ho voasambotra ilay bitrodia. Tsy araka izay noheveriny anefa ny fandehan-javatra fa nirifatra nandositra ilay bitro. Dia rafitra i Jean nanenjika azy: nitety havoana sy saha, nihoatra lohasaha, nihazakazaka nandritra ny ora maro. Nony ela, dia tratifitra ihany ilay biby, ka dia nadabok'i Jean tamin'ny tifi-tokana. «Nilofika ilay biby mahantra - hoy ny rakitsoratr'i Jean Bosco - ary nampalahelo ahy mafy tokoa ny nahita azy maty... Tsy nisy olona nanampy ahy nihaza, ka dia nihoby ahy daholo ny olona noho ny zava-mampitolagaga nataoko. Fa izaho kosa nandini-tena: akanjo lobaka tsotra no teny an-koditro fa tsy nisy akanjorebareba, satro-bozaka no teny an-dohako, mivimbina basy aho ary hazakazaka dimy kilômetatra no vitako nanenjika bitrodia. Tena nahatsiaro menatra tamin'izany rehetra izany aho».

Namadibadika ny rakitsorany tamin'ny fotoan'andro vao nandraisany akanjorebareba izy (faran'ny ôktôbra1835), rahefa tafaverina tao an-ırano, ary namakivaky ireo fanapahan-kevitra fito noraisiny tamin'izay fotoana izay; anisan'ny fikasana noraketin'ny fanapahan-kevitra faharoa ny hoe: «Tsy handeha hihaza intsony aho». Rahefa nahatsikaritra izany i Jean, tamin'izao famakivakiana ny rakitry ny ela izao, dia nibitsika mora hoe: «Tompo ô, avelao ny hadisoako!».

Avy eo amin'ny fialamboly nitetezan'i Jean havoana sy lohasaha no nipoiran'ny fandinihan-tena sy ny fiaikena hadisoana.

Ary noho izany no maha-fialamboly fibebahana ihany koa an'iny fialambolin'i Jean tamin'ny 1837 iny.

Fa ankoatran'izany, dia fialamboly fampibebahana koa iny fialambolin'i Jean iny. Satria nanokam-potoana koa izy hikarakarana ankizikely marobe tamin'ny fandalinam-pinoana sy ny ezaka fiovam-piainana, ivelan'ny fotoana nolaniany tamin'ny asampambolena:

«Maro tamin'izy ireo no nananika ny fahaenina ambin'ny folo na ny fahafito ambin'ny folo taona, nefa tsy nahalala ninoninona momba ny finoana. Nandre hafinaretan-dehibe tokoa aho tamin'ny fampianarana katesizy azy ireo. Nampianariko hamaky teny sy hanoratra izy rehetra, na firy taona na firy taona. Maimaimpoana tsy nandoavam-bola ny fampianarana nefa nisy fepetra napetrako: fikirizana sy fitandremana ary kônfesy isam-bolana».

Sady nanampy ireo ankizilahy marobe nifaneraserany hanitapahalalana i Jean Bosco, tamin'ity endri-pialamboly ity, no nitondra azy ireo miandalana koa ho amin'ny lalam-pibebahana. Andriamanitra irery ihany koa anefa no tena maharefy aradrariny ny ezaka rehetra irotsahan'ny olombelona ho amin'ny tsaratsara kokoa...

Manomboka ny fianarana «Teôlôjia»

Nony nifarana izany fialamboly fiasana sady fibebahana sy fampibebahana izany, dia nandao an'i Sussambrino sy Castelnuovo indray i Jean ary nizotra an-kafaliana ho eny Chieri, fa antomotra ny tonon'andron'ny 3 nôvambra 1837 anombohana ny fianarana «Teôlôjia».

Ity fianarana ity no tena fototra ho an'ny tovolahy rehetra manam-paniriana ho pretra. Koa rahefa mahavita ny fianarana Filôzôfia ny tovolahy iray maniry ho pretra ary raisina handroso amin'ny fianarana Teôlôjia, dia efa karazan'ny mazava ny lalana tandrify azy: akaiky ny fotoana irotsahany amin'ny laharan'ny pretra. Fianarana sy fandalinana ombam-pikarohana amam-panazavana ara-tsaina ny momba an'Andriamanitra sy ny finoana Azy no atao hoe "Teôlôjia», raha fariparitana tsotsotra avy amin'ny fototeny grika niaviany (*Theôs:* Andriamanitra; *Lôgôs:* fianarana,

fandinihana amam-panazavana, Teny). Naharitra dimy taona ny fianarana Teôlôjia ara-dalàna tamin'izany fotoan'andro izany, ho an'ny tovolahy manapa-kevitra handroso amin'ny filaharan'ny pretra. Ary nisampana ho efatra ny taranjam-pianarana fototra nifantohan'ny fikarohana amam-pandinihana:

1 - Ny *«Dôgma»* na fianarana ny fotopototry ny finoana kristianina;

2 - Ny *«Môraly»* na fianarana amam-pandinihana ny mikasika ny lalam-pitondrantena tokony hotandrovin'ny kristianina tsirairay avy;

3 - Ny *«Soratra Masina»* na fianarana amam-pandinihana ny tenin'Andriamanitra voarakitra ao amin'ny Baiboly;

4 - Ny *«Tantaran' ny Fiangonana»* izay nanaovana tampodiloha ny fiaimpiainan'ny Fiangonana hatrany am-piandohan'ny fivavahana kristianina ka hatramin'ny fiandohan'ny taonjato fahasivy ambin'ny folo.

Dia nirotsaka tamin-kerimpo omban-kafaliana tamin'izany fianarana iomanana mivantana ho pretra izany i Jean Bosco. Vao mainka niredareda tao aminy ny fanantenana ho tonga pretra na Mpisoron'ny Avo Indrindra, rahefa tena nanomboka ny fianarana Teôlôjia; ary toa tsy hitahitany akory dia tapitra sahady ny taompianarana 1837 -1838, izay noteteziny tao anivon'ny lamim-piainana efa tsy nanavao azy loatra intsony tao amin'ny semineran'i Chieri...

... Nigadona sahady ny fialamboly lehibe 1838!

Toriteny voalohany: mila fanatsarana

Amin'ny maha-mpianatra Teôlôjia an'i Jean Bosco, dia anisan'ny lafin-javatra tsy maintsy anatevenany ny fiofanany ho

pretra ihany koa ny fianarana mitoriteny ampahibemaso, mandritra ny fotoam-pivavahana. Tamin'ny fotoanan'ny fialamboly 1838 no nanaovan'i Jean toriteny voalohany indrindra, hatramin'izay naha-seminarista lehibe sy naha-teôlojianina azy. Tao Alfiano izy no niangavian'ny pretra mpitondra ny Fiangonana hanao izany, tamin'ny andro fankalazana an'i Masina Marian'ny Rôzery.

Hoy ny fitantaran'i Jean Bosco iny andro tsy roa aman-tany iny, ao amin'ny rakipahatsiarovany: «Olona manam-pahalalana sy be fitiavam-bavaka raha i Mômpera Joseph Pelato, mpitondra ny paroasy. Niangaviako izy mba hilaza amiko izay heviny mikasika ny toriteniko. Ka hoy izy tamiko:

- Tena kanto sady mirindra. Ho mpitoriteny mahafatra-po ianao rahatrizay.

- Fa mba azon'ny olona ve? - hoy i Jean.

- Tsy dia be loatra no nahazo. Ny rahalahiko pretra sy izaho ary olona hafa sasantsasany no hany nahazo ny toriteninao.

- Nefa! Mba tsotra ihany anie ilay izy e!

- Tsotra ihany ilay izy ho anao, fa tena misavoana kosa ho an'ny sarambabem-bahoaka. Tsara dia tsara anie ny manao fame-labelarana amam-pandinihana mikasika ny zava-nitranga teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana sy ny tantara masina, saingy tsy azon'ny olona izany.

- Koa inona àry no hatao e?

- Tsy maintsy ialana ny fomba fanao amin'ny haisoratra misavoana ary tsara ny miteny ny fitenim-paritra, na raha tianao, dia azo atao ihany ny mitoriteny amin'ny teny italianina, fa amin'ny fomba tena azom-bahoaka. Aleo mitanisa ohatra mazava na manao fampitahana tsotra sy azo tsapaina, toy izay manao famelabelarana misavoana. Tsarovy tsara fa tsy dia mihaino loatra ny olona ary tsy maintsy hazavaina amin'ny fomba faran'izay tsotra ireo foto-pototry ny finoana.

Voasoratr'i Jean Bosco koa taty aoriana, fa izany toro-hevitra nomen'i Mômpera Joseph Pelato taorian'ny toriteny voalohany nataony izany no anisan'ny sarobidy indrindra, tamin'izay noraisiny

teny anivon'ny fiainany. Satria nilainy tokoa iny toro-hevitra iny taty aoriana, tamin'ny fanomanany ny toriteniny sy ny fampianarana katesizy, toy izany koa tamin'ny fanoratana boky. Izay miezaka hahay mihaino ny hafa sy miezaka hiaiky hadisoana tokoa no afaka manatsara ny fomba fiainany avy amin'ny tsikera miampita...

Dina hafahafa momba ny fiainana any ankoatry ny fahafatesana

Dia teo anivon'izany karazam-pahasoavana vokatry ny fihainoana ny hafa izany no nanombohan'i Jean Bosco ny taona faharoa amin'ny Teôlôjia, tamin'ny fiandohan'ny volana nôvambra 1838.

Hanana izay mampiavaka azy manokana anefa ity taompianarana 1838-1839 ity, satria vanim-potoana itrangan-javatra hafahafa tsy fandre sy tsy fahita firy, sady nampandraiki-narary an'i Jean.

Niara-namaky ampahany tamin'ny tantaram-piainan'ny olomasina anankiray i Jean sy i Louis Comollo, sakaizany, teo amin'ny voalohandohan'iny taom-pianarana iny. Ary hoy i Jean taorian'ny vakiteny niaraha-nanao:

- Mety ho tsara raha mba tonga manome vaovao momba ny any ankoatra, ho an'ny anankiray mbola velona, izay maty aloha amintsika roalahy.

Nanaitra an'i Louis ilay soso-kevitra, ka dia nilaza tamimpinoana izy hoe:

- Ndeha àry isika hanao dina e! Izay maty aloha, raha sitrak'Andriamanitra, dia ho avy hilaza amin'ny anankiray raha ohatra izy ka any am-paradisa. Ekena sa ahoana?

Dia nifandray tanana izy roalahy ho mariky ny dina najoro. Ary dia nirotoroto, taorian'izay, ny fandehan-javatra. Tamin'ny marainan'ny alatsinainy 25 marsa 1839, raha teny an-dalana handeha

hivavaka any am-piangonana iny ry zareo, dia najanon'i Louis teo an-dalantsara i Jean ary nilazany tamin'ny endrika feno hatonena hoe:

- Vita ny amiko! Mandre ny tenako ho marary aho, ary tsapako fa ho faty aho.

Mba niezaka nandray ny resaka tamim-bazivazy ihany i Jean:

- Tsy lazaina tsotra fa salama tsara ialahy - hoy i Jean -. Vao omaly anie isika roalahy no niara-nitsangantsangana nandritra ny adiny iray e. Koa aza mifikitra amin'izany eritreritra izany ialahy.

Tsy araka ny vazivazin'i Jean anefa ny fandehan-javatra, fa tena zava-marina. Raha mbola tao am-piangonana izy ireo, dia torana i Louis ary nobataina nankany amin'ny efitrano fitsaboana marary. Niakatra ny hafanana sady nampitebiteby be ihany sy nampatahotra mihitsy.

Andron'ny Paka ny alahady 31 marsa nanaraka an'iny alatsinainy nahatorana an'i Louis iny. Nentina ho vatsim-pankaherezana an'i Louis ny Eokaristia Masina. Fa kely tokoa ny heriny. Ary nandritra ny fotoana nijoroan'i Jean Bosco teo akaikiny, dia noraisin'i Louis ny tanany sady nibitsibitsika izy hoe:

- Tonga ity ny fotoana hifandaozantsika, ry Jean malala. Naniry ny hiaraka ho tody pretra isika, ka hifanampy sy hifanolotsaina. Nefa tsy izany no sitrapon'Andriamanitra. Omeo toky aho fa hivavaka ho ahy ise.

Tamin'ny maraimben'ny talata 2 avrily 1839 i Louis no nodimandry teo am-pamihinana ny tanan'i Jean. Vao roa amby roapolo taona izy izao lasa izao.

Ary ora am-polony vitsivitsy taorian'izay, dia indro fa nisy fitrangan-javatra hafahafa. I Jean Bosco ihany no mitantara izany ao amin'ny rakitsorany:

«Tamin'ny alin'ny 3 avrily hifoha 4 avrily (1839), efa tao ampandriana aho tao amin'ny tranofatoriana niombonako tamina seminarista roapolo hafa. Teo ho eo amin'ny iraika ambin'ny folo

ora sy sasany teo, dia injany nisy feon-korontana nankarenina nanakoako tany an-dalantsara tany. Sahala amin'ny hoe misy sarety (na katraka) goavana be, taritin-tsoavaly marobe, manatona ny varavarambe. Samy taitra ny seminarista rehetra, nefa tsy nisy niloa-bolana. Tena raiki-tahotra nangorohoro aho. Mihamanatona ilay feon-korontana. Nivoha tamim-pomba mahery vaika ny varavarambe. Ary injay fa heno ny feo mazavan'i Comollo nilaza intelo hoe:

- Bosco, voavonjy aho! Bosco, voavonjy aho! Bosco, voavonjy aho!

Vita izay, dia nitsahatra ilay feon-korontana. Nitsambinkina nivoaka ny fandrianany avy ireo namako, ary maro no nifanosona nanodidina an'i Mômpera Joseph Fiorito, avy any Rivoli, izay mpiambina anay tao an-trano fatoriana. Sambany tamin'izay no nahatsiarovako hoe natahotra aho; horohoro tampoka nampivarahontsana ahy ilay izy, ka teo no ho eo ihany aho dia nifidy ny aleoko maty. Nankarary ahy mihitsy izany tahotra izany, ka nitondra ahy hatrany "ambavam-pahafatesana"».

Dia izay àry ny amin'ilay dina hafahafa nifanaovan'i Jean sy i Louis Comollo momba ny fiainana any ankoatry ny fahafatesana. Araka ny fitantaran'i Mômpera Lemoyne, izay niara-nonina tamin'i Jean Bosco taty aoriana (1883-1888), dia nitantara imbetsaka an'io fitenenan'Itompokolahy Louis Comollo tamin'i Jean Bosco io koa i Mômpera Joseph Fiorito izay mpiambina an-dry Jean tany antranofatoriana, tamin'ny 1839.

Fanafody mahagaga: mofo dipaina sy divay

Nandraiky narary be tsy nahitam-panafana mazava i Jean nony avy nilaza vaovao taminy, momba ny any «ankoatra», Itompokolahy Louis Comollo sakaizalahiny. Karazam-paharerahantsaina hafahafa izany no nitambesatra taminy, nandritra ny volana

maro mbola namitany ny Taona Faharoa amin'ny Teôlôjia sy ny volana vitsivitsy efa nanombohany ny Taona Fahatelo (1839 - 1840).

Nisalebolebo be ihany te handoa i Jean isaky ny mitendry hanina ary nandreraka azy tanteraka ny tsy fahitan-tory lava izao. Koa nony afaka volana vitsivitsy, dia nandidy azy hiala sasatra tanteraka eo am-pandriana ny Mpitsabo: iray volana eo ho eo no nijanonan'i Jean teo am-pandriana teo.

Hafahafa toa tsy mampino ihany anefa ny fomba nahitany fahasitranana. Ren-dRamatoa Marguerite, reniny , fa narary be tsy nahasara-pandriana i Jean, ka dia tonga izy namangy an-janany ary nivimbina mofo dipaina be anankiray sy divay efa antitra iray tavoahangy ho azy. Ho an'ny tambanivohitra maro tamin'izany manko, dia tokana ny aretina: ny tsy fahampian-tsakafo, ary tokana ihany koa ny fanafodiny: mahery misakafo tsara.

Mba tsy hampalahelo an-dreniny amin'ny fandavana izay atolony, dia nandray izay nentin-dRamatoa Marguerite i Jean. Dia rafitra nandrapaka mofo sy nigoka divay i Jean. Ary tsy tandrin-tandriny akory dia laniny avokoa ny fanomezana novimbinin-dreniny. Torimaso lalina nandritra ny indray alina sy andro roa misesy no vokatr'izany. Ary nony nifoha tamin'izany torimaso izany izy, dia nahatsiaro tena ho sitrana... Fanafody mahagaga nitondra fahasitranana ho an'i Jean ilay mofo dipaina sy ny divay iray tavoahangy nentin-dreniny ho azy!

«Naniry handroso aho, nefa...»

Nanao izay fara heriny nilofo tamin'ny fianarana indray i Jean nony sitrana. Nisy faniriana te hamita fianarana malaky mihitsy aza nirongatra tao anatiny tamin'ny faran'ny taom-pianarana 1839 - 1840. Tiany ny hanandrana hamita ny fianarana tokony ho an'ny taom-pianarana iray, nandritra ny fialamboly lehibe 1840 izay maharitra efa-bolana: jolay, aôgositra, septambra ary ôktôbra.

«Tamin'izany fotoan'andro izany, dia mahalana ny fanomezana izany fahazoan-dalana izany. Nandeha niseho tamin'ny Arseveka Fransoni aho ary nangata-dalana taminy mba hianatra sy handalina ireo taranjam-pianarana tandrify ny Taona Fahaefatra, mba hahafahako mamaramparana ny Taona Fahadimy (amin'ny Teôlôjia) ao amin'ny seminera amin'ny faran'ny taom-pianarana 1839 -1840. Ny taonako efa mandroso no antony nambarako azy: efa nihoatra ny efatra amby roapolo taona aho tamin'izany».

Tsy namaly avy hatrany ny fangatahan'i Jean i Mônsenera Fransoni, fa ny vokatry ny fianarana efa vitan'i Jean taloha no nilainy ho fantatra. Taorian'izany vao nekeny ny fangatahana niantefa taminy, nefa nisy fepetra mazava napetrany: tsy maintsy manao ny fanadinana ara-dalàna rehetra famaranana an'io Taona Fahaefatra io i Jean amin'ny androtry ny 1 nôvambra 1840 ary tsy maintsy mandroso amin'ny laharan'ny *«sous-diacre»* (dingana mialoha ny *laharan' ny diakra*, izay andraisan'ny mpandraharaha iray ao amin'ny Fiangonana ny fahefana manokana hahazo manao Batemy sy mitoriteny).

I Mômpera Cinzano, mpiandraikitra ny Paroasin'i Castelnuovo no voatendry ho mpanadina an'i Jean Bosco.

Nikofokofoka nanomana ny fanadinana hatrehiny àry i Jean; ary mbola tsy tonga akory ny fe-potoana nomen'i Mônsenera Fransoni, dia efa vonona hanao fanadinana izy. Roa volana monja no niomanany. Dia nanala fanadinana izy, ka afaka tsy azontsampona sady nandroso tamin'ny laharan'ny *«sous-diacre»*.

Dingana lehibe teo amin'ny fiainan'ny seminarista anankiray izany mandroso ho *«sous-diacre»* izany, tamin'ny andron-dry Jean Bosco. Satria fotoanan'ny fahatapahan-kevitra handroso ho pretra io fotoana io. Manao ny voady lehibe hanokan-tena tsy hanambady mandrakizay ny olona mandroso amin'io dingana io, tamin'izany; sady tsy misy hevitra intsony ny hanesoran'ny Fiangonana aminy ny voady nirotsahany, ninoninona antony.

Asaina mitokana ao anaty fahanginana mandritra ny folo andro izay miomana handroso amin'izany laharana izany.

Fandinihana amam-pivavahana no imasoany mandritra izany fotoam-pihatahana amin'ny fiaina-mahazatra izany: mandinika sy mivavaka mba hahalala tena sy ho afa-mamboraka ny ambaindain'ny fiainana nodiavina amin'ny pretra mpitantam-panahy iray, izay solontenan'Andriamanitra tsy maintsy ilazana ny marina mba hahafahany mahalala raha olona afaka hirotsaka amin'ny voady mandrakizay miandry azy ilay olona te handroso ho pretra, ka efa eo am-piomanana ho *«sous-diacre»*.

Izao no akom-pahatsiarovan'i Jean Bosco momba izany fotoam-pandinihana amam-pivavahana izany: «Naniry handroso aho, nefa natahotra sy nivarahontsana aho rahefa mieritreritra ny hanolo-tena mandrakizay».

Andro manan-tantara eo amin'ny fiainan'i Jean Bosco ny 19 septambra 1840! Nasain'ny Eveka nieritreritra farany ny momba ny maha-zava-dehibe ny «filaharana» horaisiny i Jean:

- Raha tapa-kevitra ny hanokana ny fiainanao ho an'Andriamanitra mandrakizay ianao, dia aoka handroso indray mamindra.

Nandroso indray mamindra tsotra teo anoloan'ny Eveka, tao am-piangonana, i Jean. Mariky ny fahatapahan-kevitra io fihetsika io. Natao veloma izao tontolo izao sy ny fiaimpiainany rehetra...

«Tsy mandeha irery mankany am-paradisa ny pretra»

Nôvambra 1840. Manomboka indray ny fianarana ao amin'ny semineran'i Chieri. Miatrika ny Taona Fahadimy sady taompianarana farany amin'ny Teôlôjia i Jean. Ary efa antomotra ny fotoana handrosoany amin'ny laharan'ny Mpisorona na Pretra.

Tamin'ny 29 marsa 1841 izy no noraisina ho amin'ny laharan'ny diakra. Io no dingana farany mialoha ny fanamasinana ho pretra.

Ary roa volana taorian'izay, dia efa niatrika ny fanomanana ny fanamasinana ho pretra i Jean. Tamin'ny 26 mey 1841 izy no

nanomboka ny fihatahana masina niomanany mivantana amin'ny fanamasinana azy ho Mpisoran'ny Avo Indrindra. Ny tenin'ny Salamo faha-24 no nasain'ilay mpitantana azy am-panahy nodinihina hoenti-mivavaka: *«Zovy no hiakatra ao an-tendrombohitr'Andriamanitra? Iza no afaka honina eo an-tranon'ny Tompo? Tsy iza fa izay madio tanana sy madio fo»* (Sal 24,3 - 4).

Mba nandray an-tsoratra ny fihetseham-panahiny ihany i Jean nandritra izany fotoam-pandinihana amam-pivavahana izany ka izao no anisan'ny voasoratra tao amin'ilay amboarakely firaketany: «Tsy mandeha irery mankany an-danitra ny pretra ary tsy mandeha irery mankany amin'ny afobe. Raha manao ny tsara izy, dia hankany an-danitra miaraka amin'ireo fanahy izay voavonjiny noho ny ohatra tsara nomeny; raha manao ny ratsy izy, ka manafintohina ny ataony, dia hankany amin'ny fahaverezana miaraka amin'ireo fanahy very noho ny fanafintohinana avy aminy. Izany no mahatonga ahy hanokana ny herimpoko rehetra hitandremako ireto fikasana manaraka ireto».

Dia misy fanamarihana fototra sivy, mikasika ny hoavy, nanaraka an'izany raki-pandinihana momba ny maha-pretra izany. Saika ny ankamaroan'ireo fikasana novolavolainy tamin'ny fotoana nandraisany akanjorebareba ihany no naveriny sy novelabelariny hazava kokoa. Nefa nisy andininy telo tamin'ireo fikasana sivy ireo, somary vaovao ihany, satria mitory fandalinana hampiavaka «ny endrika maha-pretra» an'i Jean Bosco. Ireto avy izany fandalinam-pikasana miavaka izany:

- Mampiasa amin'ny fomba hentitra ny fotoana rehetra ananako.

- Vonona mandrakariva hizaka ny zavatra rehetra ary hiasa sy hanetritena amin'ny zavatra rehetra, raha vao mikasika ny famonjem-panahy.

- Ny fitiavana sy halemempanahy nananan'i Md François de Sales no hitarika ahy amin'ny zavatra rehetra.

Pretra mandrakizay: Don Bosco

Nony vita ny fihatahana nandinihan'i Jean farany sy niomanany am-panahy, dia nivonombonona handroso amin'ny laharan'ny Mpisoron'ny Avo Indrindra izy.

5 jiona 1841! Tonga ny fotoana izay nandrasan'i Jean hatry ny ela sy novetsovetsoiny teny am-pitetezana ny onjan'ny fiainana teny: nohamasinina ho Pretra tao amin'ny Trano Fivavahana, ao amin'ny fonenan'ny Arsevekan'i Turin i Jean Bosco, 26 taona latsaka volana vitsy izy tamin'izay. I Mônsenera Louis Fransoni no nametra-tanana taminy sy nanamasina azy ho «Pretra mandrakizay». Lasa «Mômpera» i Jean Bosco ary nanavanana ny olona ny niantso azy hoe: *«Don Bosco»* nanomboka hatreo.

Izao no rakipahatsiarovana navelany mikasika izay fotoampahasoavana tamin'ny filaharan'ny pretra izay:

«Tao amin'ny Fiangonana *Md François d'Assise* no nanolorako ny Sorona Masina voalohany niaraka tamin'i Mômpera Joseph Cafasso, mpitantana ahy am-panahy sady mpanao soa mendri-kaja. Nandrasana dia nandrasana aho tamin'izay, tany an-tany fiaviako izay tsy mba nisy lamesa voalohany hatramin'ny taona marobe. Nefa naleoko nanolotra izany Sorona izany tsy misy tabataba tao Turin, teo amin'ny ôtelin'ny Anjely mpiambina. Andro sarobidy indrindra tamin'ny fiainako no tiako hiantsoana izay andro izay. Teo amin'ny vavaka ho an'ny efa nodimandry, dia notsarovako manokana ireo olo-malalako, ny mpanao soa ahy, notsarovako manokana i Mômpera Calosso izay noheveriko mandrakariva ho toy ny mpanao soa lehibe sy mendri-kaja. Misy manko ny fiheverana am-pinoana fa ny Tompo dia manaiky mandrakariva ny fangatahana izay ataon'ny pretra vaovao amin'ny Sorona Masina voalohany. Nangatahiko tamim-pinoana miredareda ny *fandairan' ny teny atao*, mba hahafahako manao soa ho an'ny fanahin'ny olona».

Mbola tao Turin ihany koa no nanoloran'i Jean ny Sorona faharoa. Saingy tao amin'ny toeran-dehibe voatokana ho an'i Masina Maria.

Ny alakamisy manaraka an'izay i Jean vao nanolotra ny Sorona Masina tany Castelnuovo, tany fiaviany. Andro fankalazana ny Vatan'i Kristy tamin'izay, ary voadidy hohamasinina io andro io. Manakoako hatrany lavitra ny feon-dakolosy. Nifanety tao am-piangonana ny olona avy amin'ny vohitra manodidina.

- Tia ahy tsara tokoa izy rehetra - hoy i Don Bosco - ary sambatra toa ahy koa ny isambatanolona».

Samy nanana izay fomba nahatadidiavany an'ilay Jean Bosco kely fahiny ny olon-dehibe sy ny zokiolona: «ilay kely kingalahy» no nahatsiarovan'ny sasany azy; zaza niara-nilalao sy niara-nihira na niara-nianatra izy, ho an'ny hafa; ilay mpianatra nitety fahantrana ama-pihafiana kosa izy, ho an'ireo efa zokinjokiny.

Ary tamin'ny harivan'io andro io, dia mba nahita fotoana niresahana taminy Ramatoa Marguerite, reniny:

- Satria efa pretra ianao ankehitriny, ka akaikin'i Jesoa kokoa. Tsy namaky ireo bokinao aho nefa tadidio tsara fa fanombohampijaliana ny fanombohana manolotra Sorona Masina. Tsy dia ho tsikaritrao eo no ho eo izany, saingy ho hitanao tsikelikely fa nilaza ny marina taminao ny Reninao. Manomboka izao, dia ny famonjem-panahy ihany no hevero ary aoka ianao tsy hiahiahy ny amiko.

Tody pretra i Jean Bosco! Manomboka ny tena ady goavana. Satria fiantsoana sady sarobidy no saropady ny maha-pretra, ka mila fikolokoloana am-paharetana ombam-pikirizana ao anatin'ny fitiavana tsy sarahim-pinoana velona amam-panantenana...

10

Pretra miana-draharaha

Mazava ankehitriny ny lalam-piainan'i Don Bosco, amin'ny maha-pretra azy. Fa somambisamby kosa ny asa tandrify azy... Pretra izy izao! Marani-tsaina izy sady te hiasa. Nefa aza inona moa no mety hataony?

Asa telo karazana no natolotry ny olona azy raha vao tody pretra izy.

Nisy aloha fianakaviana andriana anankiray, tao Gênes, nangataka azy ho mpampianatra sady mpanabe ny ankizy tao antrano. Tamin'izany fotoana izany tokoa manko, dia aleon'ny fianakaviana mpanankarena maro mampiantrano mpampianatra anankiray hiandraikitra ny fampianarana sy ny fanabeazana ny zanany, toy izay handefa azy ireo any amin'ny Sekolim-bahoaka. Ary matetika, ny olona fidin'izy ireo dia pretra azon'izy ireo antoka hahatontosa ny andraikitra ankinina aminy. Nolazain'ireo andriana niantso an'i Don Bosco ho any Gênes fa tena ho tsara mihitsy ny karamany.

Teo anilan'izany, dia nisy koa fiangaviana nataon'ireo olona tao amin'ny toeram-piaviany mba handray ny toerana banga miandry pretra ao Morialdo. Nanome toky azy koa ny olona tao fa hatao avo roa heny noho ny mahazatra ny vola homena azy isam-bolana.

Ankoatr'ireo toerana roa ireo, dia niantso azy koa i Mômpera Cinzano, mpiandraikitra an'i Castelnuovo, fa mila pretra mpanampy izy. Nomeny toky i Don Bosco fa ho tsara karama raha mandray izany toerana izany.

Hafahafa ihany anefa izany fandehan-javatra izany ho an'i Don Bosco. Toa any amin'ny vola foana no ifantohan'ny resaka fifampiraharahana rehetra, toy ny hoe: «toerana tsara» hahafaha-

mampitombo harena ny maha-pretra. Marina fa mahantra i Don Bosco, nefa tsy dia eken'ny eritreriny loatra izao.

Inona no hatao?

Te hahita mazava i Don Bosco, ka lasa nankany Turin hitafa sy hidinidinika amin'i Don Cafasso.

Tsotra ny valiteny nomen'i Don Cafasso an'i Don Bosco, tamin'ny olana nipetraka:

- Aza mbola manaiky handray asa avy hatrany aloha, fa mankanesa eto amin'ny Foibe fiofanan'ny pretra. Hameno ny fiofanana maha-pretra anao ianao.

Nahatsinjo lavitra i Mômpera Cafasso. Tsinjony fa mihoatra noho ny fikarakarana fianakaviana iray na faritany iray ny lalampiantsoana tandrify an'i Don Bosco. Ary hampazava izany lalampiantsoana izany miandalana ny fonenan'i Don Bosco eto Turin hiana-draharaha amin'ny maha-pretra azy.

Ny fahantrana an-drenivohitra

Roa taona no faharetan'ny fotoam-piofanana ara-dalàna tao amin'ity Foibe fiofanan'ny Pretra vao misandratra ity. I Don Bosco kosa anefa dia nahazo lalana manokana hiofana tao nandritra ny telo taona. Tsy dia misy fampianarana taranja maro toy ny tany amin'ny fandalinana Filôzôfia sy Teôlôjia intsony ato amin'ity Foibe eto Turin ity. Dinidinika roa isan'andro ihany sisa no ampitain'ireo pretra roalahy mpampiofana amin'ireo pretra tanora an-dalam-piofanana. Izany Mômpera Guala izany no manomana ny dinika voalohany amin'ny maraina; ary i Mômpera Cafasso kosa no mampita ny dinika faharoa amin'ny hariva. Eo anelanelan'ireo dinika roa ireo kosa, isan'andro, dia alefa manerana ny renivohitr'i Turin ireo pretra mpiofana, hisahana ny asa fanompoana maha-pretra azy ireo. Ary maro ny sehatra azon'izy ireo irotsahana: ny toeram-ponenan'ireo vahoaka madinika, ny toriteny

any am-piangonana, ny fampianarana katesizy ho an'ny ankizy, ny fikarakarana ny marary sy ny olona antitra, sns...

Raha atao indray mijery àry ny fomba fanofanana an'ireo pretra vao misandratra, dia izao no azo lazaina: ampianarina hiaina ny maha-pretra azy manoloana ny zava-misy isan'andro ny isambatan'olona. Satria ny dinidinika indroa isan'andro ampitaina amin'ireto pretra an-dalam-piofanana ireto dia tsy mirona intsony amin'ny fampianarana ara-teôlôjia misavoana, fa mifantoka indrindra amin'ny fanampiana ny mpiofana, hiezaka hiatrika ny zava-misy sy hanao fandinihana ombàm-bavaka mikasika ny «asa fanompoana» irotsahan'ny tsirairay isan'andro. Raha tsorina, araka ny tenin'i Don Bosco, dia «mianatra miaina ny maha-pretra» azy ireo pretra an-dalam-piofanana.

Azo lazaina fa zava-baovao ho an'i Don Bosco ny fanatrehana ny fahoriana eny an-drenivohitra sy ny manodidina. Ny fahantran'ny eny ambanivohitra ihany no mba fantany hatramin'izao ahatongavany hiofana eto Turin izao, noho ny maha-zanak'olona tantsaha mahantra azy. Nanampy dia nanampy fazy manokana hiatrika amin-kerimpo ny rivo-piainam-baovao irotsahany eto Turin kosa anefa i Don Cafasso.

Fony mbola nitady lalana hiditra ho seminarista (1834) i Don Bosco no efa nifankahalala tamin'i Don Cafasso. Ary hatramin'izay, dia tsy nitsahatra nila toro-hevitra tamin'ity pretra tanora nefa vontom-pahamasinana sy lalim-pandinihana ity i Jean Bosco. Ankehitriny aza dia i Don Cafasso no hany tokana pretra «mpitantana an'i Don Bosco ara-panahy». Aminy i Don Bosco no mikônfesy, aminy no amborahan'i Don Bosco ny vetsovetsom-pony mba ho azo antoka izay kasainy hatao. Fa anjaran'ny «mpitantana ara-panahy» ny manoro ny lalana tsaratsara kokoa mety ho an'ilay tantanany, araka izay sitrak'Andriamanitra. Mety hanamafy ny fikasana borahin'ilay olona tantanany ny «mpitantana ara-panahy»; fa mety koa izy hanitsy izay tsy mety loatra amin'izany fikasana izany ary mety ho tonga aza ny fisakanana an'ilay tantanana tsy hiraiki-po amin'izay nokasainy sy handao izany. Raha ny momba ny fiainam-baovao nirotsahan'i Don Bosco tao Turin, dia tsotra ny tenin'i Don Cafasso nankahery azy:

- Ndeha izato izy! Jereo tsara ny manodidina anao!

Dia nandeha tokoa i Don Bosco! Namakivaky ny renivohitr'i Turin no nataony rahefa alahady, teo am-panombohan'ny nipetrahany tao: ny hahafantapantatra ny rivo-piaraha-monina niveloman'ny tanora no tena nokendreny tamin'izany.

Tohina ny fony teo am-pahitana ny zava-misy. Loharanon-korontana amam-pikomiana no fahitan'i Don Bosco an'ireo toeram-ponenana manodidina ao Turin. Mifanaretsaka mikarenjy eran'ny lalana ny tanora: sady tsy an'asa no milomano ao anaty fahalovana... Fa ao ny miady, ao ny mifanompa (mifampitimbo) sy manompa ny mpandalo, sy ny sisa tsy hay tanisaina!

Zava-baovao tsy dia nahazatra azy loatra koa no tsinjony tao afovoan-tanànan'i Turin, teo akaikin'ny tsena lehibe ao an-drenivohitra. Ankizy madinika maro no mifanaretsaka etsy sy eroa mivarotra ny herin-tsandriny, ary mpifindramonina avy lavitra ny ankamaroany. Sarotra ny fivelomana tamin'izany fotoan'andro izany tao Turin, ka mirotsaka mitady asa hatramin'ireny ankizy madinika tsy ampy taona ireny: sitrany ahay vaza-mihetsika! Tsy misy ankifidy asa intsony, fa rahefa mba misy hohanina, na ho sombintsombiny ihany aza, dia tsy maninona. Ao ny lasa mpanao trano tsy fidiny, ao ny lasa mpiasa any amin'ny trano fivarotana, fa ao dia ao koa ireo lasa mpandrary vato amin'ny lalana amboarina na lasa mpiloka noho ny tsy fananam-bola, sy ny sisa tsy ho voatanisa...

Fa nahoana moa no mifanaretsaka izaitsizy toy izao ny ankizilahy madinika mivarotra ny herin-tsandriny eto an-drenivohitr'i Turin?

Rahefa dinihina ny tantara, dia mazava fa vokatry ny fandrosoan'ny zanak'olombelona teo amin'ny sehatry ny siansa sy teknika ihany izao rehetra izao.

Nirotoroto tokoa ny fandrosoan'ny zanak'olombelona arateknika nanomboka tamin'ny taonjato faha-18, indrindra taorian'ny

namoronan'i James Watt ny «masinina mandeha amin'ny entona»: tamin'ny taona 1769, tany Glasgow tany Angleterre. Nielipatrana miandalana eran'i Eoropa sy Amerika ny fampiasana ny karazana masinina (machine) toy izany ary nitondra fiovana mahery vaika teo amin'ny sehatry ny famokarana aman-toeram-pamokarana lehibe samihafa atao hoe: Ozinina (Usine), dia nanjary nisy sarangan'olona vaovao atao hoe «mpiasa madinika amin'ny ozinina» (prolétaires) ihany koa nipoitra teo amin'ny fiaraha-monina nanampy ireo saranga efa nisy toy ny tantsaha sy ny mpivarotra mbamin'ny mpanao asan-tanana... Raha fintinina, dia ny firongatry ny seha-pamokarana atao hoe *«indostria»* no niteraka izany «fiovana mahery vaika» (révolution) izany teo amin'ny tantaram-piainan'ny zanak'olombelona.

Marina fa nitondra voka-tsoa amam-pandrosoana sesehena ho an'ny zanak'olombelona, teo amin'ny lafim-piainana samihafa maro ny *«indostria»* izay tsy nitsaha-niroborobo sy nielipatrana eran-tany. Fa noho ny dingam-pandrosoana nateraky ny *«indostria»* dia afaka nanjaka bebe kokoa teo amin'ny voaary hafa ny olombelona; toa voakosoka miandalana ireo elanelan-tany samihafa ka zary nifanatona kokoa ny mponina amam-pirenen-tsamihafa; na ny hanoanana namely ny ankamaroan'ny olona aza toa resy miandalana ihany tany amin'ireo tany efa nanjakan'ny endri-pamokarana

Saingy tsy azo lavina ihany koa ny olana mbola tsy fahita, teo amin'ny fiaraha-monina nisy hatrizay, izay naterak'ity endri-pamokaram-baovao ity. Teo anivon'ny fiovana mahery vaika ara-pomba sy ara-pisainana ary ara-pinona sy ara-panabeazana no nirongatra ny olana ara-piaraha-monina: olom-bitsy mpangoron-karena sy mpanefoefo no nandidy sy nanandevo olona marobe tsy hita isa tany amin'ireo toeram-pamokaran-dehibe tsy nitsaha-nielipatrana. Niforona tany amin'ireo vohitra rehetra nijoroan'ity endri-pamokaram-baovao ity ny saranga vaovao anankiray tsy fahita teo amin'ny tantara hatrizay: ny sarangan'ireo mpiasa madinika na «prolétaires» izay tsy mba nanana harena hafa afa-tsy ny heri-tsandriny sy ireo zanaka ateraka. Kely dia kely ny karaman'ireny mpiasa ireny raha ampitahaina amin'ny vokatry ny asa vitany, sady tsy ampy dia tsy ampy rahateo eo anatrehan'ny

zavatra ilaina amin'ny fiainana andavanandro. Zara ny mpiasa iray raha mandray karama mifanandrify amin'ny fanarenana ny heriny lany ao am-piasana. Ary tsy hita tokotaniny, noho izany , izay vola hoenti-mamelona fianakaviana raha ny raim-pianakaviana fotsiny no miasa. Vokatr'izany: voatery mirotsaka miasa koa ny renim-pianakaviana maro. Ary tsy ny lehilahy sy ny vehivavy ihany no nanjary «mpiasa madinika» tamin'ireo ozinina isan-tokony. Nihamaro koa ny zaza madinika niasa tamin'ny ozinina samihafa. Zary nofy ratsy ho azy ireo ny fiainana. Satria mafy tsy araka ny herin'izy ireo ny asa; ora marobe isan'andro (12 ora farafahakeliny) no tsy maintsy iasana ary voarara ny mipetraka fa tsy maintsy mijoro foana. Mitaky noho izany ny havizanana sy ny torimaso, ka tsy mahagaga raha matory am-pitsanganana eny am-piasana eny ireny ankizy madinika ireny. Niteraka loza am-piasana maro izany toe-javatra izany matetika. Sady fohy andro iainana koa ny ankamaroan'ireny ankizy madinika manjary mpiasa vao erotrerony ireny.

Niitatra lavitra noho izany mihitsy aza ny voka-dratsin'ny *indostria* vao nisandratra teo amin'ny tantaran'izao tontolo izao. Satria nanjary loharanom-pahavoazana samihafa ho an'ny fiaraha-monina ity endri-pamokarana vaovao ity. Fa voarotidrotika ny fiainam-pianakaviana. Nielipatrana miandalana ny aretim-pidoro-hana toaka (alcoolisme) sy ny fivarotantena mbamin'ny heloka hafa mamotika ny fiaraha-monina (halatra, na vono olona...). Niparitaka koa ny aretim-baovao vokatry ny karazan'asa sasany na vokatry ny rivo-piainana anaovana ireny asa ireny...

Samy nahitana izany voka-dratsin'ny *indostria* notanisaina rehetra izany avokoa rehefa mety ho vohitra nijoroany sy nahazoany laka, tamin'ny faramparan'ny taonjato faha-18 sy ny fiandohan'ny taonjato faha-19.

Hita izany rehetra izany tany amin'ireo vohitra *«indostrialy»* samihafa tany Angleterre, tany France, tany Belgique ary tany Allemagne...

... Ary nony ela, na dia tratra aoriana ihany aza, dia tafiditra hatrany Italie koa ny *«revôlisiônina indostrialy»* sy ny zava-baovao isan-tokony naterany na ratsy izany na tsara. Tody tao Turin ity endri-pamokaram-baovao ity tamin'ny taona 1840 tany ho any. Ary azo lazaina ho efa nahazo fototra izy io tamin'ny fotoana nahatongavan'i Jean Bosco hiana-draharaha amin'ny mahapretra azy teto Turin (1841). Efa hita miorim-ponenana etsy sy eroa, manerana ny tanàna, ireo mpiasa madinika isan-tokony. Mpifindramonina avy lavitra ny ankamaroan'izy ireny. Ao ny tanora tonga irery hitady asa eto an-drenivohitra. Fa ao dia ao koa ny fianakaviana mahantra mandositra avy any ambanivohitra any, hikaro-pivelomana eto Turin... Dia ny fahantrana amam-pahoriana mpianjady amin'ny «mpiasa madinika» tany amin'ireo firenen-kafa, toa an'i Angleterre sy i France ary i Belgique sy i Allemagne ihany koa, no mianjady amin'ireto «mpiasa madinika» eto Turin ireto.

Natrehin'i Don Bosco maso isan'andro izany rehetra izany, arakaraky ny nitetezany an'i Turin sy namangiany ireo toerana samihafa onenan'ny sarambabem-bahoaka. Ary nanohina ny fony manokana ny rivo-piainana nilomanosan'ireo tanora sy ankizy marobe tojo azy teny an-dalam-pijerena ny zava-misy teny. Nahalasa ny eritreriny tokoa ny fandinihany an'ireto ankizy vao erotrerony mivarotra ny herin-tsandriny: tsy an-tanin-tena akory sady lavitra ny akanin-dray sy reny ny ankamaroany. Nampandinika azy koa ny fahitana tanora sy ankizy maro mbola am-pitadiavana asa, ka mifanaretsaka mivezivezy etsy sy eroa eran'ny tanàna. Angamba sekoly fianarana asa no ilain'ny tanora toy ireto, hoy ny eritreritr'i Don Bosco, mba hanomanan'izy ireo ny hoaviny ho azo antoka kokoa! Fa manan-jo mba hivelona ny maha-tanora azy ireo ara-drariny koa izy ireo, ka tsy tokony hilofika am-pisandratana eny amoron-dalana ivezivezena. Ary zon'izy ireo koa ny hahalala an'Andriamanitra-Fitiavana sy hihaona Aminy mba hahitan'izy ireo ny hasina maha-olona sy hanehoan'izy ireo izany eo amin'ny lalam-piainana diavina...

Raha fintinina, dia nahalasa fisainana an'i Don Bosco tokoa ny fifampikasoahana tamin'ny fahantrana an-drenivohitra. Ary nampieritreritra azy manokana ny fahantrana amam-pahoriana

mianjady amin'ireto tanora sy ankizy maro tojo azy teto Turin... Dia nisary zoro miandalana teo anivon'izany eritreritra amampandinihana niainga tamin'ny zava-misy izany, ny lalam-piantsoana tiany hivelomany ny maha-pretra azy: pretra mifantoka sy mirotsaka amin'ny fikarakarana tanora. Namporisika azy tamin'izany sehatra efa nifantohany miandalana izany i Don Cafasso.

Fananganana ny «Oratorio», Akanin'ny Tanora

Tsy ny fijerena sy famangiana ny tanànan'i Turin ivezivezen'ny tanora maro sady ijaliam-pianakaviana maro ihany no namporisihan'i Don Cafasso an'i Don Bosco. Fa tao dia tao koa ny famangiana ireo fonja efatra ao an-drenivohitra.

Mamangy ny voafonja

Efa mpikarakara voafonja za-draharaha moa i Mômpera Cafasso, ka matetika izy no mamangivangy any amin'ireny fonja ireny *«hitory teny soa mahafaly amin' ny malahelo sy hitory fahafahana amin' ny voafatotra»* (Izaia 61, 1; Mt 4,18). Dia mba nentiny tany koa i Don Bosco indray andro, raha vao tonga kelikely hiofana tao Turin. Nanohina lalina an'i Don Bosco avokoa na ny lalantsara mikitroky ny haizina, na ny rindrina matroka sy mandomando lava, indrindra fa ny tarehin'ireo voafonja toa manjombona sy fotsy hatsatra izany. Niontana iray ihany ny fony teo am-pahitana izany ary nandre fahasemporana hafahafa izany izy. Tena tranomaizina tokoa no nidirany.

Fa ny tena nampalahelo azy lalina dia ny fahitana ireto tanora maro vao misandratra efa am-ponja sahady. «Nampangirifiry ahy - hoy izy- ny nahita ankizilahy marobe eo anelanelan'ny 12 sy 18 taona, salama sy tomady ary marani-tsaina nefa dia miraviravy

tanana sy kikisan'ny loto mbamin'ny bibikely ratsy ao am-ponja sady tsy manan-kanina na ara-panahy na ara-batana».

Mbola niverina imbetsaka tamin'ireny fonja ireny izy taorinan'izay indray mandeha izay: indraindray niaraka tamin'i Mômpera Cafasso, fa indraindray koa nandeha irery. Nikaroka izay hiresahana tamin'ireo tanora nangorahany ireo i Don Bosco: tsy tamin'ny alalan'ny fampianaram-pinoana ihany fa tamin'ny alalan'ny teny tsotra mivantana mahazo ny fon'ireo vangiany ihany koa.

Tamin'ny voalohany, dia mafimafy sy mangidy ihany ny valitenin'ireo tanora voafonja nitenenany am-pahatsorana. Be no namaly azy tamin'ompa isan-karazany. Tsikelikely anefa dia mba nisy ihany ny tsy sarotiny, ka nanomboka nisary zoro ny resaky ny mpisakaiza... Dia tamin'ny alalan'ireny resadresaka tsotra ireny no nahafantaran'i Don Bosco miandalana ny tantara mampalahelo nodiavin'ireto tanora voafonja ireto; tamin'ireny tafan'ny mpisakaiza ireny no nahafahany nahalala ny lalam-pahalavoan'izy ireo teo anivon'ny «fahadalana». Ny «halatra» no hadisoana niampangana ny ankamaroany: halatra noho ny hanoanana, halatra noho ny fanirian-javatra kely ankoatry ny hanina efa tsy ampy, fa ao koa ny halatra noho ny fankahalana ireo mpanankarena izay nitsentsitra ny vokatry ny asa aman-dinitr'izy ireo sady namela azy ireo hilomano eo anivom-pahoriana.

Toa tsy nahay nikaro-dalana hanasoavana an'ireny tanora vao nisandratra ireny ny fiaraha-monina, ka aleony mamatotra sy mampihiboka azy ireo any am-ponja... Maromaro no indray ahiboka amin'ny toerana iray ary ny tena farafaikany amin'izay miara-monina no zary mpanjakazaka amin'ny sisa rehetra ao amin'ny efitra iray.

«Ny tena nahagaga ahy- hoy i Don Bosco - dia tapa-kevitra hiova fiainana ho amin'ny tsaratsara kokoa ny ankamaroany, rahefa mivoaka ny fonja (na dia noho ny fahatahorana ny fahoriana ao am-ponja fotsiny ihany aza). Nefa tsy hitahita akory, dia indreo fa tafaverina ao am-ponja indray izy ireo».

Nikaroka izay anton'izao tampodiloha mahonena izao i Don Bosco. Ary noborahiny an-tsoratra izay mba fahitany ny toedraharaha. Matoa tafaverina amin'ny lalam-pahadisoana indray ireny tanora tafavoaka ny fonja ireny dia «satria honjohonjon'izy ireo samirery ny fiatrehana ny fiainam-baovao irotsahan'izy ireo eo amin'ny fiaraha-monina. Tsy manam-pianakaviana izy ireo, na koa ailikilik'ireo havana satria efa fanalam-baraka azy ireo mandrakizay ny fidirany am-ponja».

Dia nanohy ny fandinihany i Don Bosco: «Niteny am-po samirery aho hoe: ireto ankizilahy ireto dia tokony hahita namana aty ivelany, namana afaka hikarakara sy hanara-maso azy ireo, namana hampianatra azy ireo sy hitondra azy ireo any am-piangonana amin'ny andro fety. Dia tsy hiverina any am-ponja intsony izy ireo».

Ho mpanavotra ny tanora

Dia nanohy am-paharetana namangivangy ireo tanora sakaizany tao am-ponja i Don Bosco. Nitombo isa miandalana ireo voafonja nihaino ny fampianaram-pinoana nataony. Ary «arakaraka ny nanazavako tamin'izy ireo ny fahamendrehan'ny olombelona - hoy ny rakitsorany - no nandrenesan'izy ireo hafaliana ampo sy nanapahan'izy ireo hevitra hiova ho tsara toetra».

Matetika anefa, rahefa tafaverina ao am-ponja indray izy ireo, dia nirodana avokoa izay mba natsangan'i Don Bosco niaraka tamin'izy ireo. Endrika nanjombona sy sorena indray no isaloran'izy ireo. Ary feon'olon-tsosotra mitanisa ompa indray no henon'i Don Bosco. Hatraiza moa ny fetra?

Toa tsy vitan'i Don Bosco mandrakariva ny nanarina izay nirodana! Tsy tanany intsony ny tebibeby sy ahiahy nomban'alahelo amam-pangorahana, ka dia nitomany latsa-dranomaso teo anatrehan'ireo tanora voafonja novangiany izy, indray andro. Dia velom-panontaniana ny anankiray tamin'izy ireo:

- Fa nahoana no mitomany io pretra io?

- Satria tia antsika izy - hoy ny iray hafa -. Ho nitomany koa ny reniko raha nahita ahy hoe ato.

Rahefa nivoaka ny fonja novangiany i Don Bosco, tamin'izay, dia nandray fanapahan-kevitra hentitra tsy azo narodana intsony:

«Na ahoana na ahoana, dia tsy maintsy atao izay isakanana ny fiafaràn'ny ankizy mbola erotrerony toy ireny any am-ponja. Te ho mpanavotra an'ireny tanora ireny aho».

«Noborahiko tamin'i Don Cafasso izany fikasako izany - hoy ny rakitsoratr'i Don Bosco - ary araka ny toro-heviny, dia nikaroka izay fomba hanatontosana izany tamin'ny asa mivantana aho».

Marina fa ankoatry ny famangiana ireo voafonja, dia efa mba nikarakara vitsivitsy tamin'ireny ankizy mpirenireny ireny i Don Bosco, raha vao tonga kelikely tao amin'ny Foibe fiofanan'ny pretra miana-draharaha. Ary notadiavin'i Don Cafasso hankinina taminy koa aza ny fanohizana ny fampianaram-pinoana efa nataon'ity pretra mpanolotsaina an'i Don Bosco ity ho an'ireo ankizilahy mpiasa «mpanao trano», efa hatramin'ny taona vitsivitsy izao.

Nefa, taorian'ilay fahoriam-panahy nampitomany azy tany am-ponja indray mandeha, dia tsy te hionona tamin'izany fotsiny ihany i Don Bosco. Zavatra mihoatra noho izany no kasainy hajoro.

Araka ny efa nolazainy tamin'i Don Cafasso, dia te hanangana «akanin'ny tanora» anankiray izy, mba hahafahan'ireo ankizilahy rehetra nailiky ny fianakaviany avy, mahita sakaiza iantsapazana, ka ireo rehetra tafavoaka ny fonja dia hahita fanampiana sy andry iankinana. Tsy hiankina amina Paroasy izany akany izany fa hiantsorohan'izy Don Bosco manokana. Hamoha varavarana handalinan'ireo tanora ireo ny finoana kristianina izany akany izany amin'ny alahady. Nefa tsy hanidy varavarana koa izy amin'ny andro hafa ao anatin'ny herinandro fa hisokatra handrindra fihavanana sy hanampy ny tanora sahirana rehetra ary hanatona hihaona amin'izy ireo hatreny an-tsaham-piasana aza...

Izany tokoa no endriky ny «akanin'ny tanora» na «Oratorio» tian'i Don Bosco hajoro, ho fanampiana ny tanora sahirana!...

Fananganana Oratorio misoko mangina

Tamin'ny marainan'ny 8 desambra 1841 no nanomboka mangina ny fananganana ilay akany nokasain'i Don Bosco hajoro. Vao dimy amby telopolo (35) andro monja no nahatongavany tao amin'ny Foibe fiofanana tao Turin tamin'izay.

Hoy ny rakitsorany mitantara am-pahatsorana ombam-panetrentena ny zava-nitranga:

«Andro fankalazana an'i Masina Maria tsivoakasikota tamin'izay. Teo am-pametahana ny akanjo fisalotra amin'ny Sorona Masina aho, tao amin'ny sakristia. Rahefa nahatsinjo ankizilahy iray teo amin'ny zoron-trano anankiray i Joseph Comotti, mpiandraikitra ny sakristia tamin'io andro io, dia niantso azy hanampy ahy hiservy Lamesa.

- Tsy mahay aho - hoy ilay ankizilahy namaly sady tena sadaikatra.

- Avia - hoy ihany ilay mpitandrina. Tiako hanampy an'ity pretra hanolotra Sorona ity ianao.

- Tsy mahay aho - hoy ilay ankizilahy namerina ny efa voalazany - tsy mbola nanao izany na oviana na oviana aho.

- Ilay dondrona ity - hoy ilay mpitandrina tezitra mafy - raha tsy mahay izany ialahy, nahoana ialahy no mankaty amin'ny sakristia?

Ary teo am-pilazana izany, dia nandray tahom-borosy anankiray mitovy amin'ny tahon'antsy ilay mpitandrina, ka nikapoka ny lamosina sy ny lohan'ilay ankizilahy izay nanandrana nanao tari-dositra.

Dia nanandratra ny feoko aho nitsipaka ny toe-javatra:

- Inona ity ataonao? Nahoana izy no kapohinao?

- Satria mankaty amin'ny sakristia nefa tsy mahay «miservia lamesa».

- Tsy mety ny nataonao.

- Inona moa no iraharahanao izany?

- Iray amin'ny sakaizako iny. Koa mandehana tadiavo izao dia izao izy, fa te hiresaka aminy aho.

Niverina àry ilay ankizilahy, somary sahirana sy sadaikatra be ihany. Voahety sola ny lohany ary akanjo maloton'ny sokay fotsy no eny an-kodiny. Ankizilahy mpifindramonina hitady ravinahitra izy io. Azo antoka fa nisy hafatra napetraky ny havany taminy hoe: «Rahefa mby any Turin ianao, dia mandehana mamonjy Sorona Masina». Dia tany tokoa izy, fa tsy sahy niditra tao am-piangonana eo anivon'ireo mpivavaka tsara fitafiana. Mba nanandrana niditra avy ao amin'ny sakristia izy toy ny fanao mahazatra ny lehilahy sy ny tovolahy any amin'ny tanana maro any ambanivohitra any.

Nanontaniako am-pitiavana izy hoe:

- Efa namonjy Sorona Masina ve ise?

- Tsia - hoy izy.

- Avia àry hamonjy ny Sorona hataoko. Avy eo dia misy zavatra horesahiko amin'ise izay hahafinaritra an'ise.

Nanome toky ahy izy. Ka nony vita ny Sorona Masina sy ny vavaka fisaorana taorian'ny Sorona, dia nentiko tamin'izay tokotany kely anankiray izay izy ary nanontany azy am-pitsikiana aho:

- Iza moa no anaran'ise ity e?

- Barthélémy Garelli.

- Ary avy aiza moa ise?

- Avy any Asti.

- Inona no asan'ise?

- Mpanao trano (maçon).

- Mbola velona ve ny dadan'ise?

- Tsia! Efa maty izy.

- Ary ny renin'ise,

- Efa maty koa izy...

- Firy taona ise izao?

- Enina ambin'ny folo.

- Mahay mamakiteny sy manoratra ve ise?

- Tsia!

- Ary mahay mihira ve?

Nikoso-maso ilay ankizilahy sady nibanjina ahy somary gagagaga ihany namaly hoe:

- Tsia!

- Mahay misioka ve ise?

Nitokelaky ny hehy i Barthélémy. Izay no notadiaviko. Lasa mpisakaiza nanomboka teo izahay.

- Efa nanao kômônio voalohany ve ise?

- Tsia!

- Ary efa nikônfesy ve ise?

- Eny! Fony izaho mbola kely.

- Mba mandeha mianatra katesizy ve ise?

- Tsy sahy aho, fa maneso ahy ireo ankizy tanora noho izaho...

- Raha ampianariko katesizy manokana ise, dia mba ho avy ve ise?

- An-tsitrapo mihitsy.

- Eto ihany ve?

- Raha ohatra ka tsy hokapohina aho.

- Aza manahy, fa namako ise ankehitriny ka tsy ho azon'iza na iza kasihina. Rahoviana no tian'ise hanombohantsika izany?

- Izay tianao.

- Izao dia izao?

- Tsy maninona! Fa amin-kafaliana.

Dia nandohalika i Don Bosco ary niventy «Arahaba, ry Maria» anankiray. Nony vita izay vavaka izay, dia nanao ny famantaran'ny hazo fijaliana indray i Don Bosco, alohan'ny hanombohan'ny fampianarana katesizy an'i Barthélémy, sakaizany. Tsikaritr'i Don Bosco anefa fa tsy niara-nanao ilay famantarana taminy i Barthélémy: zara izy raha nanetsika ny tanany nanao ny famantaran'ny hazo fijaliana somambisamby tsy hita be ihany. Koa dia rafitra i Don Bosco nampianatra tsimoramora azy izay tena tokony hatao. Avy eo dia nohazavainy tamin'i Barthélémy, tamin'ny fitenim-paritra iombonan'izy samy avy any Asti, ny antony iantsoana an'Andriamanitra hoe: «Aba na Ray». Ary teo am-pamaranana dia hoy i Don Bosco tamin'ilay sakaizalahiny:

- Tiako ny hiverenan'ise amin'ny alahady ho avy izao.

- Amin-kafaliana tokoa.

- Aza mankaty irery ise. Mitondrà namana hiaraka amin'ise.

Dia nifandao teo izy mirahalahy mianaka. Notantarain'i Barthélémy tamin'ireo ankizilahy mpiasa namany ny fihaonany tamin'ilay pretra sariaka sy be vazivazy.

Ary efatra andro taorian'izay, dia tonga ny alahady, fotoana nifanomezana. Sivy lahy ry Barthélémy no indray niditra tao amin'ny sakristia. Tonga «hitady an'i Don Bosco» izy ireo. Teraka mangina teto ny *«oratorio»* nirian'i Don Bosco hajoro...

Nampahatsiahivin'i Don Bosco an'ireo Salezianina nanaradia azy, hanohy ny asany, izany fahaterahan'ny akany nisoko mangina izany, dimy amby efapolo taona (45) taty aoriana (1886). Hoy indrindra izy: «Ny tsodrano rehetra mirotsaka amintsika avy any an-danitra dia vokatr'ilay "Arahaba, ry Maria" voalohany noventesina tamin-kafanampo sy tamin-kitsimpo».

Mbola pretra vao nanomboka niana-draharaha tao amin'ny Foibem-piofanana tao Turin i Don Bosco tamin'izany fotoampahasoavana nisoko mangina izany... Malefa-piavy tokoa ny fanjakan' Andriamanitra-Fitiavana ao amin'ny olona mahitsy fo!

11

Ny "ORATORIO"

Teraka àry ankehitriny ny akany novinavinain'i Don Bosco hajoro ho fikarakarana ireo ankizy sy tanora mahantra tsy mba misy mpiahy eo anivon'ny onjam-piainana andavanandro, indrindra eny an-tanàndehibe. Mbola eo am-panatevenana ny fiofanana mahapretra azy eto Turin i Don Bosco amin'izao fotoam-pahaterahan'ilay akanim-pamonjena izao! Volana desambra 1841 tamin'izay!

... Ary nanomboka teo, dia tsy nitsaha-nitombo isa ireo tanora tao amin'ilay akanim-pamonjena.

Sakaiza mitombo isa miandalana

Indray alahady izay , ohatra, dia fomba tsy nampoizin'i Don Bosco loatra no nahazoany ankizilahy «manœuvres» anankitelo ho sakaizany.

Fotoanan'ny toriteny tamin'izay, tamin'ny Sorona Masina iray tao amin'ny Fiangonana Md François d'Assise. Pretra tanora anankiray no mitoriteny amin-kafanampo izaitsizy. Mandritra izany kosa, ery an-tsisintsisiny ery, misy ankizilahy vitsivitsy mipetraka mifampiankina eo amin'ny tohatohatra mankamin'ny ôtely, sady tena sondrian-tory.

Tamin'izay indrindra i Don Bosco no namakivaky ny Fiangonana ho any amin'ny «sakristia» ary nandalo teo akaikin'ireto ankizilahy sondrian-tory ireto. Nokitihiny teo amin'ny sorony ny anankiray. Dia taitra avokoa izy rehetra sady menamenatra be

ihany. Nitsiky anefa i Don Bosco hosetrin'ny henatr'izy ireo sady nibitsibitsika nanontany azy ireo hoe:

- Nahoana moa ianareo no matory?

- Tsy misy na inona na inona azo - hoy ilay lehibebe indrindra tamin'izy ireo namaly an'i Don Bosco.

- Na ahoana na ahoana, dia tsy miteny ho anay mihitsy io pretra io - hoy koa ny anankiray hafa teo anilany.

- Avia manaraka ahy - hoy i Don Bosco.

Dia nentiny nitsaitsaika nankao amin'ny sakristia izy telo lahy ireo: i Charles Buzzetti, i Jean Garibaldi ary i Germano. Ho lasa sakaizan'i Don Bosco tsy hahafoy azy izy ireo ary hiara-monina aminy mandritra ny telompolo taona mahery.

Nony mby tao amin'ny sakristia izy ireo, dia indreny koa fa tonga ry Barthélémy Garelli sy ireo namany. Manampy azy rehetra hivavaka i Don Bosco. Toriteny tsotsotra mifanentana amin'ny taonan'ireto ankizilahy sakaizany ireto no nataony. Toriteny tsotra nefa misy aina, fa miendrika fifanakalozan-kevitra miainga amin'ny zavamisy sady ahalalana vaovao mahatalanjona. Ary avy eo dia samy mandeha maka toerana ao am-piangonana izy rehetra handray anjara amin'ny Sorona Masina atolotr'i Don Bosco.

Lava ihany anefa ny maraina. Koa rahefa vita ny Sorona Masina sy ny fizarana mofo kely ho solon-tsakafo maraina, dia mba maniry hiara-milalao koa ireto ankizilahy tafavondrona hokarakarain'i Don Bosco. Hazakazaka amam-pifanenjehana izao! Nefa samy mitandrintandrina ihany koa izy rehetra; koa rahefa misy pretra sendra mandalo, dia miato avokoa ny fihetsiketsehana rehetra. Nahazo am-po ny toe-javatra anefa i Don Guala sy i Don Cafasso mpiandraikitra ny Foibe, ka samy tsy sarotiny tamin'ny filalaovan'ireo ankizilahy sakaizan'i Don Bosco tao antokontanin'ny Foibe. Nomen'izy ireo hilalaovan'ireto ankizilahy tsy misy mpiahy ireto isan'alahady ilay «kianja kely» mifampitohy amin'ny tokontanin'ny Foibe. Tsy hoesorina amin'i Don Bosco izany fahazoandalana izany mandritra ny telo taona fiofanany

amin'ny maha-pretra tanora azy. Nefa nandanjalanja ny fivoaran'ny toe-javatra ihany koa i Don Bosco, ka nampiasa ilay «kianja kely» nomena hilalaovan'ireo ankizilahy sakaizany, arakaraka ny zava-nitranga. Dimy ambin'ny folo no isan'ireo ankizilahy nokara-karainy teo am-piandohan'ilay *Oratorio;* ka dia tsy nametraka olana loatra, tamin'izay, ny filalaovana teo an-tokon-tanin'ny Foibe. Ary mbola azo noleferina izany nandritra ny volana vitsivitsy, satria mbola dimy amby roapolo fotsiny ny isan'ireo ankizilahy rehetra, telo volana taorian'ny fahaterahan'ilay *Oratorio* Fa rahefa nigadona ny fotoam-pahavaratra (21 jiona - 22 septambra 1842), dia efa nihasarotra ny toe-draharaha, satria efa tafakatra hatrany amin'ny valopolo ny isan'ireo ankizilahin'i Don Bosco. Hanjary loharanon-tabataba tsy hampisy filaminana ho an'ny mponin'ny Foibe isan'alahady izao izy ireo, raha avela hifanenjika sy hifanjevo ary hihorakoraka eo an-tokontany eo tontolo andro.

Tsapan'i Don Bosco tsara ny havesatry ny korontana misary zoro, ka dia nanao izay tratry ny heriny izy; rahefa nanam-potoana nitondra ireo tanora ireo nitsangatsangana nitety havoana sy saha, nanjohy moron-drano samihafa ary namangy toeram-panajana manokana an'i Masina Maria.

Fanampiana sy famangiana samihafa

Mba tsy hampitombo be loatra ny isan'ireo ankizy kara-karainy koa, dia nanapa-kevitra i Don Bosco, nandritra ny ririnina 1842 - 1843, fa hoferany ny karazan-tanora horaisina amin'ny *Oratorio*, ka ireo tena tandindomin-doza no horaisina, ary ho lohalaharana amin'izany ireo izay vao mivoaka ny fonja. Nefa na teo aza izany fepetra noraisiny izany, dia tsy azo lavina fa tsy ho vitan'i Don Bosco na oviana na oviana izany handroaka ankizilahy mangataka hiara-monina aminy izany.

Tsy ampy toy inona, dia ireo ankizilahy «mpanao trano sy mpanao vato ary mpanao rarivato amin'ny làlambe» no tena tonga

maro nanatona azy. Avy lavitra izy ireny ary tsy mba afa-nody nandritra ny tonontaona tsy fisian'ny asa, noho ny antony samihafa. Tao koa ireo tanora vao nivoaka ny fonja.

Niezaka nanampy izay ankizilahy rehetra nanatona azy i Don Bosco, arakarak'izay fanomezan'olona tonga teo am-pelatanany: na sary masina izany, na lakroa kely, na meday mbamina boky fivavahana; fa tao koa ny fitafiana kely ho an'ny sasany tena nila izany, ny sakafo ho an'ny hafa mbola eo an-dalam-pitadiavampivelomana.

Nanjary lahasa nosahanin'i Don Bosco mandritra ny herinandro mihitsy aza ny fikarakarana ireo nila vonjy taminy: fitadiavana asa ho an'izay tsy manana, fikarohan-dalana hanatsarana ny toe-piveloman'ireo efa nahazo asa. «Nandeha namangy azy ireo hatreny an-toeram-piasana aho - hoy Don Bosco -. Hafaliana tsy hay lazaina ny an'ireo ankizilahiko teo am-pahitana namana mikarakara azy ireo; finaritra toy izany koa ireo mpampiasa izay nandray an-kamoram-po ireo tanora, voakarakara mandritra ny herinandro sy amin'ny andro fety».

Tsy mora mandrakariva anefa ny fikarakarana ireo tanora marobe ireo. Ary ireo vao nivoaka ny fonja no tena nametraka olana saro-bahana. Niezahany ny nampiditra azy ireny hiasa tamina mpampiasa mendri-kaja, ary tonga mamangivangy azy ireo izy eny anivon'ny herinandro eny. Nitera-bokatsoa ny fanampiana amampamangiana nentin'i Don Bosco nampiditra miandalana an'ireo ankizilahy nanatona azy teo anivon'ny tontolon'ny asa: «Nizatra tsikelikely tamin'ny fiainana andavanandro izy ireo ary nanadino ny lasa nanjombona, sady nanjary kristianina tsara sy olompirenena mpitandro ny rariny».

Fa ankoatr'izany fanampiana sy famangiana ireo ankizilahy tsy mana-mpiahy vao miditra amin'ny fiainana izany, dia teo koa ny famangiana ny voafonja isaky ny sabotsy. Mivimbina kitapo feno paraky, na voankazo, na mofo madinika izy rahefa mamangy ireny fonja ireny. Ary tokana ny zava-nokendreny tamin'izany: manampy ireo tanora tafiditra any am-ponja noho ny tsy fidiny

vokatry ny fiainana, mba hahatonga azy ireny ho sakaizany sy mba hanome azy ireny ny faniriana ho any amin'ilay *Oratorio*, rahatrizay tafavoaka ny fonja.

I Don Bosco: olo-mamin'ny tanora

Dia toy izany tokoa, raha atao bango tokana, ny fomba nentin'i Don Bosco nifanerasera tamin'ireo ankizilahy sy tanora (mahantra tamin'ny lafiny samihafa) nandritra ny telo taona niofanany tao Turin, amin'ny maha-*«pretra vao misandratra»* azy. Hita soritra mazava fa tena nanan-danja be sahady teo amin'ny fiainana maha-pretra an'i Don Bosco ny fitiavana ny tanora, indrindra ireo ao anatin'ny fahasahiranana amin'ny adim-piainana. Tia ny tanora i Don Bosco! Fa mba tian'ny tanora nifaneraserany kosa ve izy?

Avy amin'ny fanopaza-maso kely amin'ny sombin-tantara vitsivitsy niarahan'i Don Bosco niaina tamin'ireo tanora nifankahalala taminy akaiky nandritra ny telo taona, tao Turin, no ahafahantsika mamaly izany fanontaniana izany.

Hira mahasarika sy tovolahy tsy mahafoy

Anisan'ny fomba nentin'i Don Bosco nanentana ny tanora, tao amin'ny *«Oratorio»* niantsorohany, ny hira sy mozika. Fa «raha tsy misy mozika - hoy izy - dia toy ny vatana tsy misy fanahy ny fihaonana rahefa alahady sy amin'ny andro fety».

Koa raha vao tafajoro kelikely foana àry ilay *«Oratorio»* (izay tsy mbola manan-trano mahaleotena fa nionona amin'ny fampiasana ny tokotanin'ny Foibe fiofanan'ny pretra tanora sy amin'ny fitetezana ny havoana sy ny manodidina), ka nahatratra dimy amby roapolo ny isan'ireo ankizilahy mpihaona aminy matetika, dia natombok'i Don Bosco ny fampianaran-kira. Ary dia efa niseho sehatra nihira tamin'ny Sorona Masina sahady izy dimy amby roapolo lahy tamin'ny 2 febroary 1842, andro fankalazana ny

Fidiovan'i Masina Maria tena sy fankalazana ny Jiro Masina (sady mbola andro voadidy hohamasinina tamin'izany). Samy gagagaga sy voasarika daholo ny mpivavaka tao am-piangonana nandre ny hira kanto sy mirindra noredonin'ireto ankizilahy tso-piaina amampitafy ireto. Hay tsy ny mihira maredona sy mikiakiaka eny ampitsangatsanganana ihany no «manavanana» an'ireto tanora ireto! Hain'izy ireo koa ny miventy am-pikaliana ilay hiram-pihobiana tsotra an'i Masina Maria hoe: *Laudate Mariam* (Hobio i Maria).

Matoa tafitan'ireto mpihira ireto toy izany izay nampianarina azy, dia noho ny fitiavan'izy ireo an'ilay mpampianatra sy izay ampianariny. Moa ve tsy manasaro-draharaha tokoa ny fianaranjavatra tsy atao am-pitiavana?

Tian'ny tanora i Don Bosco, ka nankafizin'izy ireo koa ny fanomezana avy aminy. Ilay hira fihobiana an'i Masina Maria no hirain'ireto ankizilahy dimy amby roapolo tamin'iny 2 febroary 1842 iny aza. Nanjary harena nifandovàn'ireo akany rehetra karakarain'ny Salezianina mpanara-dia an'i Don Bosco amin'ny fanabeazana tanora... Ary hatramin'izao, dia mbola tsy lefy laza amin'ny toerana maro misy Salezianina eran-tany, io hira mahavariana sady tsotra io: tsy any Eorôpa ihany fa hatrany India (Khassis) sy Brazilia, renivohitr'i Brezila, any Amerika atsimo.

Tsy vitan'ny tia fe tia azy fotsiny anefa ireo tanora nanatona an'i Don Bosco, fa tsy nahafoy azy ny ankamaroany; anisan'ireny i Joseph Buzzetti, zandrin'ilay tovolahy kely (i Charles Buzzetti), izay hitan'i Don Bosco sondrian-tory indray mandeha tao ampiangonana nandritra ny toriteny nataon'ilay pretra tanora iray.

Lohataona 1842 tamin'izay (anelanelan'ny 21 marsa sy 21 jiona ny lohataona any Eorôpa)! Miverina tsikelikely mahazo an'i Turin indray ireo ankizilahy «mpanao trano» mba afa-nody tany an-tanànany, nandritra ny fotoan-dririnina tsy ahazoa-miasa. Mitombo isa koa ny mpanatevin-daharana ny isan'ireo tanora efa tamana tao amin'ilay *«Oratorio»*. Tonga niaraka tamin'i Charles, zokiny, hihaona amin'izany Don Bosco izany koa i Joseph Buzzetti.

Vao folo taona monja izy tamin'izay. Babon'ny fitiavan-dray nasehon'i Don Bosco i Joseph, ka dia nifikitra taminy sy tsy nahafoy azy intsony. Ary ho eo anilan'i Don Bosco mandrakariva izy mandritra ny enina amby efapolo taona mbola hiainany. Ho eo akaikiny i Joseph hatreo amin'ny fotoana hialàn'i Don Bosco aina...

Pretra be vazivazy

Fa ny tena nampifikitra ny tanora tamin'i Don Bosco dia ny hatsarampo sy ny fahatsorany. Tsapan'izy ireo izany hatsarampo izany ary hitan'izy ireo soritra amin'ny asa mivaingana sy amin'ny fihetsika mahatohina ny fo. Vonona ny hanampy azy ireo mandrakariva i Don Bosco na maraina na hariva.

Raha misy te hianatra hamakiteny amin'izy ireo, dia hain'i Don Bosco ny mahita ora na ny mahita olona ho an'izany.

Raha tsy dia tsara na tsy azo antoka loatra ny mpampiasa azy ireo, na tsy an'asa ny sasany, dia mirotsaka mikarakara azy ireo izy, ka manetsiketsika ireo sakaizany mba hitady toerana sy hikaroka mpampiasa mpitandro ny rariny sady kristianina.

Ary na dia tsy manam-bola aza izy ireo, dia fantatr'izy ireo fa vonona ny handraraka, eo an-tanan'izy ireo, izay ananany i Don Bosco.

Raha sendra ka manjombona sy mavesatra ny andron'izy ireo, dia tsotra ny antso miantefa amin'i Don Bosco avy amin'ny tsirairay: «Tongava, Mômpera â! Mba jerijereo aho e!». Dia tonga i Don Bosco mamangy ireto tanora sakaizany hatrany an-toerampiasana. Zary hafaliana sy fanamaivanana ho an'izay tsidihiny ny fotoana kely hifankahitana sy hifanakalozan-teny. Misy teny tsy afaka an-tsain'ny maro aza famerimberin'i Don Bosco amin' izay tanora ihaonany manokana: «Tiako dia tiako ise; koa na dia tsy manana afa-tsy sombi-mofo kely indraimbava aza aho indray andro any, dia ise no hifampizarako azy».

Fa raha misy fanitsiana tiany holazaina amin'olona iray koa, dia tsy misalasala mihitsy izy ny manao izany, saingy tsy eo imason'ny hafa na oviana na oviana, mba tsy hampietry sy hampilofika ilay anarina. Ary raha mampanantena zavatra ho an'olona kosa izy, dia tsy maintsy ataony izay hahatanterahan'ny fampanantenana napetrany.

Niavaka tamin'ireo pretra sy relijiozy maro, mpanabe tanora mahantra, teo amin'ny fotoan'androny tokoa i Don Bosco, rahefa tomorina akaiky ny fomba fanabeazany an'ireo ankizilahy mahantra manatona azy. Marina fa samy niezaka ho mahatehotia teo imason'ny tanora beaziny na i Don Bosco na ireo pretra sy relijiozy hafa, sady niezaka ho tia ireo tanora ireo koa. Saingy tsy nitovy kosa ny fomba fanehoana izay fitiavana izay. Ho an'ny ankamaroan'ireo pretra sy relijiozy nikarakara tanora mahantra, toa an'ireo Freran'ny Sekoly Kristianina, dia toy izao ny soridalam-panabeazana: tsy maintsy atao izay hifankatiavana amin'ny ankizy, nefa tsy tokony havela hanandra-peo hikiakiaka sy hitokelaky ny hehy be loatra izy ireo; tsy maintsy atao koa izay hanajan'izy ireo ny fahanginana, fa raha tsy izany dia hirongatra avy ao anatin'ny ankizy ao ny habibiana be korontana.

Hafa noho izany kosa ny fomba fanehoam-pitiavana nentin'i Don Bosco nifanerasera tamin'ireo tanora nokarakarainy: fanehoam-pitiavana omban-«kafaliana tsy misy fepetra» ny azy. Amin'ny maha-mpanorina ny Fikambanan'ny hafaliana azy, dia fantany tsara ny hasarobidin'ny hafaliana mitosaka izay mampiavaka indrindra ny fiainam-pahatanorana: vanim-piainana itsikiana sady isehoan'ny vazivazy sy ny hehy. Tsy nampaninona an'i Don Bosco mihitsy, noho izany, ny nankahery ireo sakaizany hoe: «Milalaova, mitsambinkina, mitabatabà! Ny zava-dehibe, ho ahy, dia ny tsy hanotanareo». Ary hahatomombana izany no itondrany ireo tanora karakarainy amin'ny kianja malalaka tsy voafefifefy, eny, hatramin'ny fitetezana vohitra sy saha. Mirotsaka mandray anjara amin'ny kilalaon'ny tanora aza izy, matetika. Tsapany manko fa tsy tokony ho vahiny amin'ny hafalian'ny tanora ny mpanabe; tokony handray anjara amin'ny fientanan'izay beaziny

izy. Sady tokony handrindra ny fiarahamientana mihitsy aza izy raha sendra misy ny fisalasalan'ny tanora tsy hirotsaka amin'ny nahim-pony ary andraikiny koa ny manara-maso mba hisorohana ny olana mety hamotika izany hafaliana mitosaka izany.

Izany fomba miavaka nentin'i Don Bosco nifanerasera tamin'ny tanora izany no nambabo ny fon'ny ankizilahy maro. Koa dia raiki-pitia taminy avokoa izy rehetra ary nifikitra taminy tsy nisy fepetra. Zary fotoam-pifaliana mahasambatra ny fihaonan'ny besinimaro amin'i Don Bosco! Pretra be vazivazy (tia kizaky) manko izy!

Indray andro izay, ohatra, nifanena an-dalana tamin'ankizilahy iray avy nirahin-dreniny hividy zavatra i Don Bosco. Feno zavatra avokoa ny tanan'ity ankizilahy ity: ny iray vesarana tavoahangi-menaka, ny faharoa indray mivimbina tavoaram-binaingitra. Raha vao nahatsinjo an'i Don Bosco izy, dia nihazakazaka avy hatrany nanatona azy sady niantsoantso hoe:

- Manao ahoana i Don Bosco!

Nisamboaravoara nila ho very tamin'izay ny menaka sy ny vinaingitra tamin'ireo tavoahangy aman-tavoara teny an-tanany... Nihomehy i Don Bosco nahita azy sambatsambatra toy izany sady nivazivazy taminy:

- Sahy mifanamby amin'ise aho - hoy i Don Bosco - fa tsy vitan'ise izay ataoko.

Dia nanomboka nitehaka izy. Faly loatra noho ny fihaonana tamin'i Don Bosco ilay ankizilahy, ka dia voajonon'ny vazivazin'ilay pretra maminy. Napetrany tambany helika ireo entana novimbininy, dia rafitra nitehaka koa izy sady nikiakiaka arak'izay trany hoe: «Ho ela velona anie i Don Bosco!» Nibolisatra àry ny tavoahangy aman-tavoara ary vaky nianjera tery. Teo ilay ankizilahy vao tonga saina sy tsiravina:

- Voa mafy aho ity! Hokapohin'i mama aho izao rahefa tonga any an-trano!

- Aza manahy ise - hoy i Don Bosco taminy! Fa olana azo vahana izao ihany izany.

Dia niara-niditra tao amin'ny trano fivarotana iray izy ireo, ary nividy menaka sy vinaingitra ho azy i Don Bosco.

Pretra mamin'ny tanora

Noho ny fahaizan'i Don Bosco miara-mientana amin'ny tanora, amin'ny fomba samihafa, dia nanjary pretra mamy hoditra tamin'izy ireo izy. Izay rehetra nanatona an'i Don Bosco am-pahatsorana dia nifikitra taminy tokoa. Ary arakaraka ny nisosan'ny fotoana no nampitombo isa ireo ankizilahy niditra tao amin'ilay akanim-pamonjena niantsorohan'i Don Bosco. Tsy nitady mofo sy asa fotsiny ihany akory ireny tanora ireny fa nangetaheta finoana ihany koa: nangetaheta finoana mpamelombelona aina na dia tsy ampy aza ny hanin-kohanina. Satria *«tsy ny mofo ihany no ivelo-man'ny olona» (Mat 4,4)!...* Ary nisongadina tokoa fa ny fihaonan'ireo tanora karakarainy amin'Andriamanitra no tena vaindohan-draharaha nimasoan'i Don Bosco, amin'ny maha-pretra azy. Nataony izay hitiavan'izy ireo ny kônfesy na «Sakramentan'ny famitranampihavanana» satria lalam-pihaonana amin'Andriamanitra mpamindra fo sy be fitiavana izany, sady lalana mitondra amin'ny fiadanam-panahy sy ny fandraisana ankafaliana ny Eokaristia Masina. Ary tsy nananosarotra an'i Don Bosco mihitsy ny miresaka am-pahatonena an'Andriamanitra amin'ireny tanora ireny hatreny am-pilalaovana na eny am-pitsangantsanganana eny. Tsy hitahita akory dia tafiditra hatreny anatin'ny tosa-pifaliana mampitokelaka ny maro ny firesahana ny fiainana any ankoatra:

- Eh! Asa izay ho hafaliantsika rahatrizay any am-paradisa isika!

Ary amin'ny resaka toy izany, dia indrandray misy ny manontany azy hoe:

- Mba ho voavonjy ve aho?

Tsotra ny valiteny feno vazivazy omen'i Don Bosco:

- Tiako ho hita izany hoe ise mankany amin'ny afobe izany! Nefa... heverin'ise fa namorona ny paradisa Andriamanitra mba hamela azy ho foana tsy misy olona? Mazava loatra fa mila fandavantena maro ny miakatra any an-danitra, nefa iriako mba ho tafahaona any isika rehetra. Ary hanaovantsika korana be izany!...

Niharihary miandalana hatrao amin'ny Foibe fiofanan'ny pretra tao Turin àry fa pretra mamy hoditra tamin'ireo tanora nokarakarainy i Don Bosco. Tsy ny fanampiana amam-pamangiana nentin'i Don Bosco nifandray tamin'izy ireo ihany no nampifikitra ny tanora taminy; fa teo koa ny fahaizany manao vazivazy sy mizara hafaliana tandrify ny tanora, atevenin'ny fahaiza-mampibebaka azy ireo sy ny firesahana am-pahatsorana an'Andriamanitra amim-pomba mahafaly mandrakariva. Tsy Andriamanitra mampatahotra sy masiaka be no nampahafantarin'i Don Bosco an'ireny tanora ireny, fa Andriamanitra be fitiavana sy heniky ny famindrampo...

12

"Oratorio" mitady toerana

Namaramparana ny telo taona nodiaviny tao amin'ny Foibe fiofanan'ny pretra tanora miana-draharaha i Don Bosco, tamin'ny figadonan'ny tonontaonam-pahavaratra1844. Tsy mbola fantany mazava izay toerana hiasany aorian'izao fiofanana naharitra telo taona izao. Fa dia miandry am-pitokisana izay hevitra hatolotr'i Don Cafasso azy izy.

I Don Cafasso mitady lalana ho an'i Don Bosco

Rahefa nandinidinika ny fiaimpiainan'i Don Bosco nandritra ny telo taona teto Turin i Don Cafasso, dia nahatsapa fa «tsy tokony handao an'ity renivohitra ity i Don Bosco», pretra vao misandratra, satria be ny soa vitany ho an'ireo ankizilahy mahantra tsy misy mpiahy eto an-drenivohitra. Ary araka ny fandinihany, dia mety ny hiarahan'i Don Bosco miasa ao amin'ny tanànan'i Valdocco (ao an-drenivohitr'i Turin ihany) ary mpiandraikitra ny fitantanana ara-panahy ao amin'ny akany anankiray fanaovantsoa mitondra ny anarana hoe:*«Refuge»* (Fialofana). Izany andriambavin'i Barolo izany no nanorina an'io akany io, mba hanampiana ireo mpivarotena maniry hanomboka fiainam-baovao indray.

Julie Françoise de Colbert no tena anaran'ilay andriambavin'i Barolo nanorina ny akany «Fialofana». Nifindramonina avy any Frantsa izy tamin'ny fotoanandron'ny «Revôlisiônina frantsay» (1789) ary nanambady ny andriandahy Charles-Tancrède Fálletti di Barolo, izay lehiben'ny tanàna tao Turin tamin'ny 1825. Maty ity Andriandahy vadin'i Julie Françoise ity tamin'ny 1838. Tsy

niteraka izy ireo na zaza iray aza, nefa be dia be kosa ny lova napetraky ny maty ho an'andriambavin'i Barolo vadiny, izay efa nananika ny fahatelo amby dimampolo (53) taonany tamin'io taona 1838.

Tsy nanao am-pihimamba tamin'ny harena marobe navelambadiny ho azy ilay andriambavy fa nirotsaka tamin'ny asa fampijaliantena sy tamin'ny asa fanasoavana ny mpiarabelona, amin'ny maha-kristianina azy. Ary fanta-daza tao Turin izy noho ny asa soa nataony ho an'ny fiaraha-monina tao.

Nandritra ny volana maromaro nifanesy, dia nandany ora telo isan'andro izy hamangiana ireo vehivavy voafonja tao Turin. Nozakainy tamin'izany ny ompa sy ny eson-teny amam-panambaniana samihafa. Niaretany hatramin'ny famelezana, mba ho fanampiana ireo vehivavy mahantra sy ho fampitomboana ny faripahalalan'izy ireo. Ary nony ela, dia azony tamin'ireo manampahefana isan' ambaratonga ny valim-pitakiana nataony ho fanasarahana ny fonja ho an'ny lehilahy sy ny fonja ho an'ny vehivavy. Dia nafindrany ho any amin'ny trano mahasalama kokoa, izay nampanamboariny, ireo vehivavy voafonja.

Ankoatr'izany, dia teo koa ny fanamboarany ireo *«toerampitaizana zaza kamboty»* sy fananganana akany ho an'ireo ankizivavy mpiasa amin'ny ozinina samihafa. Ary tsy azo odian-tsy hita ireo sangan'asa sarobidy najorony tao *Valdocco* hamonjena ny sokajin-tovovavy samihafa ianjadiam-pijaliana na tandindomindoza: tao ny akany «Fialofana», efa nasian-teny kely tetsy aloha, izay najorony ho fanavotana ireo mpivarotena naniry hanorina fiainam-baovao indray; tao ny trano *«Les Madeleines»* izay natsangany hikolokoloana ireo ankizivavy latsaky ny efatra ambin'ny folo taona anefa tandindomin-doza sahady ara-pitondrantena sy ara-panahy; ary tao koa ny hôpitaly kely «Masimbavy Philomène» izay namboariny ho an'ireo ankizivavy marary na sembana ara-batana.

Mbola teo an-dalam-panamboarana an'io indrindra ny andriambavin'i Borolo tamin'ny 1844, raha tonga nitady lalana ho an'i Don Bosco tao Valdocco i Don Cafasso izay mpampiofana azy

sady mpitantana azy ara-panahy. I Mômpera Borel izay efa mpikarakara ara-panahy tao amin'ny akany «Fialofana» (le Refuge) no natonin'i Don Cafasso.

Dia nolazainy tamin'i Mômpera Borel ny fikasany te handefa pretra mahafatra-po sy mahatoky hiasa eto Valdocco. Ary nangatahany mba homena efitrano iray sy vola fanampiana kely hivelomany io pretra halefany io.

- Na ny asa ataoko samirery eto aza anie - hoy i Mômpera Borel namaly an'i Don Cafasso - dia efa tsy ampy e! Koa inona indray no hampanaovina azy eto?

- Avelao halalaka izy fa aza omena aza - hoy i Don Cafasso. Ary raha ny fanampiana kely ho azy no manahirana anareo, dia izaho no hiantoka izany. I Don Bosco no anaran'io pretra io; ary efa nanomboka karazan'akany ho an'ireo ankizilahy mahantra izy, ao amin'ny Foibe fiofanan'ny pretra ao. Fa rahefa tsy mahita asa eto an-drenivohitr'i Turin izy, dia halefan'ny Arseveka ho pretra mpanampy any ambanivohitra; ka dia hiverina hirenireny eny an-dalambe indray ireo tanora vao natombony nokolokoloina. Ary hampalahelo ny hiafaran'izy ireo.

- Ekena àry ny fiangavianao raha izany no izy - hoy indray i Mômpera Borel - fa dia horesahiko amin'ny Andriambavy ny toe-draharaha.

Dia lasa nody tany amin'ny Foibe i Don Cafasso ary nilaza tamin'i Don Bosco hoe:

- Amboary ny entanao rehetra ary mandehana any amin'ny akany «Fialofana» any Valdocco. Hiasa eo akaikin'i Mômpera Borel ianao ary hanam-potoana tsara hikarakaranao ireo ankizilahy sakaizanao.

Teo andanin'izany kosa, dia lasa niresadresaka tamin'ny andriambavin'Borolo i Mômpera Borel.

- Nahita mpitantana ara-panahy hoa an'ny hôpitalinao aho - hoy izy tamin-dRamatoa Julie Françoise -. I Don Bosco no anarany ary avy ao amin'ny Foibe fiofanan'ny pretra tanora izy.

- Ekena - hoy ny andriambavy! - Saingy mbola eo an-dalam-panamboarana ilay hôpitaly kely. Koa afaka enim-bolana vao horesahintsika indray ny amin'izany.

- Tsia, ry Andriambavy ô. Tsy maintsy raisina dieny izao i Don Bosco na hirahina any an-toeran-kafa izy. Nantitranterin'i Don Cafasso tsara tamiko ny aminy. Nolazainy ahy ny momba ny akany naorin'io pretra io. Ary nambarany mazava fa hadisoana ny mamela azy tsy ho tafita amin'izany.

Nangataka fanazavana sy filazalazana fanampiny ny Andriambavy. Ary rahefa resilahatra izy, dia nanaiky hanome fanampiana hiveloman'i Don Bosco sady nanome efitrano iray mifanila amin'ny an'i Don Borel hipetrahany, teo akaikin'ilay akany «Fialofana» ihany.

Tsy nangataka andro kosa i Don Bosco, fa vao tamin'ny fotoana nihaonan'izy ireo voalohany dia efa nangataka soridalana mazava hahazoany antoka izy. Nekeny ny hanao asa fanampiana ao amin'ny akany «Fialofana», nefa nofeperany mazava tsara mba tsy hoterena handao ireo tanora efa karakarainy izy. Nangatahiny mba havela horaisiny an-kalalahana ireo ankizilahy izay maniry hahita azy eny anivon'ny herinandro eny.

Afa-po tamin'izany resaka tsy misy olakolaka izany ny Andriambavy tompon-trano, izay mananika ny fahenimpolo taonany. Ka dia nekeny ny hahazoan'i Don Bosco mandray sy mamory ireo tanorany eo amin'ny sombin-tokontany mifanila amin'ilay hôpitaly mbola an-dalam-panamboarana. Ary nanome toky azy koa ny Andriambavy fa raha vao azony atao dia hotolorany efitra roa amin'ilay trano vaovao i Don Bosco mba hampiasainy arak'izay hitany fa mety, na dia hataony ho toeram-pivavahana aza...

Dia vita teo àry ny fifanarahana: mbola somambisamby ihany anefa izany fa tsy tena hita soritra mazava, ka velon'ahiahy ihany i Don Bosco!...

Nofy vaovao

12 ôktôbra 1844! Sabotsy ny andro tamin'izay! Lasa eritreritra be ihany i Don Bosco tao amin'ny Foibe fonenany sady fandraisany rahateo ireo tanora karakarainy! Alina iray sisa dia

higadona ny andro tsy maintsy hanambarany amin'ireto tanorany fa hafindra eny Valdocco indray ny *«Oratorio»* natsan-gany ho azy ireo!

«Saingy namela tebiteby sy ahiahy tao am-poko - hoy ny rakitsoratr'i Don Bosco - ny zavatra tsy mazava loatra mikasika ny toerana sy ny fitaovana hoenti-miasa ary ny olona ao. Nipoitra tamiko indray, tamin'ny alin'iny andro iny, ny nofy vaovao toa manohy izay efa tonga tamiko tany Becchi, fony izaho sivy taona».

Hitany tao amin'izany *nofy vaovao* izany indray ilay andian'amboadia masiaka. Te handositra izy. Nefa... «indro vehivavy iray mitafy akanjona mpiandriondry miantso ahy hiaradalana amin'izany andiam-biby izany, izay tarihiny lalana. Niato intelo izahay. Ary isaky ny fiatoana, dia miova ho zanak'ondry mahafatifaty ny maro amin'ireo amboadia ireo. Resin'ny havizanana aho ka naniry hipetraka, nefa dia nasain'ilay vahivavy mpiandry ondry aho hanohy hatrany ny dia. Dia tody tamin'izany tokontany midadasika izany izahay; ahitana vavahady iray lava toa zohy ao anatin'izany tokontany izany ary misy fiangonana iray ery amin'ny farany ery. Nihamaro tsy hita pesipesenina ny isan'ireo zanak'ondry. Indreny fa nisy mpiandriondry lahy hafa koa tonga hiambina azy ireo, nefa vitsy tamin'izy ireo no nanam-pikirizana. Dia nisy àry zava-mampitolagaga niseho. Niova ho mpiandriondry koa ny zanak'ondry maro be ary nikolokolo ny hafa. Nasain'ilay vehivavy mpiandry ondry nijery nianatsimo aho. Nahita saha iray aho teo am-pijerena. Jereo indray mandeha, hoy izy tamiko... Nahita trano fiangonana iray tsara tarehy sady lehibe aho tamin'izay. Ary voasoratra tao anatin'io fiangonana io amin'ny sora-baventy, teo amin'ny toerana iray miloko fotsy, izao teny latinina izao: *"Hic domus mea, inde gloria mea"* (Eto no tranoko; avy eto no hivoaka ny voninahitro)».

Araka ny voalazan'i Don Bosco ao amin'ny rakipahatsiarovany ihany , dia «tsy nino be loatra» izany nofy izany izy. «Nefa azoko ny zava-drehetra arakaraka ny nahatanterahany. Hany ka dia nanjary soritr'asa ho ahy tamin'ny fanapahan-kevitro io nofy io, niaraka tamin'ny nofy anankiray hafa koa».

Tsy dia mifankaiza loatra amin'ilay nofy vaovao voalohany io nofy anankiray hafa io, fa mifanahatahaka aminy ihany. Toy izao ny ambangovangony ilazan'i Don Bosco azy:

«Hoy ity vehivavy iray tamiko: "Jereo". Dia nahita fiangonana kely sady iva aho, miampy tokontany kely iray sy toeram-piompiana maro sesehena... Nanjary tery ilay fiangonana; nampita teny tamin'ilay vehivavy indray aho, ka dia nampisehoany fiangonana hafa lehibebe kokoa indray aho, miaraka amina trano iray tsy dia lavitra azy loatra... Dia teo anivona tanora marobe aho ary nahita fiangonana tena midadasika voahodidina trano marobe sady ahitana tsangambato tsara tarehy eo anivony».

Fivezivezena tsy fanta-piafarana

Alahady 13 ôtkôbra 1844! Nidify ny haizin'ilay alina nahitan'i Don Bosco *nofy vaovao*. Ary tonga ny fotoana anambarany amin'ireo tanorany fa hafindra eny Valdocco indray ny akany manomboka amin'ny alahady manaraka. Nampisavorovoro kely ireo tanora ihany izany. Hany herin'i Don Bosco dia nilaza izay hitany tamin'ny nofiny an-kafaliana, na dia fantany aza fa mbola tsy misy ninoninona azo antoka loatra ankehitriny izao. Ka hoy izy hoe: «misy trano sy toerana midadasika miandry antsika any ary ho antsika manontolo, hihirantsika, hihazakazahana sy hilalaovana. Hahafaly antsika izany».

Dia samy tsindriandaona be ihany ny tsirairay teo ampiandrasana ny fotoana hahitana izany zava-baovao izany.

Alahady 20 ôktôbra 1844! Indreny mitanjozotra mivantana mankany Valdocco ireo andian'ankizilahy efa zatra an'i Don Bosco. Toerana efa somary ivelan'ny tanànan'i Turin ihany moa i Valdocco, ka ahitana trano fialan'ny olona sasatra lavitra ny

tabataba anivon-tanàna. Mielipatrana etsy sy eroa ireny trano iainan'ny olona am-pilaminana ireny ary singantsinganin'ny trano fivarotan-java-pisotro madinidinika ihany koa. Toerana fialamboly sy anjakam-pilaminana i Valdocco, raha fintinina, koa tsy mahagaga raha marintoerana ao ny toeram-pamonjena ny sahirana toy ireo karakarain'ny andriambavin'i Barolo sady naoriny rahateo (ny akany Fialofana, ny ankanin'ny «Madeleines» ary ny hôpitaly vaovao eo an-dalam-pahavitana).

Tsy hitan'ireo tanoran'i Don Bosco izay tena lalana mankany amin'ilay akany voalazany herinandro lasa izay, nony mby tao amin'ny faritr'i Valdocco izy ireo. Hany herin'izy ireo, dia nandombaravarana tetsy sy teroa sady nikorataba hoe:

- Aiza i Don Bosco? Aiza ny *Oratorio* andraisany anay?

Tsy dia natoky loatra ny ankizilahy manao andiany toy itony anefa ny mponina efa zatra milamina eto Valdocco, ka dia nisondropeo koa izy ireo, ho valin'ny fitadiavan'ireto ankizilahy ireto an'i Don Bosco:

- Fa *Oratorio* inona izany? Iza koa izany Don Bosco izany? Mandehana any ianareo fa sao dia mahita angano eto.

Hoy kosa i Don Bosco mitantara ny toe-javatra:

«Rahefa nahaheno izany korataba izany izaho sy i Mômpera Borel, dia nivoaka ny trano aho. Niato ny tabataba ary nihazakazaka nifanatona hifampiarahaba izahay rehetra».

Misy eto Valdocco tokoa ny toerana hilalaovana sy hihazakazahana, fa tsy misy azo antoka kosa izay mba toerana tony ahazoamivavaka sy mampikônfesy ary manolotra Sorona Masina.

- Tsy mbola vita - hoy i Don Bosco tamin'ireo tanorany - ny trano izay nampanantenaiko anareo. Fa izay te hikônfesy dia mahazo miakatra any an'efitranoko sy ao an'efitranon'i Mômpera Borel.

Nanahirankirana ihany ny fandehan-javatra tamin'io alahady io sy tamin'ireo alahady hafa rehetra, hatramin'ny volana desambra 1844. Satria marobe nahatratra hatramin'ny roanjato ny isan'ireo ankizilahy tonga hikônfesy, nefa tsy misy afa-tsy mpampikônfesy

roa. Feno olona daholo na ny efitrano sy ny lalantsara na ny tohatra. Ary atao ahoana moa no hampangina ankizilahy marobe samy manana ny toetrany eo anivon'ny toerana hety dia hety toy izany?

Nony ela, dia tonga ihany ny volana desambra 1844. Vonona amin'izay ireo efitrano roa nampanantenain'ny andriambavin'i Barolo an'i Don Bosco, tao amin'ilay hôpitaly vao najoro. Dia natambatr'i Don Bosco ho toeram-pivavahana iray ireo efitra roa nomena azy. Ary ny alahady 8 desambra no vanin'andro voatondro hitokanana ity Toeram-pivavahana (Chapelle) ity.

Efa nanomboka nirotsaka ny fanalan-dririnina tao Valdocco tamin'izay fotoana izay. Namirifiry ny hatsiaka. Nefa dia tonga ihany ireo ankizilahin'i Don Bosco. Nasiana afon-kitay tao antranofivavahana mba hanome hafanana ny mpivavaka rehetra. «Natolotra tamin'ny fomba tsotra dia tsotra ny Sorona Masina - hoy ny rakitsoratr'i Don Bosco -; marobe ireo tanora nikônfesy sy nandray kômonio, ary nitomany aho satria noheveriko fa hiorimponena amin'izay ilay akany».

Tsy arak'izay noheveriny anefa ny ho fandehan'ny toe-javatra. Mbola hitomany koa izy aoriana kely ary tsy ho ranomasompifaliana no hijohy amin'izay fa ranomason'alahelo... Satria hamakivaky fivezivezena tsy fanta-piafarana ilay *Oratorio* naorin'i Don Bosco.

Fa teo am-piandrasana ny ho vokatry ny ampitso tsy hay fantarina sy ferana amin'ny endriny manontolo, dia efa nataon'i Don Bosco izay anomezana anarana ilay akany nanomboka tamin'io 8 desambra 1844 io. *«Oratorio Md François de Sales»* no anarany raikitra. «Satria - hoy i Don Bosco - nisy sarin'io olomasina io voahosodoko, nampanaovin'ny Andriambavy, nipetaka teo ambaravarana fidirana ao an-trano. Ary satria ny fiaimpiainanay sy ny asanay dia mitaky hatonena be sy halemempanahy, nitolo-tena ho eo ambany fiarovan'i Md François de Sales izahay mba hanomezany anay ny halemempanahiny mampitolagaga».

Fanampiana ireo tanora mahantra hitombo fahendrena sy fahalalana eo anivon'ny hafaliana hatrany no ezaka imasoan'i Don

Bosco tsy tapaka eto Valdocco. Nividy kilalao maro karazana izy mba hahafahan'ireo tanorany mialavoly. Ao koa ny fanampiana ireo tena mahantra ara-pitafiana. Ary satria moa efa mba misy efitrano azony ampiasaina ihany eto Valdocco, dia nanapa-kevitra izy hampianatra ireo izay mba maranitsaina kokoa amin'ireto tanorany, rahefa hariva avy miasa any amin'ny ozinina iny ry zareo.

Tsy vitamora anefa ny fanatontosana izany fikarakarana maro endrika tandrify ny tanora iantsorohan'i Don Bosco izany. Satria na ny boky ho an'ireo ampianarina sy ny fitafiana ho an'ireo tena mahantra, na ny kilalao ilain'ny besinimaro amin'ny fialamboly dia mitaky vola avokoa. I Don Bosco koa anefa, etsy andanin'izany, dia iaraha-mahalala fa olo-mahantra tsy mba manan-katao firy; sady tena maharikoriko sy manahirana azy be ihany koa izany hangataka fanampiana amin'ny fianakaviana mpanankarena izany. Nazava taminy anefa ny fankaherezana nataon'i Mômpera Borel hoe: «Raha tena tianao ny hahasoa an'ireo tanoranao ireo, dia tsy maintsy ekenao koa izany fandavantena be izany». Koa dia nanaiky ny hangataka fanampiana tamin'ny fianakaviana manan-katao teo amin'ny tany ama-monina ihany i Don Bosco... Marina fa tsy afaka na oviana na oviana tamin'izany rikoriko sy fahasahiranana mangataka izany i Don Bosco, nefa tsy azo lavina kosa fa tsy voatosi-bohontanana na oviana na oviana koa izy rahefa tonga mangata-panampiana etsy sy eroa: samy nandray azy an-kafaliana avokoa ny fianakaviana natoniny sady nalala-tanana nanampy azy rahateo... Tsy maty ankaranany, noho izany, àry ny asa fikarakarany ireo ankizilahy tao amin'ny *Oratorio*, izay vao niorimponenana tao Valdocco. Ary tsy nahasakana azy tsy hahatontosa ny asa hafa nosahaniny tao Valdocco izany fikarakarana ny *Oratorio* ho an'ny ankizilahy izany.

Araka ny efa hitan'i Don Bosco teny am-pitetezana ny onjan'ny fiainana teny dia noheveriny fa ny fikarakarana ankizilahy no tena lalam-piantsoana manokana tandrify azy, fa tsy ny fanabeazana ankizivavy. Tsy midika ho fankahalam-behivavy anefa izany toe-javatra izany. Nasehony tao Valdocco fa amin'ny maha-pretra azy, dia tsy manan-jo hanavakavaka izy; manana adidy kosa izy handray

ny zanak'Andriamanitra rehetra na lahy na vavy. Tsapany izany adidiny izany, ka nanao izay tratry ny heriny koa izy tamin'ny fanampiana ireo vehivavy nianjadiam-pisedrana sy ireo tovovavy tao amin'ny akany Fialofana... Dia nisosa teo anivon'izany ezaka fanampiana tao amin'ny akany Fialofana izany ny andro sy ny volana!

Nanantena i Don Bosco fa hampiova hevitra tsikelikely ny andriambavin'i Barolo ny fiaraha-miasa tao Valdocco sy ny fisosan'ny andro sy ny volana, ka dia homen'ny Andriambavy hikarakarana ireo ankizilahy tsy misy mpiahy ilay hôpitaly izay novinavinainy teo am-piandohana ho an'ireo ankizivavy sembana.

Teto no nisy fifanjevoan-kevitra! Satria ny Andriambavy koa dia nanantena fa handao tsikelikely ireo ankizilahy i Don Bosco, rahefa ela ny ela, ka hifantoka tanteraka amin'ny fiaraha-miasa amin'ireo akany sy hôpitaly ao Valdocco.

Arakaraka ny nandrosoan'ny fotoana anefa no nisehoan'ny tsontsorimamba nisarahana. Samy nitana ny fikasany mangina ny andaniny sy ny ankilany ary samy nikiry avy nampiroborobo ny asa fanasoavana efa nofinidiny izy ireo. Vao mainka nitombo arak'izany àry ny fifandisoan-kevitra. Nitombo isa ireo ankizilahy nokarakarain'i Don Bosco. Nitombo arak'izany koa ny tabataba tao Valdocco; voahosihosy sy simba hatramin'ny voninkazo aza, sady nanomboka nimenomenona koa ireo masera mpikarakara ny tovovavy an-dalam-piarenana amin'ny fiainana, satria tsy dia nankatoavin'izy ireo loatra ny fonenan'ireo ankizilahy eo akaikin'ny ankizivavy iadidiany. Koa tsy nisy zavatra hafa intsony nandrandrain'ny andriambavin'i Barolo afa-tsy ny fialàn-dry Don Bosco tao Valdocco.

Aiza anefa no haleha? Mahabe fanantenana ny zavatra hitan'i Don Bosco tao amin'ilay «nofy vaovao». Nefa somambisamby ihany ny lalan-kizorana.

Andrana tsy nahomby tao Saint-Pierre-aux-Liens

Raha vao nanomboka ny vanimpotoanan'ny Karemy 1845, dia nanandrana nandao tsikelikely ilay toerana efa nanomboka nahazatra azy ireo i Don Bosco. Tao amin'ny toerana antsoina hoe: *Saint-Pierre-aux-Liens* izay nisy trano fiangonana anankiray, mifanila amina toerana feno fasana nefa tsy andevenana intsony hatramin'ny folo taona izao, no namorian'ireo ankizilahy lehibe indrindra hianatra katesizy isan'andro. Voahodidina fefy io toerana feno fasana io sady ahitana tokontany midadasika tsara no misy vavahady lehibe.

Ary satria moa nizotra tsara ny fampianarana katesizy natomboka teny sady naman'i Don Bosco rahateo koa i Don Tesio mpiandraikitra tao , dia nangataka tamin'io pretra io i Don Bosco mba hafindra ilay *Oratorio* najorony, ka hahazo hiorim-ponenana indray ao amin'ny trano fiangonana sy ny tokontany midadasik'i «Saint-Pierre-aux-Liens» (ao amin'ny faribohitr'i Valdocco ihany).

Mandeha tsy ho ao Turin moa i Don Tesio tamin'ny alahady 25 mey 1845, ka tsy sarotiny tamin'ny fangatahan'i Don Bosco:«Tongava ianao miaraka amin'ireo tanoranao, amin'ny 25 mey. Amin'izay koa ianao dia mba misolo ahy amin'ny Sorona Masina».

Diso fihevitra ihany anefa i Don Tesio tamin'izao fanekena ny fangatahan'i Don Bosco izao, ka nahatonga savorovoro sy andrana tsy nahomby teo amin'ny fifindran-dry Don Bosco niala nandao ny toerana teo ambany fiadidian'ny andriambavin'i Barolo ho eny amin'ny «Saint-Pierre-aux-Liens». Diso hevitra i Don Tesio, satria:

- tetsy ankilany, dia noheveriny fa ireo ankizilahy vitsivitsy sy hendry tonga nianatra katesizy teny an-toerana nandritra ny karemy ihany no karakarain'i Don Bosco ao amin'ny akany;
- tetsy andaniny indray, dia noheveriny koa fa mitovitovy amin'ny *Oratorio* fahitany matetika ihany ny akany iantsorohan'i Don

Bosco. Nahazatra tany amin'ireny *Oratorio* samihafa fantany ireny ny mampivavaka ireo tanora karakaraina; ary aorian'ny fotoampivavahana, dia mody avy hatrany ireo tanora rahefa avy nihinana ny anjara mofo kely zaraina amin'izy ireo eo an-tokontany.

Ny mifanohitra amin'izany rehetra izany anefa no nitranga, tamin-dry Don Bosco sy ireo tanorany. Fa andian'ankizilahy marobe no hitan'ilay ramatoa mpiasan'i Don Tesio tonga nibosesika nameno fiangonana. Ary namelona korontana aman-tabataba tsy mahazatra ihany koa ny fivondronan'izy ireo hizarana mofo taorian'ny lamesa: ankizilahy be tabataba sy tia pelipelika no hitandramatoa io nifanaretsaka teo an-tokontanin'ilay toerana feno fasana.

Taitra noho izany ilay mpiasavavy, ka tsy tanany intsony ny hatezerany. Rahefa tojo an'i Don Bosco teo anivon'izany hatezerana izany izy, dia tsy nahafehy teny fa sahy nanao teny tsy mihaja hiantsoana an'i Don Bosco ho *«Mpanivaiva toerana masina»*.

Azon'i Don Bosco tamin'izay fa ny mandao ny toerana eo ambany fiandraiketan'i Don Tesio no alaolana tsy hifamaliana. Tsy taitra akory izy na tezitra teo am-pandrenesana ny teny mamingavinga nataon'ilay vehivavy mpiasan'i Don Tesio, fa niangavy ireo tanorany izy hampiato ny lalao ary nilaza hoe:

- Roahin'ity vehivavy ity hiala eto isika, nefa anie izy koa, amin'ny alahady ho avy izao, dia efa ho any am-pasana.

Rahefa tafaverina i Don Tesio, dia notantarain-dramatoa taminy avokoa tamin'ny fomba nisy fanitarana ihany, ny zavaniseho. Taitra noho izany ilay pretra tompon-toerana, ka nanoratra ho an'ny manam-pahefana eo an-tanàna mba hamoaka fepetra mandrara ny manodidina ny fasana tsy hilalaovana.

«Malahelo aho - hoy ny rakitsoratr'i Don Bosco - fa dia io no fara taratasin'i Don Tesio».

Samy maty tampoka nandritra ny herinandro nanaraka an'iny alahady 25 mey 1945 iny i Don Tesio sy ilay mpiasavavy...

13

Aiza ihany no hiafarana?

Tsy nahomby ny fifindrana teny amin'ny «Saint-Pierre-aux-Liens». Nanao tampodiloha niverina tao amin'ilay Fialofana karakarain'ny andriambavin'i Barolo, ilay *«Oratorio Md François de Sales»* iantsorohan'i Don Bosco. Tsy nisakana ny fiverenany ny Andriambavy; nolazainy mazava anefa fa any amin'ny 10 aogositra 1845 any ho any (taona itsahina), dia hatao ny fitokanana ilay hôpitaly kely eo an-toerana. Izany hoe: tsy ho azo itabatabana intsony eo amin'ny faritra iadidian'ny Andriambavy, satria mila fahanginana ireo ankizivavy tsy salama tsaboina ao.

Aiza ihany àry no hiafaran'ity *«Oratorio Md François de Sales»* iantsorohan'i Don Bosco?

12 jolay 1845. Naharay taratasy avy any amin'ny mpitondra eo an-tanàna i Don Bosco: araka ny fiangavian'ny Arsevekan'i Turin, hono, dia omena lalana hampiasa fiangonana eny amin'ny toeram-pitotoambarin'ny tanàna ry Don Bosco sy ireo ankizilahy marobe sakaizany; isaky ny alahady amin'ny mitataovovonana ka hatramin'ny telo ora tolakandro no misokatra ho azy ireo io fiangonana io, izany hoe: «adiny telo isan'alahady». Neken-dry Don Bosco ny tolokevitra , satria aleo manan-kely toy izay tsy manana mihitsy.

Nahorona daholo àry izay mba fananan'ilay *«Oratorio mitady toerana»:* sezalava, fandohalihana, fitoeran-jiro, seza vitsivitsy sns... Dia roso ny dia! Hoy ny rakitsoratr'i Don Bosco mamisavisa izay vanim-potoana izay: «Samy mitondra izay zavatra kely mba zakany ny tsirairay; toy ny mpifindra-monina mitsoa-ponenana ireny ery izahay».

Toeram-baovao tsy mahafapo, nefa nitrangampihaonana hafakely amam-bokatsoa mahagaga

Toeram-baovao tsy mahafapo

Rahefa tena dinihina, dia tsy nahafapo loatra an'i Don Bosco sy ireo sakaizany marobe beaziny ny toeram-baovao natolotra azy ireo, satria toerana tery tsy ahazoan'ireo ankizilahy marobe milalao sy mifanerasera tsara, ho fampitomboana ny fifankahazoana ampo, izay fototra iorenan'ilay *«Oratorio mitady toerana»*, voatery tokoa ny ankizy «milalao eny anaty lalana na eo amin'ilay toerana kely manoloana ny fiangonana izay ifanjevoan'ny soavaly amanfiarantsoavaly». Voatery nionona tamin'izany ry Don Bosco sady niandrandra mangina toerana hafa tsaratsara kokoa. Nanandrana nanita-kevitra ihany i Don Bosco, ka nanofa efitrano iray teo antoerana hampianarany katesizy sy taranja hafa. I Don Borel, mpiara-miasa aminy kosa, teo andanin'izany, dia niezaka nankahery ny «mpiara-dia» rehetra tsy hanary toky fa hitafy fanantenana. Tsy very tadidin'ireo ankizilahy tao amin'ny *Oratorio*, tamin'izany andro izany, ilay toriteny malaza nanaovany fanoharana momba ny laisoakely, izay «tsy mety mihatsara tarehy sy mihalehibe raha tsy afindra toerana».

- Toy izany koa rankizy malala - hoy izy - ny momba ny *Oratorio antsika.* Nafindra toerana nambolena tetsy sy teroa izy ary nitombo arak'izany (ny isan'ny mpiray dinika ao aminy)... Mbola ho ela ve no hijanonantsika eto? Aza manahy ny amin'izany. Aoka isika hatoky an'Izy Tompo. Azo antoka fa mitsodrano antsika izy manampy antsika ary mieritreritra antsika.

Alahady vitsivitsy foana taorian'ny fifindrana teto amin'ity toeram-baovao ity anefa, dia nipoitra indray ny olana. Fiampangana bevava maro loko an-taratasy no niainga avy eo an-toerana nankany amin'ireo mpitondra ny Tanànan'i Turin: mpanimba

zavatra, hono, ireto ankizilahy ireto; simbainy daholo, hono, na fiangonana na trano; sady mety ho fitaovana hampiasain'olona koa, hono, ny fivondronan'izy ireo raha sendra misy revôlisiônina (fiampangana mampidi-doza io fahizany) ary mitsangan-ko saha ipoiran'ny faharatsiam-pitondrantena, hono, izy ireo.

Dia nandefa mpanao famotorana ny «ny Lehiben'ny Fivondronanana». Ary hitan'izy ireo fa raha ny tabataba sy ny rindrina voakiaka dia misy; fanosoram-potaka kosa ny resaka «revôlisiônina» sy «faharatsiam-pitondrantena». Ny azo veroka ho nahatonga ilay taratasy fiampangana dia ny hira aman-dalao mikorataba sy mikiakiak'ireo tanora, izay manelingelina ny mponina amin'ny manodidina efa zatra milamindamina sy tony rahefa alahady.

Nalahelo mafy tamin'ny tsaho sy fanosoram-potaka naely i Don Bosco, satria mamela soritra mandrakariva ireny, na dia tsy marina aza. Koa niezaka izy hampihena ny sahoa efa mankadilo sofina. Nataony toerana fifamotoanana fotsiny sisa ny «fiangonan'ny fitotoambary». Fa raha vao injay vory lanona ny mpisakaiza rehetra, dia lasa izy ireo mivoaka ny tanàna hikorana sy hilalao eny anivon'ny saha lava volo mitandavana, manamorona ny reniranon'i Dora. Rahefa hivavaka kosa izy ireo, dia mandeha mamonjy ireo Fiangonana isan-tokony: eny Sassi, eny amin'ny «Madone-du-Pilier» na eny amin'ny «Madone-de-Campagna».

Fihaonana hafakely

Fa fotoana vitsy taorian'ny fifindran'ny *Oratorio* teto amin'ity toeram-baovao ity,dia nitrangam-pihaonana hafakely ny fiainan'i Don Bosco.

Indray andro tokoa, volana septambra 1845 tamin'izay, dia nizara «meday» araka ny mahazatra i Don Bosco. Nisisika sy nifanosika teo anoloany ireo ankizilahy marobe fa samy te hahazo ny anjarany. Nisy ankizilahy kely anankiray izay anefa toa niavaka tamin'ny maro! Tsy mba nisisika hifarombaka meday izy fa dia toy ny mpitazana fotsiny ihany. Valo taona eo ho eo izy. Misy fehin-

tsandry mainty iray mariky ny fisaonana eo amin'ny sandriny havia. Vao roa volana tokoa izao no nahafatesan-drainy. Michel Rua no anarany ary marefo dia marefo no fijery azy...

Nahatsinjo azy nitokantokana sady tsy mba hahazo meday i Don Bosco, ka nanatona azy tamim-pitsikiana:

- Raiso ity, ry Michel kely - hoy i Don Bosco sady natolony azy ny tanany havia.

Ary teo am-panolorana ny tanany, dia nanao fihetsika hafa indray izy toy ny hanapaka roa ny tanana natolony tamin'ny tanany havanana, sady niteny hoe:

- Ny antsika roalahy, dia hataontsika misasaka ny zavatra rehetra.

Gaga foana teo i Michel kely satria tsy fantany izay tena dikan' izao fihetsik'i Don Bosco izao. Nefa tsy nahasakana tsy hifikitra tamin'ity pretra vaovao taminy ity ny fahagagany. Toa nahatsiaro sambatra ery aza izy teo anilan'i Don Bosco. Ny tantara aza dia hampibaribary fa ho lasa mpiara-miasa tokoa izy mianaka aty aoriana, ka ho tanana an-kavanan'i Don Bosco mihitsy i Michel Rua sady ho mpandimby azy voalohany amin'ny fitantanana ny Fikambanana Salezianina.

Toy izay ilay fihaonana hafakely nahatonga fihavanana mateza teo amin'i Don Bosco sy i Michel Rua!

Hanana ny fomba fitantarany momba izany vanim-potoana niandohan'ny fahalalany an'i Don Bosco izany koa i Don Michel Rua aty aoriana. Toy izao no famisavisany ny fahatongavan'i Don Bosco hanolotra Sorona Masina tao amin'ny Sekolin-dry «Freran'ny Sekoly Kristianina» (Frères des Ecoles Chrétiennes) izay nianarany: «Rahefa tonga hanolotra Sorona Masina sy hitoriteny aminy i Don Bosco, dia toy ny misy herimbaratra mandalo ao amin'ireo ankizy marobe raha vao iny izy miditra ao am-piangonana. Mitsangana izahay, dia mivoaka miala amin'ny toeranay ary mifanesika manodidina azy. Dia elaela ihany izy vao tonga any amin'ny sakristia noho izany. Tsy mba misy toy izany kosa anefa rehefa pretra hafa no tonga».

Vokatsoa mahagaga

Oktôbra 1845! Fotoana vitsy taorian'ilay fihaonana hafakely tamin'i Michel Rua, dia nisy *vokatsoa mahagaga* ihany koa nipoitra avy amin'ny ezaka mangina nilofosan'i Don Bosco. Namoaka ny voalohany tamin'ireo boky nosoratany hampiasaina tany an-tsekoly i Don Bosco. *«Tantaran' ny Fiangonana»* no lohatenin'io boky io. Teny anivon'ny alina nifandimby niaretany tory sy teo anivon'ny hazavana mitsilopy apariakan'ny jiro solitany no niavosa tsikelikely ireo andalana maro nitambatra ho *«Tantaran' ny Fiangonana»*. Boky tsotra natao ho an'ny sarambaben'ny kintana izy io, fa tsy dia boky «siantifika» akory; ary nataony nifanentana amin'ny faripahalalana tsotsotra mba ananan'ireo ankizilahy beaziny. Hita ao avokoa na ny tantaran'ireo Papa samihafa na ny tantaran'ny olomasina na famisavisana ny asa fitiava-namana niroborobo nanavatsava ny tantaran'ny vahoakan'Andriamanitra hatrany ampiandohany ka hatramin'ny taonjato faha-19 mbola diavina...

Dia ho avy hanarakaraka an'io «Vokatsoa mahagaga» io: *Ny Tantara Masina* (1847) sy boky iray mikasika ny refy: *Système métrique décimal* (1849) ary *Tantaran' i Italie* (1855).

Ary niara-dalana tamin'ireny boky fianarana an-tsekoly ireny, dia nanoratra boky karazany maro hafa koa i Don Bosco: boky momba ny fiainan'ny olomasina, boky fialamboly, boky fivavahana sy fandalinam-pinoana. Marina fa tsy dia nisy na iray aza tena namirapiratra be tamin'ireo boky ireo . Nefa tsy azo lavina kosa fa sangan'asam-pitiavana izy tsirairay avy, ka nitondra soa ho an'ireo ankizilahy nobeaziny sy ny sarambaben'ny kintana ary ho an'ny fiangonana. Ho loharanom-panenjehana azy aza ny ankamaroany. Fa notadiavin'ny sasany hovonoina mihitsy izy mba tsy hanoratra intsony...

Oratorio miavaka mahavelom-panontaniana

Fa mikorisa ihany moa ny andro mifandimby. Hanatrika fotoan-tsarotra indray ny *«Oratorio Md François de Sales»*.

Fanombohana zava-baovao

Nôvambra 1845! Madiva hisoka ny tonontaom-pararano ary mananontanona sahady ny hirifirin-dririnina. «Tsy nifanentana tamin'ny fitsangatsanganana ivelan'ny tanànan'i Turin intsony ny toetrandro - hoy ny rakipahatsiarovan'i Don Bosco - ka nifanaraka izy sy i Mômpera Borel fa hanofa efitra telo tao amin'ny trano anankiray nantsoina hoe: *«trano Moretta»*.

Ary «tao izahay - hoy ny rakitsoratr'i Don Bosco - no nihafy nandritra ny efa-bolana, nefa faly fa mba afa-nandray ireo ankizilahy ihany, afa-nampianatra azy ireo sy nanome azy ireo fahafahana mikônfesy».

Ary ampahatsiahivin'i Don Bosco am-pahatsorana ombampitsikiana ny tsy nahatandremany, tamin'izao vanim-potoana izao, ilay fikasana faharoa nataony an-tsoratra fony izy vao nandray akanjorebareba mainty, folo taona lasa izay : mba hanariana dia ny ankizy ao anatin'ny trano tery toy itony, dia niverina nanao fanovàmaso sy fampisehoana hakingàntanana indray izy. Dia tsy nijanona intsony izy hatreo, satria nitera-bokatsoa izany...

Tamin'izay vanim-potoana izay koa no nanombohany nanome fampianarana isan-kariva ho an'ireo ankizilahiny. Tena fampianarana mihitsy izany, fa tsy sombintsombim-pampianarana toy ny nataony hatramin'izao. Ary izany Mômpera Carpano izany no nanampy azy tamin'izao fampianaran-kariva natomboka izao.

Zava-baovao tsy nahazatra ny ankamaroan'ny mpanabe tamin'izany fotoan'andro izany ihany izao fampianaran-kariva izao, ka dia velom-panontaniana sy ahiahy hatramin'ny Arsevekan'i Turin. Tsotra anefa ny fanazavan'i Don Bosco ny toe-javatra: tsy ny loharano nipoiran'izao finiavam-baovao izao no tokony hofantarina. «Ny tokony hodinihina - hoy izy - dia ny votoatin'ilay finiavana; ary raha hita io fa mahasoa, dia tokony homena soridalana kristianina mba hisakanana azy tsy ho potiky ny toetsaina mpanohitra fivavahana».

Moa ve izany fomba fijerin'i Don Bosco izany tsy mifandraika amin'ny tolo-dalan'i Kristy hoe: *«Tsy tonga handrava aho fa handavorary»* (Mat 5,17)?...

Fahasalamana mampiahiahy

Desambra 1845! Zara raha nanomboka kelikely foana ilay *«Fampianaran-kariva»* nahavelom-panontaniana ny sasany, dia hita taratra fa toa reradreraka i Don Bosco ary nampiahiahy be ihany ny fahasalamany. Be asa manko izy.

Fa ankoatr'ity finiavam-baovao hanao fampianaran-kariva ity, dia mbola maro ny asa hafa nataony: fikarakarana ara-panahy ireo ankizivavikely (3 ka hatramin'ny 12 taona) ao amin'ilay hôpilaly kely vao nitokanana ao Valdocco, fikarakarana ny voafonja, famangivangiana any amin'ireo trano fanabeazana eo an-tanànan'i Turin, asa fikolokoloana ireo ankizy tonga ao amin'ny akany iantsorohany, famangiana an'ireo ankizilahy mpiasa any amin'ny toeram-piasany avy...

Navesatra izany rehetra izany, ka nisy akony be teo amin'ny toe-pahasalamany. Ary vao mainka nampihombo ny harerahany ny herin'ny hirifirin-drirînina 1845-1846.

Hita ho nihanarefo ny havokavok'i Don Bosco, ka tena natahorana ny fahasalamany. Tsapan'i Mômpera Borel izany ka nampandrenesiny haingana ny andriambavin'i Barolo. Dia nomen'ny Andriambavy vola ho an'ny *Oratorio Md François de Sales* i Don Bosco, sady nomeny baiko «hampitsahatra ny asa rehetra ataony mandra-piverin'ny fahasalamany tanteraka».

Dia nanaiky hampijanona ny asany rehetra tokoa i Don Bosco, afa-tsy izay momba ireo ankizilahiny tao amin'ny *Oratorio*. Tsy nampiova firy ny toe-pahasalamany ho tsara kokoa anefa ny tsy

nialany sasatra tanteraka ary tsapany haingana ihany ny fahamarinan'ny tolo-kevitry ny andriambavy... Nefa moa tojo tataorahona hafahafa indray ny *«Oratorio»* tamin'ny fiandohan'ny taona 1846, ka dia voatery niatrika ny toe-draharaha izy. Ary nanjary toy ny ambinambin-javatra ihany ny toe-pahasalamany. Araka ny raki-tsoratr'i Don Bosco, dia «nisy tsaho hafahafa niely tamin'izany fotoana izany». Satria «nisy olona sasany niantso an'i Don Bosco ho revôlisiônera (na mpampikorontana); nisy hafa koa nilaza fa adala izy ary tena heretika aza», izany hoe: mpitory fampianarana manohitra ny finoana katôlika.

Aiza ihany no hiafarana amin'izao savorovoron-dresaka tsy mitsaha-miely izao?

Oratorio miavaka mahavelom-panontaniana

Nisy tokoa ny nionona tamin'ny tsaho niely fotsiny. Fa nisy dia nisy koa ireo tena velom-panontaniana, fa te hahalala mazava ny momba an'i Don Bosco sy ny *Oratorio.*

Anisan'ireo voalohany lian-kahalala ny mombamomba an'ity *«Oratorio-n'i Don Bosco»* ity ireo pretra mpitondra paroasy tao amin'ny fari-piadidiana nisy an-dry Don Bosco. «Tsy resaka hambompo diso toerana na fialonana» hoy ny rakitsoratr'i Don Bosco no nanosika azy ireo hanara-maso ny *Oratorio Md François de Sale*s, fa «nikatsaka am-pahatsorana ny famonjem-panahy izy ireo». Nandefa solontena anankiroa hihaona amin'i Don Bosco àry izy ireo mba hahafantaran'izy ireo mazava ny toe-javatra. Voasoratra tsara ao amin'ny raki-pahatsiarovan'i Don Bosco ny fifanakalozan-kevitra nandritra ny fihaonana. Ny ventimbentiny ihany anefa no hasongadina etoana:

- Toa mampandositra ny tanora tsy ho any amin'ny paroasy ity *Oratorio* ity. Nahoana moa, ry Don Bosco, no tsy alefanao any amin'ny paroasy izy ireo?

- Satria ny ankamaroan'izy ireo dia sady tsy mahalala pretra mpitondra fiangonana no tsy mahalala paroasy: saika vahiny tonga

hitady asa avokoa izy rehetra, avy any *Aosta,* avy any *Savoie,* avy any *Biella,* avy any *Novara* sy *Lombardie.*

- Nahoana no tsy ampiana hirotsaka any amin'ny paroasy izay onenany izy ireny?

- Tsy misy hevitra izany. Vato misakana goavana amin'izany ny hamaroan'ny fitenim-paritra sy ny fifindran-trano matetika. Azo andramana ihany anefa, raha ohatra ka tonga aty hamantatra izay azy ny pretra tsirairay sy hitondra azy ireo any amin'ny paroasiny. Ary na dia hatao toy izany aza, dia mbola ho sarotra ihany ny toe-draharaha: be amin'izy ireo no tsy tan-dalàna sy tena «faikany». Rahefa azo amin'ny fialamboly sy ny fitsangantsanganana fotsiny ihany ry zareo vao manaiky hianatra katesizy sy hivavaka. Koa ny paroasy tsirairay avy dia tokony hanana toerana azo ivoriana sady misy kilalao mahafinaritra azy ireo.

- Tsy azo tanterahina izany. Tsy manan-trano izahay sady sempotra amin-javatra hafa koa ny pretra isan'alahady.

Nazava ny fehiny vokatry ny fifanakalozan-kevitra. Nampitaina tamin'i Don Bosco izy io andro vitsivitsy taty aoriana ary voalaza mazava fa «mankahery an'i Don Bosco hanohy ny asa efa natombony ireo pretra mpitondra paroasy noho izy ireo tsy afaka hanangana akany any amin'ny paroasy iandraiketan'izy ireo tsirairay avy».

Dia hita soritra feizay fa niavaka tamin'ny akany fahita matetika ny *Oratorio Md François de Sales*, ka nahavelom-panontaniana ny sasany. Nefa raha dinihina ny vokatry ny fifanakalozan-kevitra am-pahatsorana nifanaovan'i Don Bosco sy ireo pretra rahalahiny, dia mazava fa ilain'ny fiangonana ny asa sahanin'ilay sakaizan'ny tanora, na dia hafakely tsy fahita hatrizay aza. Samihafa tokoa ny fanomezana, fa Andriamanitra tompoina tamin'ny alalan'ny fitiavana sy fanasoavana ny mpiarabelona, dia iray ihany (1 Kôr 12, 4 -11)!

Sarotra moa ny hitanisa amin'ny andinindininy rehetra izay nampiavaka marina ny *Oratorio* niantsorohan'i Don Bosco tamin'ny akany hafa. Fa dia fitanisana lafin-javatra vitsy ihany no iononana etoana:

- Ny *Oratorio* fahita tamin'izany dia miankina amina paroasy. Nihoatra ny faritry ny paroasy kosa ny *Oratorio Md François de Sales*, ka nanjary *«paroasin'ny Tanora tsy manana paroasy»*.

- Nanalefaka ny hetsi-pifaliana sy ny tabataban'ny tanora tany amin'ny paroasy, matetika, ny fisian'ny pretra eo anivon'izy ireo. Ho an'i Don Bosco kosa anefa, dia izy pretra mihitsy no mirotsaka an-tsehatra mamelona ny korana sy ny hetsi-pifaliana isantokony.

- Ny tolakandron'ny alahady mbamin'ny andro fety ihany, matetika, no nisokatra ireo akany fahita mahazatra. Hafa noho izany kosa ny an'i Don Bosco: misokatra tontolo andro ho an'ny tanora ny *Oratorio Md François de Sales* amin'ny alahady sy amin'ny andro fety ary azo lazaina ho misokatra mandritra ny herinandro manontolo mihitsy aza noho ny fisian'ny fampianarankariva sy ny famangian'i Don Bosco ny tanora any amin'ny toeram-piasany.

- Ireo tanora mankany amin'ny akany mahazatra dia mamonjy fivoriana any amin'ny paroasy na iza na iza pretra mampivory ao. Fa ireo mankany amin'ny *Oratorio Md François de Sales* kosa dia hitady olona no tena anton-diany: *hitady an'i Don Bosco* mba handany andro miaraka aminy sy eo ambany fanentanany.

- Any amin'ireo akany miankina amin'ny paroasy, dia ireo tanora heverina ho hendry sy tsara fitondrantena ihany no azo raisina ary ny ray aman-dreny ihany no manolotra azy ireo sy miantoka ny fitondrantena tsara ananan'izy ireo avy. Tsy mba toy izany kosa ny tao amin'ny *Oratorio Md François de Sales*. Ny tanora vao nivoaka ny fonja sy tsy mahalala izay hahitany sakaiza mahatoky, ny an'i Don Bosco, no raisiny voalohany. Avy eo izy vao mandray ireo tanora mpanao trano lavi-kavana. Ny ankizilahy «tsy misy mpiahy sy tandindomin-doza» raha fintinina, no tena noraisina tao amin'ny *Oratorio Md François de Sales*. Nefa tsy maintsy mazava fa nisokatra ho an'ny ankizilahy rehetra ihany koa ity *Oratorio* ity. Saingy notakìn'i Don Bosco tamin'izay rehetra te hanatona hiara-misalahy aminy kosa ny toe-panahy ombam-pahavononana hiara-miasa. Tsy afa-nandray ireo «taritarin-jiolahy» sy

ireo «mafiloha» tsy nety niditra am-piangonana i Don Bosco. Kanefa nataony andrimaso foana kosa izy ireny ary nandramany notarihina tsirairay: ao ny babony, fa nisy dia nisy koa ny tsy azony.

Ireo babony kosa anefa dia tena niraiki-po taminy, hatramin'ireo mbola tany am-ponja aza.

Izany rehetra izany àry no mampiavaka ny *Oratorio Md François de Sales* amin'ny akany maro hafa miankina amina paroasy. Neken'ireo pretra mpitondra paroasy nifanakalo hevitra taminy ny hanohizan'i Don Bosco amin-kerim-po ny asa efa natombony, noho ny soa be aterak'izany eo amin'ny fanompoana ny vahoakan'Andriamanitra, indrindra ireo mahantra sy kamboty tsy manampiahy sady heverin'ny sasany ho tsinontsinona.

Nefa na teo aza izany fankaherezana avy amin'ireo pretra rahalahiny izany, dia nasongadin'ny tantara koa fa tsy ny olondrehetra akory no faly tamin'izay nataon'i Don Bosco. Loharanom-pahasorenana ho an'ireo mpifanolo-bodirindrina tamin'ny trano Moretta, nanofàn-dry Don Bosco efitra telo, ny *Oratorio Masindahy François de Sales.*

Marsa 1846! Tonga nitondra taratasy maro ho an'i Don Bosco, avy amin'ireo mpifanolo-bodirindrina ireo, ilay pretra tsara fanahy atao hoe Don Moretta: leon'ny horakora-dava sy ny tabataba vokatry ny fivezivezen'ireo ankizilahy ireo ao amin'ny *Oratorio* hono, ny mpiara-monina, ka miray manambara fa «handeha daholo raha tsy miato avy hatrany ny fivorian-dry Don Bosco».

Nahalasa eritreritra an'i Don Bosco izao zava-nitranga izao! Aiza ihany no hiafarana e? Dia ho marina ve fa tsy misy olona na iray aza afaka hizaka ny tanora? Dia tsy mba nandalo tamin'ny hatanorana ve ireto olon-dehibe manoratra ireto?

Eritreritra tsy tana ihany izany! Fa rahefa nolanjalanjain'i Don Bosco ny toe-javatra, dia naleony nilaza am-panetrentena tamin'i Mômpera Moretta hoe:

- Aza manahy ianao, fa handeha izahay.

Tsy dia fantatr'i Don Bosco loatra izay tena haleha, fa ampy ho nahavelom-panantenana azy ny fifanojoan'ny fitrangan-javatra tamin'ny fahatongavan'ny lohataona hazavain'ny masoandro mibaliaka...

Dia nitady toeran-kafa indray izy taorian'izay ary nahita saha anankiray hofana tsy dia lavitra loatra ny trano Moretta izay nametraka olana...

Teo anivon'ny saha

Dia teo anivon'io saha io indray ny *Oratorio Md François de Sales* no niorim-ponenana vonjimaika!

An'izany fianakaviana Filippi izany io saha io, izay voavoly fefy hazomaniry manodidina. Nisy karazana tranobongo anankiray teo afovoany. Dia tao no nametrahan-dry Don Bosco ireo fitaovam-pilalaovana. Ary isan'alahady, dia revo mifanenjika sy miala vonkona amin'ny toerana manodidina ny tranobongo ireo ankizilahy anjatony maro (telonjato mahery). Mandritra izany kosa dia mipetraka amin'ny sezalava iray eny an-jorozorony eny i Don Bosco ary mandray ireo te hikônfesy.

Ary rahefa injay fa mipaika ny amin'ny folo ora maraina, dia velona ny feon-dangoraony. Mamonjy milahatra ireo tanora tafavory. Maneno ny feo mozika avy eo. Roso amin'izay ny dia: handeha handray anjara amin'ny Sorona Masina hatolotr'i Don Bosco eny amin'ny fiangonana *«La Consolata»* na eny amin'ny *«Mont-des-Capucins»*. Dia misy sakafo maivana ifampizarana aorian'ny Sorona Masina.

Mitohy ny asa fanavotana, saingy misy mpanao andrimaso

Nitohy hatrany, teto anivon'ny saha, ny asa fanavotan'i Don Bosco ny tanora maro mbola tonga nanatona azy hanatevindaharana ireo efa eo ambany fiadidiany. Tsy dia nitovy mandrakariva ny fomba fidiran'ireny tanora mila famonjena ireny ao amin'ny *Oratorio Md François de Sales*. Nisy ny tafahaona amin'i Don Bosco noho ny fitarihan'ny ankizilahy sasany na noho ny akondresaka mba henony momba ny hatsaram-panahin'ilay «pretra sa-

kaizan'ny tanora». Fa nisy dia nisy koa ny tojo ny asa fanavotana sahanin'i Don Bosco noho ny «fifandrifian-javatra» tsy hain'ny saina hazavaina loatra.

Maro tsy tambo isaina tokoa ny tantaram-pihaonan'ireo tanora tamin'i Don Bosco, nandritra ny fonenan'ny *Oratorio Md François de Sales* teo anivon'ny sahan'ny fianakavian'i Filippi. Tsy ho voatanisa etoana avokoa anefa izany rehetra izany, fa ohatra iray miavaka amin'ny maro hafa ihany no asongadina fohifohy eto.

Indray tolakandrom-pikoranana tokoa, nandritra ny fotoana nahasondrian-dalao ireo ankizilahiny indrindra, no nahatsinjovan'i Don Bosco tanora anankiray, eo ho eo amin'ny dimy ambin'ny folo taona, manarangarana avy ao ambadiky ny fefy hazomaniry.

Nantsoin'i Don Bosco hiditra izy. Dia nanontaniany azy koa ny fiaviany sy ny anarany. Fa tsy namaly ilay ankizilahy.

Dia hoy Don Bosco hoe:

- Fa maninona ise e? Marary ve?

Mbola nisalasala ihany izy. Dia nisokatra ihany ny vavany avy eo, hilaza fotsiny hoe:

- Noana aho.

Efa tsy nisy ninoninona intsony moa tao amin'ny sobika fametrahan-dry zareo sakafo maivana, ka dia naniraka ankizy hizaha mofo teny amin'ny manodidina teny i Don Bosco. Ary dia navelany hihinana am-piadanana ilay tovolahy...

Nony kelikely anefa dia ilay tovolahy kely ihany no rafitra nila resaka, toy ny hoe hanala izay nitambesatra tao am-pony tao:

- Mpamboatra fitaovana ilaina amin'ny fibaikoana sy fitaingenan-tsoavaly aho - hoy izy - noroahin'ny mpampiasa ahy anefa aho fa tsy mahay miasa tsara. Any ambanivohitra ny fianakaviako. Natory teny amin'ny tohatohabaton'ny Katedraly aho nandritra ny alina, ary nikasa hangalatra aho androany maraina fa noana. Nanandrana nangata-piantrana aho, nefa niteny an'eritreritra hoe: "olona salama sy matanjaka ialahy, ka mandehana miasa". Ary nandre feon'ankizilahy tato aho, dia nanatona.

- Hokarakaraiko ny momba an'ise anio hariva sy anio alina - hoy i Don Bosco -. Rahampitso dia handeha ho any amin'ny mpampiasa tsara fanahy anankiray isika; dia ho hitan'ise fa horaisiny ise. Ary mba miverena aty ise amin'ny andro fety tsy fiasana, dia hahafaly ahy izany.

- Hiverina tokoa aho - hoy ilay tovolahy kely...

Izany àry no santionan'ny *asa fanavotana mitohy* nosahanin'i Don Bosco fony teo anivon'ny sahan-dry Filippi ny *Oratorio Masindahy François de Sales*.

Fa nandritra ny fotoana notetezin'ny akany teo anivon'io saha io koa, dia nisy ny tsaho hafahafa niely, ka anisan'ireny ny fiampangana an'i Don Bosco ho mpanohitra ny fitondram-panjakana.

Tonontaonan'ny revôlisiônina tokoa tamin'izany tao amin'ny fanjakana maro tany Eorôpa, ka nandry tsirangaranga ihany ny fitondram-panjakana maro. Koa tsy nahagaga raha toa ka nihoronkoditra ihany Ingahy *Michel de Cavour,* lehiben'ny fitandroampilaminana (pôlisy) tao Turin, rahefa nahita ireo ankizilahy sy tanora mirijarijan'i Don Bosco anjatony maro milahatra mitandavana mamakivaky ny tanàna, miaraka am'ny feon-dangoroana omban'amponga sy mozika.

Nampiantso an'i Don Bosco àry ny andriandahy Michel de Cavour. Nanomboka tamin'ny fomba diplômatika feno fanajana ny fifampidinihana. Tsy hitahita akory anefa dia samy nihenjana ny andaniny sy ny ankilany. Tsapan'i Don Bosco fa omena didy tampotampoka fotsiny izao izy mba:

- hametra ny isan'ny tanora karakarainy;

- sy tsy hampiditra azy milahatra mitandavana mamakivaky ny tanàna;

- ary handroaka ireo zokinjokiny tsy ho ao amin'ny *Oratorio* intsony, fa izy ireny no tena atahorana.

Nolavin'i Don Bosco anefa izany. Ka niteny mafy amin'izay Ingahy Cavour:

- Fa inona no manery anao hikarakara ireo faikan'olona ireo? Avelao ireo ho any an-tranony any. Aza miantsoroka izany andraikitra izany ianao fa hanaratsy toe-javatra izany.

- Mampianatra katesizy amina tanora mahantra aho - hoy i Don Bosco tsy nihontsona - ka tsy hahavoa ratsy olona na iza na iza izany. Sady izay rehetra ataoko koa anie, dia nahazoako lalana tamin'ny Arseveka e!

- Hay fantatry ny Arseveka ireny tantara ireny? Mazava! Raha izany no izy, dia handeha hiresaka amin'i Fransoni aho. Dia izy no hampitsahatra itony hadalana itony.

Tsy nampiato ninoninona akory anefa i Mônsenera Fransoni. Vao mainka aza izy niaro an'i Don Bosco.

Dia tamin'izay no nanomboka nifamoivoy nanao andrimaso teny amin'ny manodidina ny saha filalaovan'ny tanoran'i Don Bosco teny, ireo mpiambiana mpitandro filaminana nalefan'Ingahy Michel de Cavour. Tsy nahasakana an'ilay pretra sakaizan'ny tanora tsy hiasa ny fisian'ireny mpanao andrimaso ireny, nefa tsy maintsy mitandrintandrina ihany koa izy mba tsy hiharany kendritohina handrodanana ny *Oratorio Md François de Sales*.

Adala, hono, i Don Bosco?

Fa ankoatran'ny fiahiahiana an'i Don Bosco ho mpanohitra fitondram-panjakana, dia nalaza ho lasa adala ihany koa izy tamin'ny vanim-potoana nikarakarany ny tanorany teo anivon'ny sahan-dry Filippi.

Toa izy ihany no nanome vahana tsy nahy ny tsaho hiely fa *lasa adala izy*. Matetika manko izy mitantara amin'ireo tanorany ny nofiny mikasika ny hoavin'ny akany Md François de Sales sy ny fivelarany mba hankaherezany azy ireo tsy hanary toky manoloana ny fifindran-toerana maro tsy fanta-piafarana nodiavin'ny *Oratorio* hatramin'izao. Resahiny amin'izy ireo avokoa izay rehetra hitany ao anatin'ny nofiny: na ny fitsanganan'izany *Oratorio* midadasika be izany, na ny fitomboan'ny isan'ny fiangonana aman-

tsekoly mbamin'ny toeram-piasana miankina amin'izany *Oratorio* izany. Tantarainy hatramin'ny fanofisany tanora anarivony maro sy ireo pretra mikarakara azy ireny.

Dia mitantara izay rehetra henony tamin'i Don Bosco, any amin'izay rehetra alehany, ireo tanora anjatony maro: na any antrano izany na any amin'ny toeram-piasana.

Dia avy amin'ireny resaka notantarain'ny tanoran'i Don Bosco ireny no nipoitra ny fielezan'ny tsaho tao Turin hoe: «Nifikitra be loatra tamin'ireo tanorany ireo i Don Bosco, ka lasa adala tery». Hatramin'ny pretra maro aza dia nandairan'izany tsaho izany koa.

Tsaroan'i Michel Rua tsara, ohatra, ny nolazainy indray mandeha, raha avy nanampy azy tamin'ny Sorona Masina izy, ka niomana handeha:

«(...) ary efa niomana handeha aho, raha nanontany ahy ilay pretra:

- Ho aiza ise?

- Ho any amin'i Don Bosco, fa alahady ny andro.

- Tsy fantatr'ise angaha? Marary izy ary mararin'aretina sarotra sitranina.

Nitsatoka avy hatrany tao am-poko ilay vaovao, ka nandrenesako alahelo tsy lazaina (...) Nihazakazaka nankany amin'ny *Oratorio* aho ary gaga fotsiny nahita an'i Don Bosco nitsikitsiky toy ny mahazatra».

Don Borel izay mpiara-miasa aminy sady sakaizany rahateo koa, dia niezaka nisakana an'i Don Bosco tsy hitantara intsony ireny nofiny ireny, na nampahatsiarotena azy tamin'ny alalan'ny fanontaniana:

- Miresaka fiangonana sy trano ary tokontany malalaka ho an'ny kilalao ianao. Nefa, aiza ary ireo zavatra rehetra ireo?

- Tsy fantatro - hoy i Don Bosco mibitsibitsika - nefa misy ireo satria hitako.

Tsy nahomby tamin'ireny ezaka fisakanana an'i Don Bosco ireny anefa i Don Borel, ka indray andro dia velon-tomany mihitsy sady nilaza hoe: *«Very tanteraka i Don Bosco»!*

Ny Arseveka ihany koa aza toa nanendry olona mpanaramaso handinika ny fari-pahadalan'i Don Bosco.

Ary teo andanin'izany, dia nifanaraka mangina ihany koa i Mômpera Vincent Ponzati sy i Mômpera Louis Nasi, samy sakaizan'i Don Bosco, fa hanala azy amin'izao fahavoazany izao, ka hitondra azy hojeren'ny Mpitsabo sy hotsaboina eny amin'ny hôpitalin'ny aretin-tsaina.

Dia tonga nijery an'i Don Bosco tokoa izy roalahy indray tolakandro. Fiarantsoavaly azo hidiana tsara no nentin-dry zareo tamin'izay. Mbola nampianatra katesizy tsara i Don Bosco no indreny izy roalahy nidina avy ao amin'ny fiara, handeha hanasa azy hiara-kitsangatsangana aminy.

- Tena vizaka ianao, ka angamba hahasoa anao ny maka rivotra kely.

- Ekena - hoy i Don Bosco! - Haka ny satroko aho, dia hanaraka anareo amin'izay.

Namoha ny varavaran'ny fiara ny iray tamin'ireo sakaizany. Dia niangavy azy hiakatra izy ireo. Tsinjotsinjon'i Don Bosco anefa ny fandrika, ka hoy izy hoe:

- Misaotra! Avy aoriananareo aho!

Rahefa avy nanantitrantitra sady mba tsy hampandamoka ny tetika dia niakatra izy roalahy.. Raha vao tafakatra anefa izy ireo, dia nakaton'i Don Bosco faingana ny varavarana ary hoy izy nandidy ilay lehilahy mpitondra ny fiarantsoavaly:

- Eny amin'ny tranon'ny marary saina! Haingana! Fa andrasana eny izy roalahy ireo!

Tsy dia lavitra ny trano fitsaboana ny marary saina. Pretra iray no nandrasan'ireo mpitsabo tao, izay efa nampandrenesina. Gaga anefa izy ireo fa pretra roa no nivoaka avy tao amin'ny fiara. Voatery nanelanelana haingana ilay Mômpera mpikarakara ny marary tao amin'ny hôpitaly vao navela handeha izy roalahy.

Tena sangy mihoatra ny loha ny nataon'i Don Bosco, rahefa dinihina, ka tena menatra tokoa izy roalahy. Nivitrana ihany anefa

ny fihavanana taty aoriana, ary hanjary mpanentana ara-mozika tao amin'ny *Oratorio Md François de Sales* mihitsy aza i Don Nasi.

Raha atao indray mijery ny tantara, dia tsy adala akory i Don Bosco! Fa ny tsindrimandry nanambara taminy ny hoavy, tao anatin'ny nofy. Izay notantarainy tamin'ireo tanorany mbamin-dry Mômpera Borel no lalina loatra ka tsy hain'ny heritsain'olombelona fotsiny izao nohazavaina sy nanomezana porofo.

Niafina tamin'ny hendry sy ny be saina tokoa ny tsiambaratelon'ny fikasan'Andriamanitra, fa nahariharinv tamin'i Don Bosco kosa, ka nahavelom-panantenana azy am-pahatsorana (Mat 11, 25; Lio 10, 21). Izany no niheveran'ny olona azy ho adala. Nefa dia mahatsikaiky ihany fa izy izay noheverin'ny olona ho adala indray no nampahamenatra ny hendry toa an-dry Mômpera Vicent Ponzati sy Louis Nasi (1 Kôr 1, 27)...

Fa teo anivon'ny tsaho efa diso niely loatra, dia be tokoa ny nino fa tena adala i Don Bosco, ka nandao azy. Nangidy tamin'ilay pretra sakazain'ny tanora izany vanim-potoana izany. «Nandao ahy ny olona rehetra - hoy ny rakipahatsiarovan'i Don Bosco -. Navelan'ireo mpiara-miasa tamiko ho irery teo anivon'ny ankizilahy efajato aho». Hatramin'i Don Borel aza tsy nitsitsy teny taminy intsony, fa nitady porofo azo tsapain-tanana.

Indray maraina izay tokoa, dia mbola nanipy teny fohy tamin'i Don Borel ihany izy, noho ny zavatra tsy nitsaha-niseho taminy tao anatin'ny nofy:

- Ao amin'izay ny trano - hoy izy.

Dia nasain'ilay teôlôjianina i Don Bosco hitondra azy amin' izany toerana misy ny trano lazainy izany. Tsy ilay trano hitany tamin'ny nofy anefa no tao, fa trano fonenam-behivavy maromaro sadasada fiaina... Nahatsiarotena ho vasoka tanteraka i Don Bosco, ka nisento niteny hoe:

- Raha izany no izy, dia hevi-dravina avy amin'ny demony ihany ireny rehetra ireny.

Aiza ihany no hiafarana?...

Menatra ny tenany i Don Bosco! Tsy fantany intsony izay marina. Ny mahagaga azy anefa dia mbola niverina indroa indray ilay nofy nahitany trano. Sadaikatra izy! Ny olona rehetra mandositra azy daholo, nefa toa tsy marim-pototra ny zavatra hitany tao anatin'ny nofy, efa intelo izao. Aiza ihany no hiafarany? Teo anivon'ny adim-panahy lalina i Don Bosco, ka velona antsompitarainana toa an'i *Kristy* tany an-tendrombohitr'Oliva (Mat 26, 36-41; Mk 14, 32-38, Lio 22, 40-46).

Nitomany izy teo am-pivavahana hoe: «Ry Andriamanitra ô, hazavao aho! Afaho amin'izao safotofoto izao aho!» Mbola niverina faninefany indray anefa ilay nofy; ary nisy feo nilaza taminy hoe: «Aza matahotra. Fa azon'Andriamanitra atao ny zavatra rehetra»...

Ny hoavy no hanambara ny fahamarinan'izany!...

Hody hafaliana ny alahelon'i Don Bosco

Nandritra ny fotoana niriariavan'ny tanoran'i Don Bosco teo anivon'ilay sahan-dry Filippi mianakavy, dia nifamahofaho be ihany ny fanosoram-potaka an'ilay pretra, sakaizan'ny tanora, ho mpanohitra fitondram-panjakana sy ny filazana azy ho lasa adala. Nandositra azy, noho izany, ny olona na dia ireo mpiara-miasa taminy aza.

Tena mafy ho an'i Don Bosco ny toe-javatra, ka nandre fangirifiriana sy alahelo izy. Ary vao mainka nampitondra fahoriana azy ny fahatogavan'ireo tompon'ny saha (ny fianakaviana Filippi) handroaka azy sy ireo tanorany, efa mananika ny efajato, hitady toeran-kafa. Nolazain'ireo tompon'ny saha taminy fa voahosihosin'ireo tanora loatra ny tamin'izy ireo, ka ho zary tany efitra rahefa ela ny ela. Dimy ambin'ny folo andro no nomena andry Don Bosco hialany tao.

Kepoka tanteraka indray i Don Bosco, toy ny nilatsahambaratra. Aiza ihany no hiafarana e?... Aiza indray no hahitana saha

hofana? Nanandrana nitady izy, nefa tsy nahita noho izy nalaza ho adala! Iza tokoa moa no tompon-tany hendry hanome ny fananany hofàn'izay olona «adala»?...

Alahady 5 avrily 1846: Alahadin'ny Sampankazo! Andro farany ahazoan'ny tanoran'i Don Bosco miriaria eo anivon'ny sahan-dry Filippi. Nafaitra dia nafaitra mihitsy iny andro iray iny ho an'i Don Bosco. Nentiny tany amin'ny fiangonana *«La Madone-de- Campagne»* ireo tanorany, fa any no anolorany ny Sorona Masina miaraka amin'izy ireo. Hafahafa tsy nandrenesan-tenimpifaliana firy izy nandritra ny Sorona Masina. Toy ireo voronkely hosomparana akany no fijeriny an'ireto tanora tsy mahafoy azy. Nasainy hitalaho manokana amin'i Masina Maria izy mba hisy mazava hanilo ny hoavin'ny *Oratorio Md François de Sales.*

Niala nenina farany niangavy ny hamorampon'ny fianakaviana Filippi izy, tamin'ny mitataovovonana, taorian'ny Sorona Masina. Saingy nandamoka ny fiala-nenina. Aiza ihany no hiafarana?... Hoy ny rakipahatsiarovan'i Don Bosco mitantara ny alahelony sy ny adin-tsainy: «Nibanjina ny hamaroan'ireo tanora milalao aho, teo amin'ny takarivan'izay andro izay. Irery aho, vizaka sady ratsy ihany koa ny fahasalamako. Nisintaka kely nanalavitra azy ireo aho ary rafitra nanao asadia tena irery aho; tsy tanako intsony ny ranomasoko ary hoy ny antsoantsoko: "Ry Andriamanitra ô, mba lazao ahy izay tokony hataoko"»!

Tamin'izay indrindra no iny nisy lehilahy kelikely izay tonga nanatona azy: Ingahy Pancrace Soave.

- Toa mitady trano hatao «laboratoire» hono ianao, Mômpera?

- Tsy «laboratoire» fa «oratoire» (*akany* ikarakarana tanora) - hoy i Don Bosco namaly azy.

- Tsy hitako izay tsy mampitovy an'izany nefa, na ahoana na ahoana, dia misy ny trano. Avia ianao hijery azy. Ingahy François Pinardi, olona mahatoky, no tompony.

Dia roso nankany, niaraka tamin'i Pancrace Soave, i Don Bosco. Ao amin'ny faritr'i Valdocco ihany no misy ilay toerana ary

tsy lavitra an'ilay trano, fonenam-behivavy sadasada fiaina, hitany tamin'ny nofy. Raha vao tonga tao i Don Bosco, dia trano tsotsotra izay, misy rihana iray, no tsinjony. Efa somary boboka ihany ny lavarangana misy ny tohatra; misy zaridaina sy saha ary tanimboly manodidina azy. «Saika hiakatra ny tohatra aho - hoy ny rakitsoratr'i Don Bosco - nefa hoy i Pinardi sy i Soave tamiko hoe:

- Tsia, atsy ambadika ilay trano nolazaina taminao. Trano fitahirizam-bilona maina ilay izy.

Somary ivaiva ihany ilay trano: 15 m no lavany ary 6 m ny sakany. Efa toeram-piasana mpanao satroka izy io teo aloha sady toeram-panasan-damba ho am-behivavy mpanasa lamba ihany koa (fa misy renirano kely mikoriana izay tokoa eo akaikiny). Ary misy efitra kely anankiroa miankina aminy mivantana.

Toa tsy narisika loatra indray i Don Bosco rahefa nahita ny haivany.

- Halamiko araka izay tianao ity - hoy i Pinardi -. Holavahiko, hasiako tohatohatra, hovako ny gorodona. Fa tiako ny hanaovanao izany *«laboratoire»*izany ato.

- Tsy *«laboratoire»*, fa *«oratoire»* - hoy i Don Bosco namerina indray -; trano fivavahana kely hamoriako ireo tanorako.

- Trano fivavahana? Vao mainka tsara. Mpitarika hira ampiangonana aho, ka ho avy hanampy anao. Hitondra seza roa aho ny iray ho ahy ary ny iray ho an'ny vadiko.

Nisalasala ihany i Don Bosco, ka hoy izy:

- Raha manome toky ahy ianao fa handavaka ny ati-trano hatrany amin'ny 50 santimetatra, dia manaiky aho.

Dia nolazainy koa fa vonona ny handoa ny hofan'ny toerana mandritra ny herintaona avy hatrany izy...

Nanaiky Ingahy Pinardi fa hamboatra ilay trano araka ny fanirian'i Don Bosco. Enina andro no nangatahiny hanavaozana ny trano sy hanamboarana ny simba rehetra: ampy tsara izany, araka ny vinavinany, satria miasa eo amin'ny 12 ora ka hatramin'ny 14 ora isan'andro ny mpiasa. Ary neken'ilay tompon-trano koa ny

hampiasan'i Don Bosco ny tokontany manodidina ilay trano, mba hilalaovan'ireo tanorany.

Nilamina ny resaka! Toa nody hafaliana ny alahelon'i Don Bosco. Satria voavaha tamin'ny fomba tsy nampoiziny ny olana napetraky ny fandroahan-dry Filippi azy sy ny tanorany hiala tamin'ny sahan-dry zareo. Nihazakazaka izy niverina teo ani-von'ireo tanorany mbola variana nilalao ary hoy izy niantsoantso mafy:

- Mahereza, rankizy! Nahita toerana hatao *Oratorio* isika! Hanana fiangonana amin'izay isika, hanana sekoly ary hanana tokontany hitsambinkinana sy hilalaovana. Handeha any isika amin'ny alahady izao: atsy amin'ny tranon'i Pinardi atsy...

Alahady 12 avrily 1846! Alahadin'ny Paka! Alahadin'ny Fandresena. Tany amin'ny tranon'Ingahy François Pinardi indray no nifamotoana tamin'ny marainan'iny *«androm-pandresena»* iny. Napetrak'i Don Bosco teo amin'ilay ôtely kely natsangana, ireo fitoeran-jiro sy ny jiro, niaraka tamina sarin'i Md François de Sales anankiray tsotsotra... Dia indreny nanao ranolava mankany amin'ilay *Oratorio* vaovao ireo tanora: tonga tsikelikely manao an-diany . Feno azy ireo na ilay trano fivavahana kely na ny sombin-tokontany sy ny saha manodidina. Fahanginana feno fanajana no nandraisan'izy ireo anjara tamin'ny fitsofan-drano ilay trano fiva-vahana sy tamin'ny Sorona Masina natolotr'i Don Bosco avy hatrany taorian'izay... Narahin'ny fizarana sakafo maivana toy ny mahazatra ny Sorona Masina... Dia niparitaka eran'ny saha izay rehetra nahazo ny anjarany... Ary hafaliana tanteraka no nanenika an'iny andro iny: hafaliam-pandresena ny alahelo sy tebiteby nateraky ny tsaho niely sy ny famingampinganana isankarazany nataon'ny sasany...

Alahady 12 avrily 1846! Alahadin'ny Paka! Alahadim-pifin-drana amam-pandresen'ny *Oratorio Md François de Sales*, izay hiorim-ponenana feizay ao amin'ny tranon'Ingahy Pinardi ao Valdocco ihany! Alahady 12 avrily 1846! Alahadim-pahasoavana tsy mety ritra : satria avy ao amin'ity *Oratorio* vao miorim-

ponenana ity no hipoiran'ny rantsam-pahasoavana marobe hafa momba ny fikarakarana tanora eram-bazantany...

Raha atao indray mitopy maso àry , dia tao an-dohasahan'i Valdocco, tao amin'ny tranon'Ingahy Pinardi, no niafara ilay *Oratorio Md François de Sales* niantsorohan'i Don Bosco ary nofingampinganin'ny olona... Mijoro mijoalajoala ao amin'io toerana io ankehitriny ny Fiangonan-dehibe na Bazilikan'i Maria Vonjin'ny Kristianina. Ary mbola hita mitampify kely ao koa, eo amin'ny zoron-toerana anankiray, ilay «trano fivavahana kely» izay niaingan'ny sangan'asan'i Don Bosco rehetra . Navaozin'ny Salezianina izy io tamin'ny taona 1929 ary voaravaka aokizany, sady tsy sarotra tadiavina, na dia kely aza. Satria manondro azy ao ny sora-baventy hoe «Chapelle Pinardi»...

14

Oratorio miorim-ponenana

Hafaliam-pandresena ho an-dry Don Bosco sy ireo tanorany rehetra ny nanomezan'Ingahy Pinardi toerana hilasian'ny *Oratorio Md François de Sales*, tao an-dohasahan'i Valdocco! Ary rahefa topaza-maso ny tantara, dia azo lazaina fa afa-niorim-ponenana feizay ilay *«Oratorio nitady toerana»* nony mby tao amin'ity toerana ity. Tsy àry fomba avy hatrany kosa anefa ilay *Oratorio niorim-ponenana,* fa ny ezaka nataon'i Don Bosco teo anivon'ny zava-mitranga sy teo ambany fanilovan'Andriamanitra-Mpitsimbina no nahamarim-pototra azy io tsikelikely.

Ary ninoninona nitranga teo anivon'ny ezaka nataon'i Don Bosco hanamafisana orina ny asa fikarakarany tanora, dia tsy hadinony na oviana na oviana ny maha-pretra azy. Koa dia izay maha-pretra azy izay no nentiny nanabe ny tanora rehetra nifaneraserany.

Pretra mpanabe tanora

Nitana toerana lehibe teo amin'ny fanabeazana ny tanora nifaneraserany, arak'izany, ny fanentanana azy ireo ho amin'ny fandalinana ny finoana kristianina bebe kokoa hatrany, araka ny sori-dalana nizoran'ny fiangonana tamin'ny taonjato faha-19. Hita taratra izany tamin'ny fandaharam-potoana natolony harahin'ireo tanora mankao amin'ny *Oratorio* isan'alahady. Fa vao mangirandratsy dia efa mivoha ny trano fivavahana. Dia manomboka ny fandraisana an'ireo maniry handray ny Sakramenta ny Kônfesy.

Ny Sorona Masina no manaraka avy hatrany ny fotoanan'ny Kônfesy; amin'ny valo ora maraina no voatondro hanombohan'ny Sorona Masina, nefa matetika dia mihemotra amin'ny sivy ora izany noho ny hamaroan'ireo tanora te hikônfesy izay tsy maintsy omena fahafahampo... Fanazavana ny Vaovao Mahafaly na fampitana ny Tantara Masina ao amin'ny Baiboly no mandimby ny Sorona Masina sy ny Kômonio. Vita izay rehetra izay vao mba misy fianarana kely tsotsotra mandra-pahatongan'ny mitataovovonana... Ary rahefa mba avy misakafo sy maka aina kely i Don Bosco, dia manomboka indray ny fiaraha-mientana amin'ny iray ora tolakandro: fakan-drivotra ahitana kilalao maro endrika mandritra ny adiny iray sy sasany. Vita izay, dia manomboka indray ny katesizy ao am-piangonana, arahin'ny fanaovana sapile miaraka na fanaovana vavaka hariva miaraka. Ary aorian'izany rehetra izany, dia misy fanentanana kely fohifohy ataon'i Don Bosco; izay vao atao ny fihirana ny litania sy ny tsodranon'ny Sakramenta Masina... Fotoana malalaka no manaraka an'izany. Samy manao izay mahadiavolana ny sainy ny tanora: ao ny manohy mianatra katesizy, ao ny manaza-tena mihira na mamakiteny; fa ny ankamaroany kosa dia lasa milalao eny an-tokontany revo mihazakazaka sy mitsambinkimbinkina mandra-paharivan'ny andro...

Miharihary amin'izany rehetra izany àry fa mitana toerana be tokoa ny fanabeazana ara-panahy amin'ny fifaneraseran'i Don Bosco amin'ny tanora isan'alahady, na amin'ny andro fety hafa. Pretra manko izy ka heveriny fa tsy azo atao ambanin-javatra ny adidy fitoriana ny finoana an'i Kristy amin'ny mpiara-belona aminy, indrindra ny tanora nifanerasera taminy. Na dia ny fakan-drivotra maharevo ireo tanora tonga manatona azy ao amin'ny *Oratorio* aza dia hararaotiny anatonana ny tsirairay sy ibitsihana amin'ny isambatan'olona ny ezaka tokony hataony: ao ny toroany hevitra hiezaka hahay manaiky tsaratsara kokoa, ao ny omeny fankaherezana mba hazoto amin'ny fianarana katesizy, ao ny antsoiny hikônfesy amin'ny fomba hentitra nefa tsy mivatravatra.

Pretra tokoa i Don Bosco, ka dia raisiny ho adidy ny fampibebahana ny tanora amin'ny fomba maro samihafa sy ny fanampiana

azy ireny tsy ho very fanantenana, na dia mafy aza ny adimpiainana sady mampitebiteby indraindray!... Koa ankoatry ny fihaonany isan'alahady sy amin'ny andro fety tsy fiasana amin'ireo tanora beaziny, dia mbola misahirana koa i Don Bosco manatona azy ireny, arak'izay tratrany, hatreny an-tsaham-piasana. Tsy vitan'ny mamangy ireo tanora am-perin'asa fotsiny ihany izy amin'izany ,fa mifampidinika am-pitiavana ihany koa amin'ireo mpampiasan'ny tanora karakarainy. Ezahiny ny mamantatra ny karaman'izy ireo sy ny ora iasany avy. Iangaviany koa ireo mpampiasa mba tsy hampiasa ny ankizy amin'ny andro fety anaovan'ny fiangonana fankalazana manetriketrika sy voadidy hohamasinina. Ary tsy nataony ambanin-javatra koa ny fiangaviana an'ireo mpampiasa mba hanao fifanarahana ara-dalàna amin'izay mpiana-draharaha raisin'izy ireo; dia ataon'i Don Bosco andrimaso tsara ny momba an'izany...

Hafaliana tsy hay lazaina no manenika ny fon'ireo tanora rehetra voatsidik'i Don Bosco eny am-piasana eny! Satria mahatsiaro ho tena manana havana sy sakaiza mahatoky ary ray amandreny tokoa izy ireo manana an'ity pretra be finiavana ity, eo anatrehan'ny halaviran'ny *Oratorio* fonenan'i dada sy i neny any ambanivohitra any na eo anatrehan'ny tsy fananan-dray sy reny intsony...

Eny! Pretra mpanabe tanora tokoa i Don Bosco ary pretra mpitondra hafaliana manokana ho an'ny tanora malahelo sy mahantra tsy mana-mpiahy!... Tsy nitsitsy aina sy fotoana izy tamin'ny fikarakarana sy famangivangiana ireo tanora vao erotrerony efa voatery miasa hivelomana na hamelomana fianakaviana iray manontolo, na dia efa be koa aza ny adidy hafa nankinina taminy amin'ny maha-pretra azy: fikarakarana ny marary tao amin'ilay hôpitaly kely najoron'ny andriambavin'i Barolo sy famangivangiana ny mpifatotra any am-ponja ary fikarakarana ny tanora mpianatra amin'ny sekoly samihafa tao an-tanànan'i Turin...

Fahasalamana mampitebiteby

Navesatra ihany ny andraikitra niantsorohan'i Don Bosco tamin'izany vanimpotoana nifindran'ny *Oratorio Md François de Sales* tao an-dohasahan'i Valdocco izany; ary manginy fotsiny ny adin-tsaina nitambesatra taminy noho ny fanilikilihana amampanenjehan'ny olona azy ho adala na ho mpanohitra fanjakana talohan'izao fifindran-toerana izao... Eny e! Raha tsorina dia mihoatra ny herin'olombelona manam-petra ihany ny zava-nianjady taminy sy ny andraikitra niantsorohany, ka nisy akony be teo amin'ny fahasalamany izany.

Pretra mbola tanora amin'ny fiainana

Nanomboka nandoa rà i Don Bosco! Koa dia nampiantso azy ny andriambavin'i Barolo, izay anisan'ny mpankasitraka azy. Fiandohan'ny volana mey 1846 tamin'izay! Nanatri-maso ny fihaonana koa i Don Borel, mpiara-miasa akaiky amin'i Don Bosco sady sakaizany rahateo. Vola ampy hiveloman'i Don Bosco mandritra ny valo taona no napetraky ny Andriambavy teo anoloany ary hoy izy nandidy an'i Don Bosco tamin'ny teny hentitra:

- Raiso ity vola ity ary mandehana miala sasatra tanteraka any amin'izay tianao.

Fa hoy ny navalin'i Don Bosco hoe:

- Misaotra anao aho. Tena tsara fo sy antra tokoa ianao. Nefa tsy nirotsaka ho pretra aho mba hikolokolo ny fahasalamako.

- Fa tsy hamono tena koa no nidiranao ho pretra - hoy ny Andriambavy namaly -. Reko fa hoe mandoa rà ianao. Efa mirarakompana tsikelikely ny havokavokao. Ka hafiriana no heverinao fa mbola hahafahanao miasa amin'izany? Ajanony ny fandehanana eny am-ponjan'i Cottolengo. Ary ankoatry ny zavatra hafa rehetra, dia mba ilaozy kely tanteraka mihitsy aloha ireto tanoranao ireto. Eo i Mômpera Borel hisolo anao hikarakara azy ireo mandritra ny fotoana ialanao sasatra.

Asa na dia efa leom-boananana loatra tamin'ny famingampinganana azy matetika tsy hikarakara ireo tanorany ireo i Don Bosco, fa dia teny hentitra be no navaliny ny Andriambavy. Fa hoy izy hoe:

- Tsy hoekeko na oviana na oviana izany!

Nihenjana ihany koa ny Andriambavy tamin'ny valiteniny:

- Rahefa tsy hanaiky ny teny mamy ianao, dia hilazako teny masiaka. Mila ny fanampiana izay omeko anao ianao mba handrosoanao bebe kokoa. Koa henoy tsara izao lazaiko anao izao: na avelanao aloha io *Oratorio anao* io ary mandeha miala sasatra ianao, na izaho no mandroaka anao tsy hiasa eto amiko intsony.

Dia hoy i Bon Bosco namaly azy:

- Ekena e! Ianao anie afaka mahita pretra maro hasolo ahy eto aminao e. Fa ny tanorako kosa tsy manana olona hikarakara azy. Tsy afaka mandao azy ireo aho.

Pretra masina tokoa i Don Bosco: tsy azo lavina izany. Nefa azo lazaina ho nentanin'ny hafanampo maha-tanora azy ihany izy (iraika amby telopolo taona) tamin'ny fomba namaliany ny torohevidray aman-dreny efa ela niainana toa ny Andriambavy (iraika amby enimpolo taona). Satria ny Tantara izay mitsara dia mampiseho fa ny andriambavin'i Barolo, izay tena tia azy, no nanana ny rariny, na dia nikiribiby tamin'ny heviny aza i Don Bosco.

Nahatsapa ny hatanoràn'i Don Bosco anefa ny Andriambavy, ka tsy nanao am-po ny teny diso tsy mba kabary naloaky ny vavany. Ary tsy niova tao am-pony ny fitiavana sy fanajana an'i Don Bosco. Vehivavy masina ihany koa ny Andriambavy, ka niezaka tsy hivadika tamin'ny fiainam-pitiavana nirotsahany. Nazava izany fomba fijeriny izany tao amin'ny taratasy nosoratany sy nankininy tamin'i Mômpera Borel, mba hampitaina amin'i Don Bosco. Fa hoy tokoa izy namintina ny toe-javatra nampifanandrina azy tamin'i Don Bosco:

«1. Ekeko sy deraiko ny asa fanabeazana omena ireo ankizilahy (na dia tsy azoazoko loatra aza ny fanaovana izany eto amin'ny manodidina ny sangan'asako ho an'ireo tovovavy tandindomindoza);

2. Ary satria inoako amin-kitsimpo fa mila fialan-tsasatra tanteraka ny havokavok'i Don Bosco, dia hanohy hanome fanampiana kely ho azy aho, raha mba manalavitra kely an'i Turin izy mandritra ny fotoana ilaina hanarenana ny fahasalamany. Teny tsy ataoko ambin-javatra mihitsy izany, satria tena feno fankasitrahana amam-panajana azy aho».

Teo an-danin'izany kosa dia tsy nanaiky ny tolokevitry ny Andriambavy i Don Bosco, fa nanohy ny fikarakarana ny tanorany ihany. Nefa na dia tsy nanaiky ny tolokevitra nampitaina taminy aza ity pretra mbola tanora amin'ny fiainana ity, dia tsy nitsahatra nandefa vola hanampiana azy hatrany ny andriambavin'i Barolo, saingy tamin'ny fomba miolaka fa tsy mivantana intsony.

Dia teo anivon'izany toe-javatra izany no mbola nanohizan'i Don Bosco nikarakara tamin-kafaliampo hatrany ny akany Masindahy François de Sales. Na dia tsy nitsahatra nandoa rà aza izy, dia tsy nahoany loatra ny fahasalamany. Fa ny fibanjinana ny hoavy no tena nibahana tao an'eritreriny. Koa nanomboka tamin'ny 5 jiona 1846, dia naka efitra telo ambony rihana tao amin'ilay trano lehiben'Ingahy Pinardi indray izy hofàny isam-bolana. Satria tsinjony fa manao lanja miakatra ny fandrosoan'ny *Oratorio*, na dia fantany izao koa aza, tamin'ny alalan'ny zava-mitranga, fa mbola mitohy ny fiahiahiana azy ho mpanohitra fanjakana. Nirongatra nanara-maso an'i Don Bosco indray manko Ingahy Cavour, lehiben'ny pôlisy, ka naniraka mpitandro filaminana enin-dahy hanao andrimaso azy tao amin'ny akany, isaky ny mampivory ireo tanorany izy. Voalazan'i Don Bosco tamin'i Don Barberis ny mombamomba an'izany, telopolo taona taty aoriana (1877). Fa hoy izy hoe: «Nanenenako mihitsy ny tsy nananako fakantsary. Toa ho tsara ery ny nahita ireo tanora anjatony nihaino ahy ampitandremana miampy ireo mpitandro filaminana enin-dahy manao fanamiana, manakamban-tsandry eo an-tratra ary mijoro tsiroaroa mahitsy toy ny tsatoka, amin'ny toerana telo samihafa ao ampiangonana sady mihaino ihany koa ny toriteny».

Dia nolazain'i Don Bosco mazava tamin'i Don Barberis koa fa nirahina hanao andrimaso azy manokana izy enin-dahy ireo,

kanefa dia nanjary mpanampy azy tsy nahy tamin'ny fiambenana ireo tanora beaziny. Ary nisy ny latsa-dranomaso tamin'ny toritenin'i Don Bosco, ka namafa izany tamim-piafenana ery mba tsy ho tsikaritry ny ambenana. Nefa tsinjon'i Don Bosco ihany ny fandehanjavatra! Hoy aza izy nanampy hoe: «Toa ho tsara ery ny naka sary azy ireo mandohalika eo anivon'ireo tanora, eo am-piandrasana ny anjaran'izy ireo eo akaikin'ny toerana fampikônfeseko. Satria ny toriteny, dia nataoko kokoa ho azy ireo toy izay ho an'ireo tanora: ny momba ny fahotana sy ny fahafatesana ary ny fitsarana mbamin'ny afobe no noresahiko»...

Ambavahaonan'ny fahafatesana

Dia nitohy hatrany ny fikarakaran'i Don Bosco taminkafanampo ny tanora niantsorohany, na dia teo aza izany fanarahamaso azy akaiky izany. Ary satria revo loatra tao anatin'izany onjam-pitiavana ny tanora izany izy, dia hadinony ny fikolokoloana ara-drariny ny fahasalamany... Niafara tamin'ny fiadiana aina ilay toe-pahasalamany *«mandoa rà»*, izay efa nitenenan'ny andriambavin'i Barolo azy.

Alahady voalohany tamin'ny volana jolay 1846! Andro mavesatra ho an'i Don Bosco io andro io. Satria be tokoa ny asa natrehiny tany amin'ny *Oratorio Md François de Sales*; sady efa fotoanan'ny hafanana migaingaina koa moa tamin'izay... Koa nony tafaverina tao amin'ny efitranony izy, tao amin'ny akany Fialofana izay nonenany efa hatramin'ny taona vitsivitsy izao, dia nitranga ny tsy nampoiziny! Torana foana teo izy ary nobataina nankany am-pandriany: kohaka sy fandrehofana (rehoka) rà mitohy no indray nifandafatra taminy. Aretina tena natahorana mihitsy io tamin'izany vanimpotoana izany, indrindra ho an'ny marary efa nijaly tamin'ny fandoavan-drà.

Afaka andro vitsivitsy fotsiny, dia efa noheverina ho nafoy i Don Bosco. Nomena azy ny Kômonio sy Fanosorana ho an'ny

marary. Ary tsy hitahita akory, dia efa niely eran'ny toeram-piasan'ireo tanora mahantra karakarainy fa «ho faty, hono, i Don Bosco»... Dia indreny izay rehetra nandre ny vaovao fa nitanjozotra isan-kariva hamangy azy tao amin'ilay efitrano kely nitsaboana azy. Tsy mbola nisakafo hariva akory ny ankamaroany fa tonga dia nivantana tany Valdocco avy any am-piasana: ny akanjo misolitiky ny loto avy any am-piasana no mbola eny an-koditra, ary ny tarehin'ny sasany aza mbola rakotry ny sokay fotsy nokirakiraina tany am-piasana! Ranomaso no manorika ny tavan'ny maro, fa ambavahaona ilay ray mpiantra azy ireo! Tsy hadinon'izy ireo koa anefa ny nivavaka am-pitiavana ho an'i Don Bosco: «Tompo ô, aza avela ho faty izy»!...

Mba hisian'ny filaminana sy fahatonena teo amin'ny fikarakarana ny marary anefa, dia voatery nampiato ny famangian'ny olona an'i Don Bosco ny mpitsabo. Koa dia nisakana ny olona tsy hiditra tao an'efitrano nandrian'i Don Bosco ny mpitsabo-mpanampy izay napetraky ny andriambavin'i Barolo hiandry azy tao...

Teo am-piadiana aina foana i Don Bosco tao anatin'ny valo andro. Nandritra izay fotoana izay kosa, teny an-tsaham-piasana teny, dia tsy nitsahatra nandefa tonom-bavaka sy nanao asa fandavan-tena, ho an'ny fahasitranan'i Don Bosco, ireo tanorany. Ary vitan'ny maro mihitsy aza ny niari-tory nivavaka mba tsy ho faty ilay pretra sakaiza mamin'izy ireo, na dia efa nitambesatra ihany koa aza ny onjan'ny adiny roa ambin'ny folo niasana nandritra ny andro...

Ny sabotsy nanaraka ilay alahady naharendrika an'i Don Bosco no tena nihombo be ny aretina. Tsy nanan-kery firy intsony izy. Ny fihetsehana kely nataony dia efa nampandoa rà azy. Efa nandrasan'ny maro am-pahatahorana ny farany, ny alin'iny sabotsy iny, nefa toa tsy tonga. Ny mifanohitra amin'izany aza no tonga: nihatsara i Don Bosco! Tsy very maina foana tsy akory ny tonom-bavaka amam-pandavantena nirotsahan'ireo tanora maro tsy nahafoy azy!...

Nony ela, dia afa-nitsangana ihany i Don Bosco!...

Tolakandron'ny alahady faran'ny volana jolay 1846: iny i Don Bosco mizotra miadana mankany amin'ny *Oratorio Masindahy*

François de Sales, miankina amina tehina hazo anankiray. Nihazakazaka nitsena azy ireo tanora vory lanona tao amin'ny *Oratorio*. Noteren'ireo lehibebe hipetraka tambonin'ny seza i Don Bosco, dia nolanjain'izy ireo sy nentiny am-pihobiana hatreo an-tokontany. Nihira ireo tanora sakaizan'i Don Bosco ary nitomany aza... Dia nitomany koa i Don Bosco: ranomasom-pitiavana ifangaroan'ny hafaliana sy alahelo!

Dia niara-niditra tao an-tranofivavahana izy rehetra, dia niaranisaotra an'Andriamanitra. Ary rahefa nanjaka tanteraka iny ny fahanginana, dia afaka nanonona teny vitsivitsy i Don Bosco:

- Ho anareo no anolorako ny fiainako. Nefa, aoka ianareo hino fa manomboka androany, dia holanìko ho anareo manontolo ny fiainako.

Ireo no teny faran'izay sarobidy indrindra notononin'i Don Bosco teo anivon'ny fiainany. Karazan'ny *«Voady lehibe ampahibemaso»* nentiny nanokan-tena ho an'ny tanora ary ho azy ireo ihany ireo teny ireo. Ny teny lehibe hafa nataony, dia izay holazainy teo am-pialana aina (1888): «Lazao amin'ireo tanorako fa miandry azy rehetra any am-paradisa aho».

Taorian'ny fiaraha-mivavaka, dia nentiny nifanakalo teny tamin'ireo tanorany tonga niresaka tsirairay taminy, ny hery sisa mba nananany. Dia tamin'izany fifanakalozan-teny izany no nahafantarany ny voady mbamin'ny fampanantenana tsy nisy fiheverana loatra nataon'ireo tanorany tamin'ny fotoana nahararianу, toy ny hoe: «hifady mofo sy rano mandritra ny taona iray aho, raha sitrana i Don Bosco, sns...».

Tena nandreraka an'i Don Bosco tokoa moa iny aretina nianjady taminy iny, ka dia nasain'ny mpitsabo niala sasatra tanteraka izy mandra-piverin'ny heriny indray. Nametra-beloma madinidinika tamin'ireo tanorany àry izy; nefa hoy koa izy nampanantena azy ireo.

- Amin'ny fihintsanan'ny ravinkazo, dia ho eto anivonareo indray aho!...

Fialan-tsasatra nitsiriam-pahasoavana

Dia nandao an'i Turin i Don Bosco ary lasa nankany Becchi tanànan'ny fahazazany: hiala sasatra eo anivon'ny fianakaviany. Ampondra no notaingenany, dia niato kely tao Castelnuovo izy tamin'ilay andro nandaozany an'i Turin, satria natontontonton'ilay ampondra ihany izy teny an-dalana. Ary efa hariva ny andro vao tody teny Becchi ny diany tamin'iny andro iny.

Efa samy nitokan-trano daholo ankehitriny i Antoine sy i Joseph, zokiny, ary efa samy nahavita trano fonenana mifanatrika amin'ilay tranom-pianakaviana nonenan-dry Don Bosco fahazaza. Dimy ny zanak'i Antoine izao (roa lahy, telo vavy): efatra ambin'ny folo taona ny lahy zokiny indrindra ary telo taona ny vavy farany. Efatra kosa ny zanak'i Joseph (roa lahy, roa vavy): iraika ambin'ny folo taona ny vavy zokiny indrindra ary mbola tsy ampy herintaona akory ny lahy farany.

Niara-nipetraka tamin-dry Joseph mianakavy Ramatoa Marguerite renin'i Joseph sy i Don Bosco. Ary tao amin-dry Joseph koa no niantrano i Don Bosco tamin'izao izy tonga hiala sasatra izao...

Dia teo anivon'ny koranan'ny mpianakavy vory lanona sy ny rivotry ny tanàna nahabe ary ny fitsangatsanganana takariva nitetezany havoana sy saha, no niverenan'ny hery amam-pahasalaman'i Don Bosco tsikelikely...

Nisosa ny andro sy ny alina ka nitambatra ho volana! Arakaraka ny niverenan'ny herin'i Don Bosco no niposahan'ny andrompahasoavana teo amin'ny fikarohana izay hitantanany tsaratsara kokoa hatrany ny *Oratorio Md François de Sales*. Oktôbra 1846: nisary zoro tao an'eritreriny tao, teny am-pitetezana havoana sy saha samirery teny, ny vinavinany mikasika ny hoavy mivantana. Tsy hipetraka any amin'ny akany Fialofana intsony izy, araka ny eritreriny, raha vao tafaverina any Turin, fa hifindra ao amin'ireo efitrano ambony rihana efa nofany tao amin'ny tranon'Ingahy Pinardi. Amin'izay izy dia ho afaka hampiantrano vitsivitsy

amin'ireo ankizilahy mahantra tsy mba manam-pianakaviana sy mpiahy eo an-drenivohitr'i Turin. Toa manahirana ihany koa anefa ny mitoetra irery ao amin'ity tranon'i Pinardi ity, satria misy trano iray izay mampiahiahy be ihany eo akaikiny eo: ny trano *«Bellezza»* izay onenana vehivavy sadasada fitondrantena sady mifanila rahateo koa amin'ny tranombahiny *«La Jardinière»*, izay ihirahiran'ny mamo toaka mandritra ny alina. Koa tsy maintsy misy olona azo antoka hiarahan'i Don Bosco monina ao, raha te hidify amin'ny sahoan-dresaky ny mpanely tsaho izy.

Tany amin-dreniny no niantefa ny eritreriny. Hatao ahoana anefa no fanala azy eto «Becchi». Efa vehivavy lehibe valo amby dimampolo taona izy ankehitriny! Manana izay mba fahazarampiainany izy. Eo koa ny zafikeliny sy ny tranony...

Nolazainy tamin-dreniny ihany anefa ny fanirianý, nony ela:

- Neny â! Nahoana moa ianao raha mba miara-mipetraka amiko kely? Nanofa efitra telo aho any Valdocco ary atsy ho atsy aho dia hampiantrano ankizilahy tsy manan-kavana. Nilaza tamiko ianao indray andro fa tsy mba ho any amiko na oviana na oviana ianao raha lasa mpanankarena aho. Ankehitriny aloha dia mahantra sy vesaran-trosa aho. Sady manahirana pretra koa, fanampin'izany, ny hitoetra irery amin'izany toerana izany.

Nieritreritra lalina i Neny Marguerite teo anatrehan'izany tenin-janany izany! Fa i Don Bosco kosa vao mainka nanampy teny an-kamorana hoe:

- Dia tsy mba milaza ninoninona aminao ve ny ho renin'ireo tanorako?

Tsotra ny bitsik'i Neny Marguerite:

- Raha heverinao fa izany no sitrapon'Andriamanitra, dia ho any aho...

Izany faneken'i Neny Marguerite ho renin'ny tanoran'i Don Bosco izany no fahasoavan-dehibe nitsiry sy vory endrika tamin'ny fotoana nialany sasatra tany an-tanàna nahabe azy!

Talata 3 nôvambra 1846: indreny i Don Bosco sy i Mama Marguerite mitanjozotra miadana an-tongotra hamonjy an'i Turin,

satria tsy nanam-bola hitaingenan-kalesintsoavaly izy ireo... Efa nanomboka nihintsana ny ravinkazo tamin'izay!

Efa nampitain'i Don Bosco an-taratasy tamin'i Don Borel moa ny fanapahankeviny honina any amin'ny *Oratorio Md François de Sales* rahefa tafaverina indray ao Valdocco; koa dia nataon'ity pretra sakaizany ity izay hamindrana izay mba fananana kelin'i Don Bosco teny amin'ny akany Fialofana nipetrahany, hatramin'ny nandaozany ny Foibe fiofanana (1844) no ho mankaty...

Dia tafapaka tao Turin ihany ny dian'izy mianaka nony ela. Nisy pretra anankiray naman'i Don Bosco nahafantatra azy ireo, rahefa mby akaikin'ny toeran-kitodiana izy ireo, ka nanatona izy hiarahaba azy mianaka. Vizana sady rakotry ny vovoka no nahitany azy ireo.

- Tafaverina indray ianao, ry Don Bosco - hoy izy -. Ka manao ahoana izato fahasalamana?

- Sitrana aho, fa misaotra. Nentiko niaraka amiko ny reniko.

- Fa nahoana ianareo no nandeha an-tongotra?

- Satria tsy ampy an'ity izahay - hoy i Don Bosco sady nitsiky izy no nampivezivezy ny ankihibeny teo ambony fanondrony, hilazana fa tsy manam-bola izy ireo.

- Ka aiza ianareo no hipetraka?

- Ato amin'ny tranon'i Pinardi.

- Ataonareo ahoana ny hivelona tsy misy fidiram-bola?

- Tsy haiko, fa Andriamanitra-Mpitsimbina no hieritreritra an'izany.

- Mbola ianao hatrizay tsy niova ihany ity - hoy ilay pretra sakaizany mibitsika sady nihivingivin-doha.

Dia nalainy avy any am-paosiny ny famantaranandro anankiray (mbola zava-tsarobidy be vitsy mpanana izany, tamin'izany vanimpotoana izany), ary natolony an'i Don Bosco... Dia hoy izy hoe:

- Te ho mpanankarena aho mba ho afaka hanampy anao. Tsy manao afa-tsy izay azoko atao aho...

Tapitra eto amin'ny trano Pinardi ny dian'izy mianaka. Efitra telo foana sy manjombona no novantaniny: tsy nahitana afa-tsy

farafara roa sy seza roa ary maharitrafo vitsivitsy (karazam-bilany tsotsotra). Nitsiky i Mama Marguerite nahita izany sady niteny tamin-janany hoe:

- Tany Becchi aho dia nanana asa be isan'andro tamin'ny fandaminan-trano sy ny fandiovam-panaka ary ny fanasam-bilany. Fa eto kosa, dia afaka hipetrapetraka bebe kokoa aho...

Niala sasatra kely aloha izy ireo, izay vao nanomboka niasa am-piadanana nandamindamin-trano, sady niara-niombon-kira malefaka...

Nisy ankizilahy atao hoe Etienne Castagno nandre azy ireo nihira. Ka poa toy izay dia niely tamin'ny tanora manodidina fa tafaverina, hono, i Don Bosco.

Rivo-piainam-baovao

Korana be tao amin'ny *Oratorio Md François de Sales* tamin'ny alahady 8 nôvambra 1846. Nanolotra hira samihafa amampirariantsoa ho an'i Don Bosco ireo tanora tsy nahafoy azy tamin'iny andro iny... Dia nandray tsikelikely ny adidiny tamin-kitsimpo teo anivon'izy ireo indray izy. Notsorin'i Don Bosco koa anefa, araka ny voalazan'ny rakitsorany, fa tsy nanaiky antsakany sy andavany ny voalazan'ny arsevekany izy teo amin'ny asa nirotsahany ho fanohizana ny fikarakarana tanora: «Navela hiverina tao amin'ny *Oratorio* aho raha ohatra manaiky tsy hitoriteny mandritra ny roa taona. Tsy nanaiky aho anefa». Satria tokoa vao tafaverina tao amin'ny *Oratorio* izy, dia anisan'ny asa nosahaniny koa ny toriteny.

Azo lazaina ho rivo-piainam-baovao no niveloman'i Don Bosco tamin'izao fifindrany monina teto an-dohasahan'i Valdocco izao. Ary anisan'ny nimasoany manokana ny fanohizana indray sy ny fampiroboroboana ny fianaran-kariva ho an'ireo tanorany: «Nanofa efitra hafa indray koa aho. Nanaovanay fianarana tany antranofiketrehana, tany amin'ny sakristia, tao am-piangonana. Taorian'ny volana vitsivitsy, dia afaka nanofa efitra roa hafa koa aho».

Niverina nanampy azy indray ry Don Carpano, ry Don Trivero mbamin-dry Don Pacchiotti, eny fa hatramin'i Don Nasi, anisan'ireo pretra roalahy nihevitra azy ho adala, volana vitsivitsy lasa izay. Marina fa mbola nihisatra kely ihany ny fifandraisan'i Don Bosco sy ny andriambavin'i Barolo, noho ny tsy fitovizan-kevitra teo amin'ny fanombanana ny aretina mby an-koditr'i Don Bosco teo anoloan'ny fikarakarana ny akany. Nefa tsy nitsaha-nanampy ankolaka an'i Don Bosco ny andriambavy, na dia tsy afaka niasa ho an'ny hôpitaliny intsony aza i Don Bosco noho ny toe-pahasalamany mbola marefo: nandefa fanomezana tamin-kamorampo «ho an'ny tanoran'i Don Bosco» tamin'ny alalan'i Don Borel sy i Don Cafasso ny Andriambavy, mandra-pahatongan'ny fotoam-pahafatesany tamin'ny 1864.

Vao mainka nanamafy orina ny *Oratorio Md François de Sales* tao an-dohasahan'i Valdocco ny ezaka nirotsahan'i Don Bosco sy ny fanampian'ireo olona malala-tanana toa ny andriambavin'i Barolo. Koa tamin'ny volana desambra 1846, dia azony nofana avokoa ny efitrano rehetra tao amin'ny trano Pinardi miampy ny tokontany manodidina. Nampanamboariny ny rindrina manodidina ny saha filalaovana ary nasiany varavarana sy vavahady miditra ao, mba hahazoan'ny tanorany milalao tsy sembantsemban'ny mamo sendra diso lalana avy ao amin'ny *«La Jardinière»*. Nisy ampahany tamin'ny saha koa nataon'i Don Bosco toeram-pambolena anana. Nantsoin'ireo tanora hoe *«Ny zaridainan'i Neny Marguerite»* io toeram-pambolena io. Nikaroka izay hanaovana tahiry tamin'ny alalan'ny fambolena anana sy ovy i Neny Marguerite, satria ny vola ho an'ny sakafo hanampiana ireo tanora no tsy ampy indrindra.

Mifandray amin'ny «amboadia»

Nefa na teo aza izany fanamboarana ny fefy izany, dia tsy voasakana tamin'ny hasomparana fanaon'ireo andian-jiolahy mpigoka sy mpiloka mitsangatsangana amin'ny saha manodidina

ny *Oratorio Md François de Sales*: ao ny ompa variraraka na ny tora-bato mifafy toy ny havandra hanakorontanana ny fampianarana katesizy an-kalamanjana ataon'i Don Bosco... Niezaka nitarika azy ireny ho ao amin'ny *Oratorio* ihany koa i Don Bosco. Ka anisan'ny fomba fitarihany azy ireo ny fanekena hiara-milalao karatra amin'izy ireo eny an-tsaha eny. Nahasarika tanora tamin'izany fomba izany ihany izy; nefa azo lazaina ho vitsy ihany ny tanora voasarika ho ao amin'ny *Oratorio*, raha oharina amin'ireo mbola mirenireny any ivelany sady tsy mihinan-kanina no tsy manam-pinoana sy tsy fehezin-dalàna...

Nanana fomba hafa fitaomana tanora koa i Don Bosco, ankoatry ny fiaraha-milalao karatra amin'ireo andian-jiolahy izay azo lazaina ho «amboadia» ihany. Anisan'izany ny firesahana mivantana amin'ny mpampiasa etsy sy eroa, ka anipazany teny fiangaviana amin'izy ireo mba handefa ny mpiasalahiny mbola tanora ho any amin'ny *Oratorio Md François de Sales* rehefa alahady: hianatra katesizy sy hiara-milalao amin'i Don Bosco. Ary tetika iray hafa fitaomany tanora koa ny fandehanana eny andalambe hijery ireo mpiloka. Rahefa eo am-pijerena tanora miloka eo izy, dia ny vola fandraisana anjara amin'ny loka mivangongo eo ambony «mosara» iray no ataony andrimaso. Ary tsitapitapitra eo dia batainy ilay mosara feno vola ary entiny mandositra. Dia mikiakiaka manenjika azy ry zalahy mpiloka, rahefa mahita izany:

- Avereno ny volanay!

Zava-baovao tsy fahitan-dry zareo ihany izany «mômpera mangalatra» izany, satria ao anatin'ny akanjorebareba tokoa i Don Bosco no manao tari-dositra mitondra ilay vola.

Tsy ny hangalatra ny volan'izy ireo anefa no tena tetik'i Don Bosco fa ny hitarika azy ireo amin'ity fomba ity ho any amin'ny *Oratorio*. Fa hoy izy, mamaly ny antsoantson'ireo mpiloka manenjika azy:

- Raha azonareo aho, dia averiko aminareo ny volanareo! Alefa! Mihazakazaha!

Ataony tsy mahazo azy anefa ireo mandra-pahatongany ao amin'ny fiangonan'ny *Oratorio* efa ivorian'ireo tanora tsy vahiny amin'i Don Bosco sy ny *Oratorio.*

Rehefa tafiditra ao am-piangonana i Don Bosco, dia manipy teny amin'ny tanora efa tafavory ao, toy ny hivarotra zava-pihinana sady mampirazorazo ilay mosara feno vola:

- Iza no hividy vatomamy?

Dia mba mody mitrerona koa ilay pretra mpitoriteny mpiaramiasa amin'i Don Bosco, efa manentana ny tanora tafavory:

- Mivoaha ianao tato! Tsy eny an-kianja isika akory!

Dia mamaly i Don Bosco hoe:

- Izaho tsy maintsy mivarotra vatomamy ary be ankizilahy koa ato. Tsy misy sahy mampiaka-bidy ve izy ity?

Ary dia manomboka amin'izay ny fifanakalozan-kevitra eo amin'i Don Bosco sy ireo tanora efa mahalala azy. Zendana sy gaga fotsiny ireo tompom-bola nanenjika azy, fa toa tafiditra amin'ny vovo hafahafa tsy fahitany.

Mitohy ny resaka ifanakalozana: toa mampihomehy ihany sady mahafinaritra. Heno eo miandalana ny fanontaniana sy resaka mikasika ny loka, ny teniratsy sy ompa, ny fahasambarana ao amin'ny fiainam-piadanana miaraka amin'Andriamanitra, sns... Dia vaky mihomehy koa ireto mpiloka nanenjika an'i Don Bosco ary tena liana amin'ny lazaolana mipetraka.

Miditra amin'ny hira sy vavaka ny fandaharana nony ela. Manatona an'i Don Bosco moramora ireo mpanenjika azy ary miteny hoe:

- Ary ny vola: omenao anay amin'izay ve?

- Kely sisa, aorian'ny tsodrano.

Rahefa tafavory eo an-tokontany, dia omeny azy ireo amin'izay ny vola, sady ampiany sakafo maivana *(goûter)* kely ary asainy mampanantena azy izy ireo fa hiverina hilalao ao amin'ny *Oratorio* foana. Dia tafajanona tao tokoa ny ankamaroany.

Vao mainka nanamafy orina ny *Oratorio Md François de Sales* izany fomba fiasan'i Don Bosco izany.

Fitadiavana mpiara-miasa eo anivon'ny tanora beazina

Anisan'ny ezaka nampitombo bebe kokoa hatrany ny fifikiran'ny ankizilahy maro tamin'ity akany ity koa ny fahaizan'i Don Bosco nanara-maso ireo rehetra tonga tao sy ny finiavany hifandray tamin'izy ireny am-pitiavana hatrany. Raha sendra miady ny sasany, dia tsinjony vetivety foana, ary iny izy milomay manasaraka azy ireo an-kamorana. Fady azy ny mikapoka ankizy, na dia misy tokoa aza ny tena mafy loha. Izany fihetsika ombam-pitiavana izany no nentiny nanova tsikelikely ny fitondrantenan'ireo tanora maro, sady tsy manam-pahalalana no be setrasetra, tonga nanatona azy tao amin'ny akany.

Ary rahefa nipetraka ny olana mikasika ny tsy fahampian'ny mpiara-miasa teo anatrehan'ny hamaroan'ny *«ondry»* teo ambany fiadidiany, dia teo anivon'ireo tanora nokarakarainy ihany izy no nitady olona homanina manokana ho mpiara-miasa aminy na amin'ny fanaraha-maso ny ankizy milalao na amin'ny fampianarana katesizy, indrindra ho mpiara-miasa aminy amin'ny fampianarana isan-kariva. Ireo hendry indrindra tamin'ny efa bebe taona no nofidìny sy nomeny fampianarana manokana. Nijoro ho vavolombelona mahafatra-po tokoa ireo *«mpampianatra kely»* ireo, araka ny voalazan'ny mpahay tantara (Don Lemoyne) ary *«tonga pretra mendrika sy mahafatra-po mihitsy aza ny sasany tamin'izy ireo taty aoriana»*. Nisy laika vitsivitsy feno finiavana avy eo antanànan'i Turin koa tonga nanampy azy tamin'ny fanabeazana an'ireo tanora mahantra marobe nila mpikarakara tao amin'ny *Oratorio Md François de Sales*; nisy mpandrafitra tamin'ireo laika mpanampy ireo, ary nisy ny mpivarotra isan-tokony...

Mampiantrano kamboty tsy manan-kialofana

Rahefa nihamafy orina tao an-dohasahan'i Valdocco ny *Oratorio Md François de Sales*, ka afa-nanofa ny trano Pinardi manontolo i Don Bosco, dia nimasoany ny fampiantranoana

sasantsasany tamin'ireo tanora nifanerasera taminy. Fa nampangirifiry azy tokoa ny fahatsapana fa misy amin'ireo tanora eo ambany fiadidiany ireo ny tsy mba manana lava-trano hodiana rahefa hariva, fa mandany ny alina any ambany tetezana na any amin'ny toera-maloto tsy tandrify ny olombelona. Ireo tena tsy nana-mpiahy no niezahany nomena fialofana toa an-dohasahan'i Valdocco.

Indray takarivan'ny volana avrily 1847 no nanaovany ny fanandramana voalohany. Ankizilahy enina tamin'ireo zandriny indrindra amin'ny tanora karakarainy no nomeny toeran-katoriana tao amin'ny *Oratorio* tamin'iny takariva iny. Nandamoka sady nitera-pahavoazana ho an'ny *Oratorio* ihany anefa ity fanandramana ity: satria nentin'izy enin-dahy nitsoaka nandositra mbamin'ny lamba firakotra nampidramin'i Neny Marguerite azy ireo, nony maraina ny andro.

Namerina ny fanandramana tamin'ankizilahy sasantsasany hafa indray i Don Bosco, andro vitsivitsy taorian'izay. Vao mainka ratsy noho ny tamin'ny voalohany ny fitaka tamin'ity indray mandeha ity: satria lasan'ireo nampiantranoina hatramin'ny mololo sy bozaka nandrian'izy ireo. Saingy tsy kivy teo anatrehan'ny zava-nitranga kosa i Don Bosco...

Indray takarivan'ny volana mey 1847, dia nivoha nidanadana indray ny varavaran-tokantranon'i Don Bosco sy i Neny Marguerite hidiran'izay ankizilahy anankiray izay. Vao avy nametra-tsotro tamin'ny sakafo hariva indrindra izy mianaka tamin'izay, no injany nisy nandom-baravarana, teo anivon'ny oram-baratra mikija. Tovolahy kely eo amin'ny dimy ambin'ny folo taona eo no tao, efa kotsa sy ngolin'ny oram-be mivatravatra; mpanao trano ny asany, nefa mbola tsy nahita asa izy. Avy lavitra izy, nefa tsy hitany izay haleha eo anatrehan'ny hatsiaka vokatry ny orana nifafy taminy.

- Mandrosoa - hoy Don Bosco mantsy azy -. Mamindroa eo amorom-patana.

Nanomana sakafo kely ho azy i Neny Marguerite. Avy eo izy dia nanontany azy hoe:

- Dia ho aiza ianao izao?

- Tsy fantatro - hoy ny navaliny -. Mba nanam-bola kely ihany aho raha tonga teto Turin, nefa dia laniko daholo izany.

Dia nanomboka nitomany mangina izy, izay vao niteny hoe:

- Raha sitrakareo, dia aza roahina aho!

Tsy maintsy nieritreritra ny zavatra efa nanjavona teo aloha i Neny Marguerite, fa hoy ny valinteniny:

- Azo tazonina eto anie ianao e! Nefa iza no milaza amiko fa tsy hangalatra ny vilaniko ianao?

- Oay! Tsia, Tompoko - hoy ilay tovolahy kely namaly an'i Neny Marguerite -. Mahantra aho. Nefa tsy mbola nangalatra na oviana na oviana.

I Don Bosco kosa, teo andanin'izany, dia efa lasa nitaona biriky vitsivitsy avy any an-tokontany, rakotr'orana mikija, ho ao an-trano ary nandamina ireo biriky ireo ho azo ametrahana hazofisaka vitsivitsy hatao fatoriana. Dia nisintona bozaka avy ao amin'ny fandriany izy hapetrany teo ambonin'ireo hazofisaka voalahadahatra.

Ary rahefa vita izany, dia hoy izy tamin'ilay vahiny tsy nampoizina:

- Matory aty ise. Ary mahazo mijanona eto arak'izay ilan'ise izany. I Don Bosco tsy handroaka an'ise na oviana na oviana.

Dia nasain'i Neny Marguerite hivavaka ilay tovolahy kely. Nefa hoy ny navaliny hoe:

- Tsy fantatro izany.

- Miara-mivavaka aminay ianao - hoy Ramatoa Marguerite namaly azy... Dia niara-nivavaka izy ireo. Ary avy eo dia nanaovan'i Neny Marguerite toriteny kely izy, mikasika ny hasin'ny asa firaiketampo amin'ny zavatra irotsahana ary ny fivavahana. (Nanjary fomba mahazatra fanao amin'ny trano salezianina itaizana tanora izany fanomezana anatranatra mahasoa amin'ny hariva izany, taty aoriana).

Mba hampandry eritreritra an-dreniny teo amin'ny halatra mety hiseho indray anefa, dia hoy i Don Bosco: «Mba hampilamina

ny zavatra rehetra, dia hakatona amin'ny hidintrano (lakile) ny tranofiketrehana ary tsy hovohana intsony hatramin'ny maraina».

Dia iny tovolahy kely iny no kamboty voalohany niditra hitoetra tamin-kitsimpo tao an-tranon'i Don Bosco.

Ny kamboty faharoa tonga tao aminy, dia ankizilahy kely roa ambin'ny folo taona, izay hitan'i Don Bosco teny an-dalamben'i Turin teny, indray andro: nitomany nanankin-doha tamin'ny fotokazo maniry iray izy tamin'ny fotoana nahitan'i Don Bosco azy. Efa kamboty ray izy ary vao maty tamin'ny taona 1846 koa ny reniny; noroahin'ilay tompon'ny trano nipetrahan'izy mianaka izy sady notazonin'io rangahy io avokoa ny fanaka rehetra navelandreniny, ho onitry ny hofan-trano tsy vita. Nankinin'i Don Bosco tamin-dRamatoa Marguerite izy ary nitadiavana asa. Tafita lavitra ihany izy io taty aoriana, nefa tsy nanadino ny soa nataon'i Don Bosco azy, ka dia nijanona ho sakaizan'ilay pretra niantra azy izy.

Ny kamboty fahatelo tonga niara-monina tamin'i Don Bosco sy ny reniny dia i Joseph Buzzetti, tovolahy kely mpanao trano vao dimy ambin'ny folo taona. I Don Bosco ihany no nanasa azy hipetraka miaraka amin'izy ireo. Nanaiky ny tolokevitr'i Don Bosco izy, sady tsy nitsivalana koa i Charles Buzzetti zokilahiny izay efa tao nifanerasera tamin'i Don Bosco, efa hatramin'ny enin-taona izao. Nanohy ny asa naha-mpanao trano azy teny an-tanànan'i Turin izy. Fa ny tranon'i Neny Marguerite ankehitriny no zary tranony koa...

Ho lava ihany ny fitantarana raha hidirana amin'ny andinindininy avokoa ny momba ireo tanora kamboty voalohany noraisin'i Don Bosco honina tao amin'ny *Oratorio*. Fa raha fintinina dia izao: nahatratra fito ny isan'ireo kamboty nonina tao amin'ny *Oratorio* tamin'ny faran'ny taona 1847. Mandray anjara amin'ny Sorona Masina atolotr'i Don Bosco izy ireo isa-maraina vao mangirandratsy, sady manao ny fivavahana maraina sy ny sapile. Avy eo izy ireo vao lasa miasa, samy mahazo mofo kely hatao am-paosy avy. Dia miverina mody izy ireo mamonjy sakafo antoandro sy hariva. Miankina tamin'ny anana vokatra tao an-jaridainan'i Mama

Marguerite sy ny vola kely mba azon'i Don Bosco ny sakafo nivelomana tao amin'ny *Oratorio*. Nametraka olana tamin'i Don Bosco mandrakariva anefa ny ara-bola, satria mahantra izy ary tantsaha mahantra koa ny reniny izay mpiara-miasa taminy voalohany indrindra. Voatery nivarotra izay mba firavaka nentiny tamin'ny mariaziny Ramatoa Marguerite, mba hamelomana ireo kamboty noraisiny hipetraka tao amin'ny *Oratorio*: namidy avokoa na ny peratra, na ny kavina na ny fehivozona izay samy notahiriziny fatratra ary tsy nanaovany intsony hatramin'ny nahafatesam-badiny telopolo taona lasa izay (1817).

Oratorio miorim-ponenana sy miroborobo fatratra

Tafaorim-ponenana marimarina tokoa ny *Oratorio Md François de Sales*, ka afa-nampitatra ny asa fanasoavana tanora hatramin'ny fampiantranoana kamboty. Nolazain'i Don Bosco mazava tsara kosa anefa fa *«Trano fanampin'ny Oratorio Md François de Sales ihany»* ny trano onenan'ireo kamboty nomena fialofana. Ny zavatra rehetra atao ikarakarana ny tanora an-jatony maro tonga isan'alahady na manaraka fampianarana isan-kariva no tena maha-*Oratorio Md François de Sales* an'ity toeram-panasoavana tanora eto an-dohasahan'i Valdocco ity. Koa dia nimasoan'i Don Bosco bebe kokoa hatrany tao izay hanamasinana ny finoan'ireo tanora vory lanona ary nokarohiny koa izay hanatevenana ny rohim-pihavanana mampiombona ny tanora samy tanora. Nahitana taratra izany ezaka izany ny fananganana Fikambanana masina tao amin'ny *Oratorio* sy ny fanomanana tanora maro handray Sakramenta.

Tamin'ny volana mey 1847, ohatra, dia nanorina ny Fikambanan'i Md Louis ho an'ny tanorany i Don Bosco. Zavatra telo loha no tsy maintsy ijoroan'ny tanora rehetra mirotsaka amin'izany Fikambanana izany:

1- Manome ohatra tsara amin'ny atao;

2- Manalavitra ny resaka ratsy;

3- Ary mandray Sakramenta.

Ary vetivety foana ilay «Fikambanana» dia nanjary fivondronana tanora mirotsaka hifanampy ho amin'ny fahalavorariana kokoa.

Iray volana taorian'izany fanorenana ilay Fikambanana izany, dia nankalaza voalohany ny fetin'i *Md Louis de Gonzague* ny tao amin'ny *Oratorio*. Nahariharin'i Don Bosco mandrakariva tamin'ireo tanorany fa fakan-tahaka eo amin'ny hadiovam-po i Md Louis.

Nasaina ho tonga tao amin'ny *Oratorio* koa ny Arsevekan'i Turin tamin'io andro io, mba hanome ny Sakramentan'ny fankaherezana an'ireo mbola tsy nandray izany. Dia natao tao amin'ny *Oratorio* ny taratasy fanambarana ny nandraisan'ireo tanora ireo ny Sakramentan'ny fankaherezana; naterina tany amin'ny Arseveka ireo taratasy ireo mba halefa any amin'ireo pretra mpitondra paroasy.

Karazan'ny fankatoavan'ny Arseveka ampahibemaso sady fanohanany ny fijoroan'ny *Oratorio* izao famangiany an'i Don Bosco sy ny tanorany izao...

Eny! Tafaorim-ponenana tokoa ary nahazo tsodrano ny *Oratorio Md François de Sales*, ka afa-niasa an-kalalahana bebe kokoa hatrany i Don Bosco, teo anatrehan'ny fahefam-piangonana... Koa dia niezaka izy nanatsara endrika hatrany ny *Oratorio* araka ny maha-toeram-pibeazana ara-pinoana azy ity. Anisan'izany ezaka izany ny fividianany sarivongan'i Masina Maria tamin'ny septambra 1847. Mbola ao amin'ny "Chapelle" Pinardi io sarivongana io hatramin'izao. Ary izy io no lanjain'ireo tanora mandritra ny «vavaka mandeha» atao, rahefa tonga ny fotoan-dehibe fankalazana ny fetin'i Masina Maria...

Arakaraka ny nahamafy orina an'ilay akany voatsodrano no nampiroborobo azy fatratra ihany koa, ka nampitombo isa ireo tanora beazina tao. Nahatratra valonjato, araka ny voalazan'i Don Lemoyne, ny isan'izy ireo fa tsy maintsy misy *Oratorio* faharoa sokafana amin'ny ilany atsimo eo an-tanànan'i Turin, atao hoe *«Porta Nuova»*.

Neken'ny Arseveka ny hanofan'i Don Bosco trano kely iray sy saha tamin'izany Ramatoa Vaglienti izany, teo akaikin'ny tetezam-by tao *«Porta Nuova»*. Dia nambaran'i Don Bosco tamin'ireo tanorany amin'izay ny vaovao. Hoy indrindra izy: «Ry sakaizako, rahefa be loatra ny tantely ao amin'ny tranontantely iray, dia tsy maintsy misy andiany iray mandeha mitady toerana any an-kafa. Hanahaka azy ireo isika. Hanokatra *Oratorio* faharoa isika ary hanangana fianakaviana faharoa».

Dia nambarany azy ireo fa ny tanora monina amin'ny ilany atsimon'i Turin dia tsy ho sahirana hanao lalan-davitra toy ny hatramin'izao intsony. «Manomboka amin'ny fetin'i Masina Maria tsivoakasikota, dia ho afaka mankao amin'ny *Oratorio Md Louis* eny Porta Nuova izy ireo».

Notsofin'i Don Borel rano ilay *Oratorio* vaovao tamin'ny 8 desambra1847. I Don Carpano no lasa tale mpiandraikitra azy io tamin'izay ririnina mamirifiry izay...

15

Fisedrana sy fahasoavana mitosaka...

Taona 1848! Taona nipoahan'ny revôlisiônina tamin'ny tanàn-dehibe maro eran'i Eorôpa: *Paris* (23-24 febroary), *Vienne* (13 marsa), *Berlin* (15 marsa), *Budapest* (15 marsa), *Venise* (17 marsa), *Milan* (18 marsa)... Nirehitra tetsy sy teroa, eran'i Eorôpa, ny ady. Toe-javatra maro no nahatonga ireny:

Tao aloha ny rivo-pahalalana nisafotofoto handrava ny manjakatokana teo an-tanan'ny Andriamanjaka, mba hanaganana rafitra fehezin'ny lalàmpanorenana sy ny antenimiera.

Tao koa ny hetahetan'ny firenen-tsamihafa nitaky fahaleovantena tsy ho eo ambany vahohon'ny Ampira Aotrisianina.

Ary tao koa ny firohotan'ny mpiasa, tetsy sy teroa, izay niady mba hanjakan'ny rariny bebe kokoa eo amin'ny fitsinjovan'ny mpampiasa azy ireo manoloana ny asa atao sy ny ora iasana ary ny karama raisina.

Niara-dalana tamin'ireny revôlisiônina nomban'ady mafana vay ireny ny fankahalana relijiozy sy mpitondra fivavahana. Ary nisy fiantraikany teo amin'ny fiainan'i Don Bosco koa izany rivotra hafahafa teo anivon'ny revôlisiônina nomban'ady izany.

Fisedrana maro endrika

Tojo fahakiviana i Neny Marguerite

Nisy akony hatrany amin'ny fomba amam-pihetsik'ireo ankizilahy tao Valdocco sy ny manodidina ny rivo-piainana nateraky ny

ady eran'i Eorôpa. Ka dia nanjary zava-nahazatra an'i Don Bosco koa ny fahitana andian-tanora mifanandrina teny amin'ny manodidina ny *Oratorio Md François de Sales* teny. Ny sasany mivimbina langilangy, ny sasany mitondra antsy na meso ary misy koa ny mivatsy vato. Dia ireny rehetra ireny no ifamelezana rahefa raikitra ny fifanjevoana... Matetika i Don Bosco no mivoaka ny tranony hiantso mpitandro filaminana eo anatrehan'ireny fifanjevoana ireny ary tena mirotsaka miaraka amin'izy ireo mampitony ireo tanora sasantsasany tena sendaotra. Ary efa natrehiny maso hatramin'izany ankizilahy dimy ambin'ny folo taona izany mandentika antsy amin'ny kibon'ny mpifanandrina aminy.

Indraindray koa anefa dia mitambatra ireny andian-tanora ireny, ka miray hina hitora-bato ny «tranon'ny mômpera». Miradraraka any ambony tafontrano tanimanga any sy eny am-baravarankely rehetra eny ny vato.

Nohararaotin'i Don Bosco hamoronana karazan-kilalao vaovao izao rivotra hafahafa eo anivon'ny ady izao, mba hisarihana ny tanora ho ao amin'ny akany. Nanana namana anankiray «zandary» izy: Joseph Brosio no anarany. Manao fanamiana foana izy rahefa mankeny Valdocco, ka maimay ery ireo tanora mahita azy sady fatra-panaja azy rahateo. Notoloran'i Don Bosco hevitra izy, noho izany, mba hanangana tafika kely amin'ireo tanora ao amin'ny *Oratorio* sy hanofana azy ireo amin'ny alalan'ny sarin'ady.

Nanaiky Ingahy Brosio, ka dia natomboka ny fanazaran-tena rehetra. Nanjary nahavita fampisehoana nankafizin'ny olona ny andian-tafika kely tafajoro sady niantoka ny fandaminana hatrany am-piangonana.

Tsy azo lavina koa anefa fa nisy lafiratsiny ihany ity fampijoroana andian-tafika nampianarina hifanandrina an-tsarin'ady ity. Fa indray alahady tokoa dia nisy fampisehoana «sarin'ady», nahaliana ny olona, nataon'ireo tanora tao amin'ny *Oratorio* tao an-dohasahan'i Valdocco. Rahefa nipoaka kelikely ny fifamelezan'ny tafika roa nifanandrina, dia nihanahazo laka ny ankilany ka nandresy tosika ny andaniny. Nitsoaka nandositra

nankany amin'ilay zaridaina kely fambolen'i Mama Marguerite anana ilay tarika resy tosika. Koa dia potika sy montsana, noho izany, ny anana mba naniry tao hampihenana ny lany amin'ny sakafo.

Ory dia ory ny fon-dRamatoa Marguerite nanatri-maso ny fandehan-javatra. Ka hoy ny bitsibitsika natony tamin-janany, izay teo akaikiny teo, tamin'io fotoana io: «Mba jereo kely, ry Jean, ny nataon'izy ireo; nopotehin'izy ireo ny zavatra rehetra»... Fisedrana iray io! Ary dia nirongatra tsikelikely teo anivon'izany fahoriampanahy izany koa ny sedram-pahakiviana hafa. Mafy tokoa moa ny asa fikarakaran'i Neny Marguerite ireo tanora noraisin'izy mianaka ho kilasimandry tao amin'ny *Oratorio Md François de Sales*. Fa rahefa lasa matory ireo kilasimandry ireo vao tena miasa izy, miaraka amin'i Don Bosco! Be ny fitafiana mila fanamboarana: lobaka rovitra, pataloha tata-jaitra, bàn-kiraro loaka, sns... Tsy maintsy vitaina ny alina ihany, eo anivon'ny hazavana somambisambin'ny jiro solika, ny simba rehetra, satria tsy mba manana hisalorana afa-tsy ireto amboarina ireto ireo tanora tompompitafiana. Ary eo anilany eo , dia manao izay ho vitany koa i Don Bosco manampina ny loaka tandrifin'ny kiho sy mamboatra kiraro.

Teo anivon'izany asa mavesatra iaretan-tory izany, indray hariva taorian'ilay nahapotehan'ny anana tao an-jaridaina, no nitranga ny sedram-pahakivian'i Neny Marguerite. Fa hoy tokoa izy nibitsika tamin-janany hoe: «Jean a! Vizaka aho. Avelao aho hody any Becchi. Miasa hatramin'ny maraina ka hatramin'ny hariva aho, ary efa antitra aho, nefa ireto ankizy ireto mandrava ny vitako rehetra. Tsy tantiko intsony izao».

Sarotra ny hilaza teny fampiononana manoloana ny fahakivian'olon-dehibe toy izao. Nangina i Don Bosco. Ary fihetsika tsotra monja ihany no namaliany an'i Neny Marguerite: ny Hazo fijaliana, misy sarin'i Kristy mifantsika, mihantona amin'ny rindrina no notondroiny hobanjinin-dreniny.

Azon-dRamatoa Marguerite ny tian'i Don Bosco hambara. Niondrika nanohy ny asany indray izy. Ary nanomboka hatreo

mandra-pahatapitry ny fara fofonainy, dia tsy re taminy intsony ny fitenenana hody any Becchi! Tsapany fa mila reny entanim-pitiavana tokoa ireto ankizy mahantra marobe sady be tabataba sy tsy ilaozan'ny ratsy taiza ireto...

Tafiditra tao amin'ny Oratorio ny fahantrana vokatry ny ady

Fa teo anilan'ny semban-drahom-pahakiviana nianjady tamin'ny i Neny Marguerite, dia nihanaka miandalana eran'i Eorôpa, toy ny menaka nahazo taratasy, ny fahantrana vokatry ny ady. Ary tafapaka hatrany Turin ny hasarotam-piainana nateraky ny revôlisiônina nomban'ady tamin'ny 1848. Nitotongana ny toe-karena, fa nihavitsy ny vola nifanakalozana. Nikatona ny tranom-barotra maro. Nihamaro koa ny tsy an'asa. Nitokona hatramin'ny mpanao kiraro sy ny mpanjaitra noho ny karaman'izy ireo ambany dia ambany.

Niantraika tamin'ny fiainan-dry Don Bosco mbamin'ireo kilasimandriny tao Valdocco ihany koa ny fahantrana vokatry ny ady tsy nitsaha-nihanaka. Voatery nanao fitsitsiana be ry zareo. Ary i Don Bosco mihitsy no nirotsaka nitsinjara ny sakafo mba tsy ho very anjara ny isam-batan'olona. Vazivazy mandrakariva kosa no nentiny nampisy tsirony ny kely nifampizaran'ny mpiara-belona. Toa hadinodino tokoa ny akom-pahantrana ara-tsakafo rahefa injay velona ny vazivazin'i Don Bosco, toy ny hoe: «Te hanome hena an'ise aho, leiroa, saingy tsy manana aho. Nefa raha mahita omby tsy manan-tompo isika, dia tena hanao fety be»... Matetika dia paoma tokana no atao tsindrin-tsakafo. Atsipin'i Don Bosco io paoma tokana io, dia izay anankiray mahazo azy io no mihinana tsindrin-tsakafo.

Tena mafy tokoa ny adim-piainana tamin'izay: fihafiana tsy hay visavisaina! Vitan'ny kilasimandry mihitsy, ohatra, ny miva-rotra ny lafika mololo atoriany mba hahazoany vola kely, raha tsy tratran' i Don Bosco. Mba hahafahan'ny sasany manao tahiry kely koa, dia aleon'izy ireo hetezan'i Neny Marguerite toy izay handeha

any amin'ny mpanety. Tsy dia misy endrika loatra aloha ny volo hetezan'i Neny Marguerite fa toa miendrika tohatohatra be ihany, ary nitaraina tamin'izany mihitsy aza ny sasany, toa an'i Frederico Cigna izay lasa dokotera taty aoriana, fa tsotra kosa ny valiteny mahatsikaiky avy amin'ilay vehivavy masina: «Hampiakatra anao any an-danitra ireo tohatohatra ireo». Nefa nionona tamin'izany volo ratsy hety izany ny ankamaroany; naleon'izy ireo ratsy endrika nefa mihinan-kely, toy izay tsara hety nefa mandry fotsy...

Niady irery i Don Bosco fa nilaozan'ny olona

Tsy ny fahantrana ihany no vokatry ny revôlisiônina nomban'ady nipoaka eran'i Eorôpa tamin'ny 1848, fa teo dia teo koa ny tsy fifanarahan-kevitra nampisara-bazana ampahibemaso ny olona maro iray firenena. Raha ny tantaran'ny tanànan'i Turin manokana, tamin'izany fotoanandro izany, no anaovana topimaso kely, dia tsy azo lavina fa na dia ny samy pretra tao amin'ny fiangonana katôlika aza dia nandairan'ny fisaraham-bazana ara-pôlitika. Nisy dia nisy tokoa ny pretra nihevitra fa tsy tokony hatao ambanin-javatra ny fiaraha-mientana amin'ny vahoaka manao revôlisiônina sy mangetaheta firaisankina, raha tiana ny hahombiazan'ny fivavahana. I Don Bosco kosa, teo andanin'izany dia nihevitra fa ny firaiketam-po amin'ny Papa solontenan'i Kristy Filohan'ny Fiangonana, no tena ilaina, eo anivon'izao fisavoro-voroana sy korontana izao. Izany no anisan'ny nahatonga azy hangataka ny tanorany hiteny hoe: «Ho ela velona anie ny Papa», ho solon'ny hiaka nahazatra hoe: «Ho ela velona anie i Pio faha-9».

Niteraka fangirifiriana maro endrika teo amin'ny fiainan'i Don Bosco ihany anefa ny fijoroany hiraiki-po tamin'ny Papa sy ny fandavany tsy hirotsaka amin'ny ady pôlitika feno fifampian-daniana. Satria nisy tokoa ny vanim-potoana nahatsiarovany ny tenany ho irery tanteraka! Nolalovan'orambaratra, vokatry ny rivotra ara-pôlitika, ny *Oratorio Md Louis* (teny Porta Nuova) sy ny *Oratorio Md François de Sales* (tao Valdocco) teo ambany fiadidiany!

Nandairan'ny rivotra ara-pôlitika, nombam-pitakiana fahafahana amam-pahaleovantena, nanohitra ny Aotrisianina ihany koa ny ankamaroan'ireo pretra niara-niasa tamin'i Don Bosco tamin'ireo *Oratorio* roa niantsorohany. Tao amin'ny *Oratorio Md Louis* aloha dia voatery nifanditra tamin'ireo pretra roa lahy namany i Don Bosco. Nentin-kafanampo loatra izy ireo tamin'ny lafiny pôlitika, ka sahy nitondra ireo tanora tao amin'ny *Oratorio* handray anjara tamin'ny filaharana pôlitika nomban-tsaina maro nikopakopaka, na dia efa norarana aza izy ireo; ary sahin'izy ireo mihitsy aza ny nanova ny toriteny ho kabary fanentanana ara-pôlitika. Tsy neken'i Don Bosco izany toe-javatra izany, ka dia nipoitra ny fifandirana... Fa ratsy kokoa noho izany ny zava-niseho tao amin'ny *Oratorio Md François de Sales* tao Valdocco. Anjaran'ny pretra anankiray mpanampy an'i Don Bosco ny nitoriteny indray mandeha izay. Nanakoako aokizany tao anatin'ny toriteny nataony ny fanazavana pôlitika momba ny fahafahana amam-pahaleovantena. Ary tsy hitahita akory, fa vao vita ny tsodrano famaranana ny toriteny, dia antso avo no nataony tamin'ireo pretra sy tanora rehetra teo mba hiara-mientana aminy. Dia niara-nandredona hiram-pirenena samihafa izy rehetra, sady nanofahofa saina no «nandeha niara-niakatra sy namindra nanodidina ny Mont-des- Capucins». Ary dia natao teny, hono, ny fanomezan-toky hentitra tsy hiverina ao amin'ny *Oratorio Md François de Sales* raha tsy horaisina ao amin'ny maha-olom-pirenena azy... Nisy vokany teo amin'ny fiainan'ny *Oratorio* izany fihetsiketsehana izany satria nanjary vitsy dia vitsy ny tanora tonga tao amin'ny *Oratorio* nandritra ny tapa-bolana taorian'izay, araka ny voasoratr'i Don Lemoyne: tanora zato tamin'ny dimanjato sisa tonga namangivangy ny *Oratorio* tao Valdocco.

Hoy kosa i Don Bosco mitantara an-tsoratra ny vokatr'io fihetsiketsehana io: «Tsy nisy pretra na iray aza nanandrana niverina (tao amin'ny *Oratorio*). Fa ireo ankizy sy tanora kosa dia nangata-pamelana sy nilaza marimarina ho voafitaka ary nanome toky fa hanaiky sy hanara-dalàna. Fa izaho kosa niady irery, teo anivon'ny tanora efa ho dimanjato; tsy mba nisy fanampiana hafa afa-tsy ny fanampiana tselika nataon'i Don Borel. Tsy fantatro ny

fomba nahafahako nijoro, teo anivon'izany onjan'asa nandreraka izany»...

Arak'izany rakitsoratra izany àry, dia niverina miandalana tao amin'ny *Oratorio* tao Valdocco ihany ireo tanora voarebirebin'ireo pretra nentin-kafanampo ara-pôlitika. Soritan'i Don Lemoyne koa anefa fa tsy niverina tao amin'ny *Oratorio* ireo lehibe indrindra tamin'ny tanora nokarakarainy hatrizay.

Nilaozan'ny olona tokoa i Don Bosco, ka dia niady irery teo anivon'ny tanora nokarakarainy...

Niantraika tamin'i Don Bosco koa ny fankahalana pretra sy mpitondra Fiangonana

Tamin'ny fiandohan'ny fotoanan'ny revôlisiônina italianina (marsa 1848) ho fanoherana ny fanjakazakana Aotrisianina dia be tokoa ny fanantenana tao am-pon'ny vahoaka niandrandra fahafahana sy fahaleovantena. Na dia ny pretra maro aza dia nanjakan'izany fanantenan-dehibe izany, ka nirotsaka nanentana ny vahoaka isan-tokony hiray hina hanohy ny tolona. Vao hitantsika tetsy aloha tetsy ny santionan'izay nataon'ny sasany tamin'ireny pretra ireny teo anivon'ny tanoran'i Don Bosco tao amin'ny *Oratorio Md Louis* sy *Md François de Sales*.

Tsy araka ny firoborobon'ny fanantenana teo am-piandohana anefa ny fihodin'ny tantara, nony injay nigadona ny tapany faharoa tamin'ny taona 1848. Nahery vaika ny fifamelezan'ny Aotrisianina sy ny tia tanindrazana italianina tao Custoza, teo anelanelan'ny 23 sy 26 jolay 1848. Ary resy tosika tamin'izany ny italianina notarihin'i Carlo Alberto, ka dia nilavolefona teo anatrehan'ny Aotrisianina. Nanjavona ny fiandrandrana fahaleovantena. Nilofika ny fanantenam-pahafahana tao amin'ny vahoaka. Tena nibaribary mihitsy izany tao Turin. Notsikerain'ireo mpanao pôlitika ampahibemaso ny tsy fahaizan'ireo mpitari-tolona. Ary niara-dalana tamin'izany koa ny fankahalana pretra sy fankahalana fivavahana.

Maro ny gazety namafy fankahalana pretra; ary anisan'ireo pretra novelezina manokana an-gazety i Don Bosco. Iray tamin'ireo lohatenin-dahatsoratra namely an'i Don Bosco, ohatra, ny hoe: «Ilay Pretran'i Valdocco sy ny fahavalon'ny tanindrazana».

Nofofoina mihitsy hatramin'ny ain'i Don Bosco aza, araka ny voalazan'ny rakitsorany: «Imbetsaka mihitsy aho no nokendrena hovonoina na tao an-trano na teny an-dalambe. Indray andro, nandritra ny fotoana nampianarako katesizy (tao amin'ny Chapelle Pinardi), dia iny nisy bala niditra avy amin'ny varavarankely anankiray. Nandrovitra ny akanjorebarebako teo anelanelan'ny sandriko sy ny vatako ilay bala ary niantefa nametraka faritra lehibe tery amin'ny rindrina».

Raiki-tahotra ireo tanora nianatra katesizy, nefa hoy i Don Bosco nampitony azy ireo tamin'ny teny feno vazivazy: «Tena sangy mahery izao. Manahirana ahy ihany izao noho ny akanjorebarebako, satria tsy manana afa-tsy ity aho. Nefa, tia antsika i Masina Maria e».

Dia notohizin'i Don Bosco indray ny fitantarana ny famelezana azy: «Indray mandeha koa, raha teo anivon'ny tanora lahy marobe aho, dia iny nisy olon-tsy fantatra tamy hanatsatoka antsy tamiko antoandrobe-nanahary izao. Toa fahagagana ihany no nahafahako nandositra nankany an'efitranoko nanidy tena tao. Tamim-pahagagana koa no nahafahan'i Mômpera Borel tsy ho fatin'ny tifi-basy namelezana azy».

Nampijaly an'i Don Bosco tokoa izao fanenjehana pretra sy fivavahana izao, sady nampieritreritra azy lalina ihany koa. Fa hoy ny rakitsorany: «Rivo-pisainana feno haromotana no nipoitra nanohitra ny fikambanan-drelijiozy samihafa tao amin'ny Fiangonana, ary ny tena nenjehina dia ny pretra sy ny mpitondra fiangonana rehetra». Ary izany fankahalana sy fanesoana fivavahana izany, araka ny fandinihan'i Don Bosco, dia mampandositra ny tanora hanalavitra «ny fahaiza-mitondra tena sy ny fitiavam-bavaka» ary miafara any amin'ny fanalavitana «ny fiantsoana ho pretra» na ho relijiozy.

Koa dia nanapa-kevitra izy fa tokony hanomana pretra sahaza izany vanim-potoana feno revôlisiônina izany, iroboroboan'ny taozava-baventy niteraka ny sarangan'ny mpiasa madinika mbola tsy fahita hatrizay teo amin'ny Tantara. Araka ny eritreritr'i Don Bosco manko dia manohitra ny pretra ny vahoaka: tsy noho izy ireo tsy mandray anjara amin'ny ady fitakiana ny fahaleovantenam-pirenena italianina, fa noho ny ankamaroan'ny pretra «tsy avy amin'ny vahoaka». Saika avy amin'ireo fianakaviana andriana na mpanefoefo izy ireny, na miaina ihany koa toy ny mpanankarena. Nefa eo andanin'izany dia tsy hay tohaina sy tsy azo odian-tsy hita intsony ny firongatry ny sarangan'ny mpiasa an-tanàn-dehibe... Heverin'i Don Bosco fa mila pretra hafa karazana noho ny hatrizay izao fotoam-baovao diavin'ny Tantara izao: tsy any amin'ny fianakaviana manana ny ampy fotsiny ihany no tokony hanomanana izay ho pretran'ny Fiangonana: tsy maintsy misy koa ny fifidianana olona hiomana ho pretra avy eo anivon'ny vahoaka mpiasa isan-tokony...

Dia noraisin'i Don Bosco ho adidy àry ny fanomanana tanora efa amperinasa ho pretra rahatrizay. Nifidy tanora telo ambin'ny folo tanatin'ny tanora anjatony izy ary nomeny fiofanana kely arapanahy manokana ireo. Ao Valdocco no anarahan'izy ireo ny fiofanana maro endrika mandritra ny andro. Fa rahefa tonga kosa ny hariva, dia mody any amin'ny fianakaviany ny sasany, satria tsy manana fandriana ho azy rehetra ny *Oratorio Md François de Sales*.

Nohararaotin'i Don Bosco ny fifaneraserany tamin'ireto mba hamantarana izay azo antenaina fa handroso amin'ny lalindalina kokoa. Ary afaka volana vitsivitsy taorian'ny fiandohan'ilay fanandramana, dia nifidy efatra tamin'izy telo ambin'ny folo lahy izy hobeazina misimisy kokoa hatrany... Nanamafy orina ny *Oratorio* tao Valdocco izany fomba fiasan'i Don Bosco izany...

Androm-pisedrana tsy nilaozam-pahazavana

Nitondra fisedrana maro endrika ho an'i Don Bosco sy ny asa niantsorohany tokoa ny taonan'ny revôlisiônina 1848, raha atao

indray mijery. Nefa tsy nikitroka tanteraka ny habakabaka. Satria mba nisy ihany ny fahazavana nitsilopy nahavelom-panantenana, teo amin'ny faramparan'ny taona 1848 nirotsahan'ny fanalandririnina mamirifiry.

Iray tamin'ireo zava-tsoa roa nahavelom-panantenana sy nankahery an'i Don Bosco ny fandraisan'i Ascanio Savio akanjorebareba. Hafaliana ho an'i Don Bosco tokoa izay vanim-potoana izay satria iray faritany fiaviana aminy Ascanio Savio, sady anisan'ireo tanora nokarakarainy tao amin'ny *Oratorio Md François de Sales* hatramin'ny 1844, izany hoe: mbola teny amin'ny akany Fialofana no namorian'i Don Bosco ny tanorany, dia efa tao i Ascanio. Tokony hiditra any amin'ny seminera izy noho izao fandraisany akanjorebareba izao. Nefa nikatona ny semineran'i Turin ary teo an-dalam-pikatonana koa ny semineran'i Chieri tamin'izay. Koa rahefa vita tany Cottolengo ny fotoam-pivavahana nandraisany akanjorebareba, dia nomen'ny Arseveka lalana hanampy an'i Don Bosco tao Valdocco i Ascanio. «Nankiniko taminy avy hatrany - hoy ny rakitsoratr'i Don Bosco taty aoriana - ny ampahan'ny fanaovana andrimaso ny tanora, miampy fampianarana katesizy sy fiandraiketana kilasy samihafa. Dia nanomboka maivamaivana kely aho, noho izany»... Nanjary mpiadriondry ankehitriny ny iray tamin'ireo zanakondry nandrasan'i Don Bosco!... Marina fa efa-taona ihany no nijanonan'i Ascanio tao Valdocco nanampy an'i Don Bosco, raha atao topimaso ny tantara; ary lasa niditra tany amin'ny seminera izy taorian'izay. Nefa nankahery an'i Don Bosco sy nahavelom-panantenana azy ny nahita fa mba nisy voka-tsoa ihany ny asa nisasarany...

Ny zava-nitranga faharoa nankahery an'i Don Bosco sy nahatsapany fa tsy nilaozam-pahazavana ny fiainany nitety ny taona 1848 rako-pisedrana, dia ny fisian'ny fahagagana anankiray tsy nampoizina tao Valdocco. Andro fankalazana fety lehibe anankiray tao amin'ny akany, tamin'izay. Tanora anjatony maro no voaomana handray Kômonio. Koa rahefa nanolotra ny Sorona Masina i Don Bosco, dia nihevitra fa mbola misy hôstia voahasina ampy ho an'ny olon-drehetra ao amin'ny tabernakla. Tsy araka ny noheveriny anefa ny toe-javatra. Hadinon'i Joseph Buzzetti izay

nanankinana andraikitra maro, hatramin'ny fikarakarana sakristia, ny nanomana hôstia hohamasinina talohan'ny Sorona Masina ary efa vita ny fankamasinana vao tsaroany fa tsy ampy ny hôstia voahasina sisa ao amin'ny tabernakla. Tratra aoriana loatra ny fahatsiarovan'i Joseph Buzzetti. I Don Bosco koa tsy nahatsikaritra ny toe-javatra tsy nampoiziny raha tsy efa handeha hizara kômonio. Atao ahoana anefa no famerina, eny amin'ny toerany avy, ireto tanora efa mitanjozotra manatona handray kômonio?

Nanahirana an'i Don Bosco ihany ny hamerina ireo efa tafalahatra, fa dia naleony nanomboka nizara ireo hôstia vitsivitsy voahasina notahirizina tao amin'ny tabernakla.

Rahefa nonomboka nizara kômonio anefa izy, dia akory ny hagagany fa tsy nihena ary tsy nety tapitra ireo hôstia vitsivitsy voahasina ary afaka nandray kômonio avokoa ireo tanora voaomana. Zendana ihany koa i Joseph Buzzetti izay nahalala tsara ny toe-javatra. Ary dia izy ihany no rafitra nitantara ilay fahagagana tsy nampoiziny tamin'ireo tanora namany... Mbola nitantara ny momba izany fahagagana izany koa izy taty aoriana. Tamin'ireo Salezianina voalohany no nitantarany izany tamin'ny 1864 ary nanatri-maso teo i Don Bosco, sady nanamafy izay nolazainy. Hoy tokoa i Don Bosco tamin'izay: «Eny, tsy nisy afa-tsy hôstia vitsivitsy tao amin'ny ciboire nefa na izany aza, dia afa-nanome kômonio an'izay rehetra nanatona ny latabatra masina aho ary maro izy ireo. Tohina ny foko nefa tony aho. Ary hoy ny eritreritro: lehibe tokoa ny fahagagan'ny fankamasinana noho ny fahagagan'ny fampitomboana isa. Nefa hankalazaina anie ny Tompo amin'izay rehetra ataony!».

Famantarana tsy hay hazavaina izany, nefa zary fanilo manazava ny hoavin'ny asa mangina nimasoan'i Don Bosco tao andohasahan'i Valdocco tao! Fototra iorenan'ny hoavy ny lasa rehetra efa zary tantara nodiavin'i Don Bosco: na ny mamy izany na ny mafaitra!

Taona 1849: taom-pisedrana vaovao, sady taonan'ny asa soa miavaka sy fahagagana

Eny e! Tsy nilaozam-pahazavana ny taona 1848, na dia maro endrika koa aza ny fisedrana nianjady tamin' i Don Bosco sy ny asa niantsorohany tamin'izany vanim-potoana izany. Nantenaina hibaliaka kokoa ny taona 1849, nefa toa mbola nirongatra nanenika ny fiainan'i Don Bosco hatrany ny fisedrana isan-tokony...

Fisedrana isan-tokony

Taona 1849: taom-pisedrana vaovao!

Vaovaom-pianakaviana mampalahelo no nanombohan'i Don Bosco iny taona iny. Maty tampoka tamin'ny 18 janoary teo amin'ny faha-41 taonany i Antoine zokiny. Efa navalon'ny taona mifandimby moa ny fifandirana fahazaza, ka nivitrana indray ny fifankatiavan'izy mirahalahy. Ary tsy nifankafoy indray aza izy ireo, satria tamin'izao faramparany izao dia tonga matetika namangy an'i Neny Marguerite sy i Don Bosco tao Valdocco Ingahy Antoine... Mariky ny fifankatiavana nivitrana izany: «Izay mahavangivangy manko tian-kavana». Koa dia mazava fa fangirifiriana ho an'i Don Bosco ny nahalasanan-jokiny izay namela zaza fito.

Ary herinandro vitsivitsy taorian'izany famoizana an'i Antoine izany, dia nanomboka nitsoka indray ny rivotry ny ady fanohizana ny fitakiana fahaleovantena tsy ho eo ambany vahohon'ny Aotrisianina. Ary mbola niara-dalana tamin'izany rivotra mamofona ady izany koa ny rivo-pankahalana pretra efa nahitan'i Don Bosco sedra mafy tamin'ny 1848.

«Ho ela velona anie ny ady! Ho ela velona anie ny Repoblika! Adabohy any ny pretra!» Izany no hiakam-pitolomana re laza tamin'izany vanim-potoana izany. Sary fanesoana ny Papa Pio faha-9 ho *«Mpamadika an' i Italia»* no navoakan'ny gazety maro.

I Don Bosco koa tsy afa-bela tamin'ny famelezan'ny gazety sasany toy ny *«Il Fischietto»*. Dia nirongatra koa ny andian-jiolahimboto nitora-bato matetika ny trano Pinardi, nonenan'ny *«Oratorio Masindahy François de Sales»*. Ary rahefa mivoaka any an-tanàna i Don Bosco dia tsy afa-mandeha irery, fa miaraka amin'Ingahy Brosio, ilay mpitandro filaminana nampianatra ny tanoran'i Don Bosco nanao sarin'ady, satria efa nandry andriranantsy rahefa mety ho pretra. Imbetsaka tokoa i Don Bosco, rahefa mivoaka any an-tanàna, no mahazo ompa na mandre hira fanambaniana pretra avy amin'andian-jiolahimboto kely tafavory. Mila hamely tehamaina (tefaka) azy ireny mihitsy Ingahy Brosio fa i Don Bosco kosa mijanona manatona ny sasany amin'izy ireo ary mividy voankazo homena ireto jiolahimboto kely *«sakaizany»* (araka ny iantsoany azy ireo). Anisan'ny zavatra nampitondra fangirifiriana an'i Don Bosco tamin'ny taona 1849 koa ny nahafatesan'ny gazety naoriny nitondra ny anarana hoe: *«L'amico della Gioventù»* (Ny sakaizan'ny Tanora).

Toe-javatra anankiray nahalasa eritreritra an'i Don Bosco ny voka-dratsin'ny gazety mpanohitra fivavahana teo amin'ny tanora, na namidy teny an-dalambe izy ireny na natao peta-drindrina. Ny gazety katôlika kosa anefa, teo andanin'izany, dia tsy nisy firy. Koa dia nanapa-kevitra i Don Bosco, tamin'ny febroary 1849, fa hanorina sy hamoaka io gazety io hitaizana ny tanora, na dia efa maro ihany aza ny adidy hafa niantsorohany. Nivoaka intelo isan-kerinandro *«Ny sakaizan'ny Tanora»*. Ary i Mômpera Carpano sy i Mômpera Chiaves no niara-niasa taminy tamin'izany.

Tsy naharitra taona iray akory anefa ny nivoahan'ity gazety ho an'ny tanora ity, rahefa atao topimaso ny tantara. Laharana iraika amby enimpolo ihany no tafavoaka, dia maty ilay gazety. Fatiantoka teo amin'ny lafiny ara-bola no tena tsy nahatafavoaka ilay gazety intsony. Satria vitsy ny mpamaky: 137 no isan'izy ireo tamin'ny telovolana voalohany ary 116 tamin'ny telo volana faharoa. Voatery nandoa trosa tany amin'ny mpanao printy aza i Don Bosco... Tetsy andaniny, dia tsy nanenenany mihitsy ny nanorina an'io gazety io sy nibaby ny trosa vokatry ny namoahana azy, satria ezaka fanaovan-tsoa no nokendrena tamin'izany. Nefa tetsy ankilany koa, dia nampangirifiry azy ihany ny niafaran'ilay gazety,

satria nahitany taratra ny toetsaina matoritory tsy mba liam-baovao sy tia karokaroka niveloman'ny katôlika maro.

Satry dia satry ny penina hikorisa hitantara amin'ny andinindininy ny fisedrana isan-tokony nianjady tamin-dry Don Bosco tamin'izany taona izany. Saingy voafetra ny zavatra rehetra, ka dia aoka ny tenin'i Don Bosco ao amin'ny rakitsoranany ihany no amehezana ny resaka: «Feno tsilo ary nandamoka - hoy izy - ny taona 1849; nahitanay havizanana mafy izy iny ary nizakanay fahafoizantena amam-pihafiana goavana»...

Asa soa miavaka

Teo tokoa ny fisedrana isan-tokony nodiavin'i Don Bosco tamin'ny taona 1849. Nefa nisy koa ny asa soa miavaka nahitampankaherezana.

Asa soa miavaka, ohatra, ny fanohizan'i Don Bosco ny fanofanana tanora efa miasa ho pretra, izay efa natombony tamin'ny taona 1848. Telo ambin'ny folo ny tanora nofidiny harahi-maso manokana tamin'ny taona 1848. Efatra tamin'ireo indray kosa no nofidiny hampandrosoana bebe kokoa amin'ny fiofanana ho pretra tamin'ny taona 1849. Tsy iza ireo efa-dahy ireo fa i Joseph Buzzetti, i Jacques Bellia, i Charles Gastini ary i Félix Reviglio. Hoy i Don Bosco tamin'izy ireo:

- Tsy maintsy mba misy mpanampy aho eto amin'ny *Oratorio*...

Ka alohan'ny zavatra rehetra, dia tsy maintsy miverina mianatra ianareo...

Fianarana manokana hahazoana haingana fahalalana maro, hatramin'ny teny latinina, no novinavinain'i Don Bosco homena azy ireo. Ary nolazainy tamin'izy ireo koa fa aorian'ny fianarana, «raha sitrak'Andriamanitra, dia afaka ho tonga pretra» izy ireo. Nifampijery izy ireo ary nanaiky. Koa dia nambaran'i Don Bosco

tamin'izy efa-dahy ny fepetra takiany amin'izy ireo. Navoakany ny mosara fotsy anankiray, dia nataony niforiporitra tao an-tanany. Ary hoy izy hoe:

- Ny angatahiko aminareo dia ny ho eo am-pelatanako toy ity mosara ity: manaiky amin'ny zavatra rehetra.

Anisan'ny asa soa miavaka tamin'ny taona 1849 koa ny fandraisan'i Don Bosco an-tanana, tamin'ny volana ôktôbra, ny *«Oratorio Anjely-Mpiambina»* teny Borgo Vanchiglia. Izay Mômpera Cocchi izay no niandraikitra an'io akany io teo aloha. Anisan'ireo pretra nankasitraka ny tolom-pitakiana fahaleovantena nataon'ny vahoaka italianina i Don Cocchi, ka dia notarihiny handray anjara tamin'ny ady tao Novarre koa ny tanoran'ny *«Oratorio Anjely-Mpiambina»*. Tsy neken'ny mpitari-tafika tao Vercelli ho anisan'ny miaramila ara-dalàna anefa ireo tanora roanjato lahy notarihin'i Don Cocchi, ka dia niveri-maina tsy nahita hanin-kohanina sy trano hatoriana sady trotraky ny dia antongotra dia izany toe-javatra izany no nampikatona ny *«Oratorio Anjely-Mpiambina»* tao Borgo Vanchiglia. Ary niafiana mihitsy aza i Don Cocchi nandritra ny volana vitsivitsy... Dia i Don Bosco indray no nomen'ny Arseveka sy i Don Cocchi lalana amantsodrano hanokatra ilay *Oratorio*. I Don Carpano, izay niantsoroka ny *Oratorio Md Louis* tao Porta Nuova, no nalefan'i Don Bosco tany Borgo Vanchiglia. Ary i Don Ponte no nanankinany ny *Oratorio Md Louis*...

Herinandro vitsivitsy taorian'izay, dia nisy asa soa miavaka nipoitra koa tao an-dohasahan'i Valdocco: afaka nampitombo ny isan'ireo tanora kilasimandry tao amin'ny *Oratorio* i Don Bosco, noho izy nahazo mpanampy azo antoka. Fa ankoatry ny fanampiana betsaka efa nanamaivanan'i Ascanio Savio azy hatramin'ny volana vitsivitsy izao, dia tonga tao amin'ny *Oratorio Md François de Sales* hanampy azy koa i Don Giacomelli, tamin'ny 8 nôvambra 1849. Mpiara-mianatra tamin'i Don Bosco tany amin'ny seminera i Don Giacomelli ary hipetraka eto amin'ny akany mandritra ny roa taona izy. Noho ny fanampian'i Don Giacomelli sy i Ascanio Savio àry, dia afa-nampitombo ny isan'ny kilasimandry karakarainy i

Don Bosco. Fito ireo kilasimandry ireo tamin'ny faran'ny taona 1847. Tafakatra telopolo ny isan'izy ireo tamin'ny 1849. Ary mbola hitombo isa hatrany ireo, arakaraka ny handrosoan'ny tantara: 36 izy ireo tamin'ny taona 1852, 76 tamin'ny 1853, 115 tamin'ny 1854, 470 tamin'ny 1860 ary 600 tamin'ny 1861...

Tsy dia hoe nanana ny ampy ireto kilasimandry ireto, raha ny ara-pitaovana no jerena. Nahantra izy ireo satria mahantra ihany koa ny *Oratorio* nandray azy ireo: kidoro voasesika ravimaina na mololo no nandrian'ny ankamaroany. Nefa nahatsiaro sambatra izy ireo teo anilan'i Don Bosco, satria harena sarobidy ho azy ireo ny fitiavan-dray feno fitokisana nitiavan'i Don Bosco azy rehetra... Nandray anjara tamin'ny zavatra rehetra natao tao amin'ny *Oratorio* niaraka tamin'ny kilasimody anjatony maro, ireo kilasimandry ireo rahefa alahady. Ary i Joseph Buzzetti (vao fito ambin'ny folo taona monja tamin'ny 1849) no nanankinan'i Don Bosco manokana ny fitantanana izay mba vola kely niveloman'ireto kilasimandry ireto...

...«Fahagagana?» Eny!

Tamin'ny faramparan'ny taona 1849, teo anivon'ny hanoanana vokatry ny ady, dia nahitana zava-nitranga mahagaga ihany ny tantaram-piainan'i Don Bosco.

a) Vola kely namidy koba...

I Joseph Brosio, ilay mpitandro filaminana sakaizan'i Don Bosco, no nitantara an-tsoratra ilay «zava-nitranga nahagaga» voalohany, ao amin'ny taratasy nalefany ho an'i Don Bonetti. Izao àry no voarakitra ao amin'io taratasin'Ingahy Brosio io: «Indray andro, raha tao amin'i Don Bosco aho, dia iny nisy lehilahy anankiray nangata-bonjy taminy. Notantarainy fa manan-janaka dimy izy ary tsy nihinan-kanina ireo efa hatramin'ny indray andro tontolo. Nisava paosy i Don Bosco, vola kely tsy ampy toy inona

akory no hitany tao ary natolony an'ilay Rangahy nomban'ny tsodranony. Rahefa irery izahay, dia nilaza i Don Bosco fa nampalahelo azy ny tsy nananany vola mihoatra noho izay natolony an'ilay olona. Dia hoy aho taminy:

- Ahoana moa no ahafantaranao fa nilaza ny marina izy? Raha mba mpisandoka moa iny?

- Tsia - hoy i Don Bosco - tsotra sady marina izy. Ampiako aza fa olona fatra-pitia asa sy tena mifikitra amin'ny fianakaviany izy iny.

- Ahoana moa no ahafantaranao an'izany?

Dia noraisin'i Don Bosco tamin'ny tanako aho, sy nojereny tao anaty masoko ary nilazany moramora hoe:

- Voavakiko tao am-pony izany...

Taty aoriana kely, dia nifanena tamiko teny Turin ilay lehilahy nomen'i Don Bosco vola kely voatsodrano. Tadidiny aho, ka najanony sy nilazany fa nandeha nividy koba hanaovan-tsakafo tamin'ilay vola izy ary nihinana afa-nanaram-po nanao voky tsara daholo izy sy ny fianakaviany. Hoy aza izy nanampy hoe:

- Ilay pretran'ny fahagagana tamin'ny sakafo no iantsoanay mianakavy azy, satria raha ny tokony ho izy, dia koba mahavoky olona roa ihany no azon'ny vola nomeny; izahay anefa fito mianaka no nihinana sy voky».

b) «Torimaso hafahafa»...

Ny toe-javatra faharoa nahagaga nitranga tamin'ny 1849 dia mikasika ny fomba nahafatesan'i Charles, iray tamin'ireo tanora mpankao amin'ny *Oratorio Md François de Sales*. Misy taratasy anankiray amin'ny teny frantsay, mikasika an'io zava-nitranga mahagaga io, navelan'ny andriambavy Marie Fassati. Antitranterin'ity Andriambavy ity, eo am-piandohan'ny taratasiny, fa izay rehetra tantarainy mikasika an'io fomba nahafatesan'i Charles io dia henony mivantana tamin'i Don Bosco; ary niezaka arak'izay tratry ny heriny izy nametraka an-tsoratra izay voalazan'i Don Bosco. Araka ny voasoratry ny andriambavy Marie Fassati àry, dia

narary mafy i Charles indray andro. Notadiavina tao Valdocco i Don Bosco fa nampiantsoiny. Tsy tao anefa i Don Bosco ary tsy tafaverina tao Turin raha tsy andro roa taorian'izay nitadiavana azy izay. Ary ny ampitson'ny niverenany tamin'ny 4 ora tolakandro izy vao afa-nandeha hamangy an'i Charles. Fahoriana aman-dranomaso anefa no novantanin'i Don Bosco tao an-trano. Nolazain'ireo ray aman-drenin'i Charles taminy fa nodimandry tamin'ny marainan'io andro nahatongavany io ny zanakalahin'izy ireo. Nangata-dalana àry i Don Bosco mba havela hijery indray an'i Charles. Dia nisy mpiasa anankiray tao an-trano nitondra an'i Don Bosco tao amin'ny efitrano niandrasana ny razana.

Ary toy izao no fitantaran'i Don Bosco ny tohin'ny fandehanjavatra tamin-dRamatoa Marie Fassati:

«Teo am-pidirana tao an'efitrano, dia tonga tao an'eritreritro fa tsy maty izy; nanatona ny farafara aho ary niantso azy tamin'ny anarany hoe: Charles! Dia nahiratr'i Charles ny masony ary niarahaba ahy tamin'ny endrika gagagaga izy: "Oh! Don Bosco - hoy ny antsony. Nanaitra ahy tamin'ny nofy mahatsiravina ianao!"

Nony nahita izany, araka ny fitantaran-dRamatoa Marie Fassati, ireo olona maro tao an'efitrano nisy ny razana, dia raiki-tahotra ka nitsoaka nandositra niantsoantso ary nampianjera ireo jiro tao an'efitrano... Fa i Don Bosco kosa niolomay nandriatra ny lambampaty voazaitra nifonosan'i Charles, izay mbola nanohy niteny taminy hoe:

"Toa natosika tamin'izany lavabato lavabe sady maizimaizina sy tery izany aho, ka zara raha afaka niaina; tery am-paran'ilay lavabato dia nahita toerana malaladalaka kokoa aho sady mazava kokoa, izay anaovana fitsarana fanahy marobe, ary ny tebitebiko sy ny hatahorako dia tsy nitsaha-nitombo satria nahita fanahy betsaka voaheloka aho; nony ela dia tonga koa ny anjara fitsarana ahy ary efa handeha hiombona anjara mahatsiravina tamin'izy ireo aho, noho izaho tsy nanao tsara ny kônfesiko farany, no nanaitra ahy ianao!".

«Nandritra izany fotoana izany - hoy Ramatoa Fassati manohy ny fitantarana - dia niolomay ny ray aman-drenin'i Charles rahefa nahare fa velona ny zanak'izy ireo; niarahaba azy ireo am-pitiavana, ilay tovolahy nefa nilaza tamin'izy ireo koa mba tsy hiandrandra ny fahasitranany. Ary rahefa avy nanoroka azy ireo izy, dia nangataka mba havela irery miaraka amin'i Don Bosco».

Dia notantarainy tamin'i Don Bosco, araka ny voalazan-dRamatoa Fassati ihany, fa lavo tao amin'ny hadisoana noheveriny ho fahotana mahafaty izy. Ary rahefa tsapany ho tena narary be izy, dia naniraka olona hitady an'i Don Bosco, tao anatin'ny toe-panahy feno fahavononana hikônfesy am-pahatsorana ny hadisoana nahalavo azy. Saingy tsy tao moa i Don Bosco, ka dia pretra hafa no nantsoina ho azy; nefa pretra tsy dia fantany io, ka tsy sahiny nilazana na oviana na oviana ilay ota nahalavo azy. Dia nasehon'Andriamanitra azy tao anatin'ny nofy ratsy nandritra ny *«torimaso hafahafa»* niendri-pahafatesana fa mendrika ny afobe na ny fahaverezana izy noho ny kônfesy tsy ara-pahamarinana nataony tamin'ilay pretra tsy fantany... Rahefa voalazany tamin'i Don Bosco izany, dia nikônfesy tamim-panenenana lalina izy. Ary raha vao voarainy ny tsodranom-pamelan-keloka, dia nakatony ny masony ary niala aina moramora izy...

d) Voanoka (Châtaigne) efatra kilao nahavoky tanora anjatony maro.

Ny zava-nitranga fahatelo kosa, dia i Joseph Buzzetti, iray tamin'ireo tanora kilasimandry tena nitokisan'i Don Bosco ihany, no nitantara azy ary nohamafisin'i Charles Tomatis, anisan'ireo tanora voalohany noraisin'i Don Bosco ho kilasimandry.

Tamin'ny andro fahatsiarovana ireo nodimandry ary, araka ny fitantaran'i Joseph Buzzetti, dia nentin'i Don Bosco namangy fasana (cimetière) sy nivavaka teny ireo tanora anjatony maro mpankao amin'ny akany rahefa alahady sy andro fety. Nampanantenainy izy ireo fa homena voanoka (voankazo) nahandroina rahefa tafaverina avy eny. Ary efa nampividy voanoka telo kitapo be izy.

Tsy nahazo tsara izay tena notadiavin'i Don Bosco anefa i Neny Marguerite, ka dia eo ho eo amin'ny telo na efatra kilao fotsiny ny voanoka nasainy nahandroina.

Nialoha lalana ny maro avy namangy fasana sy nivavaka i Joseph Buzzetti, anisan'ny mbola tanora tokoa, nefa efa nanankinan'i Don Bosco ny fitantanam-bola tao amin'ny *Oratorio*. Nahita ny toe-javatra izy, ka nilaza fa «harary i Don Bosco» amin'izao fandehan-javatra izao, ka «tsy maintsy ampandrenesina avy hatrany izy».

Saingy tsy afa-nanazava ny fandehan-javatra ara-potoana tamin'i Don Bosco i Buzzetti, teo anivon'ny korataban'ireto tanora marobe efa nandre hanoanana ihany. Avy hatrany dia noraisin'i Don Bosco ilay sobika kely nisy ny voanoka masaka ary nanomboka nizara izany izy; sotrobe lalina efa misy loaka izay no nizaràny azy.

Rehefa nahita ny fomba fizaran'i Don Bosco ny voanoka i Buzzetti, dia niantsoantso teo anivon'ny korataban'ireo tanora hoe:

- Aza dia atao be toa an'io, fa tsy ho ampy ho an'ny olondrehetra.

- Misy telo kitapo anie ao an-tranofiketrehana - hoy i Don Bosco.

- Tsia! Tsy misy afa tsy io - hoy i Buzzetti niezaka namaly azy. Sahirana ihany i Don Bosco nahare izany:

- Nampanantena voanoka ho an'ny rehetra aho anefa, ka dia aoka hotohizintsika hatrany ny fizarana, raha mbola misy ato anaty sobika.

Dia nanohy nizara ny kely sisa tavela tam-pinoana ombampitiavana amam-panantenana i Don Bosco. Nomeny iray sotrobe lalina avy ny tanora tsirairay nanatona azy. Niandriandry izay hahataperan'ny kely sisa tavela tao anaty sobika i Buzzetti. Ary tena sahiran-tsaina izy fa mbola tanora anjatony maro no nitandavana nilahatra haka ny anjarany, nefa kely dia kely sisa ny voanoka hita

tao anaty sobika. Nisy tanora hafa koa nandinika ny fandehanjavatra toa an'i Joseph Buzzetti. Ka dia nihamaro ny nanara-maso sy nahatsikaritra fa tsy nety tapitra mihitsy ny voanoka kely tao antsobika, nefa nahazo ny anjarany daholo izay rehetra nanatona... Ary dia zendana sy nitampim-bava tsy nahateny ny maro, satria samy nahazo ny anjarany daholo ny mpilahatra rehetra anjatony maro...

Tsapan'ireo tanora maro tamin'iny andro iny fa tena *«olomasina tokoa i Don Bosco»*...

Nentanin'ny finoana lalina ombam-pitiavana amam-panantenana tokoa i Don Bosco (Mat 17,20;21,21-22), ka dia niseho taratra teo amin'ny asa fanasoavana nirotsahany ny herin'Andriamanitra-Mpitsimbina, izay mila ny fiaraha-miasa amintsika olombelona mba hahatomombana ny fitiavan'Izy Andriamanitra hamonjy ny olombelona...

Fahasoavana mitosaka

Teo anilan'ireo fisedrana maro endrika isan-tokony ary ankoatr'ireo fahazavana nitsilopy mbamin'ny asa soa miavaka amam-pahagagana, dia nisy koa ny taom-pahasoavana mitosaka nanamafy orina ny sangan'asan'i Don Bosco.

Faneken'ny Fanjakana ny hasarobidin'ny asan'i Don Bosco

Efa nasian-teny tery am-piandohan'ity toko faha-15 ity fa niteraka fahantrana sy fisavorovoroana amam-pisaraham-bazana teo anivon'ny fiarahamonina Eorôpeanina, ny revôlisiônina nomban'ady nipoaka tetsy sy teroa, eran'i Eorôpa, tamin'ny 1848. Nanana ny fomba nijereny ny toe-javatra i Don Bosco, teo

anatrehan'ny rivotra ara-pôlitika niainan'ny mpiara-belona. Vao nisandratra moa ny sangan'asa niantsorohany tamin'izany, ka izay lalana hitany fa mety hampandroso kokoa ny akany fikarakarana ny tanora kamboty sy mahantra tsy mana-mpiahy no nofidiny. Koa dia nazava taminy fa ny firaiketam-po amin'ny Papa, Solontenan'i Kristy-Filohan'ny Fiangonana, sy ny tsy fiandaniana amin'ny antoko izatsy na izaroa no lalana tsara hizorana. Ny *«Pôlitikan' ny Rainay any an-danitra»* aza no tena sori-dalana nirotsahany, ka izay *«sitrapon'Andriamanitra no nokatsahiny hotanterahina»*, satria voalaza ao amin'ilay vavaka nampianarin'i Kristy ny hoe: *«ho tanteraka anie ny sitraponao* (Fitiavana), *ety an-tany tahaka ny any an-danitra»* (Mat 6, 10). Nefa koa tsy azony nidifiana mandrakariva, amin'ny maha-olombelona azy, ny fiandaniana ara-pôlitika; satria ny fandavana tsy hiandany ara-pôlitika dia efa karazampiandaniana; toy izany koa ny firaiketam-po tsy hivadika amin'ny Papa, Solontenan'i Kristy-Filohan'ny Fiangonana izay nanolorany ny fiainany manontolo!...

Raha atao indray mijery ny hevitr'i Don Bosco momba ny pôlitika, dia izao: ekeny fa manana ny anjara toerany ara-drariny eo amin'ny fisiana maha-olombelona ny pôlitika, nefa ekeny ampahatsorana koa fa tsy ananany fanomezam-pahasoavana manokana ny fanaovana pôlitika mivantana... Ity lafiny faharoa ity no nahatonga azy hionona tamin'ny firaiketam-po amin'ny Papa sy nahatonga azy handà tsy hirotsaka tamin'ny ady pôlitika feno fifampiandaniana tamin'ny revôlisiônina 1848 sy ny tamin'ny taona manaraka rehetra.

Nampitondra fahoriana azy izany fijoroany tsy hirotsaka tamin'ny ady pôlitika izany, tamin'ny taona 1848, satria nisy vanimpotoana niadiany irery teo anivon'ny adidy mavesatra, noho ireo pretra sasany niara-niasa taminy nandao azy. Nefa tsy azo lavina koa, rahefa jerena ny tantara, fa nisy voka-tsoa nipoitra avy amin'ilay finiavan'i Don Bosco tsy hikasikasika pôlitika sy hanampy amin-kitsimpo ireo ankizilahy mahantra sy kamboty tsy mana-mpiahy.

Noho ny adidin'i Don Bosco nihanavesatra tao Valdocco, dia nandefa taratasy tany amin'ny ministeran'ny Atitany izy, tamin'ny faramparan'ny taona 1849, mba hiangavy fanampiana kely arabola ho an'ny akany iantsorohany.

Tsy nanentsin-tadiny moa ny Fitondrana tao Turin tamin'izany, ka naniraka Mpanolotsaina telo, mpikambana ao amin'ny Filankevi-pitondrana, hamangy ny*Oratorio Md François de Sales* ary hanao tatitra ho an'ny Filankevitra (Sénat) sy ny ministeran'ny Atitany.

Dia nidina tao an-dohasahan'i Valdocco àry ry Ingahy Sclopis sy Pallavicini ary Collegno, indray alahadin'ny volana janoary 1850. Nanaitra azy ireo ny fahitana ankizilahy dimanjato miara-mientana, eo ambany fiadidian'i Don Bosco sy ireo mpanampy azy: mbetika milalao sy miala vonkona eran'ny tokontany, mbetika indray miara-mirohotra hivavaka, ary tena mifanitsa-kitro ao an-tranofivavahana sy eto ivelany... Dia fantatr'ireo iraka tamin'ny alalan'ny tanora sasany niresahan'izy ireo koa fa misy kilasi-mandry telopolo ao amin'ny akany, sady kamboty avy lavitra ny ankamaroany...

Nanao tatitra tany amin'ny Filankevitra Ingahy Pallavicini taorian'ny famangiana. Ary voarakitra ao amin'ny tatitra ara-panjakana tamin'ny 1 marsa 1850 fa «ahitana tombontsoa» be sangan'asan'i Don Bosco sady «tena ara-pivavahana» sy mahasoa «ara-pitondrantena». Voalaza ao amin'ny tatitra mihitsy aza fa fatiantoka ho an'i Turin ny «fanjavonan'io *Oratorio* io noho ny tsy fisian'ny fanampiana». Koa dia nanao fiangaviana mazava ny vaomiera mpanadihady mba hanampian'ny ministeran'ny Atitany ny sangan'asa ilaina sy ahitam-bokatsoa toy ny an'i Don Bosco.

Neken'ny Fanjakana, arak'izany, ny hasarobidin'ny asan'i Don Bosco. Ka dia nahazo fanampiana avy amin'ny Filankevitra sy ny ministra Urbano Rattazzi ny *Oratorio Md François de Sales*.

Tsy ny fanampiana ara-bola ihany no vokatsoa azon'i Don Bosco sy ny akany nokarakarainy avy amin'ny famangiana nomban-tatitra nataon'ireo Mpanolotsaina telolahy. Teo koa, ary sarobidy noho ny fanampiana ara-bola, ny fahafahan'ny *Oratorio* nijoro tsy voatohintohina, rahefa injay tena nahery vaika ny tsy fifankahazoan'ny Fanjakana sy ny Fiangonana tao amin'ny faritr'i Piemonte, izay misy an'i Turin, nanomboka tamin'ny faramparan'ny

volana jiolay 1850. Nirongatra indray ny fankahalana pretra. Nosamborina ny Arseveka Fransoni tamin'izany (7 aogositra) ary ho voaheloka tsy hahazo mandia ny Fanjakan'i Piemonte intsony ny 28 septambra. Nisy andian'olona voatokana nanafika ireo tranon-drelijiozy samihafa teo an-tanàna, ka voatery niarotena tsy namoha trano ireo relijiozy isan-tokony toy ny Dôminikanina, sns... Anisan'ireo nokendrena hotafihina ihany koa ny*Oratorio Md François de Sales*, tamin'ny 14 aogositra. Nisy an'izany Ingahy Valpato izany tonga tao Valdocco ary nampandre an'i Don Bosco fa hotafihina ny harivan'io andro io ny *Oratorio*, koa tsara, hono, raha miala ao dieny mazava, miaraka amin'ireo tanorany, i Don Bosco...

Nieritreritra anefa i Don Bosco, ka nanapa-kevitra hijanona. Dia indreny tokoa tamin'ny efatra ora tolakandro fa nidina moramora nanatona ny *Oratorio* ny andian'olona mpanao fihetsiketsehana tonga hanafika. Nisy lehilahy anankiray mba nahazo soa tamin'i Don Bosco ihany anefa, hono, araka ny voalazan'i Don Lemoyne, teo anivon'ireo olona nitandavana nilahatra hamely ny *Oratorio Md François de Sales*. Najanony ireo andian'olona tonga voalohany ary nilazany hoe:

- Tsy tsara ny manafika ny *Oratorio*. Ankizy mahantra sy pretra iray mba manome azy hanin-kohanina no ho hitantsika ao. Avy amin'ny vahoaka toa antsika i Don Bosco. Ka aoka havelantsika am-pilaminana izy.

Taorian'ny adihevitra nifanaovan'ny samy mpanafika, dia lalan-kafa indray no nizoran'ny mpanao fihetsiketsehana.

Afaka tamin'ny ady sarotra ny *Oratorio* noho ny fijoroan'i Don Bosco hiasa amin-kitsimpo hanompo ny tanora kamboty sy mahantra araka ny fanomezam-pahasoavana noheveriny ho natolotr'Andria-manitra azy, ka nahatonga azy tsy hirotsaka be fahatany tamin'ny ady pôlitika feno fiandaniana... Dia afaka nanohy mangina ny asany, teo anivon'ny oram-batravatra nampanjombona ny fifandraisan'ny Fanjakana sy ny Fiangonana, ilay pretra zanaka tantsaha.

Fanofanana mpanampy sy fividianana ny trano Pinardi

a) Fanomanana «solofo dimbin'ny ala»

Tsy nitsahatra nanomana ireo tanora efa-dahy notsongainy ho mpanampy azy rahatrizay i Don Bosco, na dia teo aza ny tsy fifanarahana tamin'ny Fanjakana noho ny lalàna mikasika ny zon'ny Fiangonana, navoakan'ny Ministry ny Fitsarana Siccardi ary nankatoavin'ny Antenimiera (Chambre) sy ny Filankevitra (Sénat) tamin'ny 8 avrily 1850. Nataon'i Don Bosco ny hahavonona azy efa-dahy (Reviglio, Bellia, Buzzetti ary Gastini) hiatrika ny fanadinana handraisana akanjorebareba maha-seminarista. Ary fanampin'izany, dia nataony andrimaso teny ho eny koa i Michel Rua, izay vao avy nahavita ny fianarany tao amin-dry Freran'ny Sekoly Kristianina, tamin'ny tonontaom-pahavaratra 1850 (jiona-septambra), ary fantany efa hatramin'ny taona 1845.

Nampiantso azy i Don Bosco indray andro ary nanontany azy ny momba izay kasainy hatao amin'ny taona ho avy. Dia namaly an'i Don Bosco i Michel Rua fa handeha hiasa hanampy ny fianakaviana izy, satria efa nahita asa ho azy tany amin'ny toerana fanamboarana fitaovam-piadiana ny reniny. Fa hoy i Don Bosco nanohy ny resaka:

- Izaho koa mba niresaka tamin'olona anankiray. Ireo mpampianatra anao dia nilaza tamiko fa nomen'Andriamanitra saina mahiratra tokoa ianao, ka hampalahelo ihany raha tsy manohy fianarana ianao. Hoekenao ve ny mbola hianatra?

- Mazava loatra - hoy i Rua - saingy mahantra ny reniko; ny raiko efa maty. Aiza moa no tadiavinao handehanako haka vola ho an'ny fianarana?

- Izaho no hiandraikitra izany - hoy i Don Bosco -. Fa angataho fotsiny amin'ny reninao mba havelany hanomboka ny fianarana teny latinina ianao.

Nolazain'i Rua an-dRamatoa Jeanne-Marie, reniny, ny resaka nataon'i Don Bosco taminy. Faly sahirana ny renin'i Rua: faly

amin'ny hanohizan-janany fianarana, nefa sahirana koa satria marefo ihany ny fahasalaman'i Michel Rua. Manahy manko izy sao dia handreraka loatra an-janany ny fianarana lava mitohy, ka hahafaty tanora azy koa toa ireo rahalahiny efatra:

- Ilazao i Don Bosco - hoy izy tamin-janany - mba tsy hitana anao miondrika lava amin'ny boky.

Nampidirin'i Don Bosco hianatra tamin'ny sekoly tsy miankina amin'ny Fanjakana, notanan'Ingahy Joseph Bonzanino, izy tamin'ny nôvambra 1850. Ary ny hariva kosa dia i Don Bosco ihany no mampianatra kajy azy...

Nisy vokatsoa azon'i Don Bosco tokoa tamin'izany asa mangina fanomanana mpanampy izany, na dia tsy arak'izay nantenainy mandrakariva aza ny fiafaran'ny tantara.

Nony ela, dia afa-niatrika ny fanadinana handraisana akanjorebareba ry Reviglio sy Bellia ary Buzzetti sy Gastini. Ary afaka soa aman-tsara tamin'ny fomba mamirapiratra izy ireo. Tao amin'ny *Oratorio* ihany no nanaovana ny fotoam-pivavahana fandraisana akanjorebareba tamin'ny 2 febroary 1851. Faly i Don Bosco, satria noheveriny fa efa eo an-dalam-pisandratana ho mpiandriondry ireo voalohan-janakondry notsongaina tanatin'ny maro. Tsy arak'izany anefa ny fihodinan'ny tantara. I Reviglio sy Bellia ihany no tody pretra tamin'izy efa-dahy; ary tsy hijanona ao amin'ny *Oratorio* izy ireo rahefa hatrizay pretra. I Gastini indray dia tsy nanam-pikirizana firy, ka nandao ny fianarana lava fiomanana ho pretra. I Buzzetti kosa dia nijanona nanampy an'i Don Bosco tao amin'ny *Oratorio*, na dia tsy tody pretra aza.

I Michel Rua ihany, tamin'izy dimy lahy, no ho tody amin'ny fikasana nandrandrain'i Don Bosco azy: ho pretra mpanabe ao amin'ny *Oratorio*, ho solofo dimbin'ny ala...

b) Fividianana ny trano Pinardi

Taorian'ny fandraisan'izy efa-dahy ny akanjorebareba, dia nieritreritra i Don Bosco fa tsara raha mba manan-trano hivantanana

ao aminy ireto seminarista ireto. Tsy ho tanteraka anefa izany eritreritra izany raha mbola mpanofa trano koa izy ao amin'ny trano Pinardi, satria tsy an'ny tena ny trano, ka mety hamidin'ny tompony na hampanofainy amin'ny olon-kafa amin'ny fotoana tsy ampoizina ny trano. Koa dia nanapa-kevitra i Don Bosco fa hividy ny trano Pinardi manontolo.

Nandeha niresaka ny fikasany tamin'Ingahy François Pinardi izy, indray alahady tolakandro. Dia nolazainy tamin'ilay tompon'ny trano fa 30.000 lira no tombam-bidy hahasahiany mividy ny trano; ary io tombam-bidy nolazainy io dia manan-tombo amin'izay nambaran'i Spezia izay manam-pahaizana manokana momba ny taotrano sy ny ambaindainy.

Nifanojo «ny tia sy ny manina», ka dia nilamina ny resaka. Nambaran'i Don Bosco aza, tamin'izay, fa afaka tapabolana dia hatao ny taratasy fifanekem-barotra. Izy anefa, teo anatrehan'izany, dia mbola tsy nahalala akory izay fomba hahitany vola ao anatin'ny tapabolana...Toa nilamina ho azy foana teo anefa ny fandehan-javatra. Hoy i Don Bosco ao amin'ny rakitsorany: «Iny hariva iny ihany, dia tonga nihaona tamiko i Don Cafasso ary nilaza fa misy olona anankiray vontom-pinoana, ny andriambavy Casazza-Riccardi, naniraka azy mba hanome 10.000 lira hampiasaiko arak'izay heveriko ho mety indrindra hanompoana ny voninahitr'Andriamanitra. Ny andro manaraka, dia nisy relijiozy lahy anankiray nanaiky hampisambotra ahy vola 20.000 lira». Efatra isan-jato ny zana-bola nolazain'ilay mpampisambotra, nefa tsy dia hentitra na oviana na oviana izy nitaky tamin'i Don Bosco na ny renivola na ny zanany. Voalazan'i Don Bosco koa fa «ny 3.000 lira tsy ampy (tamin'ny fanatontosana ny fifanekem-barotra), dia nofenoin'Ingahy Cotta tompon'ny banky nanaovana ny fifanekem-barotra».

Dia lasa fananan'i Don Bosco feizay ny trano Pinardi tao Valdocco sy ny mombamomba azy. 19 febroary 1851 tamin'izay! Araka ny voasoratr'i Don Bosco, dia fahasoavana nitosaka vokatry ny Fitiavan'Andriamanitra-Mpitsimbina ny fahazoana tsy nisy olana ny trano Pinardi...

Fanorenana fiangonana sy fanitarana trano

a) Fanorenana fiangonana

Dia io lalan'ny fitokisana an'Andriamanitra-Mpitsimbina io ihany no nizoran'i Don Bosco teo am-pibanjinana ny hoavy tsara-tsara kokoa hatrany. Koa tamin'iny volana febroary 1851 vao nahazoany ny trano Pinardi ho azy tanteraka iny ihany, dia efa nieritreritra ny hanorina tranofiangonana ho mari-boninahitr'i Md François de Sales.

Nolazainy an-dreniny izany fikasany izany indray takarivan'ny volana febroary, ka taitra sy gaga i Neny Marguerite:

- Fa aiza moa no hangalanao ny vola? Eto aza isika efa tsy afa-manome hanina sy fitafiana an'ireto ankizilahy mahantra ireto, kanefa ianao miresaka fiangonana vaovao. Manantena aho fa handinika izany lalina kokoa ianao, ka hifanaraka tsara amin'Andriamanitra alohan'ny irotsahana amin'ny zavatra toy itony.

- Neny - hoy i Don Bosco - raha manam-bola ianao, moa ve tsy homenao aho?

- Mazava loatra fa homeko ianao - hoy i Neny Marguerite - saingy tsy manana ninoninona intsony aho.

- Ary Andriamanitra izay tsara sy malala-po kokoa noho ianao ve dia tsy hanome ahy izany?...

Efa masaka ny fandinihan'i Don Bosco ary natoky ny fitiavan' Andriamanitra-Mpitsimbina izy, ka tsy maintsy mandroso. Mety manko, araka ny fandanjalanjany ny toe-javatra, ny mamboatra fiangonana vaovao, fa tsy ampy ho an'ny tanorany intsony ny «Chapelle Pinardi» na dia efa nohalehibeazina aza. Sady, fanampin'izay koa, tena feno rano ao rahefa ririnina sy amin'ny fotoanan'ny orana, ary manempotra aok'izany ny hafanana sy ny fofona mahery rahefa mafana be ny andro.

Natomboka àry ny fanamboarana, ka nolavahina ny fototra. Dia notsofin-drano tamin'ny 20 jolay 1851 ny vatofehizoro. Ingahy Joseph Cotta, iray tamin'ireo mpanao soa an'i Don Bosco, no nametraka an'io vatofehizoro io. I Michel Rua no namaky ny teny fisaorana. Ary i Mômpera Barrera, lehilahy manantalenta amin'ny fitenenana, no nanao ny kabary; ka hoy ny voalazany tamin'izay hoe: «Ity vato ity no voantsinapy. Handrobona toy ny hazo izy, ka tanora marobe no ho avy hialokaloka eo akaikiny».

Fa namaky loha an'i Don Bosco ihany ny vola nilaina tamin'ny fanorenana an'ity fiangonana ity. Nandom-baravarana nangataka tamin'olona marobe i Don Bosco. Nahazo 35.000 lira izy tamin'izany, nefa mbola tsy ampy 30.000 lira ny vola nilaina. Nandefa antso tamin'ny kristianina teo ambany fiadidiany i Mônsenera Losana, evekan'i Biella, mba ho fanentsenana ny tsy ampy; ka dia ny rakitra indray alahady isaky ny paroasy dia natokana hanamboaran'i Don Bosco fiangonana. Kely noho ny nampoizina anefa ny vola voaangona: 1.000 lira monja. Voatery niditra tamin'ny fivarotana tapakila hahazoana loka an-tsapaka i Don Bosco vao nahazo ny vola be tsy ampy hamitana ny fiangonana. Fanomezana 3.300 avy tetsy sy teroa no notsinjaraina natao loka. Nahomby ity lalana tsy mahazatra ity, ka dia vita soa aman-tsara ilay fiangonana. Nataon'i Don Bosco lalam-pitadiavam-bola mihitsy aza ity lalana iray ity, rahefa nanana olana goavana ara-bola izy.

Tamin'ny 20 jiona 1852 no natao ny fanamasinana ilay fiangonana Md François de Sales. Ary mbola mijoro ao Valdocco ao izy io mandrak'ankehitriny. Tao i Michel Rua no nanolotra voalohany ny Sorona Masina raha vao tody pretra. Ary tao koa no nanovozan'i Neny Marguerite, nandritra ny efa-taona, ny herim-panahy nentiny niatrika ny asa fanompoana ireo tanora nokarakarainy, na dia efa nanonja ihany aza ny vesatry ny fahanterany...

b) Fanitarana ny trano fonenana

Lehibe lavitra noho ny Chapelle Pinardi ny fiangonana vaovao Md François de Sales, ka dia mba voavaha soa aman-tsara ny olana

mikasika ny fahazoan'ny tanora rehetra mandray anjara ao ampiangonana amin'ny vavaka atao, na kely na lehibe. Nanampy betsaka an'i Don Bosco teo amin'ny fanasoavana an'ireo tanora ireo ara-pianarana ihany koa ny fahavitan'io fiangonana io; satria azo natao efitrano fianarana, toy ny «Chapelle Pinardi» ihany koa, io fiangonana io sy ny sakristia vaovao, mandritra ny andro manontolo, rahefa tsy misy fotoam-pivavahana.

Nefa na teo aza izany tombotsoa be vokatry ny fanorenana ny fiangonana Md François de Sales izany, dia azo lazaina fa mbola nisy foana ny olana natrehina: maro amin'ireo tanora mahantra karakarain'i Don Bosco no mangataka honina eto amin'ny *Oratorio,* nefa tsy ampy handraisana azy ireo ny toerana misy. Koa dia nanapa-kevitra am-pahatonena i Don Bosco fa tsy maintsy itarina ny trano fonenana efa misy.

Natao malaky dia malaky ny fanamboarana ny ilan-trano vaovao; ka mbola tsy nigadona akory ny volana desambra 1852, dia efa vita hatramin'ny tafo.

Vao vita kelikely foana anefa ilay trano, dia tonga ny andro ratsy. Nikija nandritra ny andro sy alina maromaro ny orana, ka nikiky sy nanala ny lalotra simenitra mbola tsy maina tsara akory: ny biriky sy ny vato voasasa sisa tavela. Ary hoy ny rakitsoratr'i Don Bosco nitantara ny fiafaran-javatra: «Teo anivon'ny alin'ny 2 desambra 1852, dia nisy feon-javatra mafy be nitresaka izay vao mainka nihamafy sy nampivarahontsana. Ny rindrina no vaky nitresaka sy nirodana».

Rahefa nataon'i Don Giraudi ny fandinihana, dia hita fa tsy ampy ny sokay (simenitra) nandrafetana ny rindrina, ka nirarakompana ho azy ny fasika. Nanantena hanao fitsitsiana kely tamin'ny vola lany i Don Bosco ary niandrandra tombony kely koa ny mpanao trano nalaina, ka dia io nanjary kely io ny simenitra nampiasaina... Kanjo fatiantoka 10.000 lira teo ho eo indray no nianjady tamin'i Don Bosco.

Teo ihany koa anefa ny fitokisany an'Andriamanitra sy ny fikirizany am-panantenana, ka dia nanomboka indray ny

fananganana izay nirodana nony tapitra ny ririnina 1852-1853. Dia vita soa aman-tsara ny trano tamin'ny ôktôbra 1853. Ary vetivety foana dia nonenan-dry Don Bosco ny trano vao natsangana. Nisy ny efitrano natao toeram-pianarana, nisy ny natao efitra fihinanana sy fatoriana...

Dia afa-nampitombo isa ny tanora noraisiny ho kilasimandry i Don Bosco. Ary ireo tena mahantra tsy manan-kianteherana no noraisiny voalohany hanatevin-daharana ireo efa nampiantranoiny taloha...

Fehinteny

Raha atao indray mijery ary ny fiainan'i Don Bosco nanomboka tamin'ny taona 1848 ka hatramin'ny taona 1852, dia azo lazaina fa nitety fisedrana maro endrika izy, nefa nisy koa ny fahasoavana nitosaka tsy azo odian-tsy hita.

Ny fisedrana maro noteteziny anefa dia nampitombo ny fahamalinany eo amin'ny fikarohana ny tsaratsara kokoa hatrany, indrindra teo amin'ny fandinihana ny vokatry ny ady sy ny fiandaniana befahatany ara-pôlitika. Ny fahasoavana nitosaka noraisiny kosa dia vao mainka nanamafy orina ny finoana amam-panantenana ombam-pitiavana efa nentiny nanasoa ny tanora mahantra hatramin'izao...

16

Ireo fambaran'ny hoavy...

Arakaraka ny androsoan'ny volana maro mitambatra ho taona no mampazava miandalana ny sangan'asa tsy mba maro mpahalala nirotsahan'i Don Bosco. Ekena fa nisy hatranihatrany ny sedra nianjady tamin'ilay pretra nanokan-tena ho an'ny tanora tao andohasahan'i Valdocco; nefa tsy azo lavina ihany koa fa teny anivon'ireny sedram-piainana ireny no nipoitra ny fotoampahasoavana fambaran'ny hoavy...

Fanenjehana hafakely...

Anisan'ny zava-noraketin'ny tantaram-piainan'i Don Bosco, tamin'ny taona 1853, ny fanenjehana hafakely nianjady taminy. Ary vokatry ny fanapahan-kevitry ny mpanjakan'i Sardaigne, tamin'ny 17 febroary sy 29 marsa 1848, izany fanenjehana izany.

Namoaka lalàna fototra mampitovy zo ny Prôtestanta sy ny Jiosy amin'ny Katôlika tokoa ny mpanjaka Carlo Alberto, tamin'ireo tonon'andro ireo. Tsy araka ny nampoizin'ny Katôlika ny fihetsiketsehan'ny Prôtestanta naterak'io lalàna fampitovian-jo io. Satria tsy ampy toa inona dia efa nahatafavoaka gazety telo karazana ry zareo Prôtestanta nandefidefitra sy natao ankilabao hatramin'izay; ary namoaka boky fampielezan-kevitra mora vidy sy nanao dinika maro koa izy ireo, ho fanampin'ny famoahangazety.

Ny Fiangonana Katôlika tao amin'ny faritr'i Piémont kosa, teo anatrehan'izany, dia tsy nanana gazety na boky azo natolotra

hovakin'ny vahoaka tsy mandadiharona... Koa dia nivory tao Villanovetta (Saluzzo) ireo Evekan'i Piemonte tamin'ny 1849 handinika izay sori-dalana tsara horaisina. Ary tapaka tamin'izany fa tsy maintsy mirotsaka an-tsehatra amin'ny famoahana boky aman-gazety sy amin'ny toriteny samihafa ny Fiangonana ao amin'ny faritr'i Piemonte, izay misy ny vohitra fonenan-dry Don Bosco. Vokatr'izany fanapahan-kevitra izany ny fivoahan'ny *«Amboaran'ny boky mahasoa»* (Collection des bons livres: septambra 1849) mbamin'ny gazety *«Lakolosy»* (La Cloche: marsa 1850) ary ny *«Vakiteny Katôlika»* (Lectures Catholiques: marsa1853).

I Don Bosco no anisan'ny angady nananana sy vy nahitana ny «Vakiteny Katôlika», izay amboaram-boky madinika manaitaitra sy voasoratra amin'ny fomba tsotra mifanentana amin'ny hetahetampo amam-pahalalan'ny «Sarambaben'ny kintana». Ary lohahevitra mikasika ny fivavahana katôlika avokoa no noraketin'ireny boky kely ireny.

I Don Bosco ihany no nanoratra ny laharana enina voalohany, izay niseho teo anelanelan'ny volana marsa sy aogositra1853. «Ny Katôlika mahalala ny fivavahany» (Le Catholique instruit de sa religion) no lohateny faobe nentin'ireo laharana enina ireo.

Teo am-pahatsiarovana ny nahafatesan'ny gazetiny *«Ny sakaizan'ny tanora»* tamin'ny 1849, dia tsy nanantena vokatra firy tamin'ny «Vakiteny Katôlika» i Don Bosco; tsy arak'izany fiheverany izany anefa ny fandehan-javatra, satria nankafizin'ny mpamaky marobe ireo «Vakiteny Katôlika» izay namoaka dinidinika maro fiarovana ny fivavahana katôlika.

Tsy nahafaly ny Prôtestanta kosa anefa ny lahatsoratra nivoaka sy ny hamaroan'ny mpamaky, ka dia nirongatra ny faminganana an'i Don Bosco tamin'ny fomba samihafa.

Fiderana nanjary fandrahonana

Fomba mihaja aloha no nisehoan'izany faminganana an'i Don Bosco izany, tamin'ny fiandohan'ny taona 1854. Lehilahy manan-kaja roa no tonga nitady azy tao Valdocco, indray alahady tolakandron'ny volana janoary. Rahefa avy nideradera an'i Don Bosco ho manan-talenta amin'ny «fahaiza-manoratra ho an'ny vahoaka sarambaben'ny kintana» teo izy ireo, dia nanoro hevitra azy handany mondron-kery amin'ny tantara sy ny jeôgrafia ary ny fizika, sady nanipy teny taminy mba tsy hanohy intsony ny «Vakiteny Katôlika». Nilaza aza izy ireo fa vonona ny hanampy an'i Don Bosco ara-bola (sady nanolotra vola teo no ho eo) raha ohatra izy ka mirotsaka amin'ny fanoratana bokin-tantara sy mamela ny asa fanoratana ny «Vakiteny Katôlika», izay «tsy misy ilàna azy».

Fantatr'i Don Bosco ny tetika mihaja andresena lahatra azy handao ny tolom-piarovana sy fivavahana katôlika nirotsahany, ka dia hoy izy namaly am-pahatsorana ireto vahiny manan-kaja tonga namangy azy:

- Raha tsy misy ilàna azy izany asa izany, inona no andaniana vola handresen-dahatra ahy handao azy? Hitanareo fa rahefa tonga pretra aho, dia nanokan-tena hikatsaka ny soa ho an'ny Fiangonana sy ho an'ireo olo-mahantra; ary mbola tapakevitra hanohy izany aho, ka ao anatin'izany ny fanoratana sy famoahana ny Vakiteny Katôlika.

Niova, noho izany valiteny hentitra izany, ny feon'ireto mpamangy, ka nanjary teny fandrahonana ny resaka an-kamorana sy fiderana teo am-piandohana:

- Diso ianao - hoy izy ireo -. Azonao antoka ve fa ho tafaverina eto ianao, raha mivoaka eto?

Dia hoy ny rakitsoratr'i Don Bosco namarana ny fitantarana ny fihaonana tamin'ireo mpamangy manan-kaja roa lahy ireo: «Nitsangana aho. Novohaiko ny varavaramben'ny efitrano fandraisana olona. Ary hoy aho hoe:

- Ry Buzzetti â, atero hatrery am-bavahady ireto olona ireto».

Teo am-pisarahana tamin'i Don Bosco dia nimonomonona ireto mpamangy ireto, ka nilaza hoe:

- Mbola hifankahita e.

Dia nanomboka teo ny longoa mitoto-bozaka maro samihafa nentina namely an'i Don Bosco, noho izy tsy nety nandao ny fanoratana ny «Vakiteny Katôlika». Zary fanenjehana hafakely nianjady tamin'i Don Bosco izany vela-pandrika isan-tokony izany.

Fanerena an'i Don Bosco hisotro divay hafahafa

Anisan'ny fomba namandrihana an'i Don Bosco ny fiantsoan' olona roa lahy azy maikabe, indray hariva, hamonjy marary mafy iray efa ambavahaona tao amin'ny tranombahiny «Fo Volamena». Teo am-pampianarana indrindra izy tamin'izay...

«Nandeha tany aho - hoy i Don Bosco ao amin'ny rakitsorany - saingy naniry aho mba hotronin'ankizilahy vitsivitsy anisan'ireo lehibe indrindra, na dia teo aza ny fisakanan'izy ireto ahy tsy ho any.

Rahefa tao amin'ilay tranombahiny izahay, dia tao amin'ny efitrano iray ambanirihana izay efa nisy mpiray tetika, ravoravo, mihinana voanoka, no nitondrana ahy. Nasain'izy ireo haka tamin'izany sy hihinana miaraka amin'izy ireo aho. Fa nandà aho.

Dia noresen'izy ireo lahatra hisotro amin'ny divain'izy ireo indray i Don Bosco, taorian'izay.

Nomen'izy ireo divay ny olona rehetra teo, saingy rahefa tonga ny anjaran'i Don Bosco, dia lasa tsy nisy fahamalinana naka tavoahangy hafa ny iray tamin-dry zareo. Noraisin'i Don Bosco ny vera, dia nasandrany sady nombàny teny firariantsoa ary dia napetrany teo ambony latabatra indray.

- Aza manao an'izany fa tsy mety - hoy ny tenin'ireto mpiray tetika -. Karazan'ompa izao.

- Ka tsy te hisotro aho anie e.

Teny fandrahonana amin'izay no nipoitra ho setrin'izany:
- Tsy misy hevitra, tsy maintsy misotro.

Ary dia nanaovan'izy ireo ankeriny amin'izay i Don Bosco. Nisy anankiray nitazona ny sandriny an-kavanana ary nisy anankiray hafa koa nitazona ny havia.

- Tsy maintsy misotro izy na an-tsitrapo na an-keriny.

- Raha tena tianareo ny hisotroako, dia avelao ahay mba halalaka ny tanako - hoy i Don Bosco sady nanala ny tenany teo an-tanan-dry zalahy izy -. Ary satria moa tsy te hisotro an'ity divay anaty vera ity aho, dia ny anankiray amin'ireo tanorako no homeko azy, ka hisotro azy amin'ny toerako.

«Teo am-pilazana izany - hoy ny rakitsoratr'i Don Bosco - dia nanao dingan-dava aho nankeny amin'ny varavarana izay novohaiko nidanadana, sady nampandroso an'ireo tanora aho».

Niova feo ho mpanambitamby indray ireo mpamela-pandrika, rahefa nahita ireo tovolahy nirijarija nanotrona an'i Don Bosco. Niala tsiny indray izy ireo ary nilaza fa ny ampitso indray ilay marary vao hikônfesy.

«Nisy namana anankiray nanao famotopotorana ary nilaza tamiko fa nisy olona nanakarama azy ireo sakafo be, raha ohatra izy ireo mampisotro ahy ny divay izay efa nomaniny manokana ho ahy».

Dia toy izay ny amin'iny fanerena an'i Don Bosco hisotro divay hafahafa iny...

Nofofoina hovelezina ho faty

Fa nisy ihany koa endri-panenjehana hafa nifofoana ny ain'i Don Bosco.

Nahatsiarotena ho voaenjika mafy mihitsy i Don Bosco tamin'izany vanim-potoana izany, ka tsy hadinony ny nametraka an-tsoratra izay niainany tamin'izany... Koa dia izay voalazany ao amin'ny raki-pahatsiarovany no aoka hasongadina kely etoana hahafantarana akaikikaiky kokoa ny zava-nisy.

«Toa miendrika zavatra namboaboarina ihany ireo famelezana ahy tantaraiko etoana,kanefa dia zava-marina tokoa ireny ary nisy vavolombelona maro.

Indray alahady harivan'ny volana septambra, dia nantsoina maika aho ho any amin'ny trano Sardi, izay mifanila amin'ny akany Fialofana (ao Valdocco), mba hampikônfesy vehivavy anankiray marary efa ambavahaona. Niantso vitsivitsy tamin'ireo ankizilahy lehibe indrindra (tao amin'ny *Oratorio*) aho hanaraka ahy: nanomboka tsy dia natokitoky intsony ny olona rehetra aho. Nijanona teo am-pototry ny tohatra ny tanora vitsivitsy; i Joseph Buzzetti sy i Hyacinthe Arnaud kosa dia niara-niakatra tamiko tany ambonirihana, hatreo am-baravaran'ny efitrano nisy ilay marary.

Niditra aho ary nahita vehivavy iray misefosefo fiaina toy ny efa miala aina. Niangavy ireo olona efatra tao an'efitrano aho mba hanalavitra kely, mba hahafahako mampikônfesy azy.

- Alohan'ny hikônfeseko - hoy ilay antibavy nikiakiaka - dia ilaiko hifona sy hangata-pamelana amiko io jiolahy io (sady nanondro ny anankiray tamin'ireo efa-dahy teo ilay marary).

- Tsy nanao ninoninona taminao aho - hoy ny navalin'ilay voatondro.

- Mangina! - hoy ny anankiray fahatelo sady nitroatra nitsangana tamin'ny toerany izy.

Dia nisy ady mahery vaika nifanjevoana nanaraka an'izay; ary talohan'ny hahazoako ny tetikadin-dry zareo, dia nisy namono ny jiro; dia injany velikibay varirараka no nifandafatra nikendry ahy. Zara raha nanam-potoana hadraisana seza sy hananganana izany teo ambony lohako aho, sady nilomay nankany am-baravarana. Nanimba ilay seza ireo velikibay izay tokony hamonoana ahy. Vely anankiray monja ihany no nahavoa ny ankihiben'ny tanako havia, ka nahafaka ny hoho sy ny antsasa-banintaolana. Nody tany an-trano teo anivon'ireo tanorako aho».

Ary nosoritan'i Don Bosco nanokana fa «toa nalamina mihitsy ny zava-drehetra mba hampanginana azy tsy hiteniteny mikasika ny Prôtestanta».

I Grigio

Dia nitohy hatrany ny vela-pandrika nifofoana ny ain'i Don Bosco. Nisy toe-javatra sarotra hazavaina ihany anefa niseho teo anivon'ireny fanenjehana samihafa nitadiavana hamonoana azy ireny: nisy alika volondavenona tsy fanta-piaviana tonga namonjy azy tamin'ny ady sarotra. Hozohintsika indray ny fitantaran'i Don Bosco ny zava-nisy.

«Nampirisika ahy tsy handeha irery eny Turin na hiverina irery avy eny ny vela-pandrika matetika namelezana ahy (fa tsy maintsy namakivaky tanety lava tsy voavoly sady rakotry ny lobolobo sy taretra, tamin'izany, rahefa mandeha amin'ny lalana manelanelana an'i Turin sy ny *Oratorio* ao Valdocco).

Indray hariva, raha nody irery teo anivon'ny haizina aho, sady raiki-tahotra ihany, dia indro tonga niara-dalana tamiko ity amboa vaventy anankiray, izay nampatahotra ahy ihany teo am-pahitana azy voalohany. Fa rahefa nisafosafo azy toy ny tompony aho, dia nanjary mpinamana vetivety foana izahay, ary dia niara-dia tamiko hatrany amin'ny *Oratorio* izy. Azoko lazaina fa nahitako fanampiana manan-danja tokoa « Ilaivolondavenona» (*I Grigio*: le gris, no anarana niantsoan'i Don Bosco azy). Ireto misy ohatra vitsivitsy.

Tamin'ny faramparan'ny volana nôvambra 1854, dia nody irery avy eny an-drenivohitra aho teo anivon'ny takariva rako-drahona sy rakotr'orana mikija. Ary tampotampoka teo dia tsinjoko fa misy lehilahy roa mamindra tsy lavitra ahy, eo alohako eo. Ataon'izy ireo maika na ampiadaniny ny diany arakaraka ny andehanako malaky na miadana. Nanandrana niverina ilalana aho, nefa tratra aoriana loatra. Indroa mandingana fotsiny dia efa teo amiko izy ireo ary nanipy akanjobe iray teo an-dohako, tsy ankiteny mihitsy. Dia iny fa nipoitra i Grigio sady nivovo izy no nandefa ny tongony teny amin'ny tarehin'ilay voalohany ary nanaikitra ilay anankiray hafa, dia rafitra nikiakiaka izy ireo hoe:

- Antsoy any ity amboa ity!

- Antsoiko izy raha tsy maninona ahy ianareo - hoy i Don Bosco.

- Antsoy any re io e! - hoy ny fiangavian'izy ireo. Nanohy nitrerona toy ny amboadia romotra i Grigio. Dia nandositra izy ireo. Fa i Grigio kosa nizotra teo anilako sy niara-dia tamiko hatrany an-trano.

Ary isaky ny hariva izay tsy ananako namana miara-dalana amiko, rahefa injay handalo amin'ilay toerana be lobolobo aho, dia iny hitako mipoitra *i Grigio*. Hitan'ireo tanoran'ny *Oratorio* miditra matetika ao an-tokontany izy. Indray andro izay, dia nisy tanora roa raiki-tahotra, ka nitady hitora-bato azy, saingy niditra an-tsehatra i Joseph Buzzetti nanao hoe:

- Avelao izy, fa amboan'i Don Bosco io.

Koa dia nanomboka nisafosafo azy izy ireo ary niara-dia taminy nankany amin'ny tranofihinanana izay niarahako nisakafo tamina pretra vitsivitsy sy tamin'ny reniko. Tamin-tahotra no nijeren'ny olona azy, ka hoy aho hoe:

- Aza matahotra, *i Grigio* io. Avelao izy hiditra.

Dia inona tokoa? Rahefa avy nanodidina ny latabatra izy dia nanatona ahy tamin-kafaliana ery. Natolotro azy na lasopy, na mofodipaina, na sakafo hafa, fa nolaviny avokoa izany rehetra izany. Nankininy tamin'ny lamban-databatra ny lohany, toy ny hoe hanao veloma tsarahariva ahy; nony vita izay, dia nanaiky hoentin'ireo tanora izy hivoaka ny varavarambe. Tadidiko fa tratra aoriana aho, tamin'izay hariva izay, ary namana anankiray no nitondra ahy tamin'ny fiarantsoavaliny».

Dia toy izany àry ny ambangovangon'ny fitantaran'i Don Bosco an'ilay amboa mpiaro azy izay tsy fantany fiaviana, nefa nitokisany sy nomeny anarana hoe: *Grigio*.

Araka ny filazan'ireo nahita maso, toa an'i Charles Tomatis izay tanora mpankao amin'ny akany tamin'izany, dia amboa avo sy vaventy tsy manan-tsahala izy io: *«iray metatra eo ny haavony, volondavenona ny tokontanim-bolony, tsolotsolo vava ary ranga sofina»*.

I Michel Rua dia anisan'ireo nahita indroa an'io amboa io sady anisan'ireo nitantara izay mba tadidiny mikasika an'i Grigio.

Ka hoy àry izy mitantara:

Indray hariva, dia voatery hivoaka ny trano noho ny antony maika i Don Bosco, nefa dia tojo an'ilay amboa nitsotra teo antokonambaravarana. Nitady hanala azy teo i Don Bosco, nitady handingana azy aza, nefa niherona foana *i Grigio* isaky ny mihetsika i Don Bosco sady atosiny hihemotra ao an-trano. Efa fantatr'i Neny Marguerite moa izao ilay biby, ka dia hoy izy tamin-janany:

- Raha tsy te hihaino ahy ianao, dia mba henoy ahay io amboa io, aza mivoaka any ianao.

Dia inona tokoa? Saika nidiran-doza tokoa i Don Bosco raha nikiribiby nivoaka tamin'iny hariva iny. Satria ny ampitson'izay ihany dia henony fa hoe: nisy olona ratsy saina, nivatsy basipoleta, niandry azy tao amin'ny kihon-dalana iray».

Tena iraka nanavotra an'i Don Bosco *i Grigio* rahefa atao indray mijery ny zava-niseho rehetra! Imbetsaka tokoa i Don Bosco no naniry hahalala izay niavian'io amboa io, nefa dia tsy afanahita ninoninona. Tamin'ny taona 1872 aza, dia mbola nanontany izay hevitr'i Don Bosco mikasika an'io amboa io Ramatoa Azelina Fassati. Ka hoy i Don Bosco nitsiky sady namaly azy:

- Toa hampihomehy ihany fa anjely izy iny. Nefa koa dia tsy azo atao ny milaza fa amboa tsotra fotsiny ihany izy iny...

Dia toy izany àry ny endri-panenjehana hafakely nianjady tamin'i Don Bosco teo am-piarovana ny fivavahana katôlika, tamin'ny alalan'ny lahatsoratra an-gazety.

Ezaka fiarovana ny rariny sy fitsinjovana ny hoavy


Fa ankoatry ny fijoroan'i Don Bosco ho mpiaro ny Fiangonana sy ny fivavahana katôlika, teo anatrehan'ny fampielezan-kevitry ny Prôtestanta sasany, dia teo koa ny fiezahany ho mpiaro ny rariny sy mpitsinjo ny hoavy.




Sarin' ny tranon' i Don Bosco, farany izay ratsy indrindra amin' ny trano rehetra ao Becchi.



Ny nofy tamin' ny fahasivy taonan' i Don Bosco: «Ataovy izay hampanetry tena anao, hampahery, hampatanjaka anao... Ho azonao an-tsaina izany rahefa tonga ny fotoana».



Ny endriky ny «Trano Pinardi» tamin' ny voalohany, izay tonga Foiben' ny Asa Salezianina taty aoriana. Avy amin' io «Trano Pinardi» io koa no mielipatrana eran-tany taty aoriana ny Zanak' i Don Bosco.



Io Fiangonana kely Pinardi io no maha-izy azy ny Oratorio.




Sary tranain' i Don Bosco eo amin' ny latabatra fiasany. Tao amin' io trano tsotra io izy no nanoratra boky am-polony maro ho an' ny tanorany ary ho an' ny vahoaka.



Hatramin' ny voalohany i Don Bosco dia nametraka ny asany teo ambany fiarovan' i Md François de Sales «mba hahazoantsika ny fahalemem-panahy mahagaga nananany».



Eo am-panondroana ny tokontany izay eo anoloany i Don Bosco dia ohatra ny milaza hoe: «Indro ry Neny, ny toeran' ny asantsika».



Endriky ny fety tao amin' ny Oratorio. Hoy i Mompera Luigi Nai, anankiray tamin' ireo Salezianina voalohany hoe: «Tena manokan-tena ho anay tokoa i Don Bosco».




Don Bosco nalaina sary teo anivon' ny tanorany. Manana endrika mirehareha izy. Tiany ny hahatonga azy ireo ho olom-banona sy kristianina mazoto.



«Indraindray aho - hoy i Don Bosco - rahefa tsy mahita toerana hampianarana dia voatery manao izany ao amin' ny lakozia na amin' ny efitranoko; nefa ny ankizy, na manimba izay rehetra ao na manao ambony ambany izay rehetra hitany ao».



Tamin' ny oktobra 1853, Don Bosco no nanokatra ireo trano fiasana voalohany. Izy ihany no nampianatra ny ankiziny nanamboatra kiraro sy nanjaitra lamba.



Naverimberiny matetika tamin' ny tanorany ny hoe: «Mahafaly ahy tokoa raha milalao sy manao zavatra mampihomehy ianareo ary falifaly sy miramirana ny tsy anaovanareo zava-dratsy no tena zava-dehibe».



Don Bosco eo am-pampikonfesena. Ny fampikonfesena dia isan' ny raharaha masina nifantohany. Nampikonfesy eny rehetra eny izy: tao am-piangonana na teny an-dalambe.




Ny mpitsoka mozikan' ny Oratorio. «Ny Oratorio tsy misy mozika dia toy ny vatana tsy misy fanahy», hoy i Don Bosco.




Don Bosco miaraka amin' ireo Salezianina voalohany 18 mirahalahy. Naverimberiny matetika tamin' ny zanany ny hoe: «miezaha hifankatia ianareo».



Nirin' i Don Bosco koa ny mba hisian' ny Masera eo akaikin' ny Salezianina. Noho izany, tamin' ny 1871, niaraka tamin' i Mompera Pestarino no nanorina ny Fikambanan' ny Zanakavavin' ny Maria Vonjin' ny Kristianina izy.



Sary voalohan' ny Fiangonan' ny Maria Vonjin' ny Kristianina any Turin. «Ho tonga Fiangonana avo sy tena kanto ary tena lehibe io», hoy i Don Bosco.



Ny ao anatin' ny Bazilika sy ny sarin' ilay Vonjin' ny Kristianina: «Ato ny tranoko, avy ato no hivoaka ny voninahitro».



Ny misionera voalohany. «Ny fanahy no tadiavo, fa tsy vola aman-karena, na voninahitra, na fiandrianana», hoy i Don Bosco tamin' ireo zanany matetika.




Anankiray amin' ireo Salezianina misionera lehibe voalohany: Mompera Giacomo Costamagna. Izy no ilay Salezianina voalohany tonga tany amin' ny tanin' ny «Indios»: Ny Patagonie.




Don Bosco manolotra an' i Mompera Giovanni Cagliero, lehiben' ny fandefasana ny misionera voalohany, ny boky kely mirakitra ny fitsipiky ny Fikambanana, ho toy ny boky mpanoro lalana ary fahatsiarovana ka manambara ny maha eo amin' ny zanany izay mandeha lavitra ny Ray.



Don Bosco maty ny 31 janoary 1888, tamin' ny faha-72 taonany. Taloha kely ny nialany aina dia tiany ny nametraka ity fahatsiarovana tsotra ity: «Miandry anareo rehetra any am-paradisa aho».



Ny fatin' i Don Bosco ao anatin' ny vata varahina, ao amin' ny Fiangonan' i Maria Vonjin' ny Kristianina. Notafiana ny fitafian' ny pretra nomen' i Papa Benoit izy.




Ny fanandratana an' i Don Bosco ho Olomasina dia nirin' ny Papa Pio faha-12 hatao amin' ny daty sy fotoana tena miavaka tsara dia ny alahadin' ny Paka, alahady farany amin' ny Taona Masina ny Fanavotana. 1 avrily 1934 io.



«Don Bosco miantso anao ny tanora», izany no hiram-pifalian' ny tanora anarivony maro izay nidododo nankany Roma tamin' ny fananganana ho Olomasina ny ray malalany.



Hosodoko mampiseho an' i Md Dominique Savio, Michel Magone ary François Besucco, tanora telolahy izay nanoratan' i Don Bosco tantaram-piainana.



Ankehitriny izao eo amin' ny havoana nahaterahan' i Don Bosco dia misy Fiangonana izay mandray ireo mpivahiny masina. Io havoana io dia tonga, ho an' ny tanora anarivony maro, «Havoan' ny Fahasambarana».



«Ry malala, tiako amin' ny foko tontolo ianareo. Ampy hitiavako anareo ny fahatanoranareo».

Ezaka fiarovana ny rariny

Anisan'ny toe-javatra nandrenesan'i Don Bosco fangirifiriana, hatramin'ny ela, fony izy vao pretra tanora niana-draharaha, ny fahitana ny fijaliana amam-pahantran'ireo «mpiasa an-drenivohitra» izay tsentsefin'ny mpampiasa isan-tokony. Ary anisan'ny nanohina ny fony manokana ny rivo-piarahamonina mampivarilavo fohin'ireo mpiasa tanora mifindramonina sy lavi-kavana. Ny fahitana izany toe-javatra nianjady tamin'ny tanora izany indrindra aza no anisan'ny «aingampanahy-fototra» niandohan'ny *Oratorio* niantsorohan'i Don Bosco... Ary mbola izany ihany koa no tsy nanaovany ambanin-javatra ny fiarovana mandrakariva ny rariny teo amin'ny zon'ny tanora, na efa mpiasa izy ireny na mbola mpiana-draharaha...

Teo am-piandohan'ny fijoroan'ny *Oratorio Md François de Sales* tao Valdocco, dia nilofosan'i Don Bosco ny nanankina ny tanora mpankao amin'ny *Oratorio* tamina mpampiasa azo antoka. Fanankinana am-bava nombam-pifampitokisana ihany matetika no nataony. Fa arakaraka ny nandrosoan'ny taona kosa no nahatsapan'i Don Bosco fa mbola misy foana ny mpampiasa manao ny tsy rariny, mitsentsitra ireo tanora mpiana-draharaha isan-tokony, ka sahy manao azy ireny ho mpiasa an-trano na mpahandro... Koa mba hanajan'ny mpampiasa bebe kokoa ny rariny momba ny mpiana-draharaha raisin'izy ireo, dia nirotsaka an-tsehatra mihitsy i Don Bosco nandrindra ny fifaneken'ny mpampiasa sasany tamin'ny tanora mpiana-draharaha avy ao amin'ny *Oratorio Md François de Sales*, sady nijoro ho vavolombelona mpanao sonia tao amin'ny fifanekena natao. Misy «taratasy roa sarobidy» mikasika izany voatahiry ao amin'ny foibem-piraketan'ny Fikambanana Salezianina any Rôma: ny iray dia natao tamin'ny nôvambra 1851; ka ny faharoa kosa dia mitondra ny tonon'andro 8 febroary 1852. Samy ahitana sonia telo ao amin'ireo taratasy ireo: ny sonian'ny mpampiasa, ny an'ilay mpiana-draharaha, ary ny an'i Don Bosco. Ao amin'ny taratasy voalohany dia Ingahy Charles Aimino mpanao vera no manaiky handray ny tanora mpiana-draharaha Joseph Bordone avy any Biella, hiana-draharaha ao aminy mandritra ny telo taona; ny taratasy faharoa kosa dia mirakitra ny fifaneken'Ingahy Joseph Bertolino,

mpampianatra mandrafitra tao Turin, sy i Joseph Odasso teraka tao Mondovì...

Ezaka fanarenana ny toe-javatra nisy mba ho ara-drariny no nirotsahan'i Don Bosco an-tsehatra ho mpanelanelana toy izany. Koa raha fintinina, dia izao no votoatin'ireo fifanekena ireo:

- Hitan'i Don Bosco fa nisy ny mpampiasa nanararaotra ireo tanora mpiana-draharaha hatao mpahandro na mpiasa an-trano, ka dia notereny ankolaka tamin'ny alalan'ny fifanekena izy ireny mba tsy hampiasa ny tanora afa-tsy amin'ny raharaha ianarany.

- Fantatr'i Don Bosco fa mikapoka ny mpampiasa sasany; ka dia notakiny mba hatao am-bava ihany ny fananarana.

- Notsinjoviny koa, fanampin'izany, ny zon'ireo tanora ara-pahasalamana, ny fialantsasatra rahefa alahady ary ny fialantsasatra isan-taona.

- Ary notakìny koa mba hisy fisondrotany miandalana ny karaman'ny mpiana-draharaha, satria ny taona fahatelo ianarana asa dia efa karazan'ny taom-pamokarana ara-dalàna.

- Tamin'ny fifanekena sasany aza, toy ilay tamin'ny 8 febroary 1852, dia nasainy mihitsy ilay mpampiasa mba hitondra tena toy ny ray fa tsy toy *ny mpampiasa-mpanome baiko* (patron)...

Ezaka fitsinjovana ny hoavy

Abaribarin'ny tantaram-piainan'i Don Bosco teo anivon'ny tanora àry fa ny «mpiasa tanora» no tena nokarakarainy tamin'ny fomba samihafa, nanomboka teo amin'ny fotoana naha-pretra mpiana-draharaha azy. Ary hita taratra eo amin'ny fiandohan'ny tantaran'ny *Oratorio* niantsorohany fa ny mpiasa tanora no tena nomeny tombontsoa ho kilasimandry tao amin'ny *Oratorio Masindahy François de Sales*. Nanomboka tamin'ny taona 1856 vao nanjary maro an'isa, tao amin'ny *Oratorio*, ny isan'ny tanora mpianatra noraisina ho kilasimandry.

a) Ezaka nateraky ny rivo-pahantran'ny tanora

Ny rivo-pahantrana amam-pitsentsefana niainan'ireo tanora mpiasa no tena antony nanentana an'i Don Bosco hirona tamin'ny fanampiana azy ireo manokana. Ka niezahany, arak'izay tratra, ny nanankina an'ireny tanora ireny tamin'ny mpampiasa nitokisany. Niezahany ny niaro azy ireny tamin'ny alalan'ny fifanekena azo antoka voapetraka an-tsoratra. Eny! Niezahany hatramin'ny famangivangiana azy ireny isan-kerinandro any amin'ny toeram-piasany avy. Ary raha tsapany fa tsy manaja ny fifanekena natao ny mpampiasa, dia esoriny tsy misy hataka andro ilay tanora mpiasa na mpiana-draharaha. Tsy nionona tamin'izany ezaka fiarovana ny rariny izany fotsiny anefa i Don Bosco, teo amin'ny asa fanasoavana ny tanora fa niezaka nitsinjo ny hoavy koa izy.

Tsapany teo am-pifaneraserana tamin'ireo tanora mpiana-draharaha noraisin'ny mpampiasa isan-tokony fa andairan'ny faharatsiam-pitondrantena sy ny tsy firaharahana fivavahana ihany ireny tanora ireny, eo am-piaraha-miasa amin'ireo olon-dehibe efa mpiasa ao amin'ny toeram-piasana anankiray. Koa mba hahafaha-manampy bebe kokoa ny tanora tsy handairan'izany rivo-piainana mamotika ny maha-olona izany, dia nanapa-kevitra i Don Bosco, raha vao vita voatra ilay trano vaovao tamin'ny ôktôbra 1853, fa hanangana toeram-pianaran-draharaha ao amin'ny *Oratorio Masin-dahy François de Sales* ihany.

b) Fananganana toeram-pianarana asa enina

Ny toeram-pianarana ho mpanao kiraro sy mpanjaitra no nosokafan'i Don Bosco voalohany indrindra tamin'ny faramparan'ny taona 1853. Dia izy ihany no nirotsaka ho mpampiana-draharaha voalohany tao amin'ny toeram-pianarana ho mpanao kiraro; andro vitsivitsy taoriana kely vao nomeny toerana hisolo azy Ingahy Domenico Goffi, izay efa mpiambina trano tao amin'ny *Oratorio*... Tao amin'ny toeram-pianara-manjaitra indray, dia mbola i Don Bosco ihany, nampian'i Neny Marguerite,

no mpampiana-draharaha voalohany. Izay nianaran'i Don Bosco nanjaitra tao amin'Ingahy Jean Roberto, fony izy mbola mpianatra fahiny tany Castelnuovo, no nampianariny ny mpianany.

Tamin'ny voalohandohan'ny taona 1854 kosa no nitokanana tamin'ny fomba nahatsikaiky ny toeram-pianarana manambatra taratasy ho lasa boky. Asa fanandramana nifarimbonan'i Don Bosco sy i Neny Marguerite niaraka tamin'ireo tanorany no niandohan'ity toeram-pianarana fahatelo ity... Indray andro, teo anivon'ny tanora maromaro tafavory, no natao ny asa fanandramana. Novelarin'i Don Bosco teo ambony latabatra anankiray ny takela-taratasy lehibe maro vita printy, izay mirakitra ireo takila samihafa hatambatra hanaganana ilay boky kely nosoratan'i Don Bosco mitondra ny lohateny hoe: *Ny Anjely mpiambina.*

Dia nanendry anankiray tamin'ireo tanora nanodidina azy teo i Don Bosco, hamalona takela-taratasy lehibe anankiray inefatra miantoana. Namaly an'i Don Bosco ilay tanora, ka nilaza fa tsy mahay an'ity raharaha ity. Tsotra ny valintenin'i Don Bosco:

- Alefa! Ndeha handramantsika.

Dia nandray takela-taratasy lehibe havalona ihany koa ireo tanora hafa teo... Nony voavalona daholo ireo taratasy ireo, dia noraisin'i Don Bosco sy nataony nifanongoa araka ny laharany avy. Ary hoy izy:

- Vita àry ity ny boky. Tsy maintsy zairina amin'izay izy izao.

Fanjaibe (fanjaitra be) no nanatontosana ny asa fanjairana ary nantsoina hanampy tamin'izany i Neny Marguerite. Koba fotsy noranoina kosa no natao dinty nametahana ny fonom-boky.

Ary nony vita izany rehetra izany, dia natao amin'izay ny fandidiana ny sisim-boky tsy nozairina mba ho afa-misokatra avokoa ny takila rehetra. Tsy mbola nanana ny fitaovana izay voatokana ho an'izany moa tao amin'ny *Oratorio*, ka antsy fitetehana anana tao an-tranofiketrehana no nampiasain'i Don Bosco nikapana ny sisim-boky. Nihomehy ireo tanora nanatrika izany; nihomehy koa i Don Bosco! Satria nahatsikaiky ihany ny fandehan-javatra.

Nefa dia zary fitokanana sampam-pianarana asa vaovao, tao amin'ny *Oratorio*, ny toe-java-mahatsikaiky nitranga...

Tamin'ny faramparan'ny taona 1856 kosa no nitokanana ny sampan'asa fahaefatra tao amin'ny *Oratorio*: ny toeram-pandrafetana. Ingahy Corio no mpitantana asa voalohany tao. Ary andian-tanora nesorina avy amin'ireo ozinina maro tao Turin no nisantatra nampiasa ireo fitaovana efa vory lanina tao.

Taona vitsivitsy taorian'ny fijoroan'ny toeram-pandrafetana, dia tafajoro indray ny sampan-draharaha fahadimy tena nandrandraina tao amin'ny *Oratorio*: *ny fanontana printy*. Voatery niady mafy mihitsy i Don Bosco vao nahazo lalana tamin'ny manampahefana hanangana azy io. Saika naharitra herintaona ny tolom-pangatahana lalana nirotsahany; ny 31 desambra1861 no tonon'andro voarakitra ho nanekena ny fangatahany. Tsy fantatra mazava ny andro nanombohan'ilay toeram-panontana printy niasa, teo ambany fiandraiketan'ny mpampiana-draharaha André Giardino izay nampian'i Joseph Buzzetti. Fantatra kosa ny boky voalohany navoakan'ny *«Fanontana Printin'ny Oratorio Md François de Sales»*. Boky nosoratan'i Mômpera C. Schmid izy io ary mitondra ny lohateny hoe: *I Théophile na ilay tanora mpitokamonina, tantara mahafa-bizana*. Natonta ho amboaran'ny «Vakiteny Katôlika» (Letture Cattoliche) nivoaka tamin'ny mey 1862 io boky io. Ary taorian'izay, dia ny «fanontana printin'ny *Oratorio*» mandrakariva no namoaka ny «Vakiteny Katôlika», raha tsy nisy antony manokana dia manokana... Fitaovana nahodin-tanana anankiroa no tao, teo am-piandohana. Nefa fahavelon'i Don Bosco ihany dia efa nihanatanjaka be ilay fanontana printin'ny *Oratorio*, satria voasolo fitaovana maromaro mandeha amin'ny milina mpampihodina ireo fitaovana roa tsotsotra nahodin-tanana...

Tamin'ny 1862 kosa no nanokafan'i Don Bosco ny toeram-piasany fahaenina sady farany: ny sampana fanefena vy.

d) Fampijoroana sori-dalana mazava

Ezaka fitsinjovana ny hoavin'ireo tanora niandraiketany, sady fitsinjovana ny hoavin'ny akany rahateo, no nahatonga an'i Don

Bosco hanangana ireo sampam-pianaran-draharaha samihafa tao amin'ny *Oratorio Md François de Sales*. Tojo zava-tsarotra ihany anefa izy teo am-panombohan'ireny sampam-pianaran-draharaha ireny niasa. Ny momba ireo mpampiana-draharaha nalaina avy any ivelany indrindra no tena nametraka olana teo anatrehan'ny fanabeazana tokony homena ny mpianatra.

Nandramany aloha ny fanakaramana mpampiana-draharaha nomena karama ara-dàlàna. Vokany: nandray an-tanana ny asa nampanaovina azy izy ireo, saingy tsy nijery loatra na ny fandrosoan'ny mpianatra na ny fandehanan'ny sampan'asa ara-dalàna.

Dia nirotsaka tamin'ny fanandramana faharoa indray izy: nomena ho andraikitry ny mpampiana-draharaha izay rehetra momba ny sampan'asa nakana azy, hatramin'ny fitadiavana asa ampanaovin'olona, sahala amin'ny hoe izy ireo no tompon'ny toeram-piasana. Vokany: tsy nananan'ny talen'ny *Oratorio* fahefana firy intsony ireo tanora natao mpiasa mpanampy tany amin'ny toeram-piasana isanisany.

Koa dia natao indray àry ny fanandramana fahatelo. Noraisin'i Don Bosco ny andraikitra rehetra mikasika ny toeram-piasana nisy, fa ny fanofanana ara-draharaha ihany no nomena hosahanin'ireo mpampiana-draharaha nalaina. Nefa mbola nisy vokadratsiny koa izany: natahotra ho resin'ireo mahay indrindra tamin'ny mpianatra notarihiny ireo mpampianatra, ka tsy nampianatra firy fa namela ireo mpianatra hiraviravy tanana.

Tsy nahita vahaolana nahafapo azy i Don Bosco raha tsy efa nahaomana olona mpitari-draharaha tena niraiki-po taminy tanteraka: tsy iza ireo fa ny mpiara-miasa Salezianina izay nirotsaka ho relijiozy (frera) nefa nanokan-tena hiantsoroka ireo sekoly fianarana asa.

Ny fanekena ny fisian'ny relijiozy mpiara-miasa (religieux coadjuteurs) ho anisan'ny mpanabe ao amin'ny *Oratorio*, arak'izany

no sori-dalana mazava hitan'i Don Bosco fa hampateza ny sanganasany sy hahafahany misedra ny onjan'ny hoavy.

Ary mba tsy hahalasa ny *Oratorio Md François de Sales* ho toeram-panofanana mpiasa fotsiny sy hijoroany hatrany ho trano fanabeazana, dia nametraka sori-dalana mazava hafa koa i Don Bosco:

- Ny tanora mpiana-draharaha eo anelanelan'ny roa ambin'ny folo sy ny valo ambin'ny folo taona ihany, sady kamboty ray sy reny, ary tena mahantra tsy mana-mpiahy mihitsy, no azo raisina ao amin'ny *Oratorio*;

- Tsy maintsy manaja ny fepetra ifehezana azy ao amin'ny *Oratorio* ny tanora miditra ao: fanekena sy fanajana ireo mpanabe tompon'andraikitra ao an-trano, fitiavam-bavaka, fitiavana asa, fitondrantena tsara (tsy miteny ratsy na manompa, mahalala fomba, tsy mangalatra), sns...

- Tsy maintsy manaraka ny fandaharam-potoana iorenan'ny rindram-piainana ao an-trano: fifohazana vao maraim-be, Sorona Masina sy fivavahana maraina ary sapile, sakafo maraina sy asa, sakafo antoandro hanaovana fianarana samirery sy hamitana entimody amin'ny hariva. Ary vavaka hariva sy tan-kafatra kely avy amin'i Don Bosco ho an'ny mpiray aina no amaranana ny andro.

- Asaina manao fihavaozam-panahy kely manokana indray mandeha isam-bolana ireo tanora ao amin'ny *Oratorio* (fiomanana ho tsara fahafatesana) ary misy vanim-potoana fohifohy isantaona koa atokana hivavahana manokana hoenti-manavao ny fiainampanahy. Morainy kokoa mandrakariva i Don Bosco tamin'ny tanora mpiasa noho ny tamin'ny tanora mpianatra niandraiketany, raha ny lafiny ara-pivavahana no jerena. Nefa rahefa tsapany fa nisy tena masim-piaina tamin'ireo tanora mpiasa, dia tsy nisalasala izy namporisika azy ireo tamin'ny fandalinana sy fikolokoloana bebe kokoa ny fiaimpiainana kristianina; anisan'ny najoron'i Don Bosco hanampiana an'ireo tanora ireo ho amin'izany, tamin'ny taona 1859, ny Fikambanan'i Md Joseph.

Fanokafana sekoly ambaratonga faharoa tao amin'ny Oratorio

Fa teo anilan'ny fikarakarana ireo tanora mpiasa manomana ny hoaviny avy, dia tsy nataon'i Don Bosco ambin-javatra ihany koa ny fiantsorohana ny fanabeazana tanora mpianatra. Nazava ny zava-nokendreny tamin'izany seha-panabeazana izany: tsapany aloha tetsy ankilany fa miha-midadasika hatrany ny saham-panabeazana ny tanora iandraiketany, ka mila seminarista sy pretra hanampy azy sy ho mpiara-miasa ary ho mpandimby azy aza izy; tetsy andaniny koa dia nisy ny tsy fahampian'ny pretra, ka dia noheveriny ho adidiny koa ny manomana pretra hiasa amin'ny diôsezy samihafa avy amin'ireo tanora beaziny eo anivon'ny asa an-tanana isan-tokony.

Ireo tanora nahavelom-panantenana azy

Nandiso fanantenana azy ihany, araka ny efa voalaza, ireo efa-dahy voalohany nofaniny ho an'izany tanjona izany (Joseph Buzzetti, Jacques Bellia, Charles Gastini ary Félix Reviglio). Fa nisy tanora hafa koa mba nahavelom-panantenana azy ihany.

Anisan'ireo i Michel Rua, ilay ankizilahy marefo vaha efa nataony andrimaso hatramin'ny taona vitsivitsy ary noraisiny ho kilasimandry tanteraka tao amin'ny *Oratorio* nanomboka tamin'ny 22 septambra 1852. Marihina eto fa nambaran'i Don Bosco tamin'i Rua ny hoaviny tamin'ny vanimpotoan'ny Paka 1853: maty i Jean kely zandrin'i Michel, sisa velona tamin'ny rahalahiny, tamin'izay; nanahy ny ho faty koa i Michel teo anatrehan'ny toe-javatra. Nentin'i Don Bosco nitety an'i Turin i Michel tamin'izay, mba hanarian-dia azy amin'ny fahoriana nianjady taminy. Ary satria moa i Turin, tamin'izay, dia teo anivon'ny fankalazana ny dimampolo taona fahavalon'ilay *«fahagagan'ny Sakramenta Masina»*, izay namoahan'i Don Bosco boky kely mahaliana tena nifarombahan'ny olona ka dia lasa tampoka tany amin'izany

fankalazana izany ny resak'izy mianaka teny am-pitsangatsangana. Hoy indrindra i Don Bosco tamin'i Rua:

- Afaka dimampolo taona, dia hankalazaina ny dimampolo taona fahasivy ary efa tsy ho amin'izany intsony aho. Fa ise kosa mbola ho eo; hevero àry izay hanontana printy indray ilay boky keliko.

Naminavina an'eritreritra izany tonon'andro mbola lavitra dia lavitra izany i Rua (1903). Nihivingivin-doha izy. Satria noheveriny ho mandeha lavitra loatra i Don Bosco; sady araka ny zava-nitranga tao amin'ny fianakaviana, momba ny nahafaty tanora ireo mpiray tampo taminy, dia nanampo ny ho faty tanora koa izy... Koa rahefa nahaheno ny teny tsy misy fanantenana ho ela velona navoakany i Don Bosco, dia vao mainka nanantitrantitra:

- Iantohako fa mbola ho eo ise, afaka dimampolo taona. Fa hatontao printy indray ity boky kely ity, aoka sa raikitra?

Mbola velona tokoa i Michel Rua tamin'ny taona 1903. Enina amby enimpolo taona izy tamin'izay. Efa pretra nandimby an'i Don Bosco nitantana ny Fikambanana Salezianina izy tamin'izay. Notanterahiny ny fanekeny an'i Don Bosco hampanonta printy indray ilay boky momba ny Sakramenta Masina.

Ankoatran'i Rua, dia anisan'ny nahavelom-panantenana an'i Don Bosco teo amin'ny hoavin'ny *Oratorio Md François de Sales* ihany koa i Jean Cagliero. Tamin'ny Sorona Masina nataon'i Don Bosco tao amin'ny Fiangonan'iCastelnuovo d'Asti, tamin'ny 1 nô-vambra 1851, no nahitany an'io ankizilahy iray io. Anisan'ireo ankizilahy mpanampy ny pretra amin'ny Sorona Masina i Jean Cagliero tamin'io andro io. Toa gaga sy variana be ihany izy niban-jina an'i Don Bosco nandritra ny toriteny. Ary tsikaritr'i Don Bosco fa mbola nanohy nibanjina azy foana i Cagliero rahefa tao amin'ny sakristia izy ireo, taorian'ny Sorona Masina. Dia nantsoiny àry izy hanontaniany:

- Toa sahala amin'ny manan-javatra holazaina amiko ise izany, sa tsy marina izany?

- Eny, tompoko. Te ho any Turin hiaraka aminao aho mba hianatra sy ho tonga pretra.

- Tsara izany. Ka dia ilazao i maman'ise mba ho avy aty amin'ny tranon-dry mômpera aorian'ny sakafo antoandro.

Tonga tokoa ny renin'i Cagliero tamin'ny tolakandro. Fantatr'i Don Bosco fa efa kamboty ray i Cagliero kely, vao telo ambin'ny folo taona monja. Ary nolazainy an-dRamatoa Thérèse fa hoentiny hiaraka aminy any Turin i Jean kely ny ampitso 2 nôvambra, ka tsara raha hanomanana fitafiana kely.

Niainga vao maraina an-tongotra ho any Turin izy mianaka tamin'ny 2 nôvambra 1851. Ary vizana sy sasatra izy ireo vao tonga tao Valdocco, ny harivan'io andro io ihany... Natoky tanteraka an'i Don Bosco izay tia azy i Jean Cagliero, ka nahita fivelarana teo amin'ny soridalam-piainana nanitsiany ny diany ho any amin'ny andraikitra maha-mpisoron'ny Avo Indrindra...

Ary iray tamin'ireo tanora nandrandrain'i Don Bosco sy nahavelom-panantenana azy koa i Jean-Baptiste Francesia, izay nanana ny famirapiratana teo amin'ny fahaizana teny latinina fony mbola mpianatra ary lasa «manampahaizana amin'ny teny latinina» nanan-daza eran'i Eorôpa taty aoriana.

Izy telo lahy ireo no tena nahavelom-panantenana an'i Don Bosco manokana eo amin'ny fanandratana ny hoavin'ny *Oratorio* sy ny fiangonana. Izany anefa tsy nidika fa tsy nisy tanora hafa, ankoatr'ireo telo lahy, nandrandrainy. Tsia! Tao koa ry Angelo Savio, ry Durando, ry Cerruti mbamin'ny maro hafa...

Mpianatra kilasimandry nalefa nianatra tany ivelany

Azo lazaina ho zavatra vonjimaika ihany ny nisian'ny mpianatra noraisina ho kilasimandry tao amin'ny *Oratorio*, satria ny tanora mpiasa nianjadiam-pahantrana no tena novinavinain'i Don Bosco hokarakaraina tao. Nefa teo anatrehan'ny zava-nitranga tsy azony nidifiana, dia tsy nihevitra ny hanafoana ny fandraisana mpianatra ho kilasimandry izy. Vao mainka aza nampiroborobo ny

fisian'ny mpianatra kilasimandry ny fibanjinan'i Don Bosco ny hoavin'ny *Oratorio Md François de Sales*. Vitsy izy ireo noho ny tanora mpiasa kilasimandry nefa tsy nitsaha-nitombo isa kosa, arakaraka ny fandrosoan'ny volana maro nitambatra ho taona: 12 no isan'izy ireo tamin'ny 1850, 35 tamin'ny 1854, 63 tamin'ny 1855, 121 tamin'ny 1857...

Sekoly anankiroa tsy miankina amin'ny Fanjakana mivantana no nandefasan'i Don Bosco azy ireo hianatra nandritra ny taona vitsivitsy. Ireo nanaraka ny fianarana ambaratonga faharoa fototra dia nianatra tany amin'ny Sekolin'Ingahy Bonzanino. Ireo nahavita fianarana avy ao kosa dia nalefan'i Don Bosco hanohy ny dingampianarana manaraka tao amin'ny Sekolin'i Don Mathieu Picco.

Ankizilahy nipoitra avy amina fianakaviana mpanankarena, tsara fandoa sarampianarana, ny ankamaroan'ny mpianatra tao amin'ireo sekoly tsy miankina anankiroa ireo, ka dia velona aradalàna ny sekoly. Ary noho izany, dia tsy nametraka olana ny fandraisana ireo tanora kilasimandrin'i Don Bosco hianatra maimaimpoana, tao amin'ireo sekoly ireo.

Teo am-piandohany ny fianaran'ireto tanoran'i Don Bosco ireto tany amin'ireo sekoly ireo, dia voaesoeson'ireo zanaky ny mpanana ihany izy ireo, satria tsy mifankaiza amin'ny akanjo misarin-dambabe isaloran'ny mahantra mpangataka ny fitafian'izy ireo, ka nahatsikaiky be ihany (fanomezana azon'i Don Bosco tamin'ny Fanjakana ireo fitafiana ireo: karazana kapaoty nasalotra miaramila ary mitovy kokoa amin'ny lamba bodofotsy fa tsy akanjo, araka ny voalazan'i Don Lemoyne, nefa tena miaro amin'ny orana sy ny fanala na ranomandry).

Nefa na dia voaeso noho ny fitafiana nisalorana aza ireto tanoran'ny *Oratorio Md François de Sales* ireto, dia tsy latsa-danja kosa izy ireo teo amin'ny fianarana. Tia azy ireo tokoa i Don Bosco, nefa tsy nampihanta azy ireo befahatany: tsy nandefitra tamin'ireo niraviravy tanana tamin'ny fianarana izy. Vokatr'izany: tsapan'ny mpampianatra isan-tokony fa «mianatra tokoa ny tanoran'i Don Bosco».

Fanokafana sekoly ambaratonga faharoa tao amin'ny Oratorio

Tsy dia nahafapo an'i Don Bosco loatra ny fivezivezen'ny tanorany mamonjy fianarana isan'andro any ivelany. Sady hitany rahateo koa fa tsy ampy hianaran'ny tanora rehetra avy ao amin'ny *Oratorio* intsony ny efitrano fianarana nisy tao amin'ireo sekoly roa niandraiketan'Ingahy Bonzanino sy i Don Picco. Koa raha vao nahavita ny dingam-pianarana *ambaratonga faharoa famaranana*, tao anaty famirapiratana, i Jean-Baptiste Francesia (17 taona), dia nankinin'i Don Bosco taminy, tao amin'ny *Oratorio*, ny kilasy fahatelo (classe de 3e). Nôvambra 1855 tamin'izay. Nisokatra tamin'izany tao amin'ny *Oratorio* àry ny sekoly ambaratonga faharoa.

Ary herintaona taorian'io vanimpotoana io, dia nosokafan'i Don Bosco ihany koa ny kilasy faharoa sy kilasy voalohany (classes de Seconde et de Première). Andriamatoa Bianchi, laika naman'i Don Bosco, no niandraikitra an'ireo.

Efa nihoatra ny roanjato ny isan'ny mpianatra tao amin'ireo kilasy telo ireo tamin'ny 1861. Ary ireo seminarista lehibe toa andry Francesia, ry Durando mbamin-dry Cerruti ary Provera sy Anfossi no mpampianatra...

Voalaza tao amin'ny soridalana fanampiny mikasika ny fitsipika ho an'ny mpianatra fa azo raisina honina ao amin'ny *Oratorio* ny tanora mpianatra mahafeno ireto fepetra telo ireto:

1) fananana hakingana manokana amin'ny fianarana;

2) fananana fitiavam-bavaka mahatarika ny hafa;

3) ary fananana faniriana marim-pototra hirotsaka ho pretra omban'ny fahafahana hisafidy ny lalam-piantsoana harahiny rahefa hatrizay vita ny fianarana latinina.

Tsy dia hentitra be loatra toy ny tamin'ny fandraisana tanora mpiasa ho kilasimandry kosa anefa i Don Bosco, raha ny momba ny fiainam-pianakaviana ipoiran'ny tanora mpianatra no jerena. Satria tsy nantitranteriny tamin'ny fandraisana ny tanora mpianatra

ilay fepetra ho an'ny tanora mpiasa hoe: *«kamboty ray sy reny ary tena mahantra tsy mana-mpiahy no azo raisina»*. Nefa na izany aza, dia tsapa fa avy amin'ny fianakaviana mahantra no niavian'ny ankamaroan'ireo tanora mpianatra.

Nifandrindra tsara ny fandaharam-potoana narahin'ny mpianatra tsotra sy ny mpiana-draharaha. Satria mitovy ny vanim-potoana ianaran'ny mpianatra any an-dakilasy sy ny fiasan'ny mpiana-draharaha any amin'ny sampan'asa isan-tokony. Hany ka tafaraka mandrakariva ny tanora rehetra mponin'ny *Oratorio* amin'ny ora fivavahana sy fihinanana ary fakàndrivotra...

Fiainam-pitiavana ombam-pinoana amam-panantenana eo anivon'ny tanora

Niezaka mandrakariva ho eo anivon'ny tanorany, arak'izay tratrany i Don Bosco. Satria zary hasambarana sy fiainana mahavelombolo azy izany. Mbetika izy hita miady hevitra na miara-milalao amin'izy ireo mandritra ny fakàndrivotra. Mbetika koa izy dia manokam-potoana fotsiny izao hiara-miaina amin'ny mpianatra ao an'efitrano fianarana, mandritra ny fotoanan'ny fianarana samirery; ary tsy hiambina ny mpianatra akory no alehany ao fa dia izay e: azoazony ery ny ainy eo anivon'ireo tanorany! Mipetraka amin'ny seza tsotra ho an'ny mpianatra eny ho eny izy, dia manoratra na maminavina izay boky mety havoakany tsy ho ela... Lasa fahazarana ho azy mihitsy aza, mandrapahatongan'ny taona 1879, ny nandray ny tanora hiresaka aminy eo am-pamaranana ny sakafony antoandro. Mihazakazaka manao rodorodo avy any ry zalahy, miditra manodidina azy ao an-tranofihinanana. Ny sasany mipetraka eo akaikiny, na eo ambony latabatra manatrika azy, ny sasany mitsangana, ny sasany aza mandohalika. Be ny antonantony manosika ny tanora hanatona azy: ao ny te hahita azy fotsiny, ao ny te hanontany, ao ny te hihaino, fa ao koa ny te hihomehy amin'ny vazivazy ataon'i Don Bosco... Hehy, tsiky, vazivazy no andaniana ny fotoana ihaonana! Hasambarana lalina ho an'i Don Bosco izany rehetra izany...

Tsy tongatonga foana anefa izany firaisam-po amam-panahy nampiombona an'i Don Bosco sy ireo tanorany izany; fa fanoitra nahalalina ny fifandraisana ny finoana velona nentin'i Don Bosco nanabe azy ireo, tao anatin'ny rivo-piainana nombam-pivavahana. Nanampian'i Don Bosco azy ireo hivelatra teo anivon'ny fiainana maha-kritianina ny fitiavana mandray Sakramenta sy ny fanajana an'i Masina Maria ary ny fitiavana ny Fiangonana eo ambany fiadidian'ny Papa, Solontenan'i Kristy-Filohan'ny Fiangonana.

Arak'izany fikolokoloana ara-panahy miavaka izany àry, dia nanjary fahazarana mahasoa tao amin'ny *Oratorio* ny fandraisana ny Sakramentan'ny fampihavanana sy ny Eokaristia. Fahazarana ho an'ny ankamaroan'ny tanora ny mikônfesy indray mandeha isan-kerinandro. Amin'ny andro mialoha ny fety lehibe ara-pivavahana aza, dia laniny handraisana ny tanora tonga hikônfesy ny tolakandro manontolo. Tsy nisalasala nanatona azy koa ny tanora tamin'izany, fa natoky azy tanteraka, noho izy nalaza ho manam-panomezana manokana amin'ny «fahaiza-mamantatra ny fahotan'ny olona» mifanatrika aminy...

Taona vitsy taorian'ny nanombohan'ny kilasimandry tao amin'ny *Oratorio* koa, dia nanjary fahazarana isan'andro ho an'ny tanora maro ny fandraisana ny Eokaristia.

Ary izany fahazarana mandray Sakramenta izany, dia niveloman'ny tanora nobeazin'i Don Bosco teo anivon'ny rivo-panajana fatratra an'i Masina Maria sy ny rivo-pitiavana ny Fiangonana eo ambany fitarihan'ny Papa, Solontenan'i Kristy-Filohan'ny Fiangonana izay mampiray ny rantsambatana rehetra eram-bazantany...

Eny! Fiainam-pitiavana ombam-pinoana amam-panantenana tokoa no nentin'i Don Bosco nanabe ireo tanora niantsorohany, ka dia niroborobo fatratra ny *Oratorio Md François de Sales*, ary arakaraka ny nandrosoan'ny taona no nahatsinjovan'i Don Bosco mazava kokoa hatrany ny hoavy!... Hitany tao anatin'ny nofy ary azony antoka fa hijoro, indray andro any, ny *Fikambanana*

Salezianina izay hampitatra ny *Oratorio Md François de Sales* eran'izao tontolo izao...

Fambaran'ny hoavy azo antoka, ho an'i Don Bosco

Nofy hafakely niorenan'ny ezaka fanomanana ny hoavy

Anisan'ny ezaka fanomanana ny hoavy ny fananganan'i Don Bosco toeram-pianarana asa sy ny fanokafany sekoly ambaratonga faharoa tao amin'ny *Oratorio*.

Tsy nataotao foana anefa ireny rehetra ireny, fa niorina tamin'ny «torolalana» lalina niampita tamin'i Don Bosco tao anatin'ny nofy. Nofy hafakely niseho tamin'ny fiainan'i Don Bosco tamin'ny 1847 no nahazoany antoka ny fanomanana ny hoavy. Nokoboniny mangina ho azy samirery izany *«nofy fototry ny hoavy»* izany nandritra ny taona maro. Tamin'ny taona 1864 izy vao nitantara izany tamin'ireo Salezianina voalohany toa an-dry Don Rua, Don Cagliero, Don Durando ary Don Barberis.

«Indray andron'ny taona 1847 - hoy i Don Bosco tamin'izy ireo - raha nandinika fatratra ny mikasika ny fomba hanasoavana ny tanora aho, dia niseho tamiko ny Mpanjakavavin'ny lanitra (teny tsy dia fandre loatra amin'ny Don Bosco izany; matetika, dia hoy izy: "Nahita vehivavy tsara tarehy tamin'ny nofy aho"...) ary nitondra ahy teo anivon'izany zaridaina mahasondriana izany».

Eto dia tsorina fa sarotra ny mamariparitra mazava ny tena endriky ny tontolo hitan'i Don Bosco teo anivon'io zaridaina io. Fa raha lazaina amin'ny ambangovangony, dia izao no hitan'i Don Bosco tao: andry maro mifandray tendro na andohalambo mahafinaritra, izay voaravaka zavamaniry mandady, midoroboka sy rako-boninkazo. Ary avy amin'ireo andry mifandray tendro ireo, dia ahatsinjovana tranoheva iray toa lalana mitafo voafefy sy rakotra foto-draozy marobe mahavariana feno voniny avokoa. Na ny tany diavina ao anatin'io tranoheva toa lalana mitafo io aza dia rakotra ny vonin-draozy marobe.

Na dia sarotra aza anefa ny mamariparitra mazava ny tena endriky ny tontolo hitan'i Don Bosco tao anatin'ny nofy, dia mazava kosa ny hevi-dalina niampita taminy tamin'io nofy io. Koa aoka àry hohenointsika i Don Bosco manohy mitantara ilay *"Nofy fototra"* tamin'ireo Salezianina voalohany.

«Dia nilaza tamiko i Masina Maria hoe:

- Esory ny kiraronao ary mandehana eo ambanin'io tranoheva toa lalana mitafo io, fa io no lalana tsy maintsy izoranao.

Sambatra ery aho niala kiraro: ho nanenenako ny hanosihosy ireo raozy ireo. Dia nanomboka namindra aho, nefa tsapako avy hatrany fa nanafina tsilo tena maranitra ireo voninkazo. Voatery nijanona aho. Ary hoy aho tamin'ilay vehivavy nitari-dalana ahy:

- Ankehitriny dia ilaina ny kiraro.

- Mazava loatra - hoy izy namaly -. Ilaina ny kiraro tena tsara (mafy).

Dia nikiraro aho ary nanohy namindra indray niaraka tamina namana vitsivitsy izay vao tonga ary nangataka hiara-dalana amiko.

Sampan-draozy marobe koa no nitsontsorika avy any ambony toy ny haingon-trano. Tsy nahita afa-tsy raozy aho na teo ankavanana sy teo ankavia, na teo ambony lohako, na teo anoloako. Fa ny ranjoko kosa niraikitra tamin'ireo sampana miparitaka amin'ny tany ary naratra tao. Voatsindrona aho eo am-panalana rantsana iray misakan-dalana ahy; nivoa-drà avokoa na ny tanako na ny tenako. Nanafina tsilo marobe tsy hita isa ny vonindraozy.

Ny olona rehetra nahita ahy nandroso dia nilaza hoe: "mandeha eo ambony raozy mandrakariva i Don Bosco! Mandeha tsara ny zavatra rehetra ho azy". Tsy hitan'izy ireo fa nandrovitra ny rantsambatako mahantra ny tsilo.

Nirotsaka nanaraka ahy an-kafaliana ny seminarista sy pretra ary laika marobe izay nasaiko, satria babon'ny hakanton'ireo voninkazo; nefa tsikaritr'izy ireo fa eo anivon'ny tsilo no tsy maintsy androsoana, ka dia nanomboka nikiaka izy ireo hoe: «Voafitaka izahay». Niala ny ankamaroany. Izaho irery sisa tavela teo. Koa dia nitomany aho. Ary hoy aho hoe: "Dia ho marina ve fa tsy maintsy hizotra, hanefa ity lalana rehetra ity samirery aho?"

Nefa dia afa-pahoriana vetivety foana aho. Hitako nandroso nanatona ahy ny andiam-pretra sy seminarista ary laika marobe izay nilaza tamiko hoe: "Anao manontolo izahay. Vonona ny hanara-dia anao izahay". Dia nanohy ny diako namindra teo alohan'izy ireo indray aho. Vitsivitsy fotsiny no ketraka an-dalana sy nijanona. Ny ankamaroany kosa dia tody niaraka tamiko teny an-tsasa-dalana..

Tody teo anivon'ny zaridaina mahafinaritra anankiray aho, rahefa avy namakivaky manontolo ilay tranoheva toa lalana mitafo. Ireo nanara-dia ahy kosa dia nihanahia, sy nisarita-bolo ary nivoadrà. Dia injay nisy tsioka malefaka nipoitra, ary, noho izay tsioka izay, dia nahazo aina avokoa ny rehetra... Dia injay indray fa nisy tsioka hafa nipoitra, ary tamin'ny fomba mahagaga, dia indro aho voahodidina tanora marobe sy seminarista ary laika mpiaramiasa sy pretra ihany koa izay nirotsaka niara-niasa tamiko nitarika ny tanora. Nisy vitsivitsy tamin'izy ireo fantatro, fa mbola tsy fantatro kosa ny maro hafa.

Tamin'izay dia nanontany ahy i Masina Maria Virijiny izay nirotsaka ho mpitari-dalana ahy:

- Fantatrao ve ny dikan'izay hitanao ankehitriny sy izay hitanao teo aloha?

- Tsia - hoy aho.

- Ny lalana notetezinao teo anivon'ny raozy sy ny tsilo dia manambara ny fikarakarana ny tanora izay tsy maintsy hiantsorohanao. Ny tsilo dia ireo vato misakana sy fijaliana ary alahelo hianjady aminao. Nefa aza kivy. Handresy sy ho tody amin'ny raozy tsy misy tsilo ianao, raha mizotra am-pitiavana sy am-panetrentena. Raha vao avy niteny ilay Renin'Andriamanitra, dia nahatsiaro aho ary tao an'efitranoko ihany».

«Nitantara izany taminareo aho - hoy i Don Bosco tamin'ireo Salezianina voalohany - mba hananan'ny tsirairay antoka fa i Masina Maria no maniry sy mankasitraka ny Fikambanantsika sady mba hahatapa-kevitra antsika bebe kokoa hiasa ho an'ny voninahitr'Andriamanitra lehibe indrindra».

Izany àry ny mombamomba ilay *«Nofy fototra»* nahitan'i Don Bosco ny hoaviny sy ny hoavin'ny *Oratorio* tamin'ny 1847. Nokoboniny mangina ho azy samirery io *«Nofy fototra»* io hatramin'ny taona 1864 izay nitantarany azy manokana tamin'ireo Salezianina voalohany. Teo anelanelan'ireo taona 1847 sy 1864 ireo kosa anefa, dia tsy nitsaha-nanentana an'i Don Bosco teo amin'ny ezaka nirotsahany rehetra ilay *«Nofy fototra»* nokoboniny mangina tao am-pony tao. Io nofy io no niorenan'ny ezaka fanangana toeram-pianarana asa tao amin'ny *Oratorio*. Io nofy io no niorenan'ny ezaka fanokafana sekoly ambaratonga faharoa, tao amin'ny *Oratorio* koa, mba hanomanana ireo mpiara-miasa sy solofo handimby amin'ny hoavy. Ary mbola io *«Nofy fototra»* io ihany koa no nanentana azy hamboraka mazava, tamin'ireo tanora nandrandrainy, ny fanpahankeviny hanorina Fikambanana.

Fanapahan-kevitra hanorina Fikambanana

26 janoary 1854 tamin'izay. Teo anivon'ny hatsiakan-dririniña mamirifiry no nilazan'i Don Bosco, tao an'efitranokeliny, ny hetahetam-panahiny lalina mikasika ny hoavy tamina tanora efa-dahy, anisan'ireo nanankinany ny fanantenany. I Rocchietti sy i Artiglia ary i Cagliero sy i Rua ireo tanora namborahany ny fikasàny lalaina sy ny fanapahankeviny ireo. Hoy indrindra izy tamin'ny izy efa-dahy:

- Hitanareo fa manao izay rehetra azony atao i Don Bosco, nefa irery izy. Fa raha mba manampy ahy izao ianareo, dia hahavita zava-mahagaga isika rehetra miaraka. Ankizy mahantra an'arivony maro no miandry antsika. Omeko antoka ianareo fa i Masina Maria dia hanome antsika *Oratorio* lehibe midadasika maro, fiangonana, trano, sekoly, toeram-pianarana asa sady fiasana, ary pretra marobe tapakevitra ny hanampy antsika. Eto Italia no andefasany izany, eran'i Eorôpa, ary hatrany Amerika aza. Aminareo ireto aza, dia efa mahita satrok'Eveka aho. Sitrak'i Masina Maria ny hanorenantsika Fikambanana. Efa ela no nanontaniako tena ny amin'izay anarana homena azy. Nanapakevitra aho fa *«Salezianina»* no ho anarantsika.

Toy ny manofy izy efa-dahy teo am-pihainoana an'i Don Bosco. Fa i Don Bosco kosa tsy manofy; ny hoavy no ambarany am-pahatonena. I Michel Rua, izay anisan'ireo nihaino an'i Don Bosco tamin'ny io andro io, dia nametraka an-tsoratra izay mba fahazoany ny hafatra niampita, tao anatin'ny firaketany. Izao àry no voasoratr'i Rua:

«Tafavory tao amin'i Don Bosco izahay: i Rocchietti, i Artiglia, i Cagliero ary i Rua. Tolokevitra nomena anay ny hanao fanandramam-panazarantena hanao asa fitiava-namana, miaraka amin'ny fanampian'ny Tompo sy i Md François de Sales. Aorian'izay, dia hanao fanomezan-toky izahay ary raha azo atao, dia hanao voady amin'ny Tompo. Ireo manao izany fanandramana izany sy hanao izany aoriana dia homena anarana hoe: Salezianina»...

Nazava tamin'io fihaonana io àry ny sori-dalan'ny hoavy iandrandran'i Don Bosco ireo tanora omaniny ho pretra. *Fambaran' ny hoavy* fotsiny ihany anefa no nolazainy tamin'izao fihaonana izao. Fa ny fanatanterahana ny fikasana nambara dia atrehina tsikelikely eny am-pitetezana ny onjan'ny tantara...

17

Fahasoavana, Fahitana, Fanaovan-tsoa...

Azo lazaina fa io fihaonana voalaza etsy aloha io no zava-nitranga nanamarika manokana ny fiainan'i Don Bosco tamin'ny taona 1854. Tsy io monja ihany kosa anefa no zava-nitranga teo amin'ny fiainany nandritra io taona io sy ny taona manaraka.

Maro tsy hay tanisaina ny zava-nitranga natrehiny. Sombin-tsombiny ihany anefa no hasongadina manokana eto... Fahasoavana, fahitana ary fanaovan-tsoa no noraketin'ny tantaram-piainan'i Don Bosco namakivaky ny taona 1854 sy 1855.

Tamin'ny taona 1854

Faneken'i Don Alasonatti hanampy azy

Nisy pretra anankiray, zokin'ny Don Bosco tokony ho telo taona eo ho eo, nonina tao Avigliana: Victor Alasonatti no anarany. Mpampianatra tamin'ny Sekoly ambaratonga fototra tao amin'io izy ary efa imbetsaka nihaona tamin'i Don Bosco rahefa fotoanan'ny fihavaozam-panahy (retraite) fanao isan-taona.

Vazivazy no nentin'i Don Bosco nanipy teny taminy matetika mba hiantsoany azy ho pretra mpanampy ao amin'ny *Oratorio Masindahy François de Sales:*

- Mba firy moa - hoy Don Bosco - ny ankizilahy ampianarinao io, ao Avigliana? Telopolo fotsiny ve? Dia tsy menatra ve ianao amin'izany? Mba tongava manampy ahy eny Turin e!

- Inona àry - hoy i Don Alasonatti - no mba homenao ahy ho karamako?

- Mofo sy asa ary paradisa. Raha ny boky, dia tsy afaka hanangona firy ianao; fa raha ny torimaso kosa dia be mihitsy, arak'izay tianao, no ho azonao avela.

Nampieritreritra lalina an'i Don Alasonatti ihany ireny sangisangy zary tenany nataon'i Don Bosco ireny. Koa rahefa nanoratra taminy i Don Bosco tamin'ny voalohandohan'ny taona 1854, ka niangavy azy ho pretra mpanampy sy mpiara-miasa aminy ao amin'ny *Oratorio*, dia tsy nandà izy.

Nandamindamina ny raharaha rehetra mikasika ny asany nosahaniny hatramin'izay i Don Alasonatti. Ary rahefa vita izay, dia nandao an'i Avigliana ho any Valdocco, ao Turin, izy. Ny androtry ny 14 aogositra 1854 izy no tonga tao amin'ny *Oratorio*.

Ny raharaha fitantanam-bola sy fampitaovana tao amin'ny *Oratorio* no nankinin'i Don Bosco taminy. Tsotra ny tenim-paneken'i Don Alasonatti:

- Manomboka izao dia omeo baiko aho, fa hanaiky anao. Ary aza avela hipetrapetra-poana aho, fa tiako ny hahazo ny paradisa...

Nandripaka olona tao Turin ny aretina kôlerà

Nifanandrify indrindra tamin'io vanim-potoana nahatongavan'i Don Alasonatti tao Valdocco io ny fidiran'ny aretina kôlerà tao Turin. Raha ny tena marina, dia efa nandripaka olona tao Turin nandritra ny herinandro roa ity aretina mahery vaika ity vao tonga tao Valdocco i Don Alasonatti. Faran'ny volana jiona 1854 no nanomboka hita ireo voalohany nianjadian'ny aretina tao Turin. Tao amin'ny faritra nonenan'ireo mpifindra-monina tonga hiasa tao an-drenivohitra sady tsizarizary trano itoerana no tena nandairan'ny kôlerà. Anisan'ireny faritra ireny i Borgo Dora izay tsy lavitra an'i Valdocco. Valonjato olona no nalavon'ny aretina tao anatin'ny iray volana ary maty ny dimanjato tamin'ireo. Nanao antso avo ho an'olona be herim-po ny «ben'ny tanàna» mba hamonjy ireo marary sy hitatitra azy ireo ho any amin'ny hôpitaly, ho fisakanana ny aretina tsy hihanaka toy ny menaka mahazo taratasy.

Niteny tamin'ireo tanorany i Don Bosco tamin'ny 5 aogositra 1854 noho ny fisehoan-javatra naharaiki-tahotra ihany. Nampanantena azy ireo aloha izy fa izay rehetra mihavana amin'Andriamanitra, ka tsy manao heloka bevava na iray aza, dia tsy ho voakasiky ny kôlerà. Avy eo izy vao nilaza ny fikasany hamonjy ny marary noho ny antso avo nataon'Ingahy Notta, lehiben'ny tanàna:

- Raha misy aminareo efa lehibebe ireo te handeha hiaraka amiko eny amin'ny hôpitaly sy any an-tranon'ireo marary, dia hiara-manao asa soa ankasitrahan'ny Tompo isika.

Ny harivan'iny andro iny ihany dia nisy efatra ambin'ny folo nisoratra anarana hiara-miasa amin'i Don Bosco tamin'ireo nandre ny antso. Ary nisy telopolo mbola somary tanora ihany koa nanatevin-daharana azy ireo, andro vitsivitsy taorian'izay. Mafy tokoa ny asa tamin'izany. Fanorana sy fikosehana mafy ny ranjon'ny marary no nasain'ny mpitsabo nataon'izy ireo mba hahabe hatsembohana ireo tsaboina. Notsinjarain'i Don Bosco ho antoko telo ireo tanorany nanampy azy: ireo zokiny indrindra dia niasa mandavan'andro tany amin'ireo hôpitaly sy tany an-tranon'ireo voan'ny aretina; ny antoko faharoa dia nalefa nitety ny arabe samihafa hijery ny vao manomboka marary, ireo tena zandriny kosa dia nijanona tao amin'ny *Oratorio*, nefa vonona handeha raha vao misy fiantsoana tonga.

Ho fitandremana teo anoloan'ilay areti-mifindra, dia nampitondrain'i Don Bosco vinaingitra iray tavoahangy ny isambatanolona ary nasainy misasa tanana amin'izany isaky ny avy mikasika marary.

Araka ny fitantaran'i Don Lemoyne, dia «matetika no tsy ampy lambam-pandriana sy bodofotsy firakotra, na akanjo, ireo marary. Tonga milaza izany toe-javatra izany amin'i Neny Marguerite ry zareo tanora. Dia lasa mankany amin'ny fitoerandamba izy ary manome izay mba kely ananany ao. Afaka andro vitsivitsy dia tsy nanana na inona na inona intsony izy». Tsy kely hevitra anefa i Neny Marguerite. Koa indray mandeha, raha tonga ny tanora anankiray nitantara taminy ny fahantran'ity marary iray

tsy nanan-kirakofana, dia ny lamba fotsy nandrakotra ny ôtely no nesoriny nampitondrainy an'ilay tanora ho an'ilay marary tsy nanan-damba firakotra. «Ento ho an'ilay mararinao ity - hoy i Neny Marguerite -. Tsy mino aho fa ho tezitra amin'izany ny Tompo»...

Nanao izay tratry ny heriny i Don Bosco sy ny tanorany tamin'ny famonjena ireo nalamaky ny kôlerà. Nefa na teo aza izany, dia mbola be ihany no maty. Nahatratra efajato sy arivo ny isan'ny maty nandritra ny volana telo sy tapany nanja-kan'ny kôlerà (1 aogositra - 12 nôvambra).

Fahitana mikasika an'i Cagliero

Anisan'ireo tanoran'ny *Oratorio* niaraka tamin'i Don Bosco nikarakara ny mararin'ny kôlerà tany amin'ny hôpitaly i Jean Cagliero, 16 taona, iray tamin'ireo mpianatra nandrandrain'i Don Bosco hanohy ny asany. Tsy arak'izany fiandrandran'i Don Bosco izany anefa ny zava-niseho tamin'ny faramparan'ny volana aogositra. Nandre ny tenany ho tsy salama i Jean Cagliero indray hariva, rahefa niverina avy nikarakara marary teny amin'ny hôpitaly. Ary nolazain'ilay mpitsabo nantsoin'i Don Bosco haingana hijery ny toetr'aretina fa «tefoedra» no mahazo azy. Aretina mahery vaika sy tena mampihoron-koditra izany tefoedra izany.

Nikiky an'i Cagliero miandalana ilay aretina mahery vaika, nandritra ny volana septambra, ka nahatsiaro reraka tanteraka izy sady reny fa manatona ny farany. Hoditra aman-taolana sisa no hany hita teny aminy tamin'ny faran'io volana io. Ny mpitsabo anankiroa nantsoina hitsapa azy, dia nilaza mazava fa tsy antenaina ho velona intsony izy, ka tokony homena ny vatsy masina hiatrehany ny farany.

Sahiran-tsaina izaitsizy i Don Bosco nanoloana ny toe-javatra. Satria tiany tokoa ity tovolahikely ity. Tsy nanan-kery akory izy hanambara ny vaovao tamin'i Cagliero. I Joseph Buzzetti no niangaviany hilaza izany an-kamorana sy am-pitandremana amin'ny marary. Izy kosa, nandritra izany, lasa niditra tany am-piangonana haka vatsy masina.

Vitan'i Buzzetti ny adidy sarotra napetraka taminy. Dia iny koa i Don Bosco fa niverina avy any am-piangonana nitondra ny Sakramenta Masina. Saingy tsy nandroso tao an'efitrano izy fa nijanona segôndra vitsy teo an-tokonam-baravarana,toy ny hoe: misy zavatra niova tanteraka anefa tao aminy. Tsy hita taratra teny aminy intsony koa ny alahelo sy fahasahiranan-tsaina nodiaviny vao haingana teo. Faly sy nitsiky indray izy. Nibitsibitsika taminy i Jean Cagliero tamin'izay nanao hoe:

- Izao ve ny kônfesy farany ataoko? Dia ho faty tokoa ve aho?

- Tsia - hoy i Don Bosco - tsy mbola izao no andro andehananao any an-danitra. Mbola be ny zavatra hatao: ho sitrana ianao, handray akanjorebareba... ho tonga pretra... Ary hivezivezy aokizany ianao!... dia handeha lavitra tokoa.

Nanaovan'i Don Bosco tsipalo-teny tamin'i Jean Cagliero mihitsy aza tamin'izay fa hamindra fahefana amina pretra maro hafa izy any aoriana any (ho tonga Eveka). Ary rahefa voalazany izany rehetra izany, dia nentiny niverina tany am-piangonana indray ilay vatsy masina saika homeny an'i Jean Cagliero...

Dia inona tokoa fa sitrana tery i Cagliero, andro vitsivitsy taorian'izay! Ary nomena alalana hiala sasatra fotoana lavalava teny Castelnuovo tanàna fiaviany izy.

Tsy fantatr'i Joseph Buzzetti sy i Cagliero mazava izay zava-niseho manokana tamin'i Don Bosco tamin'ny fotoana nidirany tao an'efitrano hitondra ny vatsy masina. Lasa fisainana sy nifanontany fotsiny izy mirahalahy rahefa nahatsapa fa sitrana araka ny tenin'i Don Bosco i Cagliero. Taty aoriana izy vao nilaza mazava fa nisy fahitana tonga taminy, tamin'iny fotoana nitondrany vatsy masina ho an'i Cagliero iny. Hoy indrindra i Don Bosco:

«Nametraka ny tongotro teo an-tokonana aho, raha nahita hazavana lehibe tampoka. Voromahailala iray fotsy tsy misy pentina, nitondra sampan'ôliva, no nidina nankeo amin'ny farafaran'ny marary. Nijanona tsy lavitra ny endrik'i Cagliero tena hatsatra ilay voromahailala ary namela ilay sampana hilatsaka teo ambony handriny. Vetivety taorian'izay, dia toa hitako nivoha ireo rindrin'ny

trano ary nampiseho toeran-davitra sady mahagaga». Olona marobe hafahafa fitafy sady avo ranjanana no hitan'i Don Bosco nanodidina ny farafara, araka ny filazany. Matroka ny hoditry ny ankamaroany sady voaravaka sarisary mahagaga manopy mena. Niondrika teo amin'ny marary ireo olona ranjanana nanjombona endrika ireo; nangovitra no fahitàn'i Don Bosco azy ireo ary niteny moramora hoe:

- Raha maty izy, iza no ho avy hamonjy anay?

«Naharitra fotoana fohy ilay fahitana - hoy i Don Bosco mamarana ny fitantarany - nefa kosa dia azoko antoka tanteraka fa ho sitrana i Cagliero».

Nazava tamin'i Don Bosco ny votoatin'io fahitana io, ka tsy nisalasala akory izy nilaza ny heviny raha narary indray i Cagliero tamin'ny fotoana nialany sasatra tao Castelnuovo.

Fotoana fiotazana voaloboka moa tamin'izay, ka nanandrana nihinana tamin'ireo voankazo ireo tsy nisy fitandremana i Cagliero. Azon'ny tazo mahery vaika indray izy. Nandre ny vaovao i Don Bosco, ka tonga namangy azy tany Castelnuovo. Ary nony mby tany izy, dia nitaraina taminy ny renin'i Cagliero nanao hoe:

- Very ny zanako! Miredíredy izy; miteny fandraisana akanjorebareba izy, nefa ny tazo mahery ity efa mitondra azy ho eo am-bavahaonan'ny fahafatesana.

Natoky ilay fahitana efa niseho taminy mikasika an'i Cagliero kosa i Don Bosco, ka nampitony an-dRamatoa Thérèse nanao hoe:

- Tsia re, Ramatoa Thérèse ô, tsy mirediredy ny zanakao. Fa dia omano tokoa io akanjorebareba io izay hampitafiako azy amin'ny volana nôvambra izao. Tsy hanala azy aminao tsy akory ny tazo; mbola be dia be ny zavatra hotontosainy ety an-tany ety.

Dia tanteraka ny voalazan'i Don Bosco tamin-dRamatoa Thérèse! Sitrana i Cagliero ary nandray ny akanjorebareba tamin'ny 22 nôvambra 1854, fetin'i Mb Cécile. Nanomboka teo, dia afanianatra tao amin'ny Seminera Zokiny tao Turin izy; saingy kilasimody izy, satria teny amin'ny *Oratorio* teny Valdocco ihany izy no nonina.

Fihaonana tamin'i Dominique Savio

Talohan'izany aretina nianjady tamin'i Jean Cagliero tao Castelnuovo izany sy ny fandraisany akanjorebareba, dia nisy zava-dehibe hafa koa nitranga teo amin'ny fiainan'i Don Bosco.

Nandalo teny Becchi toy ny fanaony hatramin'ny taona maro izy, tamin'ny voalohandohan'ny volana ôktôbra 1854, mba hankalaza ny fetin'i Masina Marian'ny Rôzery. Ary tamin'izay indrindra no tonga niresaka taminy i Don Cagliero, iray tamin'ireo mpiara-mianatra taminy tany amin'ny seminera sady mpampianatra amin'ny sekoly fampianarana fototra tao Mondonio. Nolazainy tamin'i Don Bosco fa misy ankizilahy kely iray manam-paniriana ho pretra avy eny Mondonio, ka tiany mba horaisin'i Don Bosco ao amin'ny *Oratorio* ao Valdocco. *Dominique Savio* no anarany. Mareforefo ihany izy io raha ara-pahasalamana, fa azo antoka kosa amin'ny hatsaran-toetra sy fitiavam-bavaka: «Dia i Md Louis de Gonzague napetraka!» - hoy i Don Cagliero.

Nambaran'i Don Bosco tamin'ity pretra niara-nianatra taminy fahiny ity fa tokony hihaona aminy izany Dominique Savio izany sy ny rainy, mba hahalalany azy bebe kokoa. Teo anoloan'ny tranon'i Jeseph, rahalahin'i Don Bosco, no nitranga ny fihaonana voalohany, tamin'ny alatsinainy 2 ôktôbra 1854.

Rahefa vita ny fifanoloran-teny fifankalalana sy fifanatsafana an-kafaliana, dia niresaka manokana aloha i Don Bosco sy i Dominique Savio. Ary tsikelikely dia nitsiry sy nahazo vahana teo amin'ny fifandraisan'izy mianaka ny fifampitokisana tanteraka, araka ny voatantaran'i Don Bosco. Ary voalazany mazava fa nanam-panahy araka ny fihevitr'Andriamanitra marimarina i Dominique Savio. Niteny mihitsy aza i Don Bosco hoe: «Tena gaga aho nahita ny vokatra azon'ny fahasoavan'Andriamanitra avy amin'ny zaza vao erotrerony toa azy».

Teo amin'ny fifaranan'ny resaka lava nifanaovan'izy mianaka, dia mba nametra-panontaniana vitsivitsy tamin'i Don Bosco i Dominique Savio.

Anisan'izany ny hoe:
- Ka ahoana ny hevitrao? Hoentinao eny Turin ve aho hianatra?

Nilaza ny heviny aloha i Don Bosco fa manan-toetra sarobidy sy mahavelom-panantenana tokoa raha i Dominique Savio. Taorian'izay izy vao nanontany azy indray hoe:

- Fa mba inona moa no tianao hatao rehefa mahavita ny fianarana teny latinina?

Tsotra ny valintenin'i Dominique Savio:

- Raha omen'ny Tompo ahy ny fahasoavana ilaina amin'izany, dia iriko amin'ny fomba miredareda ny ho tonga pretra..

Dia hoy i Don Bosco namaly azy:
- Tsara izany: fa mba tiako ho fantatra ary izao raha manana ny vahan-toetra ho an'ny fianarana ianao. Raiso ity boky kely ity (amboara iray tamin'ny «Vakiteny Katôlika» io), dia ianaro andro-any ity takila ity, ary miverena aty ise rahampitso hitanisa an'io amiko tsy ankijery.

Dia nalefan'i Don Bosco i Dominique Savio taorian'izay ary nanomboka niresaka tamin-drainy indray izy. Tsy ampy folo miniotra akory anefa ny nandehanan'i Dominique Savio, dia iny izy fa niverina sahady teo amin'ny i Don Bosco, sady nihomehy. Nolazainy tamin'i Don Bosco, fa efa vonona hanao ny tsianjery nasaina nianarana izy. Noraisin'i Don Bosco ary ilay boky nasainy nianaran'i Dominique Savio. Dia nihaino ny tsianjery izy. Ary zendana fotsiny izy, fa tadidin'i Dominique Savio tokoa ny laha-tsoratra nasaina nianarany sady azony tanteraka koa ny dikan'ny zava-boarakitra tao.

Nidera an'i Dominique tamin'izany i Don Bosco. Ary hoy izy nanohy ny resaka: «Nataonao mialoha ny fotoana voatondro ny fianarana ny lesona, ka dia mba holazaiko mialoha ny fotoana ihany koa ny valinteny. Eny , ho entiko any Turin ianao ary ani-san'ireo ankizy malalako ianao manomboka izao; atombohy manomboka ankehitriny koa ny mivavaka amin'Andriamanitra mba hanampiany antsika, ianao sy izaho, hanao ny sitrapony masina». Faly dia faly tokoa, hono, i Dominique Savio tamin'izay.

«Satria tsy hainy - hoy i Don Bosco - izay fomba hanehoany bebe kokoa tamiko ny hafaliany sy ny fankasitrahany, dia noraisiny ny tanako, nofihininy mafy, norokorohany imbetsaka; ary farany dia hoy izy tamiko: "Manantena aho fa hanao izay tratrako mba tsy hampalahelo anao amin'ny fitondràntenako"».

Hitan'i Don Bosco tokoa fa zaza azo antoka i Dominique Savio, ka nohafainganiny ny fidirany tany Valdocco. Alakamisy 19 ôktôbra no tonga nanatitra azy tao amin'ny akany ny rain'i Dominique Savio. Nahatsikaritra soratra hafahafa tamina peta-drindrina i Dominique kely tamin'ny fotoana nidiran'izy mianaka tao amin'ny biraon'i Don Bosco: *"Da mihi animas, coetera tolle"*. Tsy fantany anefa ny dikan'izany. Koa raha vao lasa nody ny rainy, dia noreseny ny fisalasalana ary nanontaniany an'i Don Bosco ny hevitr'ireo teny ireo. Nanampy azy i Don Bosco tamin'ny fandikana ny hevi-teny: «(Tompo ô!) *Omeo fanahy* (hovonjena) *aho ary raiso ho anao ny sisa rehetra*». Io no tanjom-piainana nofinidin'i Don Bosco hanentana ny asa-fanompoana niantsorohany!...

Rahefa azon'i Dominique Savio ny dikan'ilay amboaran-teny latinina hitany tao amin'ny biraon'i Don Bosco, dia tsapany ary nolazainy an'i Don Bosco fa ny ara-panahy sy ny famonjem-panahy no voalohan-java-kendrena ao amin'ny *Oratorio*. Koa dia nanao izay tratry ny heriny izy mba tsy hivaona tamin'izany, teo anivon'ny adidy maha-mpianatra azy tao amin'ny Sekolin'Ingahy Bonzanino nandefasan'i Don Bosco azy...

Efa nadiva hifarana ihany ny taona 1854 tamin'izay.

Taona 1854: nofaranan'i Don Bosco tamin'ny fanaovantsoa

Ary teo am-pamaranana ny taona 1854, dia mbola fahasahi-ranana ihany koa no tojo an'i Don Bosco.

Anjatony moa ny zaza nanjary kamboty ray sy reny, vao erotrerony noho ny fandripahana nafitsoky ny areti-mandoza kôlerà, ka voatery nanangana tranon-kamboty handraisana azy ireny vonjimaika ny solontenam-panjakana tao an-tanàna. Rahefa

nanomboka nirotsaka kosa ny hirifirin-dririnina, dia nanao antso avo tamin'ny fikambanana katôlika isan-tokony Ingahy Notta, lehiben'ny tanàna, mba handraisan'izy ireo vitsivitsy avy amin'ireo kamboty madinika ireo. Roapolo no noraisin'i Don Bosco. Ary anisan'ireo izany Pierre Enria kely izany sy ny rahalahiny anankiray. Nifankahazo am-po i Don Bosco sy i Enria kely, ka dia tsy nahafoy an'i Don Boscco intsony i Pierre Enria fa nandany ny andrompiainany niaraka taminy. Nanotrona an'i Don Bosco sy nanirina ny masony teo amin'ny fara fiainany mihisy aza i Enria.

Tena sahirana tokoa ry Don Bosco tamin'ny fandraisana an'ireo kamboty mahantra ireo tao amin'ny *Oratorio*, satria nametraka olana ny fomba hahitana sakafo sy fitafiana ho azy ireo. Hoy i Pierre Enria mitantara ny fahatongavany voalohany tao amin'ny akany:

«Tadidiko fa niteny mafy tamin'i Don Bosco ny reniny:

- Ianao mandray ankizy vaovao foana - hoy izy - nefa amin'ny fomba ahoana no hanomezan-kanina sy hanafiana azy ireo?

Izaho izao tokoa, raha vao niditra tao, dia voatery natory tambony ravinkazo nandritra ny alina maro sady tsy nanankirakofana afa-tsy bodofotsy kely izay. Amin'ny hariva i Don Bosco sy ny reniny no manjaitra ny pataloha sy ny akanjonay rovitra, satria fitafiana iray aman'olona ihany no mba nanananay»...

Na dia teo aza anefa ireny fahasahiranana noho ny aretina kôlerà sy ny vokany ireny, dia tsy azo lazaina ho niharan'ny fatiantoka kosa i Don Bosco sy ireo tanorany tao amin'ny *Oratorio*, tamin'ny taona 1854. Satria ny taom-panasoavana nisahiranan'izy ireo dia nanjary taom-pahasoavana ho an'ny *Oratorio* manontolo. Nanjary fantatra tamin'ny fanaovan-tsoa izy ireo ka heni-kaja teo amin'ny tany ama-monina. Naharesy lahatra olona maro hanaja azy ireo koa ny fahitana azy rehetra tao amin'ny *Oratorio* tsy mba nandairan'ilay aretina kôlerà, na dia teo aza ny fifaneraserana akaiky dia akaiky tamin'ny marary maro. Ary ny teny fankasitrahana ampahibemaso nataon'ny lehiben'ny tanàna dia nahatonga azy ireo hahazo ny fitokisan'ny manam-pahefana isan-tokony.

Fahasoavana nanatevina an'izany rehetra izany koa ny nahatongavan'i Don Alasonatti hanampy tao amin'ny *Oratorio* sy ny fahitana tonga tamin'i Don Bosco momba an'i Jean Cagliero...

Tamin'ny taona 1855

Fa mbola misy zava-nitranga hafa koa, tamin'ny faramparan'ny taona 1854, teo amin'ny fiainan'ny Fiangonana tao Italia sy teo amin'ny fiainan'i Don Bosco.

Nisy olana teo amin'ny Fanjakana sy ny Fiangonana

a) Lalàna mamotika ny fiainam-Piangonana

Tetsy ankilany aloha dia nisy olana nitranga indray teo amin'ny fifandraisan'ny Fanjakana sy ny Fiangonana. Rahefa tonga Praiministra nisolo an'i Massimo d'Azeglio i *Camille Cavour* tamin'ny ôktôbra 1852, dia anisan'ny zavatra nantitranteriny imbetsaka ho fototra iorenan'ny pôlitikany ny fisarahan'ny Fanjakana sy ny Fiangonana, mba tsy hisian'ny fifampitsabahana eo amin'ny andraikitra sahanina. Tsy arak'izany soridalam-pifanajana andraikitra izany kosa anefa ny zava-niseho tamin'ny faramparan'ny taona 1854. Nisy volavolan-dalàna fanarenana ny toe-karena natolotry ny ministry ny Atitany Urbain Rattazzi teo anoloan'ny antenimiera holanìna, tamin'izay. Voalazan'io volavolan-dalàna io fa «hofoanana ny fikambanan-drelijiozy rehetra manolo-tena manokana hivavaka (ordres religieux contemplatifs), izany hoe: ny fikambanana tsy mirotsaka amin'ny fampianarana, na amin'ny toriteny, na amin'ny fikarakarana ny marary ary horaisin'ny Fanjakana an-tanana ny fananan'ireo, hoenti-mitsinjo izay ilain'ny paroasy mahantra indrindra... I Cavour aza dia nilaza mazava fa ny fikambanan-drelijiozy foanana dia tsy ilain'ny Fiangonana intsony koa.«Fitsabatsabahana feno hadisoana bevava

ataon'ny Fanjakana amin'ny fiainan'ny Fiangonana izao», hoy ny mpahay tantara Francesco Traniello. Ahoana tokoa moa no ahasahian'ny Fanjakana manapakevitra, avy amin'ny antony ara-pamokarana, amin'izay fikambanan-drelijiozy ilain'ny Fiangonana? Marina fa tsy maintsy miatrika ny fanompoana ny zanak'olombelona ny Fiangonana, ka mirotsaka amin'ny asa fanompoana maro endrika eo anivon'ny fiarahamonina: tsy maintsy mamahana ireo zanakondry kely isan-tokony ny Fiangonana (Joa 21, 15-17), satria izay atao amin'ny madinika dia i Kristy mpanorina ny Fiangonana ihany (Mat 16,18) no anaovana azy (Mat 25,40). Nefa mandringa ny maha-Fiangonan'i Kristy ny Fiangonana raha manadino na manao an-tsirambina ny aim-panahy mpamelombelona tovozina ami'ny alalan'ny vavaka izy; satria na marisika aza ny fanahy eo amin'ny asa fanompoana atao, dia osa ihany ny nofo, ka tsy maintsy miambina sy mivavaka isan'andro vaky mba tsy ho latsaka amin'ny fakam-panahy (Mat 26,41)... Na dia mahavita izay ho vitany aza ireo fikambanan-drelijiozy sady mpivavaka no miasa ampahibemaso (ordres religieux actifs) dia manana ny anjara toerany tsy azo foanana eo amin'ny fiainan'ny Fiangonana ihany koa ny fikambanan-drelijiozy manolotena manokana hivavaka (contemplatifs)... «Tsy ny mofo ihany akory no iveloman'ny olombelona» (Mat 4,4; Lio 4,4)!...

Azo lazaina fa lafim-piainana miafin'ny Fiangonana ny fisian'ny fikambanan-drelijiozy manokan-tena hivavaka. Ka ny fanafoanana ireto karazam-pikambanan-drelijiozy ireto dia toy ny fanafoanana ny fakan-kazo miafina sy miasa mangina ao anaty tany ao, nefa nampandrobona ny hazo manontolo.

Ny fahatsapana izany toe-javatra lalina izany no nahatonga ny hery velona katôlika, tarihin'ireo eveka tao Italia, handà ny volavolan-dalàna natolotry ny Fanjakana izay mamono ny Fiangonana sady maneho ny fitsabatsabahan'ny Fanjakana amin'ny fiainam-piangonana...

Na dia nitsipaka an'io volavolan-dalàna io aza ny ankamaroan'ny katôlika, dia tsy afa-manoatra kosa eo anatrehan'ny

fahefam-panjakana; dia tsy maintsy holanìn'ny antenimiera, mandritra ny taona 1855, ilay lalàna fanafoanana ny fikambanan-drelijiozy sasany...

Ny mpanjaka ihany sisa afa-misakana sy mitsipaka an'io lalàna io tsy hampiharina...

b) Hitan'i Don Bosco tamin'ny nofy ny hanjo ny mpanjaka mianakavy.

Teo andanin'izany famolavolan'ny Fanjakana lalàna fanafoanana fikambanan-drelijiozy tao amin'ny Fiangonana izany kosa, tamin'ny desambra 1854, dia nanonofy momba ny fiainan'i Andriamanjaka mianakavy i Don Bosco. Ary nitantarany izany nofy izany, indray tolakandron'ny volana desambra 1854 mamirifirin-drirînina, ry Don Alasonatti mbamin-dry Rua, Cagliero, Francesia ary i Buzzetti sy i Anfossi.

Araka ny nofiny àry dia hoe: teo afovoan'ny kianja fakàndrivotra izy ary tampoka teo dia iny hitany tonga ny tandapan'ny Andriamanjaka anankiray, mitafy mena, sady miantsoantso hoe: «Fandevenan-dehibe ao an-dapa! Fandevenan-dehibe ao an-dapa!». Ary nolazainy tamin'ireo olona nitantarany ny nofiny fa vao taitra izy dia nanoratra tamin'ny mpanjaka nitantara ny nofiny.

Dimy andro taorian'izay, dia niverina indray ilay nofy. Niverina nitaingin-tsoavaly ilay tandapa nitafy mena ary niantsoantso hoe: «Filazana, tsy hoe fandevenan-dehibe tokana ao an-dapa, fa fandevenan-dehibe maro ao an-dapa!». Vao nangiran-dratsy ny andro, dia nanoratra tany amin'ny mpanjaka indray i Don Bosco. Teny fiangaviana ny Mpanjaka hitsipaka, amin'ny heriny rehetra, ilay volavolan-dalàna manimba ny fiainam-piangonana no nosoratany. Ary nolazainy mazava tao amin'ny taratasiny fa ny fisakanan'ny mpanjaka an'io lalàna io tsy hihatra no lalam-pisorohana ny loza famaizana mitatao sady miendri-pahafatesana, araka ny nahitan'i Don Bosco azy tao amin'ny nofy indroa izao.

Toa tsy nisy valiny anefa ny fiangavian'i Don Bosco. Mbola nitohy ny fifanolanana teo amin'ny Fanjakana sy ny Fiangonana. Nisoka tsy re tsaika ny taona 1854 ary nigadona ny taona 1855.

5 janoary 1855: narary mafy i *Marie-Thérèse,* mpanjakavavy reniny. Nihombo ny aretina ary maty izy tamin'ny 12 janoary. Dia nalevina tamin'ny 16 janoary teo anivon'ny hirifirin-dririniña... Nanomboka tanteraka ny nofin'i Don Bosco tamin'ny faramparan'ny taona 1854.

20 janoary: nomena ny Sakramentan'ny marary ny mpanjakavavy *Marie-Adelaide,* vadin'ny Mpanjaka Victor-Emmanuel faharoa. Ary maty tamin'io andro io ihany izy. Roa ambin'ny folo andro talohan'izany izy no nitera-dahy, nefa tsy tafarina tamin'io fiterahana io, fa dia izao maty teo amin'ny fahatelo amby telopolo taonany izao.

11 febroary: maty ny andriana *Ferdinand de Savoie,* mpifehy an'i Gênes ary rahalahin'ny mpanjaka. Efa narary mafy nandritra ny roapolo andro izy vao nindaosin'ny fahafatesana, teo amin'ny fahatelo amby telopolo taonany ihany koa.

Raiki-tahotra izaitsizy ry Don Alasonatti sy ireo hafa tao amin'ny *Oratorio* izay hany nahalala ny nofin'i Don Bosco sy ny taratasy nalefany ho an'ny Mpanjaka. Satria toa nahatsinjo zavatra i Don Bosco.

Araka ny filazan'i Don Francesia, dia tonga indroa tao Valdocco nihaona tamin'i Don Bosco ny Mpanjaka Victor-Emmanuel faharoa ary tena sosotra tamin'i Don Bosco mihitsy izy.

Tsy nisy rahateo koa moa ny fitsipahan'ny Mpanjaka ilay lalàna fanafoanana fikambanan-drelijiozy. Ka dia nanatona ihany ny fotoana handaniana azy.

Dia tao anatin'izany vanimpotoana izany no maty indray, tamin'ny 17 mey, ny faralahikelin'ny mpanjaka: Vittorio Emmanuel Leopold no anarany ary vao efa-bolana fotsiny izy izao maty izao.

Tsy nampiova hevitra ny Mpanjaka ny zava-nitranga rehetra, efa nambaran'i Don Bosco taminy mialoha sy nanipazany tolokevitra mahasoa.

Koa dia nataony sonia tamin'ny 29 mey 1855 ny fankatoavana ny lalàna fanafoanana fikambanan-drelijiozy.

Tranon-drelijiozy 334, nonenan'olona 5456 no nakatona, araka ny voasoratr'i Don Lemoyne...

Ilay Salezianina voalohany

Fa teo anivon'izany tantaram-pifanolanan'ny Fiangonana sy ny Fanjakana izay nahitan'i Don Bosco zava-doza tamin'ny nofy izany, dia nitohy tsy re tsaika hatrany ny fanomanana ny hoavy tao amin'ny *Oratorio Md François de Sales*. Anisan'izany ny famorian'i Don Bosco isan-kerinandro an'ireo seminarista lehibe nokolokoloiny sy nandrandrainy handimby azy ho mpanohy ny asany. Noresadresahiny tamin'izy ireo ny momba ireo hatsaran-toetra telo tokony hizoran'izay manolo-tena ho an'Andriamanitra: dia ny fahantrana, ny fahadiovam-piainana ary ny fanekena. Ary nolazainy mazava fa na iza na iza te ho relijiozy dia tsy maintsy manao voady amin'ny fomba manetriketrika fa hitandrina sy hiaina ireo hatsaran-toetra ireo mandritra ny fiainany manontolo.

Teo am-pandinihana ny mombamomba ireo seminarista lehibe nokolokoloiny, dia tsapany fa i Michel Rua no tsara fiomanana indrindra handroso amin'ny fanaovana ireo voady telo ireo. Nanontanian'i Don Bosco izy raha sitrany ny handroso amin'izany mandritra ny telo taona aloha. Nanaiky i Rua. Nolazainy taty aoriana anefa fa noheveriny ho fifamatorana bebe kokoa amin'i Don Bosco fotsiny ihany ny fandrosoana amin'izany.

Tamin'ny 25 marsa 1855, fankalazana ny Filazan'ny Anjely tamin'i Maria no andro voafidy. Tao amin'ny efitrano kelin'i Don Bosco no nanaovan'i Rua ny voadiny tamin'ny fomba tsotra dia tsotra. Sady nitsangana i Don Bosco no mihaino. I Rua kosa mandohalika eo anoloan'ny sarin'i Kristy nifantsika sady mibitsika hoe: «Ry Don Bosco, manao voady amin'Andriamanitra aho fa hivelona ny fahantrana, hadio fiaina, hahay manaiky; ary apetrako eo am-pelatanany ny tenako...». Tsy nisy ny vavolombelona

tamin'izay. Nefa dia teraka tamin'io fotoana io kosa ny fikambanandrelijiozy anankiray. Don Bosco no mpanorina azy ary i Michel Rua no *Salezianina Voalohany*...

Nanomboka hatreto dia nanjary sarotra ho azy, mbamin'ireo namany toa an-dry Francesia sy Cagliero ny mahita tory. Tsy hoe tsy te hatory izy ireo, fa ny fotoana hatoriana no mila tsy ho hita intsony. Indraindray aza dia matory am-pitsanganana ny sasany. Satria samy mbola mianatra izy ireo amin'ny maha-mpiomana ho pretra azy avy, sady mateti-piavy sy tena sarotra ny fanadinana tamin'izany vanimpotoana izany. Ary fanampin'izany, dia mbola nanankinan'i Don Bosco andraikitra maro koa izy ireo: ny fampianarana fandalinam-pinoana, ny fanaraha-maso ny mpianatra ao amin'ny efitranofihinanana sy any amin'ny toeram-pianarana asa, ankoatran'ny fiantsorohana ny sekoly natokana ho an'ireo zaza madinika kamboty noho ny fandripahan'ny aretina kôlerà.

Ny alahady dia alefan'i Don Bosco any amin'ny *Oratorio* hafa ao Turin izy ireo. I Rua aza moa dia voatendry ho talen'ny *Oratorio* «Ny Anjely-Mpiambina» izay tsy nanan-tale tampotampoka tamin'ny taona 1855; vao fito ambin'ny folo taona izy tamin'io taona nanaovany voady sy nanendren'i Don Bosco azy ho talen'ny *Oratorio* io...

Tena sempotra teo anivon'ny asa sy ny fianarana tokoa ireo seminarista nobeazin'i Don Bosco, ka nianjadian'ny havizanana tanteraka indraindray. Ry Cagliero izany aza, indray alin'ny alahady hifoha alatsinainy izay, dia raiki-tory teo ambony seza teo ampanalana kiraro. Reraka loatra izy ka tsy nahavonjy fandriana akory; mbola teny an-tanany aza ny ban-kirarony raha taitra izy nony maraina.

Tsy nahafohy ny andro niainan'ireto tanora ireto kosa anefa ny asa maro, nombam-pianarana, nampanaovin'i Don Bosco azy ireo: lasa Kardinaly i Jean Cagliero taty aoriana ary 88 taona izy vao maty; i Michel Rua kosa lasa mpandimby an'i Don Bosco nitondra ny Fikambanana Salezianina ary 73 taona izy vao maty; i Jean

Francesia indray dia tonga manam-pahaizana amin'ny teny latinina, fanta-daza eran'i Eorôpa, ary nahatratra 92 taona ny andro niainany...

Toa fantatr'i Don Bosco fa tsy hahafaty azy ireo haingana akory ny asa mafy nomena azy ireo!

Fitsangatsanganana niaraka tamin'ireo tanora voafonja

Satria moa efa nanana mpiara-miasa mahatoky i Don Bosco, tao amin'ny *Oratorio* tao Valdocco, ka dia afaka nanokam-potoana bebe kokoa hifaneraserana tamin'ireo tanora gadra tao amin'ny Fonjaben'i Turin izy.

Nandritra ny vanimpotoanan'ny Käremy 1855, dia nirotsaka nampianatra katesizy ny tanora rehetra tao am-ponja izy. Ary nampanao laretirety azy ireo mihitsy aza izy nandritra ny telo andro; niafara tamin'ny kônfesy ankapobeny izany laretirety izany.

Nampitolagaga aokizany an'i Don Bosco ny finiavan-tsoa nananan'ireto tanora ireto, ka tsy hainy intsony ny nangina fa dia nampanantena azy ireo «zava-manokana tsy mbola fahita»izy.

Nankany amin'Andriamatoa talen'ny Fonja àry izy, dia nilaza taminy fa hanao fitsangatsanganana mahafinaritra, hatrany Stupinigi, miaraka amin'ireo tanora rehetra ao am-ponja. Tsy dia nino loatra aloha Ingahy tale, satria noheveriny ho sangisangin'i Don Bosco ilay resaka. Fa rehefa hitany hoe tsy misangy i Don Bosco dia raiki-tahotra ihany izy:

- Fantatrao ve fa izaho no tompon'andraikitra amin'izay rehetra mandositra eo?

- Tsy misy handositra ireo. Toky no omeko anao - hoy i Don Bosco.

- Henoy re - hoy ilay tale -: tsy ilaina ny miady hevitra. Fa raha mila fanomezan-dalana toy izany ianao, dia mandehana miresaka amin'ny ministra.

Dia nandeha nankany amin'Ingahy Rattazzi, ministry ny Atitany i Don Bosco ary namelabelatra tamim-pahatonena ny fikasany.

- Ekena - hoy ny ministra -. Hahasoa an'ireo tanora voafonja ireo ny fitsangatsanganana. Hanome ny baiko ilaina aho mba hankanesan'ny mpitandro filaminana ampy isa, tsy manao fanamiana, eny amin'ny lalan-kaleha.

- Tsia an - hoy i Don Bosco nandà mafy -. Ny fepetra tokana apetrako, dia aoka mba tsy hoarovana-mpiambina izahay na iray aza. Tsy maintsy manome toky ahy amin'izany ianao. Izaho no mandray ny andraikitra: raha misy mandositra, dia izaho no hampidirinao am-ponja.

Dia niara-nihomehy izy ireo. Ary nitady handresy lahatra an'i Don Bosco Ingahy Rattazzi, ka nilaza taminy fa «raha tsy misy mpitandro filaminana» miambina, dia tsy hahaverina na iray aza amin'ireo tanora ireo ho any am-ponja i Don Bosco.

Hoy kosa i Don Bosco namaly azy:

- Izaho anefa milaza aminao fa ho tafaveriko daholo izy rehetra. Aoka isika hifanamby.

Dia nieritreritra kely ny ministra Rattazzi vao niteny hoe:

- Eny ary. Manaiky aho. Matoky anao aho ary matoky ihany koa ireo zandary izay hisambotra vetivety foana ireo tanora ireo, raha sendra misy mandositra.

Niverina tany amin'ny Fonjabe àry i Don Bosco nilaza ny vaovao. Hafaliana moa ny an'ireo tanora! Ary raha vao mba tony kely izy ireo, dia hoy i Don Bosco nanohy ny teniny:

- Efa nanome toky aho fa ho hendry tsara daholo ianareo ary tsy hitady handositra. Nanome toky ahy ny ministra fa tsy handefa mpiambina mihitsy, na mitondra fanamiana na tsia. Fa izao kosa dia tsy maintsy manome toky ahy koa ianareo: raha vao misy iray mandositra, dia afa-baraka aho. Dia tsy havela hiverina aty intsony aho. Moa ve afaka hatoky anareo aho?

Nifampijery kely izy ireo. Dia hoy ireo lehibe indrindra tamin'izy ireo:

- Manome toky anao izahay. Hiverina daholo izahay rehetra ary ho hendry tsara.

Ny ampitson'izay andro izay, dia niainga nankany Stupinigi izy rehetra niaraka tamin'i Don Bosco. Nalefaka sady tony ilay

andron-dohataona! Tsambinkina! Hazakazaka! Kiakiaka! Izany no nentin'ireto tanora nanjohy ireo lalan-kely mamakivaky saha. I Don Bosco kosa, eo anivon'izy ireo, mamazivazy sy mitanisa tantara mahasondriana. Mandroso moramora mialoha lalana kosa ilay ampondra vesaran'ny vatsin'ireto mpitsangatsangana.

Nanolotra ny Sorona Masina i Don Bosco nony mby tany antoerana. Dia teo ambony boza-maitso no natao ny sakafo. Avy eo dia raikitra amin'izay ny kilalao sy fifaninanan-tsamihafa... Nisy koa ny famangiana ny saha sy ny rovan'ny Mpanjaka... Ary rahefa nadiva hisoka ny masoandro, dia nizorana indray ny lalana mody. Lany moa ny vatsy nentin'ny ampondra ary i Don Bosco koa vizambizana, ka dia nampiakarin'ireo tanora hitaingina ny ampondra izy. Dia izy ireo no nitari-dalana ny ampondra. Hirahira no nentin'izy ireo niditra ny Fonja. Dodona ny tale hanisa azy ireo: tsy nisy banga fa tafaverina daholo izy rehetra...

Nampalahelo ny maro ny fisarahana tamin'i Don Bosco teo am-bavahady. Nataon'i Don Bosco veloma tsirairay avy izy ireo: nangotika koa ny fony, satria tsy mba afa-nanafaka azy ireo tao amin'ny Fonja afa-tsy andro iray monja izy.

Ny ministry ny Atitany kosa heni-kafaliana rahefa naharay ny tatitra momba an'iny fitsangatsanganana iny.

- Nahoana ianao - hoy izy tamin'i Don Bosco - no afaka mahavita zavatra toy ireny, nefa izahay tsy mahavita?

- Satria ny Fanjakana mandidy sy manasazy - hoy i Don Bosco -. Tsy afa-manao mihoatra an'izany izy. Fa izaho kosa tiako ireo tanora ireo. Ary amin'ny maha-pretra ahy, dia manana herimpanahy izay tsy mety ho azonareo an-tsaina aho»...

Raha atao indray mijery ny fomba fanabeazana nentin'i Don Bosco nikolokolo ny tanorany, dia ireto toko telo mahamasanahandro ireto no fototra niorenany: fandinihana, finoana ary fitiavana. Nohalavitin'i Don Bosco ny famaizana feno herisetra,

satria mazava ny sori-dalana: tsy maintsy mikaroka izay hitiavan'ny beazina azy ny mpanabe, raha tiany ny hatahorana...

Dia izay àry ny momba ireo zava-nitranga sasantsasany noraketin'ny tantaram-piainan'i Don Bosco namakivaky ny taona 1854 sy 1855! Fahasoavana, fahitana ary fanaovan-tsoa!...

18

Fahoriana sy Fahasoavana

...Dia nidify tsy hitahita akory ny taona 1855. Ary nisosoka tsy re tsaika koa ny taona 1856 nodimbiasan'ny taona hafa maro be.

Be ny zava-nitranga nipoitra teo amin'ny fiainan'i Don Bosco namakivaky ireny taona nifandimby ireny.

Anisan'izany ny nahafatesan'i Neny Marguerite reniny, sy ny nahafatesan'i Dominique Savio kely...

Fahafatesan'olon-tiana

«Mivavaha ho ahy! Veloma!» (I Neny Marguerite)

15 nôvambra 1856! Nanomboka narary i Neny Marguerite. Tampin-tratra mahery vaika no nianjady taminy. Ary nitondra azy avy hatrany teo ambavahaona izany aretina izany, noho ireo valo amby enimpolo taona nitetezany ny fiainana nitambesaran'ny asa sy havizanana... Toa niato kely mihitsy ny fiaina-mahazatra tao amin'ny *Oratorio* noho izao aretin'i Neny Marguerite izao. Nifandimby niandry azy marary eo am-pandriana ireo seminarista lehibe tao Valdocco mbamin'ireo tanora zokinjokiny indrindra... Nidododo avy any Becchi koa ireo zana-drahalahin'i Don Bosco rehetra efa lehibebe sy i Joseph rahalahiny. Nitondra ny vatsy masina ho azy i Don Borel, izay mpampikônfesy azy nandritra ny folo taona niainany tao Valdocco.

Nanangona izay mba fara heriny, teo anivon'ny aretina, i Neny Marguerite mba hahafahany manambara tan-kafatra kely ho an'i Don Bosco zanany. Hoy indrindra izy:

- Mitandrema ianao, ry Jean, satria maro ny olona mitady ny voninahiny samirery toy izay hikatsaka ny voninahitr'Andriamanitra... Misy eto anilanao ny olona tia ny fahantrana ao amin'ny hafa fa tsy tia izany ao amin'ny fiainan'izy ireo. Izay takìntsika amin'ny hafa, dia isika no voalohany tsy maintsy manao izany.

Ary satria moa tsy tiany hahita azy mijaly i Don Bosco, noho izy tsy nivaona tamin'ny fiheverana ny hafa hatreo amin'ny fotoana farany, dia hoy izy taminy:

- Aza mijanona eo ianao, ry Jean...Mijaly loatra ianao mahita ahy mijaly toy izao. Tsarovy fa natao hijaliana ity fiainana ity. Any amin'ny fiainana mandrakizay no misy ireo hasambarana marina... Ankehitriny, mandehana, miangavy anao aho, raha sitrakao... Mivavaha ho ahy! Veloma!

Hita taratra ao amin'izany tenin'i Neny Marguerite izany ny foto-pinoana nifikiran'ny ankamaroan'ny tambanivohitra kristianina tany Italia tamin'izany vanimpotoana izany. Mety hampisy adihevitra maro eo amin'ny zanakolombelona miaina ankehitriny izany fomba nanombanana ny fiainana izany; nefa na ahoana na ahoana dia nanampy betsaka ireo tambanivohitra maro, lahy sy vavy, hiatrika ny adim-piainan'izy ireo io foto-pinoana io, na dia teo aza ny setrasetran'ny mosary sy ny fahafatesan'ny ankizy madinika mbamin'ny havizanana mitambesatra. Nentim-pahatsorana izy ireny nirotsaka tamin'ny fiainam-pinoana. Ary ny *«finoany no hahavonjy azy»* (Mat 9,22; Mk 5,34; Lio 8,48)!...

I Joseph zokin'i Don Bosco sy i Don Alasonatti sisa teo anilan'i Neny Marguerite, tao am-pialàny aina. Tamin'ny 25 nôvambra 1856, tamin'ny telo ora maraina no nodimandry i Neny Marguerite! Lasa nankany an'efitranon'i Don Bosco Ingahy Joseph nilaza ny vaovao taminy sady nitomany teo am-pamihinana azy!

Ary adiny roa taorian'izay, dia iny i Don Bosco lasa niantso an'i Joseph Buzzetti, ilay sakaiza tsy mba nahafoy azy tamin'ny andro sarotra sady hany tokana tsy mba nanafenany ny ranomason'alahelony. Dia lasa nanolotra ny Sorona Masina izy ary taorian'izay, dia nandohalika nitaraina tamin'i Masina Maria

mpanambitamby ny malahelo hoe: «Ankehitriny, dia tsy manandreny ety an-tany intsony izaho sy ireto zanako. Mitoera eto anilanay ary mijoroa ho reninay».

Lasa tokoa ilay reny fitarainana tao amin'ny *Oratorio*! Lasa ilay fihantahantàn'ireo tanora hoe:

- Neny â! Homenao paoma aho izao ô?
- Neny â! Rovitra ny pataloako!
- Neny â! Tsy manana mosara intsony aho!
- Neny â! Vonona ve ny lasopy?

Sy ny sisa tsy ho voatanisa...

Fiainana feno fitokisana an'Andriamanitra-Mpitsimbina no nijoroan'i Neny Marguerite teo anivon'ny asa mangina tsy be mpahalala niantsorohany. Ary hita taratra tamin'ny asa nitaky fanetrentena notontosaina ny herin'ny finoany sy ny fitokisany an'Andriamanitra; ka na ahoana na ahoana havizanana nianjady taminy, dia halemem-panahy madrakariva no nikolokoloany ireo tanora maro tao amin'ny *Oratorio*...

Azo lazaina aza fa avy amin' i Neny Marguerite no nandovan'i Don Bosco ny fomba fanabeazana ombam-pandinihana sady tsy misaraka amin'ny fivavahana amam-pitiavana...

Misy toerana banga sy saro-pady navelan'i Neny Marguerite! Iza no hisolo azy?...

Andro vitsivitsy taorian'ny nahafatesan'i Neny Marguerite, dia lasa i Michel Rua niresaka tamin-dRamatoa Jeanne-Marie, reniny:

- Hatramin'ny nahafatesan'i Neny Marguerite - hoy izy - dia tsy fantatray intsony izay hatao. Tsy misy olona hanao lasopy sy hanosoka bàn-kiraro. Tsy mba te hanampy anay ve ianao, ry Mama?

Nanaiky hanaraka an-janany Ramatoa Jeanne-Marie. Enina amby dimampolo taona izy izao. Ary izy no reny faharoa tao amin'ny *Oratorio Md François de Sales*. Roapolo taona no hiarahany miasa amin-dry Don Bosco, mpitsimbina tanora...

«Handeha aho ary tsy hiverina intsony» (Dominique Savio)

Volana vitsivitsy taorian'ny nahafatesan'ilay reny malalany, dia nisedra fahoriana hafa koa i Don Bosco: nodimandry teo amin'ny fahadimy ambin'ny folo taonany i Dominique Savio, ilay tovolahy kely masin-toetra avy any Mondonio izay noraisiny hiditra tao amin'ny *Oratorio* tamin'ny 19 ôktôbra 1854...

Nihanahery vaika tokoa ny ririnina tao Turin tamin'ny febroary 1857. Tsikaritr'i Don Bosco tamin'izay koa fa vao mainka nihahatsatra ny endrik'i Dominique Savio, ankoatry ny kohaka mahery nandazo azy: toa nihena vetivety foana ny heriny, ka nihaosa izy. Nampiahiahy an'i Don Bosco ny toe-javatra ka nampiantso mpitsabo anankiroa izy hizaha ny toetr'aretina.

Rahefa avy nanao ny fizahana tamin'ny antsipiriany i Dokotera Vallauri, dia nilaza fa sarotra ny fandehan-javatra satria toy ny zavatra mikiky ny fiainan'i Dominique kely ny «vahany marefo sy ny sainy tsy mitsaha-mandinika».

- Inona no azoko atao ho azy? - hoy i Don Bosco nanantitrantitra tamin'i Dokotera Vallauri.

Tsy hitan'ity mpitsabo ity loatra anefa izay hambara, satria mbola tsy dia lasa lavitra manao ahoana ny lafiny fitsaboana tamin'izany. Ny hany mba nolazainy dia hoe:

- Alefaso mody haka rivotra any an-tanàny izy ary ampiatoy kely amin'ny fianarany koa izy.

Niondrika nanaiky ny fanapahan-kevitry ny mpitsabo i Dominique. Nefa nalahelo mafy koa izy ny handao ny fianarany sy ny namany ary indrindra ny handao an'i Don Bosco.

Nanontanian'i Don Bosco azy ny antony tsy mamparisika azy hody any an-tranon-dray sy reniny.

Tsotra ny valinteniny:

- Satria te hamarana ny fiainako eto amin'ny *Oratorio* aho.

- Aza miteny toy izany ise - hoy i Don Bosco -. Mandeha mody any an-trano aloha ise izao, ataovy izay hahasalama, dia avy eo miverina.

- Tsia - hoy i Dominique nitsiky nihivingivin-doha -! Handeha aho ary tsy hiverina intsony. Don Bosco â, izao no fara fotoana ahafahantsika miresaka. Mba lazao ahy: inona no mbola azoko atao ho an'ny Tompo?

- Atolory azy matetika ny fijalian'ise.

- Moa ve aho ho afaka hahita ireo namako eto amin'ny *Oratorio* sy ireo ray aman-dreniko, raha mby any am-paradisa?

- Mazava loatra - hoy i Don Bosco nibitsibitsika sady niezaka nampitony ny fiontanam-pony.

- Ary afaka ho avy hihaona amin'izy ireo aho?

- Raha sitraky ny Tompo, dia azon'ise atao ny miverina.

...Dia nametra-beloma tamin'ireo tapaka sy namana rehetra tao amin'ny *Oratorio* i Dominique tamin'ny alahady 1 marsa 1857, satria tonga haka azy tamin'ny kalesin-tsoavaly ny rainy. Hofahofantanana no nandaozany tsimoramora an'i Don Bosco sy ny mpiaradia rehetra tao amin'ny *Oratorio* mbola variana manaramaso, amin'alahelo, ilay kalesy manao tari-dositra hidify any ho any.

Alahadin'ny fara veloma iny alahady 1 marsa 1857 iny. Satria tsy ho tafaverina ao amin'ny *Oratorio* intsony tokoa i Dominique Savio!

Herinandro taorian'ny nandaozany an' Valdoccco izy no nodimandry tampotampoka tao Mondonio: alatsinainy 9 marsa 1857 tamin'izay. Zara izy tamin'izay raha nahabitsibitsika teny vitsy tamin-drainy, izay teo akaikiny teo:

- Veloma, ry Dada... Nilaza tamiko i Mômpera... nefa toa tsy tadidiko... Ah! Toa kanto ery izany zavatra hitako izany...

Nanan-danja teo imason'Andriamanitra ny toe-piaina kristianina niveloman'i Dominique Savio, ka tsy nisy sampona ny nahafahan'ny Fiangonana nanangana azy ho Olomasina tamin'ny 12 jiona 1954, tamin'ny vanimpotoana naha-Filohan'ny Fiangonana ny Papa Pio faha-12... I Dominique Savio no Olomasina voalohany tanora indrindra: dimy ambin'ny folo taona!

Maty namela mamy toa tantely i Dominique Savio, ka tsy very tadidy teo amin'ny andro sisa mbola niainan'i Don Bosco... Eny!

Maro tokoa ny fahatsiarovana mamy tsy maty tao am-pon'i Don Bosco momba ny fiainan'i Dominique Savio:

- Iray tamin'ireny fahatsiarovana mamy ireny, ohatra ilay fiangavian'i Dominique an'i Don Bosco, tamin'ny faramparan'ny taona 1855, hoe: «Ampio aho ho tonga olomasina, haingana!»...

- Iray hafa koa ny fangatahan'i Dominique lalana taminy, tamin'ny lohataona 1856 (21 marsa - 21 jiona) mba hanorina «fikambanana miafina» anankiray tao amin'ny *Oratorio* mitondra ny anarana hoe: «Fikambanan'i Maria tsivoakasikota». Navelan'i Don Bosco hanatontosa ny finiavany i Dominique ary notoroiny hevitra tsy hirotoroto fa hanao fanandramana am-pahamalinana sy hametraka an-tsoratra ny volavolan-dalànan'ny Fikambanana, izay mikasa ho lalivain'apôstôly eo anivon'ny tanora ao amin'ny *Oratorio*. Ary rahefa hitan'i Don Bosco ny naha-matotra ny hevitr'i Dominique sy ny lalàna mifehy ilay Fikambanana, dia nankatoaviny ny fijoroany. Natao tamin'ny 8 jiona 1856 tao amin'ny fiangonana Masindahy François de Sales ny fitokanana ilay Fikambanana; dia nanao ny fianianany ny mpikambana tsirairay avy! Maty tamin'ny 1857 i Dominique Savio mpanorina ny Fikambanana, fa nijoro nandritra ny zato taona kosa ilay Fikambanana (hatramin'ny taona 1967) ary nanjary taninketsa nitsirian'ny tanora be finoana sy nipoiran'ny tanora nanoina ny fiantsoan'Andriamanitra ho pretra...

- Ary tsy hadinon'i Don Bosco ilay indray alin'ny desambra 1856 nitondran'i Dominique azy nilomay namakivaky an'i Turin hamonjy lehilahy anankiray eo ambavahaona, nefa koa efa very finoana hatramin'ny taona maro... Lehilahy efa teo amoron'ny fahakiviana no indro mandry eo am-pandriana novantan'i Don Bosco izay notarihin'i Dominique lalana. Nikônfesy ilay raim-pianakaviana ary nomen'i Don Bosco ny famotsoran-keloka; ary miniotra vitsy taorian'izay dia maty teo anatreham-badiny ilay lehilahy. Nahalasa fisainana an'i Don Bosco ny fomba nahafantaran'i Dominique ny mikasika an'iny lehilahy niantsoany azy indray alina iny. Koa dia niantso mangina an'i Dominique izy nony afaka andro vitsivitsy fa te hahalala ny fandehan-javatra marina:

«Iza moa no niresaka tamin'ise ny momba an'iny marary iny? Fomba ahoana no nahafahan'ise nahalala azy?»... Nijery an'i Don Bosco tamin'ny endrika malahelo i Dominique rehefa nandre izany ary nitomany. Tsy sahy nametra-panontaniana hafa taminy intsony i Don Bosco teo am-pahitana izany, nefa tsapany tanteraka koa fa misy tanora iray tena miresaka sy mitafa amin'Andriamanitra ao amin'ny *Oratorio*...

Eny! Lasa tokoa i Dominique Savio! Nandeha izy ary tsy tafaverina tao amin'ny *Oratorio* intsony amin'ny maha-olombelona mitafy nofo azy... Mbola nahita azy indray mandeha tao anatin'ny *«nofy toa fahitana»* anefa i Don Bosco, tamin'ny 6 desambra 1876. Somary lava ihany ny fitantaran'i Don Bosco izany ao amin'ny *Fahatsiarovam-piainana* nosoratany, amboara faha-12. Tsy ho voatantara amin'ny antsipiriany eto izany fa famintinana tsotsotra ny voasoratr'i Don Bosco no atolotra etoana.

«Toy ny hoe teny amoron-tanilemaka iray midadasika manopy manga toa ranomasina aho. Saingy tsy nisy rano teo: toy ny kristaly madio sy manjelanjelatra ny tontolo natrehiko. Feon-kira malefaka aokizany kosa no nanenika ny habakabaka.

Dia indreny fa nisy tanora marobe tsy hita isa nipoitra. Nahalala maro tamin'ireo aho; niaina tamin'ny *Oratorio* sy tany amin'ireo kolejy hafa niandraiketanay izy ireny. Fa tsy fantatro kosa ny ankamaroany. Nandroso nanatona ahy izany andiambahoaka be izany. I Dominique Savio no mpitari-dalana ary seminarista lehibe sy pretra maro be no nandroso nanaraka azy avy hatrany; samy mitarika andian-tanora avy ny tsirairay. Nihataka irery i Dominique Savio ary nijanona akaiky dia akaiky teo anilako, ka raha nanatsotra ny tanako aho dia tsy maintsy ho nahakasika azy. Tena tsara tarehy izy! Akanjo lava iray mibaliakan'ny hafotsiana no midina hatreny an-tongony. Lamba be velarana miloko mena kosa no zary fehikibony. Voatemitra vonin-draozy ny lohany. Toy ny anjely no fijery azy.

Dia nibadabada aho nilaza hoe:

- I Dominique Savio ve ianao?

- Eny, izaho ity. Dia tsy fantatrao intsony aho ve? Tonga mba hiresaka aminao aho. Imbetsaka tokoa isika no niresaka teny ambonin'ny tany! Matetika koa no nanomezanao ahy porofom-pihavanana! Lehibe tokoa ny fitokisako anao...

- Fa aiza moa isika, izao?

- Aty amin'ny toeran'ny hasambarana ianao!

- Nahoana moa ianao no mitondra an'ity ankanjo kanto mahafinaritra ity? Ary nahoana koa ity fehilamba mena am-balahanao ity?

Dia injay fa nisy feo iray nihira ny tenin'ny Baiboly: *«Virjiny izy ireo ary manaraka ny Zanakondry amin' izay alehany»*. Nazava tamiko teo àry fa ilay fehilamba mena, milokon-drà, dia tandindon'ny fandavantena notontosaina sy ny fijaliana niaretana mba hitahirizana ny hatsaràmpanahin'ny fahadiovana. Ny hafotsian'ilay Akanjolava kosa dia tandindon'ny tsy fananantsiny noraisina tamin'ny batemy mbola voatahiry.

- Ary nahoana moa ianao no mamindra eo anoloan'ny maro hafa?

- Irak'Andriamanitra hitondra hafatra aho. Raha ny amin'ny lasa aloha, dia manome antoka anao aho fa nanao soa sesehena tokoa ny Fikambananao. Moa ve hitanao ny hamaroan'ireo tanora ireo? Ianao no namonjy azy ireo na ireo pretranao na ireo seminarista lehibe nokolokoloinao na ny hafa, izay nentinao teo amin'ny lalan'ny fiantsoan'Andriamanitra. Fa ho maro lavitra kokoa noho izao izy ireo raha nanam-pinoana amam-pitokisana ny Tompo bebe kokoa ianao.

- Ary ny ankehitriny?

Amboaram-boninkazo samy hafa karazana no natolotr'i Dominique an'i Don Bosco haseho amin'ny zanany mpanara-dia azy. Ary nomen'i Dominique azy ny harem-panahy mifandraika amin'ireo voninkazo ireo:

- ny raozy manambara ny fitiavana;
- ny violety manambara ny fanetrentena;

- ny gentiane manambara ny fivalozana;
- ny lisy manambara ny fahadiovana;
- ary ny salohim-barimbazaha manambara ny fitiavana ny Eokaristia.

Dia nitohy indray ny fanontanian'i Don Bosco:
- Ary ahoana ny hoavy?

- Fantatro fa manomana zava-dehibe ho an'ny Fikambananao Andriamanitra. Voninahitra lehibe no miandry azy. Nefa tandremo mba tsy hivaona amin'ny lala-mahasoa efa natoronao azy ireo Salezianinao ireo. Fa raha mijoro hatrany ho mendrika ny fanirahana ambony nankinina aminy izy ireo, dia hahafinaritra ny hoavy ary hahavonjy olona tsy lita isa. Aoka kosa ho fatra-panaja an'i Masina Maria ireo zandry-zanakao ary hahay mitahiry ny hatsaràm-panahin'ny fahadiovana, izay tena sarobidy eo anatrehan' Andriamanitra.

- Ahoana kosa ny amiko?

- Oh! Raha mba fantatrao manko fa be ny ady sy tolona mbola hatrehinao!

Teo dia nanatsotra ny tanako handray an'io Olomasina vao erotrerony io aho, nefa tsy voaraiko ny tanany, fa toy ny rivotra fotsiny ihany ary tsy afaka nanoroka azy aho...».

Toy izany monja ihany ny amin'i Dominique Savio, ilay mpianatra mamin'i Don Bosco izay nindaosin'ny fahafatesana tampoka tamin'ny 9 marsa 1857...

Ary mbola tao anatin'ny alahelom-pisarahana tamin'i Dominique Savio i Don Bosco no nipoitra tsy nampoizina ny hevitra mazava hananganana ny Fikambanana Salezianina.

Fijoroan'ny Fikambanana Salezianina

Tsirim-pahazavana tsy nampoizina

Talohan'ny taona 1857, dia efa nisy tokoa ny pretra sy ny seminarista lehibe nanao ny voady voalohany maha-Salezianina

azy: tamin'ny volana marsa 1855 no nanao ny voadiny i Michel Rua, Salezianina voalohany, izay narahin'i Don Alasonatti volana vitsy taoriana kely; ary nirotsaka nanatevin-daharana azy ireo i Jean-Baptiste Francesia tamin'ny 1856.

Nefa tsy nisy nihevitra ho mpikambana tao amina «Fikambanana» iray izy ireo. Ny noheverin'ny tsirairay dia hoe: fanamafisana bebe kokoa ny firaisampo amin'i Don Bosco, tamin'ny fanampiana azy, ny voady natao. Malina rahateo koa i Don Bosco tamin'ny fitenitenenana «Fikambanana» na «Frera» ampahibemaso, satria somary ratsy laza ihany ny teny toy ireny tamin'izany fotoan'andro izany. Ary notandremany fatratra ny nitonon-tena ho lehibem-pikambanan-drelijiozy.

Marina fa maro ireo mpiomana ho pretra nanodidina azy izay nandray akanjorebareba teo ambany fahefany. Nefa tsy afa-nanana an'ireo i Don Bosco raha tsy noho ny tsodrano avy amin'ny Arsevekan'i Turin izay mpifehy azy rahateo koa.

Na ahoana na ahoana anefa endriky ny fampiroboroboana ny ezaka fiaraha-miasan'ny mpanabe tao amin'ny *Oratorio*, dia tsy nampirotoroto ny tantaran'ny fanorenana Fikambanana i Don Bosco fa niezaka nihaino ny feon'ny zava-nitranga tamim-paharetana. Ary fahamalinana nivelomany, teo am-pihainoana ny feon'ny zava-nitranga, ny fametrahana an-tsoratra ny «Fitsipika» izay mampisongadina ny toe-piaina sy fomba fiasa vokatry ny fanandramana samihafa nentin-nikolokolo ny tanora tao amin'ny *Oratorio*.

Nanomboka tamin'ny taona 1855 izy no nirotsaka tamin'izany fametrahana an-tsoratra «Fitsipika» izany. Nentiny namolavola an'io «Fitsipi-piainana» napetraka an-tsoratra io avokoa na ny zava-niainany, na ny fitsipika efa mifehy ny ankizy ao amin'ny *Oratorio*, na ny fakana torohevitra aman'olona, na ny fandalinana ny fitsipik'ireo Fikambanana efa ela nihetezana mbamin'ny Fikambanana vao nijoro koa...

Tamin'ny taona 1857 kosa vao nisy *tsirim-pahazavana* niavaka nahatapakevitra azy hanangana Fikambanana izay mitana ny toe-

piaina relijiozy, nefa tsy mifanohitra ihany koa amin'ny rivopiainam-baovao takìn'ny pôlitikan'ny Fanjakana, izay nitsipaka ny fahefam-Piangonana.

Noraisin'ny ministra Rattazzi i Don Bosco, indray androm-pahavaratra 1857. Ary nolazainy tamin'izay ny ahiahiny momba ny hiafaran'ireto tanoran'ny *Oratorio Md François de Sales*, raha tonga ny fotoana hahafatesan'i Don Bosco.

Tsotra ny valitenin'i Don Bosco tamin'izay:

- Averiko aminao ny fanontaniana, Andriamatoa Ministra. Inona no azonao atao mba haharetan'ny asako?

- Araka ny hevitro - hoy ny Ministra - dia tokony hifidy laika sy olom-piangonana itokisanao ianao ary hanorina Fikambanana, ho mpanampy anao izy ireo ankehitriny ary ho mpanohy ny asanao, rahampitso.

Nitsiky i Don Bosco, dia nanohy ny resaka:

- Fa moa ve tsy ianao ihany, roa taona lasa izay, no nampifidy lalàna hanafoanana Fikambanan-drelijiozy marobe? Nefa ankehìtriny dia ianao indray no manolo-kevitra hanorenana Fikambanan-drelijiozy vaovao hafa indray? Dia havelan'ny Fanjakana (governemanta) ho velona ve izany?

- Fantatro tsara io lalàna fanafoanana io - hoy ny Ministra Rattazzi sady nitsiky koa izy -. Afaka manorina Fikambanana tsy ho hain-dalàna foanana ianao.

- Amin'ny fomba ahoana?

- Ny Fanjakana laika dia tsy afaka na oviana na oviana hankato «Fikambanan-drelijiozy iray» izay hiankina amin'ny Fiangonana, izany hoe izay hiankina amin'ny fahefana hafa noho ny azy. Fa raha misy kosa Fikambanana miorina, ka ny mpikambana ao tsirairay avy dia mitana ny zo maha-olompirenena azy sy manaiky ny lalàm-Panjakana ary mandoa hetra, dia tsy ho afa-miteny ninoninona intsony ny Fanjakana. Eo anatrehan'ny Fanjakana izany Fikambanana izany dia tsy hafa fa fitambaran'olompirenena afaka, izay miray hina sy miara-miaina ho an'ny asa fanasoavana, toy ny

iombonan'ny hafa ho an'ny raharaham-barotra, na ho an'ny taozavatra na ho an'ny fifanampiana. Ary raha manaiky ao ampony koa ireo mpikambana ireo hankato ny fahefan'ny Eveka sy ny Papa, ankoatry ny an'ny Fanjakana, dia manasa tanana amin'izany ny Fanjakana: omena lalana hijoro ny fikambanan'olompirenena afaka, raha vao manaja ny lalàna sy ny fahefan'ny Fanjakana.

Misaotra ny Ministra Rattazzi tamin'izany tolokevitra mazava izany i Don Bosco, satria nipoitra teto ny tsirim-pahazavana tsy nampoizina izay nanamafy ny fikasany hanorina fikambanan'olona ekena ho relijiozy eo imason'ny Fiangonana sady ankatoavina ho olompirenena afaka eo imason'ny Fanjakana...

Nazava ny feon'ny zava-nitranga ka dia nirotsaka, tsy nisy hataka andro, nandavorary ny Fitsipika efa napetrany an-tsoratra i Don Bosco. Ary tamin'ny faran'ny taona 1857, dia «hary fomba» ny voalohan-drakitsoratry ny Fitsipika Salezianina (nantsoin'ny sasany koa hoe: Lalàmpanorenana).

Fa hanomboka eto kosa ny ezaka fangataham-pankatoavana avy amin'ny manampahefana ao amin'ny Fiangonana. I Mônsenera Fransoni, evekan'i Turin, izay voatery nialokaloka tany Lyon, dia nankahery an'i Don Bosco tamin'ny finiavany. Nefa mba ho azo antoka kokoa ny fankatoavana, dia nomeny torohevitra iDon Bosco hiresaka ny fikasany sy vinavinany amin'ny Papa Pio faha-9.

Fihaonana tamin'ny Papa Pio faha-9

Ho fanomanana mivantana ny fihaonana amin'ny Papa Solontenan'i Kristy hita maso àry, dia nasain'i Don Bosco nandika ny Fitsipika manontolo an-tsoratra voakaly i Michel Rua, tamin'ny voalohandohan'ny febroary 1858. Teo anivon'ny fiaretan-tory mandritra ny alina maromaro no nanatontosan'i Rua ny asa nankinin'i Don Bosco taminy sy nanafatrafarany azy hoe: «Adikao tsara. Hiara-mitondra azy any amin'ny Papa isika».

Dia niara-niainga ho any Rôma tokoa i Don Bosco sy i Rua tamin'ny 18 febroary 1858. Lalana lava sy sarotra ihany ny avy eo Turin mankany Rôma tamin'izany vanimpotoana izany: nisy ampahan-dalana natao an-tanety ary nisy koa ampahany nitetezana ranomasina, miaraka amina «tsisakanana» (passeport) ara-dalàna. Noheverin'i Don Bosco fa mety ny mametrapetraka ny raharaha rehetra alohan'ny handehanana. Nankininy tamin'i Don Alasonatti ny fitantanana ny *Oratorio*...

Tamin'ny 9 marsa no nihaona voalohany tamin'ny Papa Pio faha-9 i Don Bosco. Tena tsara fandray azy tanteraka ny Papa sady nigaga ny asa sarotra sy vitsy mpanao nirotsahany. Nankatoaviny ny fikasan'i Don Bosco hanorina Fikambanana mifanaraka amin'ny vanimpotoana diavina ary nambarany mazava taminy fa tsy *"fanomezantoky"* fotsiny (araka ny sosokevitr'i Rattazzi) no tokony hataon'ny mpikambana fa tena *«voady maha-relijiozy»* mihitsy. Dia nolazainy am-pahatsorana tamin'i Don Bosco fa mila mandinika koa ny Papa. «Mandehana aloha - hoy izy tamin'i Don Bosco - mivavaha ary miverena afaka andro vitsivitsy fa holazaiko anao izay hevitro».

Nahazo fankaherezana tamin'ny fomba nandraisan'ny Papa azy i Don Bosco, ka dia namerina nandinika sy nitsara indray ny «Fitsipika» efa voarindra. Avy eo, dia mbola nasainy nadikan'i Rua an-tsoratra indray ireo «Fitsipika» voatsara sy nohafohezina...

21 marsa 1858: nihaona fanindroany tamin'i Pio faha-9 i Don Bosco! Tsotra sy nazava ny fanapahankevitra vokatry ny fandinihany:

«Ekeko fa hahavitasoa maro be ho an'ny tanora ny fikasanao, ka tsy maintsy tanterahina. Aoka halefaka sy ho mora tandremana ny Fitsipi-piainana. Aoka ny fomba fiakanjonareo sy ny fomba fivavaka mba tsy hampiavaka anareo loatra eo anivon'ny olona. Ary noho izany, dia angamba metimety kokoa ny hampiasana ny teny hoe: "société" toy izay "congrégation" Raha atao bango

tokana, dia ataovy izay mety mba haha-relijiozy ny mpikambana tsirairay avy eo imason'ny Fiangonana sy haha-olompirenena azy eo imason'ny fiarahamonina ara-panjakana».

Manga ny resaka. Tsapan'i Don Bosco teto fa nifanojo hevitra ny Papa Pio faha-9 sy ny ministra Rattazzi. Natolony teo ampelatanan'ny Papa ny amboaran-dalàna (Fitsipi-piainana) nohafohezina: «Voarakitra ato anatin'ity Fitsipi-piainana niverenana nodinihina sy nohafohezina araka ny hafatrafatrao ity ny lalàna sy ny toetsaina mitarika ny dianay efa hatramin'ny roapolo taona izao»...

Ary tamin'ny fihaonana fahatelo sady farany tamin'ny 6 avrily 1858, araka ny voalazan'i Don Ceria ao amin'ny *Annales de la Société Salésienne*, dia «naverin'ny Papa Pio faha-9 tamin'i Don Bosco ilay amboaran-dalàna sady nilazany izy mba hitondra an'io any amin'ny Kardinaly Gaude».

Nifankahazo tsara ity Kardinaly ity sy i Don Bosco ka tsy nisy olana ny resaka. Novakìn'ny Kardinaly Gaude sy nasiany fanitsiana kely ilay amboara. Dia notoroany hevitra amin'izay i Don Bosco hampihatra ny Fitsipika nasiam-panitsiana sy hiseho indray any amin'ny Papa.

Tamin'ny 14 avrily 1858 i Don Bosco no nandao an'i Rôma.

Tafajoro feizay ny Fikambanana Salezianina (Société Salésienne). Asa kosa raha hanaiky ho mpikambana amin'izany ireo pretra sy seminarista lehibe nizara fiainana tamin'i Don Bosco tao amin'ny *Oratorio*, efa hatramin'ny taona maro?... Tsy maintsy hanapakevitra ny tsirairay!...

Herinandron'ny fanapahan-kevitra

Na dia efa tamin'ny taona 1858 aza no nazava ny lalankombana momba ny fanorenana ny Fikambanana Salezianina, dia mbola tsy nisy fitenenana an-karihary momba an'io Fikambanana io raha tsy tamin'ny faramparan'ny taona 1859.

9 desambra 1859: nampiantso an'izy sivy ambin'ny folo lahy, pretra sy seminarista, mpiara-miasa aminy, i Don Bosco. Satria

noheveriny fa tonga amin'izay ny fotoana tsy maintsy hiresahana Fikambanan-drelijiozy hajoro ho mpikarakara tanora. Tahatahaka izao ny teny nolazainy tamin'izy ireo tao an'efitranony:

«Efa hatramin'ny ela aho no nihevitra hanorina Fikambanan-drelijiozy. Tonga ity ny fotoana anatanterahana izany. Namporisihin'ny Papa Pio faha-9 sy noderainy ny fikasako. Tsy vao androany akory no teraka ity Fikambanana ity: efa nisy izy io tamin'ny alalan'ireo fitambarana Fitsipi-piainana, izay niainanareo mandrakariva hatrizay... Fa ankehitriny, ny ilaina dia ny mandroso bebe kokoa, izany hoe: ny mampijoro ara-dalàna ny Fikambanana sy ny mankato ny Fitsipi-piainana ao aminy. Fantaro kosa anefa fa ireo te hanao ny voadin'ny fahantrana sy fahadiovana ary fanekena amin'ny fotoana voatondro ihany no hosoratana anarana, rahefa avy nandanjalanja sy nandinika marina... Omeko herinandro hieritreretana ianareo».

Fahanginana tsy fahita no nisongadina teo amin'ny faran'ny fivoriana. Ary rahefa nivaha fatotra ny lelan'ny maro, dia tsapa fa nety mihitsy ny nandehanan'i Don Bosco miadana sy ampahamalinana tamin'ity raharaha ity. Satria nisy ny nimonomonona hoe tadiavin'i Don Bosco hatao Frera izy ireo. Somary faneso sy ratsy laza teo anatrehan'ny mpankahala na mpanohitra ny olompiangonana ihany manko ny Frera tamin'izany fotoana izany. Anisan'ireo niady saina nanoloana ny fanapahan-kevitra horaisina i Cagliero. Nefa nahery kokoa tao aminy ny faniriana «hijanona miaraka amin'i Don Bosco», ka tsy nampaninona azy ny antsoina «Frera»: «Na Frera na tsy Frera, dia hijanona miaraka amin'i Don Bosco aho».

Dia io fanapahan-kevitr'i Cagliero io koa no zary fanapahan-kevitra noraisin'ny ankamaroan'izy sivy ambin'ny folo lahy...

Fa nony tonga tokoa ny fivoriana faharoa tamin'ny 18 desambra 1859, tamin'ny sivy ora alina, izay natao hisoratana anarana, dia teo daholo izy rehetra nivory tamin'ny fihaonana voalohany afatsy roa lahy.

Nankasitrahan'izy fito ambin'ny folo lahy tafavory teo, niaraka tamin'i Don Bosco, ny hivondrona ao amina Fikambanana iray... Ary indray nientana izy ireo niangavy an'i Don Bosco, izay mpanorina sy mpampiroborobo ny Fikambanana, mba hanaiky handray ny andraikitry ny «lehibe mpandrindra ankapobeny» (Supérieur majeur). Ho fahamalinana anefa, dia noheverin'i Don Bosco fa mety ny mifidy mpiara-miasa lefitra anankiray. Nofidina tamin'io fotoana io koa, araka ny fitantaran'i Don Alasonatti:

- ny mpitantana ara-panahy dia ny mpanampy lefitra sous-diacre Rua;

- ny mpitantam-bola dia ny mpanampy diacre Ange Savio;

- ny mpanolotsaina dia ny seminarista Cagliero Jean, Bonetti Jean ary Ghivarello Charles.

«Toy izany àry - hoy ny tatitra an-tsoratra nataon'i Don Alasonatti - ny nijoroan'ny foibem-pitantanana ny Fikambananay» (izay antsoina hatramin'izay hoe: Chapitre supérieur)...

Ho aiza kosa i Joseph Buzzetti?

Hafaliana tokoa ny an'i Don Bosco noho ny nijoroan'ny Fikambanana Salezianina. Nefa ho azo lazaina ve fa tsy mba nosembanin-drahona kely ihany ny hafaliany, noho i Joseph Buzzetti, sakaiza tsy nahafoy azy, tsy mba anisan'ireo fito ambin'ny folo lahy voaray ho Salezianina?

Mamin'i Don Bosco sy nankasitrahany tokoa i Joseph Buzzetti noho ny soa nataony manokana taminy mbamin'ny asa fanasoavana ny *Oratorio* manontolo. I Joseph Buzzetti manko no mpiara-dalana amin'i Don Bosco sy mpiaro azy rahefa mananontanona ny famelezan'ny fahavalo; vatrany matetika mihitsy aza ny mitsena an'i Don Bosco, sendra tratra hariva any am-pandehanana any. Ary tsy azo odian-tsy hita ny asa maro nosahaniny am-pitiavana hanasoavana ny *Oratorio* sy ny tanora beazina ao: fikojakojana ny trano manontolo, fanomanana ny latabatra isakafoanana, fanarahamaso ny ankizy misakafo, fandiovan-trano, fanatontosana ny

fivarotana ny «Vakiteny Katôlika», fampianarana katesizy sy fampianaran-kira mandritra ny taona maro (mandra-pisolon'i Jean Cagliero azy tamin'ny 1860). Izy koa no niandraikitra ireo «Varotra antsapaka» nentin'i Don Bosco nitady vola ho an'ny *Oratorio;* izy no nikaroka izay olona te hampanao zavatra ao amin'ireo toeram-pandrafetana (ateliers) ao amin'ny *Oratorio*; dia mbola izy ihany koa no mpividy mofo ary mpitantam-bola ela tao amin'ny *Oratorio*. Ary sarotiny izy raha nisy zavatra lanilany foana na ravarava fahatany: anisan'ny nampisafoaka azy, ohatra, ilay trano namboarina tamin'ny taona 1851 ary narodan'ny orana tamin'ny 2 desambra 1851...

Noheverin'i Joseph Buzzetti ho mpiombona anjara amin'ny fanompoana ny tanora tao Valdocco izy , ka nanao ny ainy tsy ho zavatra sy saro-piaro tamin'ny fampandrosoana ny *Oratorio*... Na dia izany aza anefa ny toe-panahy niainany teo anilan'i Don Bosco, dia tsy mba anisan'ireo fito ambin'ny folo lahy voalohany nirotsaka ho Salezianina izy. Inona no antony azo anazavana izany?

Ny toe-javatra mazava aloha dia ity: saika pretra sy tanora mpiomana ho pretra (seminarista lehibe) avokoa ireo nisoratra anarana ho Salezianina tamin'ny 18 desambra 1859. Izany hoe: niendrika Fikambanana natao ho an'ny pretra sy ho an'olona afaka hiroso ho pretra ny Fikambanana Salezianina tamin'izay. I Joseph Buzzetti anefa teo anatrehan'izany - na dia mbola vao fito ambin'ny folo taona monja aza - dia efa niharan-tsampona lehibe tsy nahafaha-nirotsaka ho pretra tao amin'ny Fiangonana Katôlika tamin'izany fotoana izany: tsy nisy fanondro intsony ny tanany havia. Anisan'ny mpiambina ireo zavatra natao loka tamin'ny «Varotra antsapaka» voalohany hitadiavam-bola ho an'ny *Oratorio* izy; nomena basy poleta (pistolet) izy tamin'izany ary teo am-pampiasana an'io fitaovana io izy no niharan-doza nahatsiravina, ka voatery notapahina ny fanondrony havia.

Nanontany azy ireo rahalahiny mpanao trano, toa an'i Charles Buzzetti izay nandalo tao amin'ny *Oratorio* koa, ka nilaza taminy

hoe: «Raha tsy te ho tonga pretra ianao, inona ihany no mbola ataonao ao amin'ny *Oratorio* ao? Raha maty i Don Bosco, nefa ianao tsy manana asa, dia inona no hataonao?».

Tsotra ny valinteniny: «Nomen'i Don Bosco toky aho fa na maty aza izy, dia hisy foana ny tapa-mofo hohaniko. Ampy ho ahy izany!».

Dia nijanona am-panetrentena tsy nandao an'i Don Bosco izy nefa tsy nety hanao voady ho Salezianina ihany koa, na dia fantany sy hitany maso koa aza fa nisy olon-tsotra tsy nanam-pikasana ho pretra (laika) nahazo niditra ho Salezianina, volana vitsy taorian'ny nijoroan'ny Fikambanana. Nivory ny «foibem-pitantanan'ny Fikambanana» nanapakevitra ny handraisana an'io laika io (Joseph Rossi) tamin'ny 2 febroary 1860; ary nanomboka teto no niditra tao amin'ny voambolan'ny Fikambanana ny teny hoe: *«mpiaramiasa»* (coadjuteur) na *«Salezianina laika»*.

Nitombo isa arakaraka ny nandrosoan'ny taona ireo Salezianina. Efa nahatratra roa amby roapolo ny isan'izy ireo tamin'ny taona 1862, ankoatran'i Don Bosco. Ary azo lazaina ho dingana vaovao teo amin'ny fiorenan'ny Fikambanana ny voady nataon'izy roa amby roapolo lahy sy nataon'i Don Bosco koa tamin'ny 14 mey 1862: tafavory tao an'efitranon'i Don Bosco izy ireo ary nanome toky an'Andriamanitra fa hitandrina ny Fitsipiky ny Fikambanana amin'ny fanaovana ny voadin'ny fahantrana, fahadiovana ary fanekena mandritra ny telo taona; ary nandritra izany fotoana izany, dia mba nanao mangina ny voadiny koa i Don Bosco, araka ny rakitsorany, ka nanolotra ny tenany mandrapahafatiny «ho sorona ho an'ny Tompo».

Teo anivon'izany tononta ona nanombohan'ny Fikambanana Salezianina niroborobo izany kosa no toa nandre faharesena i Joseph Buzzetti, araka ny fitantaran'i Don Lemoyne. Tsapany aloha fa hanova ny endri-piainana mahazatra tao amin'ny *Oratorio* hatrizay ny fitsipika mifandraika amin'ny fiainam-pikambanana. Hitany maso koa fa lasa tsikelikely nankeo am-pelatanan'ireo

tanora Salezianina ny fitantanana ny trano, hatramin'ireo andraikitra nankinina manokana taminy teo aloha aza! Nianjadian'alahelo sy fahakiviana izy noho izany: nahatsiarotena ho resy mihitsy e! Ka dia nanapakevitra izy handao ny *Oratorio Md François de Sales*.

Nihaona tamin'i Don Bosco izy ary notsoriny taminy ny tao am-pony momba ny hiafaran'ny fiainany: ho voatery izy hanaiky ireo izay nokolokoloiny fony mbola zaza noraisina tao amin'ny *Oratorio*... Tsy nafeniny ny alahelony voatery handao ilay *Oratorio* nitomboany sady hitany niitatra miandalana.

Tenim-pitiavana feno alahelo no nasetrin'i Don Bosco azy: «Dia havelanao aho izany? Efa nahita toerana ve ianao? Ho tsara ve ny karamanao? Tsy manam-bola ianao ary azo antoka fa mila izany ianao ho an'ny fanombohanao fiainana». Dia novohainy ny vatasarihana ary nanohy niteny izy: «Ianao mahalala kokoa ireto vatasarihana ireto noho izaho. Alao daholo izay ilainao ary raha tsy ampy ireo, dia lazao ahy izay mbola ilainao fa hataoko izay hahitana azy. Joseph â! Tsy tiako ny hihafianao noho izaho». Ary natopiny am-pitiavana teny amin'i Joseph Buzzetti ny masony: «Tsara foana ny niarahantsika niaina. Manantena aho fa tsy hanadino ahy na oviana na oviana ianao»!

Vaky nitomany i Joseph Buzzetti, noho ireo teny ireo. Nijohy naharitra ihany ny ranomasony ary nony ela, dia hoy izy: «Tsia! Tsy afaka handao an'i Don Bosco aho. Hijanona feizay miaraka aminy aho»...

Mitovy daholo rahefa mety ho mpikambana

Azo antoka fa nisy akony teo amin'ny famolavolan'i Don Bosco ny toe-tsain'ny mpikambana salezianina ihany ny fisedrana notetezin'i Buzzetti, sady nanampy azy tamin'ny famaritana ny atao hoe: «Salezianina laika» na ny «Mpiaramiasa salezianina». Izao no teny nambaran'i Don Bosco tamin'ireo Salezianina, tamin'ny 31 marsa 1876 hariva: «Tadidio fa tsy misy ny elanelana eo amin'ny samy olon'ny Fikambanana; mitovy ny fomba itondrana azy rehetra na mpahaitao, na mpiomana ho pretra, na pretra;

mihevitena ho toy ny mpirahalahy isika rehetra»... Ary taona iray taorian'izay (1877), dia nanapakevitra hametra-pangatahana hiditra tao amin'ny Fikambanana salezianina i Buzzetti. Nentin'i Don Bosco teo anatrehan'ny Foibem-pitondran'ny Fikambanana io fangatahana io, ary tsy nisy nitsipaka ireo tompon'andraikitra ara-pitondrana ny Fikambanana (anisan'ireo nokolokoloin'i Buzzetti fony mbola zaza ny ankamaroany). Andro sarobidy ho an'i Don Bosco ny andro nandraisana an'i Buzzetti ho «Salezianina laika»!...

Maro endrika ny asa nosahanin'ireo «Salezianina laika»: tao ny lehibena toeram-piasana ara-taozavatra, tao ny mpitsabo mpanampy sy mpitana birao, tao ny mpahandro manan-talenta, sns... Nefa mpiara-miasa sy mpanampy ny pretra avokoa izy rehetra eo amin'ny andraikitra ara-pitoriana ny Vaovao Mahafaly: mpampianatra fandalinam-pinoana sady mpanabe.

Eny e! Mbola nidofaka kely toy ny tapa-porohana sisa tsy may ny fakam-panahy hanao ankilabao ny «Salezianina laika», taona vitsivitsy talohan'ny nahafatesan'i Don Bosco.

Natao tokoa ny «Zaikabem-pikambanana» fahatelo (3e Chapitre Général) tamin'ny taona 1883. Dia tamin'io Zaikabe io no nisy mpikambana sahy niteny fa tokony tsy hitovy laharana amin'ny pretra ny Salezianina laika ary tokony hanorenana sampana manokana izy ireo. Nitsipaka izany tamin'ny teny hentitra i Don Bosco: «Tsia! Sanatria! Tsia! Mitovy amin'ny mpikambana hafa rehetra ihany ny rahalahy Salezianina».

Ary tamin'io taona io ihany koa no nametrapetraka hafatra tamin'ireo Salezianina laika i Don Bosco: «Tsy tokony ho toy ny mpiasa sy mpamboatra trano fotsiny ianareo, fa tokony ho filoha mpitarika. Tsy maintsy toy ny mpampiasa mitarika ny mpiasa hafa ianareo. Tena mila maro amin'izany karazan'olona izany aho, mba hanampy ahy!

Dia toy izany àry no nijoroan'ny Fikambanana Salezianina (avy amin'ny anaran'i Md François de Sales, mpiaro ny *Oratorio!* Fahasoavana nihamafy orina, taona vitsivitsy taorian'ny fahoriana

vokatry ny famoizana an'i Neny Marguerite sy i Dominique Savio kely izany...

«Tantely amam-bahona» hafa koa

Dia nisovoka mangina ny taona 1860, nandimby ny taona 1859 izay nijoroan'ny Fikambanana Salezianina. Mbola nisy fahoriana nianjady tamin'i Don Bosco koa tamin'io taona 1860 io. Azo lazaina anefa, na izany aza, fa taom-pahasoavana ihany koa io taona io sy ny taona 1861.

Famoizana an'i Don Cafasso sy Sorona Masina voalohany natolotr'i Don Rua

Tojo «tantely amam-bahona» tokoa ny fiainan'i Don Bosco tamin'ny 1860!

Teo aloha ny vahona mangidy nampahory azy dia ny nahafatesan'i Don Cafasso tamin'ny 23 jiona 1860. Nampandrenesina i Don Bosco fa hoe marary mafy i Don Cafasso, ilay sakaiza maminy sady *«mpitantana azy ara-panahy»*. Dia lasa tsy nisy hataka andro i Don Bosco raha vao nahare ny filazana. Anankiray tamin'ireo tanora nitokisany no niara-dalana taminy: i François Cerruti. Vao avy niala aina anefa i Don Cafasso tamin'ny fotoana nahatongavan-dry Don Bosco satria tratra aoriana tokoa ny fampandrenesana nalefa taminy teny Valdocco.

Alahelo tsy hay lazaina no nianjady tamin'i Don Bosco, teo am-pamoizana an'ilay sakaiza tsy foiny izay nanolo-tsaina sy nitantana azy ara-panahy nandritra ny enina amby roapolo taona! Eny! Vahona mangidy no nosotroiny tamin'ny nahafatesan'i Don Cafasso, izay tsy nitsaha-nanampy sy nankahery azy teo amin'ny endi-panompoana nirotsahany nefa mbola nampisalasala azy koa indraindray... Na dia teo aza anefa izany vahona mangidy izany, dia tsy azo odian-tsy hita koa ny tantely mamy noraisin'i Don Bosco tamin'iny taona 1860 iny.

Iray volana taorian'ny nahafatesan'i Don Cafasso, dia niroso ho amin'ny laharan'ny pretra i Michel Rua. I Mônsenera Balma no nanamasina azy tao amin'ny toerana iray atao hoe: Casella. 29 jolay 1860 tamin'izay.

Araka ny fanao tamin'izany fotoana izany, dia tsy atao ampahibemaso - toy ny fahita matetika ankehitriny ao amin'ny Fiangonana - ny fanamasinana ho pretra, fa atao amin'ny mangingina. Fa ny Sorona Masina atolotr'ilay pretra vaovao voalohany kosa dia fotoam-pifaliana be ho an'ny vahoakan'Andriamanitra manontolo.

Raha ny amin'i Don Rua, dia mazava ny tantara fa na i Don Bosco izay nikolokolo azy nandritra ny taona maro aza dia tsy nanatri-maso ny nanamasinana azy. Fa anisan'ireo niara-paly tamin'ny tanora sy ny kristianina tafavory tao Valdocco kosa izy tamin'ny Sorona Masina voalohany natolotr'i Don Rua ny alahady nanaraka ny fotoam-panamasinana...

Ary rahefa niakatra nankao an'efitranony i Don Rua nony nifarana ny androm-pifaliana tsy nanam-paharoa ho azy, dia taratasy iray avy amin'i Don Bosco no hitany teo ambony latabatra. Noraisiny ilay taratsy, dia novakìny: «Ianao dia hahita tsaratsara kokoa noho izaho ny sangan'asan'ny Salezianina handingana ny faritr'i Italia sy hiorim-ponenana amin'ny lafivalon'izao tontolo izao. Tsy maintsy hiasa mafy ianao ary hijaly mafy; nefa fantatrao fa mba hahatongavana amin'ny Tany nampanantenaina, dia tsy maintsy mamakivaky ny Ranomasina Mena sy ny taniefitra. Zakao amin-kerimpo izany, fa na dia mbola ety an-tany aza dia tsy ho diso anjara ianao amin'ny hafaliana sy ny fanampian'ny Tompo».

Eny! Nandre fiadanam-panahy feno hamamiana tokoa i Don Bosco taorian'ny Sorona Masina natolotr'i Don Rua, ka nahatsinjo ny hoavy tao anatin'ny fahatonena. Efa nanankinany andraikitra hisolo toerana azy matetika tao amin'ny *Oratorio* aza i Don Rua isaky ny tsy eo an-toerana izy. Dia lasa «Don Bosco faharoa» tao amin'ny *Oratorio* mihitsy i Don Rua. Tsy mora izany miantsoroka olona manakaiky ny isa dimanjato izany, nefa dia noraisiny ampitiavana ny anjara andraikiny...

Fampitomboana mofo vitsivitsy

Volana vitsivitsy taorian'ny nanoloran'i Don Rua ny Sorona Masina voalohany, dia nisy endri-pahasoavana iray hafa koa, voarakitry ny tantara tao Valdocco. I François Dalmazzo, izay lasa Salezianina taty aoriana, no vavolombelona nanatri-maso mitantara izay hitany tamin'izay.

Tamin'ny 22 ôktôbra 1860 i François Dalmazzo no niditra tao amin'ny *Oratorio Md François de Sales* tao Valdocco. Vao dimy ambin'ny folo taona izy tamin'izay. Ny famakiany ireo «Vakiteny katôlika» no nahatonga azy hanontany ny momba an'i Don Bosco. Ary rahefa hainy fa hoe manan-trano ho an'ny tanorany ao Turin ilay pretra nirìny ho fantatra, dia nanapakevitra ho anisan'ireo tanoran'i Don Bosco izy. Dia tsy nisy olana ny fandraisana azy tao amin'ny *Oratorio*.

Vao niaina roapolo andro tao fotsiny anefa i Dalmazzo dia tojo fahakiviana. Satria efa zatra niaina tao amin'ny tokantrano mihaja sy manana ny ampy izy, ka tena mafy ho azy ny niaina tamin'ny sakafo tsizarizary sy teo anivon'ny fahazarana tao amin'ny *Oratorio*.

«Nanoratra tamin'ny reniko aho - hoy izy mitantara - mba hiaviany haka ahy, satria tena te hiverina tany an-trano mihitsy aho».

11 nôvambra 1860. Iny tokoa ny reniny fa tonga haka an'i François Dalmazzo.

Izao anefa: «Talohan'ny handehanako hody, dia mba naniry ihany aho hikônfesy indray mandeha farany amin'i Don Bosco. Dia niandry ny anjarako aho nandritra ny Sorona Masina. Ary eo ampiravana dia misy mofo kely iray omena ny tanora tsirairay avy ho sakafo maraina. Nandritra ny fotoana niandrasako ny anjarako hikônfesy, dia indreny tonga ireo tanora roalahy tokony hizara mofo. Hoy izy ireo tamin'i Don Bosco:

- Tsy misy mofo intsony.

Dia hoy i Don Bosco namaly:

- Inona moa no hataoko amin'izany? Mandehana any amin'i Magra, mpanao mofontsika, dia asaivo homeny ianareo.

- Nilaza taminay i Magra fa tsy hanome ninoninona antsika intsony izy, satria tsy voaloa ny volany.

- Eny àry! Hodinihina ny amin'izany. Fa avelao aho aloha hampikônfesy.

Henoko izany resaka natao moramora izany. Ary tonga moa ny anjarako, ka dia nonomboka nikônfesy aho. Efa tamin'ny fotoam-pankamasinana ny Sorona Masina, dia indreny indray fa niverina ireo tanora roalahy.

- Don Bosco â, tena tsy misy ninoninona mihitsy ho an'ny sakafo maraina.

- Avelao aho aloha hampikônfesy e, fa ho hitantsika eo ihany avy eo! Mandehana mitady ao amin'ny fitahirizan-tsakafo, na any amin'ny tranofihinanana rehetra any, tsy maintsy misy zavatra kely any!

Dia nanohy ny kônfesiko aho, nandritra ny fotoana nandehanan'izy roalahy tany. Ary zara raha nahavita ny anjarako aho, dia iny indray ny anankiray tamin'izy ireo niverina fanintelony.

- Noraofinay daholo izay rehetra tany, ka dia ireto mofokely vitsivitsy ireto no hitanay.

- Ampidiro ao anaty sobika ireo. Fa izaho ihany - hoy i Don Bosco - no ho avy hizara azy ireo. Avelao hampikônfesy ampiadanana amin'izay aho.

Dia nanohy nampikônfesy ilay zaza teo anoloany i Don Bosco. Ilay sobika nisy mofo kosa tamin'izay dia efa napetraka tsy lavitra ny varavambe, izay mivoha eo anilan'ny ôtelin'i Masina Maria. Teto aho dia nahatsiaro ny zava-mahagaga notantaraina momba an'i Don Bosco; ary nentin'ny faniriana te hahita zavatra aho, ka dia nikaroka izay hahazoako toerana tsara mba hijerena izay zavatra hitranga.

Efa niandry ahy teo am-baravarambe ny reniko niantso ahy hoe:

- Avia, ry François â!

Nomeko famantarana tamin'ny fihetsika izy mba haharitra kely minitra vitsivitsy. Raha vao tonga i Don Bosco, dia naka mofokely anankiray; nojereny tao anaty sobika ary hitany fa nisy mofokely dimy ambin'ny folo na roapolo teo ho eo. Dia naka toerana moramora tsy nisy mpahatsikaritra teo aorian'i Don Bosco indrindra aho, teo amin'ny kitohatra, ny maso tsy miato manaraka izay miseho. Dia nanomboka ny fizara-mofo i Don Bosco. Nitandavana nilahatra nandalo teo anoloany ireo tanora, samy sambatra nandray ny mofo avy amin'ny tanan'i Don Bosco, izay norohan'izy ireo nandritra ny fotoana nilazany teny kely tamin'ny tsirairay na nanomezany azy ireo tsiky kely.

Samy nahazo ny anjara mofony daholo ny mpianatra rehetra, eo ho eo amin'ny efajato eo. Ka nony vita ny fizarana, dia notadiaviko mihitsy ny hijery ilay sobika fasiana mofo. Ary akory ny hagagako nahatsikaritra fa mbola ny isan'ny mofo talohan'ny fizarana ihany no tao. Tena zendana aho. Dia nihazakazaka nankeny amin-dreniko aho ary nilaza taminy hoe:

- Tsy hody intsony aho, tsy te hiala eto intsony aho, fa hijanona aty. Mamelà ny hadisoako amin'ny niantsoako anao hankaty Turin.

Dia notantaraiko azy izay hitan'ny masoko mivantana, sady nampiako hoe:

- Tsia! tsy te handao olomasina toa an'i Don Bosco aho.

Izany antony izany monja ihany no nijanonako tao amin'ny *Oratorio* sy nahatonga ahy hanatevin-daharana ireo zanak'i Don Bosco».

Lasa Salezianina tokoa i François Dalmazzo. Ary solontenan'ny Fikambanana tao amin'ny Foiben'ny Fiangonana Katôlika tao Rôma izy nandritra ny fito taona, ankoatry ny naha-Talen'ny Kôlejin'i Valsalice azy nandritra ny valo taona...

«Vaomiera miafina»

Volana roa latsaka kely taorian'izay fampitomboana sy fizarana mofo nitrangam-pahagagana izay, dia nisovoka mangina nandimby ny taona 1860 ny taona vaovao manaraka.

Misy zava-nitranga anankiray manana ny lanjany manokana, eo amin'ny fahalalana ny tantaram-piainan'i Don Bosco, nisary zoro tamin'io taona 1861 io. Nivondrona hanangana *«Vaomiera miafiana»* hanoratra ny tantaram-piainan'i Don Bosco ry Don Alasonatti sy Don Rua mbamin'ny seminarista toa an'i Cagliero sy i Francesia, niampy Salezianina folo hafa koa. Samy niaiky izy rehetra ireo fa misy toetra miavaka isaloran'ny ankamaroan'ny zava-miseho eo amin'ny fiainan'i Don Bosco sy ny ambaindainy, ka tokony harahi-maso akaiky mandrakariva sy horaketina an-tsoratra, araka izay nitranga marina.

Samy hirakitra an-tsoratra ny zava-miseho araka izay hitan'ny masony àry ny tsirairay. Ary amin'ny fivoriana ara-potoana ataon'ny Vaomiera, dia hovakìna hohenoin'ny rehetra ny rakitsoratry ny tsirairay, ka hiaraha-mitsara mba ho ny zava-marina ihany no hotazonina.

Zava-dehibe tokoa no vitan'io *«Vaomiera miafina»* io, raha ny fahalalana ny fiainan'i Don Bosco no jerena. Angamba ho nanjavona tsy ho tafapaka amintsika ankehitriny ny zava-maro nitranga teo amin'ny tantaram-piainan'i Don Bosco, raha tsy nisy ny herimpo aman-pikirizan'izy ireo hiari-tory hametraka an-tsoratra ireny rehetra ireny, aorian'ny asa maro sy mafy efa mitambesatra mandritra ny andro manontolo...

Eny e! Izay tia tokoa mahafoy! Foin'izy ireo tokoa ny fotoana sy ny torimaso noho ny fitiavana an'i Don Bosco sy ny fahamarinana ary ny Fiangonana...

Nefa moa tsy amintsika olombelona ny fahalavorariana, ka dia misy ihany ny fanamarihana ny asan'io «Vaomiera miafina»io:

1- Maro sesehena tokoa ny teny naloaky ny vavan'i Don Bosco. Misy amin'ireny teny ireny anefa tsy dia tokony ho noraisina ho manan-danja be sy amin'ny antsipiriany loatra, satria anisan'ireo resaka feno sangy sy vazivazy nentin'i Don Bosco namalifaly ny tanora nifaneraserany...

2- Noraisin'ilay «Vaomiera» an-tsoratra tokoa izay rehetra nataon'i Don Bosco, nefa tsy mba napetraka ara-drariny teo anivon'ny zava-nitranga tao Turin sy ny manodidina azy. Koa dia

toy ny hoe: i Don Bosco monja ihany no pretra nanao soa ny tanora tamin'izao lalam-pitoriana izao sy nitaky fanovana ara-piarahamonina.

Nojerena toy ny hazo tokana tany an-taniefitra mangina sy karakaina izy, fa tsy nojerena toy ny hazo iray teo anivon'ny maro hafa, ka nanjary nisy fanitarana kely ny fahalalana azy, na dia marina aza izay voalaza momba azy.

3- Marina daholo tokoa ny ankamaroan-javatra nosoratan'ilay «Vaomiera miafina» mikasika ny toetran'i Don Bosco, *olon'Andrimanitra*, izay nahazo fanomezam-pahasoavana manokana hahatsinjo ny hoavy amin'ny alalan'ny fahitana miseho ao amin'ny nofy. Nefa toa nivaona kely tsy araka ny maha-olombelona manam-petra azy koa ny fahalalana an'i Don Bosco, satria tsy mba nasian-teny firy ireo fisalasalana amam-pahadisoana nianjady tamin'i Don Bosco teo am-panombantombanana ny hoavy, tsy hay fantarina sy ferana amin'ny endriny manontolo. Olombelona toy ny olombelona rehetra ihany i Don Bosco, ka nanana ny fetrany...

Na ahoana na ahoana anefa tsy fahalavorarian'ny asa nataon'ilay «Vaomiera miafina» mikasika ny fiainan'i Don Bosco, dia tsy azo lavina kosa ny hasarobidin'izay vitany.

Soa fa nisy aza ireo Salezianina voalohany sy be herimpo nentanim-pitiavana ireo, nampita amin'ny taranaka mifandimby ny mombamomba ilay *«Sakaizan'ny Tanora»* izay nipoitra avy ao Becchi any Castelnuovo.

Zary *«fahasoavana»* ho an'ny Fiangonana manontolo mandraka ankehitriny izay rehetra vitan'ilay «Vaomiera miafina», na dia eo aza ny fetra tsy mahalavorary ny asan'olombelona! Eny! Sarobidy eo anatrehan'Andriamanitra mandrakariva ny asa niezahana natao am-pahatsorana sy am-pitiavana amam-pivavahana, na dia tsy lavorary aza! Koa dia ny fitiavana amam-pahasoavan'izy Andriamanitra ihany no manitsy sy mameno ny ezaka ataon'ny olombelona am-pahatsorana sy am-pitiavana tsy sarahim-pandinihana sady ombam-pinoana amam-panantenana...

19

Fanorenana fiangonam-be iray... (1862-1868)

Tojo zava-miavaka indray ny tantaram-piainan'i Don Bosco sy ny Fikambanana Salezianina naoriny, nanomboka tamin'ny taona 1862. Tampotampoka teo dia tapakevitra i Don Bosco fa hanorina fiangonam-be iray hanajana manokana an'i Masina Maria. Nefa tsy nisy vola na dia kely akory aza teo am-pelatanany hiatrehana izany asa goavana izany.

I Paolino Albera sy i Jean Cagliero, samy Salezianina tanora tao amin'ny Fikambanana, no namborahany ny fikasany tamin'ny faramparan'ny taona 1862...

Raha zohina anefa ny tantaram-piainan'i Don Bosco, dia tsy tongatonga foana izao fanapahan-kevitra izao, fa nisy loharano nipoirany. Ilay nofy nahitany zava-maro tamin'ny volana ôktôbra 1844, sady tsy hainy nokosehina intsony teo amin'ny fiainany, no nipoiran'izao fikirizana sy fanapahan-kevitra izao...

Nofy nipoiran'ny fikirizana

Araka ny efa voalaza ery aloha, ao amin'ny toko faha-12 momba ny *«Oratorio mitady toerana»*, dia nisy *«Nofy vaovao»* indroa nitranga tamin'i Don Bosco, tamin'ny ôktôbra 1844. Mikasika fahitana fiangonan-dehibe tsara tarehy izany nofy izany. Indro misy sombintsombiny notsongaina tao amin'ny *Rakipahatsiarovan'i Don Bosco*, mikasika an'io nofy io, asongadina eto, mba hahazoana ny fizotran'ny tantara aty aoriana:

«Nasain'ilay Vehivavy Mpiandriondry nijery nianatsimo aho. Rahefa nijery aho, dia nahita saha iray nambolena katsaka, ovy, laisoa, sy anana maro hafa. Jereo indray hoy Ravehivavy tamiko, dia nijery indray aho, ka nahita trano-fiangonana tsara tarehy sy lehibe. Ary nisy lamba fotsy, nanodidina ilay fiangonana, nahitana izao soratra izao: *"Hic domus mea, inde gloria mea"* (Fonenako eto, ary avy eto no hipoitra ny voninahitro)».

Hatreo dia tsaroan'i Don Bosco mandrakariva «ilay saha nambolena katsaka sy ovy ary laisoa sy anana maro hafa». Ary fantany mazava fa tao ambadiky ny tamboho manodidina ny *Oratorio Md François de Sales* ao Valdocco ihany no nisy an'io saha io, izay nomeny anarana hoe: *«ilay sahan' ny nofy»*.

Noho ny fisehoan-javatra taminy, tamin'ny ôktôbra 1844, dia tsy nataon'i Don Bosco an-tsirambina ny fanangonam-bola hividianana an'io saha io. Ary lasany ilay saha tamin'ny 20 jiona 1850. Voatery namidiny indray anefa ilay saha tamin'ny taona 1854 noho ny fianjadian-trosa be taminy nilàna vahaolana: tsara hotsiahivina fa tamin'io taona io no nitranga ilay aretina kôlerà, izay nahavoatery an'i Don Bosco hampiantrano zaza kamboty roapolo indray mandeha, avy hatrany... Lasa fananan'i Don Bosco ihany indray anefa *«ilay sahan' ny nofy»* tamin'ny 11 febroary 1863...Fikirizana naterak'ilay nofy tamin'ny taona 1844 izany!

Nandritra ny taona mialoha an'io taona 1863 io anefa, dia efa nisy zava-niseho tamin'i Don Bosco indray, ka nandraisany fahazavana bebe kokoa mikasika ilay nofiny tamin'ny 1844, izay nahitana *«Fiangonana tsara tarehy mahafinaritra sy lehibe»* haorina eo anivon'ilay saha mifanila amin'ny *Oratorio*.

Taona 1862: taonan'ny fanapahankevitra

Tamin'ny taona 1862 tokoa, dia nahita zavatra hafakely tao anatin'ny nofy i Don Bosco: endri-javatra loharanom-panantenana mikasika ny Fiangonana maro fahavalo, eo anivon'ny taonjato

faha-19. Notantarainy tamin'ireo tanora ny mombamomba an'io nofy toa fahitana io tamin'ny 30 mey 1862. Araka ny nolazainy tamin'ireo tanora ireo, dia ny sambofiaran'ny Fiangonana eo ambany familian'ny Papa no hitany tao anatin'ny nofy. Mizotra am-pilaminana ilay *sambofiaran'ny Fiangonana* ary mandroso manavatsava ny onja zary romotra sy ny tifitra variraraka alefan'ireo sambo maro hafa izay mitsangan-ko fahavalony. Ary nony ela, dia nahita fialofana teo akaikin'ny andry roa lehibe ilay sambofiaran'ny Fiangonana. Natsipin'ny Papa teo anelanelan'ireo andry roa ireo ny vatofantsika. Ny *Eokaristia* no hita teo ambon'ilay andry voalohany. Ary ny sarivongan'i *Masina Maria «Tsivoakasikota»* kosa no teo ambonin'ilay andry faharoa; dia mitondra izao soratra izao io sarivongana io: *Auxilium christianorum* na hoe «*Vonjin'ny Kristianina*».

Teo anilan'izany fahitan'i Don Bosco niseho tao anatin'ny nofy izany, dia nisy koa ny tolokevitra avy amin'i Mônsenera Arnaldi, Arsevekan'i Spoleto, izay namporisika ny kristianina hanangana tranofiangonana hanajana manokana an'i Masina Maria mpaneho fahagagana. Araka ny resa-bahoaka niely, dia nisy fahagagana lehibe niseho tokoa tao Spoleto tamin'ny marsa 1862: tamin'ny alalan'ny sary masina tranainy voatahiry tao amina fiangonana iray efa rava, dia niteny tamin-jazalahy vao dimy taona i Masina Maria sady nanasitrana tanora tantsaha iray; dia nanomboka nirohotra nanao fivahiniana masina tao ny olona.

Tamin'ny septambra 1862 i Mônsenera Arnaldi no nanipy izany teny famporisihana izany. Ary tamin'izay koa no nanombohany niantso an'i Masina Maria tamin'ny anarany hoe: «*Vonjin'ny kristianina*», ho solon'ny anarany hatrizay hoe: «Mpanjakavavin'ny Kintana».

Nisy akony tsy azo lavina teo amin'ny fanapahankevitr'i Don Bosco hanorina fiangonan-dehibe iray ireny zava-nitranga ireny, satria: tetsy ankilany aloha dia efa zary fankaherezana azy hiatrika ny hoavy ny fahitana ireo andry roa lehibe, aron'ny Fiangonana, tao

anatin'ny nofy; tetsy andaniny indray, dia tena nahafaly azy manokana ny famakiana ny tolokevitr'i Mônsenera Arnaldi, izay navoaka tao amin'ny Gazety katôlikan'i Turin nantsoina hoe: l'*Armonia.*

Ary vao mainka nahamatotra ny fanapahankeviny ny fandinihana nahalasa fisainana azy tamin'ny faramparan'ny taona 1862: fandinihana mikasika ny zava-nisy niainan'ny *Oratorio* tamin'izany vanimpotoana izany nampian'ny fandinihana ny hoavin'ny Fikambanana Salezianina. I Paolino Albera, tovolahy vao 17 taona monja ary vao niditra tsy ela akory tao amin'ny Fikambanana, no namborahany ny zavatra nahalasa eritreritra azy, indray sabotsy harivan'ny volana desambra 1862. Nampikônfesy hatramin'ny 11 ora alina izy tamin'io sabotsy io. Ary taorian'izany asa fanompoana mavesatra izany izy vao nidina hisakafo kely; i Paolino Albera no niara-nidina taminy. Toa olona lasa eritreritra be ihany no fahitan'i Paolino azy; ary tampotampoka teo dia nanomboka nitantara izy hoe: «Nampikônfesy olona marobe aho ary tena tsy fantatro tsara intsony izay nataoko na nolazaiko, satria nisy zavatra tena nahalasa ny fisainako. Nampihahakaha-kevitra ahy izy io sady nahaliana ahy. Izao no noheveriko: kely loatra ny fiangonantsika, ka tsy ampy hidiran'ny tanora rehetra. Koa dia hamboatra anankiray hafa isika, ho lehibe kokoa ary ho tena mahafinaritra. Homentsika azy io ny anarana hoe: fiangonan'i Maria-Vonjin'ny Kristianina. Tsy manam-bola akory aho, ary tsy fantatro izay hahitako vola, fa tsy dia olana izany. Raha sitrak'Andriamanitra izy io, dia hamboarintsika».

Andro vitsivitsy taorian'iny takariva miavaka iny, dia nolazainy tamin'i Jean Cagliero koa izany fikasany izany. Hoy ny fitantaran'i Cagliero: «Nilaza tamiko i Don Bosco, tamin'ny 1862, fa mikasa hanorina fiangonana lehibe sady mendrika an'ilay Virjiny Masina izy».

- Hatramin'izao - hoy izy - dia nataontsika tamin'ny fomba manetriketrika ny fankalazana an'i Masina Maria Tsivoakasikota (Immaculée). Tian'ilay Renin'Andriamanitra kosa anefa ny

hanomezantsika voninahitra azy amin'ny anarana hoe Maria Vonjy: feno fahoriana loatra izao vanimpotoana diavintsika izao, ka tena ilaintsika tokoa ny mba hanampian'i Masina Maria Virjiny antsika hitana sy hiaro ny finoana kristianina! Ary fantatrao moa: inona koa no antony hanorenantsika fiangonan-dehibe?

- Inoako - hoy aho namaly - fa io no ho renifiangonan'ny Fikambanantsika rahatrizay sady ho foibe hipoiran'ny sangan'asantsika hafa rehetra ho fanasoavana ny tanora.

- Voavinaninao - hoy izy tamiko -. I Masina Maria Vonjy no mpanorina sy ho andry mpanohana ny asantsika.

Arak'izany rehetra izany àry, dia taona nandraisan'i Don Bosco fanapahankevitra hanorina *«Fiangonana lehibe sady tsara tarehy»* ny taona 1862. Ary ho Fiangonampiandrianana na Bazilikan'i Masina Maria Vonjy izany fiangonana haorina izany (ny teny hoe «Bazilika» dia avy amin'ny teny grika, izay azo adika hoe: ny mikasika ny mpanjaka, ny mikasika ny andriana sy ny fiandrianana, izay mendrika sy tandrify ny mpanjaka na andriana). Koa dia hohajaina sy homemboninahitra manokana ao amin'izany fiangonan-dehibe izany i *«Masina Maria Vonjin' ny kristianina»*, satria Fiangonampiandrianany io.

Antony telo, raha fintinina, no nahatonga an'i Don Bosco handray fanpahankevitra hanorina an'ity fiangonan-dehibe hanomezam-boninahitra manokana an'i Masina Maria ity:

1- Efa tery loatra tsy ampy hampidirana ny tanora karakaraina intsony ny fiangonana Md François de Sales efa mijoro ao amin'ny akany.

2- Mila renifiangonana eo ambany fiarovan'i Masina Maria, ho zary foibeny, ny Fikambanana Salezianina.

3- Sady ilain'ny fiangonana manontolo ho fialofany koa, araka ny nofy izay notantarain'i Don Bosco tamin'ny tanorany tamin'ny 30 mey 1862, ny fanorenana «Toeram-panomezam-boninahitra manokana» (Sanctuaire) an'i Masina Maria Vonjin'ny kristianina...

Fanorenam-piangonana mifototra amin'ny finoana sy ny asa fandavantena

Ary satria matotra ny fanapahankevitr'i Don Bosco, ka dia niroso miandalana tamin'ny fanorenana ilay fiangonan-dehibe amin'izay izy. Nataony aloha izay hampiverina «ilay sahan'ny nofy» ho fananany indray. Tanteraka izany tamin'ny 11 febroary 1863, araka ny efa voalaza tetsy aloha. Avy eo dia nankininy tamin'Ingahy Antoine Spezia ny fanaovana ny sarintrano. Ary nony vita izany sarintrano izany dia nentin'i Don Bosco teny amin'ny biraon'ny Manampahefana ara-panjakana hangatahana fakantoavana.

Tsy nisy fanakianana nataon'ny Manampahefana, na iray aza, mikasika ny kisary naseho; nanome toky aza ireo tompon'andraikitra (am-bava fotsiny ihany) fa handefa fanampiana amin'ny fanorenana an'ity fiangonana vaovao ity ny Fiadidiana ny tanàna, toy ny fanaony amin'ny fanorenana tranofiangonana rehetra ho an'ny kristianina. Saingy niahiahy sy nihafahafa ihany ireo tompon'andraikitra ara-panjakana rahefa nahare hoe: fiangonan'i Masina Maria Vonjy no ho anaran'ilay tranofiangonana haorina. Satria tena nampiahiahy ny mpitondra fanjakana isan'ambaratonga ny firohotan'ny olona hanao fivahiniana masina tany amin'ilay fiangonana rava tany Spoleto sy ny lahatsoratra, tao amin'ny gazety *L'Armonia*, mikasika ny fahagagana nataon'i Masina Maria tamin'ny taona 1862, nomban'ny fampirisihana ny olona nataon-dry Mônsenera Arnaldi hiantso an'i Masina Maria hoe: Vonjin'ny kristianina. Toa namofompofona fanoheram-panjakana ihany izany anarana izany ho an'ireo mpitondra; koa dia nivaky tamin'i Don Bosco ireo mpiandraikitra nihaonany ary nilaza tsotra hoe:

- Dia tsy azo ovana ve izany anarana hafahafa izany? Antsoy hoe fiangonan'ny Rôzery io fiangonana io, na fiangonan'ny Fandriampahalemana, na fiangonan'ny Karmely... Maro anaram-boninahitra anie i Masina Maria e.

Nihomehy fotsiny i Don Bosco nandre izany, ary hoy izy:

- Ankatoavy aloha ny vinavina. Fa ny amin'ny anarana, dia hifanarahantsika ihany any aoriana.

Dia nekena ara-panjakana ny fangatahan'i Don Bosco hanorina fiangonana. Tsy nisy fifampiraharahana intsony kosa anefa, taty aoriana, ny momba ny anarana hoe: *Fiangonan'i Masina Maria Vonjy*...

Azon'i Don Bosco ny fanomezan-dalana hanorina ilay Fiangonana! Dia nankininy tamin'Ingahy Charles Buzzetti (rahalahin'i Joseph Buzzetti) ny asa fanamboarana. Ary nantsoiny i Don Savio, mpitam-bolan'ny *Oratorio* indray maraina , sady nomeny baiko hampanomboka ny asa fandaminana *«ilay sahan' ny nofy»* hanorenana ny tranofiangonana.

Velom-panontaniana ihany i Don Savio teo anatrehan'ny baiko nomen'i Don Bosco tamin'izay maraina izay. Satria tsy tranofiangonana kely no haorina fa fiangonana lehibe mitaky vola be, nefa na ny vola kely tokony handefasana taratasy tamin'io maraina io aza tsy nisy akory tao an-trano, araka ny fitantaran'i Don Savio tamin'i Don Bosco.

- Atombohy ny asa fandaminana sy fanorenana sy toeram-panorenana - hoy ny valintenin'i Don Bosco -. Oviana moa isika no nanomboka asa, ka nanana ny vola rehetra nilaina? Tsy maintsy amelana zavatra kely hataony Andriamanitra-Mpitsimbina.

Dia tsy nasiana hataka andro intsony fa natomboka ny asa. Efa be tokoa ny vita talohan'ny nirotsahan'ny ririnina tamin'ny desambra 1863... Ary tamin'ny firotsahan'ny lohataona, tamin'ny marsa 1864 indray vao notohizina ny asa fanarenan-tany sy fandavaham-pototra.

Faran'ny avrily 1864: nasain'Ingahy Charles Buzzetti hametraka ny vatofehizoro i Don Bosco, izay notronin'ireo pretrany sy ny mpianany maro. Taorian'izany lanonana izany, dia nitodika tamin'i Charles Buzzetti, tompon'antoka amin'ny fanamboarana ny trano, i Don Bosco, ary nilaza taminy hoe:

- Te hanome anao vola mialoha avy hatrany aho, ho an'ny asa vaventy hirotsahanao.

Dia navoakany ny fitoeram-bolany, nosokafany ary narotsany teo am-pelatanan'i Charles Buzzetti: vola kely tsy ampy antsasaky ny lira iray akory no tao anatin'ilay fitoeram-bolan'i Don Bosco.

Rahefa nahita an'Ingahy Charles sadaikatra sy kiviratsy i Don Bosco, dia nanohy niteny avy hatrany hoe:

- Aza manahy e! Fa hieritreritra izay hahatongavan'ny vola ilaina i Masina Maria...

Eny! Tsy nanam-bola tokoa i Don Bosco raha nanapakevitra hanorina ity *Fiangonampiandrianan'i Masina Maria Vonjy* ity. Nefa tsy nihemotra tamin'ny fanapahankeviny izy, satria matotra tamin'ny *finoana ny Fitsimbinan' Andriamanitra sy ny Fanampian' i Masina Maria* ny asa fanorenana nirotsahany.

Ny fifikirany tamin'izany finoana lalina izany anefa dia tsy nampiraviravy tanana an'i Don Bosco. Satria hoy ny tsangankeviny: «Efa nanomana ny vola ilaintsika Andriamanitra-Mpitsimbina. Fa anjarantsika kosa ny mandeha maka izay nomaniny». Izany hoe: takin'ny asa irotsahana am-pinoana lalina ihany koa ny finiavana sy fandavantena marina... Dia izany ezaka nifototra tamin'ny finoana nombam-pandavantena izany no nentin'i Don Bosco nanorina ny *Fiangonampiandrianan'i Masina MariaVonjy* na dia teo koa aza ny sahoan-dresaka niampanga azy ho mirotsaka amin'ny asa be tsy mifanentana amin'ny hery mahapretra tsotra «tsy ampy vola» azy.

Fandavantena no nentin'i Don Bosco nampita antso antaratasy tamin'ny antokon'olona samihafa, eran'i Turin sy i Piemonte, mba handray anjara amin'ny fanamboarana ilay fiangonambe! Fandavantena no nangatahany fiaraha-miasa sy fanampiana tamin'ireo «mpanefohefo» tao Turin, tany Florence sy hatrany Rôma. Fandavantena no nentiny nanao varotra-fampisehoana samihafa hampidiram-bola, sns... Tsy maharefy ny tena lanjan'ny fandavantena niveloman'i Don Bosco fahizany isika ankehitriny.

Fa araka ny voalazan'i Don Paul Albera, izay niara-niaina taminy, dia «izay vavolombelona nahita maso ihany no afaka mandrefy marina ny asa sy fandavantena nirotsahany nandritra ireny taona ireny mba hamitana ny fiangonan'i Masina Maria Vonjy».

Ary nanilo an'i Don Bosco sy nankahery azy, teo anivon'ireny asa fandavantena maro nirotsahany ireny - ka namoizany hatramin'ny ora maro tokony hatoriany - ny finoana ny fitsimbinan'Andriamanitra sy ny fanampian'i Masina Maria Vonjy, na dia teo aza ny sedran'ny tsifahampiana nanjohy ireo taona maro niatrehany ny fanorenana an'ilay fiangonam-be. Azo lazaina aza fa nandravaka vokatsoa ny fandavantena nirotsahany ny finoana nifikiran'i Don Bosco. Ary hita taratra teo amin'ny tantara tokoa fa tsy nandao azy ny fitsimbinan'Andriamanitra, izay nanome lalana ihany koa an'i Masina Maria hanampy an'i Don Bosco, tamin'ny alalan'ny fahaga-gana samihafa.

Nanakoako tao Turin sy tamin'ny faritra maro eran'i Italia tokoa, tamin'izany vanimpotoana izany, fa manome fahasoavana an'izay rehetra manampy an'i Don Bosco amin'ny fanorenana an'ilay fiangonam-be i Masina Maria. Ka anisan'ny nalaza indrindra tamin'izany ny fanomezam-pahasoavana nitranga tamin'Ingahy Joseph Cotta, mpanambola sady olon'ny Antenimiera (Sénateur).

Efa telo amby valopolo taona Ingahy Cotta tamin'ny fotoana nisehoan'ilay fahagagana. Narary àry izy tamin'izay, sady tsy afaniala teo am-pandriana intsony. Tsy nanam-panantenana ny aminy intsony koa ireo mpitsabo azy. Dia tonga namangy azy i Don Bosco. Zara izy raha nahabitsibitsika tamin'i Don Bosco hoe:

- Minitra vitsivitsy sisa, dia tsy maintsy handeha ho any amin'ny mandrakizay aho!

- Tsia, tompokolahy - hoy ny navalin'i Don Bosco ankafaliana - mbola mila anao eto anivon'izao tontolo izao i Masina Maria. Tsy maintsy manampy ahy hamboatra ilay fiangonana ianao.

- Tsy misy fanantenana intsony - hoy ny senton'ilay antidahy.

Dia namaly tamim-pinoana i Don Bosco:

- Inona moa no hataonao raha mahazo fahasoavana avy amin'Andriamanitra ho an'ny fahasitrananao i Masina Maria Vonjy?

Nitsiky Ingahy Cotta nahaheno izany; nanangona izay fara heriny izy ary nanatsotra ny rantsantanany roa nankany amin'i Don Bosco:

- Roa arivo lira (vola be io tamin'izany). Raha sitrana aho, dia mandoa roa arivo lira mandritra ny enim-bolana ho an'ny fiangonan'i Valdocco.

Telo andro taorian'izay, dia tonga niseho tamin'i Don Bosco Ingahy Joseph Cotta, fa sitrana soa aman-tsara:

- Inty aho - hoy izy -. Nanasitrana ahy i Masina Maria, ka tonga aho handoa ny ampahany voalohany amin'ny trosako.

Ho lava ny fitantarana raha hasongadina eto daholo ireo fahagagana rehetra niseho tamin'izany vanimpotoana izany; satria maro be tokoa ireo raha jerena ny voarakitra ao amin'ny amboara sasany amin'ireo boky lehibe sivy ambin'ny folo (*19 volumes*) mitondra ny lohanteny hoe: *«Memorie Biografiche»* na «Fahatsiarovana ny tantaram-piainan'i Don Bosco». Koa dia aoka ny teny nosoratan'i Don Bosco ho an'Ingahy Oreglia no amintinana ny resaka mikasika ilay fanorenam-piangonana, izay tena nandanian'i Don Bosco ny mondron-keriny tao anaty fandavantena nombam-pinoana velona, nandritra ny dimy taona (1863-1868). Hoy tokoa i Don Bosco: «Isan'andro dia manao zava-mampitolagaga ho an'ilay fiangonana i Masina Maria Vonjy. Hameno boky maro izany (raha hotantaraina)...».

Tamin'ny 11 febroary 1868 i Don Bosco no nanoratra izany tamin'Ingahy Oreglia. Efa akaiky ny fitokanana an'ilay Fiangonampiandrianan'i Masina Maria Vonjy tamin'izay! Hita soritra ara-tantara fa nahalasa lavitra an'i Don Bosco teo amin'ny fanatontosana ny fanorenana an'ity fiangonan-dehibe ity ny fandavantena nirotsahany am-pinoana tsy nosarahim-pitiavana amam-panantenana...

Fanorenam-piangonana niara-dalana tamin'ny sedra sy zava-nitranga samihafa

Alohan'ny hiresahana ny fitokanana ilay Fiangonam-piandrianan'i Masina Maria Vonjy anefa, dia hanao tampodiloha kely ny fitantarana ka hanoritsoritra ny sasantsasany amin'ireo fisedrana sy zava-nitranga niara-dalana tamin'ny fanorenana an'ity fiangonan-dehibe ity.

Fanokafana «Seminera zandriny» tao Mirabello

Anisan'ny zava-nitranga teo anivon'izany fanorenam-piangonana izany, ohatra, ny fiangaviana niantefa tamin'i Don Bosco, tamin'ny taona 1863, mba hiandraikitra kôlejy anankiray tao amin'ny paroasin'i *Mirabello* ao amin'ny diôsezin'i *Casale Monferrato*.

Ny pretra mpiandraikitra an'io paroasy io no nandefa antso taminy mba hiantsoroka ilay kôlejy ao amin'ny fari-piangonana iadidiany. Nanaiky ny fiangaviana azy i Don Bosco, rahefa avy nahazo toky fa ho «masi-mandidy tsy hohelingelenina» ao amin'ilay kôlejy. Ary napetrany ny soridalana mazava tiany hizoran'ilay sekoly: tsy ho kôlejy tsotra ity sekoly ity fa ho kôlejy fanabeazana ireo tanora manam-paniriana ho pretra, ka dia hantsoina hoe «seminera zandriny» (petit séminaire).

Nanome ny fankatoavany feno i Mônsenera Calabiana, evekan'i Casale, rahefa nilazana, satria ilain'ny diôseziny izany noho ny havitsian'ny tanora miroso amin'ny fiantsoana ho pretra.

Taorian'izany fifampidinihana samihafa izany, dia niantso an'i Don Rua i Don Bosco tamin'ny fiandohan'ny taom-pianarana 1863-1864 (septambra 1863). Dia nolazainy tamin'i Don Rua ny antonanton-javatra:

- Voatery hangataka fandavantena aminao aho - hoy izy -. Iangaviana hanokatra seminera zandriny any Mirabello isika. Ianao no eritreretiko halefa hitantana izany. Io no trano voalohany

sokafan'ny Salezianina ivelan'i Turin. Maso anarivony maro no hifantoka amintsika hijery izay ho fomba fiadintsika. Manampitokisana anao tanteraka aho. Ary omeko anao ny olona rehetra ilaina, mba ho tsara fanombohana io trano io.

Enina amby roapolo taona i Don Rua tamin'izay. Niarananombantombana ny anaran'ireo olona hiara-miasa aminy izy sy i Don Bosco, ka voafidy tamin'izany ireto seminarista zokiny sady Salezianina ireto: *Provere, Bonetti, Cerruti, Albera, Dalmazzo* ary *Cuffia*. Ary niarahan'izy mirahalahy mianaka nandinika izay tetika hahitam-bokatsoa avy hatrany. Ka izao no soridalana noraisin'izy ireo: mety raha halefa any amin'ny kôlejin'i Mirabello ny sasantsasany amin'ireo tanora tsara toetra indrindra ao amin'ny *Oratorio Md François de Sales*, ao Valdocco; dia izy ireo no ho toy ny «lalivay tsara» eo anivon'ireo mpianatra sivifolo lahy voaray ao amin'ny taona voalohany...

Dia niainga nankany *Mirabello* ry Don Rua taorian'ny andro fankalazana an'i Masina Marian'ny Rôzery, tamin'ny fiandohan'ny volana ôktôbra 1863. Nisy torohevitra sarobidy nahafeno takila efatra, mikasika ny fanabeazana, nampitondrain'i Don Bosco an'i Don Rua tamin'izay, mba hanatsarany ny asany any Mirabello. Ary nataon'i Don Bosco koa izay handaminana ny fiaimpiainana tao Valdocco mba hahafahan'ny renin'i Don Rua mandao ny asa tao amin'ny *Oratorio Md François de Sales*, ka hanarahany an-janany any Mirabello. Noheverin'i Don Bosco manko fa hamelombelona an'i Don Rua eo amin'ny fiatrehana ny adidiny sy hitondra fankaherezana ho azy amin'ny androm-paharerahana izany, ankoatry ny fikojakojana ny fitafian'ireo tanora beazina ao Mirabello...

Nisy olana kely, teo am-piandohana, ny momba ny maripahaizan'ireo mpampianatra tao amin'ilay kôlejy vaovao. Nefa vetivety ihany dia nilamina izany, satria nioty vokatsoa mampitolagaga ireo Salezianina tao Mirabello, indrindra teo amin'ny fampiroboroboana ny fiantsoana ho pretra. Nisy lahatsoratra feno fiderana nivoaka an-gazety mihitsy aza nanambara

fa «sahala amin'ny an'i Don Bosco ao Turin ny fomba fiainan'i Don Rua ao Mirabello».

Fanamboarana sarihosodoko maneho an'i Masina Maria Vonjy

Tamin'ny voalohandohan'ny taona 1865 koa, ankoatry ny fiatrehana ny fanorenam-piangonana, dia nisy zavatra anankiray hafa nifantohan'ny sain'i Don Bosco manokana: ny fanamboarana sarihosodoko lehibe maneho an'i Masina Maria Vonjy, izay homena ny anjaratoerany ao amin'ilay fiangonana vaovao. Nankinin'i Don Bosco tamin'ny mpahaitao *Lorenzone* ny fanatontosana an'ity sarihosodoko ity ary notanisainy taminy izay mba irîny ho hita eo amin'izany sary lehibe izany: «Eny ambony - hoy izy - ny sarin'i Masina Maria otronin'ny anjely sy hodidinin'ny Apôstôly mbamin'ireo mpaminany sy ireo virjiny maro ary ny kônfesôry. Ary ety amin'ny ilany ambany kosa ny sarin'ireo vahoaka avy amin'ny lafivalon'izao tontolo izao manatsotra tanana sy mangataka ny fanampian'i Masina Maria».

Nohenoin'Ingahy Lorenzone tsara izay nolazain'i Don Bosco. Ary nony vita ny teniny, dia namaly azy amin'izay ilay mpahaitao, nilaza taminy fa sarotra ny ahitana toerana hanatontosana sary goavam-be toy izany... Dia niaiky i Don Bosco fa marina ny tenin'Ingahy Lorenzone. Koa dia notapahina ny hevitra fa ny Apôstôly sy ireo mpanoratra ny Vaovao Mahafaly (evanjelista) ihany no haseho manodidina an'i Masina Maria, ary ny *Oratorio* ao Valdocco no haseho ery amin'ny ilany ambany amin'ny sarihosodoko.

Nanofa efitrano lehibe iray tao amin'ny «Palais Madame» Ingahy Lorenzone ary nirotsaka nilofo feizay tamin'ny asa nankinin'i Don Bosco taminy. Naharitra telo taona ny fanatontosana ny asa manontolo (1865-1868).

Rahefa vita tomombana ilay sarihosodoko lehibe, dia nentina hapetaka tao amin'ny Fiangonampiandrianan'i Masina Maria

Vonjy. Koa nony voahantona teo amin'ny toerana nomanina ho azy ilay sary lehibe, dia rafitra nandohalika Ingahy Lorenzone sady nitomany toy ny zazakely. Kanto manko ilay hosodoko ary nandrenesany hafinaretam-panahy lalina dia lalina! Fony mbola teo am-panatontosana azy izy, dia efa nilaza zavatra lalina tamina pretra iray, avy ao amin'ny *Oratorio*, izay tonga nijery azy teo am-pamitana ny endrik'i Masina Maria. Hoy tokoa izy tamin'io pretra io.

- Jereo ange fa tsara tarehy ery i Masina Maria e! Tsy asantanako ity! Tsia! Tsy izaho no mandoko eto. Misy tanana iray hafa mitarika ny tanako. Lazao an'i Don Bosco fa ho kanto tokoa ity sarihosodoko ity...

Fahasoavana amam-pisedrana maro hafa

Fa ankoatry ny fanokafana «kôlejy» nitera-bokatsoa tao Mirabello sy ity fanamboarana sarihosodoko lehibe maneho an'i Masina Maria Vonjy ity, dia nisy zava-nitranga maro hafa koa niara-dalana tamin'ilay fanorenana fiangonan-dehibe tao Valdocco: fahasoavana amam-pisedrana samihafa no hita nisongadina teo amin'ny fiainan'i Don Bosco sy ny Fikambanana Salezianina notarihiny.

Anisan'ny fanomezam-pahasoavana azon'ny Fikambanana Salezianina manontolo tamin'izany fotoana izany, ohatra, ny fanamasinana ho pretra ny valo mirahalahy tamin'ireo mpikambana niomana ho pretra. Nanjary telo, noho izany, ny isan'ny pretra niasa tao Mirabello; satria tonga pretra hanatevin-daharana an'i Don Rua ny roa tamin'ireo seminarista enindahy nalefan'i Don Bosco hiasa teny: i Don Bonetti sy i Don Provera. Tao Valdocco kosa, dia niampy enina ny isan'ny pretra nanatevin-daharana an'i Don Bosco sy i Don Alasonatti; lasa pretra koa ny seminarista enindahy: i Don Cagliero, i Don Durando, i Don Francesia, i Don Ghivarello, i Don Ruffino ary i Don Savio.

Azo lazaina ho niroborobo tokoa ny Fikambanana Salezianina noho izany fahasoavan-dehibe izany. 80 no isan'ny Salezianina

rehetra tamin'ny voalohandohan'ny taona 1865 ary nahatratra 11 ny isan'ny pretra tamin'ireo Salezianina ireo, noho ny fanamasinana azy valo lahy.

Fotoam-pahasoavana ho an'ny Fikambanana tokoa izany fotoan'andro izany, tamin'ny lafiny iray, raha ny fitombon'ny isan'ny Salezianina sy ny fitombon'ny isan'ny pretra mpikambana no jerena. Nefa vanimpotoana nombam-pisedrana sy navesatra ihany koa, tamin'ny lafiny iray hafa. Satria, ankoatry ny vola «tsy toko tsy forohana» lany tamin'ny fanorenana ny «Fiangonam-piandrianan'i Masina Maria Vonjy», sady nitombo tsy ankijanona koa ny isan'ireo tanora nokarakaraina tao amin'ny *Oratorio:* efa nihoatra ny dimanjato ny isan'ny tanora kilasimandry tamin'ny taona 1865. Ary vao mainka nanampy trotraka ny nahafatesan'ny dimy lahy tamin'ireo Salezianina voalohany tao anatin'ny volana vitsivitsy monja, nandritra an'io taona 1865 io ihany...

Anisan'ireo Salezianina voalohany nodimandry tamin'iny taona 1865 iny i Don Alasonatti. Tamin'ny marainan'ny 8 ôktôbra 1865 tokoa, dia tonga tao Valdocco avy any Lanzo ny seminarista Cibrario hilaza tamin'i Don Bosco fa maty tamin'ny alin'ny 7 ôktôbra hifoha 8 ôktôbra i Don Alasonatti, izay nandeha niala sasatra kely tany Lanzo. Nisy taratasy iray navelan'Itompokolahy Alasonatti nomen'i Cibrario an'i Don Bosco...

Nandritra ny iraika ambin'ny folo taona i Don Alasonatti (1854-1865) no niasa mangina tao Valdocco nandamina ny an-tontan-taratasy sy ny raharaham-bola nampandeha ny fiainana tao amin'ny *Oratorio*. Mafy ny asany tao, ary voatery niari-tory mihitsy aza izy nandritra ireo alina faramparany nodiaviny tao Valdocco, talohan'ny handehanany teny Lanzo, mba tsy hiavosa be foana ao ny raharaha. Tamin'ny septambra 1865 vao tena nandre hoe tsy salama izy, noho ny fisiam-pery tao an-tendany izay nampijaly azy mafy tokoa...

Be tokoa ny zava-bitan'i Don Alasonatti tao Valdocco, na dia niasa mangina sy am-panetrentena aza izy. Ka tena nitondra

fangirifiriana mafy ho an'i Don Bosco sy fatiantoka mavesatra ho an'ny *Oratorio* manontolo ny nahafatesany.

Nandinika izay hasolo an'i Don Alasonatti i Don Bosco, ka niantefa tamin'i Don Rua ny safidiny. Efa teo am-panomanana ny lamim-panabeazana ho an'ny taom-pianarana vao manomboka i Don Rua, no iny tonga tao Mirabello avy eny Turin i Don Provera nitondra ny hafatra:

- Mila anao eny amin'ny *Oratorio* i Don Bosco. I Don Bonetti indray no handray ny fitantanana ny Kôlejy. Koa mandehana haingana, arak'izay azo atao.

Ary rahefa namisavisa ny fotoana nampitàny ny hafatra tamin'i Don Rua i Don Provera, taty aoriana, dia nilaza fa: «Teo am-panoratana tao amin'ny biraony i Don Rua tamin'izay. Tsy nisalasala izy, na dia kely akory aza: tsy nametra-panontaniana akory izy na nangata-panazavana, fa nitsangana dia nandray ny "brevierany" (boky fivavahan'ny Pretra) ary niteny hoe: Ndao àry isika!...

Navelany tao Mirabello ny reniny mandra-pahita olona hafa handray ny asany. Dia niseho tamin'i Don Bosco izy raha vao tonga tao Valdocco. Tsotra ny tenin'i Don Bosco taminy:

- Zary Don Bosco ianao tany Mirabello; fa ankehitriny kosa dia eto Valdocco no hanaovanao izany.

Nankinin'i Don Bosco tamin'i Don Rua avokoa ny zava-drehetra: ireo sampam-pianarana asa, ny fanaraha-maso ny asan'ny mpamboatra ilay fiangonam-be, ny famoahana ny «Vakiteny katôlika» izay maro mpividy (12.000 ny isan'ny mpanao famandrihana), eny fa hatramin'ny famakiana sy famaliana ny ankamaroan'ny taratasy tonga amin'ny anaran'i Don Bosco.

Tsy hoe hakamoana, sanatria, no nahatonga an'i Don Bosco hanankina ny zava-drehetra am-pitokisana tamin'i Don Rua, fa be tokoa ny olona tonga mitady azy isan'andro, ka tsy misy firy intsony ny fotoana isahanany raharaha hafa. Ny maraina manontolo isan'andro dia saika lany amin'ny fandraisana olona.

Araka ny fitantaran'i Don Lemoyne, dia nanomboka tany amin'ny toana 1846 tany ny fahatongavan'ny olona hitady an'i Don Bosco tao Valdocco. Dia nihamaro miandalana araka ny nandrosoan'ny taona ny isan'ny olona tonga nitady azy. Ary vao mainka nihamaro izany nanomboka tamin'ny 1860, indrindra nony maty i Don Cafasso izay nandraisany lova ara-panahy lalaina sy sarobidy. Laniny amin'ny fandraisana olona ny adiny efatra isan'andro, nanomboka hatreto (amin'ny 9 ora maraina ka hatramin'ny 1 ora antoandro).

Dia nitohy foana ny fandraisana olona toy izany hatramin'ny fotoana farany izay tsy nahafahany nihetsika firy intsony noho ny aretina nandreraka azy.

Ary araka ny filazan'i Don Cagliero, dia maro karazana ny olona tonga nitady an'i Don Bosco sady samy nanana ny antompahatongavany. Ao ny tonga hangata-bavaka aminy, ao ny hangatatsodrano na hila torohevitra mikasika ny asa soa tokony hatao, ao ny tonga hitondra fanomezana hoentiny manasoa ireo tanora karakarainy; fa ao dia ao koa ireo tonga fotsiny mba hijery azy na hitafa miaraka aminy. Nisy tamin'ireo mpamangy, hoy i Don Cagliero, ny olona avy amin'ny sarambaben'ny kintana, fa nisy dia nisy koa ny manampahefana sy ministra, nisy ny mpitantana seminera sy eveka maro. Nisy ny mpanankarena ary nisy ny mahantra...

Noraisin'i Don Bosco am-pitiavana ombam-panajana avokoa ny olona rehetra tonga nitady azy, ka na dia izay mpanankarendahy tsy mpino iray izay aza (izay tonga fotsiny mba hahita an'izany Don Bosco izany) dia vaky vava nitantara tamin'i Don Dalmazzo hoe: «Izany ka olona! Tena nahalala zavatra izay tsy fantatra any amin'ny pretra hafa aho». Dia izao koa no nolazain'ilay mpanankarena tamin'i Don Dalmazzo: «Teo am-panaterana ahy hivoaka ny trano dia hoy izy (i Don Bosco) hoe: Aoka hataontsika - ianao miaraka amin'ny volanao ary izaho miaraka amin'ny fahantrako - aoka hataontsika izay hahafahantsika mihaona any am-paradisa indray andro any».

Nivelona ny fitiavana vokatry ny finoana an'i Kristy-Fitiavana i Don Bosco, ka afa-nifandray tamin'ny olona rehetra, tsy nandairam-panavakavahana. Tsapany sy azony antoka fa ny fitiavana tsy afa-misaraka amin'ny fahamarinana no maha-olona afaka...

Dia teo anivon'izany rehetra izany sy ny zava-nitranga hafa koa, izay tsy ho voatanisa eto daholo, no niseho endrika miandalana ilay fiangonam-be naorin'i Don Bosco mba ho toeram-panajana manokana an'i Masina Maria Vonjy. Ary dia nanatona miandalana ihany koa ny fotoam-pitokanana sy fanamasinana ilay fiangonana.

Fitokanana sy fanamasinana an'ilay fiangonam-be

Tsy azo lavina kosa anefa fa nianjadiam-pahasahiranana ara-bola ihany i Don Bosco teo amin'ny fanamboarana an'ity fiangonana ity, teo anelanelan'ny taona 1863 sy 1868. Marina fa nisy vahaolana tsy nampoizina hatrany ny fahasahiranana niseho, noho ny fitsimbinan'Andriamanitra-Fitiavana izay nanao fahagagana, hampitraka an'i Don Bosco, tamin'ny alalan'i Masina Maria. Nefa na izany na tsy izany, dia nisy fotoana nandrenesan'i Don Bosco fangirifiriana sy adin-tsaina amam-pisalasalana ihany teo am-piatrehana ny tsy fisiam-bola hanohizana ny asa fanamboarana. Tamin'ny taona 1866 aza , dia tapakevitra mihitsy i Don Bosco hanova ny endriky ny trano ho tsotsotra, tsy araka ny sary natao, noho ny fahalanian'ny vola. Tsy hitany intsony izay horangotina, ka dia nanome baiko izy mba hosoloina tilikambo tsotsotra ilay tilikambovoriloha miezinezina (coupole) izay antoky ny hakanton' ilay fiangonam-be sady nasainy nofaranana tamin'izay koa ny asa fanamboarana tilikambo. Gaga sy nandre nangirifiry, teo anatrehan' izany fanapahankevitra izany, Ingahy Buzzetti mpiandraikitra ny taotrano sy i Don Savio, mpitantam-bola. Satria ho very marimarina amin'izao fanovana izao ny hatsarantarehin'ilay tranofiangonana manontolo... Koa dia nanapakevitra izy mirahalahy ireto fa ajanona kely mandritra ny volana iray aloha ny asa fanaovana tilikambo, fa

dia ny asa hafa no hotohizina, sao mba miova hevitra ihany i Don Bosco ao anatin'izay fe-potoana izay.

Dia niseho tokoa ny tsy nampoizina. Tonga nanatona an'i Don Bosco Ingahy Cotta, ilay anti-dahy nanao voady hanampy azy amin'ny fanamboarana ity tranofiangonam-be ity raha mahazo fahasitranana. Ary hoy ny resak'izy mianaka:

- Marina ve - hoy Ingahibe Cotta - fa hofoananao tokoa ilay tilikambovoriloha miezinezina?

- Tsy misy te hanafoana ninoninona anie eo e - hoy i Don Bosco namaly azy -. Ny fitaovana no tsy ampy ary tsy maintsy akombona amin'izay ny tafo alohan'ny hirotsahan'ny ririnina.

- Ataovy izay hahatontosa ny fiangonana araka ny sary. Fa tsy maintsy misy ny fitaovana ilaina.

Nankahery an'i Don Bosco Ingahy Cotta, satria vonona ny handray anjara, hatramin'ny farany, amin'ny fananganana ilay fiangonam-be izy. Tsapany teo amin'ny fiainany manko fa mamaly soa, dieny eto an-tany, izay tia Azy, Andriamanitra. Izao tokoa no nolazainy tamin'i Don Bosco, tamin'io fihaonana io ihany:

- Manome porofo aho fa oneran'ny Tompo injato heny dieny ankehitriny izay omeko noho ny fitiavana azy.

Ary noho ny fanampian'ny olona tsara sitra-po toa an-dry Ingahy Cotta, dia vita araka ny tomban-tsary natao ihany ilay tilikambovoriloha miezinezina. Tamin'ny alahady 25 septambra 1866 i Don Bosco sy ny tanorany anankiray no niakatra teny hiaramametraka ny faravato manakombona ilay tilikambovoriloha.

Tamin'ny taona 1867 kosa, dia nampakarina hajoro eo antampon'ity tilikambovoriloha ity ny sarivongan'i Masina Maria anankiray tena goavana. «Efatra metatra ny haavon'izy io - hoy ny rakitsoratr'i Don Bosco - ary misy kintana roa ambin'ny folo manodidina ny lohany. Vita amin'ny varahina mivolom-bolamena izy io, mazava ary mamiratra rahefa tarafin'ny tanamasoandro. Toa miteny izy ary toy ny milaza hoe: "Eto aho mba handray ny tonombavaky ny zanako ary hameno fahasoavana sy tsodrano ireo izay tia ahy"»...

Dia vita soa aman-tsara ihany ilay Fiangonampiandrianan'i Masina Maria Vonjy nony ela. Marina fa niaritra ny mafy sy niaina tao anatin'ny fandavantena tokoa i Don Bosco vao tody tamin'ny farany ity asa fanorenam-piangonam-be ity. Nefa tsy nekeny kosa ny hiravaka ny fideran'ny olona tamin'ny fahavitan'ilay sanganasa... Satria hitany, teo anivon'ny tantara nodiaviny, tamin'ny alalan'ny finoana velona nifikirany, fa ny fahasoavana amampitiavan'Andriamanitra-Mpitsimbina izay nanao fahagagana maro tamin'ny alalan'i Masina Maria no nahavitana an'io Fiangonam-be miezinezina io... Ny fahagagana maro nataony tamin'ny alalan'i Masina Maria tokoa no nentin'Andriamanitra-Mpitsimbina nanentana ny olona maro hiara-miasa amin'i Don Bosco tamin'ny fananganana an'ity fiangonana ity.

Eny! Tsapan'i Don Bosco fa nitana toerana lehibe tamin'ny asa fanorenam-piangonana nirotsahany ny fahasoavan' Andriamanitra sy i Masina Maria! Izany no nahatonga azy hanoratra tamin'Ingahy Oreglia tamin'ny 11 febroary 1868 (araka ny efa nasongadina tery aloha), sy hilaza taminy tsotra hoe: «Isan'andro dia manao zava-mampitolagaga ho an'ilay fiangonana i Masina Maria Vonjy. Hameno boky maro izany raha hotantaraina...». Izany koa no mbola nahatonga an'i Don Bosco hamaly ny fiderana azy tamin'ny fotoam-pitokanana ilay fiangonana sy hanambara tsotra tamim-panetrentena hoe: «Tsy izaho no nanao an'ireo zava-dehibe ireo. Fa sitraky ny Tompo sy i Masina Maria Vonjy ny hanatontosa ireo rehetra ireo tamin'ny alalan'ity pretra mahantra ity...».

Tamin'ny 9 jiona 1868 no nitokanana sy nohamasinina ilay Fiangonampiandrianan'i Masina Maria Vonjy. Tamin'ny 10 ora sy sasany maraina no niakatra teo amin'ny ôtely lehibe i Mônsenera Riccardi, arsevekan'i Turin, hanolotra ny Sorona Masina voalohany. Taorian'izay avy hatrany, dia niditra hanolotra Sorona Masina tao koa i Don Bosco, notronin'i Don Francesia sy i Don Lemoyne. Ary tanora 1200 (roanjato sy arivo) no vory lanina tao am-piangonana...

Tsy nofy intsony fa tafajoro tery ilay fiangonam-be nandrandrain'i Don Bosco efa hatramin'ny ela. Hay tsy «rediredin'

adala» ny zava-niseho taminy tamin'ny nofy fahizay (ôktôbra1844) fa tena fahitana sy «faminaniana» ny hoavy.

Indro fa mijoro eo anivon'*«ilay sahan'ny nofy»* ilay *Fiangonampiandrianan'i Masina Maria Vonjy* sady avo no kanto aokizany! Ary voasoratra amin'ny sorabaventy eo amin'ny faritra fotsy manodidina ilay tilikambovoriloha miezinezina izao fehezanteny izao: *«HIC DOMUS MEA, INDE GLORIA MEA»* (fonenako eto, ary avy eto no hipoitra ny voninahitro).

Fahagagana ve?...

Hain'Andriamanitra atao ny zavatra rehetra (Mat 19,26)! Ary ny Fanahy mitsoka amin'izay tiany (Joa 3,8)...

Fitokanam-piangonana narahim-paminaniana

Dia natao an-kafaliana nombam-piderana an'Andriamanitra sy fankalazana an'i Masina Maria àry ny fitokanana an'ilay Fiangonampiandrianana na Bazilikan'i Masina Maria Vonjy, izay naorin'i Don Bosco tamim-pinoana nombam-pikirizana amam-pandavantena tao Valdocco. Tsy nahavariana foana an'i Don Bosco anefa iny androm-pifaliana iny. Satria olon'ny zava-misy izy. Sady fantany fa lalam-piantsoan'Andriamanitra azy isan'andro vaky - teo anilan'iny fitokanana iny - ny fikarakarana ireo tanora maro niantsorohan'ny Salezianina tao Turin (Valdocco) sy tao Mirabello ary tao Lanzo. Koa dia natrehiny am-pitiavana hatrany andraikitra mavesatra sy feno fahasahiranana niantsoan'Andriamanitra azy.

Hoy tokoa ny rakitsoratr'i Don Bosco tamin'izany fotoana izany, mitantara ny fahasahiranany: «Tena nampikaikaika anay mihitsy ny vidin'ny mofo. Ho an'ny eto Turin sy any Mirabello ary Lanzo, dia tsy maintsy mandoa roa arivo sy iray alina lira (12000 lira) isam-bolana izahay ho an'ny mofo fotsiny».

Ankoatran'i Don Bosco, dia anisan'ireo nivaky loha sy tena vizaky ny asa i Don Rua, izay niasa mangina mandrakariva.

Nandritra ny iray volana mahery, tamin'izany vanimpotoana izany, dia zara izy raha natory nandritra ny ora telo na efatra isan'alina. Reraka ihany ny vatana nony ela, na toy inona na toy inona risi-po nananany, satria manam-petra ny olombelona... Fanina nianjera teo am-bavahadin'ny *Oratorio-n'i Valdocco* àry izy tamin'ny 29 jolay 1868. Soa ihany fa nisy olona teo nanohana azy tamin'izay! Nobataina nankany an'efitranony izy ary niantsoana dokotera mpitsabo. Atahorana ny aretina, araka ny voalazan'ilay mpitsabo...

Tsy tao an-toerana i Don Bosco tamin'io fotoana io. Nisy olona nalefa teo no ho eo àry hiantso azy. Dia tonga izy ny hariva. Be anefa ny tanora te hikônfesy niandry azy tamin'izay. Ka dia lasa izy aloha nampikônfesy fa tsy nandeha avy hatrany hijery an'i Don Rua. Niangavy azy hiakatra hijery an'i Don Rua ihany i Don Savio, satria tsy hay intsony ny fandehan-javatra: toy ny efa am-bavahaona i Don Rua.

Toa tsy taitra na feno fanahiana akory anefa i Don Bosco namaly an'i Don Savio hoe:

- Tsia! Tsy ho faty i Don Rua raha tsy misy fanomezan-dalana avy amiko: handeha hampikônfesy aho aloha.

Dia efa alina be vao vita izany fandraisany tanora hikônfesy izany. Ary tsy niakatra avy hatrany hijery an'i Don Rua indray izy, fa lasa nisakafo kely aloha. Tahaka ny hoe tsy miraharaha akory an'i Don Rua, izay efa nitady hahita azy mafy, no fijerin'ny tao antrano an'i Don Bosco! Nahoana loatra? Toa tsy mba fanaon'i Don Bosco anefa izao isaky ny misy marary!...

Nony avy nihinana indray izy dia lasa nankany an'efitranony hametraka ny entankeliny nentiny avy nandeha. Vita izay vao iny izy nanapakevitra hijery an'i Don Rua efa miady mafy amin'ny aretina.

Dia hoy ny bitsibitsik'i Don Rua raha vao nahita azy:

- Lazao ahy raha tonga ny ora handehanako...Tsy matahotra ny ho faty aho.

Namaly an'i Don Rua i Don Bosco niteny mafy hoe:

- Ho faty? Ry Don Rua malala, tsy sitrako izany; azonao ve? Tsy sitrako ny hahafaty anao. Ho very aho raha tsy misy anao. Mbola tsy maintsy miasa be isika, ka tsy misy ilana izany ho faty izany!...

Ary tsinjony teo ambony latabatra ny fitoeran'ny menaka masina ho an'ny fanosorana marary, dia nanontany izy hoe:

- Iza koa izany olona te hanome fanosorana farany an'i Don Rua izany?

- Izaho - hoy i Don Savio.

- Tena olona kely finoana tokoa ianareo - hoy indray i Don Bosco -. Mahereza, Don Rua â! Ary etsy ange e: na atsipiko avy eto amin'ny varavarankely eto aza ianao, dia tsy ho faty. Koa ankehitriny, mandehana, avereno amin'ny toerany ny menaka masina; dia avelao am-pilaminana izy.

Telo herinandro taorian'izay, dia sitrana soa aman-tsara tokoa i Don Rua. Ary rahefa avy niala sasatra kely nandritra ny iray volana sy tapany izy dia efa nandeha niara-nilalao tamin'ny tanoran'ny *Oratorio* teny an-tokontany. Mbola tsy dia afaka mihazakazaka izy, nefa dia efa niara-nilalao kanety tamin'ireo tanora madinika...

Azo lazaina ho «faminaniana» ny hoavy ihany ireo teny nolazain'i Don Bosco volana vitsy taorian'ny fitokanana ilay Fiangonampiandrianan'i Masina Maria Vonjy mikasika an'i Don Rua teo am-piadiana mafy tamin'ny aretina. Tsy teny faminaniana vaovao tamin'i Don Bosco anefa izay nolazainy tamin'ny 19 jolay 1868, fa teny faminaniana fanantitranterana sy fanamafisana ny efa nolazainy manokana tamin'i Michel Rua kely vao 16 taona, tamin'ny 1853. «Afaka dimampolo taona - hoy i Don Bosco tamin'izay tamin'i Rua - dia hankalazaina ny dimampolo taona fahasivy nisehoan'ilay fahagagana (nasehon'ny Sakramenta Masina); tsy hanatrika izany intsony aho. Fa ise mbola ho eo. Koa hevero izay mba hampanontana printy ilay boky keliko» (boky kely nosoratan'i Don Bosco momba an'ilay fahagagana nasehon'ny Sakramenta Masina).

Mbola velona nandritra ny taona maro tokoa i Don Rua taorian'io taona 1868 io, izay nanamafisan'i Don Bosco ny faminaniana efa nolazainy tamin'ny 1853. Fa i Don Rua no nandimby toerana an'i Don Bosco nitantana ny Fikambanana Salezianina. 73 taona izy no maty tamin'ny 1910. Mbola teo ampitantanana ny Fikambanana izy tamin'ny 1903. Ka dia notanterahiny araka ny hafatr'i Don Bosco ny fanontana printy indray ilay boky kely (brochure) mikasika ny Sakramenta Masina...

Eny! Nomen'Andriamanitra fahasoavana manokana haminany ny hoavy i Don Bosco, raha atao indray mijery ny tantara izay ifanatrehan'ny teny nolazainy sy ny zava-nitranga. Moa tsy tanteraka ve, ohatra, ny zavatra hitany sy nolazainy mikasika ilay «fiangonambe haorina ho toeram-panajana manokana an'i Masina Maria»? Ary moa tsy tanteraka koa ve izay nolazainy mikasika an'i Don Rua sy ny olona aman-javatra maro hafa koa?...

Nefa tsy mba nentin'i Don Bosco nirehareha sy nitady voninahitra ho an'ny tenany, sanatria, ny fanomezam-pahasoavana nananany momba ny *faminaniana ny hoavy*, fa nentiny nizotra nitety ny onjan'ny fiainana, tao anatin'ny finoana marina tsy sarahim-panetrentena.

Ary satria fanomezam-pahasoavana nahatsapan'i Don Bosco ny fitiavan'Andriamanitra azy koa izany karazam-paminaniana ny hoavy izany; ka ho valin'ny fitiavan'Andriamanitra azy, dia niezaka teo anivon'ny maha-olombelona tsy lavorary azy izy nikatsaka ny sitrapon'Andriamanitra, araka ny fampianaran'i Kristy-Fitiavana hoe: «*Ray ô! Aoka ny sitraponao no ho tanteraka fa tsy ny ahy*! (Mat. 26,39.42)»...

20

Dingam-baovao...

Eny! Tsy nitsaha-niezaka nikatsaka ny sitrapon'Andriamanitra i Don Bosco! Ary teo anivon'ny fiarahamonina sy ny tantaram-pirenena italianina, tamin'ny taonjato faha-19, no niezahany mandrakariva nikatsaka izany sitrapon'Andriamanitra izany, tamin'ny alalan'ny fandinihana am-pitiavana ny zava-mitranga samihafa... Dia izany fandinihana ny zava-mitranga izany no nitondra azy miandalana teo anivon'ny fanokafana kôlejy samihafa sy ny fanorenana sampana salezianina ho am-behivavy. Zary «dingambaovao» teo amin'ny lalam-piainan'i Don Bosco sy ny tantaran'ny Fikambanana Salezianina izany rehetra izany...

Fanokafana kôlejy samihafa

Nanomboka tamin'ny fanokafana ny «seminera zandriny» (petit séminaire) tao Mirabello, tamin'ny 1863, dia nihamaro ny faritra tao Italia niantso an'i Don Bosco, tsy hanorina *Oratorio*, fa hanorina «kôlejy» tetsy sy teroa. Nanaiky ny fangatahana niantefa taminy i Don Bosco. Nefa tsy nataony ambin-javatra ny fanokafana *Oratorio* teo anilan'ny kôlejy rehetra niantsorohan'ny Salezianina. Ny fikarakarana ny tanora amin'ny *Oratorio* manko no tena vaindohan'asa nosahaniny hatramin'ny taona maro niainany tao Turin. Fa matoa i Don Bosco nanaiky hirotsaka amin'izao «dingambaovao» fanokafana kôlejy izao, dia tao ny antony ara-tantara nahavoatohintohina ny asam-pamonjena nosahanin'ny Fiangonana, izay efa nekeny hotompoina amin-kitsimpo sy nanokanany ny androm-piainany rehetra...

Ny tantara indray mijery

Raha atao indray mijery tokoa ny tantara, dia hita taratra fa nihanahazo vahana miandalana tao Italia, nanomboka tamin'ny tapaky ny taonjato faha-19, ny rivo-panalalahana izay nanjary fototra niorenan'ny pôlitika sy ny didy aman-dalàna italianina... Niteraka tsy fifanarahana lalina tao Italia izany fizotran'ny tantara izany ary azo nozaraina ho roa ireo sokajin'olona tsy nifanaraka:

- tetsy andaniny ny sarangan'ny mpitondra isan'ambaratonga;
- ary tetsy ankilany ny katôlika marobe tsy niandany tamin'ny fitondrana sy ireo hery maro hafa andalam-pisandratana, toy ny sôsialista, sns.

Noho izany rehetra izany àry, dia nisary zoro teo amin'ny fifandraisan'ny Fanjakana sy ny Fiangonana ihany koa ny tsy fifanarahana. Nanjary fisarahana nisy akony teo amin'ny sehatry ny fanabeazana aza izany tsy fifanarahan'ny Fanjakana sy ny Fiangonana izany. Nanaraka sori-dalana laika sy tena mpankahala mpitondra fivavahana ireo sekolim-panjakana italianina ary tena nisy fifanolanana nahatsiravina mihitsy aza mikasika ny fampianarana fandalinam-pinoana tany amin'ireny sekoly ireny...

Ho fiatrehana ny toe-java-niseho, dia nandray andraikitra ny katôlika ka nivondrona tamin'ny sehatra samihafa hanangana:

- fikambanana ara-pinoana;
- sampan-draharaha fifanampiana;
- tahirim-bola ho an'ny vahoaka (banques);
- fikambanan-tsamihafa miaro sy manampy amin'ny loza (assurances);

- ary kôlejy hanabeazana ny ankizy sy tanora, ka hanampiana indrindra ny sarangan'ny olon-tsotra an-tanàn-dehibe mbamin'ny mpiasa amin'ny ozinina sy ny tantsaha...

Izany no azo anazavana ny firoboroboan'ny kôlejy sy ny foibem-piofanana samihafa tsy miankina amin'ny Fanjakana tany Italia tamin'ny taonjato faha-19 tapany faharoa. Ary izany koa no antony ara-tantara nahatonga an'i Don Bosco hanaiky ny fangata-

hana avy amin'ny faritra samihafa niangavy azy sy ny Fikambanana Salezianina hanokatra kôlejy tetsy sy teroa. Tsapany, teo anatrehan' ny sori-dalana laika sy ny rivo-panoherana fivavahana nihanahazo laka tany amin'ireo sekolim-panjakana, fa ilaina tokoa ny kôlejy katôlika eo amin'ny asa fampielezana ny finoana sy ny asa fampivoarana ny zanakolombelona, izay sahanin'ny Fiangonana efa nankatoavin'i Don Bosco hoekena sy hotompoina hatramin'ny farany...

Nanomboka tamin'ny taona 1864 àry, taorian'ny fanokafana ny «seminera zandriny» tao Mirabello tamin'ny 1863, dia nanjary lalam-panabeazana nentin'ny Salezianina nikarakara ny zaza sy ny tanora ihany koa ny kôlejy, ankoatry ny *Oratorio* sy ny foibem-piofanana... Ary tao anatin'ny taona vitsy monja dia efa nielipatrana tamin'ny toeran-tsamihafa ireo Salezianina, ka niandraikitra sekoly maro nisahana fampianarana ambaratonga fototra sy ambaratonga faharoa ary fampianarana asa...

Fanabeazana tanora mahantra

Niavaka kosa ny sori-dalana nasain'i Don Bosco narahin'ny Salezianina tany amin'ireny toeram-panabeazana niantsorohan'ny Fikambanana ireny: fanabeazana tanora mahantra.

Ireo toeram-panabeazana natokana ho an'ny tanora mianatra asa mivantana dia nantsoina hoe: «foibem-piofanana». Ary tsy nisy afa-tsy ny zazalahy kamboty sy narian-kavana no noraisina tamin'ireny toerana ireny. Fa nantsoina hoe «kôlejy» kosa ireo trano nandraisana mpianatra manaraka fampianarana anka-pobeny. Natokana ho an'ny zazalahy mahantra ihany koa izy ireny.

Tamin'ny taona 1869 dia vao mainka nanamafy ny sori-dalana efa nizoran'i Don Bosco, hatramin'ny taona maro, ny hafatrafatry ny Papa Pio faha-9 ho an'ny Salezianina rehetra. Tamin'ny harivan'ny 7 marsa 1869 i Don Bosco no nampita ilay hafatry ny Papa, nentiny avy any Rôma, ho an'ny Salezianina rehetra. Hoy indrindra ilay hafatra: «Tsinjovy ireo ankizy mahantra

zanaky ny vahoaka tsimandadiharona. Ny tanora mahantra no beazo, fa aza mitana kôlejy ho an'ny mpanankarena sy ho an'ny andriana na oviana na oviana. Aoka ho sarampianarana antonony no hataonareo. Ary aza ampitomboina ireny. Aza manaiky hitantana trano manankarena. Fa raha manabe ny mahantra ianareo ary mijanona ho mahantra, dia tsy hanelingelina anareo izy ireo sady hahavita soa ianareo».

Ary teo anilan'ireo foibem-piofanana sy kôlejy, dia nijanona ho vain-dohan-draharahan'ny Salezianina ny fiantsorohana ny *Oratorio* samihafa, izay lalam-panabeazana noraisin'ny Salezianina hifaneraserana mivantana kokoa amin'ny tanora sy hikolokoloana azy ireo bebe kokoa ho olom-banona. Antitranterin' ny lalàm-piainana salezianina izany sady asehon'ny Salezianina amin'ny asany hatraizahatraiza, mandrak'ankehitriny. Hita izany, ohatra, eto Madagasikara ao Mahavatse-Toliara, na any Ijely ao amin'ny Diôsezin'i Miarinarivo, na any Mahajanga, na any Betafo ao amin'ny Diôsezin'Antsirabe, na any Bemaneviky ao amin'ny Diôsezin'Ambanja, na any Ivato akaikin'Antananarivo.

Nefa na dia nijanona ho vain-dohan-draharahan'i Don Bosco sy ny Salezianina aza ny fiantsorohana *Oratorio*, dia tsy nataony ambin-javatra koa ny fiandraiketana ireo toeram-panabeazana hafa notakin'ny rivo-piarahamonina tany Italia tamin'ny taonjato faha-19, tapany faharoa... Satria fanabeazana mafy orina sy tena kristianina no tiany ho azon'ireo tanora isan-tokony niandraiketan' ny Fikambanana.

Noho izany àry, dia niezaka tokoa i Don Bosco hampifandrindra ny fiofanana omena ny tanora Salezianina amin'ny asa-fanompoana takîn'ny toetrandro, toy ny fanokafana sy fiandraiketana kôlejy. Tsy nisalasala ny nandray fanapahankevitra mihitsy i Don Bosco raha vao ny fikarakarana tanora mahantra sy ny zanaky ny sarambaben'ny kintana no niantsoana ny Fikambanana Salezianina. Ary napetrany ho asa-fanompoana fototra tsy miova sahanin'ny Fikambanana eo anivon'ny fiainam-piangonana mandrakariva ny

fitsinjovana ny tanora mahantra sy ny zanaky ny vahoaka tsimandadiharona: ho an'ireo zaza sy tanora ireo, dia tsy maintsy miezaka ny Salezianina mba handrindra ny asany, amin'ny alalan'ny fihainoana amam-pijerena haingana amin-kerimpo ny famantaram-potoana sy ny zava-takîn'ny toetrandro. Tsy ny tanora mahantra no tokony hampitovy tadin-dokanga amin'ny Salezianina sy ny asany; fa ny Salezianina no tsy maintsy mandrindra ny asa-fanompoana irotsahany amin'izay ilain'ny tanora zana-bahoaka tso-piaina sy mahantra... Dia niitatra miandalana, noho izany sori-dalana mazava izany, ny fanokafana kôlejy salezianina tany Italia sy tany amin'ny tany maro hafa toa an'i Argentine sy i Brésil ary i Espagne...

Ireo kôlejy salezianina dimy voalohany tao Italie

Eny! Nitombo hatrany tokoa ny isan'ireo trano Salezianina nosokafana tetsy sy teroa, teo anelanelan'ny taona 1864 sy ny taona 1888 nahafatesan'i Don Bosco. Nahatratra 64 ny isan'ireo tamin'ny taona 1888 ary nielipatrana tamin'ny firenena enina samihafa; 768 kosa no isan'ny Salezianina tamin'io taom-pahafatesan'i Don Bosco io... Tsy ho hay tanisaina eto avokoa ny momba ireo kôlejy maro nosokafana tao anatin'izany vanimpotoana izany tetsy sy teroa, fa ireo kôlejy salezianina dimy voalohany tao Italia ihany no asian-teny kely, noho ny fanokafana azy ireo mifandray mivantana kokoa amin'ny tantaram-piainan'i Don Bosco...

Tamin'ny taona 1864 no nosokafana tao Lanzo ny kôlejy voalohany. I Don Ruffino, vao efatra amby roapolo taona monja, no nalefan'i Don Bosco ho talen'io kôlejy io. Ary seminarista lehibe fito, no nirahiny hanampy azy. Fahantrana sy havizanana no nozakain'izy ireo tao Lanzo, teo am-piandohana, nandritra ny volana maro. Trano foana sy ravarava be ihany no novantanin'izy valo mirahalahy. Tsy nisy seza na latabatra tao, araka ny fitantaran'ny seminarista Sala, izay lasa mpitàmbolan'ny Fikambanana taty aoriana. Varavarambe nianjera no novana ho latabatra vonjimaika fihinanana. Lamba famafana tanana sy bodofotsy no nasarona ireo

varavarankely tsy nisy fitaratra. Ary mololo no solon-kidoro natoriana: «natory tao anaty mololo izahay», hoy ny seminarista Sala...37 monja no isan'ny kilasimandry tamin'ny taona voalohany. Fa maro be nihaohao kosa ny kilasimody ary sarotra fehezin-dalàna ny ankabeazany.

Nisy fiantraikany mafy teo amin'ny fahasalaman'izy valo mirahalahy niantsoroka ny kôlejin'i Lanzo ny zava-nisy. Nianjadian' aretina nomban'ny havizanana tokoa ny sasany. I Don Ruffino, tale, aza dia tratran'ny raboka (na tiberkilaozy) ary nindaosin'ny fahafatesana tamin'ny jolay 1865. Dia izy fito lahy seminarista no sisa nanankinana ny kôlejy manontolo. Nanao izay ho vitany izy ireo mba tsy handrenesam-peo avy amin'ny mpitazana hoe: «Tsy mandeha ny raharaha satria seminarista no ao»...

Voafetra ihany anefa izy ireo amin'ny maha-olombelona azy, ka nisy ihany ny toe-javatra nanahirana tsy azo nanoharana. Ny taona nanaraka izany ady sarotra izany vao notendren'i Don Bosco hitantana ny kôlejin'i Lanzo i Don Lemoyne, izay ho lasa mpitana an-tsoratra malaza ny momba ny fiainan'i Don Bosco (i Don Lemoyne no nanoratra ny Amboara 9 voalohany amin'ny *Memorie Biografiche*: 7700 takila; i Don Ceria kosa no nanatontosa ny Amboara 9 farany)...

Ary dia nanomboka nihatsara ny fandehan-javatra...

Tamin'ny 1870 kosa no nisokatra ny kôlejy tao Alassio. I Don Cerruti no notendren'i Don Bosco ho tale tao; 26 taona izy tamin' izay.

Taona iray taorian'izay, dia nisy foibem-piofanana iray nosokafana tao Marassi. Saingy nafindra tao Sampierdarena io tamin'ny 1872. I Don Albera vao enina amby roapolo taona no tale tao. Sampam-pianarana asa telo ho an-jazalahy kamboty sy narian-kavana no nosokafana tao voalohany. Ary teo anilan'izany, dia nasain'i Don Bosco nosokafana ihany koa ny kôlejy ho an'ny fampianarana ankapobeny hatokana ho an'ireo tanora «manam-paniriana ho pretra».

Tamin'ny taona 1871 ihany koa no tonga niasa tao amin'ny kôlejin'i Varazze ny Salezianina roapolo lahy. I Don Francesia, izay anisan'ny voaloham-bokatr'i Don Bosco, no niandraikitra ny tarika manontolo. Efa niasa nandritra ny telo taona tao amin'ny kôlejy iray tao Cherasco izy ireo vao nanketo Varazze; voatery nilaozana i Cherasco noho ny antony samihafa.

Tonga teny Varazze i Don Bosco tamin'ny fotoam-pametrahana an' ireo Salezianina ireo tao amin'ny kôlejy. Nandray fitenenana izy tamin'izay ary nanipy teny ho an'ny olo-marobe tafavory sy nihoby azy tamin-tehaka. «Mba hamelomana ny tanora - hoy izy sady nihomehy - dia tsy mila olona variana mitehaka aho fa mila olona mampihetsi-tanana... ao am-paosy (manome fanampiana)! Ho noana fadiranovana eo ireo tanora ireo, raha mionona fotsiny amin'ny tehaka aho amin'ny oran'ny sakafo!».

Ary tamin'ny taona 1878, dia voatery i Don Bosco nandray ny kôlejin'i Valsalice izay nianaran'ireo zazalahy zanaky ny fianakavian'ny manampahefana sy ny «ngetroka» isan-tokony.

Nitondran'i Don Bosco fangirifiriana izany vanimpotoana izany. Pretra fito lahy avy ao Turin no nivondrona hanokatra sy hiandraikitra an'io kôlejy ho an'ny zanak'andriana io; nefa tsy nizotra araka ny tokony ho izy ny fitantanan-draharaha ka niafara tamin'ny fatiantoka. Nirotsaka an-tsehatra handamina ny toe-javatra ny Arseveka vaovao tao Turin, i Mônsenera Gastaldi, izay efa tsy nifankahazo tsara intsony tamin'ny Salezianina tamin'izay. I Don Bosco no nantsoiny ary nomeny baiko handray ilay kôlejy nianaran'ny zanak'andriana.

Tsy te hahalala ninoninona anefa i Don Bosco. Satria efa hatramin'ny taona maro izy no tapakevita tsy handray toerampanabeazana ny zanaky ny mpanankarena: «Tsia! Tsy hiditra amin'izany na oviana na oviana aho raha mbola velona ihany koa! Hiteraka fahapotehana ho anay izany»!. Nihenahena tamin'ny heviny koa anefa i Mônsenera Gastaldi ary efa vonona ny hanery an'i Don Bosco handray ilay kôlejy, amin'ny anaran'ny fanekena.

Nentin'i Don Bosco hodinihina tao amin'ny Filankevitry ny Fikambanana ny toe-draharaha. Samy nitsipaka ny baikon'ny Arseveka daholo ny mpikambana tafavory... Dia lasa niakatra teny Lanzo indray i Don Bosco hila hevitra tamin'i Don Lemoyne. Tsotra ny tenin'ilay mpanolo-tsaina natonin'i Don Bosco: «Aoka holavinao izany. Moa ve ianao tsy nilaza sy namerimberina taminay fa ny fanekena handray kôlejy ho an'ny zanak'andriana dia zary fihemorana sy faharavan'ny Fikambanantsika ary tsy maintsy mitsinjo ny zanaka mahantran'ny vahoaka isika?».

Nony ela anefa, mba tsy hifandonana amin'ny fahefampiangonana, dia nanaiky tsisatry i Don Bosco. Enta-mavesatra ho an'ny Fikambanana mihitsy ity kôlejy ity, nandritra ny dimy taona. Vitsy dia vitsy ny mpianatra, nefa be dia be ny vola lany. Voatery namonjy ny kôlejin'i Valsalice ara-bola mihitsy aza ny *Oratorion'i Valdocco*; ka nahaloa-bolana an'i Don Bosco hoe: «Ny mahantra ity no voatery manampy ny mpanana!»...

Fa rahefa lasa teny ny andro ary lasa koa ny taona maro, ka nanjary fananan'ny Fikambanana Salezianina ilay kôlejy tao Valsalice tamin'ny taona 1887 - taorian'ny fandoavam-bola be - dia tsy notazoniny ho kôlejin'ny zanak'andriana intsony ilay trano, fa novany ho toeram-piofanan'ireo seminarista lehibe salezianina. Ary mba hahafantaran'ny olona ny fiovan-toe-javatra, dia napetraka hiaraha-mahita teo am-bavahady fidirana ny sora-baventy milaza fa lasa *«Seminera ho an'ny Misiôna any an-tany hafa»* indray ilay kôlejy teo aloha... Dia arakaraka ny nandrosoan'ny andro sy ny volana nitambatra ho taona maro no nampisinda miandalana sy nahalefy ny resabe mbamin'ny olana momba ilay kôlejin'i Valsalice...

... Dia izany tantara fohy mikasika ny fangirifirian'i Don Bosco tamin'ny fanekena handray ny kôlejin'i Valsalice izany koa no entina mamarana ny mombamomba ny *fanokafana kôlejy samihafa,* izay azo lazaina ho *dingam-baovao* lehibe teo amin'ny tantaram-piandohan'ny Fikambanana Salezianina naorin'i Don Bosco.

Ary *dingam-baovao* tsy azo odian-tsy hita teo amin'ny tantaram-pikambanana tamin'ny andron'i Don Bosco koa ny fanorenana sampana salezianina ho am-behivavy...

Sampana Salezianina ho am-behivavy

Fanontaniana mahalasa eritreritra an'i Don Bosco

Nankalaza ny fetin'ny Olomasina mpiaro azy (Md Jean Baptiste) toy ny isan-taona i Don Bosco tamin'ny 24 jiona 1866. Tonga tao Valdocco koa ny talen'ireo trano salezianina roa voalohany (Mirabello sy Lanzo), mba hiara-mankalaza izany andro sarobidy izany tamin'i Don Bosco. Dia teo anivon'ny takariva dia volana namaranana ny fankalazana sy koranam-pianakaviana ary nametraka fanontaniana maro tamin'i Don Bosco i Don Lemoyne, talen'i Lanzo. Ary anisan'ny lafin-javatra nifantohan'ny fanontaniana nipetraka ny fananganana Fikambanan-drelijiozy vavy hikarakara ny zazavavy, toy ny efa ataon'ny Salezianina lehilahy ho an'ny zazalahy.

Hoy ny fitantaran'i Don Lemoyne:

«Efa dify ny masoandro tamin'izay ary volana soa mibaliaka no namirapiratra teny an-danitra teny. Niakatra nankao an'efitranon'i Don Bosco aho ary nijanona irery niaraka taminy tao nandritra ny ora roa teo ho eo. Nanakoako avy any an-tokontany any ny korataban'ireo tanora mbola ao anatin'ny fety. Afo kely anjatony maro ao anatin'ny vera miloko samihafa no manemitra ireo varavarankely sy arofanin'ny lavarangana rehetra. Nandeha nitazana teo am-baravarankely izaho sy i Don Bosco. Kanto aokizany ny endri-javatra tazana. Nitsiky i Don Bosco. Ary tsy hitahita teo, dia niloa-bolana aho:

- Don Bosco, tadidinao ve ireo nofinao fahiny? Indreo eo ny tanora, indreo ny pretra sy ny mpiomana ho pretra izay nampa-

nantenain'i Masina Maria anao. Efa ho roapolo taona izay no lasa ary tsy nisy na oviana na oviana ny tsy fahampian-tsakafo.

- Tsara fanahy tokoa ny Tompo - hoy i Don Bosco!

Dia samy tsy nahateny izahay noho ny fientanam-po nanenika anay. Nony kelikely anefa, dia niloa-bolana indray aho:

- Don Bosco, moa tsy hitanao ve fa misy zavatra tsy ampy kely mba hahalavorary ny sanganasanao?

- Inona àry izany e?

- Tsy mba te hanao ninoninona tokoa ve ianao ho an'ny zazavavy? Tsy inoanao ve fa raha mba manana Fikambanan-drelijiozy vavy foroninao isika, dia ho lavorary ity sanganasa ity. Ho be tokoa ny asa vitan-dry masera ho fanasoavana ireo mpianatsika mahantra. Ho azon'izy ireo atao mihitsy ny manatanteraka, amin'ny zazavavy, izay efa ataontsika amin'ny zazalahy. Toa lasa eritreritra nandritra ny fotoana vitsy i Don Bosco; izay izy vao namaly hoe:

- Eny e! Ho tanteraka koa izany. Hanana masera isika. Saingy tsy mbola izao, fa aoriana kely».

Araka ny fihevitry ny mpahay tantara toa an-dry Pierre Stella, dia nanantena ny hampiray ny asan'i masera Marie-Louise Clarac amin'ny asan'ny Salezianina i Don Bosco. Satria efa nirotsaka tamin'izany fikarakarana zazavavy izany ity masera ity (Soeur de la Charité) izay niasa tsy lavitra ny *Oratorio Md Louis*.

Tsy naharitra ela anefa izany fikasana izany, na dia teo aza ny ezaka efa nataon'i Don Bosco hahavanona azy...

Nitondra tsioka vao hanatanteraka ny fikasany kosa ny fihaonana tamin'i Don Pestarino sy i Marie-Dominique Mazzarello.

I Don Pestarino: namana tsy nahafoy

a) Fihaonan'i Don Pestarino sy i Don Bosco

Tao Genova (Gênes) no nihaonan'i Don Bosco voalohany indrindra tamin'i Don Pestarino. Saingy azo lazaina ho fihaonana niserana ihany izany.

Fa ny tena fihaonana nampifandray am-po azy mirahalahy kosa dia ny fifankahitana indray mandeha, tamin'ny 1861.

Tafahaona teny ambony fiarandalamby avy any Acqui mankany Alessandria izy ireo tamin'izay. Ary rahefa nandeha teo ny tafa, dia tonga hatrany amin'ny fiaimpiainan'ny akany ao Valdocco ny resaka.Nasain'i Don Bosco mihitsy aza i Don Pestarino mba ho avy hamangy ny toeram-pikolokoloana ao Valdocco.

Dia tonga tao Valdocco tokoa i Don Pestarino, volana vitsivitsy taorian'izay.

Nahavariana sy nahavelom-panantenana lalina an'ilay vahiny mpamangy ny fahitana ireto tanora marobe mitombo an-kafaliana eo anivon'ny asa sy ny finoana anabeazana azy ireo. Nitsotra tamin'i Don Bosco mihitsy aza izy hoe: «Mba raiso hiaraka aminao aho». Neken'i Don Bosco ny fangatahany, ka dia nanao ny voady naha-Salezianina azy izy tamin'ny 1862. Nasain'i Don Bosco nanohy ny asany tao Mornese kosa anefa i Don Pestarino fa tsy nalainy nankao Valdocco. Satria maro ny zava-dehibe nilana azy tao amin'izany paroasy izany... Fa iza moa i Don Pestarino?

b) I Don Pestarino: mpanorina Fikambanan-drelijiozy vavy

Teraka tao Mornese ihany i Don Dominique Pestarino. Tany amin'ny Semineran'i Gênes no nanamasinana azy ho pretra teo amin'ny faha-22 taonany. Nijanona niasa tao amin'izany seminera izany izy nandritra ny taona vitsivitsy. Ary taty aoriana, dia niverina niasa tany Mornese tanàna nipoirany izy. Nantsoin'ilay pretra efa zokiolona niandraikitra ny paroasy tao izy mba hanampy azy amin'ny fampandrosoana ny asam-piangonana tao. Telopolo taona izy tamin'izay.

Nahomby tokoa ny asa natolotra azy tetsy sy teroa, ary asa be fidiram-bola kokoa aza ny sasany. Nefa dia ny fiangavian'ilay pretra zokiolona tao an-tanàna niaviany no nofidiny ho lalana hanatanterahana bebe kokoa hatrany ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny maha-pretra azy...

Dia teo anivon'ny ezaka fampandrosoana ny fiangonan'i Mornese niantsorohany am-pitiavana, ombam-pinoana amam-panantenana, no teraka tamin'ny taona 1855 ny fikambanana

masina anankiray nivondronan'ny tovovavy katôlika maromaro. *«Fikambanana Masin' ny Zanakavavin' i Maria-Tsivoakasikota»* no niantsoana azy io. Tovovavy maromaro tsy nahatsapa ho voaantso amin'ny fiainam-panambadiana nefa koa tsy nahatsapa ho voaantso amin'ny fiainan-drelijiozy eo anivon'izao tontolo izao aza ireo tovovavy nivondrona tao amin'ity fikambanana ity...

Nankatoavin'i Don Pestarino hijoro sy namporisihiny hiorina tao amin'ny paroasin'i Mornese niantsorohany izany fikambanana izany.

I Angèle Maccagno, tovovavy mpampianatra tao an-tanàna, no tena nipoiran'ny hevitra hananganana ity fikambanana ity. Fa i Don Pestarino kosa no loharanon'ny tolokevitra maro nentina nanamafy orina azy. Nasain'i Don Pestarino narafitr'i Angèle ny tombam-pitsipiky ny fikambanana ary nalefa holanjalanjain'i Don Frassinetti, ilay pretra fanta-daza tao Gênes. Dia niainga tamin'izany tombantombana izany ny fananganan'i Don Frassinetti ny *«Fitsipiky ny Fikambanana Masin' ny Zanakavavin' i Maria-Tsivoakasikota»*, tamin'ny taona 1855.

Nielipatrana vetivety eran'i Italia io fikambanana io raha vao voatsangana ilay *«Fitsipika»*. Kanefa tsy azo lavina fa i Don Pestarino no nanorina ny Fikambanana voalohany tao Mornese, niaraka tamina tovovavy dimy nirotsaka ho mpikambana, tamin'ny 9 desambra 1855.

I Marie Mazzarello, izay hihaona amin'i Don Bosco, sivy taona aty aoriana, no tanora indrindra tamin'izy dimy mirahavavy mpikambana voalohany ireo: vao 18 taona izy tamin'izany taona 1855 izany.

I Marie Mazzarello: feno fahafoizan-tena hanasoa ny mahantra

Tovovavy tsara tarehy sy tomady i Marie Mazzarello. Mavitrika sy mitomban-dahy aokizany izy amin'ny asa irotsahany, ary tena feno fitiavam-bavaka ny asany. Zary lalana nentiny nivelona ny finoana nifikirany ny ezaka fanoloran-tena hanompo bebe kokoa

hatrany ny mpiara-belona taminy. Hita taratra izany, ohatra, tamin'ny taona 1860, raha niditra nandripaka olona maro tao Mornese ny areti-mifindra tefoedra.

a) I Marie: mpamonjy ireo marary

Nandosiran'ny manodidina ny fianakaviana maro tratran'ity aretin-dratsy ity, tamin'izany. Samy nanakaton-trano avokoa ny olona rehetra mbola salama tsy narofy. Anisan'ireo fianakaviana nandosiran'ny manodidina ny fianakavian'Ingahy Mazzarello, dadatoan'i Marie, ary efa ambavahaona ilay raim-pianakaviana sy ny zanany anankiray.

Nandeha am-pinoana nitsidika an'ireny fianakaviana traboina ireny i Don Pestarino. Ary tsapany tamin'izany fa mila olona mpanampy ireto marary ireto. Niantefa tany amin'i Marie Mazzarello ny eritreriny; ka dia tsy nisalasala izy nandeha niantso ity tovovavy ity teny an-tranon-dray aman-dreniny:

- Marie - hoy izy -. Misy olona roa efa ambavahaona ao amindry Dadatoanao. Koa ahoana raha mandeha manampy an-dry zareo ao ianao?...

Gina tsy nahateny i Marie! Natahotra toy ny olon-drehetra ihany koa manko izy, satria areti-mifindra no hatrehina... Niandry am-pahatonena ny fanapahankeviny i Don Pestarino. Nony ela, dia hoy i Marie:

- Raha manaiky ny raiko, dia mandeha aho.

Kristianina vontom-pinoana moa ny rain'i Marie, ka tsy sarotiny tamin'ny hanaovan-janany asa fitiava-namana, izay ahitana taratra ny finoana ivelomana. Dia lasa àry i Marie nitondra ny anjara fanampiany tao amin'ilay tranon'ny havany. Vetivety foana dia niverina tamin'ny laoniny ny filaminana sy ny fahadiovana. Vonona ara-potoana koa ny fanafody sy ny hanina ho an'ny marary... Dia nihatsara miandalana ireo nianjadian'ny aretina.

Fa raha nitombo fahasalamana toy izany ireo notsaboina; i Marie Mazzarello kosa nanomboka nolazoin'ilay areti-mifindra. Andro vitsivitsy foana dia lasa nahia sy nanjary hatsatra dia hatsatra

izy: nanjavona teny amin'ny endriny ilay hatsaran-tarehy nampiavaka azy. Tsy nanam-panantenana firy intsony ny mpitsabo nantsoina. Ambavahaona i Marie. Efa be ny fanafody laniny, nefa toa tsy nisy voka-tsoa mba nitsilopy. Nanome fanafody hafa horaisiny indray ny mpitsabo. Tsotra ny teniny tamin'ny mpitsabo:

- Misaotra anao e! Nefa raha sitrakao, dia aza ampiana fanafody hafa intsony aho. Tsy mila ninoninona intsony aho, afa-tsy ny hahatongavan'Andriamanitra haka ahy.

Telo amby roapolo taona izy tamin'izany vanimpotoana izany (1860)...

Saingy mbola tsy tonga moa ny farandrony, ka dia sitrana soa aman-tsara ihany i Marie Mazzarello. Nody tsimoramora indray ny volon-tavany. Marina fa nihena ihany ny heriny noho ny aretina tefoedra mahery vaika nianjady taminy; nefa tsy nanombinana kosa ny risipony hitozo amin'ny fanoloran-tena hanompo ny mpiara-belona. Efa lalam-piantsoana tsy noheveriny ho tandrify azy ny fiainam-panambadiana, ka dia nanokana ny hery rehetra mbola nananany izy hanampiany ny mpiara-belona sy hanamasin-tena bebe kokoa hatrany tao anatin'ny *Fikambanana Masin'ny Zanakavavin'i Maria-Tsivoakasikota.* Nirotsaka hatrany tamin'ny lalan'ny fahafoizantena misimisy kokoa aza izy mba hanasoa ny mahantra. Ary nahatarika tovovavy hafa koa izy, hiara-dalana taminy tamin'izany asa-fanompoana izany.

b) Mpanasoa ireo kamboty sy mahantra

Maromaro ihany ny mpiray fikambanana tamin'i Marie Mazzarello. Fa ilay tovovavy anankiray atao hoe Pétronille no nitokisany manokana sy nanambarany ny tsiambaratelom-piainany. Io fifampitokisana lalina io no nahatonga an'i Marie hamboraka ny fikasany tamin'i Pétronille, indray andro, tamin'ny taona 1861. Hoy tokoa i Marie tamin'izany: «Nanapakevitra hianatra manjaitra aho. Ary rahefa mba mahay tsara aho, dia hanokatra toeram-piasana kely hampianarako ireo ankizivavy mahantra. Tsy mba

hahafinaritra anao koa ve ny ho tonga mpanjaitra? Hiaradia tsy hisaraka isika ary hiara-miaina toy ny fianakaviana iray.»

Dia tapakevitra hiara-dalana tamin'i Marie i Pétronille...

Nikorisa tsy hitahita ny andro sy ny volana nitambatra ho taona iray. Nanangana toeram-piasana kely tao Mornese izy mirahavavy. Ary tsy ela akory, dia efa nisy tovovavy tsy latsaky ny folo sahady tonga nanatona azy ireo hianatra manjaitra. Nanao izay tratry ny ainy izy mirahavavy hanampiana ireto tanora nangetaheta fivoarana...

Fa nisy zava-baovao tsy nampoizina indray nitranga teo anoloan'izy ireo tamin'ny ririnina 1863...

Hariva ny andro! Indreny lasa nody ireo mpianatra manjaitra. I Marie sy i Pétronille no sisa ao an-tokantrano miatrika ny fiarahamiaina mahazatra. Tampoka teo anefa! Injany misy mandona ny varavarambe! Zovy moa izany mpivahiny mandom-baravarana eo anivon'ny takarivan-dririnina mamirifiry?

Novohaina ny trano! Indro lehilahy mpivaro-mandeha anankiray efa maty vady no nijoro teo, miaraka amin'ankizivavikely anankiroa. Niangavy an'i Marie sy i Pétronille ilay mpivaromandeha mba handray azy roa vavy kely hipetraka miaraka amin'izy ireo, satria tsy fahafahany mipetraka an-trano hikarakara azy ireo ny asa maha-mpivaro-mandeha azy.

Atao ahoana moa no fijery fotsiny an'ireto zazakely mipitrapitra mampangoraka, raha mbola olombelona mitempo fitiavana koa?

Noraisin'i Pétronille sy notantanany hiditra ilay zokiny, eo ho eo amin'ny valo taona eo. Ary notrotroin'i Marie kosa ilay zandriny izay enin-taona eo ho eo...

Nanomboka teo dia niova endrika (tsy araka ny vinavina) ho trano fialofan'ny ankizivavy mahantra ilay trano kely fampianaramanjaitra. Lasa nandom-baravarana tany amin'ny mpifanolobodirindrina koa i Marie sy i Pétronille hitady farafara sy koba kely hanaova-mofo hoan'ireto kamboty kely tsy azo jerem-potsiny...

Niely vetivety foana eran'i Mornese ny vaovao niseho tao amin-dry Marie sy Pétronille. Nalaza tsy hitahita akory fa hoe

«mandray ankizivavy kamboty izy ireo». Nirohotra noho izany ny olona nanampy azy mirahavavy. Tao ny nitondra kitay, tao ny nanatitra bodofotsy na koban-dafarinina. Fa tao dia tao koa ireo tonga nitondra kamboty kely hafa mba hitady trano hialokalofana: vetivety foana dia feno ny isa fito.

Nitohy hatrany koa ny fampianarana asa sy ny fanabeazana efa nosahanin-dry Marie mirahavavy. Ary nanana ny anjara toerany tamin'izany koa ny lafiny ara-pinoana na ara-panahy: isaky ny hanomboka fianarana sy asa ao amin'ilay toeram-panjairana, dia nozarina hanao vavaka fohy miaraka ireo mpianatra asa; sady nampahatsiahivin-dry Marie azy ireo matetika fa tsy maintsy iezahana atao am-pitiavana izay atao rehetra mba ho mendrika an'Andriamanitra.

Asa ombam-bavaka tsy sarahim-pitiavana no nentin'ilay fianakaviana hafakely namakivaky ny onjan'ny fiainana isan'andro!

Niavaka tamin'ny lamim-piainana mahazatra andavanandro kosa anefa ny alahady sy ny andro fety tsy iasana. Natokan'izy mirahavavy hanasoavana ny ankizivavin'i Mornese rehetra ireny andro ireny. Mitovitovy amin'ny nataon'i Don Bosco ho an'ny ankizilahy tany Valdocco koa ny nataon'izy ireo tao Mornese ho an'ny ankizivavy. Rahefa alahady sy andro fety, dia angonin'izy ireo ny ankizivavin'i Mornese; dia miara-mandeha mivavaka any am-piangonana izy ireo; ary avy any dia ataon'izy mirahavavy izay hahafaly ny ankizy rehetra mandritra ny andro, amin'ny alalan'ny kilalao samihafa na fitsangantsanganana...

Soa fianatra ho an'ny tovovavy hafa tao Mornese ny asa fikolokoloana tanora nirotsahan'i Marie sy i Pétronille. Ka dia nisy koa ny voatarika hiombom-piainana tamin'izy ireo: nangataka hanatevina ny laharan'izy ireo ny mpikambana roa hafa naman'izy ireo tao amin'ny «Zanakavavin'i Maria-Tsivoakasikota».

Nankatoavin'i Don Pestarino izany rahefa nanontaniana ny heviny, satria tsara kokoa ny maro noho ny vitsy eo anatrehan'ny asa tsy mitsaha-mitombo. Ankohonam-piainana vaovao (communauté) no nijoro miandalana. Mpampianatra sy mpanabe

izy efatra mirahavavy ho an'ny mpiana-draharaha rehetra; ary solon-dreny mihitsy ho azy fito vavy kamboty noraisin'izy ireo honina ao an-trano, andro aman'alina...

Efa teo anivon'izany endri-piainana izany ry Marie Mazzarello no tafahaona tamin'i Don Bosco tao Mornese, tamin'ny 1864.

Mornese: toeram-panantenana ho an'i Don Bosco

a) Fihaonana voalohan'i Marie Mazzarello sy i Don Bosco

Fomba efa nahazatra an'i Don Bosco hatramin'ny taona maro ny mitondra ireo mpianany hendry sy mahay indrindra mitety ny faritra manodidina an'i Turin, rahefa tonga ny androm-pararano isan-taona (fiandohan'ny ôktôbra). Tsy latsaky ny folo andro izany fitetezan-tany izany; mety mahatratra roapolo andro mihitsy aza. Tsy dia be loatra ny mpianatra nahazo izany valisoa izany, nandritra ireo taona voalohandohany. Fa nahatratra ny isa zato kosa izy ireo tamin'ny taona 1858.

Taloahan'ny taona 1859, dia i Becchi no ivontoeram-pilasiana. Avy eo no miainga isa-maraina mamangy ny toeran-tsamihafa manodidina ary eo ihany no mody isan-kariva. Fa nanomboka tamin'io taona 1859 io kosa, dia niova endrika tanteraka ny fomba fitetezan-tany fanaon-dry Don Bosco sy ireo mpianany an-jatony. Nisolo ny fitsangantsanganana manodidina vohitra iray filasiana ny fitetezam-bohitra maro samihafa.

Efa voaoman'i Don Bosco ny lalana haleha sy ny vohitra hivantanana. Ary efa ampandrenesiny mialoha koa ny pretra tompom-paritra sy ny kristianina mbamin'ny mpanao soa amin'ny toerana hitodiana, izay handaniana ny alina na hilasiana mandritra ny andro vitsivity sy hanaovana fampisehoana samihafa, hatramin'ny tantaratsangana (théâtre).

Mizara ho andiany maromaro ireto mpivahiny mandeha antongotra: hira sy feon'amponga no iaraha-manao anamaivanana ny dia eny an-dalana izorana sy amporisihana ireo ampondra kely mpitondra ny fitaovana ilaina amin'ny fampisehoana... Iny mizotra

ery afara indrindra i Don Bosco, otronin'andian-tanora tsy sasatra ny mihaino azy mitanisa ny tantaran'ireo faritra mifandimby tetezin'izy ireo!...

Ary isaky ny mahatsinjo tanàna holalovana na hitodiana izy ireo, dia amin'ny fomba manetriketrika amin'ny feo-mozika ny fidirana ao an-tanàna, ka ireo mpitsoka mozika no mitari-dalana.

Mirohotra mitsena azy ireo ny mponina ao an-tanàna: na ny sarambaben'ny kintana izany na ny pretra tompom-paritany na ny mpitondra ara-panjakana. Ary ny tena nampirohotra ny ankamaroan'ny olona hitsena azy ireo dia ny faniriana te hahita an'i Don Bosco sy handray tsodrano avy aminy noho izy efa nalaza ho olomasina tamin'izany fotoana izany. Ny tantsaha nandao ny asany, ny renim-pianakaviana mitondra ny zanany avy sy nandohalika nangata-tsodrano tamin'i Don Bosco.

Nalala-tanana mandrakariva ny olona tamin'ny fandraisana ireo tanoran'i Don Bosco, ka samy nanatitra izay azony nomena: voankazo an-tsobika maro, mofo, frômazy, divay, sns.

Tsy nifidy trano hatoriana kosa ny tanoran'i Don Bosco: na tranobe fitahirizam-bilona, na efitra lehibe azo anaovana lapabe dia nitsofohana daholo. Kitapobe nosesehan-dravina mololo kosa no solon-kidoro...

Niova isan-taona koa ny sori-dalana notetezina nanomboka tamin'ny 1859. Hatramin'ny taona 1861 ka hatramin'ny 1864 aza dia nihalavitra hatrany ny toerana naleha. Natao am-piarandalamby ny ampahan-dalana maro, tamin'izany.

Voatery najanona anefa ireny fitetezan-tany ireny taorian'ny 1864, noho ny antony maro tsy azo nanoharana. Ny fitsangatsanganana tsotsotra teny Becchi sy teny Mondonio, tanànan'i Dominique Savio, no sisa nitohizina.

Mamy tsy hay hadinoina ho an'ny ankamaroan'ireo tanoran'i Don Bosco ireny fitetezan-tany natao isam-pararano nandritra ny taona maro nifandimby ireny. Ho an'i Don Bosco kosa, dia lalampahasoavana manokana nahatarihany tanora vonona hirotsaka ho Salezianina tao Valdocco ireny famangiana vohitra samihafa ireny.

Tamin'ny alalan'ireny koa no nihaonany voalohany tamin'i Marie Mazzarello tao Mornese tamin'ny fararano 1864.

Anisan'ireo mpitsena an-dry Don Bosco sy ireo tanora notarihiny i Marie tamin'ilay takarivam-pararano nigadonan'izy ireo tao Mornese. Feo-mozika niangalian'ireo tanora mpivahiny tonga am-bohitra no nandrosoan'i Don Bosco nankao am-piangonana, niaraka tamin'i Don Valle tompom-paritany sy i Don Pestarino mpanampy azy. Dia nizotra tsikelikely nanara-dia azy ireo nankao am-piangonana koa ny olona rehetra sy ireo tanoran'i Valdocco. Tsodranon'ny Sakramenta Masina no nomena teo anivon'ny fiaraha-mivavaka. Nanaraka taorian'izay ny sakafo hariva sy ny fampisehoana fohifohy niarahaban'ny tanora mpivahiny ny olona nitsena azy ireo. Mbola nanatrika izany koa i Marie Mazzarello. Teny tsotra no nolazain'i Don Bosco tamin'ireo vory lanina:

- Tena vizana avokoa isika rehetra ary efa te hatory tokoa ireto tanorako ireto... Rahampitso isika miresaka maharitra kokoa.

Ny ampitso maraina tokoa, dia nifanatri-tava fanindroany indray ry Don Bosco mbamin-dry Marie. Satria nasehon'i Don Pestarino sy nampahafantariny an'i Don Bosco ireo *«Zanakavavin' ilay Tsivoakasikota»*. Nambabo an'i Don Bosco ny hatsarampanahy sy fahafoizantenan'ireto tovovavy ireto. Teny fohy fankaherezana no nolazainy tamin'izy ireo mba hisaloran'izy ireo fikirizana hijoro amin'ny endri-piainana nofinidiny avy sy hiezaka hanao soa ny mpiara-belona.

Dimy andro moa no nipetrahan-dry Don Bosco tao Mornese, tamin'ity fitondrana mpianatra mialavoly ity, ka dia nanararaotra nihaino an'i Don Bosco i Marie, isaky ny nahita hirika hanaovana an'izany. Hatreo amin'ilay takarivam-pararano nihaonana voalohany manko, dia efa nisy zava-dalina nanintona an'i Marie tao amin'ny fiainan'i Don Bosco, hany ka tsy afa-nionona tamin'ny fihainoana ny tan-kafatra napetrak'i Don Bosco ho an'ny *«Zanakavavin' ilay Tsivoakasikota»* izy. Satriny foana handre ny teny lalina avy amin'i Don Bosco. Izany no nahatonga azy handeha

hihaino hatramin'ny tan-kafatra kely fanaon'i Don Bosco isan-kariva, alohan'ny hatory, ho an'ny tanorany. Nisy ihany ny olona nanome tsiny azy ho tsy mahalala fomba tamin'izany. Nefa tsotra ny valiteniny: «Olomasina i Don Bosco; reko ao anatiko ao izany»...

Dia nitombo miandalana nanomboka teto ny fifampitokisan'i Don Bosco sy i Marie Mazzarello. Hotendren'i Don Bosco ho lehiben'ny Salezianina, sampana vehivavy aza i Marie aty aoriana...

Fa raha atao indray mijery ity fialamboly tamin'ny 1864 ity, dia azo lazaina ho zokim-panantenana ho an'i Don Bosco i Mornese, teo amin'ny lafin'ny fananganam-pikambanan-drelijiozy vavy hikarakara ny ankizivavy mahantra sy kamboty... Miandry ny fotoana hahamasaka azy anefa ny fikasana rehetra. Ary mizotra miadalana ny tantara...

b) Misary zoro miandalana ao Mornese ny Fikambanana Salezianina, sampana vehivavy.

Tamin'ny taona 1865 aloha, dia nizara roa ilay Fikambanan'ny Zanakavavin'i Maria Tsivoakasikota. Ireo izay nanapakevitra hiaramiaina amin'i Marie sy i Pétronille dia nomen'i Don Pestarino trano tsara kokoa honenana tsy lavitra ny fiangonana. Ary nitondra ny anarana hoe «Zanakavavin'Ilay Tsivoakasikota». Ny sisa toa an-dry Angelina Maccagno kosa, izay nifidy ny hijanona any amin'ny fianakaviany, dia nantsoina hoe «Orsolinina Vaovao» (*Nouvelles Ursulines*).

Fa teo andanin'izany, dia nanorina Kôlejy tao Borgo Alto ny mponin'i Mornese. Sekoly ho an-jazalahy izy io, ka dia nampanantena ny olona tao i Don Bosco fa handefa Salezianina hiasa ao, raha vao vita ny trano. Samy nifarimbona nandray anjara mivantana na ankolaka tamin'ny asa famitana ny trano ny olona rehetra...

Taona 1867. Vita soa aman-tsara ny tranofivavahana ho an'ny kôlejy. Tonga nanolotra Sorona Masina tao i Don Bosco tamin'ny volana desambra ary nangataka ny tsodranon'Andriamanitra homba ilay kôlejy vaovao sy ny mponin'i Mornese. Nijanona efatra andro

tao an-tanàna i Don Bosco tamin'izay ary nanome dinidinika manokana ho an'ireo tovovavy vitsivitsy nivondrona ho *«Zanaka-vavin'Ilay Tsivoakasikota»*... Vao mainka nitombo ny fanantenany mikasika ny fanorenana Salezianina, sampana vehivavy!... Ary tamin'ny taona 1869, dia efa nanao ezaka manokana izy hanamafisana orina ilay Fikambanan'ireo tovovavy tso-piaina tao Mornese. Nandefasany firaketana (cahier) kely izay i Marie sy i Pétronille, ary nisy fandaharam-potoana sy fitsipika kely, enti-miaina sy mivavaka, nosoratany ao mba hanampiana an-dry Marie hanomboka fiainana voarindra kokoa, miaraka amin'ireo ankizivavy kely ao an-trano. Very tsy hita io firaketana kely nanoratan'i Don Bosco io taty aoriana. Nefa tadidin'i Pétronille kosa ny torohevitra vosasoratra tao.

Taona 1870: nipetraka tany Mornese nandritra ny telo andro indray i Don Bosco. Sady te hiala sasatra kely izy no te hanaramaso akaiky koa ny fiaimpiainan-dry Marie. Tiany ho hita ny vokatry ny torohevitra narosony tamin'ny taona 1869 tao amin'ny fiainan'ireo mpikambana. Faly tamin'ny vokatra hitany i Don Bosco.

Ary tamin'ny taona 1871, dia nanjary natetitetika ny fifampidinihana sy fikarohan-dalana hahitana mazava ny mahamety na tsia ny hananganana Fikambanana Salezianina, sampana vehivavy, ao Mornese:

30 janoary 1871: nivory tao Valdocco ny tale Salezianina rehetra. Nandray anjara tamin'izay koa i Don Pestarino ary nanao famelabelarana mikasika ny fivoaran'ny toe-draharaha tao Mornese.

Telo volana taorian'izay (24 avril): namory ny Filankevi-pitantanana ny Fikambanana i Don Bosco. Nandray anjara tamin'izany ry Don Rua, Don Cagliero, Don Savio, Don Ghivarello, Don Durando ary Don Albera. Nambaran'i Don Bosco tamin'izy ireo fa zava-dehibe tokoa no anton'izao fivoriana izao. Hoy ny teniny, araka ny voalazan'ny tatitra momba ny fivoriana natao:

«Olona marobe no niangavy ahy imbetsaka mba hanasoavantsika ny zazavavy koa toy ny efa ikarakarantsika kely ny zazalahy noho ny fahasoavan'Andriamanitra. Raha nihaino ny

eritreritro samirery aho, dia tsy ho nirotsaka tamin'izany asa fanompoana izany. Fa matahotra aho sao manohitra ny fikasana amam-pandaharan'Andriamanitra-Mpitsimbina. Koa manasa anareo àry aho mba handinika eo anatrehan'Izy Tompo, mba hahafaha-mandray ny fanapahankevitra hikatsahana ny voninahitr'Andriamanitra lehibe indrindra mbamin'ny tombontsoa lehibe indrindra ho an'ny fanahin'ny olona. Ny vavaka ataontsika, mandritra ity volana ity, dia hatokana hangatahana amin'ny Tompo mba hahazoana ny fahazavana ilaina momba izany raharaha lehibe izany»...

Mandritra izany rehetra izany kosa, dia manohy an-kafaliana sy am-pitiavana ny fiainam-pahantrana diaviny ireo «Zanakavavin' Ilay Tsivoakasikota». Matetika no tsy misy ao an-trano ny sakafo ilaina, indrindra fa ny koban-dafarinina. Ary tsy ampy koa ny kitay indraindray. Zakain'ny rehetra am-pitiavana sy an-kafaliana anefa ny sedra mianjady.

Faramparan'ny volana mey 1871: namory ny Filankevi-pitantanana indray i Don Bosco ary nangataka ny hevitry ny tsirairay. Tsy nisy nandà ny tolokevitra nasaina nodinihina ny mpivory rehetra. Ka dia hoy i Don Bosco namintina ny toe-draharaha:

- Raha izany no izy, dia azontsika lazaina ankehitriny fa sitrak'Andriamanitra tokoa ny hikarakarana ihany koa ny zazavavy.

Dia nambarany koa fa mety raha atokana ho an'izany sangan'asa izany «ilay trano (kôlejy) efa amboarin'i Don Pestarino ao Mornese».

Tapaky ny volana jiona 1871: nantsoin'i Don Bosco maika dia maika i Don Pestarino. Azo heverina ho henjana ihany ny fifampidinihan'izy ireo, raha ny fitantaran'i Pétronille no ifantohana. Araka ny voalazany manko dia faly sy ravo mandrakariva i Don Pestarino isaky ny avy mihaona amin'i Don Bosco; tsy toy izany anefa tamin'ity indray mandeha ity: toa lasalasa saina sy sahirana ary malokendrika izany izy, avy eny Valdocco. Tsy hita taratra ao amin'ny tatitra an-tsoratra nataon'i Don Pestarino kosa izany. Izao no voalazan'io tatitra io:

«Naneho ny fanirianyhiandraikitra ny fanabeazana kristianina tandrify ny zazavavy, zana-bahoaka, i Don Bosco. Ary nolazainy fa i Mornese no toerana nankatoaviny ho mety indrindra ho an'izany: afaka hamaly ny antso ho amin'ny ankohonam-piainana misintaka amin'izao tontolo izao, ao an-toerana ihany, ireo Zanakavavin'Ilay Tsivoakasikota efa ao Mornese; sady afaka hanomboka ihany koa ny Fikambanan'ny Zanakavavin'i Maria Vonjin'ny Kristianina, ho fanasoavana ny ankizivavy marobe zana-bahoaka. Namaly tsy am-pisalasalana i Don Pestarino (araka ny tatitra an-tsoratra), ka niteny hoe:

- Raha manaiky ho loha mpitantana sy mpiaro izany i Don Bosco, dia manolo-tena ho eo am-pelatanany aho».

Nisy tokoa ny olana nahatonga an'i Don Pestarino ho «lasalasa saina», na dia teo aza ny finiavany hanaiky an'i Don Bosco.

Tetsy andaniny aloha, dia fantatr'i Don Pestarino fa kristianina mendrika daholo ireo tovovavy nanapakevitra hiombom-piainana ireo; nefa koa tsy mbola nisy nihevitra ho tonga relijiozy izy ireo.

Tetsy ankilany indray, dia tadiavin'i Don Bosco homena honenan'ny Zanakavavin'i Maria Vonjin'ny Kristianina ny kôlejin'i Borgo Alto ao Mornese, izay naorin'ny olona ho an'ny zazalahy. Mety hanakorontan-javatra izao fanovana izao...

Ahiahin'olombelona ihany anefa izany an'i Don Pestarino izany. Hafa ny fihevitr'Andriamanitra ary tsy adala Izy. Nabaribarin'ny Zava-nitranga taty aoriana kely fa tsy nananosarotra ny famahana ny olana sy ny fampijoroana ilay Fikambanan-drelijiozy vavy Salezianina.

Tafajoro ilay Fikambanana ary tsy lefi-pisedrana

a) Fananganam-pikambanana tsy dia nananosarotra

Tamin'ny volana jiona izay niantsoany an'i Don Pestarino iny koa, dia lasa nankany Rôma i Don Bosco hanao famelabelarana amin'ny Papa Pio faha-9 ny momba izao fikasany hanangam-pikambanana vaovao izao. Rahefa avy nandinika andro vitsivitsy ny Papa dia nilaza tamin'i Don Bosco hoe:

- Ataoko fa sitrak'Andriamanitra ny fikasanao. Ary heveriko fa ny zava-dehibe tsy maintsy imasoan'ireto masera ireto dia ny fanofanana sy fanabeazana ny zazavavy, toy ny ataon'ny Salezianina ho an'ny zazalahy. Ny momba ny fitantanana indray, dia hiankina aminao sy ireo mpandimby anao izy. Araka izany àry, dia eritrereto ny momba ny lalàm-pikambanan'izy ireo ary antombohy anaovana fanandramana. Ny sisa, ho avy manaraka ihany...

Tamin'ny 29 janoary 1872 kosa indray, dia nasain'i Don Bosco novorîn'i Don Pestarino ireo tovovavy 27 niombom-piainana tao Mornese, mba hifidy izay ho filoha mpitarika azy ireo. I Marie Mazzarello no lanin'ny 21 tamin'ny mpifidy. Raiki-tahotra anefa izy, ka niangavy tamin'ireo rahavaviny mba tsy hampidirina amin'izany. Tsy nety niova hevitra tamin'ny safidy nataony anefa ireo mpifidy, ka dia nanapakevitra i Don Pestarino hanankina ny zava-drehetra amin'ny fanapahankevitr'i Don Bosco. Azoazon'i Marie indray ny ainy teto, satria noheveriny fa hoe: «fantatr'i Don Bosco tsara ny tsy fahazakany izany andraikitra izany, ka dia ho afa-doza izy». Hafa noho izany anefa ny fanapahankevitr'i Don Bosco, ka vao mainka nanamafy ny vokatry ny fifidianana. Nanaiky i Marie na dia nisy ihany aza ny fahadisoam-panantenana kely.

Ny trano fonenana maharitra no sisa olana goavana ho an'ilay Fikambanana vao misandratra. Tsy hampimonomonona ny mponin'i Mornese ve ny fametrahana an'ireto Zanakavavin'i Maria Vonjy ireto ao amin'ny kôlejin'i Borgo Alto?... Toa voavaha mora ihany anefa ny olana. Nisy zava-nitranga nanamora ny toe-draharaha. Efa akaiky hirodana tokoa tamin'izay ny tranon'i mômpera tompom-paritany, ka nanapakevitra ny manampahefana teo an-tanàna fa hazera sy hohavaozina izany trano izany. Ary niangavian'ireo manampahefana mba hampiasaina hitoeran-dry Mômpera ny tranon'i Don Pestarino teo akaikin'ny tranofiangonana. Tsy sarotiny i Don Pestarino. Nefa nanontaniany mazava kosa izay toerana handefasana ireo Zanakavavin'i Maria Vonjy mbamin'ireo zazavavy kely kamboty monina ao amin'ity trano ity.

Nifampidinika ireo Mpanolotsaina teo an-tanàna, ka nanolo-kevitra, mba handefasana azy ireto eny amin'ny kôlejin'i Borgo

Alto: «Efa vita ny efitra ambany rihana eny - hoy ireo Mpanolotsaina - ary mbola tsy misy olona mipètraka ao».

Nahatsiaro maivana tery i Don Pestarino. Satria ny zavatra tsy sahiny nangatahina akory no nasaina nataony. Notaomina tamin'ny sarety na katràka fampiasan'ny tantsaha ny entana mbamin'ny landy fiompy, izay mba nampidi-bola kely hiveloman'ny Fikambanana be andraikitra...

Toa tsy nananosarotra ny fananganana ilay Fikambanana, raha atao indray mijery ny zava-nitranga rehetra!

b) Fikambanana nandalo fisedrana maro

Eny! Teo no ho eo tokoa, dia tsy nanaitra ny olona firy ny fifindra-monina. Saingy niely tsikelikely kosa ny tsaho fa ireo Zanakavavin'i Maria Vonjy no honina ao amin'ny kôlejy, ka hanorina Fikambanan-drelijiozy vaovao ao. «Monomonona sy fitsipahana» ny toe-draharaha no nipoitra tetsy sy teroa. Nianjadiampanenjehana sy fankahalana ilay Fikambanana kely vao nisandratra. Nisy mihitsy aza ny tsaho nilaza fa tsy hateza io Fikambanana io. Zary fisedrana mafy ho an'ny Fikambanana izany rehetra izany, rahefa nitambatra tamin'ny fahantrana sy tsy fahampiana efa niainana isan'andro. «Tsy taitra anefa i Marie Mazzarello - hoy i Masera Felicina - nozakainy am-pinoana ny fiainany feno havizanana sy fandavantena»: teo ny fanangonam-bato hanamboarana ny trano mbola tsy vita tanteraka, teo ny sasa lamba amoron-drano lavitra ny tanàna, teo ny fanomanany sakafo hitsinjovany ny rahavaviny rehetra. Satria: teo amin'ny fanarahana ny fiainam-pitiavana notorîn'i Kristy, dia izay *«filoha sy lehibe no mpanompon' ny olom-pehezina»* (Mat 20,26-27).

Tsy nahasakana ny fivoaran'ilay Fikambanana vao misandratra hihamafy orina anefa ny fisedrana maro endrika nodiaviny teo ampiandohana. Toy ny zezika nifafy nampandrobona azy aza ireny

rehetra ireny, ka nony ela dia nijoro hanana ny anjara-toerany teo anivon'ny saham-pikatrohan'ny Fiangonana izy.

Tafajoro soa aman-tsara ihany ilay Fikambanan'ny *Zanakavavin'i Maria Vonjy*. Tamin'ny 5 aogositra 1872 no nandray ny akanjo miavaka maha-relijiozy azy ny Zanakavavin'i Maria Vonjy dimy ambin'ny folo voalohany. Nanao ny voady maha-relijiozy azy mandritra ny telo taona koa ny iraika ambin'ny folo tamin'izy ireo, tamin'io andro io, ka anisan'ireo i Marie Mazzarello.

I Mônsenera Sciandra, evekan'i Acqui, no nanolotra ny sarin'i Kristy mifantsika ho an'ireo Masera dimy ambin'ny folo: «Raiso - hoy izy - ny sarin'i Jesoa malalanareo. Ho mpankahery anareo izy eny anivon'ny sarotra hodiavinareo».

Nanatrika an'io fotoana manan-tantara io koa i Don Bosco. Ary namela teny mamy ho an'ireo mpanolo-tena izy tamin'izay:

- Mitondra ny mafy tokoa ianareo, hitan'ny masoko izany; satria tsy momba anareo sy maneso anareo avokoa ny olona. Na dia ny havanareo aza mitodi-damosina aminareo. Tokony tsy ho gaga amin'izany ianareo. Mba fantatrareo moa hoe rahoviana ny veromanitra no tena manapariaka ny hanitra mameroverony? Rahefa tena voahosihosy izy. Koa aza atao mahagaga anareo raha voavingavinga eo anivon'izao tontolo izao ianareo ankehitriny. Manàna herimpo ary mifankahereza, fa amin'izany fomba izany ihany no hahatonga anareo hahay manatontosa ny asa anirahana anareo. Raha miaina am-pahamendrehana izao zakainareo izao ianareo, dia ho afaka hahavita soa lehibe ho an'ny fanahinareo sy ho an'ny fanahin'ny mpiara-belona aminareo...

Ankoatry ny fiainam-pahantrana sy ny fanenjehan'ny olona, dia anisan'ny fisendrana mafy nianjady tamin'ny Fikambanan'ny Zanakavavin'i Maria Vonjy teo am-piandohana ihany koa ny nahafatesan'ny masera iray sy i Don Pestarino, tamin'ny taona 1874.

29 janoary 1874: niditra tsy nandom-baravarana voalohany tao Borgo Alto ny fahafatesana. Nodimandry ny iray tamin'ireo masera voalohany: i Masera Marie Poggio. Mbola tanora tokoa izy,

olona faly lava eny, sady vonona mandrakariva hanampy ny olona sy hampiasaina ary hiaritory hiandry marary. Ny hirifirin-dririniná sy ny fiainam-pahantrana nivelomana tao an-tokantrano no anisan'ny nanafaingana ny fahafatesany. Eny, tena noana sy ngolin'ny hatsiaka tanteraka i Masera Marie Poggio tamin'izay ririnina izay, ka nodimandry mangina, tsy nanelingelina na iza na iza!...

Nirohotra namonjy ny fotoam-pandevenana azy ny mponin'i Mornese. «Maro - hoy i Pestarino - ny nitomany». Izay vao tsapan'ny olona ny fahafoizantena amam-pihafiana niveloman'ireto maseran'i Borgo Alto ireto, ho fanampiana ny kamboty sy ny mahantra. Niova ho fangorahana amam-pitiavana an'ireo Zanakavavin'i Maria Vonjy ny fanenjehana sy ny vavatsiambina niely tao Mornese. Ary hatreto dia be tamin'ny mponina no tonga nanatitra koban-dafarinina sy komban-katsaka. Nitondra fahasoavana ho an'ireo rahavaviny mbola amperinasa ny fahafatesan'i Masera Marie Poggio. Maty tokoa ny voambary nafafy ka namokatra be (Jo 12, 24-26)!

Volana vitsy taorian'ny nahalasanan'i Masera Marie Poggio, dia tonga nanao tampodiloha tao amin'ny fianakaviambe Salezianina tao Mornese indray ny fahafatesana, tamin'ny 15 mey 1874.

Tamin'ny marainan'io andro io, dia niresadresaka tamin-dry masera i Don Pestarino. Namaky takelaka iray ho azy ireo mikasika ny fiainana fohy sy mandalo eto an-tany izy. Nilaza mihitsy izy tamin'io hoe: «Angamba haka ahy tampoka ny fahafatesana afaka herintaona na iray volana, afaka herinandro, afaka andro iray na afaka ora iray, ary angamba aza amin'ny faran'ity vakiteny ity!». Dia velon-tomany i Don Pestarino teto. Tohina tamin'izany ireo masera nitenenany... Ary mbola tsy tapitra akory ny maraina, dia nipaika ny fotoana. Tamin'ny iraika ambin'ny folo ora maraina ary mbola teo am-piasana i Don Pestarino no nianjera tamin'ny tany. Ary nodimandry izy ora vitsivitsy taorian'izay. 57 taona izy tamin'izay... Fisedrana mafy ho an'ny Zanakavavin'i Maria Vonjy

koa izao fahalasanan'ilay Ray am-panahy filazana ny ao am-po sy fitarainana izao...

Eny!

Nefa zary voambary nalevina hampiroborobo ny Fikambanana vao misandratra ihany koa i Don Pestarino...

d) Fikambanana niroborobo fatratra

Dia nisosa teny ny taona nifandimby! Nitambatra ho zezika hampamokatra ny ezaka nimasoan'ireo Zanakavavin'i Maria Vonjy ny fakofakom-pahantrana amam-panenjehan'ny olona, mbamin'ny fisedrana maro hafa. Nitombo isa miandalana ny relijiozy tao amin'ilay Fikambanana ary niitatra arakarak'izany koa ny sahampikatrohana.

9 febroary 1876: nandao an'i Mornese namakivaky ny hirifirindririnina ny Zanakavavin'i Maria Vonjy telo mirahavavy (Filles de Marie Auxiliatrice = F.M.A.). Handeha ho any Vallecrosia any Liguria izy ireo hanokatra *Oratorio* sy sekoly ho an-jazavavy any. Ireo no misiônera Salezianina vehivavy voalohany.

29 marsa 1876: nisy masera fito hafa indray niainga avy ao Mornese ho any Turin. Niorim-ponenana tsy lavitra ny *Oratorio-n'i Don Bosco* tao Valdocco izy ireo ary nanokatra *Oratorio* sy sekoly ho an-jazavavy ihany koa. Ho lasa foiben'ny Fikambanana mandritra ny efapolo taona mahery aza io trano io, aty aoriana.

Fa nandritra an'io taona 1876 io ihany, dia nisy masera 26 hafa koa niainga avy ao Mornese hanokatra *Oratorio* sy sekoly tetsy sy teroa, eran'i Italia: tany Biella, Alassio, Lu Monferrato, Lanzo Torinese. Ary nisy koa ny nandeha tany Sestri Levante nanokatra toeram-pikarakarana ankizy lahy sy sy vavy sembana. Anisan'ireo fito mirahavavy tao Sestri Levante i Masera Henriette Sorbone, kamboty kely tonga tao Mornese taona vitsy talohan'izao, nitantana ny zandrikeliny efa-bavy: hafaliana ombam-pahatonena no niezahany nanompo ireo ankizy sembana isan-tokony.

Roa taona taorian'izany rehetra izany, dia efa nanjary fianakaviambe niely eran-tany ny Zanakavavin'i Maria Vonjy.

Nafindra tany Nizza Monferrato avy ao Mornese ny foibem-pikambanana, araka ny baikon'i Don Bosco. Mafy ho an'i Marie Mazzarello, Lehibe mpandrindra ny Fikambanana (Supérieure Générale) izany. Nefa izay tia mahafoy...

Koa nilaozany avokoa ireo maminy sy nahazatra azy: ny ray aman-dreny efananjokom-pahanterana, ny fasana nilevenan'i Don Pestarino, ny sasany tamin'ireo niara-nigoka ny mangidy taminy, tao am-piandohan'ny Fikambanana. Eny! Tsy maintsy nilaozana hatramin'ilay trano kely nampianarany an'ireo voalohan-taizany hanjaitra...

e) I Mera Marie Mazzarello: mpanompo mahatoky

Tsy nampiova ny fanetrentena nivelomany am-pitiavana anefa ny fifindràn'i Mera Marie Mazzarello tany Nizza sy ny maha-Lehibem-pikambanana faratampony azy. Zary fiainana nahazatra sy nampivelatra azy ny fikarakarana am-pitiavana omban-tambitamby ny kamboty sy mahantra teo amin'izay toerana nonenany. Niezahany nivelomana bebe kokoa hatrany ny hafatr'i Kristy hoe: *«Izay lehibe aminareo no aoka ho mpanomponareo»* (Mat 20,26). Mpanompon'ny kamboty sy ny mahantra izy, ka tsy nihafahafa tamin'ny fikolokoloana azy ireny, eny fa hatramin'ny fanasana ny tongony aza.

Ohatra no nomen'i Mera Marie teo amin'ny toe-piainan'ny mpanompo mahatoky. Nefa tsy nitsahatra nanoro hevitra an'ireo rahavaviny teo ambany fitantanany koa izy mba tsy hivaona amin'izany toe-tsaina maha-mpanompo izany. Talohan'ny nahafatesany aza, dia mbola nanafatrafatra ny amin'izany izy, tamin'ny taona 1881.

Hita taratra ho niharatsy tokoa ny fahasalaman'i Mera Marie tamin'ny fiandohan'io taona 1881 io. Efa nilazan'olona ihany izy mba hitandrintandrina amin'ny fahasalamany, nefa tsiky sy teny malefaka no navaliny an'izany: «Mahasoa ny olon-drehetra ny handehanako. Amin'izay dia lehibem-pikambanana kinga kokoa noho izaho no hofidina».

Fa ny tena nampihombo ny aretina, dia ny hatsiaka mahangoly namely azy tamin'ny vanimpotoana nanaterany an'ireo rahavaviny sady zanany am-panahy hiainga hiasa any Amerika atsimo. Efa tsy salama ihany izy, tamin'izay, nefa mbola nikiry nandeha nanatitra ireto misiônerany hatreny an-tseranan-tsambo.

Ora vitsivitsy taorian'ny niaingana anefa, dia nitranga ny soratr'aretina nampandamaka azy tanteraka nandritra ny efapolo andro ary lavitra an'i Nizza toeram-ponenany... Dia nisinda tsikelikely ihany ny aretina. Nefa nazava sy nivantambatana mihitsy aza ny tenin'ny mpitsabo: volana vitsivitsy sisa mety hiainan'i Mera Marie, satria tratran'ny voina miteraka hasemporana mampijaly mbola tsy sitram-panafana, tamin'izany andro izany, ny taovam-pisefoany (*pleurite aiguë*).

Niainga hody tany Nizza izy rahefa mba nihatsaratsara kely; ary tafahaona tamin'i Don Bosco, ka nilaza taminy hoe:

- Nazava ny tenin'ny mpitsabo. Koa manontany anao aho, ry Don Bosco: mbola mety ho sitrana ve aho?

Tsy namaly mivantana ny fanontaniana nipetraka anefa i Don Bosco, fa sombin-tantara kely no nentiny nampandinika an'i Mera Marie:

- Nandeha nandom-baravarana tao amin'ny tranon-drelijiozy iray ny fahafatesana, indray andro. Izao no nolazainy tamin'ny masera rehetra nihaonany: "Avia ianao hiaraka amiko"; nefa niala tsiny izy rehetra fa be zavatra hatao, hono. Dia lasa niseho tamin'ny lehibe tao an-trano àry ny fahafatesana, ka nilaza hoe: "Anjaranao ny manome ohatra tsara. Avia". Tsy maintsy nanaiky ilay lehibe.

Azon'i Mera Mazzarello ny toe-javatra. Niondrika izy ary niezaka nitsiky.

Vizana sy hatsatra izy niverina tao Nizza. Nanohina azy tokoa ny korana lehibe nandraisana azy tafaverina. Tsotra ny teny fisaorana nataony:

- Ninoninona mitranga amin'izao fiainana izao, dia tsy tokony hifaly loatra na halahelo loatra isika. Eo am-pelatanan' Andriamanitra izay Raintsika isika ary tokony ho vonona mandrakariva hanao izay sitrapony.

Ary nisary zoro teo amin'ny lohataonam-boninkazo ny farany. Tenim-pahazavana amin'ny maha-mpanompo mahatoky azy no mbola napetrapetrany tamin'ireo rahavaviny rehetra:

- Mifankatiava tsara ianareo. Miraisa hina mandrakariva. Nandao izao tontolo izao ianareo, ka aza mamorona izao tontolo izao hafa indray eto anivonareo. Hevero ny adidy nidiranareo ho relijiozy.

Nijaly tokoa izy hatramin'ny farany nefa tsy te hampalahelo na iza na iza, ka niezaka nihira aza sady nikiry nizaka mangina ny fahoriany... Marainan'ny 14 mey 1881 vao nangiran-dratsy: nodimandry i Mera Marie Mazzarello. «Mandrapihaona any an-danitra», hoy ny bitsika farany voalazany. 44 taona iny mpanompo mahatoky iny tamin'izay...

I Masera Caterina Daghero no voaantso handimby azy ho lehiben'ny Zanakavavin'i Maria Vonjy. Tovovavy tomady vao 25 taona izy tamin'izay ary fito taona no naha-relijiozy azy. I Mera Marie Mazzarello ihany no nanabe sy nankahery azy hankamamy ny lalam-piainana nidirany. Voatendry ho talen'ny toeram-panabeazana tao Turin izy tamin'ny 1879. Anisan'ny nanamafy orina ny finiavana nananany ny fifaneraserana akaiky tamin'i Don Bosco. Ary niseho miandalana, teo anivon'izany, ny fanahy soa feno famatorana sy herintsaina nampiavaka azy... Vao mainka nampiroborobo ny asan'ny Fikambanana, tao Italia sy tany Frantsa ary tany Amerika Atsimo, ny fanohizan'i Masera Caterina Daghero ny ezaka natombok'i Mera Marie Mazzarello, teo ambany fahefan'i Don Bosco.

Ary tamin'ny taona 1888 nahafatesan'i Don Bosco, dia efa lehibe tokoa ny dingana vitan'ilay Fikambanana kely nipoitra tao Mornese (1872) sy nisandrahaka tamin'ny firenena maro: toeram-panabeazana 50 no niandraiketan'ny masera 390, ary nahatratra zato ny isan'ireo tovovavy nobeazina ho mpikambana tao amin'ny nôvisià...

Eny! Tsy nitsaha-niezaka nikatsaka ny sitrapon'Andriamanitra i Don Bosco, teo anivon'ny fiarahamonina sy ny tantaram-pirenena

italianina, tamin'ny taonjato faha-19... Dia izany ezaka nataony tamin'ny alalan'ny fandinihana, am-pitiavana sy am-panantenana, ny zava-mitranga izany no nahatonga azy hirotsaka tamin'ny «dingam-baovao» roa lehibe, ho fanatsarana kokoa ny asa fanompoana efa nimasoany: tetsy ankilany, ny fanokafana kôlejy, ary tetsy andaniny indray ny fanorenana sampana salezianina ambehivavy.

Ary azo lazaina fa avy amin'Andriamanitra tokoa ireo «dingam-baovao» nirotsahan'i Don Bosco ireo, fa tsy vokatry ny hambom-pon'olombelona fotsiny: satria sady tsy lefin'ny fisedrana maro endrika no niroborobo sy nitondra soa ho an'ny zanak'olombelona marobe mandrak'ankehitriny. Ny voany no ahafantarana ny hazo (Mat. 7, 15-20). *"Ary maharitra sady tsy hay ravana izay avy amin'Andriamanitra* "(Asa 5, 33-39).

21

Tebiteby sy fanantenana...

Tsy maintsy manao dia mianotra kely indray eto ny famisavisana ny zotram-piainan'i Don Bosco, ka hitampody any amin'ny faramparan'ny taona 1869 sy ny taona vitsivitsy manaraka. Satria nisy zava-nitranga nivelomany, ary tsy azo odian-tsy hita, niara-dalana tamin'ny fanokafana kôlejy samihafa sy ny fanorenana sampana salezianina ho am-behivavy.

Nisy ny zava-nitranga nahavelon-tebiteby. Fa nisy koa ny nahavelom-panantenana...

Ny kônsily Vatikanina Voalohany (1869-1870) sy i Don Bosco

Anisan'ny zava-nitranga nifaningotra tamin'ny zotram-piainan'i Don Bosco ny kônsily Vatikanina Voalohany tao Rôma izay nahavory eveka marobe sy pretra isan-tokony, avy amin'ny lafivalon'izao tontolo izao: tsy latsaka ny fitonjato ny isan'ny mpandray anjara tamin'ity Kônsily ity, izay nisokatra tamin'ny 8 desambra 1869.

Kônsily nitety onja mahery vaika

Efa telonjato taona sahady no nikoriana taorian'ny nahavitan'ny kônsily farany natao tao *Trente* (1545-1563). Notandindomin-doza nampitebiteby tokoa ny Fiangonana tamin'ny taonjato faha-19, ka dia nandefa antso avo ny Papa Pio faha-9 (1846-1878) mba hahatsapan'ny mpitondra fiangonana tamin'ny

firenen-tsamihafa fa ilaina ny fanaovana Kônsily hanoritana lalan-kizorana. Sori-dalana roa no napetraky ny Papa Pio faha-9 hodinihina tamin'izao Kônsily izao:

- *Tetsy ankilany*: ny famariparitana mazava ny fampianarana katôlika manoloana ireo «fahadisoana môderna» toy ny «positivisme», ny «rationalisme», ny «scientisme» mbamin'ny «libéralisme» izay niara-dalana tamin'ny «franc-maçonnerie» fatra-panenjika ny Fiangonana...

- *Ary tetsy andaniny*: ny famaritana sy fanamafisana ny fampianaran'ny Fiangonana hoe: «tsy mety diso ny Papa rahefa mampianatra momba ny finoana».

Tsy nizotra mora anefa ny Kônsily na dia nazava aza ny lohahevitra niompanan'ny fifampidinihana. Satria teo anivon'ny vanimpotoana efa nanjakan'ny fankahalam-piangonana maro endrika, dia nanao fihetsiketsehana tao Naples hanoherana ny Kônsily koa ny «franc-maçonnerie» italianina: ary anisan'ireo voalohany nanohana izany fihetsiketsehana tao Naples izany ilay tia tanindrazana italianina Joseph Garibaldi (1807-1882) mbamin-dry Victor Hugo mpanoratra frantsay (1802-1885)...

Eny! Tsy nilaozan-tebiteby tokoa ny fiainan'ny Fiangonana teo am-panaovana Kônsily tamin'ny faramparan'ny taona 1869 sy nandritra ny taona 1870. Nefa na nisy aza ny onja mahery vaika nifandafatra tamin'ny Fiangonana dia tsy azo lavina koa ny fisian'ny hafatra nahavelom-panantenana nentin'i Don Bosco manokana ho an'ny Papa Pio faha-9 teo amin'ny voalohandohan'ny taona 1870.

Hafatra misarim-paminaniana ny hoavy

20 janoary 1870: nandao an'i Turin ho any Rôma i Don Bosco ary tonga tao tamin'ny 24 janoary. Dia nihaona indroa tamin'ny Papa Pie faha-9 izy tamin'ny 8 febroary. Naharitra ela tokoa ny fihaonana isanisany. Nangatahin'ny Papa manokana izy, tamin'izany, mba hanoratra boky kely antonona ny sarambaben'ny

kintana momba ny tantaram-piangonana sy ny «tsifahadisoan'ny Papa eo amin'ny fampianarana ara-pinoana».

Nanaiky ny fangatahan'ny Papa i Don Bosco. Ka dia noraisiny ho andraikitra, nandritra ny taona 1870, ny fanatontosana ilay boky kely nampitondrainy ny lohateny hoe: *«Tantaram-piangonana»* (histoire ecclésiastique), izay nalefany tamin'ireo mpanao famandrihana rehetra tamin'ny «Vakiteny katôlika»...

Fa taorian'iny andro nihaonana indroa iny, dia mbola afa-nihaona manokana tamin'ny Papa indray Don Bosco (12 febroary 1870). Ary tamin'izay no natolotr'i Don Bosco an'i Pio faha-9 ilay hafatra mahavelom-panantenana napetrany an-tsoratra: takelaka vitsivitsy mirakitra fahitana misarim-paminaniana ny hoavy.

Araka ny voarakitra ao amin'ireo takelaka ireo ary, dia tamin'ny hariva mialoha ny Epifania na Fisehoana, tamin'ny fiandohan'ny janoary 1870, no nahitan'i Don Bosco ireo fambaran'ny hoavy noraketiny an-tsoratra: «... toa nanjavona avokoa ireo kojakoja amam-pitaovana tao an'efitranoko ary zava-mahagaga no indro nobanjiniko teo anoloako. Fotoana fohy dia fohy no naharetan'izany, nefa nahita zavatra maro aho».

Miendrika teny faminaniana lazaina amina sarisarin-teny ny hafatra noraketin'i Don Bosco an-tsoratra. Mifamahofaho ao anatin' izany na fampitandremana, na filazana ny hoavy, na antso, ka somary somambisamby sy mifono mistery ihany ny zavatra sasany. Fa ny tena mazava sy nahasarika ny sain'ny Papa Pio faha-9, dia ilay hafatra mikasika ny Papa sy ny hoavin'ny Fiangonana mbamin'ny teny filazana ny loza hanjo an'i Napoléon faha-3 sy i Frantsa, izay nanjakan'ny lalàna mitsipaka an'ilay Mpahary an'izao tontolo izao.

Mikasika ny kônsily Vatikana Voalohany, indrindra ny fizotrany, ary ny fiainam-piangonana aty aoriana, ny voalazan'ilay hafatra misarim-paminaniana momba ny Papa sy ny Fiangonana. Tsoriny fa miantefa amin'ny Papa ny «Feon'ny lanitra» ary milaza aminy hoe:

«Eo anivon'ny Fivoriambe miaraka amin'ireo Mpanolotsaina anao ianao, nefa tsy mety miala sasatra na kely akory aza ny fahavalon'ny tsara. Mikaroka izay vela-pandrika rehetra hamelezana anao izy. Hamafy fisaraham-bazana eo anivon'ireo mpanolotsaina anao izy ary hanangam-pahavalo hanohitra anao avy amin'ireo zanako ihany. Hamoaka afo ireo herin'izao taonjato izao ary hanao izay hahafaty ankaranany ny teny ao am-bavan'ireo Mpiambina ny lalàko. Tsy hitranga anefa izany. Hisotasota ireo fahavalo, nefa handrora mitsilany izy ireo, ka hahavoa tena. Ianao kosa, mandehana haingana: raha tsy voavaha mora ny olana, dia raiso ny fanapahana hentitra. Raha sendra tafiditra ao anatin'ny tebiteby ianao, dia aza miato fa tohizo hatrany mandra-pahatapaky ny lohan'ilay loharanon'ny fampihorohoroana. Hampihovitrovitra ny tany sy ny afobe izany fanapahana izany, nefa hahita fandriampahalemana izao tontolo izao ary hiravoravo ny tsarafanahy. Mpanolotsaina roa ihany àry no antsoy ho eo anilanao, nefa na aiza na aiza alehanao, dia tohizo ary tontosao ny asa izay nankinina aminao.
Misosa be ny andro, mandroso ho amin'ny isa voafetra koa ny taonanao. Nefa ho vonjinao mandrakariva ilay Mpanjakavavy lehibe ary toy ny hatrizay teny an-tsahan'ny lasa, dia izy hatrany no Reny lehibe sy mahery vonjin'ny Fiangonana».

Ary voalazan'i Don Bosco ao amin'ilay rakitsorany koa ny hoavin'ny Papa Pio faha-9: «Efa be taona, zary osa, tsy manampiarovana ary mahantra na dia mbola mampangovitra an'izao tontolo izao amin'ny teny aza...».

Mbola nijanona andro vitsivity tao Rôma i Don Bosco taorian'ilay fihaonana nanomezany hafatra an-tsoratra misarimpaminaniana hodinihin'ny Papa Pio faha-9 sy hankaherezana azy koa. Maro ny eveka nihaonany nandritra ireo andro vitsivitsy ireo. Ary nohararaotiny ireny fihaonan-tsamihafa ireny hankaherezana azy ireo hanafaingana ny famaritana ny «tsifahadisoan'ny Papa eo amin'ny fampianarana ara-pinoana». Dia fantatry ny maro tamin'ny alalan'izany fihetsik'i Don Bosco izany ny fitiavany ny Fiangonana. Faly dia faly tamin'ny zotompon'i Don Bosco mihitsy aza ny Papa, araka ny filazan'i Don Lemoyne, ka nanipy teny taminy hialany tany Turin sy honenany ao Rôma. Nandà anefa i Don Bosco, satria

noheveriny fa hitondra faharavana ho an'ny Fikambanana Salezianina ny fialàny tao Turin....

Dia nandao an'i Rôma i Don Bosco tamin'ny 22 febroary 1870.

Nizotra miadana kosa ny fifampidinihana tao amin'ny Kônsily. Ary tafavoaka soa aman-tsara ny fanambarana mitondra ny lohateny hoe *«Dei Filius»* (Ny Zanak'Andriamanitra), tamin'ny 24 avrily 1870: famelabelarana ny momba an'Andriamanitra sy ny Finoana izy io ary voasoritra ao fa tsy mifanohitra ny siansa sy ny finoana, raha tena voapetraka amin'ny toerana tandrify azy avy, satria samy avy amin'Andriamanitra izy ireo...

Nefa nihasarotra ny fandehan-draharaha tao amin'ny Kônsily rahefa ny famaritana ny «tsifahadisoan'ny Papa» no natrehina, nanomboka tamin'ny 15 mey 1870. Hita soritra miandalana teto amin'ity dingam-pandalinana ity ny fahatanterahan'ireo *«fahitana misarim-paminaniana»* nampitain'i Don Bosco an-tsoratra tamin'ny Papa Pio faha-9.

Tanteraka ireo fahitan'i Don Bosco

Tetsy andaniny manko, dia tafiditra tao amin'ny samy mpivory ny fisarahambazana vokatry ny tsy fitovizam-pijery ny toe-draharaha. Ny ankamaroan'ny mpivory dia nankato ny famoahana Didihitsivolana mamaritra ny «tsifahadisoan'ny Papa». Nefa nisy koa ny vitsy an'isa nitsipaka an'io Didihitsivolana io: eveka enimpolo lahy avy amin'ny firenen-tsamihafa: ao ny frantsay, ny alemà ary ny italianina sy amerikanina. Ny fiheverana an'io Didihitsivolana io ho vatomisakana ny fifanatonana amin'ireo Fiangonana Prôtestanta no tena fototr'izany fitsipahana izany. Moa ve tsy niharihary teto ny fahatanterahan'ny fahitan'i Don Bosco ny hoavy izay mitrotro fisarahambazana?...

Tetsy ankilany indray, teo anatrehan'ny fisavorovoroana sy ny fisarahambazana tafiditra teo amin'ny samy mpivory, dia nampiasa imbetsaka ny fahefana naha-Filohan'ny Fiangonana hita maso azy ny Papa, mba handaminana toe-draharaha sy hahatsapan' ny mpivory fa tokony hankatoavina io Didihitsivolana io. Toa hita taratra ao anatin'izany fihetsiky ny Papa izany koa ny fampiharana ny hafatra fankaherezana nampitain'i Don Bosco an-tsoratra taminy hoe: «... raha tsy voavaha mora ny olana, dia raiso ny fanapahana hentitra...».

Dia inona tokoa?...

Nony ela, dia nankatoavin'ny Kônsily ihany ilay Didihitsivolana mamaritra ny *«tsifahadisoan' ny Papa rahefa mampianatra momba ny finoana»*: 18 jolay 1870 tamin'izay!...

Taorian'ny fifampidinihana naharitra am-bolana momba ny famaritana ny «tsifahadisoan'ny Papa», dia noraisina ny fanapahankevitra fa hiato kely mandritra ny volana iray ny asa fikarohan'ny Kônsily, alohan'ny hamolavolan-kevitra mikasika ny eveka. Tsy araka ny vinavina natao anefa ny fizotran'ny tantara. Satria nisy ady sy fifandonan-tsamihafa nampisavorovoro an'i Eorôpa.

Dia ho hita taratra eo anivon'izany savorovoro izany koa ny fahatanterahan'ireo hafatra misarim-paminaniana noraketin'i Don Bosco an-tsoratra: na ny mikasika an'i Frantsa sy i Napoléon, Amperorany izany, na ny momba ny fahantrana hianjady amin'ny Papa efa anivom-pahanterana (78 taona).

Namaky ady tamin'i Prusse i Napoléon faha-3 tamin'ny 19 jolay 1870. Fahavoazana bevava anefa no vokatr'izany teo amin'i Frantsa sy ny Frantsay. Nifanesisesy ny faharesena tetsy sy teroa. Nibaribary miandalana teto ny fahitana nambaran'i Don Bosco hoe: *«ny fahavalonao dia hampiditra anao* (Frantsa) *ao amin' ny tebiteby sy ny mosary ary ny tahotra mbamin' ny fankahalan' ny firenena* ...». Ny faharesena tao Sedan tamin'ny 2 septambra 1870 no faradoboka tamin'ireo faharesena nifandimby nandavo an'i Frantsa: nilavolefona sy naiditra am-ponja i Napoléon faha-3.

Nahitan'ny Fitondrana italianina tombontsoa tokoa izao faharesen'i Napoléon izao, satria nihena ny isan'ny fahavalo. Moramora kokoa hoan'ny tafika italianina, ankehitriny, ny manafika an'i Rôma. Nahazo baiko ho amin'izany ny miaramila enina alina (60.000) teo ambany fitarihan'ny Jeneraly Raphaël Cadorna. Atody tsy miady amam-bato ihany ny tafiky ny Papa notarihin'ny Jeneraly Kanzler, teo anatrehan'izany: iray alina sy efatra arivo fotsiny no isan'ireo miaramila tao amin'ny tafiky ny Papa. Maro ny olona nanoro hevitra ny Papa, teo anatrehan'ny toe-javatra, mba handao an'i Rôma ho any Malte, na ho any Espagne, na ho any Amerika. Tapakevitra hijanona tao Rôma kosa anefa ny Papa. Saingy ho fialana nenina, dia mba nanontany manokana ny hevitr'ireo olo-nitokiany izy. Nazava ny valitenin'i Don Bosco, izay anisan'ireo nilany hevitra manokana: «Aoka ny mpiambina mitily hijanona eo amin'ny toeram-pitiliany, ka hiambina ny vatolampin' Andriamanitra sy ny Sambofiara Masina». I Don Cagliero no nasain'i Don Bosco nandika an-tsorakaliana izany hafatra nalefany maika avy any Turin ho an'i Papa izany.

Dia nijanona niandry izay higadonan'ny fanafihana tao Rôma ny Papa Pio faha-9...

20 septambra maraina: efa voahodidina i Rôma! Dia injany fa manako tsy lavitra ny fonenan'ny Papa intsony ny feon-tafondro. Ary tamin'ny folo ora maraina latsaka kely, dia voarain'ny Papa ny vaovao milaza fa efa voarodan'ny tafika italianina ny mandan'ny tanàna...

Nasain'ny Papa natsangana teo an-tampon'ny rova "Castel Sant Angelo" ny saina fotsy ary nomeny baiko hitolo-tena ny Jeneraly Kanzler. Tsy dia be loatra ny aina nafoy sy ny olona naratra tamin'ny fifandonana: 56 ny maty ary 141 ny naratra tamin'ny tafika italianina; 20 kosa ny maty ary 49 ny naratra tamin'ny tafiky ny Papa. Nefa na dia tsy nidangana aza ny tarehimarika, dia tsy azo lavina, fa mangirifiry mandrakariva amin'ny olombelona mandala ny aina ny fahafatesan' olona vokatry ny ady.

Resy tokoa i Rôma! Babo! Ary tsy nananosarotra tamin'ny italianina mpandresy intsony ny nandrombaka ny ankamaroan'ireo

Fanjakana teo ambany fifehezan'ny Papa... Tanteraka eto ilay «fahantran'ny Papa» nambaran'i Don Bosco tao amin'ilay hafatra misarim-paminaniana nosoratany. Ary araka ny voalazan'i Don Lemoyne, dia «tamim-pahatonena mahagaga tokoa no nandraisan'i Don Bosco, tao Lanzo, ny faharesen'i Rôma: toy ny hoe efa fantany hatramin'ny ela ny zava-mitranga».

Ny Papa kosa, tamin'izay, nampita hafatra tamin'ireo mpandray anjara tamin'ny Kônsily mbola tao Rôma fa tsy maintsy ahantona ny fankalazana ny «Kônsilin'i Vatikanina». Satria sarotra ho an'ny Mpivory, «eo anivon'izao toe-javatra mampalahelo izao ny hanana ny fahalalahana sy ny fandriampahalemana ilaina» hahatomombana ny fandinihana ny raharahan'ny Fiangonana...

Nifarana tamin'izao fahababoan'i Rôma izao ny endri-pifehezana nananan'ny Papa sy nifandovana nandritra ny taonjato maro nifandimby. Nijanona ho Filohan'ny Fiangonana kosa ny Papa Pio faha-9, na dia nendahin'ny italianina taminy aza ny ankamaroan'ireo Fanjakana kely nofeheziny hatrizay... Nandia fotoam-baovao, tsy hay faritana endrika mialoha indray ny Fiangonana nanomboka teto!

Notandindomin-doza ny Salezianina

Herintaona mahery kely taorian'ny toe-javatra nifamahofaho teo amin'ny fiainam-piangonana, dia notandindomin-doza nampitebiteby koa ny Fikambanana Salezianina vao misandratra sy mbola marefo.

Torana nianjera tamin'ny tany i Don Bosco tamin'ny 6 desambra 1871. Nandalo tao Varazze izy tamin'izay: 40 km eo ho eo any andrefan'i Gênes no misy an'i Varazze. Nahian'izay nanatrimaso teo ho tapaka lalan-drà izy. Nobatain'izy ireo izy ary nentina hampandriana tao amin'ny tranon'ny Salezianina eo an-toerana.

Nihanazava ny soratr'aretina, andro vitsivitsy taty aoriana. Ary hita fa tena areti-mandoza tokoa no nahazo an'i Don Bosco. Rakotra hatina madinika sady mafy tsikelikely ny vatany. Mila tsy ho zakany ny fanaintainana. Ny hafanana koa eo andanin'izany misondrotra dia misondrotra, ka mampitebiteby be ihany. Nomena ny Sakramenta fankaherezana ny marary ambavahaona i Don Bosco...

Velon-tebiteby be ihany koa ny tao Valdocco, any Turin, rahefa nahare ny vaovao! Velom-panontaniana ny maro! Inona no hiafaran'ny Fikambanana Salezianina mbola marefo ity, raha maty amin'izao i Don Bosco? Dia ho aiza daholo ireto tanora anjatony maro karakarainy? I Don Rua, tanan-kavanany mbola vao efatra amby telopolo taona; hahadimby ray ela nihetezana ve izy, raha izao no lasa i Don Bosco?

Naharitra roa volana ilay aretina nampitebiteby. Nidina tany Varazze avy any Turin, hiandry an'i Don Bosco, i Pierre Enria, ilay ankizilahy kely nanjary kamboty tampoka tamin'ny 1854, noho ny aretina kôlerà. Dia izy no nampita hafatra matetika tamin'i Joseph Buzzetti, mba hahafantaran'ny tao Valdocco ny toe-pahasalaman' ilay ray iombonana mamy hoditra tamin'ny zanany rehetra, na lehibe na kely.

Tao ny hafatra nampitebiteby fatratra toy izay nalefan'i Pierre Enria tamin'ny 23 desambra 1871: «Amin'alahelo be tokoa no anomezako vaovao tsy dia tsara loatra momba ny raintsika mahaontsa. Tsy nilaozan'ny tazo mihitsy izy androany. Kotsa foana izy nandritra ny andro, satria nivoan-dinitra izaitsizy. Nampatahotra ahy matetika mihitsy izy, satria miantsoantso be izany izy eo am-panofisana. Manatona ny fandriany aho, nefa lazainy fa tsy misy ninoninona.

- Buzzetti â! Tena malahelo mafy tokoa aho, ka toa tsy manankery hanoratra intsony. Miangavy anao aho: ilazao ny any Valdocco mba hivavaka, nefa amin'ny fo manontolo; dia hamindra fo amintsika i Jesoa-Zazakely.

Amin'ny roa ora maraina izao; toa mba matory kely indray izy ankehitriny.

Mirary fety soa ho anareo rehetra aho. Izaho kosa hankalaza izany Noely amim-po rotika eto anilam-pandrian'ilay raiko sady ray malalanareo tokoa».

Fa nisy koa anefa, taorian'izay, ny hafatra nahavelom-panantenana nalefan'i Pierre Enria ho any Valdocco, toy ny tamin'ny 3 janoary 1872: «Ry Buzzetti malala! Mihatsara mandrakariva, nefa miadana, ny fahasalaman'ilay ray mamintsika. Mbola mitohy mivoaka aminy foana ireo hatina madinika izay mampijaly azy kely ihany sady mampanavy azy kely koa».

Rahefa tena salama kokoa aza i Don Bosco, taty aoriana kely, dia ampy nahavelom-panantenana ny zanany rehetra tao Valdocco, ny hafatra fohy (telegrama) nalefan'i Pierre Enria ho an'i Buzzetti: «Fety omaly. Nitsangana i Dada. Hahafaly ny famangianao. Salama tsara androany...».

Avy hatrany dia niely tao amin'ny *Oratorio* ny teny hoe «Nitsangana i Dada» ary nitondra hafaliana tsy hay lazaina tao Valdocco... Tsy andrin'ny maro ery, indrindra i Buzzetti, izay hiverenan'i Don Bosco ao amin'ny *Oratorio*!

Teo andanin'izany, dia nihatsara hatrany tokoa ny fahasalaman' i Don Bosco, araka ny hafatra mitohy avy any amin'i Enria. Tsindriandaona be ihany aza, hono, i Don Bosco ny handao an'i Varazze hody any Valdocco. «Imbetsaka izy - hoy i Enria - no niloa-bava nametsovetso izany andro hodiany izany...».

Dia afa-nody tany Turin tokoa i Don Bosco tamin'ny 15 febro-ary 1872. Niandry azy tao amin'ny Fiangonampiandrianan'i Maria Vonjin'ny Kristianina ireo tanoran'i Valdocco sy ny sakaizany marobe. Niditra avy aty amin'ny varavarambe afovoany izy ary namakivaky ny fiangonana nandroso nankeny amin'ny toera-malalaka misy ny ôtely. Ary raha vao tody teo ny diany, dia notarihin'i Buzzetti ny salamo fiderana an'Andriamanitra: *«Hobio ny Tompo, ry zaza»* (Laudate, prueri, Dominum). Nandohalika nanoloana ny ôtely sy teo an-tongotry ny sarivongan'i Maria Vonjin'ny Kristianina kosa i Don Bosco ary nivavaka ela teo. Avy

eo izy vao nisaotra ireto tanorany nandray azy sy nitaona azy ireo hisaotra an'i Masina Maria...

Hafaliana tsy hay lazaina ny an'ny *Oratorio* manontolo. Ny an'i Pierre Enria sy i Joseph Buzzetti aza, dia oroka nombandranomasom-pifaliana no nifampiarahabana tamin'izao androm-pahasoavana izao! Velona ihany manko i Don Bosco, ilay ray be fitiavana iombonana!

Eny! Mafy tokoa ny aretina namely an'i Don Bosco, ka nahakely fanantenana ny maro! Na i Don Bosco aza dia nahatsapa ny hamafin'ny aretina nianjady taminy, dia niloa-bolana mihitsy izy taty aoriana hoe: «Tokony ho faty tany Varazze aho. Ny taona rehetra taorian'iny aretina iny dia fanomezana natolotr' Andriamanitra manokana ho an'ny zanako tsirairay avy...».

Nitondra fanantenana vaovao ho an'ny maro indray ary nampisinda ny tebiteby efa nampihoron-koditra ny fahasitranan'i Don Bosco sy ny fiverenany tao Valdocco. Nisava teo ny nofy ratsy!

Dia nandimby ny andro ratsy ny fotoam-pahasoavana: nandray ny akanjo naha-relijiozy azy ny masera Zanakavavin'i Maria Vonjy dimy ambin'ny folo, tamin'ny 15 aogositra 1872, ary nanao voady fanokanan-tena mandritra ny telo taona koa ny iraika ambin'ny folo tamin'ireo. Nanatrika izany fotoam-pahasoavana izany tamim-pitiavana nombam-pinoana sy hafaliana ary fanantenana i Don Bosco. Nanazava ny faravodilanitra tokoa ny masoandrom-panantenan'ny maro tao Valdocco noho ny fahasitranan'i Don Bosco sy ny firoboroboan'ny Fikambanana Salezianina ho am-behivavy, ankoatry ny fanokafana kôlejy samihafa (efatra no nosakafana teo anelanelan'ny taona 1864 sy 1872: Lanzo, Alassio, Marassi ary Varazze)!

Marina fa nampanjombona sy nampitomany an'i Don Bosco ihany ny nahafatesan'i Don Borel, tao Valdocco, tamin'ny 9 septambra 1873. Satria sakaiza tsy mahafoy namonjy azy hatrany tamin'ny sarotra ity teôlôjianina ity ary lalina ny fankamamian'i Don Bosco an'i Don Borel, ka hoy ny vetsovetsony teo am-pamoi-

zana an'ity sakaizany: «Toa pretra tsy dia manao ahoana no fijery azy, nefa tsy hahavita ny soa nataon'iny mpanompon' Andriamanitra iny ny pretra tsara folo hafa». Eny! Nafaitra ho an'i Don Bosco ny fahafatesan'i Don Borel.

Nefa moa na teo aza ny sedra naterak'izao fisarahana izao, dia tsy very fanantenana i Don Bosco tao amin'ny fanatrehana ny zava-kinasa hoenti-manatsara ny asan'ny Fikambanana Salezianina bebe kokoa.

Ireo mpikambana tsy relijiozy na «Mpiaramiasa salezianina»

Anisan'ny fikasana novolavolain'i Don Bosco hoenti-manatsara ny asam-pikambanana tokoa ny fandraisana mpiaramiasa laika ho anisan'ny Salezianina (*Coopérateurs Salésiens*). Fikasana tena nananan'i Don Bosco fanantenana io, ka nifikirany hatrany teo anivon'ny zava-nitranga samihafa, nefa tsy azo lavina koa fa nahitany fahasahiranana sy fisedrana ihany ny fanatanterahana azy.

Antony lehibe tsy azo odian-tsy hita ara-tantara no nahatonga an'i Don Bosco hifikitra mafy tamin'io vinavina io.

Nampivoatra ny asan'i Don Bosco ny laika

Raha jerena tokoa manko ny tantaran'ny asa fanasoavana ny tanora nosahanin'i Don Bosco, hatrany am-piandohan'ny fananganana *Oratorio* tamin'ny 1841, dia nanana ny anjara toerany tsy azo lavina tamin'ny fanampiana azy koa ny laika, ankoatry ny pretra sy ny relijiozy. Nisy laika mandrakariva nanampy an'i Don Bosco teo amin'ny fikarakarana ireo tanora marobe nifandimby nandalo teo am-pelatanany. Tao ny laika avy amin'ny fianakaviana andriana mpanefoefo; anisan'ireny ry Ingahy Cays izay lasa pretra salezianina tamin'ny androm-pahanterany, ry Ingahy Fassati de Montemagno, ry Ingahy Callori Vignale mbamin-dry Ingahy Sca-

rampi de Pruney. Fa tao koa ny mpiasa tsotra sy mpivarotra, toa andry Joseph Gagliardi izay hahafoy ny fotoan-tsy iasany sy ny tahiry keliny ho an'ireo tanoran'ny *Oratorio* tao Valdocco. Tao ny nanampy an'i Don Bosco tamin'ny fampianarana «fandalinampinoana» rahefa alahady sy amin'ny andro hafa tsy fiasana; tao koa ny nanampy azy tamin'ny fampianaran-kariva sy tamin'ny fanarahamaso ny tanora. Ary ny sasany hafa indray nirotsaka tamin'ny fitadiavana asa tsara ho an'ireo tanoran'i Don Bosco, indrindra ireo tafavoaka avy any am-ponja...

Fa ankoatr'ireo lehilahy isan-tokony niara-niasa tamin'i Don Bosco tamin'ny fomba maro endrika ireo, dia nisy koa ny renimpianakaviana nanaiky ho renin'ireo ankizilahy marobe tao amin'ny *Oratorio*. Tao ry Neny Marguerite, renin'i Don Bosco. Tao ny renin'i Don Rua sy i Michel Magone. Tao ny rahavavin'i Neny Marguerite mbamin'ny renin'i Mômpera Gastaldi izay ho lasa eveka aty aoriana, ka handrenesan'i Don Bosco fangirifiriana ny fanekena azy.

Asa maro karazana tandrify ny vehivavy no nosahanin'ireo «reny» nifandimby tao amin'ny *Oratorio* ireo: voly anana, fiketrehana, fandaminan-trano, sy ny sisa maro hafa... Ramatoa Gastaldi aza dia nanolo-tena hanara-maso ny fahadiovan'ireo ankizilahy tsirairay avy: voajeriny akaiky hatramin'ny fahadiovan'ny fandriana, satria nisy tokoa ny ankizilahy tsy nahakarakara tena raha tsy narahi-maso toy izany.

Ankoatr'ireo nanolo-tena hanampy an'i Don Bosco tamin'ny asa mivantana tao amin'ny *Oratorio*, dia nisy koa ary maro ny laika nandray anjara tamin'ny fikolokoloana ireo tanoran'ny *Oratorio* tamin'ny alalan'ny fanomezana ara-bola: tao ny raiamandreny mpanefoefo nanan-janaka pretra, tao ny mpitahirivola, tao aza ny mpanao «asa tanana» tsotra nanome tsy tapaka izay mba tahiry keliny...

Raha fintinina arak'izany àry, dia tsy azo kosehina eo amin'ny sahan'ny tantara fa tena nampivoatra sy nampiroborobo ny asa

fanabeazana nosahanin'i Don Bosco ny fanampian'ny laika samihafa, na lahy na vavy, tamin'ny fomba maro endrika...

Salezianina miorina any ivelany: fanandramana tsy nahomby sy nanahirana

Noho izany anjara toerana lehibe nananan'ny laika teo amin'ny fampiroboroboana ny asan'ny *Oratorio* izany, dia noheverin'i Don Bosco fa mety tokoa raha havondrona amina fikambanana iray ireo laika mpiaramiasa rehetra.

Tamin'ny taona 1850 no nanaovany voalohany izany fanandramana izany. Laika fito lahy tena nitokisany ary samy katôlika no nandramany navondrona tamin'izay. Tsy nahomby anefa izany fanandramana izany.

Tamin'ny taona 1864, dia nanandrana nanangana ilay fikambanana indray i Don Bosco. Nasiany «toko manokana» momba izany tao amin'ny Fitsipiky ny Fikambanana Salezianina izay nentiny tany Rôma hangataham-pankatoavana tamin'ny Papa. Nolazainy tao amin'izany toko izany fa afaka ho tonga Salezianina na dia ny olona mipetraka any amin'ny fianakaviany aza. Tsy misy voady fanokanan-tena hatao amin'izany. Fa ny fiarahamiasa amin'ny Salezianina eo amin'ny fikarakarana ny ankizilahy mahantra no tena maha-mpikambana. Hantsoina hoe *«Salezianina monina any ivelany»* ny mpikambana toy izany. Ary voalazan'ny andininy faha-5 mazava fa ny Salezianina rehetra niala tao amin'ny Fikambanana, noho ny antony ara-drariny, dia manjary *«mpikambana monina any ivelany»*.

Nolavin'ny tao Rôma ny fankatoavana an'io toko io. Nikiry tamin'ny fikasany ihany anefa i Don Bosco ka nikaro-dalana hafa hoenti-manatratra ny tanjona. Novany kely aloha ny fomba nanolorana ilay «toko manokana» nirîny hankatoavina; saingy tsy nahazo valiny mahafapo izy. Dia nataony karazana fitsipika fanampiny indray ilay toko mikasika ny Salezianina Laika; nefa tsy nahomby koa ny tetika... Koa mba hahazoany ny fankatoavan'ny

Papa ny Fitsipiky ny Fikambanana, dia voatery i Don Bosco nanaiky hanala ilay «toko manokana». Ary noho io fanekeny io, dia nankatoavin'ny tao Rôma ny Fitsipika Salezianina tamin'ny taona 1874.

Rahefa hitan'i Don Bosco fa nolavina hatrany ny fikasany handray «mpikambana Salezianina monina any amin'ny fianakaviany ihany», dia niezaka nikaro-dalan-kafa indray, mba tsy hanaovana tsinontsinona ny mpiaramiasa laika izy. Izany Fikambanan'i Md François de Sales izany indray no novolavolainy, nanomboka tamin'ny 1874; ary efa nosoritany ambangovangony ny momba izany Fikambanana izany. Zavatra telo lehibe no nosoritan'i Don Bosco ho tanjona tratrariny:

1- manao soa ho an'ny tena ihany amin'ny alalan'ny asa fitiavana ny mpiarabelona, indrindra ny fitiavana ny ankizy mahantra sy tsy manana mpiahy;

2- mandray anjara amin'ny asam-pivavahana amam-pinoana tontosain'ny Salezianina;

3- manangona ny ankizy mahantra, manabe azy ireo ao an-tranon'ny tena ary miaro azy ireo amin'ny loza maro endrika.

Toa tsy narisika tamin'izany anefa ireo tale salezianina nilàny hevitra. Sahiran-tsaina noho izany i Don Bosco, ka niloa-bolana hoe: «Tsy azonareo ny hevitro. Nefa ho hitanareo fa io fikambanana io no ho tohanain'ny Fikambanantsika. Mba diniho ihany e!...».

Mpiara-miasa salezianina

Tamin'ny taona 1876 i Don Bosco vao nahita ny lala-mazava sy velom-panantenana ny amin'ilay Fikambanana nokasainy hajoro. Nantsoiny hoe *«Mpiaramiasa Salezianina»* ny fikambanana masina ivondronan'ireo laika mpifarimbona amin'ny asan'ny Salezianina. Najorony sy natontany printy haingana ny fitsipika mifehy azy ireo ary nalefany tany amin'ny Papa hangataham-pankatoavana... Ny taratasy fankatoavana avy amin'ny Papa Pio faha-9 no niverina avy any Rôma niaraka tamin'ilay «fitsipika» tamin'ny 9 mey 1876.

Tody an-tseranana ihany, nony ela, ilay fikasana matotra nitety onjam-pisedrana samihafa, teny anivon'ny taona maro nifandimby!...

Ireo tanjona toa toko telo mahamasa-nahandro efa nosoritany tamin'ny taona 1874 ihany no notazoniny ho zava-kendren'ny Fikambanana. Ary mitovy amin'ny an'ireo Salezianina pretra sy relijiozy ihany ny lalana enti-manatratra ireo tanjona ireo: fandinihan-tena eo anatrehan'Andriamanitra, fampiroboroboana ny fiantsoana ho pretra, fampielezana gazety mahasoa, vavaka sy asa fiantrana.

Niteraka fisavorovoroana ihany ity teny hoe «asa fiantrana» ity, satria nahatonga ny Salezianina sasany hihevitra fa voafetra ho eo amin'ny fanampiana ara-bola fotsiny ihany ny anjara toeran'ny «Mpiaramiasa Salezianina». Tsy neken'i Don Bosco mihitsy izany fanamaivanana ny «Mpiaramiasa Laika» izany.

Nambarany mazava tsara, tao Toulon, tamin'ny diany tany Frantsa tamin'ny 1883, ny zava-kendren'ny fikambanan'ny «Mpiaramiasa Salezianina»: tsy natao ho mpanangona rakitra amam-panomezana ho an'ny Salezianina fotsiny ihany ny mpiaramiasa; «fa tsy maintsy miezaka koa izy ireo hifarimbona amin'ny famonjena ny mpiarabelona, indrindra ny tanora».

Nanao izay tratry ny ainy tokoa i Don Bosco nanazava ny sain'ny olona mba hiroboroboan'ilay fikambanan'ny «Mpiaramiasa Salezianina». Ary nisy vokany nahavelom-panantenana azy izany ezaka nataony izany. Hitany tao Italia ny valin-kasasarany: tao Gênes sy tao amin'ny faritr'i Liguria no tena niroborobo ny fikambanan'ny «Mpiaramiasa». Nahavelom-panantenana an'i Don Bosco koa ny fivoaran'ilay Fikambanana masina tany Frantsa, indrindra tao Nice sy Marseille izay nahitany «Mpiaramiasa» tena feno risipo. Ary tsy latsa-danja noho ny tamin'ny toeran-kafa koa ny Fikambanana tany Espagne: anisan'ny «Mpiaramiasa» niavaka indrindra Ramatoa Dorotea de Chopitea izay nahafoy tena tokoa, ka nanjary «renin'ny asan'ny Salezianina».

Tetezamita ikolokoloam-pihavanana

Noheverin'i Don Bosco fa tokony hokolokoloina, amin'ny alalan'ny gazety kely, ny firaisam-po amam-pihavanan'ny «Mpiaramiasa Salezianina» isan-tokony, mba hiroboroboan'ny asan'ny Fikambanana Salezianina manontolo. Ho tetezamita hampifandray ny samy «Mpiaramiasa» izany gazety izany sady ho fitaovam-pifandraisan'ny «Mpiaramiasa Salezianina» ihany koa amin'ny Foibe salezianina. Izany no nanorenany ny gazety kely «Bollettino Salesiano» (Bulletin Salésien). Tamin'ny volana aogositra 1877 no nivoaka ny laharana voalohany.

Zava-dehibe ho an'i Don Bosco io gazety io, ka dia izy ihany no nanomana ireo laharana voalohandohany. Ary rahefa tsy afaniantsoroka izany adidy izany intsony izy dia i Don Bonetti, iray amin'ireo mpanolotsainan'ny Fikambanana, no notendreny handimby azy. Dia nasain'i Don Bosco nandefasana an'ity gazety kely ity na olona te handray sy hamaky azy na olona tsy dia niraika tamin'izany.

Anisan'ny naseho tao ny voalohan-taratasin'ireo misiônera salezianina, izay nankafizin'ny mpamaky maro, na tanora na olondehibe. Maro mpankafy koa ireo sombin-tantaran'ny akanin'i Don Bosco izay nisesy niseho tamin'ny laharana maro. Ary nahaliana ny mpamaky, ankoatr'izany rehetra izany, ny vaovao momba ny asan'ny Salezianina avy amin'ny lafivalon'izao tontolo izao sy ireo fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra noraisin'ny Fikambanana tamin'ny alalan'i Maria Vonjy.

Niely hatraiza hatraiza tokoa ilay gazety kely ary nambabo ny fon'ny olona maro, ka nampitombo isa ny sakaizan'i Don Bosco sy ny mpanohana ny asany ho an'ny tanora. Nanjary fitaovam-panabeazana ny kristinina maro teo amin'ny sehatry ny Fiangonana manontolo koa aza ilay gazety kely, izay naorina hifandraisan'ny samy «Mpiaramiasa Salezianina» sy hampifandray azy ireo amin'ny Foibe-Salezianina. Ry Jean-Baptiste Roncalli izay lasa Papa Joany faha-23 taty aoriana, ohatra, dia anisan'ny voavolavola tao anatin'ny

rivo-pinoana nentin'ny «Bollettino Salesiano»: mpandray an'io Ingahy Zaverio, dadabeny ary nahavatra namaky mafy ny lahatsoratra mahaliana, raketin'ny isan-daharana, ho an'ny mpianakavy... Dia nihanazava miandalana tamin'i Don Bosco, teo anivon'ireny vokatra azon'ny Fiangonana tamin'ny alalan'ny Mpiaramiasa Salezianina sy ny gazetiny ireny, ny tena zava-kendren'ny «Mpiaramiasa». Izany no nahatonga azy, tamin'ny taona 1884, hilaza tamin'i Don Lemoyne hoe: «Tsy ny hanampy ny Salezianina no tena tanjon'ny Mpiaramiasa, fa ny hanampy ny Fiangonana sy ny eveka ary ny pretra, eo ambany fitarihan'ny Salezianina».

Noporofoin'ny tantara tsikelikely, arak'izany, fa tena manandanja eo anivon'ny asam-piangonana ny fisian'ny fikambanan'ny «Mpiaramiasa Salezianina». Ny mpahay tantara toa an-dry Morand Wirth dia nilaza mazava fa nitondra soa teo amin'ny firoboroboan'ny asan'ny Salezianina ny fijoroan'ny fikambanan'ny «Mpiaramiasa»: «Tamin'ny fotoana nahafatesan'i Don Bosco tamin'ny 1888 - hoy i Morand Wirth - dia nisy zavatra anankiray nibaribary mazava: nitombo folo heny ny herim-panompoana nananan'ilay Fikambanana Salezianina kely noho ny fanampian'ireo "Mpiaramiasa" ampitiavana».

Noho ny asan'izy ireo aza, araka ny hevitr'i Morand Wirth, dia mendrika hantsoina marina hoe: «Salezianina eo anivon'izao totolo izao» ny maro amin'ireny Mpiaramiasa ireny...

Nisedra fahasahiranana maro teo anatrehan'ny fahefampiangoanana sy ny Salezianina sasany nilany hevitra i Don Bosco, tamin'ny fananganana ny Fikambanan'ny *«Salezianina monina any ivelany* » na «Mpiaramiasa Salezianina» (Coopérateurs Salésiens). Nefa tratrany ihany ny tanjona nony ela, noho ny fiezahany hikaroka ny sitrapon'Andriamanitra am-pitiavana ombam-pinoana amam-panantenana...

Eto am-pamaranana an'ity toko faha-21 ity, dia lasalasa ny eritreritra ka velom-panontaniana hoe: «Moa ve ho azo atao ankehitriny ny milaza, raha tena misaina sy mandinika ny tantaran'i Don

Bosco, fa haingitraingitr'olombelona fotsiny ihany no nampikiry azy hanangana ny Fikambanan'ny «Mpiaramiasa Salezianina»? Moa ve tsy ho azo lazaina kosa fa vokatry ny fihainoana ny bitsik'Andriamanitra am-panantenana, eo anivon'ny zava-mitranga, ny fikirizan'i Don Bosco, ka tsy resin'ny fisedran-tsamihafa?».

Toa mampahatsiahy ny niarovan'i Gamaliela, Farizianina, ny Apôstôly indray eto ny tantaran'i Don Bosco:

«Raha avy amin'olombelona izao hevitra na asa izao, dia ho foana ho azy ; fa raha avy amin'Andriamanitra kosa izao, dia tsy ho hainareo foanana» (Asa 5,38-39).

Eny! Mifamahofaho eo amin'ny fiainana tokoa ny tebiteby sy fahasahiranana, ny hafaliana sy alahelo! Nefa hahita fiadanam-panahy kosa izay miezaka amim-panantenana hizotra isan'andro, araka ny sitrapon'Andriamanitra-Fitiavana, izay naniraka an'i Kristy Zanany handavorary fa tsy handrava (Mat. 5,17).

22

Ho vavolombelon'ny fitiavana eran-tany...

Tamin'ny taona 1869-1870 no natao tao Rôma ny Kônsily Vatikanina Voalohany, araka ny efa voalaza tetsy aloha. Nitondra rivo-baovao teo amin'ny fiainan'ny Fiangonana tokoa iny kônsily iny, na dia teo aza ny savorovoro nateraky ny fambaboan'ny Italianina an'i Rôma, ka nahavery ny ankamaroan'ny Fanjakana nofehezin'ny Papa. Anisan'ny rivo-pivoarana nentin'iny kônsily iny ny firoboroboan'ny fandehanan'ny misiônera eorôpeanina maro ho vavolombelona mpitory an'i Kristy tany amin'ny firenena maro samihafa.

Nanararaotra ny diany tany Rôma, tamin'ny kônsily, ny eveka maro avy aty Afrika, avy any Amerika Atsimo sy Avaratra ary avy any Azia, mba hitadiavana pretra sy masera ho misiônera hiasa any amin'ny fari-piadidian'izy ireo avy. Naharay fangatahana mazava avy amin'ny eveka sasany koa i Don Bosco tao Valdocco. Ry Mônsenera Barbero, ohatra, dia nangataka masera taminy hiasa any Hyderabad, any India. Ry Mônsenera Alemany, evekan'i San Francisco any Californie, kosa nangataka Salezianina mba hanokatra sekoly fianarana asa any amin'io fari-piadidiany any Amerika Avaratra io.

Saingy tsy mbola nihevitra izany handefa misiônera izany i Don Bosco, tamin'ny vanimpotoana nanaovana ny kônsily Vatikanina Voalohany. Ka dia fanomezana ihany no azony natolotra ho valin'ny fangatahana niantefa taminy.

Tsy ela akory taorian'izany rehetra izany anefa (1871-1872), dia tonga ny tsy nampoizin'i Don Bosco. Nisy *«nofy miendri-*

pahitana» indray niseho taminy. Dia hitany tao anatin'izany nofy izany fa nisy Salezianina lasa misiônera hatrany Patagônia, any amin'ny ilany atsimon'i Arzantinina: toa babon'ny endrika sariaka nisaloran'ireo misiônera salezianina ny tompontany mitarehin' olondia masiaka be, ka nametra-piadiana sy nandray azy ireo an-kafaliana...

Nazava tamin'i Don Bosco tamin'io nofy io àry ny hoavin'ny asam-pikambanana: ho misiônera ivelan'i Italia koa ny Salezianina, ka handeha lavitra mihitsy. Ary vao mainka nahitany mazava ny toerandavitra handehanan'ny Salezianina ho misiônera ny «nofy miendri-pahitana» roa hafa tonga taminy, taty aoriana, tamin'ny taona 1883 sy 1886...

Nahatsinjovan'i Don Bosco ny hoavin'ny Fikambanana Salezianina ireo «nofy telo miendri-pahitana» ireo, raha fintinina. Nazava taminy tokoa fa hitombo isa ny Salezianina ary handeha ho vavolombelon'i Kristy-Fitiavana hatrany am-paran'ny tany, hatrany Arzantinina (Patagônia) sy eran'i Amerika Atsimo ary hatraty Madagasikara.

Ho vavolombelona hatrany Arzantinina (Patagônia)

Araka ny voalaza tetsy am-piandohan'ity toko ity, dia tsy mbola nieritreritra izany handefa misiônera izany i Don Bosco tamin'ny vanimpotoanan'ny Kônsily Vatikanina Voalohany, na dia nisy aza ny eveka nametra-pangatahana taminy.

Niova kosa ny fomba fijeriny ny toe-draharaha taorian'ilay «nofy miendri-pahitana» tonga taminy, teo amin'ny taona 1871-1872 teo ho eo. Nisy akony lalina teo amin'ny fiainany io nofy io, ka nampirehidrehitra indray ny faniriany «fahizay» handeha ho misiônera. «Taorian'ity nofy ity - hoy izy - dia tsaroako nitamberina tao am-poko indray ny faniriako taloha ho misiônera». Faniriana fony izy mbola mpianatra tao Chieri io nitamberina io.

Tsy nampandry eritreritra an'i Don Bosco io nofy io, arak'izany, ka tsy nokoboniny ho azy irery, fa noborahiny tamin'ny Papa Pio faha-9 sy tamin'ny Salezianina vitsivitsy koa. Anisan'ireto Salezianina ireto i Don Lemoyne sy i Don Barberis izay samy nandray an-tsoratra ny nolazain'i Don Bosco.

Ilay Nofy tsy nampandry eritreritra

Hoy àry i Don Bosco mitantara: «Toy ny eo anivom-paritra tsy voazary sy tena tsy fantatro no misy ahy: tanilemaka midadasika tsy voavoly sady tsy ahitan-tendrombohitra na havoana kely akory. Misy zavozavon-tendrombohitra misary zoro ihany anefa tsinjo ery amin'ny faravodilanitra lavitra ery. Dia nahita olona namakivaky ilay tanilemaka aho. Saika miboridana tsy miakanjo izy ireo, avo ranjanana izaitsizy ary miendrik'olona masiaka be izany. Sady lava no henjana ny volon'izy ireo ary milokon'alimo sy mainty. Akanjo be vita amin'ny volom-biby no mba akanjo midina avy eny an-tsoroka isaloran'izy ireo. Ary lefona sy antsamotady no fitaovam-piadian'izy ireo.

Samy manana ny ataony ireo karazan'olona mitsitokotoko ireo: ny sasany mihaza, ny sasany mandalo milanja hena mandeha rà mihantona eny amin'ny loha lefon'izy ireo. Ao ireo miady mifamono amin'izy samy izy; fa ao koa ireo miady manohitra miaramila manao fanamiana eorôpeanina ary rakotra fatin'olona ny saham-piadiana. Nihoronkoditra aho teo am-pahitana izany.

Ary indreny fa nisy olona marobe nipoitra avy ery amin'ny faratazana. Araka ny akanjo sy ny fomba fihetsik'izy ireo, dia fantatro fa misiônera avy amin'ny Fikambanana samihafa izy ireo. Nandroso izy ireo hitory ny fivavahan'i Jesoa Kristy tamin'ireo olondia samihafa. Nodinihiko tsara izy ireo, fa tsy nisy fantatro na iray aza. Nandeha teo anivon'ireo olondia izy ireo. Saingy vao nahita ireo misiônera ireto olondia ireto dia niantoraka hamono azy ireo. Ary faty mampihoronkoditra no nandravaka ny tendan'ny lefon-davan'ireo olondia. Rahefa avy nahita izany toe-javatra

mahatsiravina izany aho, dia nanontany tena hoe: "Fomba ahoana no hampibebahana olona maherisetra toy itony"?

Ary tamin'izay fotoana izay dia nisy andia-misiônera hafa indray tsinjoko tery amin'ny faratazana tery: nisy andian-tanora koa mialoha lalana azy ireo. Endrika sariaka no nentin'izy ireo nanatona ireo olondia. Nangovitra aho teo am-pieritreretana hoe: "ho faty eto koa ireto". Nanatona azy ireo aho: pretra sy seminarista lehibe izy ireo. Nobanjiniko tsara izy ireo ary fantatro fa Salezianina. Endrika tsy vaovao tamiko ireo nitari-dalana. Fa na dia tsy fantatro manokana kosa aza ireo maro hafa, dia tsapako fa misiônera salezianina tokoa izy ireo.

"Ahoana no nahatonga izany"? - hoy aho nanontany tena. Tsy te ho namela azy ireo handroso aho ary tonga hisakana azy ireo. Efa tsindriandaona be ihany aho niandry izay hiafaràn'izy ireo toy ireo misiônera teo aloha».

Hafa anefa ny toe-java-nitranga araka ny fitantaran'i Don Bosco ny nofiny: nahafaly ireo olondia isan-tokony ny fahatongavan'ireo Salezianina tamin'ny endrika sariaka. Fa «nilavo lefona izy ireo, nandao ny endrika masiaka teo am-piandohana ary nandray ireo Salezianina tamim-pihetsika feno fanajana».

Tsy nampoizin'i Don Bosco ny fihodin'ny toe-javatra, ka nanontany tena izy fa liana te hahalala ny fiafaran'ny raharaha.

«Gaga aho - hoy i Don Bosco nanohy ny fitantarana - ka niteny am-po hoe: "Ndeha hojerena kely izay hiafaran'izao". Ary hitako fa nandroso ireo misiônera (Salezianina), ka nanatona ireto olondia sy nampianatra azy ireo. Izy ireto kosa hihaino an-tsitra-po. Nampianatra ireo misiônera; ireo olondia kosa nianatra am-pitandremana. Nitaona azy ireo hiova fo ny Salezianina; izy ireo kosa nankato sy nanatanteraka izay nasaina nataon'izy ireo.

Dia nijanona nandinika ihany aho: nitanisa ny amboarambavaka "Arahaba, ry Maria" (rosaire) ireo misiônera, dia namaly ny tanisa ireo olondia. Taty aoriana kely, dia nandeha nankeo anivon'ireto olona marobe manodidina azy ireo ny Salezianina. Nandohalika izy ireo. Dia nilefi-dohalika ihany koa ireo olondia

efa nametra-piadiana. Ary injay fa nisy Salezianina anankiray nitarika ny hira hoe: «Hobio i Maria, ry feon'ny mpino". Dia tamim-po miaramientana no nanohizan'ireo vahoaka marobe ilay hira. Ary tena mafy tokoa no nandrenesako ilay hira, ka niontana iray ihany aho ary taitra».

Dia toy izy àry ilay nofy nahalasa eritreritra an'i Don Bosco sy namohafoha indray ny faniriany fahizay ho misiônera...

Fandefasana misionera ho any Arzantinina

Ary satria tena tsy nampandry eritreritra an'i Don Bosco tokoa io nofy io, ka tsy ampy nampionona ny fony ny fitantarana azy tamin'ny Papa sy tamin'ireo Salezianina vitsivitsy. Noheveriny ho antson'Andriamanitra niantefa aminy mihitsy aza ny zava-niseho taminy tao amin'ilay nofy, ka dia nataony vaindohan-draharaha ny fikarohana mazava ilay faritany sitrak'Andriamanitra hiasan'ny misiônera salezianina. Nodinihiny am-pitandremana fatratra ny «fangatahana misiônera» rehetra nifanesisesy tonga teo am-pelatanany, mba hamantarany ilay faritany voatendry ho an'ny Salezianina, araka ilay nofiny.

a) Nitady toko ka sendra vato: vaovao mahafaly

Noheveriny aloha fa Etiôpianina ireo olona hitany tamin'ny nofy. Nefa rahefa avy nanontany olona mahalala an'i Afrika izy ary namaky boky jeôgrafia momba an'ity faritra ity, dia nilaozany ny fiheverana ny Etiôpianina. Satria tsy nifanojo tamin'izay hitany tao amin'ny nofy ny voalazan'ny olona sy ny boky novakîny.

Dia nifantoka tamin'ny faritra maro hafa koa ny eritreriny: ny nosy Hông-Kông any Chine, Australie, Mangalôr ary Malabar. Tsy nisy nifanojo tamin'ilay nofiny anefa ny zava-pantany momba ireo faritra samihafa ireo...

Nandroso tsy niato kosa ny andro sy ny volana nitambatra ho taona, nandritra izany fotoam-pikarohan'i Don Bosco izany.

Tamin'ny taona 1874 vao nazava taminy ny lalan-kombana. Hoy indrindra i Don Bosco mitantara:

«Tamin'ny 1874, dia nanao tsipalo teny kely momba ny Salezianina tamin'ny Arsevekan'i Buenos Aires (Arzantinina) Andriamatoa Gazzolo, solontenan'ny Fanjakana Arzantinina tao Savona (Italie). Nolazainy tamin'izany ny faniriany mba handehanan'ny Salezianina hiasa any Arzantinina. Noho izany, dia nitady boky jeôgrafia mikasika an'i Amerika Atsimo aho ary namaky ireo tamim-pitandremana fatratra. Dia nahagaga ahy fa fantatro mazava, tamin'ny zava-noraketin'ireto boky ireto sy ny sary hafa koa, ny olondia sy ny faritany hitako tamin'ny nofy: i Patagônia, faritany midadasika amin'ny ilany atsimo any Arzantinina».

Tadidin'i Don Bosco tao amin'ny nofiny koa fa nisy renirano roa lehibe teo amin'ny toeram-pidirana amin'ilay faritra mideza toa zary efitra, hiasan'ny Salezianina: i Rio Colorado sy i Rio Negro any Patagônia ireo. Antsipirian-javatra nokarohiny teo ampijerena saritany ireo. Nefa tsy hitany. Ny fihaonany voalohany tamin'Andriamatoa Gazzolo tao Turin no nahafantarany fa tena any Pataônia ireo renirano roa ireo. Nitady toko i Don Bosco, ka sendra vato!

...Dia nazava taminy tamin'ny alalan'izany rehetra izany, fa sitrak'Andriamanitra ny handehanan'ny Salezianina hitory an'i Kristy-Fitiavana any amin'ny tany mbola tsy kristianina. Ary any Patagônia any Arzantinina no voatondron'Andriamanitra ho toerampiasan'ny misiônera salezianina voalohany.

Faran'ny taona 1874: tsy somambisamby intsony ny lalankombana. Naharay fangatahana mazava avy amin'ny Arsevekan'i Buenos Aires, renivohitr'i Arzantinina, i Don Bosco: «Tamin'ny harivan'ny 22 desambra1874 - hoy izy - no namakiako ireo taratasy voalohany tamin'ny Filankevitry ny Fikambanana».

Roa loha ny asa fikatrohana tian'ny Arsevekan'i Buenos Aires hosahanin'ny misiônera salezianina:

1 - fandraisana paroasy iray eo ambany fiarovan'i Masina Maria Renin'ny Famindrampo ary onenan'ny mpifindramonina Italianina ao an-tanànan'i Buenos Aires;

2 - ary fampadehanana ny kôlejy Md Nicolas izay vao naorina tsy ela akory ary natokana ho an-jazalahy.

Namaly ny fangatahana niantefa taminy i Don Bosco. Nekeny ny fandefasana misiônera any Amerika. Nefa tsy araka ny tolokevitra voarainy kosa ny vinavinam-pikasany izay mirakitra dingana telo:

1 - fandefasana pretra vitsivitsy any Buenos Aires hamboatra ny ivom-piaingan'ny Salezianina hanerana an'i Amerika. Hiandraikitra asa samihafa izy ireo: fikarakarana ny tanora mahantra sy tsy misy mpiahy, fampianaram-pinoana na katesizy, fampianarana an-tsekoly, fitorianteny, fanokafana *Oratorio* mivoha isan'alahady;

2 - izay ireo Salezianina vao handray ny kôlejy i Md Nicolas;

3 - avy amin'ireo fototra roa voalohany voalaza ireo no hiainga ho any an-toeran-kafa ny Salezianina.

Ity dingana fahatelo ity no mirakitra ny fikasan'i Don Bosco mangina «handefa misiônera hiainga ho eo anivon'ireo olondiany hitany tao amin'ilay nofy tsy nampandry ny eritreriny».

Ary raha atao bango tokana ireto fepetra telo ireto, dia ahitana mazava ny laminasa fanirahan'i Don Bosco ny misiônera salezianina voalohany: miasa eo anivon'ny mpifindramonina italianina marobe any Arzantinina aloha; izay vao mandeha miandalana mankeo anivon'ny foko maro mbola tsy kristianina mihitsy...

27 janoary 1875: nilaza tamin'i Don Bosco Andriamatoa Gazzolo fa nekena ireo fepetram-panirahana misiônera any Amerika Atsimo. Vaovao mahafaly ho an'i Don Bosco izany. Ary tsy ho azy ihany, fa ho an'ny Salezianina sy ny tanoran'izy ireo koa.

Tafahaona ny tia sy ny manina! Ka dia nataon'i Don Bosco tamin'ny fomba hafakely ny fanambarana ampahibemaso tao Valdocco ny fanapahankevitra handefa misiônera any Arzantinina. Nasain'i Don Bosco nivory tao amin'ny efitrano lehibe fianarana

ny mpianatra asa sy ny mpianatra tsotra ary ny Salezianina rehetra tao an-trano, tamin'ny harivan'ny 29 janoary 1875, andro fetin'i Md François de Sales. Efa nisy lampihazo voaomana tao amin'ilay efitrano nivoriana. Ary niakatra teo i Don Bosco sy Ingahy Kômandà Gazzolo, solontenan'ny Fanjakana Arzantinina, notronin'ireo mpanolotsaina ao amin'ny Filankevipikambanana sy ireo talen'ny trano salezianina isan-tokony... Dia nambaran'i Don Bosco ho ren' ny besinimaro amin'izay fa ankatoavin'ny Papa ny handehanan'ireo misiônera salezianina any Amerika Atsimo, ka hiainga tsy ho ela intsony izy ireo.

Risipo sy faniriana ho misiônera no naterak'izany vaovao mahafaly izany tao am-pon'ny tanora maro sy tao amin'ireo Salezianina tafavory. Nitombo ny isan'ny tanora nirotsaka hiomana ho pretra ary nitombo isa koa ireo nisoratra anarana hiditra tao amin'ny Fikambanana Salezianina...

5 febroary 1875: naelin'i Don Bosco ho fantatry ny Salezianina rehetra ivelan'i Valdocco ilay fanapahankevitra handefa misiônera voalohany any Arzantinina. Ary niangaviany hametraka fangatahana an-tsoratra izay rehetra hirotsaka amin'izany asa maha-misiônera izany.

Ny volana oktôbra tamin'io taona diavina io no novinavinain'i Don Bosco ho vanimpotoana hiaingan'izay tokony handeha.

Nitombo hatraizahatraiza ny risim-pon'ny maro ho misiônera. Ka nametra-pangatahana ho misiônera ny ankamaroan'ny mpikambana. Mandia fotoam-baovao horaketin'ny tantara indray ny Fikambanana Salezianina.

Nomanin'i Don Bosco hatramin'ny antsipiriany mihitsy ity fiaingan'ny misiônera salezianina voalohany ity. Horaketin'ny tantara aza fa tsy nisy nahasongona ny fandefasana an'ity «andiana misiônera» voalohany ity ny fandefasan'i Don Bosco «andiamisiônera» folo hafa taty aoriana, raha ny hamafin'ny fanomanampiaingana no jerena. Nataony izay hifandraisana tamina olona vitsivitsy azo antoka monina any Buenos Aires, mba hanomana ny fahatongavan'ireo misiônera; amin'izay dia tsy hahatsiaro tena ho

vahiny loatra izy ireo fa ho toy ny olona raisin-kavana mahatoky. Nandefa antso fiangaviana tamin'ireo «Laika Mpiaramiasa Salezianina» kosa izy mba hananana izay ilain'ireto iraka voalohany ireto, satria tsy araka ny nampoiziny. Dia nanatona miandalana teo anivon'izany rehetra izany ny fotoam-piaingan'ireo iraka mpamonjy fanahy.

b) «Ho iraka mpamonjy fanahy»

Pretra enina sy frera Mpiaramiasa efatra no nofidin'i Don Bosco tao anatin'ireo Salezianina marobe nametra-pangatahana. Napetrany ho adidin'ireto iraka ireto ny fampahafantarana, amin'ny alalan'ny asa sy fomba fiainana, ny zava-tsoa mety hovitan'ilay Fikambanana kely vao misandratra. I Mômpera Jean Cagliero no notendreny ho filoha mpitarika ity andian'iraka Salezianina voalohany ity. Manomboka misary zoro eto ny fahatanterahan'ny fahitan'i Don Bosco momba azy tamin'ny 1854. Enina ambin'ny folo taona i Cagliero tamin'izay ary narary mafy, ka nitondran'i Don Bosco ny sakaramentan'ny marary. Tsy nandroso nanome an'i Cagliero ny vatsy masina indray anefa i Don Bosco rahefa tonga tao an'efitra nitsaboana azy, fa niverina nanatitra ny Sakramenta tany am-piangonana: tazany tao anatin'ilay fahitana niserana vetivety manko ny hamaroana'ireo Indianina menahoditra (Amerika) izay niandrandra an'i Cagliero hitondra famonjena ho azy ireo... Fito amby telopolo taona kosa i Don Cagliero amin'izao taona 1875 anendren'i Don Bosco azy ho any Arzantinina izao.

Volana maromaro talohan'ny fotoam-piaingana no namborahan'i Don Bosco ny fikasany tamin'i Don Cagliero:

- Tiako halefa hiara-dia amin'ireo misiônera any Amerika ny iray amin'ireo pretrantsika tranainy indrindra; hiaraka amin-dry zareo any izy mandritra ny telo volana. Heveriko fa hanahirana ihany ny hamela azy ireo irery avy hatrany tsy misy andry iankinana sy mpanolotsaina itokisan'izy ireo.

Tsotra ny navalin'i Don Cagliero an'izany:

- Rahefa tsy mahita olon-kafa i Don Bosco ary mieritreritra ahy hiantsoroka izany adidy izany, dia vonona aho.

- Ekena izany - hoy i Don Bosco namaly ny resaka...

Nisosa teny ny andro nitambatra ho volana maro. Tsy nisy tohiny intsony ilay resaka nifanaovan'i Don Bosco sy i Don Cagliero. Fa nony injay nanakaiky ny fotoam-piaingana, dia niteny taminy tampotampoka indray i Don Bosco:

- Mbola ao anatin'ny fahavononana mandrakariva ho any Amerika ve ianao? Sao dia mba somonga àry no nilazanao an'iny valinteny fanekena iny?

- Fantatrao tsara - hoy i Don Cagliero - fa tsy mba misomonga aho rahefa miaraka amin'i Don Bosco.

-Raha izany àry, dia miomàna ianao, fa tonga ny fotoana.

Dia niomana an-kafaliana araka ny fahatsoram-pony mahazatra i Mômpera Cagliero. Telo volana no novinavinain'i Don Bosco hiasany tany Amerika; nefa dia hanjary telopolo taona be izao izany, rehefa atambatra.

Marina fa mbola hiverina hiasa taona vitsivitsy ao Valdocco indray i Don Cagliero, roa taona (1877) aorian'izao taona 1875 andehanany voalohany ho misiônera any Amerika atsimo izao: hanankinan'i Don Bosco ny fanorenana ny asan'ny Fikambanana any Espaina izy sady hanankinany koa ny fitarihana ny Fikambanan' ny Zanakavavin'i Maria Vonjy izay mbola vao miana-mamindra.

Nefa dia hitampody any Amerika Atsimo indray koa izy, aorian'ny fanendrena azy ho evekan'i Patagônia avaratra sy afovoany (faramparan'ny taona 1884).

Izany fizotran'ny tantara izany no hahatonga ny fotoana hiasan'i Don Cagliero any Amerika Atsimo ho telopolo taona.

Ho very olomanga ihany i Valdocco sy ny manodidina amin' izao handehanan'i Don Cagliero izao. Satria maro andraikitra sahanina izy: mpampianatra sarobidy izy ho an'ny tanora mpiomana ho pretra noho izy manam-pahaizana amin'ny teôlôjia; mpampianatra mozika sy mpamoronkira mampitolagaga koa izy ary

mpiandraikitra ny fitantanana ara-panahy ny fikambanan-drelijiozy maro teo an-tanànan'i Turin... Nefa dia nanapakevitra hanendry azy ho mpitari-dalana ireo misiônera handeha lavitra i Don Bosco; satria sarotra ny toe-javatra hovantanina any Arzantinina, ka ilaina ny olo-mahatoky sy mahiratsaina toa an'i Don Cagliero, mba hanentana ny mpiaradia rehetra...

Nalefan'i Don Bosco ho tanankavanan'i Don Cagliero i Don Fagnano. Ireto kosa ny anaran'ireo pretra efatra sisa: Cassinis, Tomatis, Baccino ary Allavena. Ary nanatevin-daharana azy rehetra ireo ny Frera mpiaramiasa efa-dahy samy nanana ny talentany: i Scalvini, mpampianatra mandrafitra; i Gioia, mpahandro sy mpampianatra manao kiraro; i Molinari, mpampianatra mozika ary i Belmonte mpitantan-draharaha ankapobeny...

Nandritra ny fotoam-pahavaratra (jiona ka hatramin'ny septambra), dia nirotsaka tamin'ny fianarana ny teny espaniôla izy folo mirahalahy handeha. Ary tamin'ny volana ôktôbra 1875 dia lasa nankany Rôma izy ireo hangata-tsodrano tamin'ny Papa Pio faha-9 efa teo anivom-pahanterana (83 taona). Nomen'ny Papa tsodrano izy ireo ary nametrahany hafatra mazava: «Zanak'i Don Bosco ianareo ary handeha hitory ny Vaovao mahafaly any Arzantinina. Hanan-toerana midadasika hanovan-tsoa ianareo. Manomeza ohatra amin'ny hatsaram-toetranareo eo anivon'ireo vahoaka ireo. Iriko hihamaro an'isa ianareo, satria be dia be ny asa ary miavosa ny vokatra hojinjaina eo anivon'ireo fokon'olondia ireo»...

Dia niverina tany Turin indray izy ireo ary nanomana ny tena fiaingana.

11 nôvambra 1875: tonga ny fotoana handaozana an'i Valdocco. Tao amin'ny Fiangonampiandrianan'i Maria Vonjy no nanaovam-beloma azy ireo. Feno olona ny fiangonana tamin'ny 4 ora tolakandro. Natao ny fivavahan-kariva. Avy eo dia niakatra teo amin'ny toeram-pitorianteny i Don Bosco ary nanoritsoritra ny atrikasan'ireo misiônera Salezianina, andiany voalohany, araka ny efa nankatoavin'ny tany Arzantinina: miasa eo anivon'ireo fianakaviana italianina marobe mpifindramonina sady mahantra

no tsy misy mpiahy aloha izy, vao mandroso miandalana hitory ny Vaovao mahafaly any Patagônia...

Nanoroka ireto iraka hiainga i Don Bosco nony vitany ny famelan-kafatra. Dia nitanjozotra nivoaka namakivaky ny fiangonana, teo anivon'ny tanora marobe mbamin'ny havana amantsakaiza tonga hanao veloma , izy folo mirahalahy misiônera. Efa niandry teo an-tokontanim-piangonana, tamin'iny takariva mody masoandro iny, ny fiarantsoavaly hitondra azy ireo. Vahoaka marobe no vory lanina hanolotra ny veloma madinidinika sy ny firariantsoa homba ireto mpandeha...

Ary teo anivon'izany rivo-pisarahana izany no nampita teny kely tamin'i Don Bosco i Don Lemoyne, ka nilaza taminy fa manomboka tanteraka amin'izao takarivam-piaingan'ny misiônera Salezinaina voalohany izao, ilay tenim-panantenana malaza hoe: *«Avy eto no hiparitahan' ny voninahitro»* (Inde exit gloria mea)».

- Marina izany - hoy i Don Bosco namaly an'i Don Lemoyne tamim-pisentonana lalina...

Roso ny dia handray sambo any Gênes. Niara-dalana tamin'izy folo mirahalahy hatrany an-tseranana hiondranana ihany koa i Don Bosco, tamin'iny takarivan'ny 11 nôvambra 1875 iny.

Efa samy nahazo taratasy kely mirakitra *«fahatsiarovana manokana roapolo»* avy amin'i Don Bosco, hotsakotsakoina eny an-dalana, ny iraka tsirairay avy. Fonjankevitra noraisin'i Don Bosco an-tsoratra teny ambony fiarandalamby indray mandeha ireo ary nasainy nadikan'izy folo lahy, ho vatsim-panahy eny an-dalana ombana. Misy dimy amin'ireo andininy roapolo ireo tena ahitana taratra ny toe-panahy maha-iraka tokony hisaloran'ny Salezianina:

1. Ny fanahy hovonjena no tadiavo, fa aza ny vola, na ny voninahitra na ny laharam-pahamendrehana.

2. Tolory fikarakarana manokana ny marary, ny ankizy, ny beantitra mbamin'ny mahantra, dia hahazo ny tsodranon' Andriamanitra sy ny fankasitrahan'ny olona ianareo.

3. Ataovy izay hahitan'ny olona fa mahantra ianareo amin'ny fitafianareo, amin'ny sakafonareo,amin'ny trano fonenanareo, dia ho manankarena eo anatrehan'Andriamanitra ianareo ary ho tonga tompon'ny fon'ny olona.

4. Mifankatiava ianareo samy ianareo, mifanoroa hevitra, mifananara, nefa aza entin'ny fialonana na fahasosorana; aoka kosa ny soa ho an'ny anankiray mba ho soa ho an'ny rehetra; aoka ny fahoriana amam-pijalian'ny anankiray horaisina ho fahoriana amam-pijalian'ny rehetra, ka hiezaka anie ny tsirairay mba hanasitrana ireny na farafahakeliny mba hanalefaka azy.

5. Aoka tsy ho hadinontsika, eo anivon'ny havizanana amam-pisedrana, fa manana valisoa lehibe voaomana any an-danitra isika...

14 nôvambra 1875: nandao an'i Gênes ny sambo frantsay «Savoie» niondranan'ireo misiônera folo lahy. Araka ny voalazan' ny vavolombelona iray nahita maso, dia niezaka nanindry fo tokoa i Don Bosco teo ampisarahana tamin'izy ireo; ka nampivoaramena be ihany azy ny ezaka nataony. Tsy halahelo ve moa? Olombelona ihany!...

Tenim-pitiavana ombam-pinoana amam-panantenana no napetrak'i Don Bosco an-tsoratra sy nampitodrainy an'i Don Cagliero ho karazam-panilo hanazava ny lalan'ny mpiara-dia rehetra: «Ataovy izay tratry ny ainareo: Andriamanitra no hanao izay tsy haitsika atao. Matokia an'i Jesoa Eokaristia sy i Maria Vonjy dia ho fantatrareo ny atao hoe fahagagana».

d) «Be ny vokatra, fa ny mpijinja no tsy ampy» (Mt 9,37)

Iray volana no naharetan'ny dian'ireo mpandeha namakivaky ranomasina. Ary tody an-tseranana tao Buenos Aires izy ireo tamin'ny 14 desambra 1875. Tonga nitsena azy ireo ny Arsevekan'i Buenos Aires sy ireo pretrany ary ny mpifindramonina italianina marobe, izay nanafana ny fotoam-pihaonana tamin'ny horakorapifaliana. Tsy dia nahatsiaro tena ho vahiny loatra ireto Misiônera

Salezianina folo mirahalahy teo anivon'izany fandraisan-kavana izany. Ary vao mainka nampitombo ny hafaliam-pihaonana ny fisian'andiana mpianatra maintimolalin'i Valdocco teo anivon'ny mpitsena.

Andro vitsivitsy taorian'izany, dia nizara ho andiany roa ireto misiônera, araka ny efa tapaka teo am-pandaozana an'i Turin. I Don Cagliero, nampiana salezianina roa hafa, dia nandeha nonina teny akaikin'ny fiangonana «Maria Renin'ny Famindrampo» mba hampandroso ity paroasy feno mpifindramonina ity. I Don Fagnano kosa nitarika ny salezianina enina sisa handeha hiandraikitra ny kôlejin-jazalahy Md Nicolas.

Tena tsy ampy moa ny fikarakarana ny tanora zazalahy tao Buenos Aires, ka dia nataon'ireto misiônera ireto vaindohandraharaha koa ny fiantsorohana mivantana «*Oratorio* mivoha isan'alahady» (patronage des dimanches), hahafahana mikolokolo ireo ankizy ireo ara-pinoana...

Nahasarika ny mason'ny maro manodidina izao fomba fiasan'ny Salezianina izao; ka herinandro vitsivitsy monja taorian'ny nahatongavan'izy ireo, dia efa nisy toerana maro hafa koa naniry mba hanorenan'ny Salezianina sekoly. Nifandafaram-pangatahana tsy avy ao Arzantinina ihany, fa avy any Orogoay koa (firenena kely mifanila amin'i Arzantinina, eo avaratra atsinanana). Ny fangatahana avy any amin'ny Solontena Apôstôlikan'i Môntevideô, renivohitr'i Orogoay, dia milaza mihitsy fa tena mahantra tokoa ny Fiangonana katôlika any Orogoay: tsy misy seminera mihitsy na zokiny na zandriny; tsy misy seminarista mpiomana ho pretra na iray aza; ao Môntevideô renivohitra, dia tsy nisy sekoly katôlika na iray aza...

«Be tokoa ny vokatra, fa ny mpijinja no tena vitsy»(Mat 9,37)! Raha ny amin'ireo Indianina na «olondia» hitan'i Don Bosco tao amin'ny nofy ary tena maminy sy tiany hovonjena kosa, dia mbola sarotra be ihany ho an'ireto Salezianina efa tody tao Buenos Aires ny fanatonana azy ireo. Araka ny voalazan'ny taratasin'ireto

misiônera ireto ho an'i Don Bosco tamin'ny 10 marsa 1876, dia tena nampalahelo mihitsy ny rivo-piarahamonina niainan'ireo foko Indianina Pampa sy Patagon. Nanaovan'ny fitondram-panjakana (mpiavy fotsihoditra) toetran-tsy zaka teo amin'ny tany fonenany manko izy ireo ary noheverina ho ambany, ka nahatsiarotena ho voahosihosy. Nirahina, noho izany, ireo lehiben'ny foko Indianina samihafa (*caciques*) ary nitarika ny vahoakany avy hanohitra ny tsindrihazolena sy fanambaniana, tamin'ny alalan'ny ady anaty akata mbamin'ny fandrobana sy fisamborana ny mponina fotsihoditra. Vao maika nataon'ny miaramilam-panjakana hazalambo sy vonomoka aza anefa izy ireo noho izany fanoherana izany. Dia nitombo hatrany ny fisavorovoroan-tsaina. Ary tafiditra tao anatin'ny sangodim-panin'ny fankahalana miantso valifaty ny andaniny sy ny ankilany...

«Ho hafa kokoa noho izao ny toe-javatra - hoy ilay taratasy nosoratana tamin'ny 10 marsa 1876 avy any Arzantinina ho an'i Don Bosco - raha ohatra ka tsy miaramila no nalefa (hampandry tany) fa andiana-«Capucins» na misiônera hafa: ho nahavonjy fanahy maro izy ireo ary ho tafajoro teo anivon'ireo mponina ireo ny firoboroboana sy ny fivoarana. Fa amin'izao fifandonana sy hatezeran'ny Indianina amin'ny fitondra-mpanjakana izao, dia tsy afa-manao ninoninona na tsy afa-manao zavatra firy ny misiônera».

Na dia mbola tsy afa-nanatona an'ireo Indianina malalany aza anefa ireo misiônera nalefany, dia azon'i Don Bosco an-tsaina ny havesatry ny asa iantsorohan'izy folo mirahalahy ao Buenos Aires. Izany no nahatonga azy hanomana sahady ny andiana Salezianina faharoa halefa hanatevin-daharana ny efa amperinasa any Buenos Aires.

7 nôvambra 1876: Salezianina telo amby roapolo indray no nandao an'i Italia ho any Amerika, mba hahafahana manamafy orina ny atrikasa maika takin'ny zavamisy. Tena enta-mavesatra ho an'ny Fikambanana Salezianina vao misandratra sy mbola marefo mihitsy ny fanatontosana ny fandefasana ity andia-misiônera

faharoa ity, araka ny taratasin'i Don Bosco ho an'i Don Cagliero. «Nefa - hoy ihany izy - manampy antsika Andriamanitra ka ho tafavoaka isika».

Dia nohafatrafarany koa ireo misiônera, mba tsy hanadino ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly amin'ireo Indianina malalany amin'ny fotoana maha-mety izany: manorina sekoly ho an'ny zanakalahin' izy ireo aloha ary manatona ny olon-dehibe amin'ny alalan'izy ireo. Izany hoe: atao izay hanampiana ny mpianatra Indianina mety hanana «fiantsoana ho pretra na ho relijiozy»; dia ireo ihany no kolokoloina ho misiônera eo anivon'ny Pampa sy ny Patagôn iray foko aminy...

Nôvambra 1877: nandefa misiônera Salezianina, andiany fahatelo nankany Arzantinina indray i Don Bosco. Valo ambin'ny folo ny isan'izy ireo ary tanora mbola an-dalam-piomanana ho pretra (seminarista lehibe) ny valo tamin'ireo.

Sambany koa tamin'ity indray mandeha ity no nisy Maseran'ny Fianakaviambe Salezianina (Zanakavavin'i Maria Vonjy) nandeha ho misiônera, nanatevin-daharana an'ireo Salezianina valo ambin'ny folo lahy niondrana ho any Arzantinina. Anisan'ny nanatitra azy ireo teny an-tseranan-tsambo i Mera Marie Mazzarello, lehibem-pikambanana...

Dia hitombo hatrany, manomboka hatreto, ny isan'ireo misiônera hamakivaky ranomasina handeha *«ho vavolombelon'i Kristy-Fitiavana eram-bazantany»* (Asa1,8).

e) Tratra ihany i Patagônia...

Tsapan'ny Arsevekan'i Buenos Aires, tamin'izao fandefasana andiana Salezianina mifanesisesy izao, fa tena tsy nikely soroka mihitsy i Don Bosco, amin'ny fanampiana azy hampiroborobo ny asam-piangonana ao amin'ny fari-piadidiany. Ka ho maripan-kasitrahana, dia nekeny ny hijery akaiky ny fanirian'i Don Bosco hiasan'ny Salezianina any Patagônia eo anivon'ireo Indianina, «olondia» malalany Naniraka Salezianina roa teo ambany

fitarihan'i Mônsenera Espinosa, mpanampy azy, aloha ny Arsevekan'i Buenos Aires, mba hamakilay any Patagônia: tamin'ny 7 marsa 1878 no niondrana tamin'ny sambokely iray nandeha nianatsimo ho any Bahia Blanca i Don Costamagna sy i Don Rabagliati ary i Mônsenera Espinosa. Tsy nahomby anefa ity dian'ny mpamakilay voalohany ity ary saika nahitan-doza aza. Satria tratran'ny rivo-doza mahery vaika teny an-dalana ilay sambokely ary natopatopany mafy nandritra ny telo andro sy roa alina, ka voatery nipody tany Buenos Aires tao anatin'ny fahasimbana be...

Nandefa mpamakilay fanindroany ho any Patagônia indray ny Arsevekan'i Buenos Aires tamin'ny 16 avrily 1879. I Don Costamagna sy i Don Botta no niara-dia tamin'i Mônsenera Espinosa, tamin'ity indray mandeha ity. Nampiarahan'ny Arseveka tamin'ny miaramila valo arivo lahy «hampandry tany» notarihin'ny Jeneraly Julio Roca ministry ny ady izy ireo, sady ho mpitantana ara-panahy ny miaramila no ho misiônera any Patagônia.

Tsy dia azoazon'i Don Castamagna loatra ity fandehanana hitory ny Vaovao Mahafaly ity miara-dalana amin'ny miaramila fotsihoditra handripahana sy hanandevozana ny Indianina, tamin'ny alalan'ny «fampandriantany» maro, ary vao mainka hampitombo ny fankahalan'ny Indianina ny Fotsihoditra izao fampandrian-tany izao. Izao no tena ahiahin'i Don Costamagna, araka ny taratasin'i Don Bodrato ho an'i Don Bosco tamin'izany fotoana izany: «Atahorany ho lasa mpankahala ny Vaovao Mahafaly ny Indianina rahefa mahita ny pretra miara-dalana amin'ny miaramila mpampandry tany (mampiasa herisetra). Ilaina dia ilaina mihitsy ny mivavaka ho azy ireo». Nefa amin'ny maha-olom-pehezina an'i Don Costamagna sy i Don Botta, dia nanaiky tsy sazoka ny fanapahankevitry ny Arseveka sy ny Jeneraly Julio Roca izy ireo. Hita taratra amin'ny taratasin'i Don Costamagna ho an'i Don Bosco izany: «Mandroso eo aorian'ny sabatra ny finoana. Atao ahoana moa? Mila faharetana e! Nankatoavin'ny Arseveka manko izao ka dia miondri-doha izahay...».

Roso ny dia am-piarantsoavaly: mizotra mianatsimo. Ilaozana i Buenos Aires. Lalovana i Azul. Dia idirana amin'izay ny taniefitr'i Pampa, fonenan'ny Indianina Pampa izay efa somary nandairan'ny fomba fiainan'ny Fotsihoditra, ka tsy noheverina ho olondia intsony. Ary tody ao Carhué ny dia: efa misy kristianina fotsihoditra ao ary tsy sarotiny amin'ny firotsahana ho kristianina koa ireo foko Indianina Eripaylà sy Manuel Grande monina ao. Mbola lavitra anefa ny tanjona, ka tsy afa-mitoetra, na dia satry aza izany... Noteren'ny miaramila handao an'i Carhué sy hiaradia taminy koa ny fianakaviana sasany tamin'ireo foko Indianina, fa hafindra hiorim-ponenana any Choele-Choel any amoron'ny ony Rio Colorado ny dia. «Nanolotra ny Sorona Masina teo izahay» - hoy ny taratasin'i Costamagna... Dia nitohy indray ny dia nita an'i Rio Colorado hanatratra an'i Rio Negro, izay manasaraka an'i Pampa amin'i Patagônia. 24 mey: tody ao Choele-Choel ny dia. Ary tsy lavitra intsony ny taniefitra midadasik'i Patagônia: efa tsinjo, avy ety amoron'i Rio Negro avaratra, ery ampita atsimo ery tokoa ny fanombohany...

Dia nandeha hatrany Patagònes koa ireo misiônera... Ary niverina tany Buenos Aires indray izy ireo tamin'ny faramparan'ny volana jolay 1879.

5 aogositra 1879: natolotry ny Arsevekan'i Buenos Aires hiantsorohan'i Don Bosco ny «fampielezampinoana» tany Patagònes... Tratra ihany tokoa ilay taniefitra midadasika hitan'i Don Bosco tao amin'ilay nofy tsy nampandry ny eritreriny, valo taona lasa izay!

Nasain'i Don Bosco i Don Costamagna mba hiara-mandamina tsara amin'ny Arsevekan'i Buenos Aires ny mombamomba ny fanokafana trano foiben'ny Salezianina sy ny masera Zanakavavin'i Maria Vonjy. Fa «izaho kosa - hoy ihany i Don Bosco - hikarakara ny olona sy ny fitaovana ilaina».

Dia nambarany tao amin'ny taratasy firariantsoa ho an'ny taombaovao, nosoratany tamin'ny 1 janoary 1880 ho an'ny «Laika

Mpiaramiasa», ny fanombohan'ny misiôna any Patagònes «amimpo feno fitokisana an'Andriamanitra sy ny fitiavan'ny laika mpiaramiasa», araka ny voalazany no nanekeny izany adidy izany hosahanin'ny Salezianina.

15 desambra 1879: nisy andiana Salezianina kely anankiroa nandao an'i Buenos Aires. Ka ny andiany iray nandeha niorimponenana tany Patagònes teo ambany fitarihan'i Don Fagnano. Ny andiany faharoa nandeha nonina tao Viedma, teo ambany fiandraiketan'i Don Milanesio. Anjaran'ireo tao Patagònes ny miandraikitra ny fampielezampinoana eo anivon'ireo Fotsihoditra sy Indianina manerana ny faritra eo anelanelan'i Rio Colorado (aty avaratra) sy i Rio Negro (ary atsimo). Anjaran-dry Don Milanesio kosa ny misahana ny fampielezampinoana eo anivon'ny mponina rehetra ao amin'ny faritr'i Patagônia, aty atsimon'i Rio Negro.

Samy nanana ny fomba fiasany i Don Fagnano sy i Don Milanesio. Ny tetikasan'i Don Fagnano dia hoe: «atao izay hahamaro arak'izay tratra, ny olona manatona antsika». Ny an'i Don Milanesio kosa dia «ny fandehanana manatona ny olona any an-trano» no nimasoany, teo anivon'ireo Indianina efa tofoky ny fanambanian'ny Fotsihoditra. Nefa rahefa dinihina, dia nifameno tsara ireo fomba fiasa ireo. I Don Fagnano nahatsangana sekoly vetivety foana. I Dón Milanesio kosa niezaka nianatra ny fitenin'ireo Indianina, ka nalaky nahazo tanteraka ny fitokisana amam-pitiavan'izy ireo. Ary iray ihany ny tanjona notratrarina tamin'izany: fanomanana olompirenena vaovao miaina ny maha-kristianina azy, ka miezaka bebe kokoa hatrany handala ny rariny sy ny hitsiny ary hanaja ny olonkafa tsy mitovy amin'ny tena eo amin'ny fiarahamonina.

Anisan'ny aretina nikiky ny fiarahamonina tany Arzantinina tokoa manko ny fanambaniana sy ny fanenjehana ny foko Indianina maro izay samy nanana ny nampiavaka azy. Mbola nitohy hatramin'ny taona 1881 ny fampandrian-tany nanenjehan'ny Fotsihoditra azy ireo. Ary taorian'izay, dia mbola nampiharina tamin'ireo akanga sisa nanamborana tsy afa-nandositra ny tetiky

ny *«zarazarao hanjakana»*, mba hanandevozana ny sasany tany amin'ny toeram-piompiana amam-pambolena na handripahana mangina fotsiny izao ny sisa. Tamin'ny 15 mey 1883 vao tapakevitra hilavo lefona teo anoloan'ny fitondrampanjakana i Manuel Namuncurà, lehibem-poko nanan-daza farany nitarika ireo Indianina Araokan (*Arraucan*)...

Raha jerena amin'ny masom-pinoana ny fizotran'ny tantara, dia heverinay manokana fa irak'Andriamanitra hitondra vonjy ho an'ireto Indianina «sisa nanamborana» ireto ny Misiônera Salezianina, izay nalefan'i Don Bosco hiasa tany Arzantinina sy nandrandrainy handeha hatrany Patagônia. Satria tsy azo lavina ny ezaka nataon'izy ireo hijoro marina ho vavolombelon'i Kristy-Fitiavana, tamin'ny alalan'ny «fiarovana amam-panandratana ny madinika izay nailikiliky ny fiarahamonina» (Mat 25,40;45) sy tamin'ny alalan'ny *«fitaomana ny olon-drehetra tsy misy avakavaka ho tonga mpianany»* (Mat 28,19)...

Eny! Noraisin'ireo Salezianina mpamakilay tany Arzantinina ho adidy tokoa ny fiarovana am-pitiavana ny zo aman-kasin'ny Indianina voahosihosin'ny Fotsihoditra sy ny fitaomana azy ireto hahalala an'i Kristy-Fitiavana. Tsy milaza anefa izany fa nankahala ireo Fotsihoditra mpanosihosy terak'i Eorôpa kristianina ny Salezianina. Tsia! Fa noraisin'ireto misiônera ireto am-pitiavana ho adidy koa ny fanantitranterana tamin'ny Fotsihoditra, fa ny «fitiavana ombam-panajana ny mpiara-belona» no fototry ny lalampiainana Kristianina sy ankasitrahan'i Kristy mpampiombona, izay nanafatra hoe: *«Ny fifankatiavanareo no hahafantaran' ny olona fa mpianatro ianareo»* (Joa 13,34-35).

Dia hiroborobo hatraizahatraiza ny asan'ny Salezianina, noho izany fiezahana hijoro mandrakariva ho vavolombelon'i Kristy-Fitiavana izany: hiroborobo eran'i Amerika Atsimo... sy hatraty Madagasikara!

Nisy «nofy miendri-pahitana» anankiroa nahatsinjovan'i Don Bosco izany hoavin'ny Fikambanana miroborobo izany.

Ho vavolombelona eran'i Amerika Atsimo

Ilay nofin'i Don Bosco
mirakitra ny hoavin'i Amerika Atsimo ara-pinoana

Ny nofy anankiray, tonga tamin'i Don Bosco tamin'ny taona 1883, dia nahitany fa «ho vavolombelon'i Kristy-Fitiavana eran'i Amerika Atsimo» ny Salezianina fa tsy ao Arzantinina fotsiny. Hasongadina eto ary ny votoatin'izany nofy izany, izay nahatsapan'i Don Bosco ny tenany ho nandeha fiarandalamby ary tarihin'olona anankiray izay mahalala tsara ny faritra maro lalovana.

«... Nitazana teo am-baravarankelin'ny fiarandalamby aho ary nahita tany maro endrika sy mampitolagaga nandalo teo anoloako: ala, tendrombohitra, tanilemaka, ony lava soritra sy lehibe. Nanjohy moron'alabe mikitroka mbola tsy nidiran'olona hatramin'izao izahay, nandritra ny kilômetatra anarivony maro...

Hitako hatrany an-kibon-tendrombohitra sy hatrany am-pon'ny tanilemaka isan-tokony. Ary niseho teo ambany masoko ny haremben'ireny tany ireny, izay ho hitan'ny olona, indray andro any. Hitako avokoa na toerana marobe fitrandraham-batosoa, na sompitr'arintany tsy mety ritra, na tahirin-tsolitany maro feno mitafotafo ary tsy manan-tsahala mihitsy any an-toeran-kafa...

Dia nanohy ny diany, namakivaky an'i Pampa sy Patagônia, ny fiarandalamby. Ary tody teo amin'ny Détroit de Magellan izahay. Dia nidina izahay. I Punta Arenas no teo anoloanay. Zava-maro karazana no mandrakotra velaran-tany mirefy kilômetatra maro: arintany, hazofisaka, sakamandimby, hazo, vangongom-batosoa mbola akorany sy efa voadio. Natoron'ilay sakaizako ahy izany rehetra izany ary hoy izy:

- Izay mbola nofinofy ankehitriny dia hanjary zavamisy tokoa, indray andro any.

Dia hoy aho namarana:
- Efa be izay hitako izay. Fa tariho amin'izay aho ho any amin'ireo Salezianina any Patagônia.

Niverina tany amin'ny seranam-piarandalamby izahay ary nandray fiarandalamby indray. Ary rahefa avy mitety lalan-davitra, dia nijanona teo akaikin'ny tanàn-dehibe anankiray ny fiara. Nidina niala ny fiarandalamby aho ary tonga dia nahita ireo Salezianina...

Nandroso nankeo anivon'izy ireo aho. Marobe izy ireo nefa tsy fantatro manokana, sady tsy mba nisy tamin'ny mpianatro fahiny na iray aza tamin'izy ireo. Samy gagagaga nijery ahy izy rehetra, toy ny hoe olon-tsy fantatra aho. Dia hoy aho tamin'izy ireo:

- Tsy fantatrareo ve aho? Tsy fantatrareo ve i Don Bosco?

- Oh! Don Bosco! Fantatray laza izy, nefa sary ihany no nahitanay azy. Tsy nahita vatana azy izahay.

- Ary aiza ry Don Fagnano, ry Don Costamagna, ry Don Lasagna, ry Don Milanesio?

- Tsy nahalala azy ireo izahay. Izy ireo no Salezianina voalohany tonga taty fahiny avy any Eorôpa. Fa ankehitriny kosa dia efa maty izy ireo, hatramin'ny taona maro.

Tamin'io valiteny io, dia gaga aho nieritreritra hoe:
- Nofy ve sa tena zavamisy?

Dia niakatra tao anaty fiarandalamby indray izahay; nampaneno anjombona ny fiara ary nizotra nianavaratra... Nandroso nanaraka ny moron-drenirano lehibe iray lava soritra izahay, nandritra ny ora maro. Mbetika koa amin'ny morony havia. Nisy fokon'olondia maro niseho teny amin'ireo morondrano ireo. Ary hoy ilay sakaizako namerimberina:

- Itony no vokatra ho an'ny Salezianina! Itony no vokatra ho an'ny Salezianina!

Dia nolazain'ity mpitaridalana mahagaga ity tamin'i Don Bosco tao anatin'ny nofy koa ny fepotoana ilaina hahatanterahan'ny «famonjena» ireo Indianina any Amerika Atsimo:

- Ho tontosa izany alohan'ny hifaranan'ny taranaka faharoa. Enimpolo taona no faharetan'ny isan-taranaka.

Ary natorony an'i Don Bosco koa fa ny lalana hahombiazan' ireo misiônera dia ny ezaka am-pitiavana «omban-dinitra sy rà»...

Fanendrena an'i Don Cagliero ho Eveka: varavaram-pahatanterahan'ilay nofy

Tsy hahita izany fepotoana ho avy afaka zato taona mahery (alohan'ny hifaranan'ny taranaka faharoa) nambaran'ilay mpitaridalana azy izany i Don Bosco, amin'ny maha-olombelona voafetra sy mety maty azy. Nefa nahavelom-panantenana azy kosa ny firoborobon'ny asan'ny misiônera Salezianina tany Buenos Aires sy Patagônia, any Arzantinina. Ary efa antoka nahitany taratra ny fivelaran'ny asa fanavotana ny Indianina, sahanin'ny Fikambanana Salezianina any Amerika Atsimo, ny fanapahan-kevitry ny Fiangonana, araka ny antontan-taratasy mitondra ny tonon'andro 16 sy 20 nôvambra 1883:

- natsangana ho «Vicariat apostolique» i Patagônia avaratra sy afovoany (ny faritr'i Rio Negro, Chubut ary Santa Cruz) ary voatendrin'ny Fiangonana ho mpiandraikitra izany i Don Cagliero;

- ary najoro ho «Préfecture apostolique» eo ambany fitantanan'i Don Fagnano ny faritra farany atsimon'i Patagônia.

Ny fanendrena an'i Don Cagliero ho eveka Salezianina voalohany tamin'ny 9 ôktôbra 1884 dia vao mainka nanamarim-pototra ny zavatra tsinjon'i Don Bosco tao anatin'ilay «nofy miendri-pahitana» tamin'ny taona1883. Hafaliana tsy omby tratra

ny an'i Don Bosco! Satria tena antoka hampiroborobo ny «Asa fampielezampinoana» eo anivon'ny Indianina tokoa izao fanandratana ho eveka ny mpiandraikitra ny «Vicariat apostolique» any Patagônia avaratra sy afovoany izao: lasa lavitra dia lavitra tokoa i Cagliero ary nahazo ny fahefana ho mpamindra ny fanomezampahasoavana maha-pretra amin'ny maro hafa, arak'ilay fahitan'i Don Bosco momba an'i Cagliero telopolo taona lasa izay (1854).

Tamin'ny 7 desambra 1884 no natao tao amin'ny Fiangonampiandrianan'i Maria Vonjy ny fanamasinana an'i Mônsenera Cagliero: 46 taona izy tamin'izay. Andro sarobidy ho an'i Valdocco manontolo io andro io ary androm-pifaliana manokana ho an'i Don Bosco, izay nofinidin'i Mônsenera Cagliero hanoroka voalohany indrindra ny peratra maha-Eveka azy...

Dia nikorisa tsy hitahita ny andro! Tonga ny fotoana hamonjen'i Mônsenera Cagliero an'i Patagônia fari-piadidiana hampielezampinoana nankinina aminy, ka tsy maintsy ilaozana i Valdocco sy i Don Bosco.

Tokony ho tamin'ny 1 febroary 1885 i Mônsenera Cagliero no handao an'i Turin ho any Amerika Atsimo, nefa nahatsiaro vizana izy tamin'iny andro iny, ka dia niverina hatory teny Valdocco indray, rahefa avy nandefa ireo misiônera Salezianina valo ambin'ny folo sy Zanakavavin'i Maria Vonjy enina teny amin'ny seranampiarandalamby: hiondrana an-tsambo miaraka aminy hiasa any Amerika Atsimo ireto misiônera efatra amby roapolo ireto. Niakatra nihaona tamin'i Don Bosco tany an'efitranony izy tamin'iny takariva iny ary naka toerana teo anilany. Samy nangina tsy nisy niteny aloha izy ireo, nefa nony ela dia nanomboka niresaka i Don Bosco:

- Lasa ve ireo namanao?

- Eny - hoy i Mônsenera Cagliero.

- Ary ianao. Rahoviana ianao no handeha?

- Tsy maintsy tonga any Sampierdarena aho rahampitso. (I Sampierdarena dia toerana iray tsy lavitra an'i Gênes izay handraisana sambo ho any Amerika).

- Raha azonao atao, dia ahemory ny fiainganao; mialà sasatra tsara aloha.

- Tsy maintsy mandeha aho. Ka dia omeo ahy, ankehitriny, ny tsodranonao.

- Nahoana no omena anao anio hariva izany? Tongava rahampitso maraina, fa mbola hiresaka milamina isika.

- Tsia, ry Don Bosco â, tsy maintsy miainga vao maraimbe aho rahampitso.

- Vizaka anie ianao e... Ataovy anefa izay mety.

- Tsofy rano àry aho ary tsofy rano ireo namako.

Dia nandohalika i Mônsenera Cagliero. Noraisin'i Don Bosco ny tanany, ary hoy izy nitsodrano an'i Mônsenera:

- Soava dia e! Raha tsy mifankahita ety an-tany ety intsony isika, dia hifankahita indray any am-paradisa.

- Aza miteny izany e - hoy i Mônsenera namaly -. Fa mbola hifankahita indray isika.

- Eny àry e! Aoka ho arak'izay sitraky ny Tompo, fa Izy no mpandahatra. Be ny asa hotontosainareo any Arzantinina sy Patagônia; miasà mafy, dia hanampy anareo i Masina Maria.

Dia nanomboka nanome tsodrano an'i Mônsenera Cagliero amin'izay i Don Bosco. Tamim-peo miadana dia miadana no nanononany ny vavaka tsodrano fanaon'ny Fikambanana. Tampotampoka izay anefa dia tsy tsaroany intsony ny teny tokony holazaina. I Mônsenera Cagliero mbola mandohalika mandray ny tsodrano no voatery nibitsibitsika taminy ny teny rehetra sisa tokony hotononiny. Dia namerina izay nobitsihina taminy i Don Bosco mbola tsy namela ny tanan'i Mônsenera Cagliero notazoniny. Ary nony vita ny tsodrano, dia nitsangana i Mônsenera sady nilaza hoe:

- Mahavità soa ny alina, ry Don Bosco malalako. Mialà sasatra amin'izay e!

Fara hafatra sisa no napetrak'i Don Bosco ho setrin'izany tenin'i Mônsenera izany:

- Veloma any amin'ireo namana mpiara-dia aminao, veloma any amin'ireo rahalahy miasa any Amerika sy ireo mpiaramiasa laika... Mbola be ny zavatra tiako holazaina aminao. Hitsodrano anao anie Andriamanitra...

Izao fandehanan'i Mônsenera Cagliero ho Eveka tompon'andraikitra any Patagônia avaratra sy afovoany izao no ho varavaram-pahatanterahan'ilay nofin'i Don Bosco tamin'ny 1883, izay mirakitra ny hoavin'i Amerika Atsimo ara-pinoana: satria ho hita soritra eo amin'ny sahan'ny tantara fa i Mônsenera Cagliero dia anisan'ireo misiônera mpamakilay nampiely ny sanganasan'ny Salezianina tamin'ny toerana maro (ivelan'i Arzantinina) tany Amerika Atsimo.

Tsy ny hoavin'i Amerika Atsimo ara-pinoana sy ny hoavin'ny Salezianina tany ihany anefa no nasehon'Andriamanitra ho tsinjotsinjon'i Don Bosco tamin'ny alalan'ny *«nofy miendri-pahitana»*. Tazan'i Don Bosco tao anatin'ny nofy iray hafa koa ny hoavin'ny Fianakaviam-be Salezianina eran'izao tontolo izao. Tamin'ny alin'ny 9 hifoha 10 avrily 1886 no nitrangan'izany nofy izany taminy. Ary raha ny zava-boarakitry ny tantara voasoratra no jerena, dia io no «nofy miendri-pahitana»farany nahatsinjovan'i Don Bosco ny hoavin'ny asa fampielezampinoana sahanin'ny Salezianina.

Eny! Tsinjon'i Don Bosco tao anatin'ity nofy ity fa ho «Vavolombelon'i Kristy-Fitiavana eran-tany» tokoa ny Salezianina! Ho vavolombelony hatraty Madagasikara!...

Ho vavolombelona hatraty Madagasikara

Nofy mahatalanjona

Feo efa vizaky ny taona fitopolo mahery niainany no nitantaran'i Don Bosco ity nofy ity tamin'i Don Viglietti sy i Don Rua, izay nangatahany fankatoavana tamin'ny Papa ho Filohampikambanana handimby azy ary nahazoany valiny mahafapo tamin'ny fiandohan'ny volana desambra1884.

Ny ventimbentiny amin'ny zava-noraisin'izy mirahalahy ireo an-tsoratra ihany no asongadina eto hoeritreretina manoloana ny fizotran'ny tantara aty aoriana:

«Teo an-tampon-kavoana iray i Don Bosco. Nanopy ny fijeriny tery amin'ny faratazana izy ary nahita ala sy voly vakivakin'ny lalana maro. Dia injany toa misy antsoantson'ankizy marobe manaitra ny sofiny; nefa tsy mahita ninoninona izy. Nony ela, dia indreo tanora maro tsy tambo isaina no hitany mihazakazaka manodidina azy sy miara-dalana aminy ary milaza hoe:

- Niandry anao izahay, tena niandry anao mafy tokoa nefa eto ianao ankehitriny, ka tsy ho afa-mandositra anay intsony!...

Sady talanjona i Don Bosco no tsy nahazo loatra ny zava-niseho.

Dia iny nisy vehivavy mpiandriondry nitarika andian-janakondry marobe nilaza hoe:

- Jereonao tsara. Jereonareo rehetra tsara. Inona no hitanareo?

- Tendrombohitra, dia ranomasina, dia havoana, ary tendrombohitra sy ranomasina indray..

- Valparaisô no soratra voavakiko - hoy ny tanora iray (any Shili no misy an'i Valparaisô).

- Santiagô no voavakiko - hoy kosa ny tanora iray hafa (any Shili koa i Santiagô)

- Eny àry - hoy ilay vehivavy mpiandriondry tamin'i Don Bosco: miaingà avy eo amin'io faritra io, dia hohitanao izay tokony

hataon'ny Salezianina amin'ny hoavy! Manaova tsipika mahitsy dia jereo.

Dia niara-niredona niteny mafy ireo tanora nanara-maso:

- Pékin no voavakinay.

- Izao àry - hoy indray ilay mpiandriondry tamin'i Don Bosco -: manaova tsipika iray mampitohy an'i Pékin sy i Santiagô. Dia asio teboka iray eo afovoan'i Afrika, fa ho azonao veroka mazava izay rehetra tokony hataon'ny Salezianina.

- Ahoana anefa - hoy i Don Bosco - ny hanaovana izao rehetra izao? Tena lehibe ny elanelan-tany, sarotra ireo faritra haleha ary vitsy ny Salezianina.

- Aza taitra ianao e! Ho vitan'ireo zanakao izany; ho vitan'ny zanaky ny zanakao sy ny zanak'izy ireo... Manaova tsipika avy eo Santiagô mankeo afovoan'i Afrika. Inona no hitanao?

- Ivon-toerana folo fampielezam-pinoana.

- Eny àry! Ireo toerana izay hitanao ireo dia ho foibem-pianarana sy noviciat, ka hamokatra misiônera marobe hisahana ny asa ilaina amin'ireo faritra ireo... Ary ankehitriny dia topazo maso indray ery amin'ny ilany anankiray ery: mahita ivon-toerana folo hafa indray ianao avy eo afovoan'i Afrika mankany Pékin. Hamokatra misiônera ho an'ireo faritra rehetra ireo koa ireo ivon-toerana ireo. Eto izao i Hông-Kông, eto i Calcutta (India), ary ety lavidavitra ety i Madagasikara. Ireo toerana ireo sy ny hafa marobe dia hanana trano, foibem-pianarana ary noviciat.

Saika mbola hiteny i Don Bosco. Kanjo... tapitra teo ilay nofy!».

Tanteraka miandalana ny votoatin'ilay nofy

Tapitra teo tokoa ilay «nofin'i Don Bosco» farany momba ny hoavin'ny asa fampielezampinoana sahanin'ny Salezianina. Famenon'ireo «nofy miendri-pahitàna» roa momba an'i Arzantinina

(Patagônia) sy Amerika Atsimo izy iny. Ary hiharihary eo amin'ny sahan'ny tantara fa ho tanteraka miandalana ny votoatiny...

Tsy ho tanteraka manontolo alohan'ny fotoam-pahafatesan'i Don Bosco anefa izany. Saingy tsy azo lavina kosa fa mbola tsy maty akory izy, dia efa niseho sahady ny santatra nahavelom-panantenana azy.

Araka ny nambaran'i Mônsenera Cagliero tamin'ny jolay 1886, dia tontosa ny famakiana lay ny faritr'i Patagônia avaratra, izay be mponina indrindra, ary efa misy zanaka filoha indianina mihitsy aza mirotsaka amin'ny fampianarana ara-pinoana ny Indianina namany, manampy ireo misiônera Salezianina. Manamporofo izany fa nahavita dingana lehibe teo amin'ny asa fampielezam-pinoana ireo Salezianina mpamakilay tany Patagônia.

Nefa moa mbola be koa ny asa miandry ireto mpamakilay eran'i Amerika Atsimo. Koa dia nirotsaka tamin'ny atrikasa vaovao indray i Mônsenera Cagliero tamin'ny taona 1887. I Don Milanesio sy Salezianina roa hafa no niaraka taminy hampitatra ny fampi-elezana ny finoana kristianina, hatrany Shili. Niankandrefana tsikelikely izy ireo: namakivaky ny lohasahan'i Rio Negro, nitety nihoatra ny tomandavan-tendrombohitr'i Cordillère des Andes ary nidina miadana hatrany Concepcion any amorontsiraky ny Ranomasimbe Pacifique.

Dia tamin'ny alalan'izany atrikasa misiônera nitondra an-dry Mônsenera Cagliero hatrany Shili izany no nahitana taratra fa nanomboka ny fahatanterahan'ilay nofin'i Don Bosco farany miendri-pahitàna tamin'ny 1886. Satria tamin'ny taona 1887, dia efa nofaritan'i Mônsenera Cagliero ho anisan'ireo ivon-toerana hanorenana trano Salezianina i Santiagô sy i Valparaisô, izay samy any Shili ary samy voateny tao anatin'ilay nofy farany.

Hoy ny rakitsoratra nampitain'i Mônsenera Cagliero mikasika izany:

«Nofaritako tany (amorontsiraky ny Pacifique) ny toerana ho an'ireo trano vaovao Salezianina: Concepcion, Talca, Santiagô ary Valparaisô».

Dia toy izay àry ny amin'ireo «nofy miendri-pahitana» telo nitranga tamin'i Don Bosco teo anelanelan'ny taona 1871 sy 1887, ka nahatsinjovany fa ho «vavolombelon'i Kristy-Fitiavana» ny Salezianina: hatrany Patagônia any Arzantinina sy eran'i Amerika Atsimo ary eran'izao tontolo izao, hatraty Madagasikara...

Hitan'i Don Bosco taratra teo anivon'ny fahavelomany ny fahatanterahan'ilay nofy momba an'i Patagônia any Arzantinina. Satria tontosan-dry Mônsenera Cagliero tamin'ny taona 1886 ny famakiana lay an'i Patagônia eo amin'ny sehatra ara-pinoana kristianina.

Ary tsapan'i Don Bosco fahavelony koa fa efa nanomboka nisary zoro ny fahatanterahan'ny zava-niseho taminy tao anatin'ilay nofy momba an'i Amerika Atsimo manontolo. Teo amin'ny vanimpotoana nahafatesany, tamin'ny 1888 manko, dia efa nisy 150 ny Salezianina niasa tany Amerika Atsimo, nampian'ny Zanakavavin'i Maria Vonjy 50. Firenena dimy no efa niasan'izy ireo: i Arzantinina, i Brezil, i Ekoatera, i Orogoay ary i Shili.

Ampahany kely dia kely tamin'ilay nofy tamin'ny 1886 kosa no mba nisary zoro fahavelon'i Don Bosco: ny famaritana an'i Santiagô sy Valparaisô izay voateny tao amin'ny nofy ho anisan'ny toerana hanorenana trano salezianina. Aorian'ny hahafatesan'i Don Bosco vao ho tanteraka ny zava-niseho maro sisa.

Tamin'ny taona 1911 no nanomboka niasa tany Afrika afovoany ny Salezianina: misiônera belza vitsivitsy, tamin'izay, no nirahina hiasa tany amin'ny faritr'i Katangà any Kôngo Belza (Zaïre ankehitriny). Tamin'ny taona 1920 kosa izy ireo no nanomboka niasa tany Chine (izay misy an'i Hông-Kông mbamin'i Pékin) sy tany India (izay misy an'i Calcutta)...

Ary ...tamin'ny taona 1981 vao nanomboka niasa teto Madagasikara ny Salezianina. Efa dimy amby sivifolo (95) taona aty aoriana vao manomboka ho tanteraka ny zava-boalazan'ilay Vehivavy mpiandriondry momba an'i Madagasikara, tao amin'ilay nofin'i Don Bosco farany tamin'ny 1886.

Tanteraka miandalana tokoa ny zava-noraketin'ireo nofy miendri-pahitana nahatsinjovan'i Don Bosco mialoha fa *Vavolombelon'ny fitiavana eran-tany* ny Salezianina! Ho vavolombelona hatrany Patagônia any Arzantinina, eran'i Amerika Atsimo ary... hatraty Madagasikara!

23

Fanekena maha-Pretra: itondrana fijaliana...

Ankoatry ny «nofy miendri-pahitana» izay nahatsinjovan'i Don Bosco ny hoavy tamin'ny endriny somambisamby ihany, dia anisan'ny lafin-javatra tsy azo sarahina amin'ny fiainany manontolo koa ny fisedrana ombam-pijaliana. Na dia ny lalam-panekena maha-pretra azy aza dia nitondrany fijaliana mangirifiry. Eny! Nitondra lefona an-kibo toy ny mangahazo anaty tenona izy, noho ny fomba fitondran'ireo Arseveka sasany nifan-dimby nitantana ny diôsezin'i Turin. Ary niteraka fisedrana azy avy amin'ny Papa, Solontenan'i Kristy Filoham-piangonana koa izany fifandraisany tamin'ny Arsevekany izany, noho ny toe-draharaha nanakoako hatrany Rôma...

Anisan'ny nanamarim-pototra bebe kokoa hatrany ny hafatry ny reniny taminy, tamin'ny taona 1841, ny fijaliana nentiny teo amin'ny fiainam-panekena maha-pretra azy. Taorian'ny Sorona Masina voalohany natolony tao Castelnuovo, renifiangonan'ny faritany fiaviany, no nilazan-dRamatoa Marguerite taminy hoe: «Tadidio tsara fa fanomboham-pijaliana ny fanombohana manolotra Sorona Masina...».

Dia nibaribary miandalana tamin'i Don Bosco tokoa fa fianam-pijaliana ny fiainana maha-pretra. Tsy nanary toky noho ny fangirifiriana nozakainy teo amin'ny sehatry ny fanekena maha-pretra anefa izy. Tsia! Satria namelombelona mandrakariva ny finoana amam-panantenana tsy sarahim-pitiavana tao am-pony ny fibanjinana an'i Kristy-Mpisorombe, hany ohatra velon'ny fanekena, hatramin'ny fahafatesana aza (Fil 2, 5-8).

Izany finoana amam-panantenana tsy sarahim-pitiavana izany no nentin'i Don Bosco nilanja ny mafy teo ambany fitondran'i Mônsenera Riccardi aloha ary indrindra teo ambany fahefan'i Mônsenera Gastaldi. Dia mbola izany koa no nisalorany, teo ampanekena ny fisedrana azy avy amin'ny Papa Léon faha-13, izay nanam-pitokisana azy manokana.

Ho sadasada manantsoratra ihany ny endri-javatra sasany hisongadina ato amin'ity toko ity. Nefa antenaina fa tsy ho loharanom-panafintohinana ho an'ny mpamaky izany. Satria ezaka famisavisana ny lalam-piainan'i Don Bosco no imasoana etoana; fa tsy fanaratsiana mpitondrafivavahana, sanatria. Ny marina, marina ihany e!

Antenaina aza fa hanampy ny mpino ho matotra kokoa hatrany eo amin'ny finoany an'Andriamanitra ny fahalalana fa «tsy misy olombelona lavorary eto an-tany, na dia ny mpitondrafivavahana aza». Samy mpanota mahantra avokoa ny olombelona rehetra eto an-tany, ninoninona fanamiana isalorany ary ninoninona mariboninahitra iravahany! Izany no antony nanirahan' Andriamanitra-Fitiavana an'i Kristy, Zanany, hampianatra ny olombelona rehetra hiaiky ny fahalemeny avy sy hiezaka hatrany hifikitra amin'Andriamanitra Mpahary loharanom-pahasoavana: *«Miambena ary mivavaha amin' Andriamanitra mba tsy ho latsaka amin' ny fakampanahy. Marisika ny fanahy fa ny nofo no osa»* (Mat 26,41)...

I Mônsenera Riccardi: tsy nety niova hevitra

Tsy dia nisy olana firy ny fifandraisan'i Don Bosco tamin'ny Arsevekan'i Turin, tamin'ny fotoanandron'i Mônsenera Fransoni izay nanamasina azy ho pretra. Satria nahafantatra tsara ny fanomezam-pahasoavana manokana nananan'i Don Bosco teo amin'ny fikarakarana ny tanora i Mônsenera Fransoni, ka nankasitraka ny finiavana noraisiny ary nankahery azy tamin'izany. Niova kosa anefa ny fandehan-javatra nony maty i Mônsenera

Fransoni. Tamin'ny taona 1862 izy no nodimandry tany ampialokalofana tany Lyon. Ary noho ny adilahy pôlitika nifamahofaho, dia tamin'ny taona 1867 vao nahazo Arseveka vaovao indray ny diôsezin'i Turin: i Mônsenera Riccardi no voatendry handimby an'i Mônsenera Fransoni.

Sakaizan'i Don Bosco i Mônsenera Riccardi ary zokiny fito taona. Efa eveka nitondra ny diôsezin'i Savone izy no voatendry ho Arsevekan'i Turin.

Rahefa niorim-ponenana tao Turin izy, dia tonga namangy azy i Don Bosco. Hafaliana no nandravaka ny fiandohan'izay fihaonana izay. Nolazain'i Mônsenera, tamin'ny resaka nifanaovan' izy ireo, ny fankasitrahany ny soa vitan'i Don Bosco ho an'ny tanora tsy ankanavaka sy ho an'ny semineran'i Mirabello, izay natolotra hovelombelomin'ny Salezianin'i Don Bosco. Nambarany koa aza fa mbola andrandraina manokana i Don Bosco amin'ny famelomana indray ny seminera zandriny ao Giaveno sy ao Bra, toy izany koa amin'ny fanarenana ny semineran'i Chieri.

Arakaraka ny nandrosoan'ny dinika tamin'io fihaonana voalohany io anefa no nipoiran'ny «tsontsorimamba hisarahana». Nambaran'i Don Bosco tamin'ny Mônsenera Riccardi tao amin'ny resaka nifanaovana manko fa fikambanan-drelijiozy no naoriny nanomboka tamin'ny 1859 ary efa nahazo ny fankatoavana voalohany avy amin'ny Papa io Fikambanana io, nanomboka tamin'ny taona 1864. Taitra i Mônsenera nahare izany fa tena diso fanantenana. Ka hoy izy tamin'i Don Bosco:

- Noheveriko fa diôsezanina ange ity Fikambananao ity e; ary noho izany, dia izaho irery ihany no iankinany. Noheveriko fa voatokana manontolo ho an'ny diôseziko ny asanao...

Tsy Fikambanana diôsezanina ny Fikambanana Salezianina, fa Fikambanana miankina mivantana amin'ny Papa ary azony angatahina asa araka izay ilain'ny Fiangonana eran-tany.

Nanomboka teo, dia tsy niraika firy intsony tamin'i Don Bosco sy ny asany i Mônsenera Riccardi. Ary nihanangatsiaka hatrany ny fifandraisany tamin'i Don Bosco. Niova mihitsy aza ny fandehan-javatra.

Talohan'izao fanendrena an'i Mônsenera Riccardi izao, dia tsy nisy olana ho an'ireo seminarista zokiny ny fahazoa-miasa teny Valdocco sy ny fialokalofana teny, tamin'ny vanimpotoana nikatonan'ny «Seminera Zokiny». Hafa kosa ny toe-javatra nony tonga izy. Nandefa taratasy ho an'i Don Bosco izy tamin'ny 11 septambra 1867 ary hentitra ny fanapahankevitra nambarany tao: «Ny momba ireo seminarista diôsezanina, dia tsy avelako intsony izy ireo hampianatra na ho mpiambina any amin'ny efitrano fatoriana sy any an-dakilasy. Atao izany mba hanampiana ary ireo amin'ny fianarany. Ary nanapakevitra marina aho fa tsy handray ho amin'ny Sakramentan'ny Filaharana afa-tsy ireo ao amin'ny Seminera».

Nanomboka teto ny andro manjombona, ho an'i Don Bosco. Nandao ny *Oratorio-n'i Valdocco* ary nandeha nifindramonina teny amin'ny seminera ny ankamaroan'ireo seminarista zokiny izay tsy nihevitra hijanona ho Salezianina. Ireo efa nanao ny voady maha-Salezianina koa aza dia velona ahiahy be ihany: ho tody pretra ihany ve eo anatrahan'izao fanapahankevitr'i Mônsenera Riccardi izao?

Lasa nifampidinika tamin'i Mônsenera Riccardi i Don Bosco noho ny toe-draharaha tsy dia nampandry ny eritreriny. Satria toa hitera-doza ho an'ny fikarakarany ny tanora ny baiko navoakan'ny Arsevekan'i Turin. Anisan'ny napetrany tamin'ny fifampidinihana ity fanontaniana ity:

- Tsy maintsy hitoetra irery eo anivon'ny tanorany ve i Don Bosco?

Tsy laitra nahodina anefa i Mônsenera Riccardi, fa niziriziry tsy nety niova hevitra.

Tamin'ny taona 1869 vao tonga ny mazava ho an'i Don Bosco, momba ny toe-javatra namandrihan'i Mônsenera Riccardi azy. Tamin'ny 1 marsa 1869 manko no navoakan'ny Papa ny volavolan-dalàna mankatò ampahibemaso ny Fikambanana Salezianina. Ary nisy volavolan-dalàna iray hafa koa nanome fahefana an'i Don Bosco, mandritra ny folo taona, mba hahazoany mampandroso ho amin'ny Sakramentan'ny Filaharana ny mpio-

mana ho pretra niditra tao amin'ny *Oratorio* talohan'ny fahaefatra ambin'ny folo taonany, na dia tsy niofana tamin'ny seminera aza.

Herintaona mahery kely taorian'izany, dia nodimandry i Mônsenera Riccardi: ôktôbra 1870 tamin'izay. Ary i Mônsenera Lorenzo Gastaldi, evekan'i Saluzzo, no notendren'ny Papa Pio faha-9 handimby azy tao Turin.

I Mônsenera Gastaldi, nahitan'i Don Bosco ny mafaitra

Sakaizan'i Don Bosco

Efa hatramin'ny taona maro no nifankahalalan'i Don Bosco sy i Mônsenera Gastaldi. Ary be ny soa azon'ny Salezianina sy ny *Oratorio-n'i Valdocco* tamin'ny alalan'ity lehilahy ity. Mbola tsy eveka akory izy, ohatra dia efa lasa reny mpiahy ireo tanoran'i Don Bosco kilasimandry tao amin'ny *Oratorio Md François de Sales* Ramatoa Gastaldi reniny. Noraisin-dRamatoa Gastaldi ho toy ny zanany mihitsy i Don Bosco noho ny fihavanany tamin'i Mômpera Gastaldi, zanany. Ary taty aoriana, dia anisan'ny eveka nanoratra manokana tany Rôma i Mônsenera Gastaldi, mba hankatoavan'ny Papa ny Fikambanana Salezianina. Nanamafy ny fankasitrahan'i Mônsenera Fransoni ny asa vitan'i Don Bosco sy ny Salezianina ho an'ny tanora ny taratasin'i Mônsenera Gastaldi tamin'ny 11 jolay 1867; ary fijoroana ho vavolombelona nahita maso ny zava-dehibe vitan'Andriamanitra, tamin'ny alalan'i Don Bosco kosa ny taratasy nalefany folo volana taorian'ilay taratasy voalohany.

Tao amin'ny boky *«Fahatsiarovana ara-tantara»* (Souvenirs Historiques) nosoratany aza, dia nasiany teny figagana manokana ihany koa ny *Oratorio-n'i Md François de Sales* miorina ao Valdocco, izay lazainy ho «toerana tena voatsodranon'Andriamanitra» noho ireo toeram-pivavahana amam-piantrana samihafa nipoitra sy tafajoro tao.

Noho izany rehetra izany, dia noheverin'i Don Bosco ho sakaiza mahatoky azo itarainana sy ilan-kevitra mandrakariva i Mônsenera Gastaldi.

Nisy akony teo amin'ny fanendrena an'i Mônsenera Gastaldi ho Arsevekan'i Turin izao maha-sakaizan'i Don Bosco azy izao.

Anisan'ny olona tena nitokisan'ny Papa Pio faha-9 manokana moa i Don Bosco. Koa nila hevitra taminy izy teo amin'ny vanim-potoana nikarohana izay hofidina ho Arseveka vaovaon'i Turin, handimby an'i Mônsenera Riccardi. Tsy nisalasala i Don Bosco, fa avy hatrany dia nanolotra an'i Mônsenera Gastaldi, sakaizany, izay efa evekan'i Saluzzo tamin'izay.

Tsy dia narisika loatra ny Papa noho ny nahalalany an'i Mônsenera Gastaldi ho henjan-toetra loatra. Nefa nidiry nanolotra azy hatrany i Don Bosco, ka dia nanaiky ny tolokeviny i Pio faha-9, sady niteny hoe:

- Tianao moa izy, ka dia omeko anao. Apetrako aminao ny fampahafantarana an'i Mônsenera Gastaldi fa tendreko ho Arsevekan'i Turin izy ankehitriny, ary afaka roa taona, dia hotendreko ambony kokoa noho izany izy (ho Kardinaly).

Avy hatrany dia nalefan'i Don Bosco soramaika ny filazana ny vaovao tamin'i Mônsenera Gastaldi. Ary raha vao tafaverina tao Turin avy any Rôma i Don Bosco, dia tonga nihaona taminy ny Arseveka vaovao. Naharitra ela ny resaka nifanaovan'izy ireo, araka ny voalazan'i Don Lemoyne. Nanaovan'i Don Bosco tsiliantsofina, talohan'ny nisarahana, fa anisan'ny mpanolo-kevitra tamin'ny fanendren'ny Papa an'i Mônsenera Gastaldi ho Arsevekan'i Turin izy. Nolazainy mazava tamin'ity Arseveka sakaizany aza ny fikasàn'ny Papa hanandratra azy ho Kardinaly, aoriana kely. Tsy dia azoazon'i Mônsenera Gastaldi loatra anefa izany resaka am-pahatsorana izany, ka hoy izy nanapaka ny tenin'i Don Bosco hoe: «Aoka hanao ny asany Andriamanitra...»

Arseveka nanan-talenta

Hita taratra miandalana teo am-pitondrana ny Arsidiôsezin'i Turin fa Arseveka nanana ny maha-izy azy ary tena nanan-talenta

i Mônsenera Gastaldi. Araka ny voalazan'i Mônsenera Duc, evekan'i Aosta, dia: nanana toetra hentitra izy teo amin'ny vinavinan'asa nataony sy teo amin'ny fanapahankevitra noraisiny; nidadasika ny saham-pahalalany; havanana tamin'ny fahaiza-miteny izy sady feno fitiavam-bavaka ary fatra-panaja manokana an'i Masina Maria; nibaribary ny fifikirany tamin'ny fampianaran'ny Papa, ary tsy niafina ny fandalany ny famonjem-panahy sy ny fitiavany ny Fiangonana.

Izany no nanentana azy tsy hanao ambanin-javatra ny fitondram-panovana teo amin'ny fiainan'ny Arsidiôsezin'i Turin: tao ny fanarenana ny nikororosifahana tany amin'ireo toeram-piofanan'ny tanora ho pretra, tao ny fampivondronana ny herivelon' ny Fiangonana tao an-drenivohitra ary tao koa ny Fitaomana ny mpanabe kristianina mba hampianatra ny tanora - indrindra ny tovovavy - hiezaka hikolokolo fiainam-panahy ravahan'ny faha-foizantena ombam-panetrentena sy fahaiza-mamela heloka.

Raha fintinina, dia nahavita zava-dehibe ho fanarenana sy ho fampandrosoana ny Arsidiôsezin'i Turin i Mônsenera Gastaldi, nandritra ny telo ambin'ny folo taona nitondrany tao (1870-1883). «Nanan-talenta ho mpitarika ny vahoaka izy» - hoy i Mônsenera Duc!

Nefa tsy azo lavina fa namotika fiainan'olona maro izy, nandritra izany fotoana «naha mpitondra ny Arsidiôsezin'i Turin» azy izany. Satria nanjemby azy ihany ny fanamparam-pahefana sy ny fitompoana tenifantatra.

Nefa Arseveka liam-pahefana sy nitompo teny fantatra

Ekena aloha fa tsy dia olona nasiaka be i Mônsenera Gastaldi. Azo lazaina ho nanana «fo volamena» aza izy sady niaina ny fanetren-tena sy ny hamorampo notorìny.

Saingy nanana toetra niteraka fisavorovoroan-javatra maro koa izy. Araka ny voalazan'i Mônsenera Ré, evekan'i Alba, dia «somary diso saropiaro tamin'ny fahefana amam-pahalalana nananany i Mônsenera Gastaldi. Ary nanatevina izany ny fahazarany

mandray fanapahankevitra maimaika sy tsy voalanjalanja tsara, nefa tsy tiany hiverenana ihany koa, satria atahorany hampihena ny lazam-pahefany. Raha vao misy raharaha idiran'ny fahefana maha-Arseveka azy, dia lasa mpanjakazaka tsy mety milefitra izay izy».

Arakaraka ny nandrosoan'ny taona no nampivandravandra miandalana an'izany kileman'i Mônsenera Gastaldi izany. I Mômpera Sorasio, mpitantsoratry ny Arseveka tamin'izany fotoana izany, izay voatery nankatò fanapahankevitra sasany tena nampihoronkoditra, dia nanoratra mihitsy taty aoriana, tamin'ny 1917, ka nilaza fa nanjakan'ny «fanaparam-pahefana» ny vanim-potoana nitondran'i Mônsenera Gastaldi. Toa moramora taminy ery ny nandray fanapahankevitra mandrara ireo pretrany tsy hahazo manolotra Sorona Masina sy mampikônfesy. Nefa famaizana goavana fanome ny pretra nahavita heloka bevava ny toy itony, teo anivon'ny fiainam-piangonana. Vokatr'izany: maro tamin'ireo niharan'ny famaizana no nametraka fitoriana ny Arsevekan'i Turin tany Rôma. Tamin'ny taona 1878, ohatra, dia nahatratra telopolo ny isan'ny raharaha nalamin'ny fitsaràmpiangonana tao Rôma, mikasika an'i Mônsenera Gastaldi sy ireo pretran'ny diôsezin'i Turin.

Fa teo anilan'ireo pretra sahy nampakatra fitoriana tany Rôma, dia nisy koa ny nilanja mangina ny famaizana tsy an-drariny nataon'i Mônsenera Gastaldi. Anisan'ireny i Mômpera Bertagna, ilay teôlôjianina noresahin'i Don Bosco tamin'ny Arseveka vaovao, tamin'ny 1870, fa mendrika hotendrena ho vikera mpanampy azy eo amin'ny fitantanana ny diôsezy. Noraran'ny Arseveka tampoka tsy hanao ny asa maha-mpampianatra teôlôjia môraly azy intsony izy, tamin'ny septambra 1876. Efa roa amby roapolo taona anefa, tamin'izay fotoana izay, no nampianarany tao amin'ny «akany fiofanan'ireo pretra tanora miana-draharaha». Nolanjainy mangina ny vesatry ny fanapahankevitry ny Kardinaly Gastaldi ary lasa nisintaka tsy re tsaika teny Castelnuovo, tanindrazany, izy nandritra ny fotoana nanakatonana ilay Akany fiofanana. Narary mafy mihitsy aza izy, noho ity zava-nianjady taminy ity. I Mônsenera Savio, evekan'i Asti, no nanavotra azy, teo anivon'ny fahoriany, tamin'ny taona 1879: nantsoiny hiara-miasa aminy izy ary

notendreny ho «Vikera jeneraly». Satria anisan'ny olona nanandaza sy to teny tamin'izany fotoana izany tokoa i Mômpera Bertagna, ka tsy mendrika azy ny fanapahankevitra feno didijadona. Tamin'ny 1884, dia niantso azy hiverina tao Turin indray ny Kardinaly Alimonda, dimbin'i Mônsenera Gastaldi: notendreny ho eveka mpanampy tao amin'ny diôseziny izy ary nataony lehiben'ny semineran'ny arsidiôsezy...

Voarakitry ny tantara tokoa ny fanaparam-pahefana nataon'i Mônsenera Gastaldi! I Mômpera Louis Testa, zezoita anankiray to teny tao Rôma tao, dia nanoratra mihitsy tamin'izany fotoana izany, ka nilaza hoe: «Nandamina fisarahan-kevitra maro teo amin'i Mônsenera Gastaldi sy olo-manandaza samihafa aho... Efa vizaka sy fefik'itony tantaran'ny Arsidiôsezy (Turin) itony ny eto Rôma».

Arseveka nampigoka ny mafaitra an'i Don Bosco

Niharan'ny mafaitra vokatry ny fanaparam-pahefana nataon'i Mônsenera Gastaldi koa i Don Bosco, fa tsy afa-bela.

Hatrany am-piandohan'ny naha-Arsevekan'i Turin azy mihitsy no efa nisy zavatra tsy nahafaly azy tamin'i Don Bosco, araka ny efa voalaza tetsy aloha: tsy azoazony ny nampitan'i Don Bosco taminy ny hafatry ny Papa Pio faha-9 mikasa ny hanandratra azy «ho Kardinaly raha afaka roa taona» taorian'ny nanendreny azy ho Arsevekan'i Turin, tamin'ny 1870. Tsy nahafaly azy koa ny fandrenesany fa noho ny tolokevitr'i Don Bosco manokana no nifidianan'ny Papa Pio faha-9 azy ho Arsevekan'i Turin. Izany no antony nilazany ampahibemaso tamin'ny kabary fandraisampahefana nataony tao amin'ny Katedralin'i Turin, sy nanantitranterany imbetsaka tamin'izay fa: ny fitsimbinan' Andriamanitra tokana ihany no nahavoafidy azy toy izao, fa tsy nisy fandraisana anjara avy amin'olombelona, na dia kely akory aza.

Dia nohararaotin'ny gazety sasany mpanohitra Fiangonana izany hampisavorovoroana ny sain'ny olona sy handranitana ny disadisa vao nisary zoro.

a) Taratasy iray naharomotra ny Arseveka

Fa ny tena naharomotra an'i Mônsenera Gastaldi dia ny taratasy nosoratan'i Don Bosco ho azy tamin'ny 14 mey 1873. Nalefan'i Don Bosco ho azy izy io mba handresen-dahatra azy tsy hampisy disadisa eo amin'ny fifampitondran'izy mirahalahy, noho ny soa nifanaovana hatry ny ela. Tsy araka ny nandrandrain'i Don Bosco anefa ny fandehan-javatra. Toy ny afo nampirehitra ny vanja io taratasy io. Ary tena tsy levon'ny vavonin'i Mônsenera Gastaldi ny nanambaran'i Don Bosco teo am-pamaranana ny taratasy, fa: noho ny tolokeviny no nahatonga an'i Mônsenera Gastaldi ho evekan'i Saluzzo ary mbola noho ny tolokeviny ihany koa no nanendren'ny Papa ity eveka ity ho Arsevekan'i Turin. Efa-taona taty aoriana, dia mbola tamim-pahavinirana no namalian'i Mônsenera Gastaldi an'i mômpera Tresso, teôlôjianina ary mpianatr'i Don Bosco, izay nilatsaka ho mpampihavana azy ireo, ka nilazàny hoe: «Mihambo ho nahatonga ahy ho eveka izy (i Don Bosco); nanoratra taratasy ho ahy aza izy nanome tsiny ahy ny amin'izany; nefa nalefako any Rôma ilay taratasy mba hahalalàn-dry zareo ilay malaza ho olomasina ary ametrahan'izy ireo fitokisana be ery».

Heverin'ny mpahalala, toa an-dry Teresio Bosco, fa diso paika ihany i Don Bosco nanoratra an'io taratasy tamin'ny 14 mey 1873 io. Efa hita soritra hatreo am-pandraisan'i Mônsenera Gastaldi ny fahefana maha-Arsevekan'i Turin azy ihany manko ny tsy fitiavany miandina aman'olona izay, ka efa tokony ho mailo i Don Bosco, fanampin'izany: efa tsy nahafaly an'i Mônsenera Gastaldi koa ny tsy naneken-dry Don Bosco ny faniriany ho lehibe iankinan'ny Fikambanana Salezianina.

Raha vao ren'i Mônsenera Gastaldi tokoa manko fa narary mafy tany Varazze i Don Bosco, tamin'ny faramparan'ny taona dia lasa nampidi-dresaka tamin'i Don Cagliero momba izany faniriany izany izy: «Araka ny tsapan'i Don Cagliero - hoy ny fanambaràn'i Don Amadei - dia noheverin'i Mônsenera fa hiangavy azy hitarika

azy ireo ny Salezianina raha maty tamin'izay i Don Bosco»... Nefa tsy maty moa i Don Bosco, fa tafaverina soa aman-tsara tao Turin, tamin'ny tapaky ny febroary 1872. Ary raha vao tafaverina i Don Bosco, dia tonga niarahaba azy i Mônsenera sady nanamafy indray ilay resaka mikasika ny faniriany. Tsy nitovy anefa ny tadindokanga, ka toa maimaika ihany ny fomba niresahan'ireto mpisakaiza hatrizay. Toa very maina hatramin'ny korana kely nomanin'ireo tanoran'ny *Oratorio* maimaika handraisana ny Arseveka mpamangy aza. Hoy ny fitantaran'i Mômpera Anfossi, izay nandalo tao Valdocco tamin'izay: «Tazako nidina ny tohatra maimaika be ihany ny Arseveka, ka tsy naharaka ny diany i Don Bosco. Tsy nahoany akory ny fihobian'ireo tanora. Dia hoy aho tamin'i Don Bosco: Ratsy fiafara ny fety. Fa nisy zavatra angaha?". Ary hoy izy namaly: "Ka hatao ahoana moa! Te ho filohan'ny Fikambanana ny Arseveka, nefa tsy azo atao izany; tsy ho hita na oviana na oviana izany..."»

Efa hatramin'ny ela, araka izany rehetra izany, no nampadisadisa an'i Mônsenera Gastaldi tamin'i Don Bosco. Fa ilay taratasy nosoratan'i Don Bosco tamin'ny 14 mey 1873 no tena afo nampirehitra ny vanja noraketin'ireo disadisa efa nisy.

b) Fiampangana an-dry Don Bosco tany Rôma

Nihamafy ny famelezana avy amin'i Mônsenera Gastaldi! Lasa nankany Rôma i Don Bosco, tamin'ny 30 desambra 1873, mba hijery akaiky ny momba ny fankatoavana feizay ny lalàna mifehy ny Fikambanana, izay efa nalefa hodinihina tany nefa mbola tsy nahitam-baliny foana.

Nanendry vaomiera iray nisy Kardinaly efatra ny Papa, mba handray an-tanana ny raharaha.

Dia nandroso ny fifampidinihana ary natao ny fanitsiana nifandimby hoenti-manatsara ilay «amboaran-dalàn'ny Fikambanana». Nitohy hatramin'ny volana avrily 1874 ny adihevitra.

Nandritra izany fotoana izany koa (fiandohan'ny 1874), dia nanoratra ho an'ny Kardinaly Bizzari i Mônsenera Gastaldi, mba hanoherana ny fankatoavana ny «Lalàm-pikambanana». Nolazainy tao amin'izany taratasy izany fa: «manan-talenta manokana hanabe ny ankizilahy mpianatra, hono, i Don Bosco, fa tsy ananany kosa izany eo amin'ny fanabeazana seminarista sy pretra»... Nihevitra ny tenany ho manana izany talenta izany fanabeazana pretra izany manko i Mônsenera Gastaldi, ka sahy namely an'i Don Bosco toy izao, mba hahazoany mandray an-tanana ny fitondrana ny Salezianina, izay efa nampangainy ho tsy mpanara-dalàna.

Tsy nahomby anefa ilay tetika fitsivalanana nalefan'i Mônsenera Gastaldi tany Rôma!

Fiandohan'ny avrily 1874: natao ny tsangan-tanana farany mikasika ny fankatoavana ny «Lalàm-pikambanana». Nitsipaka ny anankiray tamin'ireo Kardinaly efatra tao amin'ilay Vaomiera najoro ho an'izany. Nolazaina tamin'ny Papa Pio faha-9, fa vato iray no tsy ampy hahatomombana ny fankatoavana. Tsotra ny valitenin'ny Papa:

- Izaho no handatsaka an'io vato io.

3 avrily 1874 tamin'izay.

Ary folo andro taty aoriana, dia nivoaka ny volavolandalàna fankatoavana feizay ny «Lalàm-pikambanana» Salezianina. Miankina tanteraka feizay amin'ny Papa ny Fikambanana ary nomen'ny Papa lalana manan-kery mandritra ny folo taona koa i Don Bosco, hahazoany mampandroso amin'ny Sakramentan'ny Filaharana (maha-pretra) ny Salezianina rehetra hitany fa mendrika izany, na iza na iza.

Fahasoavan-dehibe nitosaka tamin'ny Fikambanana izany rehetra izany.

d) Faminganana sy fanaratsiana an-dry Don Bosco

Mbola tsy nisava kosa anefa ny zavom-pamelezan'i Mônsenera Gastaldi tao Turin, fa vao maika niharatsy. Nivadika ho fanenjehana

ny Salezianina tanteraka ny fifehezana henjana nampiharin'ny Arseveka tamin'izy ireo teo am-piandohana: nolazainy ho «tsifanekena» sy «fikomiana» ary «tsifanarahandalàna» hatramin'ny kilema madinika sy ny fahadisoampotoana kely.

Araka ny taratasy nosoratan'i Don Bosco ho an'ny Kardinaly Ferrieri tamin'ny 16 desambra 1876, dia ireto avy ny fepetra noraisin'i Mônsenera Gastaldi hamelezana an-dry Don Bosco:

1- Nararàn'ny Arseveka tsy hahazo mampikônfesy i Don Bosco tamin'ny volana septambra 1875. Voatery nandao an'i Turin izy satria efa zatra nikônfesy taminy ny tanora. Tsy nanazava ny anton'izany fepetra izany mihitsy i Mônsenera Gastaldi. I Mômpera Zappato, vikera kosa dia nilaza tsotra tamim-peo tezitra fa «fanao ho an'ny mamolava itony zavatra itony», ka tsy mendrika an'i Don Bosco.

2- Tsy navela hampanaovana laretirety ho an'ny mpampianatra tsy mipetraka ao an-trano rahefa mety ho trano salezianina tao amin'ny Arsidiôsezy.

3- Nesorina tamin'ny pretra salezianina sasany ny fahazoan-dalana hitoriteny.

4- Nolavin'ny Arseveka ny fandraisana anjara amin'ny andro fety lehibe tao amin'ny *Oratorio* ary tsy navelany hatao ny fanasana eveka hafa (na dia ny fandefasana ireo misiônera voalohany ho any Arzantinina aza, dia nankalazaina tsy nisy eveka).

5- Nolaviny koa ny hanome ny Sakramentan'ny Fankaherezana ho an'ireo tanoran'ny *Oratorio* ary norarany tsy hahazo manao izany koa ny eveka hafa.

«Antony tena goavana - hoy i Don Bosco ao amin'ny taratasy - no ao ambadik'ireo fepetra ireo; nefa tsy fantatray ireo antony ireo. Miteraka fanafintohinana eto an-drenivohitra izany».

Dia nitanisa «fepetra famaizana» hafa tamin'ny Kardinaly Oreglia indray i Don Bosco, tamin'ny 25 marsa 1878:

1)- Tsy hahazo mampikônfesy avy hatrany i Don Bosco raha vao manoratra zavatra sadasada momba ny Arseveka, afa-tsy ao amin'ny taratasy alefa amin'ny Papa sy amin'ny Kardinaly Mpitantsora-panjakana ary amin'ny Kardinaly miandraikitra ny relijiozy.

2)- Nisy Salezianina vitsivitsy «noraràna» tsy hanao ny asa maha-pretra azy ireo ary mbola tsy afaka tamin'izany, valo volana aty aoriana.

3)- Lavin'i Mônsenera Gastaldi ny hanamasina ny seminarista Salezianina izay atolotra azy. Miteraka fahavoazan-dehibe izany, ho an'ny trano sy ny misiôna Salezianina.

Teo anatrehan'izany rehetra izany anefa, dia mba nandefa taratasy nifanesy tany Rôma koa i Mônsenera Gastaldi mba hanaratsiana an'i Don Bosco sy ny Salezianina. Ary nony ela, dia «nandaitra ihany teo anivon'ireo Kardinaly, izay tsy nahalala ny zava-misy marina», izany fanaratsiana izany, araka ny voalazan'i Don Ceria. Ry Kardinaly Ferrieri, ohatra, dia lasa mpanohitra ny Salezianina noho ny finoany fa «olona noraodraofina fotsiny vonjimaika teny izy ireo».

Fa ny tena nampangirifiry mafy an'i Don Bosco dia ny nisintahan'ny Papa Pio faha-9 taminy tsikelikely noho ny sahoan-dresaka nitohy. Nefa mba namany sy mpiaro azy ihany ity Papa ity hatrizay. Nandairan'ny resabe, izay niampanga tsy tapaka an'i Don Bosco ho «mafiloha sy mpikomy», koa ny Papa! Maty tamin'ny 7 febroary 1878 i Pio faha-9. Tao Rôma i Don Bosco tamin'io fiandohàn'ny taona 1878 io ary mba nangata-pihaonana taminy: nandòm-baravarana tetsy sy teroa mba hahatanterahan'izany, nefa dia nandamoka ny ezaka rehetra, ka tsy afa-nifankahita tamin'ny Papa Pio faha-9 intsony izy.

Voafidy tamin'ny 20 febroary 1878 handimby an'i Pio faha-9 ny Papa Léon faha-13 (1878-1903). Ary nanaiky hihaona tamin'i Don Bosco izy tamin'ny 16 marsa 1878.

Araka ny tatitra ampahibemaso nataon'i Don Bosco mikasika an'io fihaonana io, dia nanaiky ho isan'ny mpanaosoa sy mpiaramiasa ho an'ny Fikambanana Salezianina ny Papa vaovao, sady nilaza fa momba ny asan'ny Salezianina ny «tanan' Andriamanitra». Dia nandefa tsodranom-pitiavana ho an'ireo misiônera tany Amerika latinina koa izy. Ny amin'ny fifandraisana amin'i Mônsenera Gastaldi kosa, dia nilaza ny Papa fa tatitra mazava avy amin'ny Vaomieram-piangonana momba ny «relijiozy» no andrasany.

Tsy nafenin'i Don Bosco tamin'ny resaka nifanaovany tamin'ny Salezianina vitsivitsy kosa anefa ny faminganana nitondrany fijaliana tao Rôma: fangataham-pihaonana samihafa notsipahina, taratasy samihafa navilivilin'ny sasany tsy ho voarain'izay nandefasana azy, famelezana an'i Don Bosco ankarihary na misoko mangina avy amin'olona isan-tokony, teny mahery sy feno fanambaniana.

e) Fisedrana roa loha avy amin'ny Papa Léon faha-13

Maro fahavalo mpihantsy ady tokoa i Don Bosco tao Rôma tao! Tsy niafina tamin'i Léon faha-13 koa izany toe-javatra izany; ka niezaka hahita mazava izy, na dia tsy niseho ho mpiandany tamin'i Don Bosco teto ivelany aza.

Na dia maro fahavalo aza anefa i Don Bosco, dia nisy ihany koa ny sakaiza tsy nahafoy azy, toa an-dry Kardinaly Alimonda izay nikaro-dalana manokana hanaporofoana tamin'ny Papa Léon faha-13 ny fahamasinam-piainan'i Don Bosco. Porofo tokana hoenti-mampibaribary ny tena maha-«pretra fatrapanaiky» an'i Don Bosco no notadiaviny handresen-dahatra ny Papa: ny fanamboarana ny Fiangonampiandrianan'ny Fo-Masin'i Jesoa tao Rôma.

Efa natomboka naorina tao tokoa manko tamin'izany vanim-potoana nizakan'i Don Bosco fanenjehana izany, ity fiangonam-panajana ny Fo-Masin'i Jesoa ity. Nanao izay tratry ny heriny

manokana ny Papa tamin'ny fanorenana azy io. Nandefasana antso handray anjara amin'izany koa ny eveka eran-tany sy ny diôseziny avy. Ary nisy tatirakitra natao tamin'ny firenena maro samihafa.

Tsy lasa lavitra anefa ny asa, na dia teo aza izany rehetra izany, fa tafajanona teo amin'ny fototra. Nahakivikivy ny Papa ihany ny fandehan-draharaha. Fa ny Kardinaly Alimonda kosa nanararaotra an'izany hampidiran-dresaka tamin'ny Papa, ho fanavotana an'i Don Bosco amin'ny fanenjehana azy mifamahofaho be ihany.

Nolazainy tamin'i Papa Léon faha-13 àry fa ny fanankinana ny asa fanamboarana ilay fiangonana amin'i Don Bosco no lalana azo antoka hahavitana izay natomboka.

Hoy ny Papa namaly azy:

- Hanaiky izany ve i Don Bosco?

- Fantatro i Don Bosco - hoy i Mônsenera Alimonda - ary fantatro ny fanekeny sy fifikirany tanteraka amin'ny Papa. Tena azoko antoka fa hanaiky izy raha vao ilazanao.

Nampiantso an'i Don Bosco i Léon faha-13 tamin'ny 5 avrily 1880. Narosony tamin'i Don Bosco araka ny tolokevitr'i Mônsenera Alimonda ny resaka. Ary nolazainy taminy koa fa zava-masina sy «mahafinaritra tanteraka» ny Papa no hataony raha manaiky izy.

Tsotra ny valintenin'i Don Bosco:

- Ny fanirian'ny Papa, ho ahy, dia baiko. Manaiky ny adidy izay sitrakao ankinina amiko aho.

- Nefa izaho anie tsy manam-bola homena anao e - hoy ny Papa!

- Izaho koa anie tsy mangataka e! Ny tsodranonao ihany no angatahiko.

Dia nangata-dalana tamin'ny Papa ihany koa i Don Bosco mba hahazoany mamboatra *Oratorio* iray eo akaikin'ilay fiangonan'ny Fo-Masin'i Jesoa. Horaisina honina ao ireo tanora mahantra izay halefa hianatra amin'ny sekoly samihafa sy amin'ny toeram-pianarana asa sy haitao.

- Tsara be izany - hoy ny Papa. Mitsodrano anao aho ary mitsodrano miaraka aminao ireo rehetra hifarimbona amin'izany asa masina izany.

Eny! Tsy nandà ny hiantsoroka ity fanamboaram-piangonana ity i Don Bosco noho ny *«fanekena ny Papa»*, Solontenan'i Kristy-Filoham-piangonana, na dia efa nitambesatra aza ny fahanterana, vokatry ny tao-maro nifandimby (65 taona) sy ny fanamboarantrano maro hafa efa niandraiketany: fanamboarana ny fiangonana Md Joany-Evanjelista tao Turin sy ny fiangonana Maria-Vonjy tao Vallecrosia, niampy ny fananganan-trano telo hafa tao Marseille sy tao Nice ary tao La Spezia.

Nanjaka feizay ny fifampitokisana teo amin'ny Papa Léon faha-13 sy i Don Bosco.

Nefa na teo aza izany, dia vao mainka niharatsy kosa ny fifandraisan'i Don Bosco tamin'ny Arseveka Gastaldi. Voatery nampakatra fitarainana tany amin'ny fitsarampiangonana i Don Bosco mba hiarovana ny Fikambanany.

Dia nodinihina tao Rôma ny raharahan'i Don Bosco sy i Mônsenera Gastaldi tamin'ny 17 desambra 1881. Kardinaly valo no nikaon-doha tamin'izany. Ka ny roa tamin'ireo nomba ny Arseveka. Efatra kosa ny nomba an'i Don Bosco. Rahefa avy nandre ny tatitra ny Papa dia nanapa-kevitra hampiato ny adihevitra efa nanomboka nampibaribary ny fandresen'i Don Bosco.

- Tsy maintsy vonjena ny fahefampiangonana - hoy ny Papa tamin'ny Kardinaly Nina, mpiaro ny Salezianina. Be hatsaràmpanahy i Don Bosco, ka afa-miakatra sy mandray ny zavatra rehetra.

Zary fitsapana faharoa nentin'i Papa nisedra ny fahamasinan'i Don Bosco indray ity fanapahankevitra ity, nefa fitsapana feno fitokisana an'ilay pretra mahantra fatrapanaiky koa.

Ny Papa Léon faha-13 ihany no nametraka ny fepetran'ny «famitranampihavanana» tsy maintsy atao. Nazava dia nazava ny

ventin'ireo antontantaratasy: tsy maintsy manoratra taratasy fangataham-pamelana amin'i Mônsenera Gastaldi i Don Bosco ary tsy maintsy manoratra valinteny fanekena an'izany ny Arseveka.

Tena nafaitra ho an'i Don Bosco tokoa izao fanapahankevitry ny Papa izao. Niantso fivoriana ho an'ny Filankevi-pikambanana izy ary novakìny tamin'ireo mpivory izay noraketin'ny antontantaratasy fampanaovana «famitrampihavanana». Tsiravina ny mpivory rehetra. Nisy ny nanolokevitra nilaza fa ilaina ny fangatahana fanemoram-potoana, mba hahafahana mandinika tsara ny toe-draharaha. I Don Cagliero no namaha ny olana ampahatsorana:

- Niteny ny Papa, ka tsy maintsy manaiky isika. Nandray io fanapahankevitra io ny Papa, satria fantany i Don Bosco ary hainy koa fa azony ametrahana fitokisana. Koa tsy ilaina ny miandry zavatra hafa; tsy maintsy manaiky, dia izay ihany.

Nanoratra ny taratasy nasain'ny Papa nataony i Don Bosco. Dia namaly azy an-tsoratra i Mônsenera Gastaldi nanao hoe: «Ekeko, amin'ny foko manontolo, ny famelan-keloka nangatahina tamiko».

Ary fotoana vitsy taorian'izay, dia nanoratra ho an'ny Kardinaly Nina i Don Bosco. Hita taratra ao ny haben'ny mafaitra nogohin'i Don Bosco sy nijaliany mafy tamin'ity «famitranampihavanana» ity mbamin'ny fahavoazana naterany teo anivon'ny Fikambanana: ao ny talen-trano nangata-pialàna noho ny fanamparampahefana ataon'ny mpitondrafiangonana sasany, ao koa ny pretra sy seminarista nanao toy izany...

f) Fanekena: nitondran'i Don Bosco ny mangidy

Tsy ho voatanisa etoana avokoa ny andinindininy momba ny fangirifiriana niveloman'i Don Bosco teo anivon'ny rivopifandraisany tamin'i Mônsenera Gastaldi. Fa ny azo antoka dia «nitondra ny tsy eran'ny aina izy»: toy ny akohokely fatoramahazaka! Velon-taraina am-pahatsorana tamin'i Mômpera Colomiatti mihitsy aza izy tamin'ny 1882, noho ny mafy nolanjainy.

Hoy izy tamin'izay, teo am-piresahana an'i Mônsenera Lorenzo Gastaldi: «Kely sisa tsy hanatsatohany antsy amin'ny foko»...

Fitarainan'olombelona efa tena fefiky ny fijaliampanahy mihoatra ny herim-pikirizana lalina nananany izany fa tsy, sanatria, fanosoram-potaka na antsom-pahasosorana.

Na dia Ramatoa Laurentina Mazé de la Roche, zanakanabavin'i Mônsenera Gastaldi aza, taty aoriana, dia nanamafy fa tena nijaly mafy marina i Don Bosco. Nijoro ho vavolombelona tokoa izy tamin'ny fotoanandro nikarakarana ny fananganana an'i Don Bosco ho Olontsambatra. Ary nanao fanambarana nombam-pianianana izy, tamin'izany. Indro aroso eto ny sombintsombin'ny zava-boalazany, ho famintinana ny tantaram-pifandraisan'i Don Bosco sy i Mônsenera Gastaldi: «Nanomboka tamin'ny taona 1873, dia nisy fifandirana nirongatra teo amin'i Don Bosco sy i Mônsenera Gastaldi, dadatoako hajaiko... Tamin'ny alalan'ny tsahon'ny olona ary tamin'ny alalan'ny «tsiambaratelo» noborahin'i Don Bosco tamiko sy tamin'ny reniko no nahafantarako ireny tsifitovizan-kevitra ireny. Zary tsilo maharitra tao am-poko sy tao am-pon'ny reniko ireny fifanolanana ireny...

Teo anivon'ireo resaka rehetra nataony mikasika an'izany tamin'i neny sy tamiko, dia hita mihitsy fa tena nijaly mafy tamin'ireny fisedrana ireny tokoa i Don Bosco... Nefa tamim-panajana lalina sy tamim-pitiavan-dehibe mandrakariva no niresahany momba ny Arseveka taminay, ka babon'ny hatsaràm-panahiny izahay.

Anisan'ireo tompon'andraikitra voalohany tamin'izany fisarahana izany, araka ny fahitako azy, ny mpitantsoratry ny Arseveka dadatoako; tsy iza io fa ny teôlôjianina Tommaso Chiuso Matetika mihitsy aho, rahefa voaasa hiara-misakafo amin'ny Arseveka dadatoako, no mahare eson-teny sy fanarabiana an-dry zareo ery Valdocco, na ny marimarina kokoa: ry zareo ery...

Nosoratako tao anatin'ny rakitrandroko ireto tenin'i Don Bosco ireto: "Mba te hatanjaka sy hijoro amin-kerimpo ihany ny

tena, nefa arakaraka ny anangonana fahakiviana miampy fahakiviana no andrenesan'ny fo mangirifiry sy mahavaky azy". Tsy mbola nahita an'i Don Bosco niova endrika aho tamin'ny fiainako manontolo; fa tamin'izay kosa, nandritra ny nitenenany, dia mbetika izy mihafotsy hatsatra, mbetika indray mitaramena ny tarehiny...

Etsy andaniny anefa, dia azoko ambara ary tsy maintsy ambarako fa niseho ho nalahelo be tokoa ilay dadatoako hajaiko, tsy tamin'ny teny fotsiny fa tamin'ny endrika maneho fahoriana teo am-piresahana tamiko fa "tsy nitovy tamin'ny tany am-piandohan'ny *Oratorio* intsony ny fifandraisany ankehitriny amin'i Don Bosco"...».

Maty tamin'ny 25 marsa 1883 i Mônsenera Gastaldi. Nefa namela holatra lehibe teo amin'ny androm-pahanteran'i Don Bosco ny fanajana azy, amin'ny maha-manampahefam-piangonana azy.

Nigohan'i Don Bosco ny mafaitra sy nangirifiry taminy tokoa manko ny nangata-pamelankeloka tamin'i Mônsenera Gastaldi, Arsevekan'i Turin, izay efa nanjakazaka taminy sy nampijaly azy nandritra ny folo taona. Nefa tamin'ny anaran'ny fanekena mahapretra sy noho ny fanajana ny Papa, dia niondrika am-pinoana izy. Nekeny ny mbola hiantsoroka ny fanamboarana ny Fiangonan'ny Fo-Masin'i Jesoa tao Rôma sy hangata-pamelan-keloka tamin'i Mônsenera Gastaldi, noho ny teny avy amin'ny Papa Léon faha-13 izay nisedra azy tamim-pitokisana tamin'ny alalan'izany zavadroa loha izany...

Eny! Nigoka ny magidy tokoa i Don Bosco tamin'izany fotoana izany. Nefa tsy azo lavina ihany koa fa avy ao anatin'izany mangidy izany no nipoitra ny mamy ho an'ny Fikambanana Salezianina manontolo. Noho ny fahaizan'i Don Bosco nanaiky tokoa manko, dia naneho halemempanahy manokana taminy sy tamin'ny Salezianina ny Papa Léon faha-13. Izy no nanandratra an'i Don Cagliero ho eveka Salezianina voalohany tamin'ny ôktôbra 1884. Ary mbola izy koa no nanome lalana tsivoafetra ny Fikambanana Salezianina, mba tsy hiankinany amin'ny fahefan'ny Eveka intsony eo amin'ny fanapahan-kevitra hampandroso

mpikambana handray ny Sakramentan'ny Filaharana maha-pretra: foana teto ilay fe-potoana folo taona tamin'ny 1874.

Ny fandeferana nombam-pijaliana niveloman'i Don Bosco am-pinoana tokoa no nanjary loharanom-pahasoavana nampiroborobo bebe kokoa hatrany ny Fikambanana Salezianina! Maty ny voambary nafafy tamin'ny tany, ka maniry sy mitombo ary mitondra vokatsoa (Jo 12, 24).

Fivahiniana tany Frantsa sy Espaina noho ny fanekena ny Papa

Efa antidahy vokoky ny taona maro nifandimby sy ny onjampisedrana samihafa nivelomany i Don Bosco, tamin'ny 1883. Nampalahelo ery ny nahita azy niakatra sy nidina ny tohatra, nangataka fanampiana tamin'olona tetsy sy teroa, araka ny fanambaran'i Don Rua tamin'ny vanimpotoana nikarakarana ny fananganana azy ho Olontsambatra. Nanontany azy mihitsy aza ny Salezianina sasany fa te hahalala izay antony nahatonga azy hanjoko toy izao. Izy kosa namaly am-pahatsorana hoe: «Mitambesatra eo an-tsoroko ny fiangonan'ny Fo-Masin'i Jesoa e». Indray mandeha izay aza, dia tamim-bazivazy noravahampitiavana no nilazany hoe: «Lazaina fa enjehina ny Fiangonana. Izaho kosa anefa dia afaka milaza fa ny Fiangonana no manenjika ahy»...

Enta-mavesatra ho an'i Don Bosco tokoa manko ny fananganana ny fiangonan'ny Fo-Masin'i Jesoa tao Rôma, teo anivom-pahanterany. Nefa nozakainy ny ezaka rehetra notakîn' izany asa goavana izany sy ny vokany, noho ny fanekena ny fangatahan'ny Papa Léon faha-13 tamin'ny avrily 1880.

Tao ny fanendrena an-dry Don Dalmazzo mbamin-dry Don Angelo Savio handinika akaiky ny asa hatao sy «hanara-maso ny vola laniana». Fahazaran-dratsy fahita tao Rôma tao manko ny asa

miankina amin'ny Papa... Tao ny fandefasana ny mpanampy nangatahin'i Don Dalmazzo mba hanarenana ny toe-javatra, hahafaha-manohy ny asa efa saika maty an-karanany, talohan'ny nandraisan'i Don Bosco an-tanana azy. Satria nilana mpanara-maso ny fikojakojana sy fitandremana ny fitaovana nampiasaina. Nilana mpanara-maso ny vidin-javatra. Tsy niasa firy manko ny olona. Ary nisy mpangalatra ny entana ao an-trano sy eny ivelany, sns...

Dia tao koa ny fikarohan-dalan-tsamihafa hanangonam-bola, hanatontosana ilay adidy napetraky ny Papa taminy: fampielezan-taratasy filazana amin'ny tenimpirenena maro, ankitsapaka (karazana «tsabo»), fitadiavana mpifarimbona asa hanampy ara-bola, fiangaviana mpanampy tamin'ny alalan'ny taratasy nalefa ho an'olon-tsamihafa manokana.

Samy niantefan'ny havizanam-be vokatr'izany adidy lehibe izany avokoa na i Don Bosco na ireo Salezianina niangaviany hanampy azy. Izy anefa no nilanja ny mavesatra indrindra, raha ny finiavana noraisiny teo amin'ny androm-pahanterany no jerena. Noho ny fanekena ny fangatahan'ny Papa azy hanangana ny fiangonan'ny Fo-Masin'i Jesoa tao Rôma, dia nandray fanapahan-kevitra mihitsy izy handeha hangataka fanampiana tany Frantsa sy tany Espaina, ankoatry ny fangatahana maro endrika tao Italia.

Fivahiniana voalohany tany Frantsa

Naharitra efa-bolana ny dian'i Don Bosco voalohany hangataka fanampiana tany Frantsa: 31 janoary ka hatramin'ny 31 mey 1883.

Efa trotraka tanteraka no fahitana an'i Don Bosco teo ampandaozana an'i Italia. Ny masony efa nipahina. Ny ranjony koa zara raha nahazaka azy, satria vesarana lalandrà mivonto, izay tena nampijaly azy mafy. Fiarandalamby no fitaovam-pitaterana nandehanany namita ny ampahan-dalana be indrindra tamin'izao diany izao.

I Nice no varavarana nidirany tany Frantsa. Ary renivohitra maro no nolalovany niakatra tsimoramora nankany Paris: Toulon, Marseille, Avignon, Lyon, Moulins, izay vao Paris. Roa volana sy 19 andro no naharetan'ny dia, satria tsy nandalo fe nandalo fotsiny izy tamin'ireny tanàna ireny, fa nijanona kely niala sasatra sy nangataka fanampiana ihany koa.

Nisy ihany ny olona nanakivy an'i Don Bosco tamin'izao dia izao, ka nanoro hevitra azy hoe: «Aza mandeha any Frantsa. Fa eo am-panamboarana ny Fiangonampiandrianan'ny Fo-Masin'i Jesoa ao Montmartre koa ry zareo ao Paris. Efa nandaniana vola be izy io, nefa mbola tsy vita foana. Koa iza no heverinao hanome vola anao any?».

Tsy araka ny tombantomban'ny mpitazana anefa ny zava-nitranga tamin'ny dian'i Don Bosco tany Frantsa.

Tao Avignon, ohatra, dia vahoaka marobe no nifanesika nitsena azy teny an-tseranampiarandalamby. Ary nisy ny nihazakazaka nanjohy ny fiarantsoavaly nitondra azy rahefa tao an-tanàna izy. Sahin'ny olona aza ny nanety sombintsombiny tamin'ny akanjorebarebany hatao fahatsiarovana, satria nalaza ho olomasina izy. Dia voatery nosoloina hafa haingana ny ankanjorebareba teny an-kodiny.

Tao Lyon kosa dia feno hipoka foana ireo trano fiangonana nandraisana azy. Ny fiarantsoavaly nitondra azy, hisehoany amin'ny olona tao an-drenivohitra, dia tsy afa-nandroso indraindray fa voahodidin'ny vahoaka nifanaretsaka. Sorena noho izany fisahotaky ny olona izany mihitsy aza ilay rangahy mpamily ny fiarantsoavaly ka vaky vava hoe: «Marina tsy aleo mitondra demony toy izay mitondra pretra toa azy ity».

Tao Paris indray dia fatiantoka no tena natahorana. Satria vao avy nisaraka tamin'i Italia i Frantsa, teo amin'ny lafiny pôlitika, sady vao avy nanao fifanarahana *«Telozoro»* niaraka tamin'i Alemaina sy Autriche. I Don Bosco anefa, teo anatrehan'izany, dia

Italianina. Sady mpanohitrafiangonana koa, fanampin'izany, ny fitondràm-panjakana frantsay.

Ahiahy ihany anefa izany. Satria noraisin'ny olona tao Paris tamin-kafanampo i Don Bosco, apôstôlin'ny mahantra. Tonga tao Paris izy tamin'ny 19 avrily 1883. Ary nipetraka tao izy mandrapodiany tamin'ny 31 mey 1883, afa-tsy nandritra ny vanimpotoana nandehanany nitselika kely tany Lille sy Amiens.

Nanaiky halaina sary izy tao Paris, na irery izany, na mitambatra amin'ny hafa. Tsy ho fanindrahindran-tena, araka ny fihevitry ny sasany, no anton'izany, fa mba hisarihana ny besinimaro handray anjara sy hanampy azy amin'ny adidy napetraky ny Papa eo antsorony. Nisy anankiray, tamin'ireo sariny tao Paris, tena nahitana taratra ny fahanterana amam-paharerahan'i Don Bosco. Endrika mikentrona efa rotiky ny fiainana, fijery efa lefy toa afo mitsilopy, tanana malazo efa drodroky ny asa: izany rehetra izany no asehon'ilay sary!...

Nirohotra nijery azy tamin'izay toerana rehetra novangiany na nanolorany Sorona Masina teto Paris koa ny olona: nifanesika manoatra lavitra noho ny any amin'ireo renivohitra hafa efa nolalovany aza. Fihaonan-tsamihafa no nameno ny fotoanany isan'andro: fihaonana tamin'ny alalan'ny fanolorana Sorona Masina tany amin'ireo fiangonan-tsamihafa manerana ny renivohitra, na fihaonana manokana tamin'ny olona isan-tokony... Amin'ny 5 ora maraina izy no mifoha isan'andro ary efa amin'ny misasakalina vao matory.

Raha ny fahanteran'i Don Bosco no jerena, dia ny olona no tokony hangoraka azy. Nefa dia ny olona no niangavy fangorahana avy aminy, teto Paris: tsy ny mahantra sy ny mpiasa tsotra an-tanàndehibe ihany, fa hatramin'irony andriambavy mpanefoefo irony.

Niely eran'i Paris tokoa manko ny resaka fa hoe olomasina i Don Bosco. Izany no anisan'ny nahatonga ny olona hifanesika hitady azy: tao ny olona te hiresaka taminy, tao ny te hikasika azy

fotsiny, tao ny nionona tamin'ny fahitana azy fotsiny. Fa tao dia tao koa ireo nangataka fahagagana avy aminy.

Tsotra ny valinteny nomeny an'ireny mpangataka fahagagana ireny: «Mpanota aho, ka mivavaha ho ahy. Nefa aoka isika hiaramanandra-bavaka amin'i Masina Maria-Vonjy. Izy no manasitrana sy mihaino ary mahazo ny manjò antsika sy mangoraka. Mamaly avy any an-danitra izy. Fa izaho kosa, dia ny miangavy azy ihany no azoko atao».

Tsara fandray an'i Don Bosco koa ny manampahefana ambony tao an-drenivohitr'i Frantsa. Tao amin'ny fiangonan'i «Saint-Pierre-du-Gros-Caillou», ao amin'ny boriboritany faha-7, ny Kardinaly Lavigerie no niandry azy sy nanazava ny antonanton'ny diany hatreto Paris, sady namporisika ny olona mba hanampy azy amin-kalalahampo.

Samy namaly ny antson'ny Kardinaly Lavigerie izay rehetra nanan-komena: tsy ny fianakaviana mpanankarena ihany, fa ny olon-tsopiaina koa. Ary maro endrika ny fanomezana: vola taratasy samihafa, vola madinika, sombim-bolamena, hatramin'ny firavaka sarobidy aza. Dia nisy mihitsy fotoana tsy nahitan'i Don Bosco izay hametrahana ny fanomezana nibosesika...

Risipo sy halalahampo toy ny tao Paris koa no nandraisan'ny olona azy tamin'ny dia tselika nataony tany Lille sy Amiens. Ary nirongatra indray aza ny fanetezana sombitsombiny tamin'ny ankanjorebarebany, ka naha-loabolana azy hoe: «Mbola tsy any amin'ny toerana tandrify azy avokoa ny adala rehetra»!

Nony vita izany, dia nandao an'i Paris Don Bosco. Teny ambony fiarandalamby mankany Turin, dia samy nangina i Don Rua sy i Don Barruel izay niara-dia taminy. Tsitapitapitrizay anefa, dia niloabolana i Don Bosco, ka niteny tamin'i Don Rua hoe:

- Tsaroanao ve, ry Don Rua, ilay lalana miainga avy eo Buttigliera mankany Morialdo? Misy havoana iray eo ankavanana eo ary misy trano kely iray eo amin'ilay havoana. Fonenako sy fonenan'i Neny io trano io. Ary teo anivon'ireo saha ireo, fony

izaho mbola zaza, no niandrasako reniomby roa hiraoka ahitra. Raha mba fantatr'ireny lehilahy manankaja (tany Frantsa) ireny mantsy fa tantsaha mahantra avy ao Becchi ity noderain'izy ireo ity...

Nipoitra teo am-pamisavisana ny diany voalohany tany Frantsa izany vetsovetson'i Don Bosco izany!

Fivahiniana faharoa tany Frantsa

Niavosa tokoa ny vola voaangona tamin'ny dian'i Don Bosco voalohany tany Frantsa. Nefa mbola be koa no tsy vita tamin'ilay fiangonan'ny Fo-Masin'i Jesoa tao Rôma izay nankinin'ny Papa Léon faha-13 hajorony. Nidangana aokizany ny trosa tsy voaloa tamin'ny fiandohan'ny taona 1884. Nefa tsy nisy intsony ny tahiry, na dia kely akory aza. Nanapakevitra handeha fanindroany any Frantsa indray i Don Bosco hangataka fanampiana, na dia efa niharatsy aza ny fahasalamany noho ny fitomboan'ny fahanterany. Ary nampahafantariny an'ireo Salezianina izany tamin'ny 18 febroary 1884.

Nanao izay handresen-dahatra azy tsy handeha i Don Rua sy i Don Cagliero. Nefa tsy voatana izy. Niantso ny Dokotera Alberotti mihitsy izy ireo hijery ny fahasalaman'i Don Bosco. Ary rahefa nitsapa azy ela teo ilay dokotera, dia nilaza mazava taminy hoe:

- Ho ahy, dia tena fahagagana raha mbola velona hatrany Nice ianao.

Namaly azy anefa i Don Bosco, ka nilaza tsotra fa tsy maintsy mandeha, nefa tsy maintsy voalaminy ny zava-drehetra alohan'ny hiaingany.

Raha vao tafavoaka ny efitrano i Dokotera Albertotti, dia niteny tamin'i Don Rua hoe:

- Tandremo tsara! Tsy ho gaga mihitsy aho raha maty tampoka tsy tandrintandrinareo akory izy. Aoka tsy ho diso fihevitra ny amin'izany.

Dia napetrak'i Don Bosco, araka ny lalàna, teo anatrehan'ny mpandrakitra an-tsoratra sy ny vavolombelona, ny didim-pitondrana

ny Fikambanana raha sendra maty any am-pivahiniana any izy. Avy eo dia nantsoiny i Don Rua sy i Don Cagliero, izay nofidiny ho mpandimby azy ara-dalàna eo amin'ny fiantsorohana ny Fikambanana. Ary natolony azy ireo ilay taratasy mirakitra ny didim-pitondrana napetrany:

- Raha tsy miverina aho - hoy izy - dia efa fantatrareo ny fandehan-draharaha.

Nalahelo loatra i Don Rua, ka lasa nivoaka ny efitrano. I Don Cagliero kosa nijanona teo ihany, saingy efa nanganohanondranomaso koa izy ary velom-panontaniana hoe:

- Dia handeha amin'izao toe-pahasalamanao izao tokoa ve ianao?

Dia namaly i Don Bosco:

- Ahoana àry no hataontsika e? Tsy hitanao ve fa tsy manambola handrosoana intsony isika? Raha tsy mandeha aho, dia aiza no hahitako izay ilaina handoavana ireo trosa efa lany fetrandro? Voatery havelantsika tsy hihinan-kanina izany ireo tanora ireo? Any Frantsa ihany aho no afaka hahazo vonjy.

Nitomany i Don Cagliero nahare izany. Nefa niezaka niloapeo ihany izy ary niaiky fa fahagagana no nahafahan'ny Fikambanana nioitra ombieniombieny. Dia hoy izy nanohy ny teniny tamin'i Don Bosco :

- Ho hitanao fa mbola hanampy antsika hatrany i Masina Maria. Koa mandehana, fa izahay kosa hivavaka.

- Eny - hoy i Don Bosco - handeha aho! Efa io ny hafatrafatro. Ankiniko aminao ato anatin'ity vatakely ity izy io. Koa tahirizo tsara ho toy ny fahatsiarovana farany avy amiko...

Tsy dia lasa lavitra anefa ilay dian'i Don Bosco faharoa tany Frantsa, fa voafetra tao amin'ny faritra atsimo fotsiny ihany (Nice, Toulon, Marseille...). Nefa koa: tsy arakaraka ny hafohin'ny lalana naleha ny habetsahan'ny vola voaangona. Nody ventiny ny rano nantsakaina...

Niahiahy ihany ny amin'ny fahasalaman'i Don Bosco i Don Albera. Ka nony tao Marseille izy ireo, dia nantsoiny hizaha an'i

Don Bosco i Dokotera Combal, izay nanan-daza be tamin'ny fitsaboana. Taorian'ny fizahana nataony tamim-pikaliana fatrafatra, dia nilaza ny heviny tamin'ny kisarisarinteny i Dokotera Combal:

- Ianao dia toy ny akanjo tena tonta, izay nanaovana nandritra ny herinandro sy ny alahady koa. Ny fametrahana azy ao am-bata no fomba tokana hitahirizana azy. Azonao angamba fa ny mety ho anao dia ny fialantsasatra tanteraka.

- Misaotra anao dokotera - hoy i Don Bosco -. Saingy io no fanafody tokana tsy azoko raisina.

Dia inona tokoa?

Mbola nanery azy handeha hangataka fanampiana tany Espaina indray ny tsifisiambola.

Mahazaka maniraka tokoa ny fahoriana...

Fivahiniana tany Espaina

Tamin'ny lohataona 1886 izy no nandeha nangataka fanampiana tany Espaina ho fanatontosana ny adidy mavesatra niantsorohany (eo anelanelan'ny 21 marsa sy 21 jiona ny lohataoana any Eorôpa). Toy ny tany Paris ihany koa ny fihobiana sy fandraisana azy tao Barcelone. Nifanesika eran'ny arabe samihafa ny olona fa te hahatazana azy. Ao aza ny nianika hatreny an-tafontrano sy nihantona teny amin'ny tsatokan-jiro. Be koa ny fanomezan'olona ho an'i Don Bosco. Natolotr'izy ireo azy hatramin'ilay havoana kely atao hoe *«Tibidabo»*, izay ahafaha-mitsinjo ny renivohitra manontolo.

Ny ilan'i Frantsa atsimo no noteteziny miadana hamonjy an'i Italia: nolalovany i Montpellier, i Tarascon, i Valence ary i Grenoble. Hafaliam-pahasoavana no nanenika ny fo amam-panahiny teny an-dalam-podiana. Ka hoy ny vetsovetsom-panahiny teo am-pamisavisana ny androm-pahasoavana tsy hita isa:

- Izao rehetra izao dia asan'i Masina Maria. Ary ny zavatra rehetra dia avy amin'ilay «Arahaba ry Maria» niaraha-nanao

tamin'ny ankizilahy kely iray tao amin'ny fiangonan'i Masindahy François d'Assise, dimy amby efapolo taona lasa izay.

Nihaantitra i Don Bosco! Nihavokoka hatrany! Nefa kosa namiratan'ny hazavam-panahy tanteraka izy, ka afa-nankahery ireo reraka sy nalaim-panahy ho kivy. Anisan'ireo nomeny fankaherezana i Don Belmonte, talen'i Sampierdarena, izay nitaraina taminy indray andro izay, ka naneho ny hakiviany hoe:

- Tena vizaka tanteraka aho, ka tsy vitako intsony.

Tsy namaly avy hatrany i Don Bosco tamin'izay, fa niondrika kely izy. Nakariny aloha ny morontongotry ny akanjorebarebany ary nasehony ireo ranjony nivonto aokizany sady mangonahona mitarozaka ivelan'ny kirarony. Dia hoy izy nanampy:

- Ry sakaiza malalako, mitrakà ary mahereza. Fa any am-paradisa isika vao mialasasatra...

Ary ny hazavam-panahy nanjaka tao am-pon'i Don Bosco, dia nahatsinjovany ihany koa fa manatona ny farany. Nazava ny teny fohy nolazainy tamin'ny takarivan'ny 25 jiona 1886...

Ny 24 jiona fetin'i Md Joany Batista moa no fankalazana ny fetiny isan-taona. Nanao fiarahabana makotroka ho azy ny mpianatra maintimolaly tamin'ity taona 1886 ity, taorian'ny diany tany Espaina. Ary tamin'io harivan'ny 25 jiona io no nanaovana azy. Nanohina an'i Don Bosco tokoa ilay fiarahabana azy, ka velom-pisaorana an'ireo izay *nitoto nahafotsy ny nahandro nahamasaka* izany izy. Vizaka dia vizaka koa anefa izy, ka teny kely ihany sisa voalazany taorian'ny fisaorana:

- Tsinontsinona intsony aho. Toy ny jorery sisa: maneno ary avy eo maty...

Neken'i Don Bosco am-pahatsorana tokoa, tao anatin'ny hazavam-panahy, ny fanatonan'ny farany. Satria tena henony nanonja ny hareraham-batany voafetra: harerahana vokatry ny taona mifandimby novesaran'asa maro, harerahana vokatry ny fiainam-panekena nitondrany fijaliana, sy ny maro hafa koa... Ary

tsy mba alahelo na tebiteby no niandrasany ny farany fa hatonempanahy, noravaham-bazivazy aza indraindray. Jereny am-pitsikiana tokoa izay sendra mahita azy mandeha irery manjokozoko eny, ka mamonjy mitantana azy sy manontany azy hoe: «Handeha ho aiza moa isika, ry Don Bosco?», ary ilazàny mora hoe: «Handeha ho any am-paradisa isika e»!...

Loharanom-pahasoavana ny fiainam-panekena

Eny! Namela holatra lehibe teo amin'ny androm-pahanteran'i Don Bosco ny fisedrana maro endrika teo amin'ny sehatry ny fiainam-panekena maha-pretra azy: fisedrana mafy teo ambany fitondran'i Mônsenera Riccardi (1867-1870) sy i Mônsenera Gastaldi indrindra (1870-1883) tao Turin, nohatevenin'ny fihafiana sy havizanana vokatry ny fanamboarana ny fiangonan'ny Fo-Masin'i Jesoa tao Rôma, izay niantsorohany noho ny fanekena ny Papa.

Nefa tsy azo lavina koa fa loharano nipoiran'ny fahasoavana isan-tokony ny fandeferana amam-pijaliana niainan'i Don Bosco am-pinoana sy am-pitiavana ombam-panantenana, teo anivon'ireny sedram-panekena maro endrika ireny. Satria tsy adala ilay Andriamanitra-Fitiavana izay efa nitsinjo an'i Abrahama fatrapanaiky (Jen 12 sy 22), fa nitsimbina an'i Don Bosco, izay nandray am-panetrentena sy am-pinoana ny zava-nitranga rehetra, na dia tsy tanany aza indraindray ny fitarainana maha-olombelona noho ny fangirifirian'ny nofo aman-drà...

Fahasoavana ho an'i Don Bosco sy ny Fikambanana Salezianina

Vokatry ny fitsimbinan'Andriamanitra an'i Don Bosco tokoa ny fahombiazan'ny fangatahana fanampiana tao an-toerana sy tany ivelan'i Italia. Ary tambin'ny oha-panekena, nivelomany ampaharetana, ny fahasoavana isan-tokony azon'ny Fikambanana Salezianina tamin'ny alalan'ny Papa Léon faha-13: tao ny fanendrena an'i Don Cagliero ho eveka Salezianina voalohany, tao ny fankatoavana tanteraka ny fiankinan'ny Fikambanana amin'ny Papa.

Toy izany koa: tambin'ny fijaliana nozakainy tsy an-drariny - noho ny fanajana ny fahefam-piangonana - ny fanendren'ny Papa ny Kardinaly Gaetano Alimonda handimby an'i Mônsenera Gastaldi tao Turin, tamin'ny 1883. Sakaiza tsy nahafoy an'i Don Bosco hatrizay i Mônsenera Alimonda. Tsy namela an'i Don Bosco ho irery teo anivon'ny fanenjehana izy fa niaro azy hatrany Rôma. Ary nolazain'ny Papa Léon faha-13 tamin'i Don Bosco tokoa nandritra ny fihaonan'izy ireo tao Rôma, tamin'ny 1884, fa anisan'ny notsinjovina tamin'ity fanendrena ny Arseveka vaovao ity izy. Hoy indrindra ny Papa taminy: «Nieritreritra anao aho raha nandefa azy (ho any Turin). Tia anao tokoa, eny e, tena tia anao tokoa ny Kardinaly Alimonda»... Tena marina izany! Satria nampisava ny zavom-pijalian'i Don Bosco tokoa ny fahatongavan'i Mônsenera Alimonda! Hoy i Don Ceria mamisavisa: «Ny hatsaràm-panahin'ny Kardinaly Alimonda dia zary fankaherezana avy amin' Andriamanitra (ho an'i Don Bosco) teo anivon'ireo efa-taona farany sisa niainany...».

Fahasoavana ho an'ny Fiangonana manontolo

Loharanom-pahasoavana tokoa ny fiezahan'i Don Bosco nivelona am-pinoana ny fanekena maha-pretra, teo anivon'ny fisedrana nigohany ny mafaitra. Loharanom-pahasoavana: tsy ho

azy sy ny Fikambanana Salezianina ihany, fa ho an'ny Fiangonana manontolo koa.

Soa ho an'i Don Bosco sy ny Fiangonana manontolo no vokatry ny faneken'i Don Bosco hamboatra ny Fiangonan'ny Fo-Masin'i Jesoa ao Rôma, izay nitokanana sy nohamasinina tamin'ny 14 mey 1887, sy ny fananganana trano Salezianina teo anilany ho fanasoavana ny tanoran'i Rôma.

Dia nipoiram-pahasoavana teo anivon'ny Fiangonana ihany koa ny fandehanan'i Don Bosco hangataka fanampiana tany Frantsa tamin'ny 1883 sy 1884 ary tany Espaina tamin'ny 1886, mba hoenti-manatontosa ny fanamboarana ny fiangonandehiben'ny Fo-Masin'i Jesoa tao Rôma.

Nanjaka tany Eorôpa tany tokoa, tamin'izany fotoanandro izany, ny rivotry ny fandavana an'Andriamanitra-Fitiavana. Satria efa nihanahazo vahana tetsy sy teroa ny tsangankevitry ny Bakounine (1814-1876), mbamin'ny fampianaran-dry Karl Marx (5 mey 1818 - 14 marsa 1883). Ry Bakounine moa nandidy ny mpikambana tao amin'ny antokony hilaza ankarihary fa tsy misy Andriamanitra. Ry Karl Marx kosa nilaza sy nanoratra fa «rongony fampatoriambahoaka ny fivavahana» ary «ny olombelona ihany no Andriamanitry ny tenany»... Ary fanampin'izany, dia efa nanjakazaka koa ny fitantanankarena kapitalista izay nanao ny vola ho andriamanitra, ka nanao tsinontsinona ny zo aman-kasina mahaolombelona, zary endrik'Andriamanitra... Dia samy nanalefy ny risi-panahin'ny olona izany rehetra izany, sady nanatevina rahateo ny fanoherampiangonana (anticléricalisme) sy nampiroborobo ny fanadinoana an'Andriamanitra tany Eorôpa...

Ary teo anivon'izany rivo-piainana izany i Don Bosco no tonga nangataka fanampiana tany Frantsa sy tany Espaina. Pretra mahantra italianina tsy hahazo fanampiana firy no niheveran'ny mpitazana sasany azy. Kanjo «olon'Andriamanitra» nitondra tsioka vao ho an'ny Fiangonana tany Frantsa sy tany Espaina no nison-

gadina: namelombelona indray ny *«finoana an'Andriamanitra sy ny fahafoizantena ho an'ny mpiarabelona»* tao am-pon'ny vahoaka marobe ny fandalovan'i Don Bosco. Soa ho an'ny Fiangonana manontolo tokoa, araka izany , no nateraky ny fandalovan'i Don Bosco tany Frantsa sy tany Espaina hangataka fanampiana. Satria nirehidrehitra indray ny finoana amam-pahafoizantenan'ny olona tany. Ary azo rahateo koa ny fanampiana hanatontosana ny fanamboarana ilay fiangonan'ny Fo-Masin'i Jesoa tao Rôma...

Aina ho an'ny Fiangonana ny fiainam-panekena

Koa raha atao indray mijery àry ny fiainam-paneken'i Don Bosco, dia azo lazaina fa «lalana nitondran'Andriamanitra azy hanasoa bebe kokoa hatrany ny Fiangonana» ireny sedram-panekena nahery vaika sy nifamahofaho teo anivon'ny fahanterany ireny. Ny fakofakom-pahoriany tamin'izany no nanjary zezika nampiroborobo ny Fiangonana sy nampamirapiratra ny voninahitr' Andriamanitra-Fitiavana, izay tsy mahafoy ny olombelona ary mitsimbina manokana an'ireo mandeha am-pinoana sy amin kitsimpo...

Teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana, dia tsy azo lavina ny fisian'ny olona nianjadian'ny fangirifiriana sy fanapotehana aza, noho ny nafitsoky ny manampahefam-piangonana sasany. Mazava kosa anefa fa nahitan'ny Fiangonana vokatra mandrakariva ny fihafiana amam-pijaliana niaretan'ireo izay nanjohy ny lalampanekena tamin-kitsimpo sy am-pinoana ombam-pitiavana amampanantenana, noho ny fanarahana an'i Kristy izay fatra-pitady ny sitrapon'Andriamanitra (Mat 26, 39.42) sady ohatry ny fahaizamanaiky hatramin'ny fahafatesana (Fil 2,5-8). Vavolombelon'izany ny fiainam-paneken'i Don Bosco vao novisavisaina teto.

Nahatsapa ny maha-ain'ny Fiangonana an'io fanekena io koa i Don Bosco, ka nametraka ny tsiambaratelom-piainany ho lovan'ny Fikambanana Salezianina: *Ny fankatoavana ny Papa,* Solontenan'i Kristy-Filohan'ny Fiangonana. Efa hatrany amin'ny taona 1848

tany farafahakeliny no nandraisany an'io safidy io ho fanilo mpanazava ny lalam-panekena maha-pretra azy. Tamin'ny 23 desambra 1887 kosa vao napetrany ho lovan'ny Salezianina io Tsiambaratelom-piainany io. Iray volana talohan'ny nahafatesany tamin'izay ary efa teo anivon'ny fahanterana sy tsifahasalamana izy. I Mônsenera Cagliero - izay nantsoin'i Don Rua hiverina tany Italia avy any Amerika latinina noho ny tsifahasalaman'i Don Bosco - no nametrahany ny hafatra. Hoy indrindra izy: «Lazao amin'ny Papa fa ny fanohanana ny fahefan'ny fitondram-piangonana no tanjona manokana kendren'ny Fikambanana sy ny Salezianina, na aiza na aiza misy azy ireo ary na aiza na aiza iasany... Handeha ho any Afrika ianareo, eo ambany fiarovan'ny Papa... Hamakivaky azy ianareo... Dia handeha any Azia sy any an-kafa... Manàna finoana...».

Dia mbola naverin'i Don Bosco tamin'ny Kardinaly Alimonda tonga namangy azy koa ny momba izany tamin'ny harivan'io 23 desambra 1887 io: «Niaina fotoan-tsarotra aho, Mônsenera. Nefa kosa ny fahefan'ny Papa... ny fahefan'ny Papa... Efa nolazaiko tamin'i Mônsenera Cagliero teto ihany izany: mijoro ho an'ny fiarovana ny fahefan'ny Papa ny Salezianina na aiza misy azy ireo na aiza iasany. Aza hadinoina, Mônsenera, ny milaza izany amin'ny Ray masina».

Fehiny

Aina ho an'ny Fiangonana tokoa ny fanekena. Maro endrika kosa anefa ny fomba fivelomana azy io eo anivon'ny fiainan'ny Fiangonana. Mety hiseho amin'ny endriky ny fandaozan'olona iray, am-pinoana ombam-pitiavana, ny Fikambanana na lalam-piainana nidirany am-pahatsorana aza izany fanekena izany, raha izany no hita fa hahasoa kokoa ny Fiangonana sy hampamiratra bebe kokoa hatrany ny Voninahitr'Andriamanitra, eo anivon'ny

fivelaran'ny olombelona, araka ny tenin'i Md Irénée hoe: «Ny Voninahitr'Andriamanitra dia ny olona velona», miaina ny maha-olona azy.

Miorina eo amin'ny hitsimpo amam-pinoana tsy sarahim-pitiavana amam-panantenana ny fiainam-panekena entanin'y fikatsahana ny sitrapon'Andriamanitra-Fitiavana... Niezaka nivelona izany hatrany i Don Bosco, teo anivon'ny fiainam-panekena maha-pretra azy, ka tsy manan-kery hampivadika azy tamin'ny Fiangonana ny sedram-panekena nodiaviny. Mbola nanaiky hiantsoroka ny fanamboarana ny Bazilika na Fiangonampiandrianan'ny Fo-Masin'i Jesoa tao Rôma aza izy, teo anivom-pahanterany, noho ny fangatahan'ny Papa.

Pretra fatra-panaiky i Don Bosco, na dia nitondrany fijaliana aza izany fanekena izany. Volamena latsaka am-bovoka anefa izy, ka tsy navelan'ny rariny tsy hiseho...

24

Antidahy nanjakam-pahasoavana ary nahalala ny farany...

Nandre nangirifiry tokoa i Don Bosco teo anivon'ny sedram-panekena maro endrika nodiaviny. Tsy voafatotry ny herim-pikomiana amam-pankahalana anefa izy, na dia izany aza. Satria: hitsimpo sy finoana ombam-pitiavana amam-pananterana no nivelomany, teo am-pamakivakiana ireny fisedrana ireny. Fiainam-pahamasinana namerovero fanetrentena amam-pitiavana bebe kokoa hatrany ny mpiara-belona kosa no nitsimoka avy ao anatin'ireny sedram-panekena ireny...

Araka ny filazan'ny mpahaitantara, Pietro Stella, dia «toy ny olona nanovo tombontsoa tamin'ny lalam-piainana lava nodiaviny no nisehoan'i Don Bosco, teo anivon'ireo folo taona farany niainany, indrindra taorian'ny taona 1882». Toa tsy tantiny intsony ny fifandonana toy izay nozakainy tamin'i Antoine zokiny sy tamin-dry Mônsenera Gastaldi. Tena leon'ny fifamaliana izy. Tsy tiany hifandramatra ny olona ary takìny mba tsy hisy hampiakatra feo na dia eo anivon'ny fifandirana sy fifandonana aza. Tsy ekeny ny fifamelezana. Faniriany kosa ny mba hiezahan'ny isambatanolona tsy ho lenan'ny pitik'orana mifady mandritra ny orambatravatra. Satria halemempanahy sy fahaiza-mihaino ny hafa no nanenika ny fiainam-pahanterany, izay nanjakan'ny fitiavana sy fitokisana an'Andriamanitra sy i Masina Maria.

Fahaiza-mihaino ny olona sy ny zavamitranga

Tsy nitsahatra nivelona tao anatin'izany ezaka fihainoana ny olona sy ny zavamitranga izany i Don Bosco, teny am-pitetezana

ny onjan'ny fiainana teny. Ary vao mainka nihanazava izany araka ny nandrosoany taona.

Tsy iverenana eto intsony ireo toe-javatra maro efa nasongadina hatramin'izao, ka ahitana taratra an'izany toe-panahy lalina nentin'i Don Bosco nitety ny onjam-piainana izany. Fa zavatra sasantsasany niseho teo amin'ny androm-pahanterany sisa hasongadina eto, mba ho famintinana sy ho fanamafisana izay efa voalaza, mikasika ny fahaizan'i Don Bosco nihaino ny olona sy ny zavamitranga.

Araka ny rakipahatsiarovan'ny Papa Pio faha-11

Tamin'ny taona 1883, dia nisy pretra tanora anankiray fatra-pandinika, vao 26 taona, tonga nitady an'i Don Bosco tao Valdocco. Achille Ratti no anarany (1857-1939). Antsasakadiny teo ho eo no niresahan'i Don Bosco taminy. Nomeny azy avokoa ny fanazavana rehetra nilainy. Ary taorian'izany dia hoy izy tamin'i Mômpera Achille Ratti: «Ankehitriny, dia ataovy toy ny tompontrano ny tenanao. Tsy afaka hiaraka aminao aho satria tena sahirana, fa dia mandehana mivezivezy mijery izay tianao».

Nivory tao Valdocco koa ireo talen'ny trano salezianina isan-tokony tamin'io vanimpotoana io, ka dia niara-nisakafo tamin'izy ireo i Mômpera Achille Ratti. Taorian'ny sakafo, raha iny mbola nitsangana nila tohana tamin'ny latabatra iny i Don Bosco, dia tonga nilazalaza taminy ny olana diaviny avy ireo tale samihafa. Nitady lalana hivoaka i Mômpera Ratti, nefa hoy i Don Bosco taminy: «Tsia! Mijanòna eo!»

Dia hitan'i Mômpera Achille Ratti taratra tamin'izany ilay toetran'i Don Bosco mahay mihaino olona. Ho lasa Papa ity pretra tanora ity, ka hitondra ny anarana hoe: Pio faha-11 (1922-1939). Dia hotantarainy amin'ny seminarista rômanina ilay fandalovany tao Valdocco tamin'ny 1883, rahefa hiresadresaka an'i Don Bosco izy sivy amby efapolo taona aty aoriana (1932). Ary holazainy mazava ilay fahaizan'i Don Bosco mihaino olona. Maro, araka ny fanambarany, ny olona nanana olana tonga nitady an'i Don Bosco.

«Ary izy nihaino ny zava-drehetra sy nahazo izay nolazaina taminy ary nanome valiteny mazava arak'ireny. Nanaraka akaiky izay rehetra niseho teo amin'ny manodidina azy iny lehilahy iny; nefa koa toa sahala amin'ny olona tsy niraharaha ninoninona izy, toy ny hoe lasa any an-kafa ny eritreriny. Ary izany mihitsy: tany an-kafa tokoa ny eritreriny niaraka tamin'Andriamanitra izy. Nefa mahagaga, fa amin'izany dia valiteny tena tandrify ny isambatanolona no voalazany. Izany fiainam-pahamasinana ombambavaka tsy miato izany no niveloman'i Don Bosco teo anivon'ny asa aman-draharaha tsy nanam-pitsaharana sy tsy azo navela».

Araka izany rakipahatsiarovan'ny Papa Pio faha-11 izany àry, dia pretra nahay nihaino olona tokoa i Don Bosco. Ary fototra niorenan'izany fanomezam-pahasoavana izany ny fiombonana lalina tamin'Andriamanitra-Fitiavana, loharanon'ny fahasoavana rehetra.

Ahitana taratra izany toetran'i Don Bosco izany koa ny resadresaka nifanaovany tamin'ny gazety *Journal de Rome*.

Araka ny voalazan'i Don Bosco tamin'ny gazety «Journal de Rome»

Voatery nandeha tany Rôma i Don Bosco tamin'ny avrily 1884, mba hanaitaitra ireo mpanaosoa sasany nampanantena vola ho an'ny fanamboarana ny fiangonana Fo-Masin'i Jesoa, nefa tsy nitranga intsony. Dia tamin'io fotoana io no nanekeny hametrahan'ny *Journal de Rome* (ny Gazetin'i Rôma) fanontaniana tao amin'ny laharana niseho tamin'ny 25 avrily 1884 no nivoahan' ilay resadresaka. Fanontaniana enina no napetraky ny solontenan'ny Gazety Journal de Rome tamin'i Don Bosco.

Mikasika ny fanorenan'i Don Bosco trano marobe eran'ny firenen-tsamihafa sy ny fomba mahagaga nahavitany izany ny fanontaniana telo voalohany. Lazain'i Don Bosco, ho valin'ny fanontaniana voalohany, fa fahagagana tsy hainy hazavaina tokoa no nahavitany ireny rehetrarehetra ireny. Nekeny am-pinoana kosa

fa «manampy antsika i Masina Maria, izay mahalala ny ilain'ny vanimpotoana iainantsika». Avy eo, dia manome ohatra roa i Don Bosco, ho valin'ny fanontaniana faharoa momba ny fomba nanampian'i Masina Maria azy. Toy izao no fitantaran'i Don Bosco ny ohatra voalohany nomeny: «... Indray mandeha izay aho dia naharay taratasy tany Turin milaza fa misy vola 20.000 lira tsy maintsy hita ao anatin'ny valo andro, ho an'ny fanamboarana ny fiangonanay amboarina eto Rôma. Tsy nanam-bola mihitsy aho tamin'izay. Napetrako teo akaikin'ny fitoeran-dranovoahasina ilay taratasy. Dia nanandratra fitalahoana an-kafanampo tamin'i Masina Maria aho ary lasa natory aho, rahefa avy nametraka ilay raharaha teo am-pelatanany. Ny ampitso maraina, dia nahazo taratasy avy amin'olon-tsy fantatra aho; ka izao no ventin-kevitra nolazainy tamiko: "Nanao voady tamin'i Masina Maria aho fa raha mahazo izay fahasoavana anankiray izay, dia hanome 20.000 lira ho an'ny toeram-panasoavana anankiray. Azoko moa ilay fahasoavana, ka dia apetrako hampiasainao ireto vola ireto"».

Mitovitovy amin'io koa ny ohatra faharoa tantarain'i Don Bosco. Saingy tamin'ny fotoana nandalovany tany Frantsa koa no nisehoany ary 70.000 ny vola tsy ampy nilainy.

Ao amin'ny fanontaniana fahatelo, dia mangata-panazavana ilay solontenan-gazety raha «mbola nanao fahagagana hafa» i Don Bosco. Dia namaly i Don Bosco fa tsy nanao fahagagana izy: «Tsy nihevitra mihitsy afa-tsy ny hanao ny adidiko aho. Nivavaka aho ary nametra-toky tamin'i Masina Maria».

Ny fanontaniana fahaefatra kosa no ahitana taratra ilay fahaizan'i Don Bosco mihaino ny hafa. Hasongadina eto anefa aloha ny fanontaniana roa farany izay vao hojerena io fanontaniana fahaefatra io.

Fanontaniana faha-5: Fomba ahoana no nataonao hanitarana ny sanganasanao hatrany Patagônia sy any amin'ny "Terre de feu"

Valiny: Tsikelikely isaky ny mandeha.

Fanontaniana faha-6: Inona no hevitrao momba ny rivopiainan'ny Fiangonana aty Eorôpa sy eto Italia, ankehitriny, ary ny hoaviny?

Valiny: Tsy mpaminany aho. Fa ianareo mpanao gazety kosa, dia mpaminany kely ihany. Ka aminareo no tokony hanontaniana izay hiseho. Tsy misy mahalala ny hoavy afa-tsy Andriamanitra. Nefa amin'ny maha-olombelona, dia azo inoana fa ho sarotra ny hoavy. Tena mampalahelo ny zavatra tsinjoko, kanefa tsy matahotra ninoninona aho. Hanavotra ny Fiangonany mandrakariva Andriamanitra. Ary i Masina Maria, izay tsapa fa miaro an'izao tontolo izao ankehitriny, dia hahay hampitsimoka mpamonjy samihafa.

Fa toy izao kosa ilay *fanontaniana fahaefatra sy ny valiny:*

- Mba azonao lazaina ve ny fomba fanabeazana ampiasainao?

- Tena farany izay tsotra: omena an'ireo tanora ny fahafahana manontolo hanaovany izay tena mahafinaritra azy. Ny zava-dehibe dia ny fahitàna ireo tsirin-toetra tsara ananany sy ny fanatontosana izay ilaina hampivelarana an'ireny. Izay zavatra fantany fa ho tafitany ihany no ataon'ny tsirairay an-kafaliana. Miainga amin'izany fototra izany aho ary ny mpianatro rehetra dia miasa, tsy amin-kafanampo fotsiny ihany, fa am-pitiavana. Tsy mbola nanome sazy aho, na iray aza, tao anatin'ny enina amby efapolo taona. Ary sahiko lazaina fa tena tia ahy be ny mpianatro.

Nahay nihaino ny olona tokoa i Don Bosco: tsy ireo olon-dehibe nanana olana fotsiny ihany, fa ireo tanora vao mianamamindra amin'ny fiainana koa. Ary fototra niorenan'izany toe-panahy izany ny fitiavana niezahany nivelona tsaratsara kokoa hatrany, teo anivon'ny fifikirana am-pinoana sy am-panantenana tamin' Andriamanitra, loharanom-pitiavana tsy mety ritra.

Ankoatr'izany koa, dia tsy maintsy asongadina fa anisan'ny nanampy an'i Don Bosco teo amin'ny fahitana mazava tamin'ny fanapahankevitra sasany noraisiny ny ezaka fihainoana ny zava-

mitranga. Anisan'ny vavolombelon'izany ny fomba nanendreny izay ho mpandimby azy eo amin'ny andraikitra fitantanana ny Fikambanana Salezianina.

Fanendrena mpandimby tamin'ny alalan'ny fihainoana ny zava-mitranga.

Efa nandre ho reraka sy antitra i Don Bosco tamin'ny taona 1879, ka noheveriny fa mety ny manendry mpanampy, izay handray an-tanana tsikelikely ny raharahan'ny Fikambanana manontolo sy handimby azy ho Filohan'ny Fikambanana amin'ny fotoana ilana izany. Tamin'ireo mpianatra voalohany nokolokoloiny no nandehanan'ny eritreriny. Ary olona roa tamin'ireo no tena nandrian'ny sainy: i Don Rua sy i Don Cagliero. Fa sady fatra-panaiky izy ireo no mahay miasa. Tsy hitan'i Don Bosco anefa izay tena fanapahan-kevitra horaisina, satria samy tiany izy mirahalahy ireo. Moa ve tsy mety hampalahelo ny iray tsy voafidy ny fifidianana ny anankiray?

Nampiasa tetika àry i Don Bosco, mba hahitany mazava. Hiainga ho any amin'ny toerana anankiray atao hoe Foglizzo izy, indray marainam-pararano 1879. Niangaviany hiara-dia taminy i Don Cagliero. Ary tena an-dalana no nandaminany ny resaka:

- Raha maty aho - hoy i Don Bosco - iza no mba heverinao ho afaka handray ny toerako?

- Don Bosco - hoy i Don Cagliero namaly! - Tsy mba heverinao ve fa somary lasa aloha ihany ny firesahana an'izany zavatra izany?

- Ekena izany. Nefa dia aoka hatao ihany ny vinavina: anaran'iza avy no mba homenao ahy?

- Raha anarana, dia tokana ihany no horaisiko. Tsy misy afa-tsy anankiray no afaka handray ny toeranao.

- Izaho indray anefa, dia roa na telo eo no hofidiko.

- Aoriana angamba vao mety hisy roa na telo. Fa tsy inoako izany ankehitriny. Mba lazao amiko hoe iza avy ireo olonao telo ireo?

- Lazao amiko aloha: iza izany olonao izany?

- I Don Rua, tsy misy afa-tsy i Don Rua.

- Marina ny anao; nijoro ho tanan-kavanako mandrakariva izy.

- Tsy tanana ihany, ry Don Bosco â. Fa tanana sy loha ary fo. Izy no hany tokana afaka hisolotoerana anao, rahatrizay sitrak' Andriamanitra tokoa ny hiantso anao any am-paradisa.

Izany fomba izany no nentin'i Don Bosco nitady ny mazava mikasika an'izay handimby toerana azy. Fomba feno fitsinjovana ny hafa no nampiasainy hahitana mazava kokoa. Toepanahy feno fanetrentena kosa no nentin'i Don Cagliero nihatakataka am-pahatsorana, teo am-panampiana an'i Don Bosco hahita mazava kokoa. Dia nisava miandalana ny zavom-pisalasalana teo amin'ny fifidianan'i Don Bosco ny mpandimby azy ho Filohan'ny Fikambanana.

Nokoboniny mangina anefa ny vokatry ny fikarohany, nandritra ny taona maro nifanesy. Taorian'ny nanendren'ny Papa an'i Don Cagliero ho evekan'i Patagônia, tamin'ny 9 ôktôbra 1884, vao nambaran'i Don Bosco ampahibemaso ny fifidianany an'i Don Rua ho «mpanampy» sy ho «mpandimby» azy. Satria io fanendrena an'i Don Cagliero ho eveka io no zavamitranga tena nampazava tanteraka ilay safidin'i Don Bosco. Nazava taminy teo fa lalan-kafa tokoa no nitondran'Andriamanitra an'i Don Cagliero, izay efa nanolotra an'i Don Rua ho mpandimby an'i Don Bosco.

Hoy tokoa i Don Bosco tao amin'ny Andrim-pitantanana ambony ao amin'ny Fikambanana, tamin'ny 24 ôktôbra 1884: «Mila olona azoko anankinana ny Fikambanana aho, mba hametrahako azy holanjainy sy hanomezako an'izany olona izany ny andraikitra rehetra. Ho faly amin'ny fialan'i Don Bosco tanteraka amin'izay ny Papa. Tsy ao intsony ny lohako e...»

Dia nanoratra ho an'ny Papa Léon faha-13 izy sady nanolotra ny anaran'i Don Michel Rua. Ary tonga avy any Rôma tamin'ny fiandohan'ny volana desambra 1884 ny fankatoavan'ny Papa...

Nahay nihaino ny olona sy ny zava-mitranga am-pitiavana nombam-paharetana tokoa i Don Bosco, ka afaka nahita ny sitrak'Andriamanitra teo anivon'ny onjam-piainana misamboara-voara sy teo anivon'ny fahanterany tsy nitsaha-nitombo vesatra...

Fanompoana hafakely sy ranomasom-pahasoavana

Tsy nanalefy ny finoana amam-pitiavan'i Don Bosco anefa ny onjam-pahanterana nidirany miandalana. Tsia!... Voa maika nihamafy kosa aza ny fifikirany tamin'Andriamanitra sy i Masina Maria, mbamin'ny ezaka fitiavana ny mpiarabelona. Vokatr'izany: afaka nanompo antokon'olona sasany tamin'ny fomba hafakely izy, teo anivom-pahanterany, sady nitosaham-pahasoavana nahitany mazava ny dikan'ny lalam-piainana rehetra nodiaviny...

Fanompoana hafakely

Maro endrika ny asa fanompoana ny mpiarabelona nentin'i Don Bosco naneho ny fanompoany ny Fiangonana sy ny finoana amam-pitiavany an'Andriamanitra. Anisan'ny endrika nisehoan' izany ny fahaiza-mihaino ny olona sy ny zavamitranga. Ary endrika nisehoan'izany asa fanompoan'i Don Bosco ny mpiarabelona izany koa ny filazana ny fahamarinana am-pahatsorana tamin'ireo olona nifaneraserany.

Arakaraka ny nandrosoany taona no nahatsapan'i Don Bosco fa manan-danja be eo amin'ny fiainana maha-kristianina ny vavaka ary tena ilaina tokoa. Ny olona sasany nihevitra fa tsy ilaina ny ivavahana ho an'ny olona anjakam-pahamasinana toa an'i Don Bosco. Fa ny mifanohitra amin'izany kosa no tsapan'i Don Bosco teo amin'ny fiainany ara-panahy. Koa dia niezaka izy namboraka am-pahatsorana ny fahamarinan-javatra nivelomany, mba tsy hahadiso hevitra ny sasany. Indray andron'ny taona 1885 tokoa, ohatra, dia hoy izy teo am-piarahabana lehilahy iray (tao San Benigno Canavese):

- Mivavaha ho aho e.

- Oadray, ry Don Bosco! Tsy ilainao anie izany e.

Nanjary maotina dia maotina i Don Bosco, rahefa nahare izany, araka ny voalazan'i Don Piscetta izy nanatri-maso ny resaka. Nanganohano toa hitomany izy ary naveriny tamim-pahatsorana lalina izao teny izao: «Tena mila izany tokoa aho».

Tsapan'i Don Bosco tamin'ny fiainany fa ilaina ny vavaka mba tsy ho latsaka amin'ny fakampanahy satria marisika ny fanahy fa ny nofo no osa (Mat 26, 41). Ary nolazainy am-pahatsorana tamin'ny olona sasany nifaneraserany ny fahamarinan'izany. Dia zary fanampiana ny hafa handinika bebe kokoa ny momba ny fiainana ara-panahy izany.

Tamin'ny volana aogostra 1885 koa dia lasa teny Nizza Monferrato i Don Bosco hanatrika fandraisana akanjo sy voady tao amin'ny Zanakavavin'i Maria-Vonjy. Nahatsiaro tena ho reraka izy tamin'izay, ka zara raha afa-nanome kômonio ho an'ny masera vitsivitsy.

Mba te hanipy teny kely ihany anefa izy, na dia reraka aza. Saingy osa koa ny feony, ka dia i Don Bonetti, izay nitoetra teo anilany, no namerina mafy ireo fehezantenin'i Don Bosco tsy dia nazava loatra.

Hoy indrindra i Don Bosco:

- Satria ary tianareo hanipy teny kely aminareo aho. Be ny zavatra tsy maintsy nolazaiko taminareo, raha mba afaka mikabary aho! Saingy antitra aho, antidahy efa mandrorona hitanareo izao e. Ny hany azoko lazaina anareo dia hoe: tia anareo be tokoa i Masina Maria. Ary fantatrareo fa eto anivonareo izy...

Dia hoy i Don Bonetti nanazava mafy:

- Tian'i Don Bosco holazaina fa i Masina Maria dia Reninareo ary miambina sy miaro anareo izy.

- Tsia! Tsia - hoy i Don Bosco -. Ny tiako holazaina dia hoe: eto mihitsy i Masina Maria, ato amin'ity trano ity ary faly sy ravo aminareo izy.

Dia nanohy i Don Bonetti hoe:

- Lazain'i Don Bosco anareo fa raha tsara fanahy ianareo, dia ho faly aminareo i Masina Maria.

Teto dia nanangona ny heriny rehetra i Don Bosco, namelatra ny sandriny roa izy ary niteny hoe:

- Tsia! Tsia! Ny tiako holazaina dia eto mihitsy i Masina Maria, eto anivonareo! Mivezivezy ato an-trano ato i Masina Maria ary mandrakotra azy amin'ny akanjo kapaotiny.

Azo lazaina ho asa fanampiana ny hafa, mba hahay mihaino ny manodidina, ny ezaka fanitsian'i Don Bosco an'i Don Bonetti ampahibemaso, tamin'iny voady tao Nizza Monferrato iny...

Fa ankoatr'izany rehetra izany, dia nisongadina ho fanompoana hafakely, nosahanin'i Don Bosco, ny filazana ny marina tamin'ireo mpanankarena kristianina, izay nifanerasera taminy. Na dia nijanona ho fiainam-pahantrana aza ny fiainan'i Don Bosco manontolo, dia tsy azo lavina kosa fa vola tsitokotsiforohana no nandalo teo an-tanany, nentiny niatrika asa fanasoavana maro ho fanompoana ny mpiarabelona sy ny Fiangonana.

Vokatry ny fangatahana fanampiana nataon'i Don Bosco, tetsy sy teroa, ireny vola marobe ireny. Ary samy nifarimbona nanampy azy ny mpanankarena sy ny tso-pivelomana. Marina fa ny mpanankarena no tena nanampy azy betsaka. Nefa tsy nana-maivanany ny ezaka vitan'ireo tso-pivelomana nanampy azy izany. Samy nahazo fankasitrahana feno fitiavana avy amin'i Don Bosco rahefa mety ho mpanampy azy: na dia andriambaventy mpanefoefo na tantsaha sy mpiasa madinika...

Nefa koa tsy namela ny mpanankarena handry eritreritra mora foana i Don Bosco, na dia teo aza ny fankasitrahana nasehony tamin'izay efa nataon'izy ireo. Satria adidy masina nanirahana azy ny famporisihana ny mpanankarena hanasoa ny mahantra. Asa fanompoana sy fanampiana azy ireo hizotra amin'ny lalan'ny famonjena marina izany.

Tsy nitsitsy teny tamin'ny mpanankarena tokoa i Don Bosco. Tsy halozana anefa no anton'izany, fa nisy hafatra niampita taminy tao amin'ny miafina, araka ny fanazavana nomeny tamin'ny 4 jiona 1877. Hoy tokoa izy tamin'izay: «Teo anivon'ny alina maro, dia nahita an'i Masina Maria tamin'ny nofy aho. Nomeny tsiny imbetsaka aho fa hoe tsy mba miteny momba ny adidy fanaovana asa fiantrana. Nalahelo izy fa hoe matahotra ireo pretra ny hanazava, any am-piangonana, ny adidy fanomezana ny ambimbava ho an'ny mahantra; hadisoan'ny pretra raha ohatra ka manangona ny volamenany ao am-batany ny mpanankarena».

Be ny sombin-tantara ahitana taratra izany endri-panompoana miavaka nosahanin'i Don Bosco izany. Nefa tsy ho voatanisa avokoa ireny. Fa santionany vitsy ihany no asongadina eto.

Indray mandeha, dia tafaresaka tamin'Ingahy Borgo avy ao Sampierdarena i Don Bosco. Mpandraharaha amin'ny taotrano ralehilahy io ary efa nanampy betsaka ny trano salezianina ho an'ny ankizilahy tena nahantra: fampisamboram-bola tsy misy zanany, fanaovana planina samihafa, fanaraha-maso ny asa fananganantrano maimaim-poana nandritra ny roa taona. Efa maty vady hatramin'ny roapolo taona izy ary voatahiry tao aminy tao tsy nisy nanombinana ny firavaka samihafa sy ireo akanjo mirentin'Itompokovavy vadiny.

Nikasika an'ity vadiny ity indrindra ny resak'Ingahy Borgo tamin'i Don Bosco fa te hanao zavatra kely izy ho fahatsiarovana ny vadiny aloha sy ho an'ny famonjena ihany koa ny fanahin'izy mbola velona. I Don Bosco kosa nanontany azy tamin'ny fomba mivantambantana hoe:

- Raha te hanao zavatra amin'ny maha-kristianina anao ianao, nahoana ianao no mitahiry zavatra lafovidy sy tsy ilaina ao antrano?

Namaly Ingahy Borgo hoe:
- Inona àry no mba torohevitra omenao ahy?
Dia hoy i Don Bosco namaly azy:

- Ento aty ireo zavatra ireo ho an'ireto tanora zazalahy ireto izay tsy manana ny ilaina akory.

Tohina tamin'izany Ingahy Borgo, ka lasa nandeha. Mafy loatra ho azy izany fandavantena izany!... Nefa moa mba nieritreritra ihany izy, ka dia niverina ihany nony afaka andro vitsivitsy. Mbola tao Sampierdarena i Don Bosco tamin'izay. Dia natolotr'Ingahy Borgo azy avokoa ireo fahatsiarovana sarobidy navelam-badiny...

Tamin'ny 22 avrily 1887 indray, dia niainga avy eo Sampierdarena, niaraka tamin'i Don Belmonte sy i Don Viglietti hankany Sestri Ponente i Don Bosco, mba hamangy an-dRamatoa Luigia Cataldi, mpanaosoa tena nalala-tanana taminy. Teo am-pisarahana, nandritra ny fotoana niaraha-nizotra nankeny am-baravarana, dia hoy Ramatoa Cataldi:

- Don Bosco! Inona no tokony hataoko mba hamonjeko ny tenako?

- Mba hamonjenao ny tenanao - hoy i Don Bosco - dia tsy maintsy mahantra toa an'i Jôba ianao.

Gagagaga sy sahiran-tsaina be ihany Ramatoa Cataldi nandre ny valintenin'i Don Bosco. Toy izany koa i Don Belmonte, izany nanaraka tsara ny fizotran'ny resaka. I Don Bosco kosa tsy nanampy teny intsony na iray aza. Efa teny ambony fiarantsoavaly hamonjy fodiana i Don Belmonte vao sahy niteny tamin'i Don Bosco hoe:

- Tena sahy mihitsy ianao, ry Don Bosco, niresaka tamin-dRamatoa iny! Efa be anie ny asa fiantrana nataony e!

Endriky ny asa fanompoana nosahanin'i Don Bosco tokoa ny filazana ny marina tamin'ny mpanankarena. Satria tamin'ny alalan'izany no nanampiany azy ireo hifidy am-pitiavana ny lalam-pamonjena: dia ny lalan'ny fahalalahampo tsy misy fifikirana be fahatany amin'ny harena izay natao hampiasaina fa tsy natao hanandevo. Ary nazava tsara ny tenin'i Don Bosco momba izany, tamin'ny fotoana nankaherezany an'i Don Antonio Sala tsy hisalasala amin'ny fangatahana fanampiana amin'ny mpanankarena:

- Mandehana amin-kerim-po. Manampy antsika tokoa ny mpanankarena fa isika koa dia manampy azy ireo amin'ny alalan'ny fanomezana azy ireo hirika hanampiany ny mahantra...

Dia toy izany àry, raha fintinina, ny amin'ny asa fanompoana hafakely niezahan'i Don Bosco nanampy ny olona nifaneraserany hikatsaka bebe kokoa hatrany ny lalam-pamonjena...

Ranomasom-pahasoavana

Anisan'ny vanimpotoana lehibe teo amin'ny androm-pahanteran'i Don Bosco ny fitokanana ny Fiangonan'ny Fo-Masin'i Jesoa tao Rôma, tamin'ny volana mey 1887. Fito taona fihafiana noho ny fanekena ny Papa no raketin'io tsangambato io: fito taona fihafiana nisy akony teo amin'ny faharavan'ny fahasalaman'i Don Bosco!

Nandeha nanatrika izany fitokanana izany i Don Bosco. Naharitra folo andro anefa ny dia avy eo Turin nidina nankany Rôma. Satria be ihany ny elanelan-tany, ka tsy zakan'ny herim-pahanterany intsony ny hamita izany indray maka monja.

Tamin'ny marainan'ny 20 avrily 1887 izy no nandao an'i Turin. Toy ny olona tsy ho lasa lavitra intsony ny fijery azy. I Don Rua sy i Don Viglietti no niara-dia taminy. Fiarandalamby no nandehanan'izy ireo. Ary sambany i Don Bosco, tamin'ity indray mandeha ity, vao mba nanaiky hiditra tao amin'ny «kilasy voalohany» (première classe)...

Be ny toerana nijanonany teny an-dalana mizotra mankany Rôma. Tao ny toerana nisy trano salezianina. Fa tao koa ny toerana nisy mpanaosoa fantany, izay nampandrenesina mialoha ny amin'ny fandalovany.

Nihareraka tokoa i Don Bosco! Satria antitra efa nandrorona izy, tamin'izao diany izao, ary notohantohanana ihany rahefa mamindra... Nefa kosa tsy afaka teo aminy ilay toetrany tia vazivazy izay, na dia teo aza ny lanjam-pahanterany. Hita taratra izany tamin'ny fihaonany tao Florence tamin'ny andriambavy Uguccioni

izay efa antitra sy tsy afa-mamindra intsony, fa atosika amin'ny seza misy kodiarana. Hoy tokoa ny vazivazin'i Don Bosco:

- Faly mahita anao aho, ry Andriambavy hajaina! Mba te handihy kely miaraka amiko ve ianao?

- Eh! Ry Don Bosco! Jereo kely ity manjò ahy...

- Eny e! Raha izany àry, dia aza matahotra, fa izany dihy kely izany dia hataontsika any am-paradisa!

Fa tamin'ireny fiatoana teny an-dalana mankany Rôma ireny koa, dia nisy ny fihaonana tsy nampoizina, toy ny tao amin'ny seranampiarandalamby tao Arezzo. Raha vao nahita an'i Don Bosco ilay lehiben-tseranampiarandalamby tao, dia nilomay nanatona sy nanoroka azy, ary nilaza taminy tamin-dranomason-kafaliana hoe:

- Tsy tadidinao ve aho, ry Don Bosco? Jiolahimboto tao Turin tao aho, tsy nanan-dray na reny intsony. Noraisinao sy nampianarinao aho ary notiavinao tokoa. Koa raha manana fianakaviana sambatra sy ity toerako ity aho, ankehitriny, dia noho ianao.

Ary folo andro taorian'ny nandaozana an'i Turin, dia tody soa tao Rôma ihany ry Don Bosco. Tolakandron'ny 30 avrily 1887 tamin'izay!

Nentina namangy ny seminera natokana ho an'ireo tanora avy any Lombardia izy ary niangavy mba hanipy teny tamin'ireo seminarista. Tsy nahatonona afa-tsy fehezanteny iray anefa izy. Saingy kely mafonja ihany izy io. Hoy tokoa izy tamin'izay:

- Hevero mandrakariva izay mety holazain'ny Tompo momba anareo fa aza mihevitra izay holazain'ny olona momba anareo, na amin'ny tsara na amin'ny ratsy.

Dia noraisin'ny Papa Léon faha-13 koa izy tao Rôma tao.

- Efa antitra aho, ry Ray Masina - hoy izy niteny malefaka - ary izao no fara diako sady famaranana ny zava-drehetra ho ahy... Mbola be ny hatao, nefa tsy ilaina ny hampirisihiko an'ireo zanako (Salezianina) amin'ny asa. Ny tokony hataoko aza, dia ny manafatrafatra azy ireo mba tsy hafana fo loatra - nanopy maso tany amin'i Don Rua izay teo anilany izy, teo am-pilazana izany . Maro

manko ireo manimba ny fahasalamany amin'ny asa be ataony, tsy amin'ny atoandro ihany, fa amin'ny alina koa.

- Ry Ray Masina - hoy i Don Rua nanohy ny resaka somary nisangy - i Don Bosco ihany kanjo no fototr'izany zava-doza izany (hafanampo amin'ny asa).

Nitsiky ny Papa nahare izany. Izay izy vao nanome torohevitra fena fahendrena ho an'ny Fikambanana Salezianina:

- Raisiko am-pitiavana ho adidy ny mamporisika anao sy ny vikera tanan-kavananao, mba tsy hiadisaina amin'ny isan'ny salezianina mihoatra noho ny amin'ny fahamasinan'izy ireo. Tsy ny hamaroana tsy akory no mampitombo ny voninahitr' Andriamanitra, fa ny hatsarampanahy amam-pahamasinana. Noho izany àry, dia aoka ianareo ho malina sy hentitra eo amin'ny fandraisana mpikambana.

Rahefa nidina ny tohatra avy nihaona tamin'ny Papa i Don Bosco, dia nanao jeriatrika ireo miaramilan'ny Papa (gardes suisses). Nihomehy i Don Bosco nahita izany, sady niteny hoe:

- Aoka! Aza manao izao. Tsy mpanjaka aho akory, fa pretra mahantra efa vokoka...

Tamin'ny 14 mey 1887 no nanamasinana sy nitokanana tamin'ny fomba manetriketrika ny Fiangonampiandrianan'ny Fo-Masin'i Jesoa tao Rôma. Androm-pahasoavana aman-kafaliana ho an'i Don Bosco iny andro iny...

Ary tamin'ny 15 mey, ampitson'ny androm-pitokanana, dia nandeha nankao amin'ilay fiangonambe i Don Bosco, hanolotra Sorona Masina teo amin'ny ôtelin'i Masina Maria-Vonjy. Vao nanomboka kely ny fanolorany Sorona Masina, dia nanomboka nitomany koa izy, araka ny hitan'i Don Viglietti izay nanotrona azy: ranomaso tsy nanam-pitsaharana sy tsy hay notohaina no nikoriana saika nandritra ny Sorona manontolo. Tamin'ny farany aza dia voatery nentina hatrany amin'ny sakristia izy.

Nanahy be ihany i Don Viglietti, ka nibitsika mora tamin'i Don Bosco hoe:

- Don Bosco a! Maninona ianao? Tsy dia tsara loatra angaha ianao?

Nihivingivin-doha moramora i Don Bosco nandà, sady nanohy hoe:

- Hitako nibaribary mazava teo anoloan'ny masoko indray ny zava-niseho tamin'ilay nofiko voalohany, fony izaho vao sivy taona. Tena hitako sy henoko ny reniko mbamin'ireo rahalahiko niady hevitra momba izay hitako tao amin'ilay nofy.

Tao amin'io nofy fahagola io tokoa no nilazan'i Masina Maria tamin'i Don Bosco hoe: «Ho azonao izao rahefa feno ny fotoana». Toa nazava tamin'i Don Bosco teto ary azony ny zava-drehetra, rahefa namisavisa ny lasany izy... Nody ventiny ihany ny rano nantsakaina tao anatin'ny ezaka maro endrika sy fisedrana samihafa, mba ho famonjena tanora marobe... Ranomasom-pahasoavana no nanenika an'i Don Bosco!...

Ary andro vitsy taorian'iny andro nampijoy ranomasom-pahasoavana teo amin'ny fiainany iny, dia nandao an'i Rôma i Don Bosco! 18 mey 1887 tamin'izay... Roso miadana ho any Turin ny diany, ary tsy hipody intsony ao Rôma ao...

Manatona ny farany ary... tonga tokoa

Nahatsiarotena ho antitra tanteraka i Don Bosco! Ka nony tafaverina tao Turin izy dia nanome lalana bebe kokoa hatrany an'i Don Rua, handray manontolo ny fitantanana ny Fikambanana Salezianina. Izay no tsy nitarihany intsony ny fivorian'ny Filankevipitantanan'nyFikambanana, nanomboka tamin'ny 25 mey 1887. Saingy mbola nandray anjara tamin'ny iray tamin'ireny fivoriana ireny izy, tamin'ny 12 septambra 1887.

Ary ny onjam-pahanterany dia tsy nahasakana azy tsy hanohy ny asa fanasoavana ny tanora. Nanao laretirety teny Valsalice ao Turin ireo tanora nangataka hiditra ao amin'ny Fikambanana, tamin'ny faramparan'ny volana aogostra 1887. Nandeha hatreny i

Don Bosco ary nivonona handray izay rehetra te hikônfesy taminy... Ary nipetraka teny volana iray mahery kely izy...

Nefa moa na teo aza izany fikirizany ho mpanompo ny tanora hatrany izany, dia tsapany koa fa manakaiky ny farany. Nanomboka nisarizoro teo am-bavany ny teny mifono zava-dalina momba ny fahafatesany...

Teny mifono zava-dalina, teny Valsalice ao Turin ihany

Nahatsiarotena ho tsy salama tokoa i Don Bosco, tamin'ny volana septambra 1887, tapany faharoa. Indray nanafika azy ny tazo sy aretina an-doha maherivaika. Nisy mihitsy aza ny andro tsy nahafahany nanolotra Sorona Masina. «Nefa kosa faly mandrakariva - araka ny rakitsoratr'i Don Viglietti, mpitantsorany - miasa izy, manoratra ary mandray olona. Izy no tokony ho mila hankaherezina, nefa dia izy mandrakariva no mankahery ny hafa».

Indray hariva izay anefa, tamin'ny faramparan'io volana septambra io ihany, dia nanipy teny kely tamin'i Don Veronesi izy. Nisakafo hariva tao an'efitranony izy tamin'izay ary i Don Veronesi, talen'ny Foibem-pambolena ao Mogliano Veneto, no nanaridia azy tao. Hoy tokoa izy tampotampoka foana teo:

- Tsy manana afa-tsy fotoana kely hivelomako aho. Saingy mbola tsy resilahatra ny amin'izany ireo lehibe tao amin'ny Fikambanana; inoan'izy ireo fa mbola ho velona elabe i Don Bosco... Tsy dia mampalahelo ahy ny ho faty. Ny mampalahelo ahy dia ny trosan'ny fiangonan'ny Fo-Masin'i Jesoa sy ny mihevitra fa vola be tsitokotsiforohana no voavory. Olona mahafinaritra anie i Don Dalmazzo iny e, saingy tsy mpitantan-draharaha izy. Inona no holazain'ireo zanako lahy eo am-pahitana izany entambe izany eo an-tsorony?... Mivavaha ho ahy. Amin'ny taona ho avy, amin'ny fotoanan'ny laretirety (fanazaran-tena am-panahy), dia tsy ho eo intsony aho...».

Teny mifono zava-dalina izany tenin'i Don Bosco izany! Tena tsapany mangina fa manakaiky ny farany. Ary nahare ny

tenany ho irery mihitsy aza izy indraindray. Nazava ny teniny tamin'ny fotoana nahatongavan'i Don Paul Albera hametra-beloma taminy teny am-bohitr'i Valsalice. Handeha ho any Frantsa i Don Paul Albera tamin'izay. Satria izy no tompon'andraikitra mpanaramaso ny trano salezianina tany. Nibanjina am-pitiavana an'ilay «Paul keliny» fahiny i Don Bosco; nanganohanon-dranomaso ery izy nijery azy ary nibitsibitsika hoe:

- Dia lasa koa izany ianao, mandao ahy daholo ianareo. Fantatro fa handeha anio hariva i Don Bonetti. I Don Rua koa handeha. Avelanareo irery eto aho.

Dia nitomany mangina izy. Olo-mahantra vizaky ny taona marobe nisasarana ary irery eo anivom-pahanterana no nahatsapan'i Don Bosco ny tenany tamin'izay fotoam-pisarahana izay. Tohina i Don Albera teo anatrehan'ny zava-niseho, ka nalahelo be ihany. Nahateny ihany anefa i Don Bosco, nony kelikely, ka nilaza tamin'i Don Albera hoe: - Tsy manome tsiny anao mihitsy anie aho e! Fantatrao izany. Manao ny adidinao ianao. Fa antidahy mahantra aho... Hivavaka ho anao aho! Homba anao anie Andriamanitra!

Talohan'ny hodiany teny Valdocco, dia nitafatafa kely tamin'i Don Barberis, talen'i Valsalice, i Don Bosco. Nifantoka teo amin'ilay tohatra lehibe ao an-trano ny masony ary hoy izy niteny ampahatonena:

- Manomboka izao, dia ho eo ambany fiarovan'ity trano ity aho...

Ary kelikely taorian'izay, dia hoy indray izy:
- Asaivo omanina ilay planina.

Noheverin'i Don Barberis fa ilay planin'ny ampahan'ny tranon'i Valsalice sisa tsy vita no notenenin'i Don Bosco ka hoy izy namaly:

- Hampanamboariko izay ary hasehoko anao.

- Tsy amin'izao ririnina izao - hoy i Don Bosco - fa amin'ny lohataona ho avy. Ny planina dia hasehonao an'i Don Rua.

Dia nanohy nijery ilay tohatra lehibe i Don Bosco teo anivon'izany rehetra izany.

Nifono zava-dalina koa izany tenin'i Don Bosco tamin'i Don Barberis izany... Efa-bolana taty aoriana tokoa manko dia teo ampototr'io toha-dehibe io no nandavahana ny fasan'i Don Bosco. Ary tamin'ny lohataona 1888 dia nasehon'i Don Barberis an'i Don Rua ny planina sy ny sarin'ny tsangambato kely handravaka an'io fasana io. Dia tsaroany, tamin'izay, ireo teny mifono zava-miafina nambaran'i Don Bosco...

Jiro mitsilopy akaiky ho faty

Nody teny Valdocco i Don Bosco tamin'ny 2 ôktôbra. Noraisin'ireo tanora tamin-kafaliana izy ary notronin'izy ireo nanavatsava ny tokotany hatreo amin'ny tohatra miakatra mankany an'efitranony. Ireo tanora efa lehibebe no nanampy azy niakatra moramora. Ary nony tafakatra i Don Bosco, dia nanofahofa tanana nanao veloma azy rehetra. Hofahofan-tanana koa no namalian'ireo tanora azy, teo anivon'ny hiakam-pirariana hoe: «Ho ela velona anie i Don Bosco!»

Toy ny jiro mitsilopy efa akaiky ho faty i Don Bosco tamin'izay vanim-potoana izay! Mbola niezaka nanolotra Sorona Masina ihany izy. Nefa tsy tany am-piangonana intsony, fa tao amin'ny tranofivavahana kely manokana, sady notronina pretra iray mandrakariva. Sahirana be ihany izy rahefa miteny sy miaina. Vazivazy no nilazany ny fahasahiranany. Fa hoy tokoa izy:

- Mitady tafoforana vaovao anankiroa aho fa tsy mandeha intsony ny ahy ato (ny taovam-pisefoany no tiany holazaina).

4 desambra 1887: tonga niresaka taminy i Don Cerrutti izay niandraikitra ny raharaha ankapoben'ny *Oratorio-n'i Valdocco*. Rahefa avy niara-nandinika akaiky ny fizotran-draharaha ankapobeny izy ireo, dia hoy i Don Bosco taminy:

- Toa fotsihatsatra be ihany no fahitako anao. Manao ahoana ny fahasalamanao? Mikarakarà tena. Ataovy amin'ny tenanao koa izay mety hataonao ho an'i Don Bosco.

Tohina tamin'izany teny izany i Don Cerrutti, ka hoy i Don Bosco nankahery azy:

- Mahereza, ry Don Cerrutti havako, ho hitanao fa ho sambatra isika any am-paradisa.

Maro ny taratasy ho an'i Don Bosco tamin'izany vanim-potoana izany. Efa vakìn'ireo mpitantsoratra ireny, vao alefa any aminy. Tsy afa-namaly mivantana ny taratasy ho azy intsony anefa izy. Teny kely fitarihan-dalana ny mpitantsoratra amin'ny valinteny tokony hatao sisa no azony nosoratana teo amin'ny taratasy mila valiny. Ny taratasy farany mba nanoratany andalany roa, ho famenon'ny efa vitan'ny mpitantsoratra, dia ny taratasy nalefa ho an-dRamatoa Broquier: «Aoka isika hanome betsaka raha te hahazo betsaka. Hitsodrano sy hitantana anao anie Andriamanitra».

Nanolotra Sorona Masina i Don Bosco tamin'ny 4 sy 6 desambra 1887. Nefa efa sempotra be ihany izy tamin'izany. Mbola nanandrana nanolotra Sorona Masina indray mandeha koa izy tamin'ny 11 desambra. Saingy trotraka tanteraka izy teo ampamaranana ny Sorona Masina. Dia io no Sorona Masina farany natolony.

Efatra andro talohan'io Sorona Masina io kosa no tonga avy tany Amerika Latinina i Mônsenera Cagliero. 7 desambra hariva tamin'izay. Nandefasan'i Don Rua antso maika manko izy: «Mampanahy be ihany ny fahasalaman'i Dada», hoy ny hafatr'i Don Rua ho an'i Mônsenera Cagliero. Dia tsy nangataka andro ilay Eveka Salezianina voalohany, fa niainga avy hatrany.

Nanao sahoby kely fandraisana an'i Mônsenera Cagliero ireo tanoran'i Valdocco, nandritra ny fotoana namakivakiany ny tokotany. Fa i Mônsenera Cagliero kosa dia dodona sy maika ny hahita an'i Don Bosco. Niakatra izy ary niditra tao an'efitranon'i Don Bosco izay mipetraka miarinarina eo am-parafara eo. Nanatona an'i Don Bosco i Mônsenera ary nandohalika hanoroka azy. Dia oro-pifankatiavan'ny ray sy ny zanaka tsy nifankahita hatramin'ny telo taona no nifanorohan'izy mianaka...

Antitra sady osa tanteraka no nahitan'i Mônsenera Cagliero an'i Don Bosco. Niresadresaka tao an'efitrano tao izy mianaka nandritra iny takarivam-pihaonana iny. Notantarain'i Mônsenera an'i Don Bosco ny andinidininy mikasika ny asan'ny Salezianina any Amerika. Ary tsitapitapitrizay, dia hoy ny fangatahan'i Mônsenera tamin'i Don Bosco:

- Don Bosco! Ampikônfeseo aho.

Nanome torohevitra an'i Mônsenera i Don Bosco tamin'iny takariva iny. Noraisin'i Mônsenera Cagliero an-tsoratra tamin'ny taratasy kely iray ireny torohevitra ireny ary hoentiny manaraka azy hatrany Amerika Latinina. Anisan'ny hafatr'i Don Bosco taminy ny hoe:

«Tiako ny hijanonanao mandra-pilamin'ny zava-drehetra aorian'ny fahafatesako.

Ilazao ny Salezianina rehetra mba hiasa amin-kafanampo amam-pahavitriana: asa, asa hatrany.

Mifankatiava toy ny mpirahalahy ianareo: mifankatiava, mifanampia, mifandefera».

Mbola nifampidinika ela koa izy mianaka tamin'ny andro nanaraka an'iny takarivam-pihaonana iny. Ary anisan'ny nankinin'i Don Bosco tamin'i Mônsenera Cagliero izao tebiteby izao:

- Eto amin'ny faran'ny androm-piainako aho. Manomboka izao, dia anareo ny miasa ho famonjena ny tanora. Nefa tsy maintsy borahiko aminao ny ahiahiko. Matahotra aho sao ny sasany amintsika ratsy fandray ny fitiavana nandalàn'i Don Bosco ny tanora, sao lazaina fa tamim-pihetsehampo be loatra no nanatonany azy ireo; ary sao dia hohararaotin'ireo sasany ireo izany hanamarinany ny fitiavana tsy voalanjalanja andalàny olona.

- Aza manahy ianao, ry Don Bosco. Tsy mbola nisy taminay ratsy fandray ny fomba nitondranao ny tanora. Ary ny amin'ny ahiahinao dia izao: avelao hikarakarako azy, haverimberinay amin'ny rehetrarehetra izany hafatrafatra izany.

Nasain'ny mpitsabo nentina naka rivotra tamin'ny fiarantsoavaly i Don Bosco, tamin'ny 16 desambra 1887. I Don Rua sy i Don Viglietti no nanohantohana azy nidina ny tohatra sy niara-dia taminy. Nahatsinjo ny Kardinaly Alimonda izy ireo teny an-dalampodiana hamonjy an'i Valdocco. Nirahin'i Don Bosco i Don Viglietti hiantso azy:

- Iangavio izy hankety vetivety. Te-hiresaka aminy aho, nefa tsy afa-mandeha hatreny.

Mailaka ery ny Kardinaly Alimonda namaly am-pitiavana ny antson'i Don Bosco. Niakatra tao anaty fiara izy, dia niarahaba sy nanoroka an'i Don Bosco. Nidina i Don Rua mba hahafahan'i Don Bosco sy ny Kardinaly Alimonda miresaka. Dia nisosa miadana ilay fiara, nandritra ny antsasakadiny naharetan'ny resaka!...

Amboaran-kevitra farany napetraka an-tsoratra

Nanomboka nandao an'i Don Bosco tanteraka ny heriny, tamin'ny asabotsy 17 desambra. Nefa mbola nisy tanora telopolo koa, tao ivelan'ny efitranony, nilahatra hikônfesy aminy. Nolazainy tamin'i Don Viglietti fa toa tsy ho vitany intsony izany hampikônfesy izany:

- Tena tsy manana herimpo amin'izany intsony aho.

Niova hevitra indray anefa izy, fotoana kely taorian'izay:

- Saingy izao moa no farany ahafahako mampikônfesy azy ireo. Izao no farany... Ilazao izy ireo handroso.

18 desambra: tonga namangy an'i Don Eugène Reffo, avy amin'ny Fikambanan'i Masindahy Zôzefa. Hoy i Don Bosco niteny malefaka taminy:

- Nanam-pitiavana anao mandrakariva aho ary mbola hanana izany mandrakariva. Eto amin'ny faran'ny androm-piainako aho ankehitriny. Mivavaha ho ahy, ary izaho hivavaka ho anao.

19 desambra: toa navitribitrika indray i Don Bosco, ka dia niangavian'i Don Viglietti izy mba hanoratra teny vitsivitsy teo amin'ireo sarimasina halefa ho an'ireo Mpiaramiasa salezianina.

«Ekena»! hoy i Don Bosco.

Dia nanomboka nanoratra tao an-damosin'ny sary anankiroa izy:

«Ry Maria ô, mba angataho amin'i Jesoa ho anay ny fahasalaman'ny vatana raha mahasoa ny fanahinay izany, nefa ataovy aro antoka ho anay ny fiainana mandrakizay».

«Manaova haingana asa soa satria mety tsy hanam-potoana ho an'izany intsony ianareo».

Nony vita ireo, dia niato kely izy, toa gaga, ary nilaza tamin'i Don Viglietti hoe:

- Mba fantatrao ve fa tena tsy mahay manoratra intsony aho? Tena vizaka be loatra aho izany.

Nasain'i Don Viglietti nametraka penina àry izy. Saingy tsotra ny navalin'i Don Bosco an'i Don Viglietti:

- Tsia! Tsy maintsy manohy aho. Faran'ny anoratako manko izao.

Dia nanohy moramora nametraka an-tsoratra ireo amboarankevitra mameroverom-panantenana ombam-pinoana amampitiavana izy:

«Sambatra ireo izay manolo-tena ho an'Andriamanitra mandrakizay eo anivon'ny hatanorany».

«Izay mitaredretra manolo-tena ho an'Andriamanitra dia tandindomin-doza lehibe ho very fanahy».

«Ry zanako malala ìsany, aza manary foana ny fotoana anananareo, dia tsy hanary anareo any amin'ny mandrakizay ny fotoana».

«Raha manao ny tsara isika, dia ho hitantsika ihany izany tsara izany dieny amin'izao fiainana izao sy any ankoatra».

«Izay mamafy asa soa dia hijinja voka-tsoa».

«Any am-paran'ny fiainana no ijinjana ny vokatry ny asa soa».

Nanatona azy i Don Viglietti tamin'izay ary nahavaky io fehezanteny farany io. Nalahelo sy latsa-dranomaso izy, ka nilaza taminy hoe:

- Ry Don Bosco â! Mba zavatra mahafaly kokoa soratana e...

Nivazivazy indray i Don Bosco namaly an'i Don Viglietti hoe:

- Fa zaza hafakely koa ianao ity, ry Carluccio!...Aza mitomany e. Efa voalazako anao anie fa ireto no teny farany soratako e. Nefa dia hanandrana hanaiky anao ihany aho.

Dia rafitra nanoratra indray izy:

«Hitsodrano antsika anie Andriamanitra ary hiaro antsika amin'ny ratsy».

«Raha te ho mpanankarena ianareo, dia mahaiza mahafoy zavatra betsaka ho an'ny mahantra».

«Manomeza dia omena ianareo».

«Hitsodrano antsika anie Andriamanitra ary i Masina Maria Virjiny anie ho mpitaridalana antsika mitety ny onjan'ny fiainana».

«Ny zaza madinika no hafinaretan'i Jesoa sy i Maria».

«Andriamanitra anie hitsodrano sy hamaly soa mitafotafo ny mpanao soa antsika rehetra».

«Ry Maria ô, aoka ianao ho vonjiko».

Ary tsy tandrintandrin'i Don Bosco akory, dia namerina nanoratra hevitra manembonembona ny mandrakizay indray izy:

«Izay mamonjy ny fanahiny dia mamonjy ny zava-drehetra. Ary izay manary ny fanahiny dia manary ny zava-drehetra».

«Izay miaro ny mahantra dia hahazo valisoa maharitra any amin'ny Fitsaran'Andriamanitra».

«Endrey ny valisoa lehibe ho azontsika noho ny tsara rehetra ataontsika amin'ny fiainana».

«Izay manao ny tsara amin'ny fiainany dia hahita an'io tsara io indray amin'ny hahafatesany».

«Firavoana amin'ny soa rehetra mandrakizay ny any amparadisa».

Dia io no fehezanteny farany nosoratan'i Don Bosco; efa soratra toa rangotr'akoho mila tsy ho voavaky no nanehoany an'io.

Mandindona ny farany

Tamin'ny marainan'iny 19 desambra iny koa no nandraisany olona farany. Adidy niantsorohany am-pitiavana nandritra ny efapolo taona maninjitra ny fandraisana olona toy izao isa-maraina. Nomeny torohevitra, tsodrano, fampiononana, ary fanampiana sy fankaherezana ny olona tonga nihaona taminy. Ny andriambavy Mocenigo no noraisiny farany, tamin'izany.

Nasain'ny Dokotera nentina nitsangantsangana indray i Don Bosco tamin'ny tolakandron'io andro io. Mila fakan-drivotra tanteraka izy. Nentina nidina ny tohatra tamin'ny sezabe izy, na dia nandà be ihany aza... Ary teny an-dalana, dia nisy lehilahy anankiray nampiato ny diany fa te hiresaka taminy. Mpianany fahiny tamin'ny fotoanandro vao nanombohan'ny *Oratorio-n'i Valdocco* izy io. Tonga dia fantatr'i Don Bosco izy. Dia nifampiarahaba izy ireo ary nifanatsafa vaovao teo.

Anisan'ny nanontanian'i Don Bosco azy ny fiainany arapanahy. Dia hoy izy namaly:

- Mba miezaka mijoro mandrakariva ho mpianatra mendrika nobeazin'i Don Bosco aho.

- Tsara izany! Tsara - hoy i Don Bosco -; hamaly soa anao Andriamanitra. Mivavaha ho ahy. Ary mijoroa mandrakariva ho kristianina tsara.

Azo lazaina ho nahasoa azy ihany ilay fitsangatsanganana. Nefa koa nony tafaverina tao an-trano izy dia toa vao maika niharatsy ny toe-pahasalamany, araka ny fijerin'i Dokotera Albertotti. Nasainy natao am-pandriana àry i Don Bosco. Ny seminarista salezianina Festa no niandry azy tao an'efitranony.

Nanontany ny fahasalaman'i Don Bosco izy hoe:

- Manao ahoana ianao izao?

Dia namaly am-pahatsorana i Don Bosco hoe:

- Tsy misy afa-tsy fehim-piainana kanto sisa no azoko atao, ankehitriny.

Nandindona tokoa ny farany: indrindra teo anelanelan'ny 20 sy 31 desambra. Teny fohy no namintinan'i Frera Pierre Enria ny fijalian'i Don Bosco nandritra an'io vanimpotoana io, izay araka ny hitany teo am-piandrasana azy isan'alina: «Mijaly izy ary mangina tsy miteny».

Miakatra be ny hafanana ary sarotra koa ny fisefony.

- Tsy maintsy omena sakafo mihitsy izy - hoy ny Dokotera.

Niezaka mba nanome lasopy maivana azy i Don Viglietti. Nanatsotra ny tanany handray ilay vilia tsangambava nisy lasopy i Don Bosco, indray mandeha; nefa te hanampy azy tsy hisahirana loatra i Don Viglietti, ka tsy nanome ilay tsangambava hotazoniny. Dia nanipy teny kely somary maneso taminy i Don Bosco:

- Hay ve, tianao hohanina angaha izy iny? An?

Teo an-danin'izany kosa, dia fahanginana tsy nahazatra loatra no nanenika ny tokotanin'i Valdocco: vorilanina eo ireo tanora nefa tsy ankiteny ary samy mitazana mitsinjo ny varavarankelin'ny efitrano misy an'i Don Bosco...

Tamin'ny 23 desambra, dia noheverin'ny maro fa tonga ny farany. Na i Don Bosco aza dia efa nibitsibitsika hoe:

- Aoka mba hisy olona hiomana hanome ahy ny fanosorana ny marary.

Indro eo anilan'ny fandriana i Don Bonetti. Dia noraisin'i Don Bosco tampotampoka teo ny tanany ary nofihininy, sady niteny izy hoe:

- Aoka ianao ho andry mafy mandrakariva ho an'i Don Rua.

Ary rahefa tonga i Mônsenera Cagliero, dia nanangona ireo fara heriny izy ary nanafatrafatra azy hoe:

- Lazao amin'ny Papa fa mikendry manokana ny fanohanana ny fahefan'ny Papa ny Fikambanana sy ny Salezianina, na aiza na

aiza misy azy ary na aiza na aiza iasany... Handeha ho any Afrika eo ambany fiarovan'ny Papa ianareo... Dia hamakivaky azy... Handeha hatrany Azia sy any an-kafa ianareo... Manàna finoana...

Dia io fa eo anilan'i Don Bosco koa i Frera Joseph Buzzetti. Tsy afa-niteny avy hatrany i Don Bosco, fa fiarahabana miaramila no nataony mba hampihomehezana kely an'i Frera Buzzetti. Nefa afa-nibitsika taminy ihany i Don Bosco, nony ela:

- Ry sakaizako! Sakaiza mamiko mandrakariva ianao.

Tamin'ny takarivan'iny 23 desambra iny, dia nipetraka teo anilan'i Don Bosco i Don Cassini, misiônera niara-niverina tamin'i Mônsenera Cagliero avy any Amerika Latinina. Nanao toho-tsofina i Don Bosco nibitsibitsika taminy hoe:

- Fantatro fa mahantra ny reninao. Lazao amiko am-pahatsorana, ary amiko irery tsy ankilazalaza amin'ny hafa, ny tsiambaratelom-piainanao. Homeko anao izay rehetra heverinao fa ilain'ny reninao.

Teo anilan'izany rehetra izany kosa, dia nikarakara an'i Don Bosco hatramin'ny malotom-pivalanana i Frera Pierre Enria. Feo farina no nankaherezan'i Don Bosco azy hoe

- Eh!... Ry Pierre mahantra, manàna faharetana!

Hoy kosa i Frera Pierre namaly azy:

- Don Bosco â! Homeko anao ny fiainako ho an'ny fahasi-trananao. Ary fantatrao: tsy izaho ihany no tia anao fatratra, fa misy marobe hafa koa.

Afaka namaly azy ihany i Don Bosco, na dia reraka aza. Hoy izy nisento:

- Ny tena ho mafy indrindra amiko eo am-pahafatesana dia ny hisarahako aminareo...

Tamin'iny 23 desambra iny koa, dia nampandrenesina ny Kardinaly Alimonda, Arsevekan'i Turin, fa mety tsy ho tratry ny andro maraina intsony i Don Bosco. Dia nidododododo nankeny

Valdocco izy hamangy ilay sakaizany efa eo ambavahaona. Nifampiarahaba am-pitiavana toy ny mahazatra izy ireo. Avy eo dia nanandrana niteny taminy i Don Bosco:

- Mônsenera, mivavaha mba hahafahako mamonjy ny fanahiko.

- Don Bosco - hoy ny Kardinaly namaly - tsy tokony hatahotra ny ho faty raha ianao. Matetika manko ianao no efa nanafatrafatra ny hafa mba ho vonona foana!

- Eny - hoy i Don Bosco... - Fa mba tiako koa ny hilazana izany amiko.

Dia tamin'io fotoana io koa no namisavisan'i Don Bosco, tamin'ny Kardinaly Alimonda, ny androm-pijaliany teo amin'ny sehatry ny fanekena maha-pretra sy ny hafatra napetrany ho an'ireo Salezianina mba hijoroan'izy ireo hatrany «ho mpiaro ny fahefan'ny Papa any amin'ny toerana rehetra iasan'izy ireo».

Marainan'ny 24 desambra: nentina ho an'i Don Bosco ny vatsimasina fanome ny marary ambavahaona. Ary i Mônsenera Cagliero no nanome azy ny fanosorana ny marary.

Toa nihatsaratsara kely indray i Don Bosco...

26 desambra: tonga namangy azy ingahy Charles Tomatis, iray tamin'ireo mpianany fahiny, tamin'ny fotoanandron-dry Dominique Savio tao Valdocco. Nentiny mba homen'i Don Bosco tsodrano ny zanany lahikely. Nefa tsy nampoiziny ho Don Bosco efa rotiky ny aretina toy izao no hihaonany. Nandohalika teo antongo-pandriana izy ary teny kely feno fangorahana no mba voatonony: «Eh! Don Bosco!... Eh! Don Bosco!»... Rahefa nandeha nivoaka ny efitrano izy, dia nomen'i Don Bosco famantarana hanatona azy i Don Rua. Nanongilan-tsofina nihaino azy i Don Rua izay nibitsibitsihany hoe:

- Ao anatin'ny ady sarotra sy mafy izy iny. Koa mba aloavy amin'ny anarako ny saran-dalan'izy mianaka.

Tamin'io andro io koa no tonga namangy azy i Mera Caterina Daghero, lehiben'ny Zanakavavin'i Maria Vonjy, nandimby an'i Mera Mazzarello tamin'ny 1881. Nangata-tso-drano tamin'i Don

Bosco izy ho an'ny masera rehetra eo ambany fiadidiany. Feo malefaka no namalian'i Don Bosco azy hoe:

- Eny, eny! Mitsodrano ny trano rehetra misy ny Zanakavavin'i Maria-Vonjy aho, mitsodrano ny Mera lehibe sy ny Masera rehetra... Ataovy izay hamonjena fanahy maro.

Noho ny toetr'aretina anefa, dia voatery nametraka fepetra ny dokotera: voarara ny famangiana ary tokony hangina tanteraka ny marary. Torimaso tsirendremana no mba hany torimasony namakivaky ny andro nifandimby.

Tamin'ny takarivan'ny 29 desambra, dia nampiantso an'i Don Rua sy i Mônsenera Cagliero izy. Noraisiny ny tanan'izy ireo. Dia nametraka izao tan-kafatra izao izy:

- Mifankatiava ianareo toy ny mpirahalahy. Mifankatiava, mifanampia ary mifandefera toy ny mpirahalahy. Tsy handao anareo akory ny fanampian'Andriamanitra sy i Masina Maria-Vonjy. Omeo toky aho fa hifankatia toy ny mpirahalahy ianareo.

Teo anivon'ny alim-pahanginana, dia nangataka rano indray mitelina tamin'i Frera Pierre Enria izy. Dia hoy koa izy:

- Tsy maintsy ianarana ny miaina sy ny miala aina...

Miandry any am-paradisa aho...

Nampoizin'ny maro ho faty tamin'ny faran'ny volana desambra 1887 iny i Don Bosco. Tsy izany anefa no nitranga. Toa nihatsara be indray aza ny toe-pahasalamany, teo anelanelan'ny voalohany sy faha-20 janoary 1888. «Afaka tery ny loza nanambana» hoy indray ny eritreritry ny maro...

Izany no nahatonga an'i Mônsenera Cagliero handao an'i Turin tamin'ny 21 janoary. Hoy izy tamin'i Don Bosco talohan'ny handehanany:

- Ry Don Bosco malala, toa afaka ihany ity ny loza natahorana, ka handeha aho aloha. Asaina any Lu aho, hankalaza ny fetin'ny mpiaro ny Fiangonana any. Faritany nanome misiônera mahafatrapo maro sy Masera maro antsika tokoa i Lu. Rahefa avy any aho, dia handalo kely any amin'ireo tanorantsika any Borgo San Martino.

- Mandehàna - hoy i Don Bosco -. Faly aho. Nefa ataovy haingana.

Montsamontsana indray anefa ny fanantenan'ny maro, tamin'ny marainan'ny 22 janoary. Nirotoroto ny fiovan'ny toe-javatra. Narary indray i Don Bosco. Nihombo dia nihombo ny aretina tamin'ny tolakandron'ny 24 janoary. Very toky hatramin'ireo mpitsabo azy. Nanomboka natory tsirendremana indray i Don Bosco. Ary rediredy no nirongatra teo anivon'izany torimaso hafahafa sy nitambesatra tamin'i Don Bosco izany...

Teo anilany teo foana i Frera Enria tamin'izany. Reny ny rediredin'i Don Bosco itambesaran'ny aretina. Natrehin'ny masony koa ny fihetsika tampoka nataon'i Don Bosco nanainga tanana sy nitehatehaka. Ary azony fa te hiantsoantso toy izao i Don Bosco:

- Malakia! Malakia haingana hanavotra ireto tanora ireto!... Ry Maria tena masina ô, ampio izy ireo... Ry Reny, ry Reny!...

26 janoary. Tafaverina i Mônsenera Cagliero ary nandeha avy hatrany namangy an'i Don Bosco. Mirotoroto be ihany ny fandehan-javatra, araka ny fahitany azy. Nefa nanandrana nanontany an'i Don Bosco ihany izy, hahazoany antoka raha mbola misy fanantenana ny fahavelomany na tsia. Hoy àry izy tamin'i Don Bosco:

- Antsoina any Rôma aho, ka afaka mandeha ho any ve aho?

- Handeha ho any ianao - hoy i Don Bosco -. Saingy aoriana.

Nihombo tokoa ny aretina ary tena mila tsy ho zakan'i Don Bosco matetika ny fanaintainana. Feo iva dia iva sisa nisolo toerana ilay feo kanto mikarantsana hatrizay. Manatona ny farany. Mankahery azy kosa i Don Lemoyne, anisan'ny nanoratra ny tantaram-piainan'i Don Bosco ao amin'ny *«Memorie biografiche»*.

- I Jesoa eo amin'ny hazo fijaliana eritreretina - hoy i Don Lemoyne -. Fa izy koa dia nijaly tsy afa-nihetsika.

- Eny! Ary izany no ataoko ombieniombieny.

Misosa ny andro! Mihamafy koa ny aretina. Rediredy tsy ankiato no heno tamin'ny 27 janoary sy ny tamin'ny marainan'ny

28 janoary... Nefa niova kely indray ny toe-javatra tamin'ny tolakandron'ny 28 janoary. Nahatsiaro tena indray i Don Bosco ary nazava koa ny sainy. Dia hoy ny bitsibitsika nampitainy tamin'i Don Bonetti izay teo anilany tamin'izay:

- Lazao amin'ireo tanorako fa miandry azy rehetra any amparadisa aho.

Ny androtry ny 29 janoary kosa, dia nampanahy be ihany indray ny soratr'aretina araka ny fanambaran'ireo mpitsabo. Hoy i Dokotera Fissore nankahery an'i Don Bosco:

- Mahereza fa mety ho tsara kokoa ny fandehan-javatra rahampitso.

Toa lasa vinany lavitra i Don Bosco nahare izany. Na ny fijeriny aza tsy fantatra intsony izay iantefany. Dia hoy izy namaly moramora:

- Rahampitso ve?... Rahampitso ve?... Handeha hivahiny lavitra aho...

Ary teo amin'ny fiandohan'ny alina, dia niteny tamim-peo mafy izy hoe:

- Paolino, Paolino, aiza ianao? Nahoana ianao no tsy tonga?

Mbola tsy tonga tokoa manko, tamin'izay, i Don Paul Albera mpanaramaso ny asan'ny Salezianina tany Frantsa. Tamin'ny 30 janoary, dia mbola nisy fotoana kely nahatsiarovan'i Don Bosco tena indray. Dia izao no hafatra napetrany tamin'i Don Rua tamin'izay:

- Ataovy izay hitiavan'ny olona anao.

Tamin'iny andro iny koa, dia tonga teo anilany i Don Viglietti sy i Frera Buzzetti, tamin'ny iray ora tolakandro. Nivandravandra nijery azy ireo i Don Bosco sady niezaka nitsiky ary nanetsika ny tanany havia naneho fiarahabana azy ireo. Raiki-tomany i Frera Buzzetti...

31 janoary, tamin'ny roa ora maraina teo ho eo: tsapan'i Don Rua fa tena nirotoroto be ny fandehan-javatra. Niambozonany ny samboadin'ny pretra. Dia natombony ny vavaka ho an'ny olona

miala aina. Nantsoina haingana koa ireo mômpera lehibe hafa tao amin'ny Fikambanana. Raha vao tonga i Mônsenera Cagliero, dia nomen'i Don Rua hiambozonany ny «samboadi-masina» teny aminy. Avy eo dia lasa nivadika nankeo an-kavanan'i Don Bosco i Don Rua. Dia niondrika izy ary nanao tohotsofina tamin'i Don Bosco nilaza hoe:

- Ry Don Bosco, indreto izahay zanakao. Mangataka famelankeloka aminao izahay noho ireo fijaliana tsy maintsy nentinao noho ny nataonay. Ho famantarana ny famelankeloka sy hatsarampon-dray avy aminao, dia mbola omeo anay indray mandeha ny tsodranonao. Hotarihiko ny tananao ary hotononiko koa ny teny fanao amin'ny fanomezan-tsodrano.

Noraisin'i Don Rua sy natsangany ny tanan'i Don Bosco ankavanana izay efa tsy nahahetsika intsony. Dia notononiny ny teny fanomezan-tsodrano ho an'ny Salezianina rehetra, na ireo vorilanina teo na ireo any am-pielezana rehetra any...

Miala aina i Don Bosco. Mahery vaika ny fitronany eo ampiadiana aina... Ary tamin'ny efatra ora sy sasany maraina, dia nitsahatra tampoka izany rehetra izany. Dia nihafohy sy nihanalefaka, nandritra ny fotoana vitsy, ny fiainany...

- Maty i Don Bosco - hoy i Don Belmonte niantso...

Nisento fohy intelo i Don Bosco...

I Mônsenera Cagliero kosa, tamin'izay, niteny mafy, nanao ilay vavaka nampianarin'i Don Bosco azy fony izy mbola zaza:

«Jesoa, Maria, Zôzefa: omeko anareo ny foko sy ny fanahiko ary ny aiko.

Jesoa, Maria, Zôzefa: ampio amin'ny fiadiana aina farany aho.

Jesoa, Maria, Zôzefa: ataovy maty eo am-pelatananareo aho».

Dia nesorin'i Mônsenera Cagliero teny am-bozony ny samboadimasina ary napetrany teo amin'ny sorok'i Don Bosco...

Nodimandry i Don Bosco ary niditra any amin'ny Fahazavan' Andriamanitra, izany nekeny ho Mpanilo ny diany tety am-

pitetezana ny onjan'ny fiainana misamboaravoara sady tsy sarahin' ny zavom-pahalemena samihafa!...

31 janoary 1888 maraina vao mangiran-dratsy tamin'izay... Ary tamin'ny 6 febroary no nanitrihina ny razana teny Valsalice, teo amin'ilay toerana nifantohan'ny fijeriny ela sy noresahiny tamin'i Don Barberis, efa-bolana talohan'izao...

Fehiny

Fahoriana ho an'ny maro nahalala azy ny nahafatesan'i Don Bosco, Sakaizan'ny tanora. Toa nangaina sy very namana tokoa ireo tanoran'i Valdocco anjatony maro, izay nifanerasera taminy akaiky! «Lasa tokoa i dada», hoy ny vetsom-pon'ireo Salezianina maro nitombo teo ambany fiadidiany. Ireo tanora vao misandratra nanatrika izao vanimpotoana nahalasanan'i Don Bosco izao kosa, toa lasan'eritreritra lavitra. Toa satrin'ny maro ihany mbola hahare indray mandeha ny fikarantsan'ny feon'ilay Rain'ny tanora, mpanorotoro hevitra am-pitiavana sy feno vazivazy aza... Saingy nofinofy izany sisa... Mangina i Don Bosco ankehitriny!... Ny sisa nanakoako tao an-tsain'ny maro, teo am-pamoizana an'i Don Bosco, dia ny hafatra napetrany ho azy rehetra hoe: *«Lazao amin'ireo zanako fa miandry azy ireo any am-paradisa aho»*...

25

Volamena latsaka am-bovoka

Raha anaovana tampodiloha kely ny fiainan'i Don Bosco, ka atao indray mijery, dia azo lazaina ho tandra vadin-koditry ny fiainany ny fisedrana maro loko...

Fiainam-pisedrana

Vao zaza erotrerony tokoa manko izy dia efa nianjadian'ny sedram-pamoizana ny rainy, narahin'ny sedra-mosary nampitebiteby sy ny fiainam-pahantrana tao an-tokantranon-dreny. Dia nipoitra ihany koa taty aoriana ny fisedrana noho ny disadisa tsy nampifankahazo azy sy i Antoine, zokibeny; mbola tsy ampy roa ambin'ny folo taona izy dia voatery nandao ny tokantranon-dreniny noho izany ary lasa zaza mpitsoaponenana nitady fialofana sy fivelomana tany amin'ny toeram-piompiana manodidina an'i Becchi, teo anivon'ny ririnina mamirifiry...

Nitondra lohataom-baovao ho azy ny naneken'i Mômpera Calosso hampianatra azy sy hiantoka izay nilainy tamin'ny fianarany ho pretra. Nefa tsy naharitra ela izany (nôvambra 1829 - 1830). Satria nodimandry tampoka tamin'ny nôvambra 1830 i Mômpera Calosso. Fisedrana ho azy izany, satria nandratra ny herim-panantenany vao nitsimoka.

Vahaolana nahitana mangirana hanohizany ny fianarany tao Castelnuovo indray ny fizaram-pananana tao an-tokantranon-dreny tao Becchi. Nefa nisedra ny mafy koa izy tao Castelnuovo. Tao ny fihafiana samihafa noho ny halaviran'ilay akanin-dreny: dia an-

tongotra maraina sy hariva mamonjy fianarana sy mody, na ririnina na lohataona, na fahavaratra; fandaniana ny alina ao ambany tohatra, taty aoriana, rahefa lasa kilasimandry tao amin'Ingahy Roberto mpanjaitra. Fa mafy taminy koa tao ny fanesoesoan'ny mpiara-mianatra azy hoe *«ilay mpiandriombin'i Becchi»* sy ny fanenjehana tsy marim-pototra nolanjainy tamin'i Mômpera Nicolas Moglia, ilay pretra antidahy nampianatra azy ary niantso azy ho ampondra dondrona, noho izy zanaka tantsaha avy eny Becchi...

Rivo-baovao hafakely kosa no niainany tao Chieri, ka nandroso fehizay ny fianarany ary nitombo ny fatoram-pihavanana tamin'ny manodidina. Voasedra ihany koa anefa izy tao, satria nandao an'i Chieri Ramatoa Lucie Matta izay nampiantrano azy. Koa mba hahafahany manohy ny fianarany dia nilatsaka ho mpiasamandry tao amin'Ingahy Pianta izy: nilanja ny mafy koa izy tao nefa nahay nandefitra sy nanaiky...

Ary tsy teny amin'ny lalam-pisandratan'i Don Bosco ho olomatotra sy ho pretra ihany no nitrangam-pisedrana maro loko, fa hatreny amin'ny lalam-piainana maha-pretra azy koa. Tao ny fingampingana isan-karazany namelezana azy tamin'ny fotoanandro nanorenana ny *Oratorio Md François de Sales*: samy namingana na naneso azy daholo na olon-tsotra, na pretra mpitondra fiangonana, na manampahefana ara-pitondrana sy ara-pôlitika, eny fa hatramin' ny manampahefana teo amin'ny sehatry ny fampianarana aza... Tao ny fisedrana noho ny tsifahampiam-bola matetika hoentimiatrika ara-drariny ny fiahiana ireo tanora marobe niantsorohany sy ny asa samihafa nosahaniny. Tao ny fisedrana noho ny faharavan'ny nofinofiny momba ireo tanora voalohany nofaniny ho pretra mpiara-miasa aminy: fihafiana tsy hay lazaina no nanomanany azy ireo, nefa tsy tratrany izay nokasainy ... Ary tao ny famelezan'ny Prôtestanta azy nisesisesy noho ny namoronany sy namoahany ny Gazetiboky *«Vakiteny Katôlika»*, indrindra noho ny lahatsoratra navoakany tao...

Tolona sy fisedrana maro no natrehin'i Don Bosco vao azony tamin'ny fitondram-piangonana ny fankatoavana ny Fikambanana

Salezianina ho ara-dalàna. Ary tena nogohany ny mafaitra ny fanajana ny fahefam-piangonana tao Turin, tamin'ny androm-pitondran'ireo Arseveka roalahy nifandimby tao taorian'i Mônsenera Fransoni; izany hoe tamin'ny andron-dry Mônsenera Riccardi (1867 - 1870) sy ry Mônsenera Gastaldi (1870 - 1883), izay nalaza tamin'ny fanamparam-pahefana. Ny disadisam-pifandraisana tamin'i Mônsenera Riccardi mbola zakany ihany. Fa ny nafitsok'i Mônsenera Gastaldi azy no tena nitondrany lefona an-kibo. Fantany izao ary tsapan'ny olona fa mba nanana ny rariny ihany izy. Nefa dia nanaiky hifona tamin'i Mônsenera Gastaldi izy noho ny baikon'ny Papa Léon faha-13 niantefa taminy hanao izany, mba ho fanavotana ny fahefam-piangonana teo imason'ny olona...

Raha fintinina, dia nahitany fisedrana maro tokoa ny fiainam-panekena maha-pretra nirotsahany. Nefa dia nijoro ho pretra fatra-panaiky mandrakariva izy raha vao ny Papa no miteny. Na dia ny tolokevitra tsotra avy amin'ny Papa aza dia noraisiny ho baiko. Dia io fanajana manokana ny tenin'ny Papa Solontenan'i Kristy - Filohan'ny Fiangonana io no nahatonga azy hanoratra ny rakipahatsiarovany ny fiainany *«Mémoire»* tamin'ny 1873, noho ny baikon'ny Papa Pio faha-9... Izany koa no nahatonga azy hiantsoroka ny fanamboarana ny *Fiangonampiandrianan'ny Fo-Masin'i Jesoa* tao Rôma teo amin'ny androm-pahanterany (1880-1887), noho ny fiangavian'ny Papa Léon faha-13, izay nandidy azy ihany koa hifona tamin'i Mônsenera Gastaldi. Dia napetrany ho lovan'ny Salezianina rehetra mihitsy aza ny fanajana sy fiarovana ny fahefan'ny Papa, na aiza na aiza iasan'izy ireo...

Ary niara-dalana tamin'ireny fisedrana isan-tokony ireny ny fijaliana ara-pahasalamana izay nihanahazo vahana arakaraka ny nandrosoany taona sy nampanatona tsimoramora ny androm-pahafatesany...

Eny! Fiainam-pisedrana tokoa ny fiainan'i Don Bosco, raha atao indray mijery... Azo lazaina ho tandra vadin-koditry ny fiainany ny fisedrana sy ny fanenjehan'ny olona...

Volamena latsaka am-bovoka...

Nefa na inona na inona nanjò azy teny am-pamakivakiana ny lalan'ny fiainana, dia niredareda mandrakariva tao aminy ny finoana tsy sarahim-pitiavana amam-panantenana, izay nanabeazan'i Neny Marguerite azy sy nokolokoloiny hatrany nandritra ny fiainany manontolo. Dia izany finoana tsy sarahim-pitiavana amam-panantenana niredareda nivelomany izany no zary fanilo nanazava ny diany, teo anivon'ny haizim-pisedrana sy ny zavom-panenjehana nianjady taminy. Ary namelombelona ny fanantenany manokana ny fahasoavana nomen'Andriamanitra azy hahatsinjo ny hoavy tamin'ny alalan'ny nofy na fahitana samihafa.

Toy ny sarintany azo antoka nanondro azy ny lalana tokony hizorana sy ny tanjona hitodian'ny diany ireny rehetra ireny. Koa na dia nisy aza ny haizim-pisedrana maro loko nanorotoro ny fon' i Don Bosco, dia tony kosa ny fanahiny. Satria tsapany ombieniombieny fa tsy miady irery izy eny am-pamakivakiana ny lalan'ny fiainana tsy ilaozam-pisedrana: nanenika ny fiainany tsy nilaozam-bavaka ny fiankinana tamin'ny fitsimbinan' Andriamanitra-Fitiavana, Ray - Zanaka - Fanahy Masina, sy ny fanampian'i Masina Maria Vonjy... Dia nasehon'ny tantara tokoa fa tanteraka tsikelikely ny zava-maro tazany tao anatin'ny nofy sy fahitana samihafa nifandimby. Tsy ny zavatra tsinjony tao amin'ilay nofiny fahazaza ihany no tanteraka, fony izy sivy taona, fa ny maro hafa tsinjony taty aoriana koa, hatramin'ny zava-nolazainy tamin'i Don Barberis, tamin'ny faran'ny septambra 1887, momba ny toerana hilevenany sy ny fikarakarana izany...

Be tokoa ny dingana vitan'i Don Bosco teo amin'ny sehatry ny asa fanompoana ny tanora, noho ny fiezahany nivelona tsaratsara kokoa hatrany ny finoana ombam-pitiavana amam-panantenana, teny am-pitetezana ny onjam-piainana. Sady loharanon-kery manokana nampifikitra azy bebe kokoa hatrany tamin' Andriamanitra ny fanomezam-pahasoavana nahafahany nitsinjo

ny hoavy tamin'ny alalan'ny nofy amam-pahitana samihafa... Nandalo fisedrana izy, nenjehina ary nesoina be ihany, teo anivon' ireo asa fanompoana isan-tokony nosahaniny. Nefa tsy resy tondromaso izy na nilofika, satria tsy nitsahatra nibanjina an'i Kristy, Ilay Andry nijoroan'ny finoana velona niainany (Heb 12, 1-4). Sady nilofosany koa ny fanefana ny adidiny tamin-kitsimpo teo anatrehan'Andriamanitra - Fitiavana, izay niantso azy hanova ny *«Bibidia»* samihafa ho *«Zanakondry bonaika»*, amin'ny alalan'ny fitiavana ombam-panetrentena...

Koa azo lazaina fa *«volamena latsaka am-bovoka»* ihany i Don Bosco, *«ka tsy navelan'ny rariny tsy hiseho»*. Mafy ny fanenjehana sy fanosoram-potaka amam-panesoana namelezan' ny olona azy. Nefa niaretany tamim-pinoana ombam-pitiavana amam-panantenana ireny, ka tsy namela azy hiady irery Ilay Andriamanitra Mpitsimbina nifikirany sy i Masina Maria-Vonjy nangatahany vavaka teny anivon'ny sarotra...

Ary neken'Andriamanitra aza ny hanandratan'ny Fiangonana an'i Don Bosco ho Olomasina, tamin'ny 1 avrily 1934. Satria sitrany sy teliny ny finoana sy fitiavana ary herimpo amam-panetrentena nilanjan'ilay Sakaizan'ny tanora ny fisedrana amam-panenjehana nianjady taminy, teto an-tany, teo am-pikatsahana ny «sitrapon'Izy Andriamanitra».

Voasandratra ho OLOMASINA

Roa taona taorian'ny nahafatesan'i Don Bosco tokoa (4 jiona 1890), dia efa natomboka ny fanadihadiana mikasika ny fiainany mba hahafaha-manandratra azy ho *«Olontsambatra»*. Fito taona no naharetan'ny fanadihadiana tao Turin sy ny fanangonana ny antontantaratasy marobe, momba ny fiainam-panahin'i Don Bosco (jiona 1890 - avrily 1897). Fa folo taona kosa no lany nandinihana an'ireny tatitra marobe ireny, tamin'ny antsipiriany, tao Rôma.

Ara-drariny ary marina ny voalazan'ireo rakitra-vavolombelona ireo, ka neken'ny Papa Pio faha-10 ny fanandratana an'i Don Bosco ho *«Olomendrikaja»* tamin'ny 23 jolay 1907. Dia nanomboka indray ny Fitsarana apôstôlika momba ny fananganana azy ho *«Olontsambatra»*. Naharitra roa amby roapolo taona izany.

Tamin'ny 2 jiona 1929 no voasandratra ho *«Olontsambatra»* ilay *«mpiandriombin' i Becchi fahizay»*.

Ary dimy taona taty aoriana, dia voasandratra ho *«Olomasina»* i Don Bosco. Be ny fahagagana neken'Andriamanitra ho tanteraka teo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona, tamin'ny alalan'i Don Bosco. Nisy izany ary marim-pototra matoa tanteraka ny fanandratana azy ho «Olomasina». Fahagagana roa notsongaina tao anatin'ny maro, no notanana tao Rôma mba hahatomombana ity dingana faratampony ity: fahasitranan'olona roa kilemaina izay efa nahalanihaika ny siansa sy ny fitsaboana ary tsy azo nanoharana intsony. Navadibadika sy niadiana hevitra ireo fahagagana ireo vao nankatoavina. Tsy niafina tamin'ny Fiangonana intsony fa mendrika hantsoina hoe «Olomasina» i Don Bosco, matoa navelan' Andriamanitra ho tanteraka, tamin'ny alalany, ireny fahagagana ireny... Lasa Masindahy Jean Bosco i Don Bosco nanomboka tamin'ny taona 1934. Ny 31 janoary (tononandro - nahafatesany: 31 janoary 1888) no andro ankalazan'ny Fiangonana ny fetiny. Ny Papa Pio faha-11 no nanambara ampahibemaso ny maha-Olomasina an'i Don Bosco, tamin'ny 1 avrily 1934: olona nahalala manokana an'i Don Bosco i Pio faha-11 (1922 - 1939), satria izy ilay Mômpera tanora kely, nantsoina hoe Achille Ratti, izay tonga nihaona tamin'i Don Bosco tao Valdocco tamin'ny 1883. Ary andron'ny Paka io 1 avrily 1934 nanambarana ampahibe-maso ny maha-Olomasina ilay Sakaizan'ny tanora io. Androm-pandresena!...

Eny! Volamena latsaka am-bovoka tokoa i Don Bosco, ka tsy navelan'ny rariny tsy hiseho. Niezaka nikatsaka ny sitrapon' Andriamanitra-Fitiavana mandrakariva izy, ka lasa lavitra teo amin'ny asa fanompoana ny Fiangonana sy ny mpiarabelona.

Nahitany fisedrana sy fanenjehana amam-panesoana ny ezaka nataony tamin-kitsimpo, ombam-pinoana sy fitiavana amam-panantenana. Nefa tsy nikemo tamin'ny asa fanompoana niantsoan'Andriamanitra azy izy, fa nijoro tamim-panetrentena amam-pikirizana ho vavolombelon'ny fitiavana hatramin'ny farany. Satria loharanon-kery ho azy ny fibanjinana hatrany hatrany an'i Kristy, Ilay Andry nijoroan'ny finoany (Heb 12, 1-4) sy Loharanom-piadanana (Joa 14, 27)...

Dia nomen'Andriamanitra an'i Don Bosco, noho izany, ny satroboninahitry ny mpandresy mandrakizay... Satria tsy sitrak'Andriamanitra ho very maina foana ny fisedrana sy fanenjehana amam-pahoriana niaretany am-pinoana ombam-pitiavana amam-panantenana, teto an-tany fandalovana, ho fanompoana ny tanora sy ny Fiangonana'i Kristy. Fa izay rehetra atao amin'ny madinika sy ny mahantra eto an-tany, dia atao amin'Andriamanitra» (Mat 25, 31-46)... Niezaka nijoro ho *VAVOLOMBELON'NY FITIAVANA* bebe kokoa hatrany i Don Bosco, nandritra ny fiainany teto an-tany, ka nankasitrahan'Ilay Andriamanitra tena Loharanom-pitiavana ary nomeny ny fahavelomana mandrakizay miaraka Aminy, eo anilan'i Kristy-Mpanorolàlana (Lioka 10, 25-28)...

Don Bosco! Topazo maso antra ny tanora Malagasy. Ary... mivavaha ho anay, mba hijoroanay tsaratsara kokoa hatrany ho *vavolombelon' ny Fitiavana* toa anao koa!...

Ireo dingam-baventy mikasika ny fiainan'i Don Bosco

15 Aogositra 1815 Androm-pahaterahana tao Becchi. Ny ampitson'io izy no natao Batemy, araka ny tantara, ary nomena ny anarana Jean Bosco.

1817 Maty Ingahy François Bosco, rainy. Kamboty vao herotrerony i Jean Bosco.

1824 Tononta ona hafakely nitrangan'ilay nofiny iorenan'ny hoavy.

1826 Nandray Kômonio Voalohany i Jean.

Febroary 1827 Fifandonana tamin'i Antoine, zokibeny, izay nahatonga azy ho mpitsoaponenana sy mpiasan'olona vao herotrerony.

Nôvambra 1829 Nandao ny fianakaviana Moglia niasany i Jean ary lasa mpianatr'i Môm pera Calosso teny Morialdo.

Nôvambra 1830 Maty i Môm pera Calosso mpanao soa tsy foiny. Natao taorian'izany vanim-potoana izany ny fizaràm-pananana tao Becchi, mba hahafahan'i Jean manohy fianarana teny Castelnuovo.

Nôvambra 1831 Nanomboka nianatra tany Chieri i Jean Bosco ary niaina tao, nandritra ny folo taona.

1832 Fanorenan'i Jean Bosco ilay «Fikambanan'ny hafaliana» teo anivon'ny mpiara-mianatra tamiiny, mba hifanampiana hijoro ho vavolombelona amin' ny maha-kristianina.

1833	Nandray ny Sakramentan'ny Fankaherezana tao Buttigliera d'Asti.
1834	Fotoam-pihavanana tamin'i Louis Comollo, tanora masim-piaina niara-nianatra taminy.
Oktôbra 1835	Fandraisana akanjorebareba mainty tao Castelnuovo ary fidirana tao amin'ny Semineran'i Chieri.
1839	Nodimandry i Louis Comollo, sakaiza tsy foiny, ary tonga nilaza tamin'i Jean tao antranofatoriana fa voavonjy. Nandraiky narary noho izany i Jean Bosco.
29 Marsa 1841	Nandroso amin'ny laharan'ny Diakra i Jean Bosco.
5 Jiona 1841	Androm-panamasinana an'i Jean Bosco ho pretra. I Mônsenera Fransoni no nanamasina azy tao Turin. Tody Pretra i Jean ka lasa Don Bosco. Taorian'izay, dia niorim-ponenana tao Turin izy hiana-draharaha sy hanatevim-pahalalana ara-teôlôjia. Nibaribary taminy ny fahantran'ny olona an-tanàn-dehibe.
8 Desambra 1841	Fihaonany tamin'i Barthélemy Garelli, ankizilahikely avy any Asti tonga hikarama tao Turin. Manan-tantara iny fihaonana iny, satria azo lazaina ho zava-nitranga niandohan'ny *Oratorio*.
Lohataona 1844	Nanomboka nivezivezy tao an-drenivohitr'i Turin ilay *Oratorio*.
Septambra 1845	Fihaonana tamin'i Michel Rua kely, kamboty ray, izay ho lasa tanan-kavanan'i Don Bosco sy mpandimby azy amin'ny fitantanana ny Fikambanana Salezianina.

Oktôbra 1845 Famoahana ny boky «Tantaran'ny Fiangonana» natao ho an'ny kristianina tso-piaina. Nisy boky maro hafa koa nivoaka taorian'io.

12 Avrily 1846 Fifindran'ny *Oratorio* hiorim-ponenana fehizay ao Valdocco *(Oratorio Md François de Sales)*.

Jolay 1846 Nianjadian'aretina mahery vaika nampitebiteby ireo tanora tsy nahafoy azy i Don Bosco.

3 Nôvambra 1846 Nitodi-doha namonjy ny *Oratorio* tao Valdocco indray i Don Bosco, rahefa avy niala sasatra volana vitsivitsy tany Becchi. Nentiny niaraka taminy i Neny Marguerite, kibo nifonosany, mba ho renin'ny tanora rehetra ao amin'ny *Oratorio*.

Mey 1847 Tafajoro tao amin'ny *Oratorio* ny «Fikambanana Md Louis» nivondronan'ireo tanora nanam-paniriana hifanampy ho amin'ny fahalavorariana tsaratsara kokoa. Nanomboka tamin'izany vanim-potoana izany koa ny fisian'ny ankizy kilasimandry tao Valdocco.

Desambra 1847 Fanokafana *Oratorio* faharoa teny Porta Nuova: *Oratorio Md Louis de Gonzague*.

1848 Taon-tsarotra ho an'i Don Bosco noho ny rivotra pôlitika nifamahofaho.

1849 Nodimandry i Antoine, zokiben'i Don Bosco. Nivoaka ny gazety «Sakaizan'ny tanora» naorina, izay tsy naharitra ela koa fa maty taorian'ny nivoahan'ny laharana faha-61.

1851-52 Fanomanana mpiara-miasa sy fividianana ny «Trano Pinardi» efa nilasian'ny *Oratorio* nanomboka tamin'ny taona 1846. Fanorenana ny Fiangonana Md François de Sales sy ny fanitarana ny trano fonenana.

1853 Nanorina ny «Vakiteny Katôlika» i Don Bosco. Tsy nahafaly ny Prôtestanta izany ka voaenjika mafy i Don Bosco.

Nanomboka nanokatra toeram-piofanana samihafa tao Valdocco koa i Don Bosco.

1854 Nandripaka olona tao Turin ny kôlerà: nirotsaka tamin'ny famonjena marary ny tanoran'i Don Bosco.

Fahitana tonga tamin'i Don Bosco momba ny hoavin'i Jean Cagliero. Fihaonana tamin'i Dominique Savio, tanora masin-toetra, ary fidirany tao amin'ny *Oratorio*.

1855 Nanao ny voady maha-Salezianina voalohany azy i Michel Rua.

1856 Nanorina ny «Fikambanan'i Maria tsy voakasik'ota» tao amin'ny *Oratorio* i Dominique Savio (8 jiona).

Nodimandry i Neny Marguerite, renin'i Don Bosco (25 Nôvambra).

1857 Nodimandry i Dominique Savio.

Nanomboka nanoratra ny Fitsipika ho an'ny Salezianina i Don Bosco.

1858 Dian'i Don Bosco sy i Michel Rua tany Rôma hangataka ny fankatoavan'ny Papa Pio faha-9 ny Fitsipika Salezianina.

18 Desambra 1859 Tafajoro ara-dalàna ny Fikambanana Salezianina.

1860 Maty i Don Cafasso, mpitantana an'i Don Bosco ara-panahy. Tody Pretra i Michel Rua, zaza nokolokoin'i Don Bosco.

1861 Nijoro ny «Vaomiera miafina» nanara-maso akaiky sy nametraka an-tsoratra izay rehetra mikasika ny fiainan'i Don Bosco. Salezianina folo mahery no nivondrona tao amin'io vaomiera io.

1862 Maty Ingahy Joseph, zokin'i Don Bosco.

1863 Nanokatra ny Seminera zandriny tao Mirabello ny Salezianina. Narahina fanokafana Kôlejy sy toeram-panabeazana dimy hafa koa izany tamin'ny taona 1864, 1870, ary 1878.

1864 Napetrak'i Don Bosco ny vatofehizoron'ny «Fiangonam-piandrianan'i Masina Maria Vonjy» izay naoriny tao Valdocco.

1866 Nanao asa fanelanelanana teo amin'ny Fitondram-piangonana sy ny Fanjakana Italianina i Don Bosco, mba hahafahan'ireo eveka 45 nialokaloka tany ivelan'i Italia miverina amin'ny diôseziny avy, sy mba hahafahan'ny Fiangonana manendry eveka hafa koa.

1867 Nohamafisin'ny Papa Pio faha-9 tamin'i Don Bosco ny fiangaviany azy hanoratra ny tantaran'ny asa fikarakarany ny tanora, izay tena mampitolagaga.

9 Jiona 1868 Fitokanana ny «Fiangonam-piandrianan'i Masina Maria Vonjy» tao Valdocco.

1 Marsa 1869 Fankatoavan'ny Fitondràm-piangonana ny Fikambanana Salezianina.

1870 Maty i Mônsenera Riccardi, Arsevekan'i Turin. Notendren'ny Papa Pio faha-9 handimby azy i Mônsenera Gastaldi noho ny tolokevitr'i Don Bosco. Nigohan'i Don Bosco ny mafaitra ihany anefa ny fotoana nitondran'i Mônsenera Gastaldi ny Arsidiôsezin'i Turin (1870-1883).

5 Desambra 1871 Nalavon'ny aretina mahery vaika fanindroany indray i Don Bosco; sendra tany Varazze indrindra izy tamin'izay.

5 Aogositra 1872 Teraka ny «Fikambanan'ny Zanakavavin'i Maria Vonjy» izay mpiara-mifarimbona amin'ny Salezianina, sampana lehilahy. Nanao ny voady maha-relijiozy azy mandritra ny telo taona ny iraika ambin'ny folo tamin'ireo dimy ambin'ny folo nandray akanjo voalohany. I Marie Mazzarello no lehibempikambanana.

1873 Nodimandry i Don Borel. Nanomboka ny tsy fifanarahana mafaitra tamin'i Mônsenera Gastaldi.

3 Avrily 1874 Nankatoavin'ny Fiangonana feizay ny Fitsipiky ny Fikambanana Salezianina.

11 Nôvambra 1875 Fiaingàn'ireo Misiônera Salezianina voalohany ho any Amerika Atsimo.

28 Nôvambra 1875 Fanokafana ny Trano Salezianina voalohany ivelan'i Italia tao Nice (Frantsa).

1876 Nanorina ny fianakaviamben'ny «Mpiara-miasa Salezianina» (Laika) i Don Bosco. Teo ambany fankatoavan'ny Fitondram-piangonana no nanaovany izany. «Salezianina eo anivon'izao tontolo izao» no iantsoan'ny mpandinika sasany an'ireny Mpiara-miasa Laika ireny (Cooperatori).

1877 Nivoaka voalohany ny gazety kely «Bollettino Saleziano» izay naorina ho fitaovana hampifandray ny samy Mpiara-miasa Salezianina sady hifandraisan'izy ireto koa amin'ny Foibem-pikambanana Salezianina (Aogositra 1877).

Niainga ho any Amerika Latinina ihany koa ireo Misiônera voalohany avy amin'ny Zanakavavin'i Maria Vonjy (Nôvambra).

1878 Nodimandry ny Papa Pio faha-9. Nandray an'i Don Bosco hihaona taminy tao Rôma ny Papa vaovao Léon faha-13.

1879 Tafiditra tany Patagônia ireo Misiônera Salezianina mpamaky lay tany Arzantinina.

1880 Nankinin'ny Papa Léon faha-13 tamin'i Don Bosco ny fanamboarana ny «Fiangonam-piandrianan'ny Fo Masin'i Jesoa» tao Rôma.

1881 Nodimandry i Mera Marie Mazzarello mpiaramanorina ny «Zanakavavin'i Maria Vonjy» tamin'i Don Bosco.

1883 Nivahiny nandritra ny efa-bolana tany Frantsa i Don Bosco mba hangataka fanampiana tamin'ny olona tany ho an'ny fananganana ny «Fiangonam-piandrianan'ny Fo Masin'i Jesoa» ao Rôma. Nodimandry i Mônsenera Gastaldi izay nigohan'i Don Bosco ny mafaitra teo amin'ny sehatry ny fanekena maha-pretra. Voatendry handimby azy ny Kardinaly Alimonda izay sady sakaizan'i Don Bosco no mpankasitraka ny asa vitany ho an'ny Fiangonana sy ny fiaraha-monina.

1884 Fandehanana fanindroany tany Frantsa hangataka fanampiana ho an'ny famitàna ny «Fiangonam-piandrianan'ny Fo Masin'i Jesoa».

Nankatoavina ho anisan'ny Fikambanana miankina mivantana amin'i Rôma ny Fikambanana Salezianina. Fanamasinana an'i Don Cagliero ho Eveka Salezianina voalohany tao Valdocco (7 Desambra). Ho lasa Kardinaly izy aty aoriana. Tonga avy any Rôma ny fankatoavan'ny Papa an'i Don Rua handimby an'i Don Bosco hitantana ny Fikambanana (Desambra).

1886 Nandeha nivahiny tany Espaina indray i Don Bosco, noho ny famitàna ny «Fiangonam-piandrianan'ny Fo Masin'i Jesoa» tao Rôma ihany. Hampamirapiratra ny hoavin'ny Salezianina aty aoriana tany Espaina iny diany iny.

1887	Fara-dian'i Don Bosco tany Rôma hanatrika ny «Fitokanana ny Fiangonam-piandrianan'ny Fo Masin'i Jesoa» (14 Mey). Toy ny jiro mitsilopy efa akaiky ho faty i Don Bosco. Manatona ny farany: aretina sy harerahana eo anivom-pahanterana.
31 Janoary 1888	Nodimandry tamin'ny maraina vao mangirandratsy i Don Bosco.
6 Febroary 1888	Fanitrihana ny nofony tao Valsalice.
4 Jiona 1890	Nanomboka ny fanadihadiana mikasika ny fanandratana azy ho Olontsambatra.
23 Jolay 1907	Nambara ho Olomendrikaja i Don Bosco.
2 Jiona 1929	Fanambarana ny maha-Olontsambatra an'i Don Bosco.
9 Jiona 1929	Famindrana ny taolambalon'i Don Bosco hapetraka ao amin'ny Fiangonampiandrianan'i Masina Maria Vonjy ao Valdocco (Turin).
1 Avrily 1934	Nambaran'ny Papa Pio faha-11 tamin' ny fomba manetriketrika fa Olomasina i Don Bosco. Ny 31 janoary isan-taona no andro hankalazana an'i Md Jean Bosco.

Filaharan'ny lohateny

Teny fanolorana 7
Taridresaka 9

1 Fahazazana miraki-pisedrana 11
Zanak'olona tantsaha 11
Kamboty ray vao erotrerony 12
Fotoanan'ny mosary mampitebiteby 13

2 Tao an-tokantranon-dreny 16
Reny be herim-po sady vontom-pinoana 16
Zaza sahisahy sy be herim-po sady lalin-tsaina sy liam-pahalalana 19
Zaza sahisahy sy be herim-po 19
Zaza lalin-tsaina sy liam-pahalalana 23

3 Tonon-taona hafakely 32
Ilay nofy iorenan'ny hoavy 32
Ilay kely kingalahy 35
Famakiana sombin-tantara 35
Ilay kely kingalahy 37
Kômonio Voalohany 41
I Jean sy Antoine 43

4 Tantely amam-bahona 48
Mpitsoaponenana mitady fialofana 48
Mpiasan-dry Moglia 51
Mpiasa hafakely 51
Fahasoavam-baovao 59
Fikarohan-dalam-baovao 59
Pretra tolojanahary 61
Lavo ilay andrim-panantenana 64

5 Aiza indray no haleha 67
Ady sarotra nodiavina tao Castelnuovo 67
Fiainam-pihafiana 68
Fanenjehana tsy marim-pototra 71
Orimbaton'ny ho avy 74
Eo am-piandrasana rivo-baovao 78
Tsy maintsy mianatra aho 78
Nofy mitampody 79
Mpianika hazomalama 80
Mirotsaka ho mpangataka 81

6 Chieri: rivo-baovao 84
Mavesatra ny adidin'ny pretra 84
Rivo-baovao mahavelom-bolo 85
Mpianatra hafakely 87
Ilay «Fikambanan'ny hafaliana» 90
Be hambom-po nefa antra olona 92

7 Fotoam-pihavanana sy safidim-piainana 97
Fotoam-pihavanana 98
Louis Comollo: antso ho amin'ny fiainam-pitiavana 98
Jean Bosco: mpiasa mahafatra-po 101
Sakaiza mahatoky tsy manam-piovana 103
Namana mpiantra an'i Jean 105
Safidim-piainana: sarotra raisina nefa tsy azo idifiana 107
Safidim-piainana tsy mbola mazava 108
Safidim-piainana miorina eo amin'ny fandinihana sy fikarohana izay sitrak'Andria-manitra fitiavana 110
Safidim-piainana mihamazava miandalana 114

8 Lalam-piainana mazava! 117
Fandraisana akanjorebareba mainty 117

Fiovam-piainana sy fidirana ao amin'ny seminera 119
Seminera onenan'ny olombelona nofo aman-drà 123
Lafim-piainana nahitany hafaliana amam-panantenana 127
Mijoro amin'ny maha-izy azy 129
«... ho mpiasa eo anivon'ny ankizilahy mahantra» 129
«... Ka tsy naka tahaka be fahatany» 130
Mijoro ho mpanampy ny sahirana sy miezaka handresy kilema 132

9 An-dalam-pisandratana ho pretra 135
Fialamboly fibebahana sady fampibebahana 135
Manomboka ny fianarana "Teôlôjia" 137
Toriteny voalohany: mila fanatsarana 138
Dina hafahafa ny fiainana any ankoatry ny fahafatesana 140
Fanafody mahagaga: mofo dipaina sy divay 142
"Naniry handroso aho; nefa..." 143
"Tsy mandeha irery mankany am-paradisa ny pretra" 145
Pretra mandrakizay: Don Bosco 147

10 Pretra miana-draharaha 149
Ny fahantrana an-drenivohitra 150
Fananganana "Oratorio", akanin'ny tanora 156
Mamangy ny voafonja 156
Ho mpanavotra ny tanora 158
Fananganana "oratorio" misoko mangina 160

11 Ny "ORATORIO" 164
Sakaiza mitombo isa miandalana 164
Fanampiana sy famangiana samihafa 166
I Don Bosco: olo-mamin'ny tanora 168
Hira mahasarika sy tovolahy tsy mahafoy 168
Pretra be vazivazy 170
Pretra mamin'ny tanora 173

12 "Oratorio" mitady toerana 175
I Don Cafasso mitady lalana ho an'i Don Bosco..... 175
Nofy vaovao 178
Fivezivezena tsy fanta-piafarana..... 180
Andrana tsy nahomby tao St-Pierre-aux-Liens 185

13 Aiza ihany no hiafarana? 187
Toeram-baovao tsy mahafapo, nefa nitrangam-pihaonana hafakely amam-bokatsoa mahagaga 188
Toeram-baovao tsy mahafapo 188
Fihaonana hafakely 189
Vokatsoa mahagaga 191
"Oratorio" miavaka mahavelom-panontaniana 191
Fanombohana zava-baovao 192
Fahasalamana mampiahiahy..... 193
"Oratorio" miavaka mahavelom-panontaniana.. 194
Teo anivon'ny saha..... 198
Mitohy ny asa fanavotana, saingy misy mpanao andrimaso 198
Adala, hono, i Don Bosco?..... 201
Hody hafaliana ny alahelon'i Don Bosco 205

14 "Oratorio" miorim-ponenana..... 210
Pretra mpanabe tanora..... 210
Fahasalamana mampitebiteby 213
Pretra mbola tanora amin'ny fiainana 213
Ambavahaonan'ny fahafatesana 216
Fialan-tsasatra nitsiriam-pahasoavana 219
Rivo-piainam-baovao..... 222
Mifandray amin'ny "ambodia" 223
Fitadiavana mpiara-miasa eo anivon'ny tanora beazina 226
Mampiantrano kamboty tsy manan-kialofana 226
"Oratorio" miorim-ponenana sy miroborobo fatratra . 230

15 Fisedrana sy fahasoavana mitosaka 233
Fisedrana maro endrika 233
Tojo hafakiviana i Neny Marguerite 233
Tafiditra tao amin'ny "oratorio" ny fahantrana vokatry ny ady 236
Niady irery i Don Bosco fa nilaozan'ny olona.. 237
Niantraika tamin'i Don Bosco koa ny fankahalana pretra sy mpitondra Fiangonana... 239
Androm-pisedrana tsy nilaozam-pahazavana ... 241

Taona 1849: taom-pisedrana vaovao, sady taonan'ny asa soa miavaka sy fahagagana 244
Fisedrana isan-tokony 244
Asa soa miavaka 246
... "Fahagagana?" Eny! 248

Fahasoavana mitosaka 253
Faneken'ny Fanjakana ny hasarobidin'ny asan'i Don Bosco 253
Fanofanana mpanampy sy fividianana ny trano Pinardi 257
Fanorenana fiangonana sy fanitarana trano 260
Fehinteny 263

16 Ireo fambaran'ny hoavy 264
Fanenjehana hafakely 264
Fiderana nanjary fandrahonana 266
Fanerena an'i Don Bosco hisotro divay hafahafa 267
Nofofoina hovelezina ho faty 268
I Grigio 270

Ezaka fiarovana ny rariny sy fitsinjovana ny hoavy.. 272
Ezaka fiarovana ny rariny 273
Ezaka fitsinjovana ny hoavy 274
Fanokafana sekoly ambaratonga faharoa tao amin'ny "oratorio" 280

Ireo tanora nahavelom-panantenana azy 280
Mpianatra kilasimandry nalefa nianatra tany ivelany 282
Fanokafana sekoly ambaratonga faharoa tao amin'ny Oratorio 284
Fiainam-pitiavana ombam-pinoana amam-panantenana eo anivon'ny tanora 285
Fambaran'ny hoavy azo antoka, ho an'i Don Bosco 287
Nofy hafakely niorenan'ny ezaka fanomanana ny hoavy 287
Fanapahan-kevitra hanorina Fikambanana 290

17 Fahasoavana, Fahitana, Fanaovan-tsoa 292
Tamin'ny taona 1854 292
Faneken'i Don Alasonatti hanampy azy 292
Nandripaka olona tao Turin ny aretina kôlera .. 293
Fahitana mikasika an'i Cagliero 295
Fihaonana tamin'i Dominique Savio 298
Taona 1854: nofaranan'i Don Bosco tamin'ny fanaovantsoa 300
Tamin'ny taona 1855 302
Nisy olana teo amin'ny Fanjakana sy ny Fiangonana 302
Ilay Salezianina voalohany 306
Fitsangatsanganana niaraka tamin'ireo tanora voafonja 308

18 Fahoriana sy Fahasoavana 312
Fahafatesan'olon-tiana 312
"Mivavaha ho ahy! Veloma!" (I Neny Marguerite) 312
"Handeha aho ary tsy hiverina intsony" (Dominique Savio) 315

Fijoroan'ny Fikambanana Salezianina 320
Tsirim-pahazavana tsy nampoizina 320
Fihaonana tamin'ny Papa Pio faha-9 323
Herinandron'ny fanapahan-kevitra 325
Ho aiza kosa i Joseph Buzzetti? 327
Mitovy daholo rahefa mety ho mpikambana 330

"Tantely amam-bahona" hafa koa 332
Famoizana an'i Don Cafasso ny Sorona Masina voalohany natolotr'i Don Rua 332
Fampitomboana mofo vitsivitsy 334
"Vaomiera miafina" 336

19 Fanorenana fiangonam-be iray... (1862-1868) 339
Nofy nipoiran'ny fikirizana 339
Taona 1862: taonan'ny fanapahankevitra 340
Fanorenam-piangonana mifototra amin'ny finoana sy ny asa fandavantena 344

Fanorenam-piangonana niara-dalana tamin'ny sendra sy zava-nitranga samihafa 349
Fanokafana "Seminera zandriny" tao Mirabello 349
Fanamboarana sarihosodioko maneho an'i Masina Maria Vonjy 351
Fahasoavana amam-pisedrana maro hafa 352

Fitokanana sy Fanamasinana an'ilay Fiangonam-be 356
Fitokanam-piangonana narahim-paminaniana 359

20 Dingam-baovao 363
Fanokafana kôlejy samihafa 363
Ny tantara indray mijery 364
Fanabeazana tanora mahantra 365
Ireo Kôlejy Salezianina dimy voalohany tao Italie 367

Sampana Salezianina ho am-behivavy 371
Fanontaniana mahalasa eritreritra an'i Don Bosco 371
I Don Pestarino: namana tsy nahafoy 372
I Marie Mazzarello: feno fahafoizan-tena ny mahantra 374
Mornese: toeram-panantenana ho an'i Don Bosco 379
Tafajoro ilay fikambanana ary tsy lefi-pisedrana 385

21 Tebiteby sy fanantenana 395
Ny Kônsily Vatikanina Voalohany (1869-1870) sy i Don Bosco 395
Kônsily nitety onja mahery vaika 395
Hafatra misarim-paminaniana ny hoavy 396
Tanteraka ireo fahitan'i Don Bosco 399
Notandindomin-doza ny Salezianina 402
Ireo mpikambana tsy relijiozy na "mpiaramiasa Salezianina" 406
Nampivoatra ny asan'i Don Bosco ny laika 406
Salezianina miorina any ivelany: fanandramana tsy nahomby sy nanahirana 408
Mpiara-miasa Salezianina 409
Tetezamita ikolokoloam-pihavanana 411

22 Ho vavolombelon'ny fitiavana eran-tany 414
Ho valovombelona hatrany Arzantinina (Patagônia)... 415
Ilay Nofy tsy nampandry eritreritra 416
Fandefasana misionera ho any Arzantinina 418
Ho vavolombelona eran'i Amerika Atsimo 434
Ilay nofin'i Don Bosco mirakitra ny hoavin'i Amerika Atsimo ara-pinoana 434
Fanendrena an'i Don Cagliero ho Eveka: varavaram-pahatanterahan'ilay nofy 436

Ho vavolombelona hatraty Madagasikara 440
Nofy mahatalanjona 440
Tanteraka miandala ny votoatin'ilay nofy 441

23 Fanekena maha-Pretra: itondrana fijaliana 445
I Mônsenera Riccardi: tsy nety niova hevitra 446
I Mônsenera Gastaldi, nahitan'i Don Bosco ny mafaitra 449
Sakaizan'i Don Bosco 449
Arseveka nanan-talenta 450
Nefa Arseveka liam-pahefana sy nitompo teny fantatra 451
Arseveka nampigoka ny mafaitra an'i Don Bosco 453

Fivahiniana tany Frantsa sy Espaina noho ny fanekena ny Papa 465
Fivahiniana voalohany tany Frantsa 466
Fivahiniana faharoa tany Frantsa 470
Fivahiniana tany Espaina 472

Loharanom-pahasoavana ny fiainam-panekena 474
Fahasoavana ho an'i Don Bosco sy ny Fikambanana Salezianina 475
Fahasoavana ho an'ny Fiangonana manontolo 475

Aina ho an'ny Fiangonana ny fiainam-panekena 477
Fehiny 478

24 Antidahy nanjakam-pahasoavana ary nahalala ny farany 480
Fahaiza-mihaino ny olona sy ny zavamitranga 480
Araka ny raki-pahatsiarovan'ny Papa Pio faha-11 481
Araka ny volazan'i Don Bosco tamin'ny gazety "Journal de Rome" 482

Fanendrena mpandimby tamin'ny alalan'ny fihainoana ny zava-mitranga 485
Fanompoana hafakely sy ranomasom-pahasoavana.... 487
Fanompoana hafakely 487
Ranomasom-pahasoavana 492
Manatona ny farany ary... tonga tokoa 495
Teny mifono zava-dalina, teny Valsalice ao Turin ihany 496
Jiro mitsilopy akaiky ho faty 498
Amboaran-kevitra farany napetraka an-tsoratra . 501
Mandindona ny farany 504
Miandry any am-paradisa aho 508
Fehiny 512

25 Volamena latsaka am-bovoka 513
Fiainam-pisedrana 513
Volamena latsaka am-bovoka 516
Voasandratra ho Olomasina 517
Ireo dingam-baventy mikasika ny fiainan'i Don Bosco 521